Fotopampianarana sy Fanekempihavanana ary ny Tantaran'ny Fiangoanana

BOKY FANDALINAN'NY

MPIANATRA

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana ary ny Tantaran'ny Fiangonana- Boky Fandalinan'ny Mpianatra

Nataon'ny
Departemantan'ny Fampianarana an'ny Fiangonana

Navoakan'
Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany
Salt Lake City, Utah

© 2001 by Intellectual Reserve, Inc.
Zo rehetra voatokana
Natonta tany Etazonia

Fankatoavana ny tamin'ny teny Anglisy: 1/00
Fankatoavana ny fandikana: 1/00
Fandikana ny *Doctrine and Covenants and Church History Student Study Guide*
Malagasy

Votoatiny

Ahoana no fomba fampiasana ity boky ity 1

Fandalinana ny soratra masina 2

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana ary ny Tantaran'ny Fiangonana 7

Rindran-damina Famakiana 7

Tonga soa ato amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana sy 11

Ny Tantaran'ny Fiangonana 8
Ny Fiangonana tao New York sy Pennsylvanie 11

Joseph Smith—Tantara 1
Mitantara ny Tantarany i Joseph Smith 11

Pejy misy ny Teny Fampidirana ny Fotompampianarana sy Fanekempihavanana.
Miezaka Mahafantatra ny Boky 14

***Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 1**
Ny Sasin-tenin'ny Tompo—ny Feo'ny Fampitandremana . 15

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 2
Ny Fitsidihan'i Môrônia 17

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 3
Nianatra Lesona Manan-danja ny Mpaminany 18

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 4
Miomana Hanompo ny Tompo 19

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 5
Nampanantenaina ny hisian'ireo Vavolombelon'ny Bokin'i Môrmôna 20

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 6
Ny Tenivavolombelon'ny Fanahy 21

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 7
Rakitsoratra Miafin'i Jaona ilay Mpanambara 22

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 8–9
Mandray sy Mahafantatra ny Fanambarana 23

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 10
Fikasana Hamotika ny Mpaminany 24

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 11
"Raha Maniry Ianao" 26

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 12
Ho an'ireo izay "Afaka manampy amin'ity asa ity" 27

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 13
Ny Famerenana amin'ny Laoniny ny Fisoronana Aharôna 28

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 14–16
Ny Torohevitra ho an'ireo Rahalahy telo tao amin'ny fianakaviana Whitmer 29

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 17
Fanambarana momba ireo Vavolombelona Manokana Telo 30

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 18
Ny Asan'ny Apôstôly sy ny Hasarobidin'ny Fanahy 32

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 19
Didy ho an'i Martin Harris 33

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20
Ny Lalàmpanorenan'ny Fiangonana 35

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 21
Misaotra anao noho ny Mpaminany! 37

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 22
Ilaina ny Fahefana Hanatanterahana ny Batisa 38

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 23
"Tsy eo Ambany Fanamelohana" 39

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 24
Ny Andraikitry ny Mpitarika ao amin'ny Fiangonana 40

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 25
Emma Smith—Ilay Vehivavy Nofinidy 41

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 26
Ny Lalàn'ny Faneken'ny Rehetra 42

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 27
Ny Fanasan'ny Tompo Amin'ny Andro Farany 43

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 28
Ny Mpaminany Irery Ihany no Mandray ny Fanambarana ho an'ny Fiangonana 44

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 29
Fampanantenana ho an'ireo "Voafidy" amin'ny Andro Farany 45

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 30
David, sy Peter, ary i John Whitmer—"Aza Matahotra" . . 46

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 31
Thomas B. Marsh—Fampanantenana sy Fampitandremana 47

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 32
Asa Fitoriana tany amin'ireo Lamanita 49

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 33
Manomana ny Fiavian' i Jesoa Kristy Fanindroany 50

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 34
Orson Pratt—"Asandrato ny Feonao" 51

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 35
Sidney Rigdon—Mpialoha Lalana 51

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 36
Edward Partridge—"Iray amin'ireo Lehilahy Lehiben'ny Tompo" 53

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 37–38
Miangona ao Ohio ary Mandosira ny Fahavalonareo 54

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 39–40
James Coville—Ilay Fampanantenana nomena sy Ilay Fampanantenana Very 55

Ny Fiangonana tao Ohio sy tao Missouri 50

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 41
Inona no Antsoina hoe Mpianatra Marina? 56

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 42
Ny Lalàn'ny Tompo ho an'ny Fiangonany 57

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 43
Ny Fomba Hiresahan'ny Tompo Amintsika 59

**Fanamarihana:* ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 1 dia noraisina nandritra ny fotoana tao Ohio sy Missouri.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 44
Ny Tanjon'ny Fihaonambe 61

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 45
Ny Fihavian'i Jesoa Kristy Fanindroany 61

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 46
Ny Fanomezam-pahasoavan'ny Fanahy 64

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 47
Antso mba ho Mpirakitra Tantara 65

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 48
Mividy Tany tao Kirtland 66

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 49
Hafatra ho an'ny Firaisan'ny Fiaraha-monin'ny Mpino ny Fisehoan'i Kristy Fanindroany (Shakers) 67

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 50
Mahatakatra ny Fiasan'ny Fanahy 68

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 51
Torolalana Fanampiny momba ny Laläan'ny Fanokanana . . 69

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 52
Nambara i Ziona, ilay Jerosalema Vaovao 70

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 53
Ny Antson'i Sidney Gilbert 71

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 54
Ny Fanekempihavanana sy ny Vokany 72

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 55
Nantsoina ho amin'ny Asa i W. W. Phelps 72

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 56
Anatra ho an'Ireo Izay tsy Manetry Tena 74

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 57
Nambara ny Ivon-toeran'i Ziona 75

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 58
Ny Sitrapon'ny Tompo momba an'i Ziona 76

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 59
Ireo Didy ho an'i Ziona sy ny Tsatòkan'i Ziona 78

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 60
"Tsy Holanilanianao Foana ny Fotoana" 80

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 61
Loza eny amin'ny Rano 81

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 62
Ny Fijoroanao ho Vavolombelona dia Voarakitra any An-danitra 82

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 63
Miomana ho an'i Ziona 83

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 64
Mamela Heloka ny Hafa 85

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 65
Ny Fanjakan'Andriamanitra eto an-tany dia Manomana ny Fanjakan'ny Lanitra 87

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 66
William E. McClellin—"Madio Ianao, fa Tsy Madio Tanteraka" 88

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 67
Ny Fitsapana ny Soratra Masina 89

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 68
Ny Soratra Masina, ny Herin'Andriamanitra, ary ny Ray aman-dreny 90

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 69–70
Ny Fanambaran'Andriamanitra— Fitantanan-draharaha Masina 92

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 71
"Tsy Misy Fiadiana izay Voaforona Hamelezana anareo ka Hiroborobo" 93

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 72
Fanampim-panazavana momba ny Fitantanan-draharaha sy ny Andraikitry ny Eveka 93

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 73
Famaranana ny Fandikana ny Baiboly Dikantenin'i Joseph Smith 95

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 74
Ny Fanontanian'ny Mpaminany 95

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 75
Antso amin'ny Asa Fitoriana ny Filazantsara 96

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 76
Ny Fahitana ireo Ambaratongam-boninahitra Samihafa . . 97

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 77
Ireo Fanontaniana momba ny Fanambarana voarain'i Jaona 100

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 78
Ny Antony Ilaina ny Hananganana ny Trano Fanobian'ny Eveka 101

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 79–80
Antso Hitory ny Filazantsara 103

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 81
Ny Torohevitry ny Tompo ho an'ny Fiadidiana 103

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 82
Torolalana Mifandraika amin'ny Fananganana an'i Ziona 104

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 83
Ny Andraikitry ny Vehivavy sy ny Ankizy 106

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84
Fanambarana mikasika ny Fisoronana 106

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 85
Manatanteraka zavatra araky ny Fombanao na araky ny Fomban'ny Tompo 109

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 86
Ny Fanoharana ny Vary sy ny Tsimparifary 111

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 87
Faminaniana ny Ady 111

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88
Ilay Ravin'Ôliva: Hafatry ny Fiadanana 112

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 89
Ny Tenin'ny Fahendrena 115

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 90
Ny Fanalahidin'ny Fanjakana 117

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 91
Ny Apôkrifa 118

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 92
Aoka ho Mpikambana Mavitrika 119

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 93
Ny Fahazavana sy ny Fahamarinana 119

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 94
Torolalana ho an'ny Kaomitin'ny Mpanangana ny Tranon'ny Fiangonana 121

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 95
Aoreno ny Tranoko! 122

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 96
Fizarana ny Tany tao Kirtland 124

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 97
Ny Tempoly sy i Ziona 125

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 98
Ny Famaliana ny Fanenjehana 126

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 99
Antso Hitory ny Filazantsara ho an'i John Murdock 127

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 100
Torohevitry mikasika ny Asa fitoriana ho an'ny Mpaminany Joseph Smith sy Sidney Rigdon 129

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 101
Ho Valin'ny Hetraketraka tao Jackson County, Missouri 129

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 102
Ny Filankevitra Avo sy ny Laläm-pifehezan'ny Fiangonana 132

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 103
Ho Voavonjy ve i Ziona? 133

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 104
"Araka ny Fombako" 134

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 105
Tobin'i Ziona 136

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 106
"Toy ny Mpangalatra amin'ny Alina" 139

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 107
Fanambarana ho an'ny Fisoronana 140

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 108
"Ampaherezo ny Rahalahinao" 142

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 109
Fanokanana ny Tempolin'i Kirtland 143

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 110
Niseho ny Tompo ary Namerina tamin'ny Laoniny ireo Fanalahidy tao amin'ny Tempolin'i Kirtland 144

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 111
Rakitsoa ao Salema 146

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 112
Ny Asan'ireo Apôstôly Roambinifolo 147

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 113
Fanontaniana momba ny Soratra Masina 148

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 114
Fanambarana ho an'i David W. Patten 149

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 115
Ny Tempoly tao Far West 149

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 116
Adama-ondia-Amàna 150

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 117
"Tsy amin'ny Anarana fa amin'ny Atao" 151

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 118
Apôstôly Vaovao 152

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 119–20
Ny Laläm'ny Fahafolonkarena 154

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121
"Maro ny Voantso, fa Vitsy no Voafidy" 156

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 122
"Aza Matahotra izay Mety Hataon'ny Olona" 159

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 123
Ny Maha-zava-dehibe ny Fihazonana Firaketana 159

Ny Fiangonana tao Nauvoo, Illinois 160

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 124
Trano Masina sy Tany Masina 163

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 125
Zarahemla, Iowa 143

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 126
Fanambarana ho an'i Brigham Young 163

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 127–28
Torolalana momba ny Ôrdônansin'ny Batisa ho an'ny Maty 165

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 129
Fanalahidy Lehibe Telo 167

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 130
Lafim-pampianarana 167

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 131–32
"Fanekempihavanana Vaovao sy Mandrakizain'ny Fanambadiana" 168

***Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 133**
Manomana ny Lalana amin'ny Fiavian'ny Tompo 173

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 134
Ny Finoana Mahakasika ny Governemanta 175

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 135
Maritioran'ny Fahamarinana 175

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 137
Ny Fahitana ny Fanjakana Selestialy 178

Nikisaka tany Andrefana ny Fiangonana 180

Fifandimbiasana tao amin'ny Fiadidiana
Fifidianana ny ho Filohan'ny Fiangonana Manaraka 181

Ny Dia Niankandrefana (1845–47)
Inona no Zavatra Azontsika Ianarana avy amin'ireo Mpisava Lalana teo aloha? 181

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 136
"Aoka ny Olon-drehetra . . . Halamina ho Andiany" 188

Filoha Brigham Young
Manangana Fialofana ho an'ny Fanjakan'Andriamanitra 189

Ny Lovan'ny Filoha Brigham Young
Mosesin'ny Andro Farany 197

Filoha John Taylor
Tompondakan'ny Fahafahana 199

**Fanamarihana:* Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 133 dia noraisina nandritra ny vanimpotoana tao Ohio sy Missouri.

Filoha Wilford Woodruff
Ilay Manifestô 205

Filazana Ofisialy 1 sy ny "Ampahany tamin'ireo Lahateny Telo . . ."
Natsahatry ny Tompo ny Fampiharana ny Fanambadiana Maro 210

Fotoanan'ny Firoboroboana 211

Filoha Lorenzo Snow
Fanambarana momba ny Fahafolonkarena 211

Filoha Joseph F. Smith
Mpampianatra ny Fotopampianaran'ny Filazantsara 214

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 138
Fahitana ny Fanavotana ireo izay Maty 220

Filoha Heber J. Grant
Vonona Hanompo ny Tompo 221

Filoha George Albert Smith
Mpanompo Ambony 225

Ilay Fiangonana Maneran-tany 229

Filoha David O. McKay
"Tsy misy Fahombiazana Afaka Manonitra ny Tsy Fahombiazana ao An-tokantrano" 229

Filoha Joseph Fielding Smith
Mpampianatra Filazantsara sady Mpanoratra 234

Filoha Harold B. Lee
Lehilahy Nahavita Be tokoa 236

Filoha Spencer W. Kimball
"Refeso ny Fivoaranao" 239

Filazana Ofisialy 2
Ny Lehilahy Mendrika Rehetra dia Afaka Mihazona ny Fisoronana 244

Filoha Ezra Taft Benson
Mandrakotra ny Tany amin'ny Alalan'ny Bokin'i Môrmôna 245

Filoha Howard W. Hunter
Lehilahy manana ny Fitiavana tahaka ny ananan'i Kristy 249

President Gordon B. Hinckley
"Feno Fanantenana aho. Mino aho fa ho Tsara ny Ho avy." 253

Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'izao Tontolo izao . . 257

Ilay Kristy Velona: Ny Fijoroana ho Vavolombelona sy ny Apôstôly 259

Ny Fanekem-pinoana
Ny zavatra Hinoantsika 261

Ny Toerantsika ao Tantaran'ny Fiangonana
Ny Lovantsika 265

Ireo Olona sy Zava-mitranga ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 267

Ahoana no Fomba Fampiasana ity Boky ity

Araka izay voambara ao amin'ny lohaten'ity boky ity, dia torolalana ho an'ny fandalinanao ny soratra masina izy ity. Ahitana fizarana maro izany izay hanampy anao hampitombo ny fahatakaranao izay vakianao.

tokony homena vola mba hanefany ny lany rehetra tamin'ny fifindrany. Nila vola izy satria nahafoy ny fananany rehetra ho an'ny Fiangonana izy fotoana fohy taorian'ny batisany. Taorian'ity fanambarana ity, dia nandeha tany Jackson County, Missouri ny Rahavavy Jaques, ary dia nahazo tany, fa noho ny fanenjehana dia voatery niala sy nifindra tany Avaratr'i Missouri izy. Izy dia mpikambana marina sy mahatoky izay nanompo tamin'ny fomba maro tsy nilana laza. Teo amin'ny faha-enimpolo taonany izy, dia nitarika ny saretiny izy samirery niampita namakivaky ny lemaka ho any amin'ny lemak'i Salt Lake. Maty tamin'ny faha-96 taonany izy. Tao amin'ny filazana manjo dia voasoratra hoe "Marina tamin'ny fanekempihavanany izy ary nandray ny famerenana tamin'ny laoniny ny Filazantsara ho toy ny rakitsoa tena lafo vidy" ("In Memoriam: Vienna Jaques," *Woman's Exponent*, 1 Martsa 1884, 152).

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny roa amin'ireto asa manaraka ireto (A–D) rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 90 ianao.

A Ny Fanalahidin'ny Fanjakana

1. Araka ny voalazan'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 90:1–6, inona ireo fanalahidy nomena ny Mpaminany Joseph Smith?
2. Iza ihany koa no nandray ity fahefana ity?
3. Omeo ny anaran'ireo lehilahy izay mihazona izany fanalahidy izany ankehitriny.
4. Fintino amin'ny teny iray ny fahamarinana lehibe ampianarina ao amin'ny andininy 5.

B Amin'ny Fiteninao

1. Soraty ny dikan'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 90:4–5 araka ny hevitrao.
2. Manorata momba ny fotoana izay nahatsapanao fa matanjaka ianao tamin'ny fotoan-tsarotra satria tsy nohamaivaninao ny fanambaran'Andriamanitra. Raha toa ka tsy afaka nieritreritra izany fotoana izany ianao, dia mangataha olona iray ao amin'ny fianakaviana, mpitariky ny Fiangonana, na namana izay afaka mizara aminao ny traikefa nananany. Fintino ao anaty kahienao izany.

D Ireo Adidy sy Andraikitra

1. Araka ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 90:13–18, inona ireo adidy sy andraikitra ny Fiadidiana Voalohany?
2. Iza amin'ireo adidy sy andraikitra ireo ihany koa no azo ampiharina amin'ny filohan'ny kilasin'ny Zatovovavy na ny kôlejin'ny Fisoronana Aharôna? Ho an'ireo adidy sy andraikitra izay tsy mifandraika amin'izany, dia hazavao ny antony.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 91
Ny Apôkrifa

Misy Baiboly sasany ahitana boky maromaro izay fantatra amin'ny hoe ny Apôkrifa, teny izay midika hoe "miafina." Amin'ny ankapobeny, dia nantsoina hoe Apôkrifa ireo boky ireo noho izy ireo tsy fantatra marina na tena soratra masina na tsia. Rehefa niasa tamin'ny fandikan-teniny ny Baiboly ny Mpaminany Joseph Smith, dia te-hahafantatra izy raha toa ka tokony handika sy hampiditra ny Apôkrifa. Ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 91 no valinteny nomeny. Izany dia manome fanazavana izay tena ilaina raha toa ianao ka te-hamaky ny Apôkrifa, ary izany tomfiretitra izany koa dia mihatra amin'ireo boky tsara hafa izay mahaliana anao.

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 91

Soratra mifangaro (and. 2)—Fanampiny izay tsy tao anatin'ny soratra niandohany

Maneho (and. 4)—Mampahafantatra

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 91—Ny Apôkrifa

Ny Apôkrifa dia fitambaran'ireo asa soratra Hebreo tamin'ny fotoanan'ny Testamenta Taloha. Tsy nampidirina tao anatin'ny soratra masina izy ireo nandritra ny nanoratana izany tamin'ny fiteny Hebreo fa tamin'ny fotoana niainan'ny Mpamonjy teto an-tany kosa dia nampidirina tao anaty soratra masina izany tamin'ny fiteny Grika. Na izany aza, dia betsaka ireo fanontaniana mahaksi-ka ny okona nanoratra azy ireny ary raha toa izy ireny ka asa soratra mitaona fanahy. Ireo boky ao amin'ny Apôkrifa dia manampy ansika hahatakatra ny tantaran'ny vahoaka Jiosy teo anelanelan'ny Testamenta Taloha sy ny Testamenta Vaovao.

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny asa A na B rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 91 ianao.

A Valio ny Namana

Alaivo sary an-tsaina hoe miresaka momba ny fivavahana ianao sy ny namanao ary asehonao azy ny Baibolinao. Nolazain'ny namanao fa misy zavatra banga ao anatin'izany ary nanontany anao izy hoe fa maninona ny Baibolinao no tsy misy ny Apôkrifa. Amin'ny fampiasana ny nianaranao ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 91, dia valio ny fanontanian'ny namanao.

A Teny Fampidirana

Eo ambanin'ny lohatenin'ny toko, izay voasoratra eo amin'ny sarin'ny takelaka metaly, no misy ny teny fampidirana an'ireo toko na fizarana ao amin'ny soratra masina izay asaina vakianao. Izany teny fampidiran'ny fizarana izany dia ahitana ireto karazana fampahalalana ireto:

- Ny toe-javatra ara-tantara
- Fanazavana ny momba ny fifandraisan'ilay andian-tsoratra masina amin'ireo toko teo alohany na taoriany
- Fanontaniana sy hevitra tokony ho eritreretina mialoha sy mandritra ny famakianao, izay hanampy anao hifantoka amin'ny hafatra ampitaina ao amin'ilay andian-tsoratra masina

B Fahatakarana ny Soratra Masina

Ny fizarana "Fahatakarana ny Soratra Masina" dia manome fanampiana amin'ireo teny na andian-teny sarotra ary fanazavana mba hanampiana anao hahatakatra ny hevitra sy ny zavatra amin'ny ankapobeny izay hita ao amin'ilay soratra masina. Matetika ilay fanazavana dia ahitana teny nambaran'ireo Manampahefana Ambonin'ny Fiangonana.

D Fandalinana ny Soratra Masina

Ny fizarana "Fandalinana ny Soratra Masina" dia ahitana fanontaniana sy asa atao izay hanampiana anao hahita sy handinika ary hampihatra ny fitsipiky ny filazantsara hita ao amin'ny soratra masina. Tsy misy toerana hanoratana ao amin'ny boky, noho izany dia mila manao ireo asa atao ireo ao amin'ny kahie ianao na amin'ny taratasinao manokana.

Ireto dingana manaraka ireto dia hanampy anao rehefa mandalina ny soratra masina ianao:

- Manomboha amin'ny alalan'ny vavaka.
- Vakio ny teny fampidirana ny toko na fizarana izay ho halalininao ary eritrereto ireo fomba hafa handalinana hita ao amin'ny "Alohan'ny Famakiana" (jereo pj.3–4).
- Vakio ny toko na fizarana nasaina novakiana sady ampiasao ny fizarana "Fahatakarana ny Soratra Masina" izay mifandray amin'izany mba ho fanampiana. Ampiasao ireo fomba fandalinana hita ao amin'ny "Mandritra ny Famakiana" (jereo pj. 4–5). Mandraisa naoty ary manorata fanontaniana ao amin'ny kahienao. Soraty koa ireo fahatsapana na fihetseham-po izay manandanja aminao.
- Ataovy ireo asa atao ao amin'ny fizarana "Fandalinana ny Soratra Masina" ho an'ny toko na fizarana izay halalininao. Indraindray dia mila mifidy ny asa atao izay ho tanterahina ianao. Raha te-hianatra zavatra bebe kokoa ianao dia vitao ny asa atao rehetra.

Fandaharam-pianaran'ny seminera ho an'izay mianatra irery any an-tranony

Raha toa ianao ka manaraka ny fandaharam-pianaran'ny seminera ho an'izay mianatra irery any an-tranony, dia mampiseho anao izay tokony ho vakianao isaky ny herinandro hianarana seminera ny lisitry ny soratra masina vakiana hita ao amin'ny pejy 7). Tadidio fa ny seminera dia fandaharam-pianarana ara-pinoana isan'andro, ka ny famakiana soratra masina amim-bavaka dia tokony zavatra fanao isan'andro, ary koa mila manao ireo asa atao ao amin'ny seminera ianao isaky ny andro fianarana na dia tsy isan'andro aza ianao no hanatrika seminera. Raha toa ka misy herinandro mihoatra na latsaky ny enina ambin'ny telopolo ny taom-pianaran'ny semineranao dia holazain'ny mpampianatrao aminao izay toko na fizarana tokony ho vakianao ao anatin'ny herinandro iray sy ny asa tokony ho vitaina. Ny famakiana ny soratra masina sy ny fampiasana ity boky fandalinana ity dia tokony haharitra eo amin'ny telopolo ka hatramin'ny efapolo minitra eo isaky ny andro fianarana izay tsy hanatrehanao ny kilasin'ny seminera.

Tokony hasehonao isan-kerinandro amin'ny mpampianatrao ny kahie izay misy ny hevitrao momba ny soratra masina sy ny asa atao avy ao amin'ny boky fandalinana izay vitanao tamin'izany herinandro izany. Hamaky sy hamaly izany ny mpampianatra anao ary hamerina ny kahienao any aminao. Mety hisafidy ny hanana kahie roa ianao ary ampifandimbiaso hampiasaina izany isan-kerinandro. Afaka manoratra ao amin'ny fitoerana taratasy azo esorina sy afindra ianao ary mandefa ireo pejy izay misy ny zavatra nataonao tamin'izany herinandro izany. Rehefa mamerina ireo pejy ireo ny mpampianatra dia avereno anaty kahie izany.

Fandaharam-pianaran'ny Seminera Isan'andro

Raha manaraka ny fandaharam-pianaran'ny seminera isan'andro ianao, dia hampiasainao araka ny torolalan'ny mpampianatra ity boky fandalinana ity.

Ity boky fandalinana ity dia novolavolaina mba hanampiana anao hamaky sy handalina ary hahatakatra ny soratra masina. Koa satria ho lany amin'ny famakiana sy fandinihana ny soratra masina ny ankamaroan'ny fotoam-pandalinanao dia nampidirina ity fizarana ity mba hanampiana anao hahatonga izany ho mahomby kokoa.

Ny Loholona Howard W. Hunter, izay mpikambana tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo tamin'izany dia nanome torohevitra manan-danja tokoa momba ny fandalinana ny soratra masina izay voafintina etsy ambany. Azonao soratana amin'ny karatra kely izany heviny izany ary apetraka amin'ny toerana izay ahafahanao mahita izany rehefa mandalina ianao.

- Mamakia amim-pitandremana tsara mba hahatakarana ny soratra masina.
- Mianara isan'andro.
- Mametraha fotoana raikitra isan'andro izay ianaranao.
- Mianàra any amin'ny toerana iray ahafahanao mifantoka izay tsy misy zavatra mety hahavariana na hanelingelina anao.
- Mianàra mandritra ny fe-potoana iray voafetra fa tsy hoe mamaky toko na pejy vitsivitsy fotsiny.
- Manàna drafitra fianarana. (Jereo ny Tatitry ny fihaonambe, Ôkt. 1979, pj. 91–93; na Ensign, Nôv. 1979, p. 64–65.)

Ny fampiasana ny fitaovana manampy amin'ny fandalinana ao amin'ny Boky soratra masina novokarin'ny Olomasin'ny Andro Farany, miaraka amin'ny fahaizana mandalina tsara, dia hitondra tombontsoa ho an'ny fandalinanao ny soratra masina.

Fitaovana manampy amin'ny fandalinana ao amin'ny Boky soratra masina novokarin'ny Olomasin'ny Andro Farany

Ireo Soratra Masina Mifandray

Ny soratra masina mifandray dia soratra masina iray izay hanome fampahalalana fanampiny sy fanazavana ho anao momba ny lohahevitra izay halalininao.

34 Ireto [a]teny ireto dia tsy avy amin' olona na avy amin' ny olona fa avy Amiko; koa hijoro ho vavolombelona ianareo fa avy Amiko ireto fa tsy avy amin' olona;

35 Satria ny [a]feoko no miteny ireto aminareo; satria omena anareo amin' ny alalan' ny Fanahiko ireto, ary amin' ny heriko no ahafahanareo mifamaky azy ireto; ary raha tsy noho ny heriko dia tsy ho nanana azy ireto ianareo;

36 Koa afaka [a]mijoro ho vavolombelona ianareo fa efa nahare ny feoko sy mahafantatra ny teniko.

37 Ary ankehitriny indro, omeko ho anao ry Oliver Cowdery, ary koa ho anao ry David Whitmer, ny hitadiavanareo ny Roambinifololahy izay hanana ny fanririana izay efa noresahiko;

32*a* Môrô. 3:1–4; F&F 20:60; 107:58. TSM Manokana.
b 2 Pet. 1:21; F&F 68:3–4.
d F&F 20:27.
34*a* TSM Soratra Masina.
35*a* F&F 1:38.
TSM Fec
36*a* TSM Mij Vavolon
38*a* TSM Asa
40*a* TSM Fits
42*a* F&F 20:
TSM An

Ohatra, vakio ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 18:34–35 ary jereo ny fanovozan-kevitra ery ambanin'ny pejy 35*a*. Amin'ny alalan'ny fitadiavana sy famakiana izany soratra masina lazain'ny ny fanovozan-kevitra ery ambanin'ny pejy izany, dia inona no fanazavana fanampiny azonao momba ny fomba handrenesana ny feon'ny Tompo?

Ny Torolalana ho an'ny Soratra Masina

Ny Torolalana ho an'ny Soratra Masina dia ahitana ny lisitr'ireo teny sy lohahevitra maro izay milahatra araka ny abidia miaraka amin'ny soratra masina mifandray hita ao amin'ireo soratra masina efatra ankatoavin'ny Fiangonana. Izany dia manome famaritana sy fanazavana ho an'ny anarana sy lohahevitra maro ao amin'ny Baiboly.

39 Ary izao no hitranga fa izay [a]matahotra Ahy dia [b]hiandrandra ny fiavian' ny [a]andro lehiben' ny Tompo, dia ireo [c]famantarana ny amin' ny fiavian' ny [f]Zanak' olona.

40 Ary ho hitany ireo famantarana sy zava-mahatalanjona fa ireny dia haseho eny amin' ny lanitra ambony sy etỳ amin' ny tany ambany.

41 Ary ho hitany ny ra sy ny [a]afo ary ny zavon' ny setroka.

42 Ary mialohan' ny hahatongavan' ny andron' ny Tompo dia hohamaizinina ny [a]masoandro, ny volana hampodina ho ra ary ny kintana hiraraka avy eny amin' ny lanitra.

43 Ary hangonina ho eo amin' ity toerana ity ny sisa tavela;

37*a* Mar. 13:28; Lio. 21:29–31.
39*a* F&F 10:55–56. TSM Tahotra—Tahotra an' Andriamanitra; Mankatò.
b 2 Pet. 3:10–13; F&F 35:15–16; Mos. 7:62.
d TSM Fiavian' i Jesoa Kristy Fanindroany.
e TSM Far Ireo Fot
f TSM Zan
41*a* F&F 29:
42*a* Joe. 2:1(Fan. 6:1 F&F 88:
44*a* TSM Jes Vonina Kristy.
b Mat. 24 Mar. 13

Ohatra, vakio ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 45:39. Mety ho gaga ianao amin'ilay teny hoe *matahotra* ao amin'ny andianteny hoe "ireo izay matahotra ahy" rehefa mamaky izany. Midika ve izany fa tian'ny Tompo hatahotra Azy isika? Jereo ny fanovozan-kevitra ery ambanin'ny pejy izay manondro anao hijery ny Torolalana ho an'ny Soratra Masina ary ny loha-hevitra hoe "Fanajana." Mitadiava soratra masina izay mampianatra mazava tsara ny ilaina ny fanehoana fanajana ny Tompo. Jereo ao amin'ny Torolalana ho an'ny soratra masina eo amin'ny "Tahotra" (p. 672) mba ahitana ny fanazavana fanampiny mikasika ny fampiasana ireo dikanteny ara-tsoratra masina roa amin'ny teny hoe tahotra.

Fanampiana avy amin'ny Teny sy ny Andian-teny

na [a]hamono olona, na hanao zavatra toy izany.

7 [a]Hisaotra ny Tompo Andriamanitrao ianao amin' ny zavatra rehetra.

8 Hanatitra [a]fanatitra [b]amim-pahamarinana ho an' ny Tompo Andriamanitrao ianao, dia ny fo torotoro sy ny [c]fanahy manenina.

9 Ary mba hahazoanao miaro tanteraka kokoa ny tenanao [a]tsy ho voapentimpetin' izao tontolo izao, dia handeha ho any amin' ny trano fivavahana ianao ary hanatitra ny fanati-pisaoranao amin' ny [b]androko masina;

10 Satria marina tokoa fa izany no andro voatendry ho anao hitsaharanao amin' ny asanao ary [a]hanatanterahanao ny fanompoana ny Avo Indrindra;

11 Kanefa dia haterina amim-pahamarinana amin' ny andro rehetra sy amin' ny fotoana rehetra ny voadinao;

12 Nefa tsarovy fa amin' io andron' ny Tompo io, dia hanatitra ny [a]fanatitrao sy ny fanati-pisaoranao ho an' ny Avo Indrindra ianao, ary [b]hibaboka ny fahotanao amin' ny rahalahinao sy eo anoloan' ny Tompo.

13 Ary amin' io andro io, dia tsy hanao zavatra hafa ianao afatsy ny hanomana ny haninao amin' ny fahatsòram-po, mba hahatonga ny [a]fifadianao ho fanaperana, na amin' ny teny hafa, mba ho feno ny [a]fifalianao.

14 Marina tokoa, izany no fifadiana sy vavaka, na amin' ny teny hafa, firavoravoana sy vavaka.

15 Ary raha ataonareo amin' ny [a]fankasitrahana, amin' ny [b]fo sy ny tarehy [a]falifaly ireo zavatra ireo, tsy amin' ny 'tokelaka be, fa fahotana izany, saingy amin' ny fo falifaly sy ny tarehy miramirana—

16 Lazaiko marina tokoa, fa raha ataonareo izany, dia anareo ny fahafenoan' ny tany, ny biby eny an-tsaha ary ny voron' ny habakabaka, ary izay mianika eny amin' ny hazo sy mandeha amin' ny tany;

17 Eny, ary ny raokandro sy ny zavatra tsara izay avy amin' ny tany, na ho hanina, na ho fitafiana, na ho trano, na ho sompitra, na ho saha, na ho tanin' anana, na ho tanimboaloboka;

18 Eny, ny zavatra rehetra izay avy amin' ny [a]tany, amin' ny fotoany avy, dia natao ho tombontsoa sy hampiasain' ny olona, sady hahafinaritra ny maso no hamalifaly ny fo;

19 Eny, ho hanina sy ho fitafiana, ho fankafizana sy ho fanamboloana, hampahery ny vatana sy hamelombelona ny fanahy.

6*e* TSM Famonoan' Olona.
7*a* Sal. 92:1; Aimà 37:37; F&F 46:32. TSM Misaotra.
8*a* TSM Sorona.
b TSM Fahamarinana.
d TSM Fo Torotoro.
9*a* Jakoba 1:27.
b TSM Andro Sabata.
10*a* TSM Fitsaohana.
12*a* ni fanomezana, na ny fotoana, na ny talenta na ny fananana, ho anempoana an' Andriamanitra sy ny namana. TSM Sorona.
b TSM Miaiky.
13*a* TSM Fifadian-kanina
b TSM Fifaliana.
15*a* TSM Misaotra.
b Ohab. 17:22.
d Eks. 25:2; F&F 64:34.
e F&F 88:69.
18*a* TSM Tany.

Ahoana no fomba hanampian'ny fanovozan-kevitra ery ambanin'ny pejy anao amin'ny fahatakarana ny dikan'ny teny hoe *Fanati-pisaorana* ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 59:12? Karazana fanati-pisaorana manao ahoana no azonao omena amin'ny andro Sabata? Ankoatra ny tsy fihinanan-kanina, dia inona ihany koa ny mety ho dikan'ny hoe fifadian-kanina?

Ny Baiboly, Dikantenin'i Joseph Smith

Nodidian'ny Tompo ny Mpaminany Joseph Smith mba handalina ny Baiboly sy hikatsaka fanambarana mba hahazoana dikantenin'ny Baiboly feno sy marina kokoa (jereo F&F 37:1; 45:60;

73:3–4). Noho izany, dia namerina fahamarinana manan-danja maro indray ny Mpaminany Joseph Smith ary nanao fanovana manan-danja maro tao amin'ireo andinin-tsoratra masin'ny Baiboly izay mety ho tsy voadika araka ny tokony ho izy na tsy mazava na tsy feno (jereo Fanekem-pinoana 1:8). Izany dikanteny ahitana fanovana feno fitaomam-panahy izany dia antsoina hoe ny "Dikantenin'i Joseph Smith". Izany dikanteny izany dia nafohezina hoe "DJS." Ny fanovana sasany tamin'ny Dikantenin'i Joseph Smith dia hita ao amin'ny fanovozan-kevitra ery ambanin'ny pejy raha ny hafa kosa dia hita ao amin'ny "Fantina avy amin'ny Baiboly, Dikan-tenin'i Joseph Smith" ao amin'ny Torolalana ho an'ny Soratra Masina.


2 And when he had [2a]fasted [b]forty days and forty nights, [c]he was afterward an hungred.
3 And when the [a]tempter came to him, he said, If thou be the Son of God, command that these stones be made [b]bread.
4 But he answered and said, It is written, [a]Man shall not [b]live by [c]bread alone, but by every [d]word that proceedeth out of the [e]mouth of God.
5 [5a]Then the devil taketh him up into the [b]holy city, and setteth him on a pinnacle of the temple,
6 [6a]And saith unto him, [b]If thou be the Son of God, cast thyself down: for it is written, He shall give his angels charge concerning thee: and in *their* hands they shall bear thee up, lest at any time thou dash thy foot against a stone.
7 Jesus said unto him, It is written again, Thou shalt not [a]tempt the Lord thy God.
8 [8a]Again, the devil taketh him up into an exceeding high mountain, and sheweth him all the [b]kingdoms of the world, and the glory of them;
9 [9a]And saith unto him, All these things will I give thee, if thou wilt fall down and worship me.
10 Then saith Jesus unto him, Get thee hence, [a]Satan: for it is written,

2a Mosiah 3:7. TG Fasting.
b Ex. 24:18.
2c JST Matt. 4:2 . . . and had communed with God, he was afterwards an hungered, and was left to be tempted of the devil,
3a TG Devil.
b TG Bread.
4a Deut. 8:3; D&C 84:44 (43–44).
b TG Mortality.
c TG Bread.
d TG Revelation.
e TG God, Body of (Corporeal Nature).
5a JST Matt. 4:5 Then Jesus was taken up into the holy city, and the Spirit setteth him on the pinnacle of the temple.
b Neh. 11:1.
6a JST Matt. 4:6 Then the devil came unto him and said, If . . .
b Matt. 27:40; D&C 20:22.
7a D&C 10:(13–14). T Christ, Te Test, Try,
8a JST Matt. gain, Jesu Spirit, and him . . .
b D&C 10: Earthly,
9a JST Matt. devil came again, and
10a TG Devil.
b TG Worsh
11a JST Matt. now Jesus John was prison, an angels, an they came tered unt

Vakio Matio 4:2–6. Inona no fanampiana manan-danja entin'ny Dikantenin'i Joseph Smith amin'ireo andininy ireo?

Saritany sy Sary ao amin'ny Baiboly

Ny sarintany sy sary ao amin'ny Baiboly izay hita ao amin'ny Torolalana ho an'ny Soratra Masina dia manampy amin'ny fitadiavana toerana voalaza ao amin'ny soratra masina.

Filaharan'ny Tantaran'ny Fiangonana araka ny vanimpotoana, Sarintany, ary Sary

Tamin'ny taona 1999 dia nampian'ny Fiangonana saritany sy sary vaovao tao amin'ny Triptika. Izany zava-baovao izany dia mitovy amin'ireo izay hita tao anatin'ny Baiboly King James novokarin'ny Fiangonana. Ity fizarana ity ihany koa dia ahitana ireo vanimpotoanan'ny tranga teo amin'ny tantaran'ny Fiangonana. Mandehana ao amin'io fizarana io ary tadiavo ao ny volana sy ny taona nahavitan'ny Mpaminany Joseph Smith nandika tanteraka ny Bokin'i Môrmôna. Mandehana ao amin'ny sarintany 2 ary tadiavo ao ny trano fonenan'i Joseph Smith Rainy. Inona no zava-niseho manandanja tao? (jereo fanamarihana 1).

Ny Sasintenin'ny Toko, sy ny Sasintenin'ny Fizarana ary ny Famintinana ny Andinin-tsoratra masina

Ny sasintenin'ny toko sy ny an'ny fizarana ary ny famintinana ny andinin-tsoratra masina dia manazava na manome fampahalalana manan-danja fototra izay hanampy anao hahatakatra izay vakianao. Ohatra, inona no fampahalalana manampy azonao avy amin'ny famakiana ny sasin-tenin'ny fizarana ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana faha-89?

Ny fananana ny fanampiana amin'ny fandalinana hita ao amin'ireo soratra masina navoakan'ny Olomasin'ny Andro Farany,

dia toy ny fananana andiam-boky mifandray azonao ampiasaina— mitambatra ao amin'ny toerana iray ihany!

Fomba Fandalinana

Nilaza i Nefia fa tokony "hivoky amin'ny tenin'i Kristy isika" (2 Nefia 32:3), ary nandidy ny Nefita i Jesoa mba "hanadihady

[ny soratra masina] amin'ny fahazotoana" (3 Nefia 23:1). Izany karazana fandalinana izany dia mihoatra lavitra noho ny famakiana haingana ny soratra masina fotsiny. Ireto hevitra sy fomba manaraka ireto dia hanampy anao hahalala zavatra bebe kokoa rehefa mandalina. Mizara ho sokajy telo samihafa izy ireo: alohan'ny famakiana, mandritra ny famakiana, ary aorian'ny famakiana.

Alohan'ny Famakiana

Vavaka

Nosoratana tamin'ny alalan'ny fitaomam-panahy ny soratra masina. Vokatr'izany dia tena takatra tsara izany rehefa manana ny Fanahy Masina ho namana isika. Ao amin'ny Testamenta Taloha dia mianatra momba ny mpisorona Ezra isika izay nampiomana ny fony hitady ny lalàn'ny Tompo" (Ezra 7:10). Omano ny fonao hamaky ny soratra masina amin'ny alalan'ny vavaka isaky ny mamaky ianao.

Tadiavo ny Toe-javatra Fototra Niseho

Ny fahatakarana ny zava-niseho ara-tantara momba ny soratra masina dia hanampy anao hahazo fahalalana lehibe kokoa rehefa mamaky ianao. Ny torolalana ho an'ny soratra masina dia manome ny zava-niseho ara-tantara sy fanazavana fohy momba ny zavatra hita ao amin'ny boky tsirairay sy ny lohahevi-dehibe ao amin'izany. Ny sasin-tenin'ny fizarana ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana dia manome fanazavana fohy momba ny zava-niseho ara-tantaran'ireo anambarana. Ny fanoroana any amin'ny faran'ny triptika dia ahitana fampahalalana ilaina koa. Raha manam-potoana ianao, dia afaka mijery ireo boky hafa novokarin'ny Fiangonana izay manana fampahalalana momba ny soratra masina vakianao.

Mametraha Fanontaniana

Alohan'ny hamakianao dia manampy ny mametraka fanontaniana amin'ny tenanao toy ny hoe "Iza no nanoratra ireto andinintsoratra masina ireto?" "Ho an'iza?" "Nahoana no tafiditra ao anatin'ny soratra masina izany fampianarana izany?" "Inona tiako ho fantatra na hianarana raha mamaky aho androany?" ary "Inona no tian'ny Tompo hianarako avy amin'ireto soratra masina ireto?" Rehefa mamaky ilay soratra masina ianao dia tadiavo ny valin'ireo fanontanianao ireo. Tadidio fa afaka mampiasa koa ny torolalana ho an'ny soratra masina ianao na mitady valiny any amin'ireo bokin'ny Fiangonana sy asa soratra navoakany.

Vakio ny sasin-tenin'ny toko sy ny famintinana ny andinin-tsoratra masina

Ny sasin-tenin'ny toko sy ny famintinana ny andinintsoratra masina dia famintinana tsotra momba ny hevi-dehibe ao amin'ilay toko na fizarana. Tsy fahazarana tsara fotsiny ny famakiana ny sasin-tenin'ny toko alohan'ny hamakianao fa hanampy anao koa izany hanomana ny tenanao hametraka fanontaniana sy hitady ny valiny rehefa mamaky ianao.

Mandritra ny Famakiana

Aza Matahotra ny Mijanona

Ny ankabeazan'ny vongam-bolamena dia tsy hita eo ivelan'ny tany—tsy maintsy mandavaka ianao hahazoana azy. Hanan-danja bebe kokoa ny fandalinanao ny soratra masina rehefa mandeha miadana ianao na mijanona ary manao ireto asa vitsivitsy manaraka ireto.

Mitady ny Dikan'ny teny tsy Azonao



Mampiasà rakibolana. Indraindray ny fitadiavana teny izay eritreretinao fa efa fantatrao dia afaka manome fanazavana fanampiny ho anao. Ny fizarana "Fahatakarana ny soratra masina" ao amin'ity boky ity dia hanampy anao hahatakatra ny teny na andian-teny sarotra.

Fantaro fa indraindray ny Tompo dia nitaona fanahy ny mpaminaniny mba hampiditra fanazavana ao amin'ny zavatra nosoratany izay manampy antsika hahalala ny dikan'ny teny sy ny andian-teny. Ohatra, vakio ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 41:5 ary tadiavo ny tian'ny Tompo lazaina amin'ny hoe Mpianany.

Ampiasao ny fanampiana amin'ny fandalinana ao amin'ny Torolalana ho an'ny soratra masina

Jereo ny fizarana "Torolalana ho an'ny soratra masina" ao amin'ny pejy 2.

Ampiharo amin'ny Tenanao ny Soratra Masina

Ny fampiasanao ny anaranao ao amin'ny andinin-tsoratra masina iray dia manampy hahatonga ny fampianarana ao amin'ny soratra masina ho lasa bebe kokoa ho an'ny tenanao manokana. Ohatra, inona no fahasamihafana hita rehefa mampiasa ny anaranao eo amin'ny toeran'i "Davida" ianao rehefa mamaky ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 30:1–2?

Makà Sary an-tsaina

Alaivo sary an-tsaina izay zava-miseho. Ohatra, rehefa mamaky ny Joseph Smith—Tantara 1:27–47 ianao, dia alaivo sary an-tsaina ny mety ho tsapanao raha nisy anjely niseho taminao intelo teo akaikin' ny fandrianao ary nanome anao hafatra manan-danja iray.

Misy fotoana hilazan'ny soratra masina antsika mba haka sary an-tsaina. Vakio Almà 5:15–18 ary mijanonà mba hanaovana izay natoron'i Almà. Makà fotoana hanoratana momba ny zavatra tsapanao rehefa naka sary an-tsaina ireo andinin-tsoratra masina ireo ianao.

Tadiavo ireo Teny Mpampitohy

Ny teny mpampitohy dia ahitana ny: *ary, nefa, satria, noho izany* ary *na dia izany aza*. Rehefa mamaky ireo teny ireo ianao, dia jereo fa manampy anao hahatakatra hevitra roa na mihoatra izany. Indraindray izany dia mampiseho ny fitoviana na ny fahasamihafan'ny zavatra roa na mihoatra.

Ohatra, raha mieritreritra ny zavatra tian'ny teny hoe *satria* hambara ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:54—55 ianao, dia afaka mahalala fahamarinana manan-danja momba ny Bokin'i Môrmôna.

> 54 Ary ny sainareo dia nohamaizinina taloha noho ny [a]tsy finoana, ary satria efa nohamaivaninareo ireo zavatra efa noraisinareo—
> 55 Dia [a]fieboeboana sy tsy finoana izay efa nitondra ny fiangonana iray manontolo ho eo ambany fanamelohana.

Satria dia manambara ny fifandraisan'ny antony sy ny vokany eo amin'ny finoan'ny Olomasina sy ny fankasitrahana ny Bokin'i Môrmôna ary ny fahafahana mandray fanambarana sy ny fitahian'ny Tompo.

Vakio ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 45:30–32 ary jereo fa ilay teny hoe fa dia mampiseho ny tsy fitovian'ny toe-javatra hiseho eo amin'ny olon-dratsy sy ny olo-marina amin'ny andro farany.

> 30 Ary ao amin' izany taranaka izany no ho tanteraka ny fotoan' ny Jentilisa.
> 31 Ary hisy olona ho velona ao amin' izany taranaka izany izay tsy ho lasana raha tsy efa nahita ny [a]loza manafotra; fa handrakotra ny tany ny aretimandripaka.
> 32 Fa [a]hitsangana eo amin' ny toerana masina ny mpianatro ary tsy hoesorina; fa any anivon' ny olon-dratsy no hanandratra ny feony ny olona ka [b]hanozona an' Andriamanitra ary ho faty.

Ny famafisana ny teny hoe *fa* dia afaka manome antoka antsika fa ho voaaro amin'ireo fandravana alohan'ny Fiaviana Fanindroany.

Tadiavo ny Rafitra Ampiasaina

Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 52:14, dia nanambara ny Tompo fa hanome antsika ny fankatahaka mba tsy

ho voafitaky Satana isika. Avy eo eny amin'ny andininy 19, dia omeny izany fankatahaka izany. Ny fahafantarana misy fanampiana avy amin'ny Tompo amin'ny fahafantarana ny fanahy tsara sy fanahy ratsy eo anelanelan'ny andininy 14 sy 19, dia mahatonga tsy maintsy mamaky sy mandalina ireo andininy ireo mba hahatakarana ilay fankatahaka.

Ohatra iray hafa eo amin'ny fitadiavana rafitra ampiasaina, dia ny fitadiavana ny fanazavan'ny Tompo izay misy antony sy vokany amin'ny alalan'ny fijerena ny fampiasany ireo teny hoe raha sy dia. Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 5, i Martin Harris dia nolazaina fa tsy maintsy manao izany izy mba hahazoany fanomezana manokana avy amin'ny Tompo. Vakio ny andininy 24 ary jereo ao ny rafitra raha-dia. Tadiavo ny zavatra nolazaina taminy fa tsy maintsy ataony mba hahazoany ny fitahiana izay nokatsahiny.

Ny fiverimberenan'ny teny iray na hevitra iray dia rafitra iray hafa tokony hotadiavina. Ohatra, ampitahao ny voarakitra ao amin'ny andininy dimy voalohany ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 11; 12; ary 14. Ireo fanambarana tsirairay ireo dia nomena ny mpikambanan'ny Fiangonana izay manomboka miasa amin'ity Fanjakan'ny Tompo ity. Mariho ireo hafatra mitovitovy nomen'ny Tompo ho mpanompony tsirairay.

Tadiavo ireo Fitanisana ao amin'ny Soratra Masina

Ny fitanisana dia manampy anao hahatakatra mazava kokoa izay ampianarin'ny Tompo sy ny mpaminaniny. Fitanisana ny Didy Folo (jereo Eksodosy 20). Ny toriteny mikasika Fahasambarana ao amin'ny 3 Nefia 12:3–11 dia mora hita hoe fitanisana. Ny fitadiavana fitanisana hafa dia mety mitaky asa bebe kokoa. Ohatra, tanisao avy ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 68:25–31 ny zavatra voalazan'ny Tompo fa takiana amin' ireo ray aman-dreny mba hampianariny ireo zanany.

Mametraha Fanontaniana

Tohizo ny fametrahana fanontaniana arak'izay nasaina nataonao tao amin'ny fizarana "Alohan'ny famakiana". Rehefa mamaky ianao dia mety hanova ny fomba fametrahanao an'ilay fanontaniana napetrakao talohan'ny famakianao ianao na mety hanana fanontaniana tena hafa tanteraka. Ny fitadiavana ny valin'ny fanontaniana dia anisan'ireo fomba manan-danja izay ahazoantsika fahatakarana lehibe kokoa avy amin'ny fandalinantsika ny soratra masina. Ny iray amin'ireo fanontaniana tena manan-danja apetraka dia hoe "Nahoana ny Tompo no nitaona fanahy ny mpanoratra mba hampiditra an'izany ao amin'ny soratra masina?" Tadiavo ireo famantarana mazava apetraky ny mpanoratra rehefa milaza zavatra toy izao izy "Ary dia toy izany no ahitantsika".

Valio ny Fanontaniana Apetraka ao amin'ny Soratra Masina

Matetika ny Tompo dia mametraka fanontaniana ary avy eo dia mamaly izany. Nanontany ireo loholon'ny Fiangonana sasany Izy hoe: "Ho amin' ny inona no efa nanokanana anareo?" (F&F 50:13). Dia namaly Izy avy eo hoe: "Mba hitory ny filazantsarako, amin' ny alalan' ny Fanahy, dia ilay Mpampionona izay nalefa hampianatra ny fahamarinana" (and. 14).

Amin'ny toe-javatra hafa dia apetraka ny fanontaniana saingy tsy misy valiny omena—amin'ny ankapobeny dia satria mieritreritra ny mpanoratra fa mazava be ny valiny (Ohatra, jereo F&F 122:8). Indraindray anefa dia tsy manome valiny ny mpanoratra satria mety mitaky fieritreretana kely ilay fanontaniana napetraka ary mety tsy ho eo no ho eo ny valiny. Ohatra, vakio Almà 5:14–33 ary valio ny fanontaniana ao amin'ireo andininy ireo toy ny hoe teo ianao tamin'izany.

Mitadiava Marika Maneho Zavatra Iray sy Zavatra izay Manana Hevitra toy ny Sariohatra



Matetika ny mpaminany dia mampiasa marika sy fanehoana an-tsary (marika maneho zavatra iray) mba hampitana amin-kery kokoa ny hafany. Ohatra, ny fanoharana dia entina hampitana amin' ny fomba tsotra ny hafatra iray ary amin'ny fomba iray izay hampisy dikany lalina kokoa izany. Ny tantara ao anatin'ny fanoharana dia mahatonga ny lesona ampianarina ho tadidy lalandava ary takatry ny saina.

Ny torohevitra manaraka dia mety hanampy anao hahatakatra ny marika ao amin'ny soratra masina:

1. Mitadiava fanazavana ao amin'ny soratra masina. Ohatra, singa maro avy amin'ny fanoharana ny vary sy ny tsiparifary ao amin'ny Matio 13 dia hazavaina ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 86:1–7 sy 101:64–66. Indraindray ny fanazavana dia mety ho hita amin'ny alalan'ny fampiasana ny soratra masina mifandray ao amin'ny fanovozan-kevitra ery ambanin'ny pejy.
2. Eritrereto ireo zavatra mamaritra ilay marika ary inona no mety hampianarin'ilay marika anao. Ohatra, ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 38:24–27, ny Tompo dia niresaka momba ny fitiavan'ny ray an'ny zanany izay mpankato mba hanehoany ny tenany ary hanatitranterany amintsika amin'ny tokony hifampitondrantsika am-pitiavana sy ampiraisan-kina izay tokony ho hita ao anatin'ny fianakaviana.
3. Jereo raha mampianatra anao zavatra momba ny Mpamonjy ilay marika. Nilaza tamin'i Adama ny Tompo fa "ny zavadrehetra dia vavolombelona manambara [Azy]" (Mosesy 6:63). Ohatra, ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 101:81–91, ahoana no mampitovy ilay mpitsara izay namaly ny fitarainan'ilay vehivavy amin'ny famalian'ny Tompo ireo Olomasina mitady fanampiana?

Manorata



Manàna taratasy na kahie eo akaikinao eo mba hanoratana ireo hevitra izay tianao hotadidiana, toy ny fitanisana, zavatra manokana nanaitra ny saina izay azonao, na ny fahatsapanao ny zavatra novakianao. Mba hanampiana anao hahatadidy hevitra na zavatra nanaitra ny saina amin'ny fotoana hamakianao manaraka dia afaka manoratra ireto hevitra ireto eo amin'ny sisin'ny soratra masinao koa ianao.

Maro ny olona tia manisy marika ireo teny sy andian-teny manandanja ao amin'ny soratra masiny. Tsy misy fomba mety na tsy mety hanaovana izany. (Mety tsy tianao aza ny manao izany.) Ny

olona sasany dia manao anaty boribory ny laharan'ny andinin-tsoratra masina na mandoko na manipika teny na andian-teny manan-danja izay manome dikany manokana ny andinin-tsoratra masina iray. Ny fomba iray fanasiana marika amin'ny soratra masina dia ny manoratra soratra masina iray hafa mifandray eo amin'ny sisin'ny pejy. Ny fanaovana an'izany amin'ny andinin-tsoratra masina maro izay miresaka momba ny lohahevitra iray ihany dia manome anao andian-tsoratra masina mifampitohy izay miompana amin'ny lohahevitra iray manokana, izay ho hitanao amin'ny alalan'ny fijerena ny iray amin'ireo soratra masina mifampitohy ireo. Afaka manampy anao matetika mba hahita andinin-tsoratra masina haingana kokoa ny fanasiana marika amin'ny soratra masina.

Aorian'ny Famakiana

Saintsaino



Ny atao hoe misaintsaina dia mandinika lalina zavatra iray sy mametraka fanontaniana ary manombantombana ny zavatra fantatrao sy nianaranao. Izany no iantsoan'ny soratra masina azy indraindray (jereo Josoa 1:8). Misy ohatra tsara maro ao amin'ny soratra masina izay ahitana fanambarana manan-danja nomena vokatry ny fisaintsainana, indrindra indrindra fisaintsainana ny soratra masina (jereo F&F 76:15–20; 138:1–11).

Ampiharo amin'ny Tenanao ny Soratra Masina



Ny atao hoe mampihatra amin'ny tenanao ny soratra masina dia mampitaha izany amin'ny fiainanao manokana. Mba hampiharanao amin'ny tenanao ny soratra masina dia mila mametraka fanontaniana toy izao ianao "Inona no fitsipiky ny filazantsara izay ampianarina ao amin'ny soratra masina vao novakiako teo?" ary "Ahoana no ifandraisan'izany fitsipika izany amin'ny fiainako?" Anisan'ny lafiny manan-danja amin'ny fampiharanao amin'ny tenanao ny soratra masina ny fihainoana ny bitsiky ny Fanahy, izay nampanantenain'ny Tompo fa "hitari-dalana anao ho amin'ny marina rehetra" (Jaona 16:13).

Ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana dia mampiasa ireo toe-javatra sy fitsipika maro ao amin'ny Baiboly mba hanehoana sy hampianarana ny fotopampianaran'ny andro farany. Ohatra, i Mosesy dia nampiasa ny fanahin'ny fanambarana mba hitondrana ny "zanak' Isiraely namakivaky ny Ranomasina Mena, nandia tany maina" (F&F 8:3); ny mpikamban'ny Fiangonana dia nampitandremana mba tsy "[h]aninjitra ny tanany mba hanohana ny fiaran' Andriamanitra" tahaka an'i Oza (F&F 85:8; jereo koa 2 Samoela 6:6–7); ary nodidiana ny Olomasina mba "hanao ny asan'i Abrahama" (F&F 132:32).

Mamerena Mamaky

Tsy mahatakatra ny zava-drehetra ao amin'ny andalan-tsoratra masina iray isika raha mamaky izany vao voalohany. Ny marina dia mitaky fandalinana mandritra ny fiainana ny fahafahana mahatakatra marina ny soratra masina. Matetika dia manomboka mahita ny rafitra ampiasaina ao isika, sy mahazo sary an-tsaina tsara kokoa ary mahatakatra lalina bebe kokoa ny soratra masina aorian'ny famakiana izany in-droa na intelo. Mety te-hitady fampianarana vaovao ianao na hametraka fanontaniana hafa rehefa mamerina mamaky. Ny fanandramana manoratra indray ny tantara iray na andinin-tsoratra masina iray na roa fotsiny amin'ny alalan'ny fampiasanao ny teninao manokana dia mety hanampy anao hahita raha takatrao izay novakianao na tsia ary hanampy anao hahatakatra tsara kokoa ny soratra masina izany.

Manorata



Misy olona sasany manana diary izay hanoratany ny hevi-dehiben'ny zavatra novakiany sy ny zavatra tsapany momba izay novakiany, na ny eritreriny momba ny fomba iharan'izay novakiany eo amin'ny fiainana. Raha mampiasa ity boky ity ianao mba hanarahana ny fandaharampianaran'ny seminera ho an'ny mianatra irery any an-tranony, dia takiana ny hanananao kahie mba hahazoana salan'isa. Izany kahie izany dia ho toy ny diarin-tsoratra masina.

Tsara koa ny miresaka amin'ny hafa momba ny zavatra novakianao. Ny fanoratana fanamarihana vitsivitsy mba hahatadidiavanao ny zavatra tianao horesahina sy ny firesahana ny zavatra nianaranao dia hanampy anao hahatakatra sy hahatadidy bebe kokoa izay novakianao.

Ampiharo

Ny tena lanjan'ny fahalalana azonao avy amin'ny soratra masina dia tonga rehefa iainanao ny zavatra nianaranao. Ny fanakekezana bebe kokoa ny Tompo sy ny fahatsapana fiadanana izay omeny no anisan'ny sasany amin'ireo fitahiana izay tonga eo amin'ireo izay miaina ny filazantsara. Ankoatr'izany, dia nilaza ny Tompo fa ireo izay miaina izay nianarany dia homena bebe kokoa, ary izay tsy miaina izay nianarany dia tsy hanana intsony ny fahalalana izay nananany (jereo F&F 1:33).

> "Indro, lazaiko aminareo fa tsy maintsy atokanareo ny fotoanareo [a]handinihina ny soratra masina … ; ary amin' izay dia hampahafantarina anareo izay hataonareo." (F&F 26:1).

Rindran-damina Famakiana ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana sy ny Tantaran'ny Fiangonana

Ireo Andro izay Hamakiako Mandritra ny Folo Minitra na Mihoatra	Soratra masina nasaina novakiako tamin'ity herinandro ity
Herinandro 1	"Fandalinana ny Soratra Masina"
Herinandro 2	Joseph Smith—Tantara 1
Herinandro 3	Fanazavana ny Fampidirana · Fotompampianarana sy Fanekempihavanana 1 · 2 · 3 · 4 · 5
Herinandro 4	Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 6 · 7 · 8 · 9 · 10
Herinandro 5	Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 11 · 12 · 13 · 14 · 15 · 16 · 17 · 18
Herinandro 6	Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 19 · 20 · 21
Herinandro 7	Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 22 · 23 · 24 · 25 · 26 · 27 · 28 · 29
Herinandro 8	Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 30 · 31 · 32 · 33 · 34 · 35 · 36 · 37 · 38
Herinandro 9	Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 39 · 40 · 41 · 42
Herinandro 10	Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 43 · 44 · 45 · 46 · 47
Herinandro 11	Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 48 · 49 · 50 · 51 · 52 · 53
Herinandro 12	Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 54 · 55 · 56 · 57 · 58 · 59
Herinandro 13	Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 60 · 61 · 62 · 63 · 64
Herinandro 14	Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 65 · 66 · 67 · 68 · 69 · 70 · 71 · 72 · 73
Herinandro 15	Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 74 · 75 · 76
Herinandro 16	Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 77 · 78 · 79 · 80 · 81 · 82 · 83
Herinandro 17	Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84 · 85 · 86
Herinandro 18	Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 87 · 88
Herinandro 19	Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 89 · 90 · 91 · 92 · 93 · 94
Herinandro 20	Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 95 · 96 · 97 · 98 · 99 · 100
Herinandro 21	Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 101 · 102
Herinandro 22	Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 103 · 104 · 105
Herinandro 23	Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 106 · 107 · 108
Herinandro 24	Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 109 · 110 · 111 · 112 · 113 · 114
Herinandro 25	Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 115 · 116 · 117 · 118 · 119 · 120 · 121 · 122 · 123
Herinandro 26	Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 124 · 125 · 126
Herinandro 27	Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 127 · 128 · 129 · 130
Herinandro 28	Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 131 · 132
Herinandro 29	Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 133 · 134 · 135 · 137
Herinandro 30	Fifandimbiasana tao amin'ny Fiadidiana · Ny Dia Niankandrefana (1845–47) · Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 136
Herinandro 31	Filoha Brigham Young · Ny Lovan'i Brigham Young
Herinandro 32	Filoha John Taylor · Filoha Wilford Woodruff · Filazana Ofisialy 1 sy "Sombiny avy tamin'ny Laha-teny Telo . . . " · Filoha Lorenzo Snow
Herinandro 33	Filoha Joseph F. Smith · Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 138 · Filoha Heber J. Grant · Filoha George Albert Smith · Filoha David O. McKay
Herinandro 34	Filoha Joseph Fielding Smith · Filoha Harold B. Lee · Filoha Spencer W. Kimball · Filazana Ofisialy 2
Herinandro 35	Filoha Ezra Taft Benson · Filoha Howard W. Hunter · Filoha Gordon B. Hinckley · Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'izao Tontolo izao
Herinandro 36	Ilay Kristy Velona · Ny Fanekempinoana · Ny toerantsika eo amin'ny Tantaran'ny Fiangonana

Tonga soa eto amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana sy ny Tantaran'ny Fiangonana

Inona moa ny Fotompampianarana sy Fanekempihavanana?



Ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana dia iray amin'ireo boky soratra masina ampiasain'ny Fiangonana miaraka amin'ny Baiboly, ny Bokin'i Môrmôna, ary ny Voahangy lafo Vidy. Midika izany fa ireo boky efatra ireo dia nekena ho soratra masina avy amin'ny fitaomam-panahy avy any andanitra, izay harahin'ireo mpikamban'ny Fiangonan'ny fanekempihavanana. Ny Filoha Joseph Fielding Smith, Filohan'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo tamin'izany, dia nanazava ny mahasamihafa ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana amin'ny soratra masina hafa:

"Ny Baiboly dia tantara mirakitra ny fotopampianarana sy ireo didy nomena ireo olona fahiny. Mitovy amin'ny Bokin'i Môrmôna ihany koa izany. Fotopampianarana sy tantara ary didy ho an'ireo olona monina teto amin'ity kaontinanta ity fahiny izany.

"Fa ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana kosa dia mirakitra ny tenin'Andriamanitra ho an'ireo izay monina eto amin'izao andro izao. Bokintsika izany. An'ny Olomasin'ny Andro Farany izany. Nilaza ny Mpaminany [Joseph Smith] fa tokony tandrovantsika mihoatra ny harena manerana ity tany ity izany satria sarobidy mihoatra ny volamena. Manontany tena aho raha tena manao izany isika? Raha tsapantsika ny lanjan'izany, ary azontsika izany, ary fantatsika ny ao anatin'izany, dia ho manan-danja amintsika izany mihoatra ny fahasalamantsika. Hanome lanja lehibe izany mihoatra ny harenan'ny tany isika" (*Doctrines of Salvation,* comp. Bruce R. McConkie, 3 vols. [1954–56], 3:199).

Ny Filoha Gordon B. Hinckley, fony izy mpanolotsaina tao amin'ny Fiadidiana Voalohany, dia nanoratra fa "ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana dia tsy manan-tsahala amin'ireo soratra masina ananantsika. Lalampanorenan'ny Fiangonana izany. Ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana dia mirakitra ireo fanambarana maro isan-karazany, fa voalohany aloha dia bokin'ny fanambarana nomena tamin'ny alalan'ny mpaminan'ity fotoanandro ity [Joseph Smith].

"Izany faminaniana izany dia miatomboka amin'ny fanambarana mikotrokotroka mikasika ny tanjon'Andriamanitra amin'ny famerenana amin'ny laoniny ity asany lehibe amin'ny andro farany ity:

" 'Mihanoa ianareo Ry olon' ny fiangonako, hoy ny feon' Ilay mipetraka any amin' ny avo, izay mitsinjo ny olon-drehetra ny masony; eny lazaiko marina tokoa: Mihainoa ianareo ry olona lavitra; ary ianareo izay any amin' ny nosin-dranomasina, miaraha mihaino.



© 1996 Del Parson

" 'Fa miantefa amin' ny olon-drehetra marina tokoa ny feon' ny Tompo, ary tsy misy afa-miala; ary tsy misy maso izay tsy hahita, na sofina izay tsy handre, na fo izay tsy hotohina' (F&F 1:1–2).

"Avy amin'izany fiantombohana mahatalanjona izany no hanehoana ireo fomba fijery ara-potopampianarana mahagaga izay avy amin'ny loharanon'ny fahamarinana mandrakizay. Ny sasany dia fanambarana mivantana, avy amin'ny amin'ny Tompo nambarany tamin'ny mpaminaniny. Ny sasany dia amin'ny fitenin'i Joseph Smith, nosoratana na nolazaina rehefa nentanin'ny Fanahy Masina izy. Ary ihany koa mirakitra ny fitantarany ireo toe-javatra tamin'ny tranga maro isan-karazany. Nangonina niaraka daholo izany, izy ireo no mandrafitra ny fotopampianarana sy ny fomba amam-panaon'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany. . . .

"Ireo karazan-javatra resahin'ity boky ity dia tena mahavariana. Anisan'ny zavatra raketiny ny fitsipika sy fomba atao mikasika ny rafi-pitantanana ny Fiangonana. Hita ao koa ny lalàn'ny fahasalamana izay tokana sy miavaka, miaraka amin'ny fampanantenana ara-batana sy ara-panahy. Ny fanekempihavanana momba ny fisoronana mandrakizay dia voafaritra amin'ny fomba izay tsy hita any amin'ny soratra masina hafa. Ny tombotsoa sy fitahiana—ary fetra sy fahafahana—an'ireo ambaratongam-boninahitra telo dia nambara, izay miorina amin'ny fanatsidihana kely nataon'i Paoly mikasika ny voninahitry ny masoandro, sy ny an'ny volana, ary ny an'ny kintana. Ny fibebahana dia notoriana tamin'ny fiteny mazava tsara sy tena mandresy lahatra. Nomena ny fomba tena izy amin'ny fanaovana batisa. Ny toetoetran'Ny Andriamanitra, izay nanahirana ireo mpahaifinoana nandritra ny taonjato maro, dia nazavaina tamin'ny fiteny izay takatry ny rehetra. Ny lalàn'ny Tompo momba ny ara-bola dia nomena, izay manazava ny fomba fahazoana sy famerenana eo amin'ny fikirakirana ny volan'ny Fiangonana. Nambara ny asa ho an'ny maty mba hitahiana ireo zanakalahy sy zanakavavin'Andriamanitra mandritra ny fotoana rehetra.

"Tena hita amin'ny alalan'ny famakiana ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana fa nanana fahatakarana mihoampampana amin'ireo tanjona mandrakizain'Andriamanitra rehetra i Joseph Smith" ("The Order and Will of God," *Ensign,* Jan. 1989, 2, 4).

Ahoana no Zava-dehibe Amiko ny Fianarana ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana sy ny Tantaran'ny Fiangonana?

Nilaza ny Filoha Ezra Taft Benson hoe:

"Ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana dia manambatra ireo rohy manelanelana ny Bokin'i Môrmôna sy ny fitohizan'ny asan'ny Famerenana amin'ny laoniny tamin'ny alalan'i Joseph Smith sy ny mpandimby azy.

"Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana dia mianatra isika ny asa any amin'ny tempoly, ny fianakaviana mandrakizay, ny ambaratongam-boninahitra, ny rafitry ny Fiangonana, ary fahamarinana lehibe maro hafa an'ny Famerenana amin'ny laoniny.

" 'Diniho ireto didy ireto' hoy ny Tompon'ny Fotompampianarana sy Fanekempihavanana, 'fa marina ireo sady mahatoky, ary ny faminaniana sy ny fampanantenana izay ao anatiny dia ho tanteraka avokoa.

" 'Izay efa noteneniko Izaho Tompo dia efa noteneniko, ary tsy manalady ny tenako Aho; ary na dia levona aza ny lanitra sy ny tany, ny teniko dia tsy ho levona fa ho tanteraka avokoa, na amin' ny alalan' ny feoko na amin' ny alalan' ny feon' ny mpanompoko, dia iray ihany izany (F&F 1:37–38).



"Ny Bokin'i Môrmôna dia mitondra ny olona ho eo amin'i Kristy. Ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana dia mitondra ny olona ho eo amin'ny fanjakan'i Kristy, dia ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany, 'ilay hany fiangonana marina sy velona eto ambonin' ny tany manontolo' (and. 30). Fantatro izany.

"Ny Bokin'i Môrmôna no 'vato ifaharan'ny' fivavahantsika, ary ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana no tampontsatro-drafitra, miaraka amin'ny fanambarana mitohy amin'ny andro farany. Samy nametrahan'ny Tompo ny tombokase maneho ny fankasitrahany na ny vato ifaharana na ny tampontsatro-drafitra" (tatitry ny Fihaonambe, Apr. 1987, 105; na *Ensign,* Mey 1987, 83).

Rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana ianao mandritra ity taona ity dia hianatra ny fomba namerenan'ny Tompo tamin'ny laoniny ny fahamarinan'ny filazantsara "andalana anampy andalana, fitsipika anampy fitsipika" (F&F 128:21). Hitombo ny fijoroanao ho vavolombelona amin'ny fanambarana maoderina ary ho latsa-paka ao anatinao ny fankasitrahana ny mpaminany Joseph Smith. Rehefa mandalina ireo tranga manan-tantara eo amin'ny Tantaran'ny Fiangonana ianao dia hamaky ireo ohatra mitaona fanahin'ny fahafoizan-tena sy ny fanolorantenan'ireo—lehilahy sy vehivavy izay nahafantatra ny Tompo ary nanampy tamin'ny fananganana ny Fanjakany tety an-tany, dia ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany. Amin'ny alalan'ny fandalinana sy ny vavaka dia hihamafy ny finoanao an'i Jesoa Kristy, ary hanana faniriana ny hanompo amin'ny fananganana ny fanjakany ianao.


KM
0 20 40 60 80100 200
N
Toronto
Farihy Ontario
KANADA
NEW YORK
MICHIGAN
Palmyra
Manchester
Fayette
Buffalo
Perrysburg
Farihy Erie
S. Bainbridge
Colesville
Tranon'i Joseph
Knight Rainy
Harmony
Tranon'i
Joseph Smith
Zanany
Thompson
Kirtland
Orange
Amherst
Cleveland
Hiram
PENNSYLVANIE
OHIO
Reniranon'iSusquehanna

Ny Fiangonana tao New York sy Pennsylvanie

"Tamin'ny fanombohan'ny taonjato fahasivy ambin'ny folo dia tena faritra manan-danja tokoa iny atsinanan'i New York iny, toerana ahitana fidiram-bola ho an'ireo vonona ny hiasa mafy hanajary ireo tany lavavolo tsy amin-tahotra. Anisan'izany ny fianakavian'i Joseph sy Lucy Mack Smith ary ny zanak'izy ireo valo, izay tonga teny akaikin'i Palmyra, tsy lavitra ny Rochester tamin'ny taona 1816" (Gordon B. Hinckley, *Truth Restored: A Short History of The Church of Jesus Christ of Latter-day Saints* [1947], 1).

Tao anatin'izany rehetra izany, ny iray amin'ireo ankizy, Joseph Smith Zanany, dia nikatsaka ny fahamarinana ary novangian'Andriamanitra Ray sy ny Zanany, Jesoa Kristy. Izany fanambarana izany, izay nampisokatra ny lanitra indray taorian'ny taona maron'ny fahamaizinana sy ny apôstazia, dia nitarika tany amin'ny fandikana ny Bokin'i Môrmôna avy amin'ny takela-bolamena "araka ny fanomezam-pahasoavana sy ny herin' Andriamanitra" (F&F 135:3) ary ny famerenana tamin'ny laoniny ny fisoronana, ireo ôrdônansin'ny filazantsara, ary ny Fiangonan'i Jesoa Kristy eto an-tany. Niaraka tamin'izay Fiangonana naverina tamin'ny laoniny izay, dia nalefa hitory ny filazantsara manerana an'izao tontolo izao ny mpitory ny filazantsara, na dia teo aza ny fanenjehana anatiny sy ivelan'ny Fiangonana.

Joseph Smith—Tantara 1

Mitantara ny Tantarany i Joseph Smith

Joseph Smith—Tantara dia "Sombiny amin' ny tenivavolombelona sy ny tantara ofisialin' i Joseph Smith, izay nomaniny tamin' ny taona 1838 ka navoaka nisesisesy tao amin' ny Times and Seasons, tao Nauvoo, Illinois, nanomboka ny 15 Martsa 1842" (Teny fanolorana ao amin'ny Voahangy Lafo Vidy).

Ny Loholona John Taylor, mpikambana tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, dia nanoratra hoe: "I Joseph Smith, ilay Mpaminany sy Mpahitan' ny Tompo dia efa nahavita mihoatra noho ny olona rehetra niaina teto, afatsy i Jesoa irery ihany, ho famonjena ny olona eo amin' ity izao tontolo izao" (F&F 135:3). Ny tantara fohy voarakitra ao amin'ny Joseph Smith—Tantara dia milaza, araka ny tenin'ny mpaminany, ny fomba nanombohan'ny famerenana tamin'ny laoniny. Raha mazoto sy mivavaka hatrany ianao, dia ho traikefam-piovana eo amin'ny fiainanao ny fianarana ny fiainan'ny Mpaminany Joseph, ny fitsipiky ny filazantsara nambara tamin'ny alalany, ary ny fijoroany ho vavolombelona ny Tompo Jesoa Krist. Rehefa mamaky ny fijoroany ho vavolombelona sy ny tantarany ianao dia fantaro ny toetoetran'i Joseph Smith fony tanora. Inona no zava-nitranga tamin'i Joseph kely izay maneho fa ho Mpaminanin'ny Famerenana amin'ny laoniny izy?

Fahatakarana ny Soratra Masina

Joseph Smith—Tantara 1

Hoenti-miady (and. 1)—Mpanohitra mahery

Nahatonga (and. 1)—Tapakevitra

Hanazavana ny saim-bahoaka (and. 1)—Manitsy ireo tsaho sy lainga izay miely

Nanomboka (and. 5)—Nitranga

Sekta (and. 5–6)—Fikambanam-pivavahana

Fahazotoana lehibe nasehon'ny mpitondra fivavahana tsirairay avy (and. 6)—Fientanentanana asehon'ireo mitarika fivavahana samihafa

Nanaraka (and. 6)—Vokatra

Nanaraka ny finoana (and. 7)—Mamporisika mba hanaraka

Lehibe (and. 8)—Hentitra, mahery vaika, manakorontan-tsaina

Nampanalavirina (and. 8)—Mihataka, maka elanelana

Sesilany (and. 9)—hatrany hatrany, tsy misy fitsaharana

Habobo (and. 9)—Fomba fihevitra diso, mandiso fanantenana

Foto-pinoany (and. 9)—Finoana

Mandatsa (and. 11, 13)—Mikapoka, manitsy

Olona (and. 17–18)—Olona miavaka tsara

Fanekem-pinoana (and. 19)—Finoana

Nanebaka (and. 21)—Tsy misy fanajana, maneso

Fanendrikendrehana (and. 23)—Ompa sy teny maloto

Tontolon'ny antokom-pivavahana (and. 26)—Fiangonana sy fivavahana samihafa

Fanao andavanandro (and. 27)—Asa, andraikitra

Diso (and. 28)—Tsy marina

Fahosana (and. 28)—Fahalemena kely

Mamohehatra (and. 28)—Manimba

Hamaivanan-doha (and. 28)—Tsy misy saina, tsy matotra

Fiaraha-mikorana (and. 28)—Faly, mifety

Fanehoana (and. 29)—Fifandraisana

Mangatsakatsaka (and. 31)—Fatratra

Mponina fahiny (and. 34)—Ireo mponina voalohany tao

Maha izy azy ny (and. 35)—mahatonga ny, no manome ny

Vodi-vary (and. 37)— ireo bozaka maina mijanona eo rehefa avy jinjaina ny voa

Lalantsara (and. 43)—lalan-kely, lala-masaka

Nieritreritra ny amin'ny mampiavaka (and. 44)—Misaintsaina ny maha-tokana

Famaizana (and. 45)—Fandravana

Areti-mandringana (and. 45)—Aretina

Anatin'ny fahantrana (and. 46)—Mahantra sy mila fanampiana

Mazava tsara (and. 50)—Noho ny fahazavany

Nandidiana (and. 54)—Nitarihana

Fivelomana (and. 55)—Fitadiavana

Resaka mateza (and. 56)—Nankalazaina

Nipetraka (and. 57)—Nahazo Efitrano

Tratry ny heriko (and. 59)—Ezaka

Fanerena mahery vaika (and. 60)—Famoretana

Tetika (and. 60)—Drafitra, tsikombakomba

Romotra (and. 61)—Tsy zaka

Zava-bita teo amin'ny hai-soratra (and. 64)—Fahalalana ireo teny fahiny

Nanamafy (and. 65)—Nanome lalana, nanaiky

Nandefa mpianatra tao amin'ny sekoly (and. 66)—Nanana ankizy mandeha any an-tsekoly

Manaraka (and. 68)—Aoriana

Nanokana (and. 68, 71)—Notendrena tamin'ny alalan'ny fametrahan-tanana

Tolorana, notolorana (and. 69–70, 72)—Manome, nanome

Takatray (and. 74)—Azo, tratra

Noho ny (and. 74)—Noho ny

Mahasakana (and. 75)—Nosakanana

Joseph Smith—Tantara 1:17—Ny Maha-zava-dehibe ny Fahitana voalohany

Ny Loholona James E. Faust, mpikambana tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, dia nandahatra ny zavatra fantatsika taorian'ny fitsidihan'ny Ray sy ny Zanaka tamin'ny Mpaminany Joseph Smith izay tsy fantatsika tany aloha:

"Inona no zavatra nianarana tamin'ny Fahitana Voalohany?

"1. Ny fisian'Andriamanitra Ray izay tahaka ny Olona, ary porofo izany fa ny olombelona dia noforonina tahaka ny endrik'Andriamanitra.

"2. Ary i Jesoa Kristy dia olona ihany koa, izay misaraka sy miavaka tsara amin'ny Ray.

"3. I Jesoa Kristy dia nambaran'Andriamanitra fa Zanakalahiny.

"4. I Jesoa no mpitondra ny fanambarana araka ny nampianarina tao amin'ny Baiboly.

"5. Ny fampanantenan'i Jakoba hangataka fahendrena amin'Andriamanitra dia tanteraka.

"6. Ny fisian'ny olona iray avy amin'ny tontolo tsy hita maso niezaka namotika an'i Joseph Smith.

"7. Ny fisian'ny fihemoran'ny Fiangonana izay naorin'i Jesoa Kristy—nolazaina i Joseph mba tsy hamonjy na dia iray aza amin'ireo antokom-pivavahana, fa mampianatra ny fotopampianaran'olombelona izy ireo.

"8. Lasa vavolombelon'Andriamanitra sy ny Zanany, Jesoa Kristy i Joseph Smith" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Apr. 1984, 92–93; na *Ensign*, Mey 1984, 68).

Joseph Smith—Tantara 1:19—" Fa Ireo Nilaza Tena ho Mpivavaka ireo dia Manana Toe-tsaina Lomorina Avokoa"

Ny zavatra niainan'ny Mpaminany Joseph Smith dia nampiseho taminy fa misy zavatra tsy mety amin'ireo mpivavaka izay tamin'ny androny ireo (pasitera sy mpampianatra fivavahana) (jereo Joseph Smith—Tantara 1:5–6, 8–10, 12, 21–23). Ny Filoha J. Reuben Clark Zanany, izay mpanolotsaina tao amin'ny Fiadidiana Voalohany, dia nanazava hoe:

"Izany akory tsy midika hoe tsy misy mihitsy amin'izao fotoana izao na tsy nisy mihitsy ireo olona an-tapitrisany izay matahotra an'Andriamanitra . . . , na koa hoe tsy nisy mihitsy nandritra ny taonjato maro olona an-tapitrisany maro izay matoky, marina, mandala ny fahamarinana, araka ny zavatra nianaran'izy ireo, niaina nandritra ny taonjato maro. . . .

"Fa entina hilazana izany fa ny drafitr'izy ireo dia mifototra amin'ny fahadisoana, tahaka ny nolazain'ny Tompo an'i Joseph" (*On the Way to Immortality and Eternal Life* [1949], 442–43).

Joseph Smith—Tantara 1:66—"Anisan'ireo Nandefa Mpianatra tao amin'ny Sekoly"

Fomba amam-panao tamin'izany fotoana izany teo amin'ny faritra ny fampiantranoana ny mpampianatra ao amin'ny tranon'ny mpianatra izay anisan'ny karama raisiny amin'ny maha mpampianatra azy.

Joseph Smith—Tantara 1:68–72—Nahoana ny Mpaminany Joseph Smith sy Oliver Cowdery no Nifanendry Indray taorian'ny Nanaovana ny Batisan'izy ireo?

Nanazava ny Filoha Joseph Fielding Smith fa i Jaona mpanao Batisa, "dia nampianatra an'i Joseph sy Olivier taorian'ny namerenany ny fisoronana mba hidina ao anaty rano ary hifanao batisa. Taorian'izany no nifametrahan'izy ireo tanana ary nifanomezan'izy ireo indray ny fisoronana izay vao nomena azy ireo. Antony roa no nahatonga azy ireo nodidiana hanao ireo zavatra ireo. Voalohany, ny manome ny fisoronana alohan'ny batisa, dia mifanohitra amin'ny lamin'ny drafitry ny Fiangonana, ary dia nodidiana izy ireo hifanome ny Fisoronana amin'ny fomba tena izy, taorian'ny batisan'izy ireo. Faharoa, nanao ny zavatra tsy azon'izy ireo notanterahina tamin'ny tenan'izy ireo ny anjely. Tsy nisy olombelona niaina teto amin'ity tany ity nihazona ny fanalahidin'ity Fisoronana ity, noho izany dia tena nilaina ho an'ity iraka ity, izay mihazona ny fanalahidin'ny Fisoronana Aharôna tamin'ny Fotoampitatanan'ny Mitataovovonan'ny Fotoana, ny nirahina mba hanome ity hery ity. Mifanohitra amin'ny lamin'ny lanitra ho an'ireo izay efa lasa any ambadiky ny voaly no miandraikitra sy miasa ho an'ny velona ety an-tany, saingy tsy nisy olona teto an-tany afaka nanatanteraka izany asa izany, ary noho izany dia tena nilaina ho an'ireo izay efa nitsangana tamin'ny maty no hiasa ho azy ireo. Raha tsy izany i Jaona dia afaka nanaraka ny lamina ara-dalana, izay nampiasaina tao amin'ny Fiangonana, ary dia nanao batisa an'i Joseph Smith sy Oliver Cowdery aloha ary avy eo nanome azy ireo ny Fisoronana Aharôna" (*Essentials in Church History*, 27th ed. [1950], 57–58).

Reniranon'i Susquehanna

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny efatra amin'ireto asa ireto (A–H) rehefa mandalina ny Joseph Smith—Tantara 1 ianao.

A Miezaka Mahafantatra an'i Joseph Smith Zanany

Tadiavo ny Joseph Smith—Tantara 1:1–20 ary ataovy anaty kahienao izao manaraka izao:

1. Soraty ny anaran'ny ray aman-dreny sy ny iray tampo amin'i Joseph Smith.
2. Hazavao ny nahatonga an'i Joseph hanomboka hitady ny fiangonana marina.
3. Tadiavo ny soratra masina izay nitaona fanahy an'i Joseph hanatona ny Tompo amin'ny alalan'ny vavaka. Azonao marihina izany ao anatin'ny Baibolinao. Hazavao araka ny fiteninao ny dikan'izany.
4. Mitanisà fahamarinana telo izay ianarantsika avy amin'ny Fahitana Voalohany izay tena misy lanjany aminao ary hazavao ny tena nanaitra anao tamin'izany (ampiasao ny fizarana "Fahatakarana ny Soratra Masina" ho fanampiana raha ilaina).

B Soratra Masina Fehezina—Joseph Smith—Tantara 1:15–20

Saintsaino ny tantaran'ny Mpaminany Joseph Smith momba ny Fahitana Voalohany ao amin'ny Joseph Smith—Tantara 1:14–20, ary resaho miaraka amin'ny ray aman-dreny na ny mpitarika ny Fiangonana ny fahafahana sy ny fitahiana ary ny hafaliana izay saika tsy ho azonao raha toa ka tsy nivavaka nangataka fitarihana i Joseph Smith tamin'ny lohataonan'ny 1820. Manoràta andalantsoratra mirakitra ny zavatra noresahinareo.

© 1989 Al Rounds

D Tadiavo ny Zava-nitranga

Vakio Joseph Smith—Tantara 1:27–54 ary valio ireto fanontaniana manaraka ireto:

1. Raha araka ny andininy 27, hafiriana izany hatramin'ny nitrangan'ny Fahitana Voalohany?
2. Inona no zavatra nandrasan'i Joseph Smith hiseho raha nandeha nanatona ny Tompo tamin'ny vavaka tamin'ny 21 Septambra 1823 izy? Inona no zavatra hitanao momba ny finoany?
3. Iza no anaran'ilay iraka niseho taminy nandritra ny alina?
4. Inona no faminaniana nolazainy momba ny anaran'i Joseph Smith? Ahoana no nahatanteraka izany?

5. Ahoana no nahafantaran'i Joseph Smith ny toerana nandevenana ilay takelaka?

6. Impiry ilay iraka no niseho taminy nandritra izany alina izany sy ny ampitson'iny? Nahoana araka ny hevitrao no niseho imbetsaka izy?

E Tsapao ny Fahalalanao

Avereno vakiana ny Joseph Smith—Tantara 1:66–75 sy ny fanovozan-kevitra ery ambanin'ny pejy miaraka amin'ny filazan'i Oliver Cowdery ny zava-nitranga. Manorata fanontaniana fitsapana dimy izay azo valiana avy amin'io andininy io; apetrao aorian'ny fanontaniana tsirairay ny valiny.

F Raketo ny Fijoroanao ho Vavolombelona

Aorian'ny famakiana ny Joseph Smith—Tantara, dia manorata andininy iray na roa manazava ny fahatsapanao momba ny Mpaminany Joseph Smith sy ny zavatra rehetra nataony ho antsika amin'ny maha mpanompon'i Jesoa Kristy Tompo azy.

G Soraty ny Diary

Aorian'ny famakiana ny fitsidihan'i Môrônia ao amin'ny Joseph Smith—Tantara 1:27–54, dia vakio Môrônia 1:1–4 sy 10:1–6. Manoràta ao anaty diary ny fanazavanao ny fahatsapanao ny fitsidihan'i Môrônia an'i Joseph Smith izay niandry 1400 taona alohan'ny namahana sy nandikana izany takelaka izany.

H Ataovy kisary ny Zava-nitranga

Jereo daholo ireo trangan-javatra samihafa noraketina tao amin'ny Joseph Smith—Tantara ary manaova sary maneho izay iray nanaitra anao. Hazavao ny tena nanaitra anao amin'io tranga io.

Pejy misy ny Teny Fampidirana ny Fotompampianarana sy Fanekempihavanana

Miezaka Mahafantatra ny Boky

Ny pejy voalohany ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana dia manome ny fampidirana sy ireo tsara ho fantatra amin'ny ambangovangony. Ny pejin-dohateny dia manome ny anaran'ny boky, fanazavana fohy momba ny zavatra raketiny, sy ireo tsara ho fantatra momba ny fanontana. Ny fampidirana dia manazava ny karazan'ny boky sy ny fomba nahazoana izany. Mirakitra ihany koa ny fijoroana ho vavolombelon'ny Apôstôly voalohany amin'izao androntsika izao mikasika ny fahamarinan'ity fanambarana ity. Ny filaraharana araky ny vanimpotoana nahazoana ireo fanambarana ireo, miaraka amin'ny fotoana sy ny toerana. Rehefa mamaky ny teny fampidirana ianao, dia jereo ny fomba nahazoana ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana ary nahoana isika no tian'ny Tompo handalina izany.

Fandalinana ny Soratra Masina

Pejin-dohateny

Ny Mpandimby azy—Ireo ho avy manaraka na ireo izay manaraka azy

Fampidirana

Ara-nofo (andalan-tsoratra 1)—Ara-nofo, zavatra eto an-tany

Firaketana (and. 2, 9)—Fitambaran'ny boky

Atomboka (and. 3)—Fanombohana

Fanomanana ny (and. 3)—Amin'ny fanomanana ny

Fanamafisana (and. 3)—Fifanarahana

Fanehoan-javatra hafa avy tamin' Andriamanitra (and. 4)—Fisehoana nataon'ireo iraka avy any an-danitra

Ivotoerana manam-pahefana hampianatra (and. 5)—Miasa ho toy ny fikambanana

Tenivavolombelon'ireo Apôstôly Roa ambin'ny Folo . . .

Fahasoavana (and. 13)—Fanomezana sy hery

Nifanesy (and. 15)—Nifanaraka, taty aoriana

Fivoriana Mahefa (and. 15)—Fivoriana ara-dalana na azo atao

Fotopinoana (and. 16)—Fahamarinana momba an'Andriamanitra sy ny asany

Miharihary (and. 18)—Mazava, marina

Miverimberina (and. 18)—Mitohy

Fampidirana—Tsy Mbola mikatona ny Fantson'ny Soratra Masina!

Ny fivoaran'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana dia manamarina fa ny soratra masina nampiasain'ny Fiangonana (matetika nantsoina hoe "soratra masina nankatoavina") dia tsy azo raisina ho feno tanteraka. Maro ireo fiangonana Kristiana no mampianatra fa ny Baiboly dia mirakitra ireo tenin'Andriamanitra rehetra ho an'ny olona ary efa nitsahatra ny fanambarana. Ny Filoha Hugh B. Brown, Mpanolotsaina tao amin'ny Fiadidiana Voalohany, dia nampianatra fa: "Rehefa nivoaka tao amin'ireo alakely izay nahazoany ny [Fahitana Voalohany] i Joseph, dia nianatra farafaharatsiny lesona fototra efatry ny fahamarinana izy, ary dia nolazainy tamin'izao tontolo izao izany: Voalohany, ny Ray sy ny Zanaka dia olona roa misaraka sy miavaka tsara; faharoa, dia mbola tsy feno ny fantson'ny soratra masina; fahatelo, nohariana araka ny endrik'Andriamanitra ny olona; ary fahefatra, dia misokatra ny fifandraisana ety an-tany sy ny any an-danitra, ary mitohy ny fanambarana" (tao amin'ny tatitry ny Fihaonambe, Sept.–Ôkt. 1967, 120).

Ny Loholona Bruce R. McConkie, izay mpikambana tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, dia nanazava ny vokatry ny tsy fisian'ny fanambarana ho an'izao tontolo izao eo amin'ny fahatakarana ny Baiboly: "ary tsara ho fantatra fa ho an'ireo olona izay mino fa efa feno ny asa soratra masina, ka na rahoviana na rahoviana miezaka mivoky ara-panahy avy amin'ny teny faminaniana avy amin'ny lasa fotsiny izy ireo; ka na rahoviana na rahoviana izy ireo no tsy manana mpaminany sy apôstôly izay manome azy ireo ny soratra masina velona; ka na rahoviana na rahoviana izy ireo no mitsahatra mandray fanambarana—dia tsy ho afaka ny hanazava na hahatakatra intsony ny fanambarana tany aloha izy ireo. Ny faminaniana tany amin'ny lasa dia tsy takatra raha tsy amin'ny amin'ny alalan'ny mpaminany velona ihany izay voatafy hery avy any ambony ary ny sainy koa dia efa nohazavain'ilay Fanahy Masina izay tamin'ny alalany no nahazoana ireo teny taloha ireo ihany koa. Ireo olona tsy misy fanambarana ireo dia manjary miandry ny hany fahafahana ananan'izy ireo: dia ny fitodihana amin'ireo mpanazava soratra masina, mpitan-tsoratra, mpitondra fivavahana, mpandalina finoana, izay milaza amin'izy ireo ny dikan'ny ireo soratra masina taloha, ka mahatonga azy ireo hanapa-kevitra samirery mifototra amin'ny fahalalana fa tsy amin'ny ara-panahy" (*The Mortal Messiah: From Bethlehem to Calvary,* 4 vols. [1979–81], 1:275–76).

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny atrik'asa A sy B rehefa mandalina ny pejin-dohatenin' ny Fotompampianarana sy Fanekempihavanana ianao.

A Tadiavo ny Valiny

Rehefa mandalina ny Fampidirana sy ny Filahatry ny Fizarana araka ny Vanim-potoana ianao dia valio ireto fanontaniana manaraka ireto:

1. Inona no antony voalaza fa nanomezana ireo fanambarana ireo?
2. Nandritra ny taona firy no mihoatra ny fitopolo ireo fanambarana voaray? Fa nahoana araka ny eritreritrao no maro tamin'izy ireo no nomena nandritra ireo taona ireo?
3. Nahoana araka ny eritreritrao ny Tompo no tsy nanome an'ny Mpaminany Joseph Smith ireo fanambarana rehetra indray mandeha?

B Ahoana moa raha . . . ?

Avy amin'ny famakiana ny pejin-dohateny sy ny "Fahatakarana ny Soratra Masina," hazavao hoe inona no mitranga raha toa moa ka tsy nisy mpaminany velona handray fanambarana maoderina.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 1

Ny Sasin-tenin'ny Tompo—Feon'ny Fampitandremana

Ny teny fanoloran'ny boky dia manazava ny tanjon'ny mpanoratra izay nanoratra ny boky. Ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 1 dia ny sasin-tenin'ny Tompo ho an'ny boky izay mirakitra ny Fanambarany amin'izao andro farany izao. Maro ny olona no tsy mahafantatra fa niantso mpaminany maoderina ny Tompo izay mandray fanambarana avy Aminy. Misy mihitsy aza mpikamban'ny Fiangonana izay tsy dia miraika firy amin'ny zavatra lazain'ny mpaminany velona. Rehefa mamaky ity fizarana ity ianao, dia fantaro izay hiantefan'ny resaky ny Tompo, inona no fampitandremana lazainy, ary nahoana izy no manome izany. Ireo no hevi-dehibe izay hiverimberina ao anatin'ity boky ity.

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 1

Fanangonana (sasin-teny)—Fanangonana

Mihainoa (and. 1)—mihaino sy mankato

Miantefa (and. 2)—Manindrona, miantraika

Heloka (and. 3)—fahotana, Faharatsiana

Hahasakana (and. 5)—Mijanona

Mponin'ny tany (And. 8, 13)—Ireo olona miaina eto ambonin'ny tany

Hifehy (and. 8–9)—manendry, manondro, na manao izany eo anilany

Hamaly (and. 10)—Valisoa

Hamatra (and. 10)—Manome na mifanaiky

Handre (and. 13)— Mamoha, mitsangana

Babylona (and. 16)—Endrika hanehoana ireo ratsy fanahy eto amin'izao tontolo izao

Antambo (and. 17)—Loza, fanaintainana, lozabe

Haizina (and. 30)—Toetra izay tsy fantatra

Fanapahana (and. 35)—faritra izay hanjakana

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 1:6—"Ny Sasin-teniko ho an'ny Bokin'ny Didiko"

Nampianatra ny Filoha Joseph Fielding Smith:

"Tsy vao ny fizarana voalohany ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana no fanambarana voalohany voaray, fa natao tao amin'ny boky izany satria nomen'ny Tompo ho sasin-tenin'ny bokin'ny didiny. Ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana dia tena miavaka sy mazava tsara ary mahavariana ho an'ireo rehetra izay mino azy fa izy no hany boky misy izay mirakitra ny sasin-teny izay nomen'ny Tompo izy tenany mihitsy. Na izany aza dia mifandray ireo, araka ny nolazainy satria bokiny. Tsy nosoratan'i Joseph Smith izany, fa notononin'i Jesoa Kristy, ary mirakitra ny teniny sy ny tenin'ny Rainy ho an'ny Fiangonany sy ho an'izao tontolo izao fa ny finoana an'Andriamanitra, ny fibebahana avy amin'ny fahotana ary ny maha-mpikambana ao amin'ny Fiangonany dia azo homena ireo rehetra izay mino, ary averiko indray fa azo haorina ny Fanekempihavanana Vaovao sy Mandrakizay.

"Ity fanambarana izay fantatra amin'ny hoe fizarana voalohany ity dia nomena nandritra ny fihaonambe mahafinaritra natao tao Hiram, [Ohio,] tamin'ny 1 sy 2 Nôvambra 1831, fony teo ampieritreretana ny fanontana ny didy. Ny Tompo eto dia manome lalana hanontana ny teniny, satria maniry izy mba haely ho fantatra ny sitrapony. Naverina tamin'ny laoniny ny Filazantsara, ary ny loholon'ny Fiangonana dia nalefa hitory famonjena any amin'izao tontolo izao izay tsy mino mba hahafahan'ny olona mahita ny lalana mitondra azy ireo any amin'ny fanjakan'Andriamanitra. Ity sasin-teny ity dia maneho ny fankatoavana avy any an-danitra amin'ireo fanambarana ka noho izany ny fanambarana dia mizotra hatrany miaraka amin'ny hery lehibe tsy araka ny noheverana azy, ary tokony hanaitra ireo rehetra izay mamaky azy, indrindra ny mpikamban'ny Fiangonana, ary miaraka amin'izany ny andraikitra ananan'izy ireo hitandrina ny didy izay voarakitra ao anatin'ny fanambarana" (*Church History and Modern Revelation,* 2 vols. [1953], 1:251–52).

Raha mila fanazavana fanampiny amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana sy ny Bokin'ny Didy, dia jereo "Ny Tantaran'ny Fotopampianarana sy fanekempihavanana" ao amin'ity boky fandalinana ity (p. 233).

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny asa E sy ny asa hafa roa amin'ny (A–D) rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 1 ianao.

A Miezaka mahafantatra ireo Famintinana ny Andininy

Vakio amim-pitandremana ireo famintinana ny andininy alohan' ny andininy voalohany ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 1. Soraty ao amin'ny kahienao ireo hevi-dehibe roa avy amin'ny famintinana izay tianao hianarana. Rehefa avy namaky ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 1 ianao, dia fintino izay nianaranao avy amin'ireo hevi-dehibe roa ireo.

B Fantaro hoe Iza, Inona, Oviana, ary Nahoana

1. Manaova tabilao misy tsanganana 4 ao amin'ny kahienao ary soraty isaky ny tsanganana izao lohateny izao:

Iza no niresahan'ny Tompo?	Inona no zavatra nolazainy fa hiseho?	Oviana no nolazainy fa hiseho izany?	Fa nahoana no nolazainy fa hiseho izany?

2. Fenoy araky ny fandalinanao ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 1:1–16, ny tabilao miaraka amin'ny valiny hitanao amin'ireo fanontaniana ireo.
3. Raha toa ka hanome leson'ny takarivan'ny mpianakavy ianao avy amin'ireo andininy ireo, dia inona no lohahevitra tena manan-danja tianao ho tadidian'ny fianakaviana?

D Ahoana no Fomba Hialana amin'ny Atambo

Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 1:1–16 ny Tompo dia nampitandrina ireo antambo izay ho tonga amin'ny olon-dratsy. Ao amin'ny andininy 17–30 Izy dia manazava ny zavatra hataony hamonjena antsika avy amin'izany antambo izany. Ny andininy 31–39 dia manampy antsika hahatakatra ny zavatra tsy maintsy ataontsika mba hamonjen'ny Tompo antsika amin'ny fahotantsika.

1. Noho ny fahafantarany ny antambo izay hanjo ny mponin' ny tany, Iza no nantsoin'ny Tompo hanampy antsika? (jereo and. 17–18).
2. Inona no zavatra tokony ataon'izy ireo? (jereo and. 19–23).
3. Inona no nataon'ny Tompo hanampiana azy ireo mba hahatontosany ny antso nampandraiketina azy ireo? (jereo and. 24–30).
4. Nanao ahoana ny fahatontosan'ny mpanompon'ny Tompo ny anjaran'izy ireo?

5. Inona no zavatra tsy maintsy ataontsika mba hahazoana tombony amin'ny nataon'ny Tompo? (jereo and. 31–39).

6. Nanao ahoana ny fanaovanao ny anjaranao?

E Soratra Masina Fehezina—Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 1:37–38

Ndeha atao hoe manana namana ianao izay mitaraina amin'ny famakiana ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana ao amin'ny seminera, izay niteny hoe: "Tsy misy tantara tsara tahaka ny ao anatin'ny Bokin'i Môrmôna izy ity. Fa nahoana aho no tsy maintsy mamaky ireo fanambarana ireo?" Manorata valiny ho an'ny namanao amin'ny alalan'ny fampiasana ny zavatra nianaranao tao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 1. Manomeza ohatra vitsivitsy avy amin'ny fiainanao na avy amin'ny zavatra izay hitanao izay mampiseho ny fahamarinan'ny voalazan'ny Tompo antsika ao amin'ny andininy 37–38.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 2

Ny Fitsidihan'i Môrônia

Tamin'ny 21 Septambra 1823, dia nahazo fanambarana mikasika ny fijoroany eo anoloan'ny Tompo i Joseph Smith (jereo Joseph Smith—Tantara 1:29). Ho valin'ny vavaka nataony, dia niseho taminy teo amin'ny tohatohatry ny fandriana tao amin'ny trano fonenan'ny fianakaviany ny anjely Môrônia. Nandany ny alina iray manontolo nampianatra ity mpaminany kely ity i Môrônia.

Ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 2 dia mampiseho ny ampahany kely fotsiny amin'ireo rehetra izay nampianarin'i Môrônia (jereo Joseph Smith—Tantara 1:30–54; ny fahatontosan'ny faminanian'i Môrônia dia hita ao amin'ny F&F 110 ary hianarana miaraka izany fizarana izany). Rehefa mandalina izany fizarana izany ianao, dia eritrereto ny nahatonga izany fanambarana izany ho ao anatin'ny Fotompampianarana sy Fanekempihavanana.

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 2

Hambara (And. 1)—Mampahafantatra

Andron'ny Tompo (And. 1)—Fiavian'ny i Jesoa Kristy fanindroany

Hofongarina (And. 3)—nopotehina tanteraka sy nofoanana

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 2:1—"Hambarako aminareo ny Fisoronana"

"Notendrena tamin'ny Fisoronana Melkizedeka i Joseph sy i Oliver ary nomena ny fahefana sy ny andraikitra sahanin'ny apôstôly tamin'ny voalohandohan'ny taona 1829. Ahoana ary izany ny amin'ilay hoe hamerina ny fisoronana i Elia? Raha lazaina amin'ny fomba tsotra dia hoe, nalefa i Elia tamin'ny taona 1836 [jereo F&F 110:13–16] mba hamerina ny fanalahidin'ny fisoronana sy ny fahefan'ny famehezana izay mbola tsy azo tsara no sady mbola tsy nampiasaina tanteraka amin'ity fotoampitantanana ity. I Elia dia namerina ny fanalahidy izay hahafahan'ny fianakaviana, voalamina araka ny lamin'ny patriarika [ao amin'ny Fisoronana Melkizedeka] tamin'ny alalan'ny hery nomen'i Elia, ho azo fatorana sy fehezina mandrakizay" (Joseph Fielding McConkie and Robert L. Millet, *Joseph Smith: The Choice Seer* [1996], 187).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 2:1—Nahoana no lazaina ho "Lehibe sy Mahatahotra" ny Fiavian'i Jesoa Kristy Fanindroany?

Raha ny amin'ity faminanian'i Malakia ity, izay naverin'i Môrônia nolazaina ihany koa, dia nampianatra ny Filoha Joseph Fielding Smith hoe: "Ny andron'ny Tompo izay lehibe sy mahatahotra, izay lazain'ity faminaniana ity, dia ny andro hiavian'ny Tompontsika eny amin'ny rahon'ny lanitra am-boninahitra lehibe ary dia hamaly ireo izay tsy an'azy Izy. Ho tena andro mahatahotra ho an'ireo rehetra tsy nibebaka sy feno fahotana izany, fa ho an'ny marina kosa dia ho andron'ny fiadanana sy famonjena. Na izany aza, dia hisy ireo asa goavana ilaina atao amin'ny alalan'ny famerenana amin'ny laoniny ny fahefan'i Elia, izay manan-kery tokoa ka afaka hanavotra ny tany amin'ny fandravana, na mba tsy ho ringana amin'ny ozona" (*Doctrines of Salvation,* 2:112–13).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 2:2—Inona ilay "Fampanantenana natao ho an'ny Ray"?

Ny Loholona Joseph Fielding Smith, izay mpikambana tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, dia nanoratra hoe: "izany dia midika ho fampanantenana natao ho an'ireo izay maty tsy nanampahalalana momba ny filazantsara, ary tsy nanana ny fahafahana nandray ny ôrdônansin'ny famehezan'ny fisoronana mba hahazoan'izy ireo ny fisandratany. Raha araka ireo fampanantenana ireo, dia tokony manatanteraka izany ôrdônansy izany ho amin'ny toeran'ireo izay efa maty ireo zanaka amin'ny andro farany" ("The Promises Made to the Fathers," *Improvement Era,* Jolay 1922, 829).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 2:3—Fa Nahoana ny Tany no "Hofongorana Tanteraka" raha toa tsy tonga i Elia?

Nanoratra ny Filoha Joseph Fielding Smith hoe: "Nahoana no hofongorana ny tany? Tsotra ihany satria raha tsy misy fifamatorana

eo amin'ny ray aman-dreny sy ny zanaka—izay tsy inona fa ny asa ho an'ny maty—dia ho lavina daholo isika rehetra ary ho levona sy hofongorana daholo ny asan'Andriamanitra [jereo F&F 128:15–18]. Noho izany fepetra izany, mazava ho azy, dia tsy hofongorana ny tany" (*Doctrines of Salvation*, 2:121–22).

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny asa A rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 2 ianao.

A Ampitahao ny Tantara

Ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 2 dia ny famerenan'ny anjely Môrônia ny Malakia 4:5–6. Afaka mahazo hevidehibe manan-danja isika amin'ny alalan'ny fampitahana ireo firaketana roa ireo (jereo ny fizarana "Fahatakarana ny soratra masina" raha mila fanampiana).

1. Ampitahao ny Malakia 4:5 sy ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 2:1. Inona no voalazan'i Môrônia fa hataon'i Elia izay tsy hita ao anatin'i Malakia? Inona no dikan'izany?
2. Ampitahao ny Malakia 4:6 sy ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 2:2. Inona no zavatra ataon'i Elia hampitodika ny fon'ny ray sy ny zanaka?
3. Ampitahao ny Malakia 4:6 sy ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 2:3. Inona ilay "ozona"? Ary inona no dikan'izany?
4. Manorata fehezanteny roa na telo manazava ny fiovana nentin'ny fahatongavan'i Elia teo amin'ny fiainanao.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 3

Nianatra Lesona Manan-danja ny Mpaminany

Narian'i Martin Harris ilay sora-tanana misy ny takila 116 voalohany nadikan'ny Mpaminany Joseph Smith avy amin'ilay takela-bolamena. Ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 3, miaraka amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 10, dia fanambarana voarain'ny Mpaminany Joseph noho izany fahaverezana izany. Ao amin'ny fizarana 3 ny Tompo dia mampianatra ny zavatra tsy nety nataon'i Joseph Smith sy ny fahamarinana manan-danja mifandraika amin'ny antsony amin'ny maha-mpaminany azy. Alaivo sary an-tsaina anie ny fahatsapan'ny Mpaminany rehefa nahazo ity fanambarana ity izy.

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 3

Am-pelatanana (famintinana ny fizarana)—fikarakarana sy fananana

Mpitan-tsoratra (famintinana ny fizarana)—olona izay manoratra ny lazain'ny hafa

Foanana (and. 1, 4, 7, 13)—Tsy misy

Tanjaka (and. 4)—Bitsika

Nofo (and. 4)—Nofo, arabatana

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 3:12—Fa nahoana ny Tompo no niantso an'i Martin Harris hoe "Lehilahy Ratsy"?



Nandritra ny fandraisan'i Martin Harris an-tsoratra ny fandikan-tenin'ny Mpaminany Joseph Smith ny Bokin'i Môrmôna, dia nitalaho tamin'i Joseph izy mba hangataka amin'ny Tompo hamela azy hitondra ireo takila voadika mba hampisehoany ny vadiny sy ireo hafa izay nieritreritra azy ho voafitaka. Nanazava ny zavanitranga ny Mpaminany Joseph: "Nangataka aho, ary ny valiny dia tsy mila manao izany izy. Na izany aza dia tsy afa-po tamin'izany valiny izany izy, ary naniry ny mba hangatahiko indray. Ary dia nanao izany aho, ary dia nitovy tamin'ny teo aloha ihany ny valin'izany. Ary mbola tsy faly ihany izy, ka niangavy ahy hangataka indray mandeha farany. Taorian'ny fitalahoana maro dia nangataka tamin'ny Tompo indray aho, ary dia nomena alalana izy hitondra ny raki-tsoratra arak'ireto fepetra ireto; dia ny tsy hampisehoany izany afa-tsy amin'ny rahalahiny, Preserved Harris, ny vadiny, ny rainy ary ny reniny, sy i Ramatoa Cobb, zaobaviny. Araka izay valiny farany izay dia, nangataka taminy aho ny mba hanaovany fanekena amiko amin'ny faran'izay hentitra indrindra ny mba tsy hanaovany izay mifanohitra amin'ny efa voalaza. Ary dia nanaiky izy. Niniana izy hanao araka izay nangatahina taminy, naka ny raki-tsoratra, ary dia nandeha nody. Na dia teo aza izany fandrarana lehibe izay natao taminy izany, sy ny fanekena lehibe izay nataony tamiko, dia mbola nasehony tamin'olon-kafa izany, ary noho ny vela-pandrika dia afaka naka izany tany aminy ireo olon-kafa ireo, ary dia tsy hita intsony izany mandrak' ankehitriny" (*History of the Church*, 1:21).

Ho an'ny fanazavana fanampiny momba an'i Martin Harris, jereo ny "Ireo Olona sy Zava-mitranga ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana" (p. 231).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 3:14—Inona ilay "Tombontsoa" Narian'ny Mpaminany Joseph Smith nandritry ny Fotoana Fohy?
Taorian'ny fahaverezan'ny raki-tsoratra miisa takila 116, dia niseho tamin'ny Joseph Smith i Môrônia ary naka ny takela-bolamena ary ny Orima sy Tomima, kanefa nampanantena kosa an'i Joseph fa raha toa ka mibebaka amin'ny tsy fanarahana ny toro-hevitry ny Tompo izy dia ho afaka ihany hanohy ny fandikana (jereo *Church History in the Fulness of Times* [Religion 341–43 student manual, edisiona faha-2, 2000], pejy 48–49).

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny roa amin'ireto asa ireto (A–D) rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 3 ianao.

A Jereo ny Lesona

Nalahelo mafy noho ny fahaverezan'ny takila 116 ny Mpaminany Joseph Smith. Avereno vakiana ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 3:1–8 ary soraty ny fanambarana tian'ny Tompo hianaran'ny Mpaminany avy amin'izany zava-nitranga izany. Hamarino ny valin-teninao amin'ny teny sy ny andian-teny avy ao amin'ny andinin-tsoratra masina.

B Safidy sy ny Vokany

Fanampiana lehibe ho an'ity Mpaminany vao herotrerony ity tokoa i Martin Harris, ary mazava ho azy te-hanampy azy koa i Joseph Smith ho valin'izany. Zarao telo ny takila ao anaty kahienao ary avy amin'ny famakianao ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 3:1–15, dia ataovy lisitra ireto manaraka ireto:

1. Eo amin'ny tsanganana voalohany, dia tanisao ireo zavatra nolazain'ny Tompo tsy nety nataon'ny Mpaminany Joseph Smith tamin'ny nanomezana fahafaham-po an'i Martin Harris ary ny vokatr'izany safidy izany.
2. Ao amin'ny tsanganana faharoa, dia tanisao ny zavatra nolazain'i Tompo izay tokony nataon'ny Mpaminany Joseph na ny tokony hataony ary ny zavatra nitranga na ny hitranga raha nankato izy.
3. Eo amin'ny tsanganana fahatelo, dia tanisao ireo safidy ataon'ny tanora ankehitriny izay mitovitovy amin'ny fahadisoana nataon'i Joseph Smith (jereo manokana ny and. 4, 6–7) ary hazavao ny vokatra azo avy amin'izany safidy izany ankehitriny. Hazavao fa hihatsara kokoa ny fiainantsika raha toa ka manaraka ny torohevitry ny Tompo eo amin'ny andininy 8 isika.

D Karohy ny Tanjon'ny Tompo

Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 3:19–20 dia nilaza ny antony niarovana ny takelaka ny Tompo. Tanisao ireo antony hitanao ao ary hazavao ny zava-nitranga hatramin'ny nahazoana ity fanambarana ity tamin'ny taona 1828 mba hanatanterahana izany tanjona izany.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 4

Miomana ny Hanompo ny Tompo

Inona no ilaina mba ho mpanompo mahombin'ny Tompo? Ny misiônera mitory amin'ny fotoana feno rehetra dia mianatra ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 4 izay mamaly izany fanontaniana izany. Na dia andininy fito monja aza izany, dia nilaza ny Filoha Joseph Fielding Smith hoe: "Mirakitra ny torohevitra sy torolalana ampy hianarana mandritra ny fiainana izany. Tsy mbola nisy iray nahafehy izany. Tsy natao ho fanambarana manokana ho an'i Joseph Smith izany, fa kosa ho tombotsoa ho an'ny rehetra izay maniry ny hirotsaka amin'ny fanompoana an'Andriamanitra" (Church History and Modern Revelation, *1:35). Rehefa mamaky ity fanambarana ity ianao, dia tadiavo ao ny antony hahafahanao milaza fa voantso mba hanompo ianao.*

Marilee B. Campbell

Ny Tompo dia nampitaha ny asa fitoriana ho toy ny fijinjana voa

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 4

Mahatalanjona (and. 1)—Mahafinaritra, avy amin'Andriamanitra

Mirotsaka (and. 2)—Manomboka, Fanombohana

Antsimbilona (and. 4)—Antsy mibaraingo fijinjana voa

Fahononam-po (and. 6)—Fahaiza-mandanjalanja, fifehezan-tena

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 4—Ny Rain'i Joseph Smith
Ho an'ny fanazavana fanampiny momba an'i Joseph Smith Rainy, dia jereo ny "Ireo Olona sy Zava-mitranga ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana" (p. 261).

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny asa A sy B rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 4.

A Karohy ny Valiny

Valio ao amin'ny kahienao ireto fanontaniana manaraka ireto avy amin'ny zavatra nianaranao tao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 4:

1. Inona no zavatra ilaina ho an'ireo izay voantso hanompo ny Tompo? (Jereo and. 2).
2. Inona no fitahiana nampanantenaina ho an'ireo izay manompo arak'izany fomba izany? (jereo and. 2, 4).
3. Fa nahoana no tahaka ny fijinjana ity asa mahatalanjona ity? (jereo and. 1, 4).
4. Ahoana no hahafantaran'ny olona iray fa voantso hanompo izy? (jereo and. 3).
5. Inona ireo toetra dimy izay mandany anao mba ho voantso mba hanompo? (jereo and. 5).
6. Ankoatra ireo fahamarinan-toetra efatra voatanisa, dia inona no tsy tokony hadinoin'ny mpanompon'ny Tompo? (jereo and. 5).
7. Inona no azonao atao raha toa ka maniry ny hanompo ianao saingy tsy anananao daholo ireo toetra rehetra? (jereo and. 7).

B Sedrao ny Fampanantenana

1. Misafidiana iray amin'ireo toetra voalaza ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 4 izay tena tianao ho feno ao aminao mandritra ny fiainanao. Soraty amin'ny karatra izany ary apetraho amin'ny toerana talaky maso. Araka ny voalaza ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 4:7, dia mangataha amin'ny Ray any an-danitra isan'andro hanampy anao hampivelatra izany toetra izany. Manorata andiniy iray ao amin'ny diarinao manokana isan'andro farafahakeliny in-dray mandeha isan-kerinandro momba ny fandrosoanao amin'ny fampivelarana izany toetra izany.
2. Ary amin'ny faran'ny herinandro, dia soraty ao amin'ny kahienao ny famintinana ny zavatra niainanao.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 5

Nampanantenaina ny hisian'ireo Vavolombelon'ny Bokin'i Môrmôna

Nibebaka tamin'ny tsy fankatoavany i Martin Harris izay nahavery ilay dikan-tenin'ny takila 116 an'ny Bokin'i Môrmôna (jereo Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 3), kanefa mbola nitady porofo hita maso ihany izy fa tena manana ireo takelaka ny Mpaminany Joseph Smith. Tsy araky ny inoan'ny olona maro manerana izao tontolo izao, fa ny Tompo dia manome hatrany porofo mivaingana hanohanany ny fahamarinana izay ampianarin'ny Mpanompony. Izany porofo mivaingana izany dia matetika omen'ireo antsoina hoe vavolombelona. Nampanantena ny Tompo fa "amin'ny tenin'ny vavolombelona roa na telo no hanorenana mafy ny teny rehetra" (2 Korintiana 13:1). Ny Bokin'i Môrmôna dia mirakitra ny faminaniana izay milaza fa haseho ireo vavolombelona telo ny takelaka "amin'ny alalan'ny herin'Andriamanitra" (2 Nefia 27:12). Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 5 dia nampanantenaina i Martin Harris fa hotanterahina ny faniriany ary ho iray amin' ireo vavolombelona raha toa ka manaraka ireo fepetra napetraka izy. Ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 17 dia fanambarana ho an'ireo lehilahy telo izay lasa vavolombelona manokana. Rehefa mamaky ireo fizarana ireo ianao, dia fantaro ny antony tsy namelan'ny Tompo ny Mpaminany Joseph Smith hampiseho ny takelaka tamin'ny olon-drehetra.



David Whitmer *Martin Harris* *Oliver Cowdery*

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 5

Hatokana (and. 6, 17)—Manome fahefana, Manendry

Tehirizina (and. 9)—Notazonina ho tsiambaratelo

Nankiniko taminao (and. 9)—Natokisako mba hokarakarainao

Atambo mahafadiranovana (and. 19)—Fahapotehina

Voamarina (and. 20)—Mampiseho fa marina

Miaiky (and. 28)—Mitsotra, mibaboka

Hahalava (and. 33)—Manitatra

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny roa amin'ireto asa ireto (A–D) rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 5 ianao.

A Hazavao amin'ny Namana izany

Ndeha atao hoe miresaka amin'ny namanao tsy mpikambana momba ny Bokin'i Môrmôna ianao ary manontany anao izy raha toa ka any amin'ny tranom-bakoka izany takela-bolamena izany. Ampiasao ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 5:1–9 mba hanazavanao ny antony nangalan'ny anjely Môrônia ny takelaka taorian'ny nahavitan'i Joseph Smith ny fandikana.

B Manorata Famaritana

Ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 5:10–16 dia milaza ireo vavolombelona telo izay mijoro ho vavolombelona ny fahamarinan'ny Bokin'i Môrmôna.

1. Avy amin'ny fandalinanao ireo andininy ireo, dia manorata famaritana tsotra momba ny teny hoe: *vavolombelona* mba hahafahan'ny ankizy ao amin'ny Kilonga mahatakatra ny antony hiantsoana ireo lehilahy ireo ho vavolombelona.
2. Vakio indray ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 5:25 sy ny "Tenivavolombelon'ireo Vavolombelona Telo" ao amin'ny fiandohan'ny Bokin'i Môrmôna. Hazavao ny dikan'ny fahafantaranao fa ireo lehilahy ireo dia nahita ny takelaka ary nijoro ho vavolombelona ny fahamarinan'ny Bokin'i Môrmôna.

D Inona no zavatra Hitranga Raha toa ka . . .

Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 5:16–24, ny Tompo dia nanome fampanantenana maro momba ny zava-hitranga rehefa misy olona manao na tsy manao ny zavatra izay ampanaoviny.

1. Inona no nampanantenain'ny Tompo ho an'ireo izay mino ny teniny? (jereo and. 16).
2. Inona no nolazainy fa hitranga raha manamafy ny fony na tsy mibebaka ny olona? (jereo and. 18–20).
3. Inona no nodidian'ny Tompo mba ho ataon'i Joseph Smith? Inona no zava-nitranga raha nankato izy? (and. 21–22).
4. Inona no nodidian'ny Tompo mba ho ataon'i Martin Harris? Inona no zava-nitranga raha nankato izy? (jereo and. 24).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 6

Ny Tenivavolombelon'ny Fanahy

Ahoana no hamalian'Andriamanitra ny vavaka ataontsika? Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 6 dia nolazaina an'i Oliver Cowdery ny fomba namaliana ny vavaka nataony. Ny fahatakarana ny tian'ny Tompo lazaina amin'i Oliver dia afaka manampy anao hahafantatra ny valin'ny vavaka nataonao. Tena mahafinaritra ny mahatsapa izany karazana fiadanana izay tsapan'i Oliver izany raha nivavaka momba ny Mpaminany Joseph Smith izy.

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 6

Manasaraka (and. 2)—mizarazara

Antsimbilona (and.3–4)—Antsy mibaraingo fijinjana voa

Taranaka (and. 8–9)—ireo taona na olona amin'izao fotoana izao

Aza hamaivanina (and. 12)—tsy manamaivana ny fikarakarana

Mahalala (and. 15)—mifandray, mampianatra

Anaro (and. 19)—Ahitsio

Miangona (and. 32)—Mifanaraka, mifandray

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 6—Iza moa i Oliver Cowdery?

Ho an'ny fanazavana fanampiny momba an'i Oliver Cowdery, dia jereo ny "Ireo Olona sy Zava-mitranga ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana" (p. 268).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 6:2—Ny Herin'ny Teny

Ny Tompo dia mampiasa endrika manaitra hamaritany ny herin' ny Teniny. Ilay hevitra milaza fa mahery vaika ny tenin'Andriamanitra dia manampy hanamora amin'ny fahatakarana satria amin'ny alalan'ny Teniny no mampihetsika ny zava-drehetra avy any an-danitra hatrany amin'ny fon'olombelona. Ny teny hoe *mailaka* eto dia tsy midika hoe haingana, fa midika hoe "miaina," na "velona". Ny andian-teny hoe "maranitra kokoa noho ny sabatra roa lela ka manasaraka ny famavany sy ny tsoka" dia midika hoe ny tenin'Andriamanitra dia manindrona hatrany amin'ny fon'ny tsirairay (jereo koa 1 Nefia 16:1–2).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 6:6—"Ny Foto-kevitr'i Ziona"

Ny teny hoe *Ziona* dia ampiasaina amin'ny toe-javatra maro ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana (jereo "Ireo Olona sy Zava-mitranga ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana," p. 270). Isaky ny toe-javatra tsirairay, anefa, dia mampitaha hatrany ny ezaky ny Tompo hitaiza ny olony hiaina hiaraka Aminy amim-pahamarinana izany. Mba "hampijoro sy hampiorina ny foto-kevitr' i Ziona" dia ny fampielezana ny filazantsara sy ny hampitombo ny fahamarinan'ireo Olomasina.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 6:10–11—Inona no Fanomezana nomena an'i Oliver Cowdery?
Ny fanomezana nomen'ny Tompo an'i Oliver Cowdery dia ny fanahin'ny faminaniana (jereo F&F 8:3–4). Ny Filoha Joseph Fielding Smith dia nampianatra fa izany dia mba "ho fiarovana azy, raha toa ka ilainy izany, sy hanafaka azy eo an-tanan'ny fahavalony, ary hiaro azy eo amin'ireo mpamotika" (*Church History and Modern Revelation*, 1:52).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 6:14–24—Karazan'ny Vavolombelona toy inona no voarain'i Oliver Cowdery?
Ny Mpaminany Joseph Smith dia nanoratra toy izao: "Taorian'ny nahazoanay izany fanambarana izany, dia nilaza toy izao tamiko i Oliver Cowdery rehefa avy tany amin'ny tranon-draiko sy rehefa nifampiresaka tamin'ny fianakaviako momba ny nahazoako ny takelaka, fa indray alina talohan'ny natoriany teo ampandriany dia niantso ny Tompo mba hahafantatra raha toa ka marina ireo zavatra ireo, ary dia niseho taminy ny Tompo fa marina ireo zavatra ireo, fa nitazona izany toe-javatra izany ho tsiambaratelo hatrany izy, ary tsy nilaza izany tamin'olona na iray aza; fa taorian'ny nanomezana ity fanambarana ity, dia fantany fa marina ity asa ity, satria tsy misy olombelona na iray aza mahafantatra fa marina ireo zavatra ireo amin'ny alalan'ny fanambarana, afa-tsy Andriamanitra irery ihany" (*History of the Church*, 1:35).

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny roa amin'ireto asa ireto (A–D) rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 6 ianao.

A Manaova Fampitahana

Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 6, dia mampiasa kisary sy marika ny Tompo, hampianarana ny fahamarinana manan-danja. Adikao ao anaty kahienao ireto andian-teny manaraka ireto ary farano amin'ny zavatra izay nianaranao tao amin'ny andininy 1–5:

1. Ny hafatry ny filazantsara dia tahaka ny sabatra satria . . .
2. Ny asa fitoriana dia tahaka ny asa eny an-tsaha satria . . .
3. Ny vavaka dia tahaka ny mandondona eo am-baravarana satria . . .

B Ahoana no Ahafahana sady Manan-karena no Faly

1. Ampitahao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 6:7, 13 ny zavatra nianaran'i Nefia tao amin'ny 1 Nephi 11:21–23. Ary hazavao ny zavatra nianaranao momba ny fomba ahafahana sady manan-karena no faly.
2. Nahoana no mifanohitra amin'ny eritreritr'izao tontolo izao amin'ny fomba hahazoantsika harena sy hafaliana ny fomba ampianaran'ny soratra masina mba ho manan-karena sy ho faly?
3. Fa nahoana araka ny eritreritrao no tsy mitondra ilay karazana hafaliana omen'ny Tompo antsika ny harenan'izao tontolo izao?
4. Hazavao ao anatin'ny fehezanteny iray na roa ny mahamanan-danja aminao ny fanomezan'ny famonjena sy ny fiainana mandrakizay.

D Mahatakatra ny Fomba hahatongavan'ny Fanambarana

1. Avy amin'ny famakianao ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 6:14–24, dia hazavao ny tena nahafantaran'i Oliver Cowdery fa tena voantson'Andriamanitra i Joseph Smith (jereo koa ny fizarana «Fahatakarana ny soratra masina» raha ilaina).
2. Misafidiana andininy roa avy amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 6:14–24 izay manaitra anao ary hazavao ny fomba hampiharanao ireo andininy ireo amin'ny fahazoanao fanambarana eo amin'ny fiainanao.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 7

Ilay Rakitsoratra Miafin'i Jaona ilay Mpanambara

Nandritra ny volana Aprily 1829 dia nanohy nandika ny takelaky ny Bokin'i Môrmôna ny Mpaminany Joseph Smith niaraka tamin'i Oliver Cowdery niasa ho mpitan-tsorany. Dia nofaritan'ny Mpaminany izany toe-javatra izany tamin'ny fahazoana ity fanambarana ity: "Samihafa ny hevitray momba

ny tantaran'i Jaona Apôstôly, voalaza ao amin'ny Testamenta Vaovao [jereo Jaona 21:20–23], amin'ny hoe maty ve izy sa mbola velona, ka dia niara-nanaiky izahay ny hamaha izany amin'ny alalan'ny Orima sy Tomima" (History of the Church, *1:35–36).*

Rehefa mamaky ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 7 ianao, dia jereo ny zavatra tena faran'izay nirian'ny Apôstôly Jaona sy Petera. Inona no zavatra nirian'i Jaona atao izay lehibe mihoatra ny efa vitany teo aloha? Raha manontany anao ny Mpamonjy amin'ny zavatra izay tena irinao, dia inona no holazainao Aminy?

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 7

Boky hoditra (sasin-teny)—hoditra ondry na osy voaomana hanoratana

Mitoetra (and. 3–4)—Mijanona, mijanona aoriana

Manompo (and. 6–7)—Manompo, manampy

Fanalahidy (and. 7)—Fahefana

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny asa A rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 7 ianao.

A Valio amin'ny Fehezanteny Iray

Ny sasin-tenin'ny fizarana ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 7 dia milaza ny zavatra nangatahin'i Joseph Smith sy i Oliver Cowdery tamin'ny Tompo (jereo koa ny teny fampidirana ny F&F 7 ao amin'ity boky fandalinan'ny mpianatra ity). Avy amin'ny famakianao ny fizarana 7, dia soraty amin'ny valinteny ao anatin'ny fehezanteny iray avy ireto fanontaniana manaraka ireto:

1. Inona no maha-samihafa ny zavatra nirian'i Jaona sy i Petera?
2. Inona no zavatra nianaranao amin'ity fizarana ity momba ny maha-zava-dehibe ny fizarana ny filazantsara?
3. Inona no zavatra nianaranao momba ny faniriana tsara?

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 8–9

Mandray sy Mahafantatra ny Fanambarana

Ny fitahiana lehibe amin'ny fahazoana fanambarana manokana ho an'ny tena amin'ny alalan'ny Fanahy Masina dia misy hatrany ho an'ireo mahatoky. Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 6, dia nampanantenaina ny fanomezam-pahasoavan'ny fanambarana i Oliver, indrindra indrindra, ny herin'ny fandikana ireo rakitsoratra fahiny. Araka ny hitan'i Oliver anefa, dia matetika mitaky ezaka mihoatra ny fangatahana fotsiny ihany ny fahazoana fanambarana. Ny Loholona S. Dilworth Young, izay mpikambana tao amin'ny Fitopololahy dia nampianatra hoe: "Mijoro ho vavolombelona aho fa tsy misy na dia iray aminareo afaka manana tantara lehibe, izay tena mampangitakitaka, sy tena mahafaly mihoatra ny mahita ny fandikan'ny Fanahy izay tonga ao aminao mijoro ho vavolombelon'ny fahamarinana. . . . Ilaintsika ho hita ireo paik'ady izay entin'ny Fanahy mibitsika ny fontsika. Mila mianatra mihaino izany isika sy mahatakatra izany ary mahafantatra rehefa manana izany isika, ary matetika izany dia mitaky fotoana maharitra" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Apr. 1959, 59). Rehefa mamaky ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 8—9 ianao, dia mariho ny zavatra nolazaina fa tsy maintsy ataon'i Oliver Cowdery mba hahafahany mahazo ny herin'ny fandikana ary nahoana izy no tsy afaka nanohy. Mariho ihany koa ny fampianaran'ireo fanambarana ireo momba ny ezaka ataonao mba hahazoana ny fanambarana ho an'ny tena manokana.

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 8

Notononin'ny Mpaminany (sasin-tenin'ny fizarana)—Nandritra ny fitenenan'ny Mpaminany

Fitalahoana (sasin-teny)—Vavaka

Marina Tokoa (and. 1)—Azo antoka

Aza hamaivanina (and. 10)—Aza atao antsirambina

Nizara ny Ranomasina Mena ho roa tamin'ny alalan'ny fanahin'ny faminaniana i Mosesy

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 9

Nanarina (sasin-tenin'ny fizarana)—notoroina hevitra

Nanomboka (and. 1)—Nanomboka

Tsy nilaina (and. 3, 10–11)—Araka ny tokony ho izy, maha-te

Fahadonton'ny saina (and. 9)—fifandirana, fisalasalana

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 8:6–8—"Ny Fanomezam-pahasoavan'i Aharôna"

Nampianatra ny Filoha Joseph Fielding Smith hoe: "Nisy fanomezam-pahasoavana hafa nomena an'i Oliver Cowdery, ary tsy inona izany fa ny fanomezam-pahasoavan'i Aharôna. Tahaka an'i Aharôna izay niaraka tamin'ny tehiny teny an-tanany ary nandeha nialoha lalana an'i Mosesy mba ho mpitondra teniny, dia nandeha teo anoloan'i Joseph Smith ihany koa i Oliver Cowdery. Na inona na inona angatahiny amin'ny Tompo amin'ny alalan'ny herin'izany fanomezana izany dia omena azy raha toa ka mangataka am-pinoana sy am-pahendrena izy. Notahiana tamim-boninahitra lehibe i Oliver nihazona ny fanalahidin'ity fotoampitantanana ity miaraka amin'i Joseph Smith, ary tahaka an'i Aharôna, dia lasa mpitondra teny izy tamin'ny toe-javatra sasany. I Oliver no voalohany nanao lahateny ampahibemaso tamin'ity fotoampitantanana ity" (*Church History and Modern Revelation*, 1:52).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 9:7–9—Moa ve Mampahamay ny tratra hatrany ny Fanahy Masina?



Ny Loholona Dallin H. Oaks, mpikambana ao amin'ny Kôlejin'ny Roambinifololahy, dia nanazava fa:

"Tsy azo avy amin'ny fipetrapetrahampotsiny ny hoe ampianarina amin'ny alalan'ny Fanahy. Matetika ny fifandraisana amin'ny Tompo dia tsy tonga raha tsy avy nandalina zavatra tao an-tsaintsika isika. Ary avy eo isika dia mahazo ny fanamafisana.

"Nanazava izany dingana izany tamin'i Oliver Cowdery tamin'ny fanambarana iray hafa azony tao Harmony, Pennsylvania, tamin'ny Aprily 1829 ny Tompo. Nofaritan'ny Tompo ny antony tsy nahafahan'i Oliver handika ny Bokin'i Môrmôna:

" 'Indro, tsy azonao; noheverinao fa homeko anao izany, rehefa tsy nanana eritreritra afa-tsy ny hangataka izany Amiko ianao.

" 'Nefa indro, lazaiko anao, fa tokony ahandinika izany *ao an-tsainao ianao*; rehefa izany dia tokony bhanontany Ahy ianao raha marina izany, ary raha marina izany, dia hahamay ny ao anatin' ny tratranao Aho; *koa ho tsapanao fa marina izany*' (F&F 9:7–8; nampiana fanamafisana).

"Ity angamba no fampianarana lehibe sy tsy dia mazava indrindra ao amin'ny Fotompampianarana sy Fanekempihavanana rehetra. Ny fampianaran'ny Fanahy matetika dia tonga amin'ny alalan'ny fahatsapana. Tena vaindohan-draharaha goavana izany, na dia mbola maro aza no tsy mahatakatra ny dikany. Efa nihaona tamin'ny olona nilaza tamiko aho hoe tsy mbola nahatsapa ny Fanahy Masina izy ireo satria tsy mbola nahatsapa mihitsy ny tratran'izy ireo 'nahamay'.

"Inona no dikan'ny hoe 'hahamay ny ao anatin' ny tratra'? Moa ve izany tena mila fahatsapana hafanana tokoa, tahaka ny hafanana ateraky ny firehetana? Raha izay no tena dikany, dia mbola tsy nahamay mihitsy ny tao anaty tratrako. Mazava ho azy ny teny hoe 'hahamay' ao amin'ny soratra masina dia midika fahatsapana fankaherezana sy fiadanana. Izany no fijoroana ho vavolombelona azon'ny maro. Izany no fiasan'ny fanambarana.

"Marina tokoa, fa ilay feo tony sy malefaka, dia tena 'tony' sy 'malefaka' " ("Teaching and Learning by the Spirit," *Ensign,* Mar. 1997, 13).

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny asa A sy ny asa B na D eo am-pandalinanao ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 8–9.

A Soratra Masina Fehezina—Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 8:2–3

Ny Loholona Boyd K. Packer, mpikambana ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, dia nilaza hoe: "Amin'ny maha-Apôstôly ahy dia mihaino izany fitaomam-panahy izany aho ankehitriny, izay avy amin'ny loharano iray ihany, avy amin'ny fomba iray ihany, izay henoko fony aho mbola zazalahikely. Mihamazava kokoa ilay famantarana ankehitriny" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Ôkt. 1979, 30; na *Ensign*, Nôv. 1979, 21).

1. Halalino ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 8:1–3 ary hazavao ny zava-mitranga rehefa miteny ao an-tsaintsika ny Fanahy Masina (Jereo koa Enôsa 1:10).
2. Inona ireo fahatsapana tonga ao am-pon'ny olona iray rehefa miteny aminy ny Fanahy Masina? (jereo koa 1 Nefia 17:45).
3. Inona no zavatra nianaranao tao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 8:1 izay manazava ny antony nahatonga ny feon'ny fitaomam-panahy nihamazava kokoa ho an'ny Loholona Packer?

B Fintino ny Fotopampianarana

1. Araka ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 6:23, dia tamin'ny fomba nanao ahoana no nitenenan'ny Tompo tamin'i Oliver Cowdery?
2. Inona ihany koa no nampianarin'ny Tompo azy momba ny fahazoana fanambarana ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 8:2–3?
3. Inona no zavatra nianaran'i Oliver Cowdery tao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 9:7–9 mahakasika ny fahazoana valiny eo am-pandikana?
4. Manorata andalan-tsoratra iray izay mamintina ny zavatra nianaranao momba ny dingan'ny fanambarana avy amin'ireo andalana ireo (jereo koa ny fizarana "Fahatakarana ny soratra masina").

D Manorata Lesona azo notsoahina avy amin'izany Tantara izany

1. Fintino ireo fampanantenana nataon'ny Tompo tamin'i Oliver Cowdery ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 8 ary inona no voalazan'ny Tompo ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 9 momba ny tsy namelany azy hanohy handika.
2. Soraty ao anaty fehezanteny iray ny famintinana ny lesona azontsika hianarana ao anatin'ity fanambarana ity.
3. Ahoana no ahafahan'ny famintinanao hiantefa eny amin'ny olona izay mikatsaka fitaomam-panahy avy amin'ny Tompo?

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 10

Fikasana Hamotika ny Mpaminany

Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 3 ianao dia mamaky ny fomba nanarian'i Martin Harris ilay takila 116 nadikan'ny Mpaminany Joseph Smith avy amin'ny takelaka. Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 10, dia nambaran'ny Tompo ny nitranga tamin'ireo rakitsoratra tao amin'ny takila 116 sy ny tanjon'i Satana ami-

n'izany. Fa ny tena zava-dehibe, dia ho hitanao ny zavatra nataon'ny Tompo hanoloana izany takila very izany. Rehefa mandalina ity fizarana ity ianao, dia jereo ny zavatra nampianaran'ny Tompo amin'ny fomba hifehezany ny Heriny ny zava-mitranga ety an-tany, anisan'izany ny ezak'i Satana hamotika ny asan'ny Tompo.

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 10

Fanovana (sasin-tenin'ny fizarana)—Fiovana

Manala baraka (sasin-tenin'ny fizarana)—Mamporisika ny olona tsy hino

Fifanoherana (sasin-tenin'ny fizarana)—Tsy fitoviana

Famintinana(sasin-tenin'ny fizarana)—Fanafohizana ny fandikana

Hanova (and. 10–11, 17)—Fiovana

Mifanohitra (and. 11)—Tsy fitoviana

Heloka (and. 20, 29)—Fahotana

Fanamelohana (and. 23)—nolazaina am-pahibemaso fa meloka

Mifanohitra ny voalazanao (and. 31)— ampahany voadika ao amin'ny taratasy izay tsy mifanaraka amin'ny nosoratanao teo aloha

Taranaka (and. 33, 53)—Ireo olona amin'izao fotoana izao

Hampangaihaizako (and. 42)—Manambany, manao izay mahamenatra

Fisaraham-bazana (and. 48)—Tsy fifanarahana, fikomiana

Mamirapiratra (and. 58)—Fahatakarana

Aolany (and. 63)—Manova ny dikany

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 10:6—Tamin'ny Fomba Ahoana no Nikatsahan'i Martin Harris Hamotika ny Mpaminany Joseph Smith?

Tsy tao an-tsain'i Martin Harris mihitsy ny hamotika ny Mpaminany Joseph Smith, fa ny zava-nitranga vokatry ny fahaverezan'ny takila 116 tamin'ny rakitsoratra tao amin'ny Bokin'i Môrmôna dia mampiseho ny zava-mitranga rehefa "manao tsinotsinona ny torohevitr'Andriamanitra" isika (F&F 3:13; jereo koa ny fizarana "Fahatakarana ny Soratra Masina " ao amin'ny F&F 3:12, p. 17). Raha tsy fantatry ny Tompo mialoha ny zavatra izay hataon'i Martin Harris, ary dia niomana tamin'izany Izy, dia mety ho nandresy tamin'ny famotehana an'ny Mpaminany Joseph tamin'ny laingan'izy ireo i Satana sy ny mpanompony (jereo F&F 10:10–33). Amin'ny alalan'ny fikatsahana miverimberina haka ilay rakitsoratra izay mifanohitra amin'ny torohevitry ny Tompo sy tamin'ny tsy fanatanterahana ny fampanantenany mba hiaro izany amim-pitandremana, dia nanompo ny foto-kevitr'i Satana i Martin, na dia tsy izay aza ny tena tao an-tsainy.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 10:30–45—Efa Fantatry ny Tompo Hatrany amboalohany ny Farany

Ny Tompo dia nanomana fomba izay hialana amin'ny fanapotehin'i Satana ny Mpaminany Joseph Smith sy ny Bokin'i Môrmôna tamin'ny fahaverezan'ny takila 116 efa ho roa arivo taona talohan'izany. Efa nanoro hevitra ny Mpaminany Nefia Izy mba hanao takelaka faharoa mirakitra io vanimpotoana izay raketin'io rakitsoratra izay ho very io. Ny fahasamihafana lehibe tamin'izy roa ireo dia ilay very niresaka kokoa ny ara-tantara, fa ilay ampahany iray kosa feno fanambarana sy masina kokoa (jereo 1 Nefia 9:3–6; Tenin'i Môrmôna 1:1–7).

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny asa A sy ny roa amin'ireo asa (B–E) rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 10 ianao.

A Soratra Masina Fehezina—Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 10:5

Ny teny hoe *satana* dia midika hoe "mpifanandrina" na "fahavalo," izay mamaritra ny asan'ny devoly ho fahavalon'ny fahamarinana. I Satana sy ny mpanompony dia maka fanahy antsika mba hanota, izay mitondra antsika any amin'ny fahoriana sy tsy fifaliana, kanefa ny Tompo dia manana hery lehibe izay manampy antsika handresy ireo fakam-panahy ireo.

1. Vakio Almà 34:17–27 sy 3 Nefia 20:1. Inona no tsy maintsy ataontsika mba "hanjanahana [handresena] an'i Satana" (F&F 10:5)? Raha araka ny eritreritrao inona no dikan'ny hoe "mivavaha mandrakariva"?
2. Soratra masina mifandray: Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 10:5 sy 2 Nefia 32:8–9. Iza no mampianatra antsika mba *tsy* hivavaka?

B "Ny Hevi-petsin'i" Satana sy ny Fahendren'ny Tompo

1. Zarao roa ny takilan'ny kahienao. Ary soraty ao amin'ny tsanganana voalohany ny hoe "Ny Hevi-petsin'i Satana" ary ao amin'ny faharoa ny hoe "Ny Fahendren'ny Tompo."
2. Avy amin'ny famakiana ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 10:6–29, dia farito ao amin'ny tsanganana voalohany ny voalazan'ny Tompo fa fikasan'i Satana momba ilay takila 116 izay nangalarina avy tany amin'i Martin Harris.
3. Avy amin'ny famakianao ny andininy 30–45, dia farito ao amin'ny tsanganana faharoa ny zavatra nataon'ny Tompo mba hanakanana an'i Satana tsy hahomby.
4. Vakio 1 Nefia 9:3–6 sy Ny Tenin'i Môrmôna 1:1–7. Hazavao ny halavan'ny fotoana nanomanan'ny Tompo hamaha ny olana hateraky ny fahaverezan'ny takila 116.

D Aoka ho Malina amin'ny Fomba Fiasan'i Satana

Manazava ny fomba fiasan'i Satana sasany izay ampiasainy handavo antsika ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 10:20–29.

1. Avereno vakiana ny andininy 20–24 ary hazavao ny fomba entin'i Satana hitaomana ny olona hanohitra ny fahamarinana sy ny antony hanaovany izany.
2. Halalino ny andininy 25–29 ary farito ny zavatra nolazain'i Satana tamin'ny fahavalon'i Joseph Smith mba handresy lahatra azy ireo fa tsara hatrany ny manandrana hanapotika ny Mpaminany sy ny Bokin'i Môrmôna.
3. Amin'ny endriny manao ahoana no hanandraman'ny fikambanana na olona iray manao toy izany amin'izao fotoana izao?

E Manomana Lesona ho an'ny Kilonga

1. Soraty ny zavatra ho ampianarinao ao amin'ny kilasin'ny Kilonga ao amin'ny ankizy 7 taona momba ny tantara ao amin' ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 3 sy 10 momba ny fahaverezan'ny takila 116.
2. Lazao ireo lesona roa izay azontsika ianarana avy amin'ny zavatra niainan'ny Mpaminany Joseph Smith ary asehoy ny fomba hahafahantsika mampihatra izany eo amin'ny fiainantsika ankehitriny.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 11

"Raha Maniry Ianao"

Rahalahin'ny Mpaminany Joseph Smith Lahimatoa i Hyrum Smith (jereo Joseph Smith—Tantara 1:4). Tamin'ny Mey 1829 dia nandeha avy any Palmyra, New York, ho any Harmony, Pennsylvania, izy mba hitsidika an'i Joseph sy ny vadiny, Emma, sy Oliver Cowdery nandritra ny asa nataon'izy ireo tamin'ny fandikana ny Bokin'i Môrmôna.

Nanana "fangatahana matotra" ho an'ny rahalahiny, ny Mpaminany, i Hyrum ary vokatr'izany ity fanambarana hita ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 11 ity (jereo History of the Church, *1:45).*

Ny Loholona Neal A Maxwell, mpikambana tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia nampianatra hoe: "Na oviana na oviana misy fisehoan-javatra manan-danja arapanahy manangasanga any ho any, dia misy foana ny faniriana tsara" (Tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Ôkt. 1996, 27; na Ensign, Nôv. 1996, 21). Rehefa mamaky ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 11 ianao, dia tadiavo ny teny hoe faniriana, ary ny fomba hilazan'ny Tompo ny maha-zava-dehibe ny fanirianao. Mariho koa fa ny torohevitra maro ao amin'ny fanambarana dia mihatra ho an'ny "rehetra izay manana faniriana tsara" (and. 27)—izay anisan'izany ianao!

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 11

Fitalahoana sy fanontaniana (sasin-teny)—Vavaka sy fanontaniana feno fanetren-tena

Manasaraka (and. 2)—amin'ny ampahany

Antsimbilona (and. 3–4, 27)—Antsy mibaraingo fijinjana voa

Hanazava (and. 13)—Milaza, mampahafantatra

Mikasika ny (and. 14)—Mifandray amin'ny

Miantsoa (and. 18)—Mikatsaka toro-hevitra

Mifikira (and. 19)—mihazona akaiky

Aoka hangina (and. 22)—Aza mbola manomboka mitory aloha

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 11—Hyrum Smith

Ho an'ny fanazavana fanampiny momba an'i Hyrum Smith, jereo ny "Ireo Olona sy Zava-mitranga ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana" (p. 267).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 11:6—"Hampiorina ny Foto-kevitr'i Ziona"
Ho fanampiana hahatakatra io andian-teny io dia jereo ny fizarana «Fahatakarana ny Soratra Masina» ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 6:6 (p. 20) ary *Ziona* ao amin'ny "Ireo Olona sy Zava-mitranga ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana (p. 270).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 11:9—"Aza Milaza Na inona Na inona afa-tsy Fibebahana amin' ity Taranaka ity"
Nampianatra ny Filoha Joseph Fielding Smith hoe: "Rehefa miantso ny mpanompony ny Tompo tsy hilaza na inona na inona afa-tsy ny fibebahana ihany, dia tsy midika akory izany hoe tsy tokony hilaza momba ny batisa izy ireo, ary tsy hiantso ny olona hankato ny didin'ny Tompo, fa manantena aho fa ny zava-drehetra lazain'izy ireo sy ny zavatra ataon'izy ireo dia amin'ny alalan'ny fanahy izay hitondra ireo olona ho any amin'ny fibebahana" (*Church History and Modern Revelation*, 1:57). Amin'ny teny hafa dia, ny hanampiana ny olona hivoatra sy hanova ny fiainany araka ny fampianaran'i Jesoa Kristy no tokony ho fifantohan'ireo rehetra izay nantsoina mba hanompo ao amin'ny fanjakan'ny Tompo.

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny roa amin'ireto asa ireto (A–E) rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 11 ianao.

A Mandray ny Fitahiana Nampanantenaina

1. Zarao roa ny pejin'ny kahienao. Ny tsanganana voalohany dia soraty hoe "Fitahiana Nampanantenaina" ary ny tsanganana hafa dia soraty hoe "Ireo zavatra Takiana mba Hahazoana ireo Fitahiana."
2. Avy amin'ny famakianao ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 11, dia tanisao ao amin'ny tsanganana voalohany ireo fitahiana izay nomen'ny Tompo an'i Hyrum Smith (sy "ireo rehetra izay manana faniriana tsara"). Miaraka amin'ireo fitahiana tsirairay dia apetraho eo ihany koa ny andininy izay nahitanao izany.
3. Soraty eo amin'ny tsanganana faharoa ny zavatra izay nolazain'ny Tompo tamin'i Hyrum Smith (na ianao) ho ataony mba hahazoany izany fitahiana izany. Mila mijery ny andininy eo aloha na ny aorian'ny andininy izay nahitanao ireo fitahiana ireo ianao.
4. Misafidiana roa amin'ireo fitahiana sy zavatra takiana izay eritreretinao fa mitondra fahalianana manokana ho an'ny misiônera na ny ray aman-dreny. Hazavao ny antony nisafidianao izany.

B Ny Maha-Zava-dehibe ny Faniriana

1. Karohy ary tanisao ireo andininy izay misy ny teny hoe *faniriana*, *ireo faniriana*, na *maniry* ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 11. (Tsara raha asianao marika ao amin' ny soratra masinao izy ireny.)
2. Vakio koa ny 1 Nefia 11:1; Almà 29:4; 41:3–6; ary Abrahama 1:2. Manorata andalan-tsoratra iray izay manazava ny maha-zava-dehibe ny faniriantsika ao amin'ny drafitry ny filazantsara.
3. Inona no zavatra azon'ny olona iray atao raha toa ka misy zavatra tsara izay tsy tokony ho ataony (toy ny mamaky soratra masina isan'andro na mivavaka matetika) kanefa tsy tehanatanteraka izany izy?

D Mianatra momba ny Fanahy

1. Inona no zavatra nianaranao avy amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 11:12–14 momba ny Fanahin'Andriamanitra?
2. Manorata momba ireo fotoana izay nahatsapanao ny Fanahy avy tamin'iray (na maro) amin'ireo fomba izay faritan'ny andinin-tsoratra masina.

E Inona no Dikan'izany?

1. Farito amin'ny fiteninao ny zavatra notenenin'ny Tompo ho ataon'i Hyrum Smith ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 11:21.
2. Hazavao ny dikan'ny hoe "hahazo ny teniko" amin'ny alalan' ny famaritana ireo karazana zavatra izay eritreretinao ataon'i Hyrum Smith (na ataonao) mba hahazoana ny teny.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 12

Ho an'ireo Izay "Afaka Manampy amin'ity Asa ity"

Na dia talohan'ny nananganana ny Fiangonana aza, dia efa nanana faniriana hanampy amin'ny asan'ny Tompo i Joseph Knight Rainy (Jereo ny fanazavana fanampiny momba an'i Joseph Knight Rainy, ao amin'ny "Ireo Olona sy Zava-mitranga ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana" p. 269). Tonga mpikamban'ny Fiangonana izy fotoana fohy taorian'ny nanorenana izany. Nanome voninahitra azy ny Mpaminany Joseph Smith raha nilaza hoe: "Ary holazaina mikasika azy, amin'ny alalan'ireo zanakalahin'i Ziona, raha mbola misy iray tafajanona amin'izy ireo, fa izany lehilahy

izany dia lehilahy mahatoky ao Isiraely; noho izany ny anarany dia tsy hohadinoina mandrakizay" (History of the Church, *5:124–25).*

Rehefa mamaky ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 12 ianao, dia mariho ny zavatra nolazain'ny Tompo tamin'i Joseph Knight Rainy momba ny fomba hisafidianana azy hanampy tanteraka amin'ny asa. Mariho ihany koa fa ny Tompo dia miteny fa izany dia ho an'ny "rehetra izay manana faniriana" toy ny nananan'ny Rahalahy Knight (and. 7).

Fahatakarana ny Soratra Masina

Ho fanazavana fanampiny amin'ny fahatakarana ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 12:1–6, dia jereo ny fanampiana avy amin'ny fizarana "Fahatakarana ny soratra masina" ho an'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 6:1–6 sy 11:1–6, izay saika mitovy tanteraka.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 12

Mahonon-tena (and. 8)—Manana fifehezan-tena

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 12:8—"Feno Fitiavana"

Nampianatra ny Mpaminany Joseph Smith hoe: "Ny fitiavana dia iray amin'ireo toetra ambonin'ny Maha-Andriamanitra, ary miseho amin'ireo izay voalaza fa zanakalahin'Andriamanitra. Ny lehilahy iray izay feno ny fitiavan'Andriamanitra, dia tsy mionona fotsiny amin'ny fitahiana ny fianakaviany, fa manaparitaka izany ho an'izao tontolo izao, maniry ny hitahy ny zanak'olombelona rehetra" (*History of the Church,* 4:227).

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny asa A eo am-pandalinana ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 12 ianao.

A Manomeza Ohatra

Manorata momba ny olona izay ao amin'ny soratra masina na mpitarika ny Fiangonana izay eritreretinao fa afaka maneho ny iray amin'ireo toetra nolazain'ny Tompo ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 12:8. Hazavao ny fomba hanehoan'izany olona izany ireo toetra ireo sy ny fomba hanampian'izany azy hanao ny asan'ny Tompo tsaratsara kokoa.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 13

Ny Famerenana amin'ny Laoniny ny Fisoronana Aharôna

Vakianao ao amin'ny Joseph Smith—Tantara 1:68–74 ny momba ny famerenana amin'ny laoniny ny Fisoronana Aharôna. Ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 13 dia mitovy amin'ny Joseph Smith—Tantara 1:69. Rehefa

mamaky ny tenin'ny Jaona Mpanao Batisa ianao amin'ity indray mitoraka ity, dia fakafakao tsara ny lanjan'izany ara-potopampianarana.

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 13

Fanosorana (sasin-tenin'ny fizarana)—Nomena tamin'ny alalan'ny fahefana

Mesia (and. 1)—Jesoa Kristy

Manolotra (and. 1)—Manome

Fanompoan'ny (and. 1)—asa ataon'ny

Asitrika (and. 1)—rakotra tanteraky ny rano

Famelana (and. 1)—Famelan-keloka

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 13:1—Fanalahidin'ny Fisoronana

Ny filazana fa ny Fisoronana Aharôna dia mihazona fanalahidy sasantsasany dia tsy midika hoe ny rehetra mahazo an'io Fisoronana Aharôna io dia mandray ihany koa ary afaka mampiasa ny fanalahidin'izany fisoronana izany. Tahaka ny voalazan'i Jaona Mpanao Batisa ihany fa izy dia "miasa eo ambany fitarihan' i Petera, i Jakoba ary i Jaona" (sasin-tenin'ny fizarana), ny Fisoronana Aharôna dia eo ambany fiahian'ny Fisoronana Ambonimbony kokoa na ny Melkizedeka.

Nanazava ny Filoha Joseph Fielding Smith raha niresaka "momba ny fisoronana sy ireo fanalahidy izay natolotry ny Tompo ho antsika amin'izao fotoampitatanana faran'ny filazantsara izao," manao hoe:

"Ireo fanalahidy ireo dia zo ho an'ny fiadidiana. Izy ireo no hery sy fahefana hitantanana sy hitarihana ny raharahan'ny Tompo rehetra eto an-tany. Ireo izay mihazona azy ireo dia manana fahefana hitantana sy hifehy ny fomba izay hampiasain'ny hafa rehetra ny fisoronana. Isika rehetra dia afaka mihazona ny fisoronana, kanefa tsy afaka mampiasa izany isika raha tsy araka izay nanomezana lalana sy izay nandaminan'ireo izay mihazona ny fanalahidy irery ihany.

"Ity fisoronana [Melkizedeka] ity sy ireo fanalahidy dia natolotra an'i Joseph Smith sy i Oliver Cowdery tamin'ny alalan'i Petera, sy Jakoba, ary Jaona, sy tamin'ny alalan'i Mosesy sy Elià ary ireo hafa tamin'ireo mpaminany fahiny. Nomena ny lehilahy tsirairay izay natokana ho mpikambana ao amin'ny Filankevitry ny Roambinifololahy izany. Kanefa amin'ny maha-zo ho an'ny fiadidiana azy izay dia ny apôstôlin'Andriamanitra zokiny eto an-tany irery ihany no afaka miasa feno amin'izany, izay tsy iza fa ny Filohan' ny Fiangonana" (ao amin'ny Conference Report, Apr. 1972, 98–99; na *Ensign,* Jolay 1972, 87).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 13:1—Ny Zanakalahin'i Levy

Na dia nihazona ny Fisoronana Melkizedeka aza i Mosesy, dia notanterahina teo ambanin'ny fitarihan'ny Fisoronana Aharôna ny lalàn'i Mosesy (Jereo F&F 84:23–27). Ireo lehilahy avy amin'ny fokon'i Levy (nantsoina hoe Levita) irery ihany no nomena ny Fisoronana Aharôna. Ny fitenenana hoe "zanakalahin'i Levy" dia nampiasaina mba hanondroana ireo mpihazona fisoronana tamin'izany andro izany. Tao anatin'izany foko izany i Mosesy sy Aharôna. Andraikitr'ireo Levita no manatanteraka ny sorona ao amin'ny lalàn'i Mosesy ao amin'ny Testamenta Taloha (jereo Torolalana ho an'ny Soratra Masina, "Levy," p. 163). Ankehitriny, ny fitenenana hoe "zanakalahin'i Levy" dia nampiasaina hilazana ireo rehetra ato amin'nny Fiangonana izay mandray am-pahatokiana ny fisoronana ary lasa "zanakalahin'i Mosesy sy Aharôna" (Jereo F&F 84:33–34).

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny asa A rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 13 ianao.

A Ny Fisoronana Amperin'asa

Miresaha amin'ny eveka na mpihazona Fisoronana Aharôna iray momba ny fahitany ny fanalahidy sy ny herin'ny Fisoronana Aharôna izay mitahy ny fiainan'ny olona sy manampy azy ireo hanatona an'i Kristy. Soraty ao anaty kahienao ny zavatra nianaranao.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 14–16

Torohevitra ho an'ireo Rahalahy Telo tao amin'ny fianakaviana Whitmer

Raha mbola tany Harmony, Pennsylvanie i Oliver Cowdery, nanampy ny Mpaminany Joseph Smith tamin'ny fandikana ny Bokin'i Môrmôna, dia nanoratra taratasy ho an'ny namany David Whitmer any Fayette, New York izy. Tao anatin'izany taratasy izany dia nizara ny fijoroany ho vavolombelona momba ny asa izy. Liana tamin'izany i David Whitmer ary dia namaly ny taratasiny, ary nanolotra fanampiana amin'ny fotoana rehetra.

Tamin'ny faramparan'ny volana Mey 1829, dia nanomboka nisy fanenjehana ny asa fandikana ny Bokin'i Môrmôna. Nanoratra tany amin'i David Whitmer ny Mpaminany Joseph Smith sy Oliver Cowdery ary nangataka azy amin'ny fahafahany mba hijanona hiaraka amin'ny fianakavian'ity voalohany mba hamitana ny fandikana. Nanaiky ny rainy, i Peter Whitmer Rainy, ary dia nandray ny sarety ho any Harmony (teo amin'ny 217 km eo ho eo) izy, naka an'i Joseph Smith sy ny vadiny, Emma, ary i Oliver Cowdery, ary dia nitondra azy ireo niverina any Fayette. Taoriana kelin'izay ny Mpaminany Joseph Smith dia nandray ny fanambarana hita ao min'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 14–16, izay vokatry ny fangatahin'i Peter Zanany, John, ary i David Whitmer, izay naniry ny hahafantatra ny tian'Andriamanitra ho ataon'izy ireo. (Jereo koa ny fanazavana momba an'ny fianakaviana Whitmer ao amin'ny "Ireo olona sy foto-kevitra ao amin'ny Fotompampianarana sy Fanekempihavanana," p. 269).

Efa mba noeritreretinao ve ny tian'ny Tompo ho ataonao? Eritrereto izany fanontaniana izany rehafa mamaky ireo fizarana anankitelo ireo ianao ary jereo raha toa ka mbola misy torohevitra fanampiny izay nomen'ny Tompo ireo lehilahy telo ireo ka mety ampiharina aminao ihany koa.



David Whitmer

John Whitmer

Fahatakarana ny Soratra Masina

Ho fanampiana fanampiny amin'ny fahatakarana ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 14:1–7, dia jereo ny fanampiana ao amin'ny fizarana «Fahatakarana ny Soratra Masina» ho an'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 11:1–7 sy 12:1–6, izay misy hitovizana.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 14

Mampiloa-bava (and. 8)—Teny nolazaina

Ara-nofo (and. 11)—aramaterialy, momba ny eto an-tany

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 15 sy 16

Mivantana (and. 2)—Tena izy, mazava tsara

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny asa A sy B rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 14—16 ianao.

A Soratra Masina Fehezina—Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 14:7

1. Makà taratasy iray mitovy amin'ny kahienao, ary manaova sary maneho ny hevitra hita ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 14:7.

2. Ao anatin'ny Soratra Masina, ny teny hoe *famonjena* dia matetika hilazana ny fisandratana. Rehefa ao an-tsaina izany, dia ampitahao ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 14:7 sy ny 2 Nefia 31:20. Inona no lazain'ny 2 Nefia 31:20 momba ny fomba hahafahantsika manatanteraka izay nolazain'ny Tompo fa tsy maintsy ho ataontsika ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 14:7?

B Ny Tena Manan-danja Aminao

*"Aorian'ny voalaza rehetra, ny andraikitra lehibe sy manan-danja indrindra dia ny fitoriana ny filazantsara" (*History of the Church, *2:478).*

1. Inona no zavatra nolazain'ny Tompo tamin'i John Whitmer sy Peter Whitmer Zanany ho "zavatra izay ho manan-danja indrindra" amin'izy ireo? (jereo F&F 15:6; 16:6).
2. Mitanisà antony roa farafahakeliny izay mamaritra ny maha-manan-danja indrindra ireo mihoatra noho ny zavatra hafa izay azon'izy ireo hatao.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 17

Fanambarana momba ireo Vavolombelona Manokana Telo

Ny sasin-teny ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 17 dia manome andinin-tsoratra masina telo avy amin'ny Bokin'i Môrmôna miaraka amin'ny faminaniana fa ireo olona telo ireo dia ho vavolombelona manokana ho an'izany boky izany rehefa tonga ny fotoana hivoahan'izany amin'ny andro farany. Ity fizarana ity no fanambarana nomena ireo telolahy izay naniry ny ho vavolombelona. Ao anatin'izany dia nolazaina tamin'izy ireo ny zavatra tsy maintsy ataon'izy ireo mba hahafahan'izy ireo miomana hahazo izany vavolombelona manokana izany. Rehefa mamaky ianao, dia eritrereto ny fomba nanoroan'ny Tompo hevitra an'i David Whitmer, Martin Harris, ary Oliver Cowdery ka azo hampiharina amin'ny tenanao ihany koa raha toa ka mikatsaka ny hahazo na hampatanjaka ny fijoroanao ho vavolombelona amin'ny fahamarinan'ny Bokin'i Môrmôna sy ireo fahamarinana ara-panahy hafa ianao.

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 17

Talohan'ny (sasin-tenin'ny fizarana)—talohan'ny

Hotendrena(sasin-tenin'ny fizarana)—hofidiana

Mpanondro lalana mahagaga (and. 1)—Ny Liahona (jereo 1 Nefia 16:10, 28–29; Almà 37:38–42)

Haharesy (and. 8)—Ho mpandresy amin'ny

Fahasoavana (and. 8)—Tanjaka sy hery avy amin'Andriamanitra

Ampy (and. 8)—Ampy, araka izay ilaina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 17—Oviana ary tamin'ny Fomba Ahoana no Nahazoan'ireto Lehilahy Telo ireto ny Tenivavolombelona Nampanantenaina?

Ny tenivavolombelona nangatahin'ireto lehilahy ireto dia tonga taoriana kely nandraisana ny fizarana 17. Nandeha tao anaty alakely tsy lavitra ny fonenan-dry Whitmer nY Mpaminany Joseph Smith, David Whitmer, Oliver Cowdery, ary Martin Harris. Tao ireto lehilahy efatra ireto no nangataka ny fijoroana ho vavolombelona manokana tao anatin'ny vavaka nataon'izy ireo—kanefa tsy nisy na inona na inona nitranga. Farany, dia nangataka ny hiala i Martin Harris, satria nahatsapa izy fa tsy mendrika. Rehefa nandeha niala irery mba hangataka famelan-keloka izy, dia nandray ny fahitana mahatalanjona no sady nandre ny feon'Andriamanitra nijoro ho vavolombelona tamin'ny zavatra hitany ireo lehilahy telo tavela teo. Nandeha namonjy azy avy eo ny Mpaminany Joseph Smith mba hiara-hivavaka taminy, ary taorian'ny fotoana fohy, dia nandray izany fahitana izany ihany koa i Martin Harris. "Ny Tenivavolombelon'ireo Vavolombelona Telo," dia hita eo amin'ny pejy voalohandohan'ny Bokin'i Môrmôna, izay milazalaza ny zavatra niainan'izy ireo. Ny olona amin'ity taranaka ity dia ho tompon'andraikitra amin'ny tenivavolombelon'ireo vavolombelona ireo, ary izy ireo kosa dia tompon'andraikitra amin'ny vavolombelon'ny boky (jereo 2 Nefia 33:11–15; Etera 12:38–39).

Andro vitsy taorian'izany zavatra masina nitranga izany, dia nomena lalana ny Mpaminany Joseph Smith hampiseho ny takelaky ny Bokin'i Môrmôna tamin'ny lehilahy valo hafa. Na dia tsy nanana fahitana na naheno ny feon'Andriamanitra aza izy ireo, dia afaka nikasika ny takelaka. Ny fijoroan'izy ireo ho vavolombelona dia hita ihany koa ao amin'ny pejy fiandohan'ny Bokin'i Môrmôna.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 17:1—Inona moa ny "Saron-tratra"?

I Lucy Mack Smith, izay renin'ny Mpaminany, dia afaka nandinidinika ilay saron-tratra azon'i Joseph niaraka tamin'ilay takelaka (jereo Joseph Smith—tantara 1:35). Toy izao manaraka izao no famaritana nataony ao amin'ny filazalazana momba ny zanany:

"Voafono tao anaty lamba tavoahangy manify izany, izay tena manify tokoa ka nahatsapako mora foana ny ao anatiny.

"Milempona ny lafiny iray ary mivoitra kosa ny lafiny ilany, ary izany dia mitohy hatreny amin'ny tenda ka hatrany amin'ny ivon' ny kibon'ny lehilahy iray izay manana halehibe goavana. Misy fehy efatra mipetaka aminy, mba hahafahan'izany mipetaka tsara amin' ny tratra, ny roa amin'izany dia mihodina manodidina ny soroka, ary ny ambiny dia dia natao hanodidina ny valahina. Tahaka ny haben'ny ratsan-tanako roa izany (satria norefesiko izy ireo), ary misy lavaka eny amin'ny faran'izy ireo, mba hahafahana mamatotra izany" (*History of Joseph Smith,* ed. Preston Nibley [1958], 111).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 17:6—Ny Fijoroana ho Vavolombelon'ny Tompo momba ny Bokin'i Môrmôna

Ny Loholona Bruce R. McConkie, mpikambana tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia nampianatra hoe:

"Iray amin'ireo fianianana lehibe indrindra izay nomena ny olona no hita ao amin'ireto teny nataon'ny Tompo ireto izay mikasika an'i Joseph Smith sy ny Bokin'i Môrmôna. 'Nandika ny boky izy [izany hoe Joseph Smith], dia ilay ampahany izay efa nandidiako azy,'hoy ny Tompo, 'ary raha velona koa ny Tomponareo sy ny Andriamanitrareo dia marina izany.' (F&F 17:6.)

"Ity no fijoroana ho vavolombelon'Andriamanitra amin'ny Bokin'i Môrmôna. Ao anatin'izany dia manambara mihitsy Andriamanitra fa raha tsy arina izany dia tsy marina ny maha-Andriamanitra Azy. Na marina ity boky ity na Andriamanitra mitsahatra tsy ho Andriamanitra. Tsy misy teny ary tsy hisy mihitsy teny mafonja fantatry ny olona na andriamanitra mihoatra izany teny izany" (Conference Report, Apr. 1982, 50; na *Ensign,* Mey 1982, 33).

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny asa A rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 17 ianao.

A Ny Tenivavolombelon'Izy ireo sy ny Anao

1. Manaova tabilao araka izao manaraka izao ao amin'ny kahienao:

Ireo Vavolombelona Telo	Izaho
Inona no zavatra nilain'izy ireo mba hahazoany mandray ny tenivavolombelona niriain'izy ireo? (jereo F&F 17:1–2).	**Inona no zavatra tsy maintsy ataoko mba hampahatanjaka ny tenivavolombeloko, na ny fijoroako ho vavolombelona mikasika ny Bokin'i Môrmôna sy ireo fahamarinana ara-panahy hafa?**
Inona no nolazain'ny Tompo fa tsy maintsy ataon'izy ireo aorian'ny hahazoan'izy ireo izany tenivavolombelona manokana izany? (jereo and. 3, 5–6).	**Inona no zavatra andrasan'ny Tompo mba ataoko aorian'ny handraisako ny tenivavolombelona?**
Inona no nolazain'ny Tompo momba ny antony nanomezany azy ireo izany tenivavolombelona izany? (jereo and. 4, 8–9).	**Nahoana no tian'ny Tompo hanana ny fijoroana ho vavolombelon'ny Filazantsaran-ny sy ny Fiangonany aho?**
Inona no fampanantenana nomen'ny Tompo azy ireo momba ny dikan'ny tenivavolombelon'izy ireo? (jereo and. 7–9)	**Ahoana no hifandraisan'ny fijoroako ho vavolombelona amin'ny filazantsara amin'ny fampanantenan'ny Tompo ho an'ireo Vavolombelona Telo?**

2. Valio ny fanontaniana mahakasika ireo Vavolombelona Telo sy ireo zavatra nianaranao tao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 17.

3. Valio ireo fanontaniana hafa amin'ny alalan'ny fampiharana ireo soratra masina amin'ny tenanao. Azonao ampiasaina ihany koa ny Fanoroam-pejy sy ny Torolalana ho an'ny Soratra Masina mba ahitana ireo soratra masina izay manampy anao hamaly ireo fanontaniana ireo.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 18

Ny Asan'ny Apôstôly sy ny Hasarobidin'ny Fanahy

Ny fanambarana voarakitra ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 18 dia nomena manodidididina ny fotoana nanomezan'i Petera, Jakoba, sy Jaona ny Fisoronana Melkizedeka an'i Joseph Smith sy Oliver Cowdery. Ara-dalana tsara

ny nanendren'ny Apôstôlin'ny Tompo Jesoa Kristy azy ireo ho Apôstôly sy ho vavolombelona manokana ny Anarany ary hihazona ihany koa ny fanalahidin'ny fanjakana (jereo F&F 27:12–13). Na dia mbola tsy nantsoina tao anatin'ny enintaona taorian'izany aza ny Kôlejy Voalohan'ny Apôstôly, dia efa nanome torolalana momba ny Apôstôly sy ny mpikambana ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo amin'izao fotoampitantanantsika izao ny Tompo ao amin'ny fizarana 18. Rehefa mamaky ity fanambarana ity ianao, dia jereo tsara ny fotopampianarana sy ny fitsipika tsirairay izay vakianao fa hampianatra anao momba ny andraikitry ny Apôstôly amin'ny Fisoronana Melkizedeka amin'ny ankapobeny izany.

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 18

Nanolorana (sasin-tenin'ny fizarana)—nanome

Tsy haharesy (and. 5)—Handresy amin'ny

Ilaina (and. 18)—Ara-dalàna, irina

Mifanditra (and. 20)—Mifamaly, miady, mifanohitra

Fahononan-tena (and. 21)—Fahamatorana

Maha-tompon'andraikitra (and. 42)—tompon'andraikitra amin'ny asa ataony

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 18:20—"Ny Fiangonan'ny Devoly"

Ny "fiangonan'ny devoly" dia tsy manondro fiangonana iray fa manondro olona, na vondrona, na fikambanana, na firehan-kevitra izay miasa manohitra ny Fiangonan'i Jesoa Kristy sy ny famonjena ny zanak'Andriamanitra. Mazava ho azy fa mety ho hita ivelan'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany ny fahamarinana sy ny hatsarana, fa ny fahafenoan'ny filazantsara kosa dia ao amin'ny Fiangonana naverina tamin'ny laoniny ihany no hita, ary tena ilaina amin'ny famonjena irin'Andriamanitra ho an'ny zanany izany. Araka ny voalazan'ny Filoha Joseph Fielding Smith momba ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 18:20, hoe: "tsy maintsy takatsika fa ity dia torolalana nomena antsika mba hahafahantsika miady amin'ilay ratsy, izay manohitra ny marina sy ny fahamarinana" (*Church History and Modern Revelation,* 1:83).

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny asa A sy ny asa B ary D rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 18 ianao.

A Soratra Masina Fehezina—Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 18:10, 15–16

Eo amin'ny raharaham-barotr'izao tontolo izao, ny lanjan'ny zavatra iray dia voafaritry ny vidiny izay vonona haloan'ny olona iray. Mety afaka miteny ny olona iray hoe ity zavatra manokana ity dia manan-danja nohon'ny halafon'ny vidiny, kanefa tsy marina izany raha tsy misy olona iray hafa vonona ny handoa izany vidiny izany.

1. Halalino ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 18:10–13 ary hazavao ny vidiny naloa ho an'ny fanahintsika ary iza no nandoa izany.

2. Inona no teny afaka mamaritra ny fahatsapan'ny Tompo ho an'ireo izay mibebaka? Inona no zavatra lazain'izany aminao mikasika Azy?
3. Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 18:14, i Joseph Smith, Oliver Cowdery, ary David Whitmer (ary isika!) dia nodidiana mba "hitory fibebahana" ho an'ny olona. Avy amin'ny zavatra nianaranao tao amin'ny andininy 10–13, inona no azonao lazaina amin'ny olona iray izay manampy azy ireo hibebaka?
4. Vakio Almà 34:14–17. Inona no antony tsara iray mba hibebahana?
5. Vakio Almà 37:9. Inona no fomba iray hahafahan'ny olona mahafantatra amin'ny alalan'ny tenan'izy ireo mivantana fa marina ireo zavatra ireo?

B Tadiavo ireo Teny Manan-danja

Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 18:9, dia niteny tamin'i Oliver Cowdery sy David Whitmer ny Tompo "ho fandidiana."

1. Halalino ny andininy 9–21 ary tanisao ao anaty kahienao ny zavatra nandidiana azy ireo mba ho ataony. Tadiavo ireto teny manan-danja ireto mba hanampy anao hahafantatra ireo didy tsirairay: *olon-drehetra, tadidio, hitory, mangataka, manohana, mandray,* ary *miteny.*
2. Mifidiana telo amin'ireo didy ireo ary farito ny fomba hiharan'izany amin'ny tenanao koa.

D Efa Nandre ny Feon'i Kristy ve Ianao?

Ny soratra masina dia mijoro ho vavolombelona fa raha toa isika tsy mandre sy tsy mankatò ny feon'ny Tompo dia tsy ho voavonjy (jereo Almà 5:38–39; F&F 1:14).

1. Halalino ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 18:34–36 ary hazavao ny fomba hahafahanao "mahare" ny feon'ny Tompo isan'andro.
2. Ahoana no hanampian'izany anao hahafantatra ny anarana hiantsoana anao amin'ny andro farany, araka ny voalaza ao amin'ny andininy 24–25?

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 19

Didy ho an'i Martin Harris

Mba hahafahana mifampiraharaha amin'ingahy Egbert B. Grandin mpanatonta taratasy tao Palmyra mba hanontany ireo tahadikan'ny Bokin'i Môrmôna miisa 5000, dia nanome toky i Martin Harris fa handoa ny vidin'izany fanontana izany. Afaka nanao izany izy satria nanana fonenana mitombambidy mihoatra ny 3000 dôlara izay ilain'ilay mpanatonta. Kanefa talohan'ny fahavitan'ny fanontana, dia "nisy ireo vondron'olona izay nanatanteraka fivoriana ary nanapa-kevitra ny tsy hividy ilay boky rehefa mivoaka izany. Rehefa diso nitaintaina loatra i Grandin, dia niverina tany Palmyra i Joseph Smith ary nanome toky azy indray fa tsy maintsy ho voaloa ny sandan'izany fanontana izany. Nanatona ny Mpaminany ary nangataka fitarihana i Martin Harris, izay natahotra ny ho very toeram-piompiana raha toa ka tsy ho lafo ny Bokin'i Môrmôna. Tamin'ny alalan'ny fanambarana no nandidiana an'i Martin mba tsy 'hitsiriritra' ny fananany, fa 'hanome izany malalaka' amin'ny fandrakofana ny vidin'ny fanontana ny Bokin'i Môrmôna (jereo F&F 19:26). Iraika ambin'ny enimpolo hektara tamin'ny toeram-piompian'i Martin Harris no namidy natao lavanty an-kalamanjana tamin'ny Aprily 1831 mba handoavana ny volan'Andriamatoa Grandin. Izany fahafoizan-tena izany no nahafahana nanatonta printy ny Bokin'i Môrmôna" (Church History in the Fulness of Times, *65).*

Rehefa mamaky ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 19 ianao, dia eritrereto ny mety ho fiantraikan'ity fanambarana ity tamin'i Martin Harris sy ny nanampian'izany azy tamin' ny olana manokana nananany mba hijerena izany amin'ny endriny ankapobeny. Inona no fahafoizan-tena lehibe indrindra izay nangatahin'ny Tompo aminao amin'izao fotoana izao? Ataovy ao an-tsaina izany rehefa mamaky ity fanambarana ity ianao, ary jereo tsara ny fomba nampianaran'ny fitsipiky ny Tompo an'i Martin Harris hampihatra ny nangatahiny taminao ankehitriny—na amin'ny ho avy.

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 19

Alfa sy Omega (and. 1)—Ny litera voalohany sy farany amin'ny abidy Grika (fiantsoana an'i Jesoa Kristy, famaritana ny toetra rehetra henim-pitiavana nananany)

Mampanoa (and. 2)—Mahazo hery avy amin'ny

Mitana (and. 3)—Mihazona na mandray

Asany (and. 3)—Zavatra natao

Foanako (and. 5)—manala, mamerina

Hentitra (and. 7)—Mazava

Mety (and. 8)—Ara-dalàna

Hamely (and. 15)—Hanasazy

Mamaivay (and. 15)—Lehibe

Na inona na inona (and. 21)—Tsy misy

Hitsiriritra (and. 25–26)—Manana faniriana tia tena

Hanome (and. 26, 34)—Manome

Sisa tavela (and. 27)—Ambiny

Vaovao (and. 29)—Vaovao, hafatra

Tsy manebaka ireo mpanebaka (and. 30)—Tsy miteny ratsy ireo izay mpiteny ratsy

Fotopinoana (and. 31)—finoan'ireo karazam-pivavahana

Ampy (and. 32)—Antonony

An-tsirambina (and. 33)—Tsy tena mikarakara

Miresaha (and. 37)—Mampianara, Mamporisika

Mbamin'ny fahalavoana mifametra aminy (and. 38)—miaraka amin'ireo zavatra mety lo rehetra.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 19:4, 16–17—Na Mibebaka na Mijaly?

Amin'ny fijerena ny Almà 42:16 sy ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 19:16–17, ny Loholona Dallin H. Oaks, mpikambana ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia niteny hoe:

"Moa ve izany soratra masina izany midika hoe ireo olona izay mibebaka dia tsy tokony hijaly mihitsy satria ny famaizana rehetra dia efa noneran'ny Mpamonjy? Tsy afaka ho izay ny dikany satria mifanohitra amin'ny fampianaran'ny Mpamonjy hafa izany.

"Ny dikan'izany dia hoe ny olona izay mibebaka dia tsy mila mijaly 'na dia' nijaly ho an'izany fahotana izany aza ny Mpamonjy. Ny mpanota izay mibebaka dia hiaina fijaliana, kanefa, noho ny fibebahany sy noho ny Sorompanavotana, dia tsy hiaina ireo fijaliana 'mamaivay' izay niainan'ny Mpamonjy izy ireo" (*Sins, Crimes, and Atonement* [tori-teny ho an'ireo mpampianatra filazantsara, 7 Feb. 1992], 5).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 19:6–12—Famaizana Mandrakizay sy Tsy Misy Fiafarana

Ny Tompo dia nanambara amin'ny teniny hoe "famaizana tsy misy fiafarana" sy ny "famaizana mandrakizay" izay ohariny amin'ny karazana famaizana, mihoatra noho ny faharetan'ny famaizana. Ny famaizana tsy misy fiafarana sy ny famaizana mandrakizay dia "famaizan'Andriamanitra" (F&F 19:11–12).

Ny Mpaminany Joseph Smith dia nampianatra fa "arakaraka ny tsy hihainoan'ny olona ny didy, no tsy maintsy hanalavirany ny famonjena.

". . . Notefena ho an'ny rehetra ny famonjen'i Jesoa Kristy mba handresena ny devoly. . . . Hijaly ny rehetra raha tsy mankato an'i Kristy izy ireo "(*Teachings of the Prophet Joseph Smith,* nofantenan'i Joseph Fielding Smith [1976], 357). Arak'izany dia ho tapitra ny famaizana ny olon-drehetra afa-tsy ny an'ny zanaky ny fahaverezana, izay nandà mandrakizay ny hankato an'i Kristy (jereo F&F 76:33–44).

Na izany aza, araka ny nampianarin'ny Loholona James E. Talmage, mpikambana tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, hoe: "ny fanafahana avy amin'ny helo dia tsy midika ho fidirana any an-danitra" (*The Vitality of Mormonism* [1919], 256). Rehefa tapitra ny famaizana mandrakizay na tsy misy fiafarana —dia ny famaizan'Andriamanitra—ho an'ireo izay mandray izany dia handray ny toerany ao amin'ny fanjakam-boninahitra izy ireo. Hianatra bebe kokoa momba io fitsarana io ianao rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 76.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 19:15–19—Ny Fijalian'i Jesoa Kristy

Ny fijoroana ho vavolombelon'ny Mpamonjy ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 19:15–19 momba ny fijaliany ho an'ny olombelona rehetra dia manampy antsika hahatakatra kokoa izany ho an'ny tenantsika manokana. Ny Loholona Joseph Fielding Smith, mpikambana tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia niteny hoe: "Lasa fahazarantsika ny mieritreritra, raha araka ny fijeriko azy, fa ny tena fijaliana lehiben'ny [Mpamonjy] dia ny namantsihana ny tanany sy ny tongony teo ambony hazo fijaliana ary namelana Azy hijaly teo mandrapaha-fatiny. Izany fanaintainana faran'izay mampahory izany, dia tsy ilay fijaliana lehibe indrindra izay nozakainy, fa amin'ny fomba izay tsy takatro, kanefa ekeko araky ny finoana, ary tsy maintsy ekenareo ampinoana ihany koa, dia ny nitondrany tao an-damosiny ny entamavesatry ny otan'izao tontolo izao [tao Getsemane]. Ho ahy dia enta-mavesatra ny mitondra ny otako. . . . Mainka izany hoe hitondra ny otan'izao tontolo izao izany" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Ôkt. 1947, 147–48).

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny roa amin'ireto asa manaraka ireto (A–D) rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 19 ianao.

A "Mianara Amiko"

Nanasa anao ny Mpamonjy mba hianatra Aminy mba hahazoantsika fiadanana (F&F 19:23; Jereo koa Matio 11:29). Tanisao ao anaty kahienao ny zavatra nianaranao momba an'i Jesoa Kristy ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 19. Tadiavo ireo teny sy andian-teny izay mamaritra Azy ary mariho ny zavatra lazainy sy nolazainy ary ny antony. Mariho ihany koa ireo zavatra nianaranao momba ny fomba fampianarany sy ny fomba firesahany amintsika.

B Soratra Masina Fehezina—Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 19:16–19

1. Mifidiana teny telo izay eritreretinao fa manan-danja ao amin' ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 19:16–19 ary hazavao ny antony nifidiananao ny teny tsirairay avy.
2. Hazavao avy amin'ny zavatra nianaranao tao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 19:16–19, ary ihany koa 1 Nefia 19:9; 2 Nefia 9:21–22; Mosià 3:7–9; ary 3 Nefia 27:14–15 ny fijalian'i Jesosy sy ny antony nijaliany.
3. Raketo ao anaty kahienao ny sasany amin'ireo eritreritra sy ny fahatsapana azonao rehefa mandalina sy misaintsaina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 19:16–19 sy ireo soratra masina hafa amin'ity asa ity ianao.

D Katsaho ny Didy sy ny Fampaherezana

Nanatona an'i Joseph Smith i Martin Harris mba hitady fitarihana, ary dia nandray ity fanambarana ity ho azy ny Mpaminany (jereo ny fampidirana ny F&F 19 ao amin'ity torolalana ho an'ny mpianatra ity).

1. Manaova tsanganana roa ao anaty kahienao. Soraty hoe "Didy" eo amin'ny iray ary ny ilany hoe "Fampaherezana."
2. Avereno vakiana ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 19 ary tadiavo ny didy sy ireo teny mampahery. Soraty ao amin'ny tsanganana sahaza azy izany.
3. Mifidiana didy sy andian-teny mampahery izay nanaitra anao ary lazao ny antony nanaitra anao tamin'izany.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20

Ny Lalàmpanorenan'ny Fiangonana

Rehefa notsidihin'ny Ray sy ny Zanaka ny Mpaminany Joseph Smith tamin'ny 1820, dia nolazaina izy mba tsy handeha amin'ny fiangonana na aiza na aiza ary nomena ny "fampanantenana fa ny fahafenoan'ny Filazantsara dia ho hampahafantarina [azy] aoriana kely ao" (History of the Church, *4:536). Nanomboka nampahafantarina ny fahafenoan'ny filazantsara izy rehefa avy nandray sy nandika ny Bokin'i Môrmôna, nandray ny fahefana sy ireo fanalahidin'ny Fisoronana Aharôna sy Melkizedeka, ary nomena ireo torolalana hafa mifandraika amin'ny fanjakan'Andriamanitra amin'ny andro farany.*

Ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20 dia nantsoina tany amboalohany hoe "Ny Andininy sy ny Fanekempihavanan'ny Fiangonan'i Kristy" ary natao ho boky torolalana ho an'ny fandrindrana sy ny fitantanana ny Fiangonana. Matetika izany no novakiana iray manontolo nandritra ny fivorian'ny Fiangonana, miaraka amin'ny fizarana 22. Matetika izany no nampitahaina ho toy ny "Lalàmpanorenan'ny Fiangonana."

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20

Nanehoana (and. 5)—Nampahafantarina

Famelana (and. 5, 37)—Famelan-keloka

Zava-poana (and. 5)—Hadalana

Tarehiny (and. 6)—Endriny

Hamafisina (and. 10)—Hahazoana antoka

Nanarana ny nofo (and. 20)—Mifantoka kokoa amin'ny fahatsapana ara-nofo sy fahafinaretana

Mitataovovonana (and. 26)—Misasaka tsara

Fanamarinana (and. 30)—Hambara fa tsy meloka

Fahasoavana (and. 30–32)—Ny herin'Andriamanitra

Fanamasinana (and. 31)—Ny dingana amin'ny fahatongavana ho madio sy masina

Fo torotoro (and. 37)—Fo manetry tena feno fanenenana ny ota fahiny (na iza na iza nanatanteraka izany)

Fanahy manenina (and. 37)—Faniriana hankato an'Andriamanitra

Tandidona (and. 40)—Ohatra, zavatra maneho zavatra hafa iray

Manazava (and. 42, 46, 50, 59, 68)—Manazava amin'ny antsipirihany

Manentana (and. 42, 46, 50, 59)—Mamporisika, manandrana mitaona

Heloka (and. 54)—Fahotana, faharatsiana

Hita (and. 61, 81)—Izay mandrafitra

Nomena fahefana (and. 73)—Notondroina sy nomena ny fahefana

Hanamasina (and. 77, 79)—Manao azy ho masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:1—Nahoana no Fahaenina ny Volana Aprily?

Ny 6 Aprily 1830 no daty tena izy nomen'ny Tompo hanorenana indray ny Fiangonany. Ny Filoha Harold B. Lee dia nilaza ny tena lanjan'izany daty izany: "Ny 6 Aprily 1973 dia daty manana ny tantarany manokana satria tsy entina hankalazana fotsiny ihany ny tsingerintaona nananganana indray ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany amin'ity fotoampitantanana ity, fa entina ihany koa hankalazana ny tsingerintaona nahaterahan'ny Mpamonjy, ny Tompontsika, Jesoa Kristy" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Apr. 1973, 4; na *Ensign,* Jolay 1973, 2).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:9—Ny Bokin'i Môrmôna dia Mirakitra ny "Fahafenoan'ny Filazantsara"

Ny Filoha Ezra Taft Benson dia nampianatra fa rehefa miteny ny Tompo hoe ny Bokin'i Môrmôna dia mirakitra ny fahafenoan'ny filazantsara "dia tsy midika izany fa mirakitra ny fampianarana rehetra sy ny fotopampianarana rehetra izay nambara. Midika kosa anefa izany fa ao amin'ny Bokin'i Môrmôna no hahitana ny fahafenoan'ireo fotopampianarana izay takiana amin'ny famonjena antsika. Ary dia ampianarina amin'ny endriny feno sy tsotra izy ireny ka hatramin'ny zaza aza dia afaka ny hianatra ny lalana hahazoana famonjena sy fisandratana" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Ôkt. 1986, 4; na *Ensign*, Nôv. 1986, 6).



Hotsaraina araky ny fomba nahazoan'izy ireo ny soratra masina izao tontolo izao ary arak'ireo izay nijoro ho vavolombelona ny fahamarinan'izany (jereo F&F 20:8–15).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:27–28—Ny Ray, ny Zanaka, ary ny Fanahy Masina Dia "Andriamanitra Iray"

Andriamanitra Ray, ny Zanany, Jesoa Kristy, ary ny Fanahy Masina dia olona telo samihafa. Rehefa mampianatra ny soratra masina fa Andriamanitra iray izy ireo, izany dia mampiseho ny firaisankina ao amin'ny mpikamban'Ny Andriamanitra. Afaka miteny ho an'ny tsirairay izy ireo ary mijoro ho vavolombelona ho an'ny tsirairay amin'ny firaisankinan'izy ireo amin'ny tanjony sy ny fotopampianarany.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:38–60—Ahoana ny Momba ireo Anjara Fanompoan'ny Fiangonana izay Tsy voalaza Eto?

Ny Filoha Joseph Fielding Smith dia nampianatra ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20 fa ny Tompo dia nanambara fotsiny ihany ireo izay tena ilaina "ho amin'ny fitantanana ny Fiangonana tamin'ny fotoana nananganana izany" (*Church History and Modern Revelation*, 1:95). Taty amin'ny fanambarana aoriana dia mianatra isika momba ireo anjara fanompoana voalaza ao amin'ity fanambarana ity, miaraka amin'ireo hafa izay nampiana rehefa nihalehibe ny Fiangonana. Ny Tompo dia nitohy, ary mbola hitohy hanampy sy hanatsara ireo andraikitra sy anjara fanompoana ao amin'ny Fiangonany mba hanatratra ny zavatra ilain'ny fitomboan'ny mpikambana (jereo Fanekempinoana 1:9).

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny asa telo amin'ireto manaraka ireto (A–G) rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20 ianao.

A Ny Maha-Zava-dehibe ny Bokin'i Môrmôna

Tsy dia nahagaga ny nahita ny fifakalozan-kevitra momba ny maha-zava-dehibe ny Bokin'i Môrmôna ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20—ny "Lalàmpanorenan'ny Fiangonana." Ny Mpaminany Joseph Smith dia nilaza hoe: "Esory ny Bokin'i Môrmôna sy ireo fanambarana, dia aiza ny finoantsika? Tsy misy" (*Teachings of the Prophet Joseph Smith*, 71).

1. Tanisao ny zavatra nianaranao momba ny Bokin'i Môrmôna avy ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:8–16.
2. Tanisao ireo fotopampianarana izay "fantantsika" avy ao amin'ny andininy 17–36, noho ny fisian'ny Bokin'i Môrmôna. Mifidiana iray amin'ireo fotopampianarana ireo ary hazavao ny maha-zava-dehibe izany aminao.

B Ny Maha-Zava-dehibe ny Fotopampianarana Marina

Ny Loholona Boyd K. Packer, mpikambana ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, dia nampianatra fa "ny fotopampianarana marina, rehefa takatra tsara, dia manova ny toetra sy ny fomba fisainana" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Ôkt. 1986, 20; na *Ensign*, Nôv. 1986, 17). Ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:17–36 dia mitanisa ireo fotopampianarana izay manandanja lehibe ho an'ny Fiangonana naverina tamin'ny laoniny. Mifidiana roa amin'ireo fotopampianarana ireo ary hazavao ny fomba sy antony hahafahan'ny tsirairay avy amin'izany hanana fitaomam-panahy mahery vaika ho amin'ny tsara eo amin'ny fiainan'olona raha toa ka mahatakatra izany izy ireo.

D Tafa sy Dinika Alohan'ny Batisa

1. Tanisao ireo fanontaniana izay mety hanontaniana amin'ny olona iray maniry ny atao batisa araky ny ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:37. Tadidio fa ny mpikambana vaovao dia matetika manana traikefa kely amin' ny Fiangonana na ny soratra masina, ka soraty ireo fanontaniana mba hahazoan'ny olona mahatakatra ny zavatra lazainao.
2. Vakio ny Mosià 18:8–10 sy Môrônia 6:1–6, ary ampio ireo fanontaniana hafa izay mety mifanaraka amin'izany.

E Manaova Tabilao

1. Ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:38–60 dia mamaritra ireo andraikitry ny anjara fanompoana samihafa sy ny antso ao amin'ny Fiangonana. Manaova tabilao tahaka izao manaraka izao ao anaty kahienao ary fenoy izany amin'ireo zavatra fantatrao avy ao amin'ireo andininy.

Anjara Fanompoana na Antso	Adidy sy Andraikitra

2. Inona ireo fahalalana azonao avy amin'ireo fitanisana nataonao tao amin'ny tabilao?

F Manorata Fanontaniana miendrika Kilalaon-tsaina

Ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:61–84 dia mampianatra momba ny andraikitra sy adidin'ny mpikamban'ny Fiangonana.

1. Manorata fanontaniana 7—10 miendrika kilalaon-tsaina momba ny fitsipika manan-danja ao amin'io andininy io. Aorian'ny fanontaniana tsirairay, dia soraty ny valiny sy ny andininy ahitana ilay valiny.
2. *(Tsy voatery atao)* Manaova tahadikan'ny kilalaon-tsaina nataonao izay tsy misy ny valiny ary omeo ny olona ao amin'ny fianakavianao na mpianatra iray ao an-dakilasinao izany. Aoka ianao ho afaka manazava ny fanontaniana izay diso ny namaliana azy.

G Ampianaro amin'ny Ankizy izany

Alaivo sary an-tsaina hoe manome lesona fohy momba ny Fanasan'ny Tompo ao amin'ny Kilongan'ny paroasy na sampana misy anao ianao. Soraty ny zavatra izay ho ampianarinao azy ireo mba hanampy azy ireo hahatakatra bebe kokoa ny vavaky ny Fanasan'ny Tompo hita ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:77, 79. Manorata ihany koa momba ny fomba hahafahan'izy ireo mampisy dikany bebe kokoa ny Fanasan'ny Tompo. Raha toa ka azo atao, dia mizarà traikefa manan-danja izay nananao nandritra ny Fanasan'ny Tompo izay anisan'ny fijoroanao ho vavolombelona ho azy ireo. Aorian'ny fampisehanao ny lesona nomaninao amin'ny ray amandreninao sy mpampianatra mba hahazoana torohevitra avy amin'izy ireo, dia afaka manolo-tena hampianatra ity lesona ity ao amin'ny Kilonga ianao.

Ho fanehoana fankatoavana ny fanambarana izay voarain'ny Mpaminany Joseph Smith momba ny andro hananganana ny Fiangonana (jereo sasin-teny sy ny andininy 1 ao amin'ny F&F 20), dia niangona tao amin'ny tokatranon'i Whitmer ireo rehetra izay liana tamin'ny 6 Aprily 1830. Ny lalàna ara-panjakana nisy tamin'izany dia nitaky farafahakeliny olona telo, ary tsy mihoatra ny sivy, ho mpandray anjara amin'ny fananganana fikambanam-pivavahana vaovao. Ireo lehilahy enina nandray anjara na dia maro aza no olona nanatrika tao dia Joseph Smith Zanany, Oliver Cowdery, Hyrum Smith, Samuel Smith, Peter Whitmer Zanany, and David Whitmer.

Hita ao amin'ny sasintenin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 21 ny famintinana fohy ny zavaniseho nandritra ny fivoriana. Nandritra io fivoriana io, dia nandray fanambarana ny Mpaminany izay hita ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 21.

Ao amin'ny iray amin'ireo fihirana fanta-dazan'ny Fiangonana dia mihira toy izao isika, "Misaotra Anao noho ny Mpaminany" (Fihirana sy Hiran'ny Ankizy, p. 72). Fa nahoana isika no misaotra? Ny fizarana 21 dia manome antsika ny antony lehibe izay mahatonga antsika hisaotra, miaraka amin'ireo torohevitra manan-danja hafa.

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 21

Niraisana (sasin-teny)—Manaiky ny rehetra, tsy nisy nanohitra

Mpahita (and. 1)—Olona iray afaka mahafantatra ny lasa, ny ankehitriny, ary ny ho avy (jereo Mosià 8:13–17; Mosesy 6:35–36)

Hampihahaka (and. 6)—Hanaparitaka

Ataoko fa ilaina (and. 10)—Ny faniriako

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 21:5–6—Fitahiana azo avy amin'ny Fanarahana ny Mpaminany

Hoy ny Filoha Harold B. Lee hoe:

"Manana toerana kely andehanana isika alohan'ny hahatontosan'ny Tompo ny tanjon'ity Fiangonana ity sy ity izao tontolo izao ity amin'ity fotoampitantanana ity, izay fotoampitantanana farany, izay hiomanana amin'ny fitsenana ny fiavian'ny Tompo. Naverina tamin'ny laoniny ny filazantsara mba hanomanana ny olona ho vonona amin'ny fandraisana azy. Hitombo ny herin'i Satana; ary efa hitantsika ny porofo mivaingana hasehon'izany amin'ny tranga rehetra. . . .

"Amin'izao fotoana izao dia ny hany fiarovana hananantsika mpikamban'ity fiangonana ity amin'izao fotoana izao dia ny fanatanterahana an-tsakany sy an-davany izay lazain'ny Tompo amin'ny Fiangonana tamin'izany andro nananganana ny

Fiangonana izany. Tsy maintsy mianatra mihaino ny teny sy ny didy izay homen'ny Tompo amin'ny alalan'ny mpaminaniny isika. . . . Mety tsy ho tianao ireo zavatra lazain'ny manapahefan'ny Fiangonana. Mety mifanohitra amin'ny fomba fijerinao ara-pôlitika izany. Mety mifanohitra amin'ny fomba fijerinao eo anivon'ny fiaraha-monina izany. Mety manelingelina ny zavatra sasany eo amin'ny fiainanao andavanandro izany. . .

". . . Ny fiarovana anao sy ny anay dia miankina amin'ny fanarahana na tsia ilay iray izay napetraky ny Tompo mba hiahy ny fiangonany. Fantany izay tiany hiahy eo amin'ny fiangonany, ary tsy hanao fahadisoana mihitsy izy. . . .

"Ndeha isika hifantoka amin'ny Filohan'ny Fiangonana" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Ôkt. 1970, 152–53).

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny asa A na B rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 21 ianao.

A Farito ny Andraikitry ny Mpaminany

Alaivo sary an-tsaina hoe manambatra lahatsoratra ao amin'ny gazety ianao momba ny Mpaminany Joseph Smith. Ary nanontany anao ny mpampanonta ny gazetinao hamaritra ny andraikitr'i Joseph Smith ao amin'ny Fiangonana. Ampiasao ireo fiantsoana azy miisa dimy izay nambaran'ny Tompo ao amin' ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 21:1 mba ho sasin-tenin'izany lahatsoratra izany, ary ho famaritana ny dikany tsirairay sy ny fomba nanatanterahan'ny Mpaminany izany andraikitra izany. Afaka mampiasa ny Torolalana ho an'ny Soratra Masina ianao hanampy anao hamaritra ireo teny ireo. Ireo fiantsoana ireo dia mihatra amin'ny mpaminany velona ankehitriny ihany koa.

B Fa nahoana no Manaraka ny Mpaminany?

Valio avy amin'ny alalan'ny torolalan'ny Tompo ho an'ny Fiangonana ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 21:4–9 ireto fanontaniana manaraka ireto:

1. Inona no tenin'ny mpaminany izay nodidiana mba horaisintsika? (jereo and. 4–5).
2. Mitanisà farafahakeliny toerana telo izay hahafahanao mahita ny tenin'ny mpaminany velona.
3. Nahoana araka ny eritreritrao no mitaky "faharetana sy finoana" (and. 5) ny fanarahana ny mpaminany?
4. Manomeza ohatra amin'ny fotoana izay nanarahanao, na nanarahan'ny olona iray fantatrao na namakianao mikasika ny olona iray, izay nanaraka ny fampianaran'ny mpaminany ary nandray ny iray amin'ireo fitahiana voalaza ao amin'ny andininy 6.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 22

Ilaina ny Fahefana Hanatanterahana ny Batisa

Misy ireo olona no mino fa ny fanatanterahana ny ôrdônansin' ny batisa ihany no tena ilaina atao dia ho eken'Andriamanitra izany. Ny Tompo anefa dia nitaky fa ny batisa dia tanterahin'ny iray izay "antsoin'Andriamanitra ary manana ny fahefana avy amin'i Jesoa Kristy" (F&F 20:73). Rehefa mamaky ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 22 ianao, dia tadiavo ny antony tsy haneken'ny Tompo ny batisa raha tanterahin'ireo izay nomeny izany fahefam-pisoronana izany ihany.

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 22

Noho ireo (sasin-tenin'ny fizarana)—Vokatr'ireo

Tsy mahasoa azy (and. 2)—Tsy mahatsara azy

Ety (and. 2)—Tery

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 22:2—Ny "Laläàn'i Mosesy" sy ny "Asa Maty"

Ny laläàn'i Mosesy dia fanatanterahana ny ôrdônansy sy ny fombafomba masina izay nambara tamin'ny alalan'ny mpaminany Mosesy ho an'ny zanak'i Isiraely (jereo Torolalana ho an'ny Soratra Masina, "laläàn'i Mosesy," p. 159). Izany "fanekempihavanana taloha izany" (F&F 22:1) dia tapitra niaraka tamin'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy (jereo 3 Nefia 15:3–9).

Ny batisa araka ny tokony ho izy dia manorina "fanekempihavanana vaovao sy mandrakizay" (F&F 22:1; jereo koa F&F 20:37) amin' Andriamanitra sy olona iray. Ny batisa tsy tanterahina amin'ny alalan'ny fahefana dia "asa maty" satria tsy misy fanekempihavanana natao.

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny asa A rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 22 ianao.

A Hazavao ny Fotopampianarana

Ndeha atao hoe manana namana izay maniry ny ho mpikamban'ny Fiangonana ianao saingy tsy azony ny tena ilaina ny batisa satria izy dia efa natao batisa tany amin'ny fiangonana hafa. Avy amin'ny fampiasana ny zavatra nianaranao tao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 22 (jereo koa F&F 20:37, 72–74), dia soraty ny teny mety holazainao izay hanampy ny namanao hahatakatra ny antony itakian'ny Tompo azy atao batisa amin'ny alalan'ny olona iray izay manana ny fahefan'ny fisoronana naverina tamin'ny laoniny.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 23

"Tsy eo Ambany Fanamelohana



Oliver Cowdery

Hyrum Smith

Samuel Smith

Joseph Smith Rainy

Joseph Knight Rainy

Nandritra ny voalohandohan'ny fotoana teo amin'ny tantaran'ny Fiangonana, dia nisy rahalahy dimy nanatona ny Mpaminany Joseph Smith mba hahazo fanambarana manokana ho an'ny tenany amin'ny zavatra tokony ataon'izy ireo. Na dia misy hitovizany aza ny torolalana nomena ny tsirairay, dia jereo tsara ireo fiavahana manan-danja amin'izany.

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 23

Fanamelohana (and. 1, 3–5)—Fanambarana fa meloka

Fanentanana (and. 3)—Fitoriana, fampaherezana

Hatramin'izao (and. 2)—Manomboka izao

Maneho (and. 6)—Mampiseho

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 23:1—"Oliver, . . . Tandremo ny Fiavonavonana"

Nilaza ny Filoha James E. Faust, mpanolotsaina tao amin'ny Fiadidiana Voalohany, taorian'ny namakiany ny fampitandremana ho an'i Oliver Cowdery tao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 23:1, hoe:

"I Oliver dia nanana faharanitan-tsaina lehibe sy nankafy ireo fitahiana ara-panahy mahatalanjona. Na izany aza, dia nisy fotoana izay nanadinoany ny fampitandreman'ny Tompo, ary nilatsaka tao am-pony ny avonavona. Taty aoriana i Brigham Young dia niteny momba io avonavona io:

" 'Efa nahita ireo lehilan'ity fanjakana ity, izay tena nieritreritra fa raha tsy mpikamban'ny fiangonana izy ireo dia tsy handroso izany. Lehilahy iray izay indrindra indrindra, no tonga ato antsaiko, . . . izay tena nahazo ny fanomezam-pahasoavana amin'ny fizakan-tena sy fahaiza-manao amin'ny ankapobeny. Niteny imbetsaka tamin'ny Mpaminany Joseph izy ary nilaza fa raha toa ka handao ity fanjakana ity izy dia, tsy ho afaka ny hiroborobo izany. I Oliver Cowdery no tiako horesahana. Niala tamin'izany izy, kanefa dia nandroso hatrany izany, nandresy hatrany manoloana ireo fahavalony, ary nanala tamim-pahalianana ireo rehetra nisarangotra taminy' (in *Journal of Discourses*, 11:252)" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Apr. 1996, 4; na *Ensign*, Mey 1996, 5–6).

Folo taona taorian'ny nialan'i Oliver Cowdery ny Fiangonana, dia niverina izy ary natao batisa indray, kanefa dia namery ireo fitahiana izay tokony ho azony izy raha nijanona ho mahatoky hatrany (jereo "Ireo Olona sy Zava-mitranga ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana," pp. 268).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 23:6—Inona no Dikan'ny Hoe "Mitondra ny Hazofijalianao Ianao"?

Ny Tompo dia nilaza fa "ho an' ny olona, ny mitondra ny hazofijaliany dia ny mandà amin' ny tenany ny toetra tsy araka an' Andriamanitra rehetra mbamin' ny filandratsin'izao tontolo izao rehetra ary ny mitandrina ny didiko" (DJS, Matio 16:26).

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny asa A rehefa mandalina ny study Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 23 ianao.

A Ampitahao ny Torolalana

Avereno vakiana ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 23 ary valio ireto fanontaniana manaraka ireto:

1. Iza no nampitandremana tamin'ny fiavonavonana? Inona no zavatra nianaranao tao amin'ny fizarana "Fahatakarana ny Soratra Masina" izay mampiseho fa nilaina izany torolalana izany?
2. Inona no tsy mampitovy amin'ny toe-pon'i Oliver Cowdery sy Hyrum Smith?
3. Tamin'ireo lehilahy dimy izay nomena ity fanambarana ity, dia i Joseph Knight Rainy irery ihany no tsy mbola natao batisa. Inona no zavatra nolazain'ny Tompo azy izay tsy azony hambara amin'ny hafa? Inona no zavatra nolazain'ny Tompo tamin'ny hafa izay tsy nolazaina tamin'i Joseph Knight?
4. Inona no "valisoan'ny mpiasa" (and. 7)? (jereo F&F 4:2–4).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 24

Andraikitry ny Mpitarika amin'ny Fiangonana

Tamin'ny volana Jolay 1830 dia telo fotsiny ihany ny sampana teo amin'ny Fiangonana: Manchester, Fayette, ary Colesville. Nosamborina tao Colesville ny Mpaminany Joseph Smith vokatry ny fiampangana diso nataon'ireo fahavalony. Afaka madiodio izy, saingy nitohy hatrany ny fanenjehana izay nampikorontana ireo mpitarika ny Fiangonana. Rehefa mamaky ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 24 ianao, dia tadiavo ireo zavatra nasain'ny Tompo nataon'i Joseph Smith sy Oliver Cowdery ho an'ny mpikamban'ny Fiangonana ary ny ataon'ny mpikamban'ny Fiangonana ho an'ny mpitarika.

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 24

Fitokana-monina (sasintenin'ny fizarana)—Miala lavitra ireo toerana misy ny fanenjehana

Namafy (and. 3)—Mamboly voa

Ara-batana (and. 3)—Ara-nofo

Famelabelarana (and. 5)—Fanazavana

Hatanjaka (and. 9)—Hahery

Feon'ny trompetra (and. 12)—Am-pasahiana, mazava tsara

Hamelezana, hamely (and. 16)—Hosaziana

Hitondra anao eo anoloan' ny lalàna (and. 17)—Hanameloka anao amin'ny zavatra diso

Kitapom-batsy (and. 18)—Kitapo fitondran'ny mpandehandeha

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 24:3, 9—"Andriano ny Anjara Fanompoanao"

Ny Filoha Thomas S. Monson, mpanolotsaina tao amin'ny Fiadidiana Voalohany dia nilaza hoe: "Inona no dikan'ny hoe manandriana ny antso? Ny dikan'izany dia hoe manorina sy mandray izany ho zava-dehibe, manome izany toerana ambony mba ho deraina eo imason'ny olon-drehetra, manitatra sy mampiroborobo izany, mampamirapitra izany amin'ny alalan'ny hazavan'ny lanitra mba ho hitan'ny olona hafa. Ary amin'ny fomba ahoana no hanandrianan'ny olona iray ny antsony? Amin'ny alalan'ny fanatanterahana ny asa fanompoana mifandraika amin'izany. Manandriana ny antso nanendrena azy ny loholona iray rehefa mianatra ny andraikiny amin'ny maha-loholona azy ary manatanteraka izany. Toy izay an'ny loholona izay, dia mitovy amin'izany ihany koa ny an'ny diakona, mpampianatra, mpisorona, eveka, ary ireo rehetra mihazona ny anjara fanompoana ao amin'ny fisoronana" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Apr. 1986, 49; na *Ensign,* Mey 1986, 38–39).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 24:15—"Fanintsanana ny Vovoka Hiala amin' ny Tongotrareo"

Ny Loholona James E. Talmage, mpikambana tao amin'ny Kôlejin' ny Apôstôly Roambinifolo, dia nampianatra hoe: "Ny fanintsanana ny vovoka hiala amin' ny tongotra ho vavolombelona hiampangana ny hafa dia fomba fanaon'ireo Jiosy izay manamarika ny fitsaharan'ny fiarahana sy fialanana amin'ny andraikitra rehetra amin'ireo mety ho vokatr'izany. Ary dia lasa ôrdônansin'ny fanamelohana sy fijoroana ho vavolombelona izany tamin'ny alalan'ny torolalana nomen'ny Tompo ireo Apôstôliny araka izay voalaza ao amin'ny lahatsoratra. Tamin'izany fotoampitantanana izany, dia nanome fitarihana mitovy amin'izany tamin'ny mpanompony izay nahazo lalana avy taminy ny Tompo hijoro vavolombelona amin'ireo izay manohitra an-kitsirano ny fahamarinana izay efa naseho tamin'ny alalan'ny fahefana (jereo F&F 24:15; 60:15; 75:20; 84:92; 99:4). Ny andraikitra amin'ny fijoroana ho vavolombelona eo anoloan'ny Tompo amin'ity fomba fanamelohana ity dia lehibe loatra ka tsy maintsy amin'ny toe-javatra tsy dia mahazatra sy mitaky fepetra marobe, araka izay hitarihan'ny Fanahin'ny Tompo, vao azo ampiasaina izany" (*Jesus the Christ* [1962], 320).

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny asa A na B rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 24 ianao.

A Ny Andraikitry ny Mpaminany

1. Manaova tsanganana roa ao amin'ny kahienao. Soraty hoe "Ny Mpaminany" eo amin'ny iray ary ny iray hafa hoe "Ny Mpikambana." Tanisao eo ambanin'ny lohateny tsirairay avy, ny andraikitry ny mpaminany sy ny mpikambana avy amin'ny zavatra nianaranao tao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 24:5–9.
2. Hazavao ery amin'ny faran'ny lisitra eo amin'ny tsanganana "Ny Mpaminany," ny zavatra ataon'ireo mpaminany amin'izao

fotoana izao mba hanatanterahany ireo andraikitra ireo. Hazavao ery amin'ny faran'ny lisitra eo amin'ny tsanganana "Ny Mpikambana," ny zavatra ataonao mba hanatanterahana ny andraikitrao.

B Fintino ny Torolalan'ny Tompo

Fintino ny torolalan'ny Tompo ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 24:

1. Ho an'i Joseph Smith (jereo and. 1–9).
2. Ho an'i Oliver Cowdery (jereo and. 10–12).
3. Mikasika ny fahagagana (jereo and. 13–14).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 25

Emma Smith— Ilay Vehivavy Nofinidy

Liz Lemon Swindle

Efa nanambady an'i Emma nandritra ny telo taona ny Mpaminany Joseph Smith raha nahazo ny fanambarana hita ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 25. Nandritra izany telo telo izany, 1827–30, no nitrangan'ireo fotoana nanahirana sy sarotra indrindra. Na izany aza anefa dia nitsangana hatrany teo akaikin'ny vadiny ary nanohana azy am-pahatokiana foana i Emma Smith. Ny ampahany amin'ity fanambarana ity dia tanteraka roa ambin'ny folo taona taty aoriana rehefa nantsoina ho Filohan'ny Fikambanana Ifanampiana izy tamin'ny 17 Martsa 1842 (jereo History of the Church, *4:552–53).*

Nandritra ny fivoriamben'ny vehivavy dia hoy ny Filoha Gordon B. Hinckley hoe: "Raha araka ny fahafantarako azy, ity irery ihany no fanambarana manokana nomena ny vehivavy, ary amin'ny famaranana izany dia hoy ny Tompo hoe: 'Izany no feoko ho an'ny rehetra' (F&F 25:16). Noho izany ny torolalana nomen'ny Tompo tamin'ity fotoana ity dia natao ho anareo tsirairay avy ihany koa" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Ôkt. 1984, 109; na Ensign, Nôv. 1984, 90).

Telo volana taorian'ny nitsanganan'ny Fiangonana dia nantsoin'ny Tompo i Emma mba "hifantina ireo hira masina, . . . izay ankasitrahako" (F&F 25:11). Ny fihirana natambany dia navoaka tamin'ny taona 1835. Ary nanomboka tamin'izay dia fihiran'ny Andro Farany izany, izay mirakitra ireo hira nosoratan'ny Olomasin'ny Andro Farany sy ireo fampiasa any amin'ny fiangonana hafa.



Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 25

Nofinidy (and. 3)—Voafidy

Mampahery (and. 5)—Mampionona

Hamelabelatra (and. 7)—Manazava

Hanentana (and. 7)—Hampahery

Mifikira (and. 13)—Mihazona

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 25:7—Inona no dikan'ny hoe "Natokana" i Emma?
Ny Filoha Joseph Fielding Smith dia nanazava hoe: "Ny teny hoe 'atokana' dia nampiasaina amin'ny ankapobeny tamin'ny andro niandohan'ny Fiangonana nentina nilazana ny fanendrena sy ny fanokanana, ary tena izay ihany koa no dikan'ny teny. Ny lehilahy mihazona ny fisoronana dia nolazaina fa 'natokana' mba hiahy amin'ny sampana sy hanatanteraka asa manokana. Ny rahavavy ihany koa dia nolazaina fa avy 'natokana' rehefa avy nantsoina tamin'ny andraikitra manokana na asa izy ireo. Taona maro taty aoriana, dia nanomboka niavaka tsikelikely ny fanokanana amin'ny fanendrena. Ny lehilahy dia natokana amin'ny anjara fanompoana ao amin'ny fisoronana ary tendrena hiahy ny tsatòka, paroasy, sampana, misiôna, ary ireo fikambanana vondrona fanampiny. Ny rahavavy dia tendrena—fa tsy hatokana—amin'ny maha-Filohan'ny fikambanana vondrona fanampiny, ho amin'ny misiôna azy, sns. Ny fitenenana fa i Emma Smith dia 'natokana' raha velabelarina ny soratra masina, dia tsy midika fa nomena ny fisoronana izy, fa kosa notendrena tamin'ny antsony, izay entina hanatanterahana ny adraikitra ao amin'ny Fikambanana Ifanampiana ao amin'ny Fiangonana" (*Church History and Modern Revelation,* 1:126).

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny asa A sy B rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 25 ianao.

A Didy sy Fampanantenana

1. Manaova tsanganana roa ao amin'ny kahienao. Soraty hoe "Didy na Antso" eo amin'ny ilany iray ary ny iray hafa hoe "Fitahiana na fampanantenana." Tadiavo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 25 ary tanisao ao amin'ny tsanganana ny zavatra nolazain'ny Tompo tamin'i Emma Smith.
2. Misafidiana iray amin'ireo didy sy iray amin'ireo fitahiana izay miantraika aminao ihany koa ary hazavao ny fomba

hitandrovanao izany didy izany sy ny antony hitiavanao izany fitahiana izany.

B Soratra Masina Fehezina—Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 25:12

Vakio ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 25:12 ary valio ireto fanontaniana manaraka ireto:

1. Inona araka ny eritreritrao no tian'ny Tompo lazaina amin'ny hoe "hiran'ny fo"?
2. Ahoana no hitovian'ny hira marina sy ny vavaka?
3. Karazana hira toy inona araka ny eritreritrao no tsy "maharavoravo" ny Tompo?
4. Vakio ity lahatsoratra manaraka ity ary soraty ny zavatra azonao atao eo amin'ny fiainanao manokana mba handrakofanao ny fiainanao amin'ny mozika mendrika:

"Afaka mampanatona anao akaikikaiky kokoa ny Rainao any an-danitra ny mozika. Afaka mampianatra, manamafy orina, mitaona fanahy ary ho iray amin'ny Fanahy izany. Afaka manimba ny fahatsapana ara-panahy koa anefa izany vokatry ny firindrany, fidobodobony, ny hamafiny ary ny tonony. Tsy afaka ny hameno ny sainao amin'ny mozika tsy mendrika ianao. Ny mozika dia ampahany manan-danja sy mahery vaika eo amin'ny fiainantsika. Tsy maintsy mitandrina ianao amin'ny fahazaranao mihaino am-pisaintsainana sy amim-bavaka. Mila mahafehy tena ianao amin'ny fahazaranao mihaino ary mitsoaka ireo mozika izay mandratra ara-panahy. Aza mihaino mozika izay mirakitra ireo hevitra mifanohitra amin'ny fitsipiky ny filazantsara. Aza mihaino ireo mozika izay mamporisika hanatona an'i Satana na mampanao ireo fanaon'ilay ratsy, mamporisika ny tsy fahadiovam-pitondratena, mampiasa fiteny ratsy sy mandratra, na mampitsoaka ny Fanahy Masina. Lanjalanjao am-pahalinana sy amim-pahamatorana ny fisafidianana ny mozika horenesinao ary ny hamafin'ny feon'izany" (*For the Strength of Youth* [pamphlet, 1990], 13–14).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 26

Ny Lalàn'ny Faneken'ny Rehetra

Efa mba noeritreretinao ve ny dikan'ny fananganana tanana ao am-piangonana mba hanohananao olona iray amin'ny antso ao amin'ny paroasy na sampana misy anao? Mitovy amin'ny fifidianana tsangan-tanana ve izany? Mety ho tampoka aminao ve ny mahafantatra fa mampanantena fa hanao zavatra ianao?

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 26

Hampaherezana (and. 1)—Hampatanjahana

Lahasa amin'ny tany (and. 1)—Mamboly

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 26:2—Inona no Dikan'ny hoe "Faneken'ny Rehetra"?

Tamin'ny fanambarana teo aloha dia niteny ny Tompo hoe: "Tsy misy olona tokony hatokana ho amin' izay mety ho anjara fanompoana ao amin' ity fiangonana ity, eo amin' izay misy sampana miorina ara-dalàna, raha tsy nandalo ny fifidianana tao amin' ilay fiangonana" (F&F 20:65). Ny fitsipiky ny fitakiana ireo ôrdônansy rehetra sy ireo antso mba ho tohanan'ireo mpikamban'ny Fiangonana dia lasa lalàn'ny faneken'ny rehetra (jereo F&F 26:2). Ny Loholona Mark E. Petersen, izay mpikambana tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo raha niresaka momba ny lalàn'ny faneken'ny rehetra dia nanazava hoe: "Izany fitsipika izany dia manala ireo mpanompo sampy amin'ny endriny rehetra, ireo mpampianatra diso sy ireo mpitarika diso amin'ny endriny rehetra, ary mampahafantatra amin'ny olon'ny Tompo fa tsy misy afa-tsy feo iray ihany izay mitarika amin'ny mazava tsara ao amin'ny Fiangonana, ary izany dia ny feon'ny mpaminany, mpahita ary mpanambara izay nofinidy tamin'ny alalan'ny fanambarana ary nekena tamin'ny alalan'ny tsangan-tanan'ireo olona mandritra ny Fihaonamben'ny Fiangonana" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe. 1974, 82; na *Ensign*, Mey 1974, 56).

Ny Loholona Jeffrey R. Holland, mpikambana ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, dia nilaza ny maha-zava-dehibe izany fanohanana izany ho an'ny mpitondra ny Fiangonana: "Izaho manokana dia misaotra anareo amin'ny fanohananareo ny mpitondra anareo, na manao ahoana na manao ahoana ny fetran'ny fahatakaran'izy ireo. Izao maraina izao, tamin'ny lalàn'ny faneken'ny rehetra, dia nanolo-tena ianareo hiaro—na ara-bakiteny hoe 'mihazona'—ireo mpitondra mpiahy ny fanjakana, ireo izay mihazona ireo fanalahidy sy andraikitra amin'ny asa, fa tsy olona iray mikatsaka izany toerana izany na mahatsapa fa afaka manao izany andraikitra izany. Ary na dia ny anaran'i Jeffrey Holland aza no atolotra farany sy ho bitika indrindra amin'ireo fanokanana vaovao ho atao, dia nanangana ny sandrinareo am-pitiavana ianareo. Ary dia hoy ianareo amin'ny Rahalahy Holland izay ao anatin'ny ranomasony sy ny tsy fahitany tory amin'ny alina hoe: 'Afaka miankina aminay ianao. Miankina aminay izay avy aty Omaha sy Ontario ary Osaka, izay olona mbola tsy nahita anao velively na mahafantatra anao na dia kely aza. Kanefa ianao dia iray amin'ireo "Rahalahy," koa dia tsy mba vahiny sy mpivahiny intsony hianareo fa mpiray fanjakana amin'ny ankohonan'Andriamanitra. Ho entinay am-bavaka ao amin'ny fianakavianay ianao, ary dia

hahazo toeranao ao am-ponay ianao. Ny tanjakay no ho tanjakao. Ny finoanay no hanorina ny finoanao. Ny asanao no ho asanay' "(tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Ôkt. 1994, 41–42; na *Ensign,* Nôv. 1994, 32).

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny asa A rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 26 ianao.

A Fitahiana sy Andraikitra

Hazavao ny maha-fitahiana ho anao ny laläan'ny faneken'ny rehetra avy amin'ny famakianao ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 26 sy ny fizarana "Fahatakarana ny Soratra Masina". Hazavao ihany koa ny andraikitrao rehefa manangana ny tananao maneho fanohanana ianao.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 27

Ny Fanasan'ny Tompo amin'ny Andro Farany

Fa nahoana isika no mampiasa rano mandritra ny Fanasan'ny Tompo fa tsy divay, tahaka ny fanao taloha sy tamin'ny fiandohan'ny Fiangonana naverina tamin'ny laoniny? Fantatrao ve fa hisy Fanasan'ny Tompo manokana amin'ny fotoana Fiavian'i Jesoa Kristy Fanindroany indray? Iza no ho eo? Jereo ny valin'ireo fanontaniana ireo eo ampamakianao ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 27.

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 27

Nandray (sasin-tenin'ny fizarana)—Mahazo

Mailaka (and. 1)—Velona

Zava-pisotro mahery (and. 3)—Zava-pisotro misy alikaola

Sikino ny valahinareo (and. 15)—Izany dia midika ara-bakiteny ny hamatoranao ny akanjonao amin'ny fehikibonao mba hahafahan'ny tongotrao mihazakazaka. Izany dia tandindon'ny fahavononana.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 27:5—Inona no atao hoe "Rakitsoratry ny Tapa-kazon'i Efraima," izay nohazonin'i Môrônia ny "Fanalahidiny"?

Ny Tompo dia nilaza tamin'i Ezekiela momba ny boky anankiroa. Ny firaketana iray dia rakitsoratra "ho an'i Joda sy ho an'ny zanak'i Isiraely namany," izay nantsoina hoe "tapa-kazon'i Joda" (Ezekiela 37:16, 19). Ny firaiketana hafa dia rakitsoratra "ho an'i Josefa dia ny tapa-kazon'i Efraima sy ho an'ny taranak'i Isiraely namany rehetra" (and. 16). Ny Jiosy dia taranak'i Joda sy ireo foko hafa avy amin'ny fanjakan'i Joda (jereo Torolalana ho an'ny Soratra Masina, "Jiosy," p. 149), ary ny firaiketan'izy ireo dia ny Baiboly. Taranak'i Josefa izay namidy tany Egypta i Lehia sy ny fianakaviany, ary ny firaiketan'ny taranak'izy ireo, sy izay rehetra niaraka tamin'izy ireo, dia ny Bokin'i Môrmôna. I Môrônia no mpaminany farany sy mpihazona ny firaiketana ao amin'ny Bokin'i Môrmôna ary nandevina izany takelaka izany tao amin'ny tendrombohitra Kômôrà (jereo Joseph Smith—Tantara 1:33–34).

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny roa amin'ireto asa manaraka ireto (A–D) rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 27 ianao.

A Inona no Manan-danja?

1. Halalino ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 27:1–4 ary tanisao ny manan-danja sy ny tsy manan-danja rehefa mandray ny fanasan'ny Tompo.
2. Inona no fiomanana izay tokony ataonao mba hahafahanao mandray tsara ny Fanasan'ny Tompo isan-kerinandro?

B Manaova Lisitra

Ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 27:5–14 dia mampiseho ny fivoriana lehiben'ny Fanasan'ny Tompo izay hiseho aloha kelin'ny Fihavian'i Jesoa Kristy Fanindroany.

1. Tadiavo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 27:5–14 ary tanisao hoe iza daholo ireo hanatrika izany. Raha araka ny andininy 11, iza moa i Mikaela?
2. Andininy aiza no milaza fa hisy olon-kafa maro ho hita ao, anisan'izany ianao raha mijanona mahatoky?

Ny Lemaky Adama-ondia-Amàna

3. Vakio koa ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 116:1 ary soraty ny toerana hanatanterahina ilay fivoriana.
4. Vakio ireto soratra masina manaraka ireto ary soraty ho soratra masina mifandray amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 27:5–14; Daniela 7:9–14; Matio 26:29; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 107:53–57; 116:1 izany.

D Jereo ny Aro-tratranao

Avereno vakiana ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 27:15–18 ary ataovy izao manaraka izao:

1. Manorata ohatra anankiroa ao anaty kahienao izay hanehoana fa tahaka ny fananana akanjo fiarovan-tratra iray ny fankatoavana amin'ny didy iray (toy ny Tenin'ny Fahendrena na vavaka).
2. Amin'ny fomba ahoana no hanampiana anao ho mendrika hanatrika fivoriana lehiben'ny Fanasan'ny Tompo voalaza ao amin'ny andininy 5—14 amin'ny fananana akanjo fiarovan-tratra tahaka ny voalazan'ireo andininy ireo?
3. Manaova sary maneho ny andininy 15–18, izay azonao apetraka ao amin'ny efitranonao. Asio anarany eo amin'ireo ampahany rehetra ao amin'ny aro-tratra.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 28

Ny Mpaminany Irery Ihany no Mandray ny Fanambarana ao amin'ny Fiangonana



Oliver Cowdery

Tamin'ny fotoan'ny Fiangonana tany am-boalohany dia tsy takatry ny mpikamban'ny Fiangonana fa ny Tompo dia miantso olona iray ihany handray ny fanambarana mba hitarihana ny Fiangonana iray manontolo. Isika rehetra dia afaka mandray ny fanambarana ho an'ny tena manokana sy ho an'ny andraikitsika, kanefa ny mpaminany sy ny Filohan'ny Fiangonana irery ihany no misolo vava ny Tompo ho an'izao tontolo izao.

I Hiram Page dia zaodahin'i Oliver Cowdery sy ry Whitmer. Nanambady an'i Catherine Whitmer izy, izay anabavin'i Peter Zanany, Christian, John, Jacob, ary David Whitmer. I Oliver Cowdery ihany koa dia nanambady ny iray amin'ireo anabavin'izy ireo, Elizabeth Ann Whitmer. I Hiram Page ihany koa dia iray amin'ireo Vavolombelona Valo ao amin'ny Bokin'i Môrmôna. Nanana vato izy izay ninoany fa nandraisany fanambarana avy amin'Andriamanitra. Rehefa mamaky ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 28 ianao, dia jereo tsara hoe ho an'iza no nanomezana ity fanambarana ity ary nahoana. Mariho ihany koa ny fahasamihafana eo amin'ny antson' ny Mpaminany Joseph Smith sy ny antson'i Oliver Cowdery.

Ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 28 ihany koa dia mirakitra ny antson'i Oliver Cowdery ho mpitory ny filazantsara tao amin'ny tananan'ny Amerikana indiana ary milaza fa i Ziona dia "ho eo amin' ny sisin-tany akaikin' ny Lamanita izany" (and. 9).

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 28

Nihambo (sasin-tenin'ny fizarana)—Milaza ny azy ho marina

Sisin-tany akaikin'ny Lamanita (and. 9)—Ny sisin-tany manasaraka ny Etazonia sy ny Faritra Indiana (jereo sarintany 5 ao amin'ny Torolalana ho an'ny Soratra Masina)

Faneken'ny rehetra (and. 13)—Fanomezan-dalana miaraka (jereo ny fizarana «Fahatakarana ny Soratra Masina» ao amin'ny F&F 26:2, p. 38).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 28:1–3—Iza no Manana Zo Handray Fanambarana ho an'ny Fiangonana?

Tamin'ny taona 1913 dia nisy fanambarana nitondra ny lohateny hoe "Ny Feo Fampitandremana," izay nanazavan'ny Fiadidiana Voalohany—Joseph F. Smith, Anthon H. Lund, sy i Charles W. Penrose— hoe:

"Hatramin'ny andron'i Hiram Page (F&F, Fiz. 28), tao anatin'ny fotoana samihafa dia nisy ireo fisehoan'ny fanahy mpamitaka tamin'ireo mpikamban'ny Fiangonana. Indraindray izany dia avy amin'ireo lehilahy sy vehivavy izay toa lasa haza mora foana ho an'ilay Mpamitaka noho ny fandikan-dalàny. Tamin'ny fotoana sasany dia nisy ireo olona manambony tena amin'ny fitandrovany hentitra ireo fitsipika sy ôrdônansy ary ireo fombafomba masina ao am-piangonana no voasariky ny fanahy ratsy, izay mitaona fanahy sy maka-tahaka ireo zavatra atao avy amin'Andriamanitra, ka mahatonga ireo olona izay mieritreritra fa izy ireo no 'voafidy,' ho sahirana amin'ny famantarana ny tena fahasamihafan'izany. I Satana mihitsy no manova ny tenany ho 'anjelin'ny fahazavana.'

"Rehefa mampita zavatra izay mifanohitra amin'ny fanambarana eken'ny Fiangonana na mifanohitra amin'ny faneken'ny fahefana voarafitra ny fahitana, nofy, ny fiteny, ny faminaniana, ny fomba fijery, na fanomezana mahagaga na aingam-panahy, ny Olomasin'ny Andro Farany dia afaka mahafantatra fa tsy avy amin'Andriamanitra izany, na manao ahoana na manao ahoana izay mety ho fisehony. Mila mahatakatra ihany koa izy ireo fa ny fitarihana amin'ny torolalana ao amin'ny Fiangonana dia avy amin'ny fanambarana, avy any amin'ny lohany. Ny mpikambana mahatoky rehetra dia mahazo ny fitaomam-panahy avy any amin'ny Fanahy Masina ho an'izy ireo, sy ny fianakavian'izy ireo ary ho an'ireo izay nanendrena sy nanokanana azy ireo mba ho hiahiany. Kanefa ireo rehetra izay tsy mifanaraka amin'ny avy amin'Andriamanitra amin'ny alalan'ny lohan'ny Fiangonana dia tsy tokony ho raisina ho toy ny avy amin'ny manampahefana na ho ekena" (*Improvement Era*, Sept. 1913, 1148).

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny asa A rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 28 ianao.

A Iza no Mandray Fanambarana ho an'ny Fiangonana?

Vakio ny sasin-tenin'ny fizarana ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 28 ary ny andininy 1–7, 11–13. Avy eo dia valio ireto fanontaniana manaraka ireto:

1. Inona no olana izay "nanontanian'ny Mpaminany Joseph Smith tamin-kafanampo"?
2. Inona no valiny nomen'ny Tompo azy? (jereo and. 1–7).
3. Ahoana no fanekena ny fanambarana ho an'ny Fiangonana ankehitriny? (jereo and. 11–13; jereo koa F&F 26:2).
4. Iza no mandray fanambarana ho an'ny Fiangonana iray manontolo ankehitriny?

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 29

Fampanantenana ho an'ireo "Voafidy" amin'ny Andro Farany

Nahasarika haingana ny fifantohanay ireo lohahevitra vitsivitsy mihoatra ny faminaniana amin'izao andro farany izao. Miaina amin'ny andro farany isika (jereo F&F 1:4). Ny fahafantarana izany, dia mamporisika antsika ho liana tokoa amin'ny fanambaran'ny Tompo amin'izao adrontsika izao. Rehefa mamaky ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 29 ianao, dia jereo ny zavatra lazain'ny Tompo fa hitranga mialoha, mandritra ary aorian'ny Fiaviana Fanindroany ary inona no azonao atao hiomanana amin'izany fotoana izany.

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 29

Nanonitra (and. 1)—Nandoa ny vidiny

Loza (and. 3)—Loza

Mpisolovava (and. 5)—Olona iray izay misolo tena olona iray

Didy (and. 8, 12)—Didy, lalàna

Fahoriana sy fandravana (and. 8)—Korotana sy faharavana

Sarambabem-bahoaka (and. 15, 36)—Valalabemandry

Hamaly faty (and. 17)—Mandefa famaizana sahaza

Fahavinirana (and. 17)—Faharomontana, hatezerana

Tsy hanjaka ny fahavetavetana (and. 21)—Tsy hanjaka ny faharatsiana

Zava-bitika (and. 25)—kely

Ara-nofo (and. 31–32, 34–35)—Ara-batana

Toe-tena . . . filana (and. 35)—Zavatr'izao tontolo izao

Fahafatesana ara-panahy (and. 41)—Noroahina tsy ho eo anatrehan'Andriamanitra

Fanavotana, manavotra (and. 42, 44, 46)—Famonjena, afaka amin'ny fanangejana

Fizahan-toetra (and. 43)—Fitsapana

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 29:7—Iza ireo Voafidy?

Ny Mpaminany Joseph Smith dia nampianatra fa "ny voafidy dia ireo [nofinidy] tamin'ny asa iray miavaka tsara" (*History of the Church,* 4:552).

"Amin'ny dikany ankapobeny, ny voafidy dia ireo ao anatin'ny Fiangonana sy ivelan'izany izay tia an'ny Tompo ary manana tanjona ao am-po hanao izay rehetra araka ny heriny hiaina akaiky kokoa ny fitarihan'ny fanahiny.

"Ny Filoha George Q. Cannon [izay mpanolotsaina tao amin'ny Fiadidiana Voalohany] dia nilaza hoe: 'Ny olombelona rehetra dia voafidy mba ho vonjena. Tsy misy olona ratsy raha tsy hoe angamba ny fitondran-tenany mihitsy no mahatonga izany.' (*[Gospel Truth,]* 1:140.) Ny voafidy ivelan'ny Fiangonana dia ireo 'ondry'

izay mandre ny feon'ny Mpiandry Ondry, mankato izany feo izany, ary voaray ato amin'ny Fiangonana (Môsià 26:21–28). Ireo no olom-boafidy izay hiantsoana ny misiônera ny fanangonana azy (F&F 29:7)" (Hoyt W. Brewster Jr., *Doctrines and Covenants Encyclopedia* [1988], 148).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 29:35–39—Inona no Antsoina hoe Safidy Malalaka? Nahoana no Masina Loatra Izany?

Ny safidy malalaka dia fahafahana misafidy sy manatanteraka, ary ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 29:35–39 dia mampiseho ny maha-zava-dehibe sy masina izany fahafahana izany ho an'ny Raintsika any an-danitra. Naleony namela ny iray ampahatelon'ny zanany hotarihin'ny devoly mba hikomy toy izay nandromba ny fahafahan'izy ireo misafidy malalaka. Ny fizahantoetra antsika eto an-tany dia natao mba hahaizantsika mampiasa ny fahafahantsika misafidy.

Ny Loholona Bruce R. McConkie, izay mpikambana tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia nanazava ny antony lehibe nahatonga ny fahafahana misafidy: "Fitsipika lehibe efatra no tsy maintsy amperin'asa raha toa ka ilaina ny fahafahana misafidy: 1. Tsy maintsy misy lalàna. Ny lalàna dia notendren'ilay Heninkery iray tsy hitanoanoa, lalàna izay azo ankatoavina na tsy ankatoavina; 2. Tsy maintsy misy ny fifanoherana—ny tsara sy ny ratsy, hatsaran-toetra sy haratsian-toetra, ny marina sy ny diso—tsy maintsy misy ny fifanoherana, hery iray misintona amin'ny lalana iray ary ny iray hafa dia misintona amin'ny lalana hafa koa; 3. Ny fahalalana ny tsara sy ny ratsy dia tsy maintsy hananan'ireo izay tia mampiasa ny fahafahana misafidy, izany hoe, tsy maintsy mahafantatra ny mampiavaka ny fifanoherana izy ireo; ary 4. Ny hery tsy manam-petran'ny safidy dia tsy maintsy mandresy (*Mormon Doctrine*, edisiona faha-2, [1966], 26).

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny asa A rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 29 ianao.

A Fintino ny Fotopampianarana

Misafidiana efatra amin'ireto fanontaniana manaraka ireto ary valio amin'ny zavatra nianaranao tao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 29 izany:

1. Iza ireo ho hangonin'ny Tompo? Ahoana no fomba hanangonana azy ireo? (jereo and. 1–8).
2. Inona no zavatra hitranga amin'ny Fiaviana Fanindroany (jereo and. 9–13).
3. Inona no zavatra hitranga alohan'ny Fiaviana Fanindroany? (jereo and. 14–21).
4. Inona no zavatra hitranga amin'ny faran'ny arivo taona? (jereo and. 22–30).



5. Inona no fampianarana entin'ny andininy momba an'i Satana sy ny fahafahana misafidy? (jereo and. 35–40).
6. Inona no fampianarana entin'ny andininy momba ny Fahalavoana sy ny fanavotana? (jereo and. 40–50).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 30

David, Peter, ary i John Whitmer—"Aza Matahotra"

Ahoana araka ny eritreritrao izany manompo amin'ny misiôna ary mitory ny filazantsara amin'ny vahiny izany? Mety efa nanana traikefa tamin'ny fizarana ny filazantsara tamin'ny olona tsy nitovy finoana taminao ianao. Moa ve ianao nikorontan-tsaina na mety hoe natahotra kely? Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 30, ry Whitmer mirahalahy dia nantsoina mba hitory ny filazantsara. Jereo ny zavatra nolazain'ny Tompo tamin'izy ireo tsirairay avy momba ny fahatahorana.

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 30

Ilaina (and. 5)—ara-dalàna, maha-te-ho tia

Aoka ianao ho ory amin' ny fahoriany rehetra (and. 6)—Mitoera eo akaikiny ary zarao ny fitsapany rehetra

Hitory (and. 9)—Hanambara

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 30:1–2—"Ireo izay Tsy Nodidiako kosa no Naharesy Lahatra Anao"

Kivy tamin'ny fanambarana diso voarain'i Hiram Page i David Whitmer, niaraka tamin'ny ambin'ny fianakaviany (jereo F&F 28).

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny asa A rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 30 ianao.

A Ahoana no Mety Hampiharana Izany Aminao?

Ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 30 dia mirakitra ireo torolalana nomen'ny Tompo tamin'ny alalan'ny Mpaminany Joseph Smith ho an'i David Whitmer (25 taona), Peter Whitmer Zanany (21 taona), ary i John Whitmer (28 taona). Avereno vakiana ity fizarana ity ary valio ireto fanontaniana manaraka ireto:

1. Inona no zavatra nolazain'ny Tompo an-dry Whitmer mikasika ny fahatahorana?
2. Vakio ny andininy 1–2 ary ataovy toy ny miresaka aminao mihitsy ny Tompo. Inona no zavatra tianao atao mba hahafahanao mahazo antoka fa tsy hanao izany lesoka izany ianao?

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 31

Thomas B. Marsh—Fampanantenana sy Fampitandremana

Ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 31 dia voaray nandritry ny fotoana nandraisana ny fizarana 30 koa (jereo ny teny fampidirana amin'ny F&F 30). Ny torolalan'ny Tompo tamin'i Thomas B. Marsh dia mampiseho ny fahafantarany tsara ny Zanany. Rehefa mamaky ny fampanantenana sy ny fampitandremana nomena an'i Thomas Marsh ianao, dia ataovy ao an-tsaina tsara fa ho tonga Filoha voalohan'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo izy rehefa narafitra izany Kôlejy izany. Taty aoriana izy dia lavo noho ny tsy fanohanana ny Mpaminany Joseph Smith ary dia niala ny Fiangonana tao anatin'ny fahatezerana noho ny olana nitranga tamin'ny tsy fanitsiana ny vadiny.

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 31

Antsimbilona (and. 5)—Antsy mibiloka fijinjana voa

Hovesarana amboara (and. 5)—Hampilanjana gony feno voamaina (mahomby amin'ny asa fitoriana)

Karama (and. 5)—Mandoa vola

Manevateva (and. 9)—Mivazavaza manao tsinotsinona

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 31:4–5—"Hijinja ny eny An-tsaha izay Efa Masaka Sahady mba Hodorana"

Marilee B. Campbell

Matetika ny Tompo no mampiasa ny tandindon'ny fijinjana rehefa miresaka momba ny asa fitoriana (jereo Jaona 4:35–36; F&F 4:4). Rehefa masaka ny voa, tahaka ny varimbazaha dia miova ho fotsy ny voany ary izany no manambara fa efa vonona hojinjaina izy ireo. Tamin'izany andro izany, ny tahom-bary dia didiana amin'ny antsimbilona ary fatorana miaraka mba ho lasa fehezana, izay antsoina hoe amboara. Rehefa voajinja ny voa, dia dorana matetika ny tanimboly mba hanala ireo ambin'ny tahony, izay antsoina hoe mololo.

Izany rehetra izany dia fanoharana amin'ny zava-miseho eo amin' ny asa fitoriana. Mijinja ireo olona izay vonona ny hiaino ny filazantsara izy ireo sy mankato amin'ny fanomanana ny fandorana izay hanadio ny tany amin'ny Fiavian'ny Mpamonjy Fanindroany.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 31:9–13—Ny Vidin'ny tsy Fanarahana ny Torolalana, na ny Fahafantaran'Andriamanitra tsara ny Zanany

Thomas B. Marsh dia anisan'ireo mpitarika tena nahavita azy tamin'ny fotoana fiandohan'ny Famerenana amin'ny laoniny. Nanao asa fitoriana maro izy, nantsoina ho Apôstôly raha vao narafitra voalohany ny Kôlejin'ny Roambinifololahy tamin'ny taona 1835, ary dia lasa filoha voalohan'izany. Kanefa rehefa nitranga ny olana ara-pianakaviana dia lavo noho ny tsy fanarahana ny torolalan'ny Tompo izy ny "haharitra," "tsy hanevateva," "hitondra ny tokantranony amin'ny halemem-panahy," "vavaka mandrakariva," ary "ho mahatoky hatramin'ny farany" (and. 9, 12–13) izay nitarika azy tany amin'ny apôstazia. Ny Loholona George A. Smith, izay voantso ho mpikambana tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo tamin'ny taona 1839, dia nilaza ny zava-nitranga tamin'ny fotoana niainan'ny Filoha Marsh tao Far West, Missouri:

"Ny vadin'i Thomas B. Marsh, izay Filohan'ny Apôstôly Roambinifolo, sy ny rahavavy Harris [vadin'i George Harris] dia nifanaraka fa hifanakalo ronono izy ireo, mba hahafahan'izy ireo mampitombo kely ny frômazy amboarin'izy ireo mihoatra ny mahazatra. Mba hahazoana antoka fa ho amin'ny ara-drariny izany, dia nifanaiky izy ireo fa tsy tokony alaina ny herotra [ilay ampahany matavy ao amin'ny ronono], fa tokony alefa miaraka amin'ny ronono izany. Zavatra kely no resaka eto, vehivavy roa mifanakalo ronono hanamboarana frômazy.

"Ramatoa Harris, araka ny fijery azy, dia hita fa toa mahatoky amin'ny fifanarahana ary nitondra ny ronono sy ny herotra tany amin'i Ramatoa Marsh, fa i Ramatoa Marsh kosa, izay naniry ny hahazo frômazy tsara fanampiny dia nitazona ny herotra isaky ny ombivavy ary nandefa tany amin'ny Ramatoa Harris ny ronono tsy nisy herotra.

"Niparitaka ihany nony farany fa nangonin-dramatoa Marsh ny herotra, ary dia tonga resaka nodinihana teo anivon'ny Mpampianatra izany. Nanomboka namakafaka ny toe-draharaha izy ireo, ary dia voaporofo fa i Ramatoa Marsh no nanangona ireo herotra, ary vokatr'izany dia diso tamin'ny fangalana izany anjaran-dramatoa Harris izany.

"Nampiakarina avy tamin'ireo Mpampianatra ka hatrany amin' ny Eveka izany, ary dia nisy ny fotoam-pilankevi-pifehezan'ny Fiangonana. Noheverin'ny Filoha Marsh fa tsy ara-drariny anefa ny nataon'ny Eveka taminy sy ny vadiny, satria izy ireo dia nilaza fa voangona tsy fidiny ireo herotra, ka lasa nandika tsy fidiny ny fifanarahana ilay vehivavy.

"Nitondra ny raharaha teny amin'ny Filan-kevitra Avo avy hatrany i Marsh, izay nanadihady ilay olana tamim-paharetana tokoa, ary manome toky anareo aho fa tena sahirana izy ireo. Nihazona mafy hatrany ny fahamarinan'ny toetram-badiny i Marsh, ary noho izy Filohan'ny Apôstôly Roambinifolo, sady lehilahy manana ny maha-izy azy ao Isiraely, dia nanao fiarovan-tena lehibe tokoa, kanefa nony farany dia nanamafy ny fanapahan-kevitry ny Eveka ireo Filankevitra Avo.

"Tsy afa-po i Marsh, ka dia nitondra ny raharaha teny amin'ny Fiadidiana Voalohan'ny Fiangonana, ary i Joseph sy ny Mpanolontsainy dia nipetraka nandinika ny raharaha, ary dia nankatoavin'izy ireo ny fanapaha-kevitry ny Filankevitra Avo.

"Izany raharaha kely izany, araka ny fanarahanao azy, dia nahatonga fifandirana lehibe tokoa, ary dia nanambara i Thomas B. Marsh fa tsy miala amin'ny fahatokiany amin'ny toetram-badiny, na dia handehanany any amin'ny helo aza izany.

"Ary dia ilay Filohan'ny Apôstôly Roambinifolo, ilay lehilahy voalohany tokony hampihatra ny ara-drariny sy tokony hanitsy izay diso, tamin'ny zavatra nataon'ny iray tao amin'ny fianakaviany, dia nisafidy ny ho tohanany, ka dia inona no nitranga? Nandeha teo anoloan'ny mpitsara izy ary nianiana fa ny 'Môrmôna' dia fahavalon'ny Fanjakana tao Missouri.

"Izany fanambarana an-tsoratra vita fianianana izany dia nahatonga ny governemantan'i Missouri nanome baiko faran'izay henjana, izay nahatonga ny Olomasina miisa eo amin'ny 15.000 niala ny tokantranony sy ny fonenany, ary an'arivony ireo nijaly vokatr'izany toe-draharaha izany" (tao amin'ny *Journal of Discourses*, 3:283–84).

Ny Filoha Gordon B. Hinckley dia namerina ity tantara ity tamin'ny Fihaonamben'ny Fiangonana ary niteny toy izao: "Ilay lehilahy izay tokony nandamina ity fifamaliana kely ity, kanefa kosa, nanenjika tamin'ny alalan'izany, ka nanakorontana ireo manampahefan'ny fiangonana, hatrany amin'ny Fiadidiana, dia azo lazaina ara-bakiteny hoe nandeha tany amin'ny helo noho ity toe-javatra ity. Very ny fiandrianany teto amin'ny Fiangonana. Very ny fijoroany ho vavolombelona momba ny filazantsara. Ary nandritra ny sivy ambin'ny folo taona izy dia nandeha tamin'ny fahantrana sy ny fahamaizinana ary ny fankahalana mangidy, niaina tao anatin'ny aretina, ary nanirery. Nihaantitra vetivety izy. Farany, dia tahaka ilay zanaka adala tamin'ny fanoharan'ny Mpamonjy (jereo Lioka 15:11–32), dia nahatsapa ny hadalany sy ny fangirifiriany izy ka nitodi-doha taty amin'ity lemaka ity, ary nangataka ny famelana tamin'i Brigham Young izay namela ny hanaovana batisa azy indray ato amin'ny Fiangonana. Izy no Filoha voalohan'ny Filankevitry ny Roambinifololahy, izay tiana, nohajaina, ary nomem-boninahitra tamin'ny fotoan'andron'i Kirtland, ary tamin'ny fotoana andro fiandohana tany Far West. Ankehitriny ny hany zavatra nangatahiny dia ny mba ho atokana ho diakona ary ho tonga mpiandry varavaran' ny tranon'ny Tompo" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Apr. 1984, 111; na *Ensign,* Mey 1984, 83).

Taorian'ny niverenany tao amin'ny Fiangonana, dia nilaza toy izao ny Rahalahy Marsh momba ny apôstazia izay nahazo azy:

"Tiako ho fantatra foana ny fiatombohan'ny apôstazia izay nahazo ahy, ary ny valiny hitako dia hoe tsy maintsy niala tato am-poko ny Fanahin'ny Tompo.

"Ny fanontaniana manaraka dia izao: 'Tamin'ny fomba ahoana ary oviana ny Fanahin'ny Tompo no niala taminao?' Nanomboka nialona ny Mpaminany aho, sy nanana fomba fijery roa dia ny ratsy sy ny tsara, ary toa tsy voajeriko intsony ny zava-drehetra izay tsara, fa nandany ny fotoanako rehetra nitady ireo ratsy aho; ary avy eo, rehefa nanomboka nitarika ahy ny devoly, dia mora foana ny hahatongavan'ny sain-dratsy, izay tsy inona fa ny hatezerana, ny fialonana, ary ny fankahalana. Tsapako tao anatiko tao izany. Nahatsapa ho tezitra sy feno fankahalana aho; ary dia niala ny Fanahin'ny Tompo, tahaka ny voalazan'ny Soratra Masina hoe, jamba aho, ary mbola nieritreritra ihany aho fa mahita ny vatan-kazo eo amin'ny mason'ny rahalahy Joseph, kanefa tsy inona izany fa simisika fotsiny, ary ny masoko iray manontolo kosa dia rakotry ny vatan-kazo" (tao amin'ny *Journal of Discourses*, 5:206–7).

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny asa A na B rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 31 ianao.

A Manomàna Lahateny

Avy amin'ny zavatra nianaranao tao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 31 sy ny fizarana «Fahatakarana ny Soratra Masina» dia manorata lohahevitra andrana iray ho an'ny lahateny izay mikasika ny fanarahana ny torolalan'ny Tompo izay azonao hatao mandritra ny Fanasan'ny Tompo.

B Manomeza Lesona mandritry ny Takarivan'ny Mpianakavy

Avy amin'ny zavatra nianaranao tao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 31 sy ny fizarana «Fahatakarana ny Soratra Masina» dia manomeza lesona mandritry ny takarivan'ny mpianakavy momba ny lesona azontsika nianarana tao amin'ny fizarana 31 ary ny fiainan'i Thomas B. Marsh.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 32

Asa Fitoriana tany amin'ireo Lamanita

Ny filazana voalohany mikasika ny fandefasana mpitory ny filazantsara any amin'ireo Lamanita ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana dia ny antson'ny Tompo ho an'i Oliver Cowdery (jereo F&F 28:8). Tamin'izany volana izany ihany, ny Septambra 1830, dia nantsoina i Peter Whitmer Zanany mba hiaraka amin'i Oliver (jereo F&F 30:5). Ny volana manaraka, i Parley P. Pratt sy Ziba Peterson dia nantsoina hanampy azy ireo. Rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 32 ianao, dia jereo ny fampanantenana nataon'ny Tompo tamin'ireo mpitory ny filazantsara ireo. Rehefa mandalina ny fizarana «Fahatakarana ny Soratra Masina» ianao dia hianatra ny fomba nanatanterahana ny Fampanantenany.

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 32

Nitalaho (sasin-tenin'ny fizarana)—Nivavaka tamim-panetren-tena

Mpisolovava (and. 3)—Mpiaro, olona iray misolo vava azy ireo

Tsy hanamaivana (and. 5)—Karakaraina tsara

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 32:1—Iza moa i Parley P. Pratt?

Tonga mpikamban'ny Fiangonana tao New York i Parley P. Pratt tamin'ny taona 1830, iray volana kely talohan'ny nandraisana ity fanambarana ity. Nanatanteraka asa fanompoana maro tao amin'ny Fiangonana izy (jereo sasin-tenin'ny F&F 32, andininy 1–2; 49:1–3; 50:37; 52:26; 97:3–5; sasin-tenin'ny 103, 30, 37; 124:127–29) ary isan'ireo mpikambana voalohany tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, izay narafitra tamin'ny taona 1835. Nanoratra toriteny sy fihirana maro izy izay natontan'ny Fiangonana ary anisan'ireo mpamaky lay voalohany tonga tao amin'ny lemak'i Salt Lake. Maty novonoin'olona izy tamin'ny taona 1857 nandritra ny fitoriany ny filazantsara tany Arkansas.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 32:2–3—Inona no Zava-nitranga tamin'ny Asa fitoriana Tany amin'ireo Lamanita?

Ity vondrona kelin'ny mpitory filazantsara ity dia nanao dia tamin'ny halavirana 2.400 kilaometatra teo ho eo nandritra ny ririnin'ny taona 1830–31, izay an-tongotra ny ankabeazan'izany dia izany. Nampahafantatra ny filazantsara tamin'ireo foko Amerikana Indiana tao New York, Ohio izy ireo, ary tonga tany ambadik'i Missouri izay tany amin'ny Faritra Indiana. I Missouri tamin'izany no sisin-tanin'i Etazonia tany Andrefana; ary ny Faritany Indiana dia tany andrefan'i Missouri. Ny tena fahombiazana lehibe vitan'izy ireo anefa dia teny amin'ny faritra manodidina an'i Kirtland, Ohio. Teo ry zareo no nahita vondron'olona izay niandrandra ny fiverenan'ny fomba fivavahana Kristiana voalaza tao amin'ny Testamenta Vaovao. Tao anatin'ny telo herinandro monja dia nanao batisa olona 127 ny misiônera, izay nampitombo ho avo roa heny ny isan'ny mpikamban'ny Fiangonana (jereo *Church History in the Fulness of Times*, pp. 79–88).

Ny dian'ireo mpitory ny filazantsara ho any amin'i Lamanita

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny asa A na B rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 32.

A Ahoana no "Hianarana Amiko"

Fariparito ny fahatakaranao ny fifandraisan'ny "malemy fanahy ary tsy hiavona am-po" (F&F 32:1) sy ny fahafahantsika mianatra ny zavatra ara-panahy (jereo koa F&F 136:32–33).

B "Izaho Mihitsy no Handeha Hiaraka amin' Izy Ireo ary ho eo Afovoany"

Manorata momba ny fotoana izay nanatanterahan'ny Tompo taminao, na tamin'ny olon-kafa fantatrao, ny zavatra nampanantenainy tao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 32:3 ho an'ireo misiônera.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 33

Manomana ny Fiavian'i Jesoa Kristy Fanindroany

Ny tanjona voalohan'ny famerenana amin'ny laoniny dia ny hitondra ny zanak'Andriamanitra hiala amin'ny apôstazia sy ny zavatr'izao tontolo izao ary manomana azy ireo hiomana amin'ny Fiavian'i Jesoa Kristy Fanindroany (jereo F&F 1:12–17). Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 33 dia niantso lehilahy roa ny Tompo mba hanompo ho misiônera ka hitondra ny hafatra ho any amin'izao tontolo izao. Rehefa mandalina io fanambarana io ianao, dia jereo ny tsy maintsy ataontsika mba hiomanana. Jereo ihany koa ny fitahiana nampanantenaina ho an'ireo izay manampy mampitandrina an'izao tontolo izao.

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 33

Nilaza (sasin-tenin'ny fizarana)—Nijoro ho vavolombelona, nanambara fa marina

Mampisaraka ny famavany (and. 1)—Mizara roa

Mpamatatra (and. 1)—Olona iray izay mahafantatra

Maditra (and. 2)—Tena ratsy

Hovesarana amboara (and. 9)— Hampilanjana gony feno voamaina (fahombiazan'ny asa fitoriana)

Komiberaky ny mpisorona (and. 4)—Mitoriteny ho an'ny voninahitra sy ny tombotsoan'ny tena manokana (jereo 2 Nefia 26:29)

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 33:17—"Ny Fanalanareo Voakarakara sy Mirehitra"

Ny fanala, ny solika, ny mpampakatra voalaza ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 33:17 dia mampitaha ny fanoharan'ny Mpamonjy momba ireo virijiny folo (jereo Matio 25:1–13). Tamin'izany fanoharana izany ny Tompo dia nampianatra fa ireo izay tsy niomana (lany ny solika ny fanalan'izy ireo) tamin'ny fiavian'ny Mpamonjy (ny Mpampakatra) dia horoahina tsy ho eo anatrehany.

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny asa A sy B rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 33 ianao.

A Ataovy Kisary ny Andininy

Ny Tompo dia mampiasa kisarin-teny maro amin'ity fanambarana ity. Misafidiana *iray* amin'ireo kisary ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 33:3, 6–9, 13, 17 ary manaova sary maneho ny fampianaran'ny Tompo. Aza atao kisary fotsiny izay lazain'ny andininy, fa ny dikany ihany koa. Manomeza fanazavana amin'ny kisary nataonao amin'ny alalan'ny famaritana ny kisary nataonao sy ny antony.

B Ampiharo ny Fanambarana

1. Hazavao araka ny eritreritrao ny tian'ny Tompo lazaina amin' ny famaritany an'izao tontolo izao ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 33:3, 7.
2. Ahoana no maha-samihafa izany famaritana izany amin'ny fomba namaritan'ny Tompo an'izao tontolo izao ao amin'ny andininy 2 sy 4?

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 34

Orson Pratt—"Asandratro ny Feonao"

Lasa iray amin'ireo Apôstôly lehibe irain'ny andro farany i Orson Pratt. Mariho ny zavatra nolazaina azy momba ny Tompo sy momba ny tenany manokana ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 34.

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 34

Mamirapiratra (and. 2)—Mahatakatra

Meloka sy maditra (and. 6)—Simba

Aza mitsitsy (and. 10)—Aza misalasala

Ny trompetra Hebreo tranainy iray—nantsoina hoe shofar—dia vita tamin'ny tandrok'ondrilahy.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 34:1—Orson Pratt

Natao batisa tamin'ny 19 Septambra 1830 i Orson Pratt, tamin'ny fahasivy ambin'ny folo taonany, taorian'ny nandrenesany ny hafatry ny filazantsara avy tamin'ny zokiny lahy Parley P. Pratt. Izy ireo dia samy nantsoina ho Apôstôly rehefa narafitra ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo tamin'ny taona 1835. Tahaka ny rahalahiny dia nanompo tamin'ny asa fitoriana maro tao amin'ny Fiangonana i Orson (jereo sasin-tenin'ny F&F 34, 1–10; 52:26; 75:14; 103:40; 124:127–29; 136:13). Nanoratra boky maro momba ny fivavahana sy ireo lohahevitra ara-tsiantifika izy ary anisan'ireo mpamaky lay tonga voalohany teo amin'ny lemak'i Salt Lake. Efa nihoatra ny dimy ambin'ny efapolo taona izy no Apôstôly ary izany dia mandrapahafatiny tamin'ny taona 1881.

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny asa A na B rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 34 ianao.

A Ampitahao ny Andininy Roa

Vakio ary ampitahao ny Jaona 3:16 sy ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 34:3. Manorata andalan-tsoratra maneho ny zavatra nianaranao momba ny Ray sy ny Zanaka avy amin'ireo andininy ireo.

B Inona no Zavatra Nianarantsika momba ny Fiavian'i Jesoa Kristy Fanindroany?

1. Vakio ny Marka 13:32–37 ary soraty ny nolazain'i Jesoa momba ny hoe *rahoviana* sy *ahoana* no fisehon'ny Fiaviana Fanindroany.
2. Halalino ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 34:6–12 ary hazavao ireo fahalalana fanampiny izay azontsika momba ny Fiaviana Fanindroany. Alaivo antoka fa hita sy voazava ny teny hoe *tsy ho ela*, *taloha*, ary *haingana*.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 35

Sidney Rigdon—Mpialoha lalana

Ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 35, dia fanambarana nomena an'i Joseph Smith sy i Sidney Rigdon, izay mampiseho fa ny Tompo dia mahafantatra manokana ny Zanany. Jereo ny zavatra nolazain'ny Tompo an'i Sidney Rigdon momba ny lasany sy ny ho aviny. Rehefa mandalina ity

fanambarana ity ianao, dia eritrereto ny fomba nanomanan'ny Tompo anao amin'ny asa fanompoana ao amin'ny Fanjakany.

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 35

Ny Fahadalany sy ny . . . fahevetavetany (and. 7)—Hadalana sy Faharatsiana

Ampingany (and. 14)—Fiarovana (ny ampinga dia dia vy boribory ao eo amin'ny tanana)

Hosikinako ny valahiny (and. 14)—Ampio izy ireo mba hiomana

Hania (and. 25)—Hafangaro amin'ny olona hafa mba tsy hiavaka intsony amin'ny olon-kafa intsony izy ireo

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 35:2—Inona no Dikan'ny hoe "Ho Zanak'Andriamanitra"?
Isika rehetra dia zanaka ara-panahin'ny Raintsika any an-danitra (jereo Asan'ny Apôstôly 17:29; Hebreo 12:9). Na dia izany aza dia tsy maintsy ateraka ara-panahy indray isika rehetra amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy mba hahafahantsika honina hiaraka Aminy indray (jereo Mosià 5:7–8).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 35:3—"Ry Sidney Mpanompoko"
I Sidney Rigdon dia mpitondra fivavahana tao Kirtland, Ohio. Lasa mpikamban'ny Fiangonana izy tamin'ny taona 1830 taorian'ny namakiany tamim-bavaka ny Bokin'i Môrmôna.

Nanompo ho mpitan-tsoratry ny Mpaminany Joseph Smith ary koa mpanolotsaina tao amin'ny Fiadidiana Voalohany nanomboka ny 1833 hatramin'ny 1844 (jereo sasin-tenin'ny F&F 35, 3–6; 58:50, 57–58; 71:1; sasin-tenin'ny 76, 11–15; 90:6, 21; 93:44, 51; 102:3; 124:126). Taorian'ny nahafatesan'i Joseph Smith, dia nanandrana naka ny fahefana tamin'ireo Apôstôly Roambinifolo izy mba hiahy ny Fiangonana ary dia noroahina hiala tamin'ny Fiangonana izy ny volana Septambra 1844.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 35:11—"Faharavana tamin'i Babylona"
I Babylona dia tandindon'ny faharatsian'izao tontolo izao izay miteraka fahotana sy fahantrana manerana ny firenena rehetra. Izany faharatsiana rehetra izany dia hodiovina amin'ny Fiavian'i Jesoa Fanindroany.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 35:13—Inona no Dikan'ny hoe "Hively ireo Firenena"?
Tamin'ny andron'i Joseph Smith, ny dikan'ny hoe hively dia manasaraka ny voa amin'ny akofa na ny mololo. Tamin'ny andron'ny Testamenta Taloha, ny voa dia naparitaka amin'ny toerana malalaka ary avy eo avela hitsakitsahan'ny omby (jereo Deotornomia 25:4) na kapohina amin'ny anjan-kazo (jereo Rota 2:17). Nampasain'ny Tompo izany sary izany ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 35:13 mba hampiseho ny fomba hanavahan'ireo misiônera ny marina amin'ny olon-dratsy amin'ny fampiasana ny "anjan'ny" tenin'Andriamanitra (jereo 1 Nefia 11:25).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 35:20–21—Ny Baiboly, Dikan-tenin'i Joseph Smith (DJS)
Very ny ampahany manan-danja maro amin'ny Baiboly (jereo 1 Nefia 13:24–29), ka dia nandidy ny Mpaminany Joseph Smith ny Tompo mba hanao fanitsiana maro an'izany (jereo F&F 35:20; 41:7; 45:60–61; 73:3–4; 93:53). Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 35, ny Tompo dia nandidy an'i Sidney Rigdon mba ho mpitan-tsoratry ny Mpaminany rehefa tononiny ireo fanovana (jereo and. 20). Ireo fanovana ireo dia fantatra amin'ny hoe Dikan-tenin'i Joseph Smith (DJS). Ny sasany amin'ireo fanovana ireo dia hita eo amin'ny soratra masina fanovozan-kevitra eo ambanin'ny pejy ao amin'ny triptika sy ao amin'ny fanoroam-pejy alohan'ny sarintany. Raha mbola niasa tamin'izany fandikana ny Baiboly izany i Joseph Smith, dia nanome azy fanambarana ny Tompo izay manazava ny ampahany maro (jereo F&F 76; 77; 86; 91; 93; 113; 132; jereo koa Mosesy; Joseph Smith—Matio; "Baiboly, Dikan-tenin'i Joseph Smith," p. 3 ato amin'ity Boky fandalinan'ny mpianatra ity).

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny asa iray amin'ireto manaraka ireto (A–D) rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 35 ianao.

A Hazavao ny Fotopampianarana

1. Mariho ny teny hoe *iray* isaky ny miseho izany ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 35:2.
2. Hazavao ny dikan'ny hoe *iray* ao amin'izany andininy izany ary inona no ampianarin'izany antsika mikasika ny fifandraisana misy eo amintsika sy Andriamanitra; sy ny Zanany Jesoa Kristy (jereo koa Jaona 17).

B Fantaro ny "Asa Lehibe"

Avereno vakiana ny torohevitry ny Tompo ho an'i Sidney Rigdon ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 35:3–6. Hazavao ny antony niantsoana an'i Sidney Rigdon mba hanao zavatra "lehibe" mihoatra ny efa nataony teo aloha (jereo koa ny fizarana «Fahatakarana ny Soratra Masina» ao amin'ny F&F 35:3).

D Hazavao ny Fomba Fiasany

Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 35:20 ny Tompo dia nanazava fa ny soratra masina dia nomena mba "ho famonjena ny olom-boafidiko." Ao amin'ny andininy 21 dia nilaza ny fomba hahavonjy antsika amin'ny alalan'ny fanampian'ny

Soratra Masina Izy. Hazavao ny fomba hanampian'ny soratra masina antsika amin'ny fampiasana ny soratra masina mifanndray sy ny eritreritrao manokana:

1. Mandre ny feon'ny Tompo (jereo koa F&F 18:34–36).
2. Mahita Azy (jereo koa Matio 5:8).
3. Miandry ny Fiaviana Fanindroany (jereo koa Joseph Smith—Matio 1:37).
4. Manadio antsika (jereo koa Môrônia 7:48).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 36

Edward Partridge—"Iray amin'ireo Lehilahy Lehiben'ny Tompo"

Mino ve ianao fa tena fantatry ny Tompo marina hoe iza ianao? Tena fantany ianao, ary ity fanambarana ity dia fanehoana hafa indray ny fahafantarany tsara ny Zanany. Rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 36 ianao, dia andramo alaina ny toeran'i Edward Partridge. Inona araka ny eritreritrao no holazain'ny Tompo aminao?

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 36

Ohatra ny amin'ny toe-panahy (sasin-tenin'ny fizarana)—Ohatra amin'ny fanompoana an'Andriamanitra

Taranaka maditra (and. 6)—Olona mpikomy na sarotra tarihina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 36:1—Edward Partridge

Nandre ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny voalohany i Edward Partridge tamin'ny volana Oktôbra 1830 rehefa nijanona tao Kirtland, Ohio ireo misiônera izay nalefa tany amin'ireo Lamanita, tamin'ny dian'izy ireo ho any Missouri (jereo F&F 28:8; 32:2–3).

Tsy mbola niditra ho mpikamban'ny Fiangonana anefa izy raha tsy volana maromaro taty aoriana. I Lucy Mack Smith, ny renin'ny Mpaminany, dia nanoratra toy izao momba ny fanapahan-kevitr'i Edward Partridge mba ho atao batisa: "Tamin'ny volana Desambra tamin'izany taona izany ihany [1830], dia nanao fivoriana tao an-tranonay i Joseph. Nandritra ny toriteniny, dia niditra sy nipetraka teo anivon'ireo mpiangona i Sidney Rigdon sy Edward Partridge. Rehefa vitan'i Joseph ny lahateniny, dia nanome anjara fitenenana ho an'ireo ny rehetra izay manana fanamarihana izy mba hiteny. Tamin'izay indrindra, no nitsangana Ingahy Partridge, izay nilaza fa efa tany Manchester izy, ka ny tanjony dia ny hahazo fanazavana fanampiny mikasika ny fotopampianarana izay toriantsika; kanefa rehefa tsy nahita anay izy, dia nanao fanadihadihana tamin'ireo mpiray vodirindrina taminay momba ny toetranay, izay nambaran'izy ireo fa tsy nisy nokianina, mandrapahatongan'ilay fotoana namitahan'i Joseph [azy ireo] momba ny Bokin'i Môrmôna. Nilaza ihany koa izy fa nandeha teo amin'ny toeram-piompianay, ary nahatsikaritra ny filaminana tsara sy ny toeram-piasana izay teo; ary rehefa nahita ireo zavatra izay nafoinay noho ny finoanay, ka rehefa nandre fa ny fahamarinana entinay dia tsy mifototra amin'ny zavatra hafa mihoatra ny fivavahanay, dia nino ny fijoroanay ho vavolombelona izy, ary dia vonona ny atao batisa, 'raha,' hoy izy, 'toa ka ny Rahalahy Joseph no manao batisa ahy.' " (*History of Joseph Smith*, 191–92). Nataon'i Joseph Smith batisa izy tamin'ny 11 Desambra 1830.

Lasa eveka voalohan'ny Fiangonana i Edward Partridge taty aoriana (jereo sasin-tenin'ny F&F 35; sasin-tenin'ny 36, 1–7; 41:9–11; 42:10; 50:39; 51:1–4, 18; 52:24; 57:7; 58:14–16, 24–25, 61–62; 60:10; 64:17; 124:19) ary niaritra fanenjehana maro tao Missouri. Nodimandry tamin'ny naha-mpikambana mahatoky azy izy tamin'ny taona 1840 tao Nauvoo, Illinois, tamin'ny fahafito ambin'ny efapolo taona azy.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 36:2—"Hametraka ny Tanako Aminao Aho"

Nilaza toy izao manaraka izao ny Loholona Harold B. Lee, mpikambana tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo momba ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 36:2: "Ny Tompo eto dia milaza fa rehefa mametra-tanana amin'ny alalan'ny fahefana ny iray amin'ireo mpanompony nahazo lalana mba hanome fitahiana olona iray, dia toy ireny izy tenany ireny mihitsy no mametraka ny tanany eo amin'izy ireo manatanteraka izany ôrdônansy izany. Ary dia manomboka hitantsika ny fomba hanehoany ny heriny amin'ny alalan'ny mpanompony izay nametrahany ny fanalahidin'ny fahefany" (*Be Secure in the Gospel of Jesus Christ*, Brigham Young University Speeches of the Year [11 Feb. 1958], 6).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 36:6—"Mivoaha avy ao amin' ny Afo, ka Ankahalao Hatramin' ny Fitafiana Voapentina tamin' ny Nofo"

Mba hanafoanana ny fiparitahan'ny areti-mandringana tamin'ny vanim-potoanan'ny Testamenta Taloha, ny Tompo dia nandidy fa ireo izay nifindran'ny aretina dia mila manaraka ireo dingan'ny fanadiovana ary anisan'izany ny fandorana ireo akanjo voakasiky ny aretina rehetra (jereo Levitikosy 13:47–59). Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 36:6 ny Tompo dia nampitaha ny fahadiovana tamin'ny areti-mandringana amin'ny fahadiovana amin'ny fahotana (jereo koa Joda 1:23; Almà 5:57).

Ny Loholona Spencer W. Kimball, mpikambana tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia nanazava ny antony ilaina ny fanovana ny toe-javatra iainana izay mitarika any amin'ny fahotana: "Amin'ny fialana amin'ny fahotana ny olona iray dia tsy afaka maniry toe-javatra iainana tsaratsara kokoa. Tsy maintsy mamorona izany izy. Mety hanomboka hankahala ireo akanjo voapentina sy hankahala ny fahotana izy. Tsy maintsy ataony izay hahazoana antoka fa tsy mandao fotsiny ny fahotana izy fa manova ihany koa ny toe-javatra manodidina izany fahotana izany. Mila manalavitra ireo toerana sy toe-javatra ary trangan-javatra izay nisian'ny fahotana izy, satria ireo dia mbola afaka mitarika amin'izany indray. Tsy maintsy miala amin'ireo olona niharan'ny fahotana izy

ireo. Afaka tsy mankahala ilay olona izy fa tsy maintsy miala amin'izy ireo ary amin'ireo zava-drehetra mifandray tamin'izany fahotana izany" (*The Miracle of Forgiveness* [1969], 171–72).

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny asa A na B rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 36 ianao.

A Manorata Lahatsoratra

Manorata ao amin'ny kahienao lahatsoratra mitantara ny mety ho fahatsapanao raha toa ka eo amin'ny toeran'i Edward Partridge ianao ary niteny anao ny zavatra nataony tao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 36 ny Tompo.

B Hazavao ireo izay Nianaranao

Aorian'ny famakiana ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 36:2 sy ny fizarana «Fahatakarana ny Soratra Masina» amin'io andininy io, dia hazavao ny zavatra nianaranao momba ny fahazoana ny fisoronana.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 37–38

Miangona ao Ohio ary Mandosira amin'ireo Fahavalonareo

Ny fahombiazan'ireo mpitory ny filazantsara izay nijanona tao Kirtland, Ohio, tamin'ny dian'izy ireo ho any Missouri hitondra ny filazantsara any amin'ireo Lamanita (jereo F&F 32:1–3) dia nampitombo izaitsizy tokoa ny isan'ny mpikambana tato amin'ny Fiangonana. Tao anatin'ny telo herinandro monja dia nanao batisa olona miisa 127 izy ireo, izay nampitombo ho avo roa heny ny isan'ny mpikamban'ny Fiangonana izay niorina vao valo volana. Raha toa ka nahafinaritra tokoa ny zavatra niainana tao Kirtland, ny fanenjehana tao New York dia tsy nitsaha-nitombo hatrany. Rehefa mamaky ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 37–38 ianao, dia jereo ireo didy sy torolalana nomen'ny Tompo ny Fiangonana mba hanampy azy ireo hamaha izany olana izany.

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 37

Ilaina (and. 1, 3)—Ara-dalàna, maha-te-ho tia



Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 38

Serafima (and. 1)—Avy amin'ny anjely

Rovitina (and. 8)—Tatahana

Hanjaka (and. 12)—Hanapaka

Sitrako (and. 18)—Mifanaraka

Tsy mizaha tavan'olona (and. 26)—Tsy momba ny atsy na ny aroa

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 38:12—"Hijinja ny Tany, Hanangona ny Tsiparifary"

Ity andininy ity dia milaza ny fanoharan'ny Mpamonjy momba ny vary sy ny tsiparifary (jereo Matio 13:24–30, 36–43; jereo koa F&F 86:1–7).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 38:30—"Raha Efa Miomana Ianareo dia Tsy Hatahotra"

Ny Filoha Spencer W. Kimball dia nampianatra hoe: "Ny olona iray dia tokony handalina, hisaintsaina, hianatra ny soratra masina, ary hanamafy ny fijoroany ho vavolombelona mba hahafahany miomana mampianatra sy manofana. Ny Tompo dia niteny hoe: 'Raha efa miomana ianareo, dia tsy hahatahotra,' ary faniriantsika nanomboka hatramin'ny fahakelintsika mitohy amin'ireo taona maro mitondra fahamatorana, fa ny lesona nianarana tao amin'ny vondrona fanampiny, seminera sy institiota, nandritra ny takarivan'ny mpianakavy, tao amin'ny fivorian'ny Fanasan'ny Tompo, ary tamin'ireo toerana hafa dia hitondra ny tanora rehetra mba hiomana ka hanala ny tahotra" ("Advice to a Young Man: Now Is the Time to Prepare," *New Era,* Jiona 1973, 9).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 38:32—"Homeko anareo ny Didiko"

Izany fampanantenana izany dia tanteraka rehefa nandray ny fanambarana ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 42 tao Kirtland, Ohio ny Mpaminany Joseph Smith.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 38:32—"Hanafiana Anareo Amin-kery avy any Ambony"

Ny Loholona Bruce R. McConkie, izay mpikambana tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia nampianatra hoe: "Amin'ity fotoampitantanana ity, taorian'ny nandraisan'ireo loholona ny fanomezan'ny Fanahy Masina tamin'ny voalohandonan'ny Janoary 1831, ny Tompo dia nanomboka nanambara tamin'izy

ireo fa manana amby ampy amin'ny hery hanafiana ireo izay mahatoky Izy (F. & F. [38:32]; 43:16), 'ny fitahiana toy izay dia mbola tsy fahita teo anivon' ny zanak' olombelona.' (F. & F. 39:15.) Tamin'ny Jiona 1833, dia hoy izy 'Nomeko anareo ny didy mba hanorenanareo trano, ka ao amin' izany trano izany no kasaiko hanafiana ireo izay efa nofidiko amin' ny hery avy any ambony. Fa izany no fampanantenan' ny Ray ho anareo; koa mandidy anareo hitoetra Aho, toy ireo apostoliko tao Jerosalema.' (F. & F. 95:8–9; 105:11–12, 18, 33.)" (*Doctrinal New Testament Commentary*, 3 vols. [1966–73], 1:859).

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny roa amin'ireto asa manaraka ireto (A–D) rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 37–38 ianao.

A Ampitahao amin'ny Fiainanao Manokana ireto Fanambarana ireto

1. Inona no zavatra nolazain'ny Tompo tamin'ny Fiangonana mba ho ataony noho ireo fahavalony ao amin'ny faritry New York?
2. Ny mpikamban'ny Fiangonana dia mety miatrika karazana fahavalo samihafa ankehitriny kanefa ny Tompo dia mitohy hatrany manome torolalana amin'ny fomba hialana amin'izy ireny. Tanisao ny sasany amin'ireo torohevitry ny Tompo izany nomeny amin'izao androntsika izao mba hialana amin'ny loza.

B Manoroa hevitra ny Namana

Ndeha atao hoe manana namana akaiky ianao izay nanao fanapahan-kevitra diso ary nijaly mafy sy tao anatin'ny alahelo. Ampiasao ireo zavatra novakianao tao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 38:1–12, mba hanoratana taratasy ho an'ilay namanao ka hitanisanao ireo antony maro izay hitanao ao amin'ireo andininy ireo ny amin'ny tokony hanarahany ny Tompo ary handraisany ny toroheviny fa tsy hihainoany an'izao tontolo izao.

D Toetra sy Fepetra Hahazoana an'i Ziona

Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 38:18–42, ny Tompo dia nampianatra ny Mpaminany Joseph Smith momba an'i Ziona, na "ny tany izay nampanantenaina," izay azon'ireo Olomasina haorina raha toa ka mijanona ho mahatoky izy ireo.

1. Manaova tsanganana roa ao anaty kahienao. Ao amin'ny tsanganana voalohany, dia tanisao ireo andininy mampianatra ny toetoetr'izany tany izany. Ao amin'ny faharoa, dia tanisao ireo toetra tsy maintsy tahafin'ny Olomasina mba ho mendrika amin'izany tany nampanantenaina izany.
2. Manorata andalantsoratra iray izay manazava ny mahasamihafa io tany io amin'ny tany izay itoerantsika ankehitriny ary ny tena hitiavanao hiaina amin'izany tany nampanantenaina izany.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 39–40

James Covill—Ilay Fampanantenana
Nomena sy Ilay Fampanantenana Very

Nahoana araky ny eritreritrao no tena sarotra ny manova ny fahazarana sy ny fomba amam-panaonao? Ny fampahatsiahivana ireo fahazarana ireo ve vao maika manamora na manasarotra ny fiovana? Niharan'ny trangan-javatra toy izany i James Covill. Pasitera Batista nandritra ny efapolo taona izy tamin'ny fotoana nanatonany ny Mpaminany Joseph Smith hangatahany fanambarana. Tadiavo ny fampanantenana sy ny fampitandremana nomen'ny Tompo azy ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 39. Ary jereo ihany koa ny zavatra nofidiny ho atao sy ny vokatr'izany ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 40.

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 39

Mitataovovonana (and. 3)—Atoandro na misasak'andro

Natolotro (and. 8)—Nalefa, nomena

Hohazonin'ny tanako tsy hamaly (and. 16, 18)—Mampihantona ny famaizana

Mandratsana (and. 17)—Vonona sy Niomana

Tonga masina (and. 18)—Masina

Hôsanà (and. 19)—Avy amin'ny teny Hebreo manao hoe "Vonjeo re izahay"

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 40

Niaraka tamin'izay (and. 2)— Avy hatrany

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny asa A sy ny asa B na D rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 39–40 ianao.

A Fiovam-po Goavana



Manaova sary fo anankiroa ao anaty kahienao ary soraty eo amin' ny fo iray ny hoe "Ankehitriny" ary eo amin'ny ilay iray hafa ny hoe "Taloha."

1. Vakio ny sasintenin'ny fizarana ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 39 sy ny andininy 7–13. Soraty ao anatin'ny fo voalohany ny zavatra nolazain'ny Tompo mikasika ny fon'i James Covill ary inona no zavatra nasaina ho ataony noho izany.
2. Vakio ny sasintenin'ny fizarana ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 40 sy ny andininy 1–3. Soraty ao anatin'ny fo faharoa ny fiovam-po nisy teo amin'i James sy ny anton'izany. Hazavao koa ny zavatra hitranga aminy noho izany fiovana izany.
3. Ampitahao ny zava-nitranga tamin'i James Covill sy ny fanoharan'ny Tompo ao amin'ny Marka 4:3–9, 14–20. Iza amin'ireo tany ireo no mifanakaiky kokoa amin'ny fon'i James Covill?

B Manaova Tolotr'asa

Ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 39:10–24 dia maneho ireo andraikitra manan-danja sasantsasany izay an'ny misiônera. Eritrereto ny fomba hanoratana tolotr'asa "Mitady Fanampiana" ao anaty gazety iray. Amin'ny alalan'ny fampiasana ireo fahalalana ao amin'ireo andininy ireo, dia soraty ny tsy maintsy toetra sy ny ho ataon'ny misiônera. Soraty ary ny tolotr'asanao: "Mitady: Misiônera amin'ny fotoana feno."

D Manorata Tantara

Vakio ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 40:1–3, izay milaza ny antony tsy nanarahan'i James Covill ny fitarihana avy amin'ny Tompo. Avy eo dia manorata tantara foronina fohy momba ny lehilahy iray amin'izao andro izao izay mitovy fahalemena amin'i James Covill kanefa afaka kosa mandresy izany, ka manka-to ny Tompo, ary dia manompo tamin'ny fitoriana ny filazantsara.

Ny Fiangonana tao Ohio sy Missouri

"Ireo taona maro izay nitrangan'ny ankamaroan'ny zava-nitranga teo amin'ny finoana Môrmôna tao Ohio sy Missouri dia anisan'ny tena goavana indrindra sy nampalahelo eo amin'ny tantaran'ny [Fiangonana]. Nandritra io fotoana io no nanorenana ny fitantanana fototry ny Fiangonana. Maro ireo fotopampianarana fototra sy miavaka nambaran'i Joseph Smith tao. Tamin'izany vao niparitaka tany ivelany ny asa; ary ny mifanohitra tamin'izany fivoarana izany kosa dia nihahenjana ny fanenjehana ny Fiangonana hany ka nanaraka hatramin'ny ain'ireo olona maro izany ary maro tamin'ireo Olomasina no niaritra fijaliana.

"Nandritra izany fitrangan-javatra manan-tantara izany izay niseho tamin'ireo toerana roa ireo [tao anaty fotoana iray], dia voafetra ihany ny fifandraisan'ireo vondrona roa ireo satria noho ny fahasarotan'ny dia fivezivezena, na dia nandeha nivezivezy araka izay nilaina tamin'ireo toerana roa ireo aza ny mpitarika ny Fiangonana" (Hinckley, *Truth Restored*, 41).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 41

Inona no Antsoina hoe Mpianatra Marina?

Nifindra tany Ohio ny Mpaminany Joseph Smith sy ny fianakaviany nandritra ny volana Janoary sy febroary 1831. Tamin'ny fotoana nahatongavan'izy ireo tany dia efa nitombo teo amin'ny telonjato teo ny isan'ny mpikamban'ny Fiangonana tamin'izany faritra izany. Ny ankamaroan'ireo niova fo dia avy tamin'ny vondrom-pivavahana nantsoina hoe "Ny Mpianatra." Satria izy ireo mbola vaovao ihany teo amin'ny filazantsara, dia nentin'izy ireo niaraka tamin'izy ireo ilay antsoin'ny Mpaminany hoe "hevitra hafahafa sy ny fanahy sandoka" (sasin-tenin'ny fizarana F&F 41). Nandritra ny volana maro, na dia taorian'ny nahampikamban'ny Fiangonana azy ireo aza, dia mbola nanohy nampihatra ilay antsoina hoe "lova tsy mifindra" izy ireo, na ilay fihazonana ireo fananana rehetra miaraka. Kanefa dia nisy tsy fifanarahana teo amin'izy ireo tamin'ny fomba nentina nanatanterahina izany. Momba izany indrindra dia nanoratra i John Whitmer hoe: "Ireo mpianatra dia nanana ny zavatra rehetra niarahana ary vetivety tokoa dia nahatonga fahapotehana izany tamin'ny zavatra arapanahy, fa araka ny fandraisan'izy ireo ny soratra masina dia ny fananan'ny rahalahy iray dia an'ny rahalahy rehetra, ka noho izany dia mifampaka akanjo sy fananana hafa izy ireo ary ampiasaina tsy ilàna fifampierana izany, izay nitondra fifandirana sy fahadisoam-panantenana, satria tsy takatr'izy ireo ny soratra masina" (nambara tao amin'ny "Church History," Journal of History, Jan. 1908, 50).

Maro tamin'ireo niova fo teo aloha no nikorontan-tsaina momba ny fiasan'ny Fanahy tamin'ireo mahatoky. I John Corrill, izay mpikambana niova fo tany Ohio, dia sorena tamin'ny fihetsiky ny sasany izay nilaza fa nandray fanambarana: "Toa hafahafa ny fitondrantenan'izy ireo, indraindray toa maka tahaka ny fomban'ny Indiana amin'ny fomba fiasan'izy ireo, indraindray mihazakazaka manerana ny saha, mipetraka eo amin'ny foto-kazo ary mitory teny tahaka ny voahodidin'ny mpiangona maro izany,—izay toa tafalatsaka tanteraka tao amin'ny fahitana ka tsy takatry mahatsapa ny zava-mitranga rehetra nanodidina azy intsony" (nambara tao amin'ny Church History in the Fulness of Times, *92).*

Inona marina no zavatra takiana amin'ny olona iray izay maniry ny ho mpianatr'i Jesoa Kristy? Rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 41 ianao, dia jereo ny tenin'ny Tompo momba ireo izay Mpianany sy ny tsy Mpianany. Avy amin'ny zavatra nolazain'ny Tompo momba an'i Edward Partridge, dia mino ve ianao fa tena isan'ireo lany ho mpianatra marina izy? Ianao koa ve?

Edward Partridge

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 41

Efa nanaiky (and. 1)—Mody mino

Mpianatra (and. 5)—Mpanaradia mahatoky sy mankato

Mety (and. 6–7)—Marina, araka ny tokony ho izy

Fivarotany (and. 9)—Ny asany amin'ny maha-mpanao satroka azy

Fitaka (and. 11)—Tsy fahamarinan-toetra, famitahana

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny asa A sy B rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 41 ianao.

A Nahoana Ianao no Te-ho Mpianatra?

Mitovy tahaka ny andron'ny Mpaminany Joseph Smith ihany, dia maro ireo hevitra samihafa eto amin'izao tontolo izao momba ny hoe manao ahoana ny mpianatra marin'i Jesoa Kristy.

1. Avy amin'ny famakianao ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 41:1–6, dia fintino ny famaritan'i Jesoa ny tena mpianatra (jereo koa F&F 6:32; 41:5; 52:40).
2. Avy amin'ny fianaranao ireo andininy ireo, inona no itiavana ho antsoina hoe mpianatra?

B Ahoana no Fiasan'izany Ankehitriny?

Nantsoina ho eveka voalohan'ny Fiangonana i Edward Partridge (jereo F&F 41:9–12). Hatramin'izay fotoana izay, dia an'arivony ireo lehilahy mahatoky izay nanaiky ny antso hanompo ho eveka. Manaova tafa sy dinika amin'ny evekanao taloha na ny ankehitriny na ny Filohan'ny sampana misy anao, ary anontanio azy ny dikan'ity andian-teny manaraka ity: "Nantsoina aho," "feon'ny Fiangonana," "notendrena ho eveka," ary "izy dia madio am-po." Soraty ao anaty kahienao ny valinteniny.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 42

Ny Laläàn'ny Tompo ho an'ny Fiangonany

Ny Tompo dia nandidy ny mpikamban'ny Fiangonana mba hifindra any Ohio ary nolazainy ireo fa any Izy no hanome ny Laläàny (jereo F&F 38:32). Ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 42 dia nomena mba hahatanteraka izany fampanantenana izany. Mampahafantatra mikasika ny laläàn'ny fanokanana ny ampahan'izany fanambarana izany. Inona no zavatra fantatrao momba izany laläàna izany? Mbola mihatra ve izany ankehitriny? Rehefa mandalina ity fizarana ity ianao, dia eritrereto ny fahasamihafana hisy eto amin'izao tontolo izao raha toa ka miaina ny didy nomena ao anatin'izany ny rehetra. Diniho am-pitandremana ireo didy izay ilainao ankatoavina am-pahavitrihana rehefa manomana ny tenanao ianao amin'ny Fiavian'i Jesoa Kristy Fanindroany.

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 42

Mirakitra (sasin-tenin'ny fizarana)—Mitahiry, mandrakotra

Mandika laläàna (and. 10)—Tsy mankato ny didy

Toromarika (and. 13)—Torolalana, fitarihana

Hifikitra (and. 22)—Ho mahatoky, marina

Hozaraina (and. 30–31)—Omena

Mpitandrina (and. 32)—Mpanompo mahatoky nomena andraikitra hiahy ny fananan'ny tompony

Mihoatra (and. 33)—Fanampiny

Tsikombakomba miafina (and. 64)—Olon-dratsy izay manao fanekena miafina amin'ny devoly

Handatsa (and. 68)—Hahita ny diso eny amin'ny hafa

Tambiny (and. 72)—Karama

Fijangajangana (and. 74)—Fahotana araka ny filàna

Hiombona (and. 88)—Minamana indray, miaraka

Hanarina (and. 90)—Hahitsy

Hanarina (and. 91–92)—Hahitsy

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 42:12—Inona no Antsoina hoe "Fahafenoan'ny Filazantsara"?

Ny Filoha Joseph Fielding Smith dia nanazava ny tian'ny Tompo lazaina rehefa niteny Izy fa ny Bokin'i Môrmôna dia mirakitra ny fahafenoan'ny filazantsara: "Misy olona manana fomba fijery tahaka izao mikasika izany, raha toa ka tsy misy zavatra voarakitra mikasika ny maha mandrakizay ny fanambadiana sy ny batisa ho an'ny maty ao anatin'ny Bokin'i Môrmôna. Ny famakiana

am-pitandremana dia mampiseho fa ny Tompo dia tsy niteny fa mirakitra ny fitsipika rehetra amin'ny fahafenoany izany, fa ny fahafenoana ilaina amin'ny fototry ny Fiangonana sy ny Filazantsarany. . . . Aoka tsy hadinontsika fa ny batisa ho an'ny maty dia tsy fotopampianarana vaovao, fa kosa fampiharana ny fitsipiky ny batisa ho an'ireo maty. Hatreto aloha raha mikasika ny resaka fanekempihavanana mandrakizay, dia ampianarina ao amin'ny soratra masina rehetra izany. Ny fitsipika fototra nanorenana ny Fiangonana sy nitondrana ny olona ho amin'ny fibebahana dia hita amin'ny endriny feno ao amin'ny Bokin'i Môrmôna. Ho Fanampin'izany, ny dikan'ny teny hoe 'fahafenoana' izay ampiasaina amin'ny soratra masina dia midika hoe 'ampy,' na ampy amin'ny antony ilaina azy. Nandritra ny nanambarantsika ny fanalahidy rehetra sy ny fahefana ary ny fitsipika ilaina hitondrana ny olona miverina eo anatrehan'Andriamanitra amin'ny fisandratana, raha toa ka mankato izy ireo, dia mbola maro ireo fitsipiky ny fahamarinana mbola hambara, izay mbola tsy havoaka ho antsika noho ny tsy fananantsika finoana sy fankatoavana. (Jereo 3 Nefia 26:8–9.)" (*Church History and Modern Revelation,* 1:76–77).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 42:18—Ny Famonoana olona, Fahotana tsy Hahazoana Famelan-keloka

"Ny fahotana lehibe faharoa dia ny famonoana olona—izany hoe mandatsa-dra an-tsitrapo ny ran'ny tsy manan-tsiny. Momba io fahotana io dia niteny ny Tompo hoe: 'Ianao dia tsy hamono olona, ary izay mamono olona dia tsy hahazo famelana eo amin' izao fiainana izao na any amin' ny fiainana ho avy.' (F&F 42:18.) Izany dia fahotana *tsy hahazoana famelan-keloka intsony*, izay midika fa tsy azon'i Jesoa Kristy onerana (na 'avotana' na 'avela heloka') ny sazy angatahin'ny lalàna voadika. Na izany aza dia fahotana azo handraisana famelana izany fahotana izany; izany hoe, ny mpanota dia afaka manefa an'izany feno amin'ny alalan'ny tenany manokana, ary mahazo ny toetry ny olona voavela. Kanefa ny antony iray mahatonga io fahotana io ho fahotana tsy hahazoana famelan-keloka dia satria mifototra amin'ny fibebahana ny famelan-keloka, ary ny mpamono olona dia tsy afaka mibebaka feno amin'ny fahotany satria tsy afaka mamerina ny ain'izay nesoriny izy" (Daniel H. Ludlow, *A Companion to Your Study of the Book of Mormon* [1976], 222).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 42:30–39—Ny Lalànan'ny Fanokanana

Ny hoe "manokana" zavatra iray dia manokana izany amin'ny antony iray mazava tsara. Ny lalàn'ny fanokanana dia mampianatra antsika fa ny zavatra rehetra dia an'ny Tompo ary ny zava-drehetra nomena antsika dia tokony ampiasaina hananganana ny fanjakany ety an-tany (jereo F&F 104:11–18). Tany am-boalohany teo amin'ny tantaran'ny Fiangonana, ny mpikambana izay mifidy hiaina izany lalàna izany dia manome, na manokana, ny volan'izy ireo sy ny fananan'izy ireo ho an'ny eveka ary etsy kosa dia mandray fitantanan-draharaha (vola, fananana, ary andraikitra hafa). Ny zavatra azon'izy ireo avy any ami'ny eveka dia lasa fananan'izy ireo, ary ny mpikambana dia mampiasa ireo izay azony hikarakarany ny zavatra ilain'ny tenany manokana sy ny tsy ampy ao amin'izy ireo. Na inona na inona vokarin'izy ireo mihoatra izay ilainy dia averin'izy ireo any amin'ny eveka ho an'ny mahantra sy ireo mila fanampianana (jereo F&F 42:30–39; 51:2–9). Ny lalàn'ny fanokanana dia manampy ny mpikambana mba tsy ho tia tena sy manomana azy ireo hiaina any amin'ny fanjakana selestialy. (jereo koa Mosesy 7:16–19.)

Nisy fotoana nanandraman'ireo mpikamban'ny Fiangonana sasany hiaina ny lalàn'ny fanokanana tao amin'ny fiaraha-monina nantsoina hoe "Firaisan-kina Milamina" kanefa tsy afaka ny niaina feno izany lalàna izany izy ireo (jereo F&F 105:1–5, 9–13). Ankehitriny, ny fahafolonkarena, ny fanomezan'ny fifadian-kanina, ny fandaharan'asa fifanampian'ny Fiangonana, antso ao amin'ny Fiangonana, ary ny fampianarana sy ny fitsidihana isan-tokantrano dia manampy antsika hiomana hiaina ny lalàn'ny fanokanana (jereo sasin-tenin'ny fizarana F&F 119). Ny Filoha Spencer W. Kimball dia nampianatra fa: "Ny fanokanana dia ny fanomezan'ny olona iray ny fotoanany, ny talentany, ary ny zavatra tiany mba hikarakarana ireo izay mila fanampiana—na ara-panahy izany na ara-batana—ary ho an'ny fananganana ny fanjakan'ny Tompo. Amin'ny Fandaharan'asa Fifanampiana, ny mpikambana dia manokana ny tenany rehefa miasa amin'ny famokarana tetik'asa iray, na manolotra fitaovana ho an'ny Deseret Industries, na mizara ny fahaiza-manao arak'asa hananany, na manome am-pahalala-tanana ny fanomezan'ny fifadian-kanina, ary mandray anjara amin'ireo asa fanompoana ao amin'ny paroasy sy ny kôlejy. Manokana ny fotoanany izy ireo amin'ny fampianarana sy famangiana isan-tokantrano. Manokana ny tenantsika isika rehefa manolotra ny tenantsika hanao zavatra" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Ôkt. 1977, 124; na *Ensign,* Nôv. 1977, 78).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 42:46—Ahoana no Hahafahan'ny Fahafatesana ho "Mamy"?

Ny Filoha Ezra Taft Benson dia nampianatra hoe: "Tokony ho tsaroantsika fa any ambadiky ny voaly any dia misy fivoriampianakaviana goavana sy fifaliambe. Ny fanaovantsika veloma sy ny fisarahantsika amin'ireo maty dia fotoana iray hivorian'izy ireo sy hitsenany izany fanahy izany. Raha ny tokony ho izy dia 'hitomany amin'ny famoizana an'izay maty,' isika satria izay no nandidian'ny Tompo antsika (jereo F&F 42:45). kanefa koa isika dia mahazo fampaherezana avy amin'ny Mpampionona ho an'ireo izay maty ao amin'ny Tompo [fa] 'tsy hanandrana fahafatesana fa ho mamy aminy izany' (F&F 42:46)" (*The Teachings of Ezra Taft Benson* [1988], 33).

Ny fahafatesana dia mampalahelo, fa tsy mampatahotra ho an'ireo marina.

"Ianao dia ho tia ny andefimandrinao amin' ny fonao manontolo, ka hifikitra aminy fa tsy amin' ny olona hafa" (F&F 42:22).

Afaka mandray anjara amin'ireo mila fanampiana isika amin'ny alalan'ny fandraisana anjara amin'ny fanomezan'ny fifadian-kanina amin-kahalala-tanana.

Ny loholon'ny Fiangonana dia nantsoina mba hikarakara ireo marary.

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny asa B sy D ary ny iray amin'ny asa A na E rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 42 ianao.

A Ny Rafitra Handraisana Fanambarana

Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 42:1–3, ny Tompo dia nampanantena ny loholon'ny fiangonany fa rehefa manao zavatra izy ireo dia handray fanambarana izay tadiavin'izy ireo (izay ny fizarana 42).

1. Tadiavo ny andininy 1–3 ary tanisao ireo fepetra takian'ny Tompo izay nomeny mba handraisan'izy ireo ity fanambarana ity.
2. Ahoana no hahafahan'izany manampy anao mandray fanambarana avy amin'ny Tompo ho an'ny fianakavianao?

B Misafidiana Hevitra Iray Manan-danja

Ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 42 dia mirakitra zavatra maro momba ny torolalana ho an'ny Olomasina. Avereno vakiana ireto fehezan'andinin-tsoratra masina manaraka ireto. Misafidiana torolalana iray ary hazavao ny maha-zava-dehibe izany ho an'ny mpikambana ankehitriny:

1. Andininy 11–17
2. Andininy 18–29
3. Andininy 30—39
4. Andininy 40–52
5. Andininy 61–69
6. Andininy 74–93

D Ho toy ny Inona i Ziona araky ny Eritreritrao?

Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 42:9, 16–55 dia nanazava ny karazana fiainana izay hiainan'ny olony ao amin'ny Jerosalema Vaovao ny Tompo. Avy amin'ny famakianao ireo andininy ireo sy ny fizarana "Fahatakarana ny Soratra Masina," dia ataovy ny iray amin'ireto asa manaraka ireto:

1. Asehoy araka ny eritreritrao ny ho fahasamihafan'ny fiainana iainana raha toa ianao ka miaina amin'ny fiaraha-monina tahaka izany. Mitanisa ohatra fito farafahakeliny amin'izany fahasamihafan'ny fiainana izany, ary tanisao ny andininy mifanaraka amin'izany ohatra tsirairay izany.
2. Manorata tantara, tahaka ny lahatsoratra raketina ao amin'ny diary, izay milazalaza ny zava-mitranga mandritry ny andro iray eo amin'ny fiainanao raha toa ka miaina ao Jerosalema Vaovao ianao. Ao amin'ny tantaranao, dia fariparito hoe tahaka ny inona no ho endriky ny trano, sy fiaraha-monina ary ny fiainana an-tsekoly ao ary manomeza andininy isaky ny ohatra omenao.

E Fenoy ny Tabilao

Ny Tompo dia nampiasa ny teny *mangataka* in-telo ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 42:61–68. Manaova tabilao mitovy amin'izao manaraka izao ao anaty kahienao ary tadiavo ireo andininy hamenoana ny tabilao.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 42	Anontanio hoe Inona?	Nahoana no Zava-dehibe no Mahafantatra?
Andininy 61		
Andininy 62		
Andininy 68		

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 43

Ny Fomba Hiresahan'ny Tompo Amintsika

Mbola latsaky ny herintaona ny nitsanganan'ny Fiangonana tamin'ny nandraisan'ny Mpaminany Joseph Smith ny fanambarana tao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 43. Maro ireo mpikambana izay tsy nahatakatra ny dingana sy ny lamina handraisana ny fanambarana. Ny Tompo dia efa nampianatra mialoha momba ny fanambarana (jereo F&F 21; 28; 42), kanefa mbola tsy navoaka ireo fanambarana ireo ary tsy mbola naparitaka. Vokatr'izany, nisy ireo fahadisoana izay mateti-pitranga ka nahatonga fifandirana ary indrindra fahadisoam-panantenana. Ohatra, taloha kelin'ny nanomezana ity fanambarana ity, dia nisy vehivavy tao Kirtland, Ohio, izay nilaza azy ho mpaminany vavy ary niezaka ny hitarika olona maro ao am-piangonana hanaraka ny fampianarany sy ny lazainy hoe faminaniana.

Rehefa mamaky ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 43 ianao, dia jereo ny zavatra lazain'ny Tompo momba ny fanomezana ny fanambarana ao am-piangonana sy ny momba ny adidin'ny mpikambana tsirairay. Mariho ihany koa ny lazain'ny Tompo momba ny fomba hitenenany an'izao tontolo izao ho fanampin'ny fitenenana amin'ny alalan'ny mpaminany ary ny antony ilainy antsika hihaino ny hafany.

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 43

Fitondrana (sasin-tenin'ny fizarana)—Governemanta

Toerany (and. 4)—Fitoerana

Hiditra amin'ny vavahady (and. 7)—Atao batisa sy hanaraka ireo didy hafan'ny Tompo

Hifampahery (and. 8)—Mifanohana

Hohamasinina, fahamasinana (and. 9, 11, 16)—Mandio sy manamasina

Hofehezinareo (and. 9)—Fanekempihavanana

Diovina (and. 11)—Manadio

Fitafiana (and. 13)—Akanjo

Hotafiana (and. 16)—Fitahiana, nomena fanomezana

Hamoahana ny feony (and. 18, 21–23)—Miteny

Firenena matory (and. 18)—Olona maro izay maty

Sikino ny valahanareo (and. 19)—Miomana ianareo

Na mifatotra na afaka (and. 20)—Na andevo na olona afaka

Tafio-drivotra (and. 25)—Tadio manapotika

Areti-mandringana (and. 25)—areti-mifindra

Ny Fisafoahan'ny fahavinirako (and. 26)—Ny hatezerako

Arivotaona (and. 30)—Fotoana mandritra ny arivo taona izay hanjakan'i Kristy eto an-tany

Hovana (and. 32)—Maty ary mitsangana ami'ny maty

Fahamasinana (and. 34)—Zavatra masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 43:2–5—Ny Filohan'ny Fiangonana irery ihany no Mandray Fanambarana ho an'ny Fiangonana Iray Manontolo

Ny Filoha James E. Faust, mpanolotsaina tao amin'ny Fiadidiana Voalohany, dia nanazava toy izao momba ny fitsipiky ny fanambarana ao amin'ny Fiangonana:

"Ny fitohizan'ny fanambarana sy ny fitarihana ny Fiangonana dia tonga amin'ny alalan'ny Filohan'ny Fiangonana, ary tsy hitarika ny Olomasina hivily lalana mihitsy izy.

". . . Ny mpikamban'ny Fiangonana tsirairay dia afaka mahazo fanambarana ho an'ny antson'izy ireo manokana sy ny eo amin'ny andraikitr'izy ireo ary ihany koa ho an'ny fianakavian'izy ireo manokana. Tsy afaka ny handray torolalana ara-panahy ho an'ireo manana fahefana ambony kokoa mihoatra azy izy ireo.

". . . Ireo izay milaza fa mandray fanambarana avy amin'Andriamanitra ho an'ny Fiangonana ivelan'ny lamina efa napetraka sy ny fantson'ny fisoronana dia diso lalana. Izany ihany koa dia mihatra amin'ireo izay manaraka azy ireo" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Apr. 1996, 6; na *Ensign,* Mey 1996, 7).

Ny fanambarana ho an'ny Fiangonana dia azo avy amin'ny alalan'izay nantsoin'Andriamanitra hitarika ny Fiangonany hatrany.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 43:31—Hofatorana i Satana Mandritra ny Arivotaona

Ny Filoha George Q. Cannon, izay mpanolotsaina tao amin'ny Fiadidiana Voalohany dia nampianatra fa: "Miresaka momba an'i Satana izay hofatorana isika. Hofatorana amin'ny alalan'ny herin'Andriamanitra i Satana; kanefa hofatorana ihany koa izy amin' ny alalan'ny tsy fihainoan'ireo olon'Andriamanitra azy, mba tsy hanana fahafahana hamehy azy ireo" (*Gospel Truth: Discourses and Writings of President George Q. Cannon,* sel Jerreld L. Newquist, 2 vols. [1957–74], 1:86).

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny roa amin'ireto asa manaraka ireto (A–E) rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 43 ianao.

A Inona no Zavatra Holazainao?

Ndeha atao hoe nihaona tamin'ny lehilahy iray ianao izay nilaza fa namaky ny Bokin'i Môrmôna ary mino fa marina izany. Nilaza ihany koa izy fa nahazo traikefa manokana ara-panahy ary nandray fanambarana manan-danja ho an'ny Fiangonana iray manontolo ka ilaina hampahafantarina. Ao amin'ny kahienao, dia manorata farafahakeliny fitsipika telo hita ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 43:1–7 izay manampy anao tsy ho voafitaka amin'ny toe-javatra toy izany. Inona no holazainao amin'izany olona izany?

B Ahoana no Hahafahana Manao Fivorian'ny Fiangonana Mahomby

1. Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 43:8–10, ny Tompo dia nampianatra ny zavatra tokony hitranga rehefa "mivory miaraka" amin'ny fivoriana na kilasy ao amin'ny Fiangonana. Tanisao ireo zavatra nolazainy fa tokony ho ataontsika.
2. Mahakasika ny tanjon'ny fivorian'ny fanasan'ny Tompo, ny Filoha Spencer W. Kimball dia nampianatra fa: "Raha mihira sy mivavaka ary mandray ny Fanasan'ny Tompo am-pahamendrehana ianao, dia mbola afaka mipetraka amin'ny ora manaraka midera am-pahombiazana tokoa na dia tsy dia manao ahoana loatra aza ny fandraisana anjaran'ireo mpiteny. Andraikitrao ny manome lanjany ny fivoriana amin'ny alalan' ny fandraisanao anjara" (*The Teachings of Spencer W. Kimball,* ed. Edward L. Kimball [1982], 514–15). Amin'ny fijerena ny torolalan'ny Filoha, manehoa zavatra telo azonao hatao matetika mba hanome antoka fa hiseho aminao ao amin'ny fivorian'ny Fiangonana izay atrehinao ny zavatra nolazain'ny Tompo ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 43:8–10.

D Misy Fomba Maro Hiresahany

1. Tadiavo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 43:17–25 ary tanisao ao ny fomba nolazain'ny Tompo hiresahany amin'ny olony ety an-tany. Ny teny hoe *hamoahana ny feony, antso,* sy *feo* dia tokony hanampy anao hahita ireo fomba maro ireo.
2. Nahoana ny Tompo araka ny eritreritrao no mampiasa fomba maro hiresahana amin'ny olona? Avy amin'ny zavatra niainanao na niainan'ny hafa, dia inona ihany koa ireo fomba hafa hanampianao izany lisitra izany?

E Tanisao ireo Firaketana Sasany

Eritrereto ny torolalan'ny Tompo manao hoe "raketo ao am-ponareo ireo zavatra ireo" (F&F 43:34), ary tanisao ny fampianarana telo avy amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 43 izay tianao hotsaroana. Hazavao ny antony nisafidianana ny fampianarana tsirairay. Zarao amin'ny fianakaviana na namana izany.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 44

Ny Tanjon'ny Fihaonambe

Ndeha atao hoe mipetraka ao am-piangonana ianao ary misy filazana fa ny fihaonamben'ny tsatòka dia atao afaka tapabolana. Niondrika kely nankany aminao ny namanao iray ary niteny hoe, "tena tsy tiako mihitsy ny tsy mamonjy fotoampivavahana toy ny mahazatra noho ny fihaonamben'ny tsatòka. Fa nahoana isika no tsy maintsy manao fihaonambe e? Inona no fanazavana entinao? Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 44, ny Tompo dia nandidy ny Fiangonana hivory miaraka mandritra ny fihaonambe. Ny anton'izany sy ny fitahiana nampanantenainy antsika dia mbola mijanona ho marina foana mandrak'ankehitriny ho an'ny paroasintsika, sampana, tsatòka, distrika, misiôna ary ny fihaonamben'ny fiangonana.

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 44

Fanarahana ny (Sasin-teny)—Fankatoavana ny

Fatorana(and. 5)—Drafitra enti-mamandrika na fangejana

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 44:2–5—Fitahiana azo avy amin'ny Fihaonambe

Ny Filoha Howard W. Hunter, fony izy mpikambana ao amin' ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, dia niteny hoe: "Ny fotoanan'ny Fihaonambe dia fotoana mamelombelona ny arapanahy izay mampitombo sy manamafy ny fahalalana sy ny fijoroana ho vavolombelona fa velona Andriamanitra ary mitahy ireo izay mahatoky izy. Fotoana izay hahatsapana mahamay ao ampo ho an'ireo izay manaiky ny hanompo sy hitandrina ny didiny mikasika ny fahatakarana fa i Jesoa no Kristy, ilay zanak'Andriamanitra velona. Ny Fihaonambe no fotoana izay hanomezan'ireo mpitondra antsika ny fitarihana mitaona fanahy izay momba ny fitondrantsika ny fiainantsika—fotoana iray izay mampientanentana ny fanahy ary mamporisika hanapakevitra mba ho lehilahy sy vady tsaratsara kokoa, sy ho reny, zanakalahy sy zanakavavy mankato kokoa, ary ho namana sy mpiray tanàna tsaratsara kokoa" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Ôkt. 1981, 15; na *Ensign*, Nôv. 1981, 12).

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny asa A rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 44 ianao.

A Ny Herin'ny Fihaonambe

1. Araka ny voalazan'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 44:1–5, dia inona no nampanantenain'ny Tompo an'ireo loholona mahatoky izay mankato ny didiny ka mivory miaraka mandritra ny Fihaonambe? Ahoana no hahafahan'izany fampanantenana izany ho tanteraka amin'ny fihaonambentsika ankehitriny?
2. Manorata mikasika ny fotoana iray izay nandraisanao fitahiana na niainanao fivoarana ara-panahy noho ny zavatra nolazaina na natao nandritra ny fihaonamben'ny paroasy, sampana, tsatòka na ny fihaonamben'ny Fiangonana. *Na* manorata tatitra fohy momba ny hafatra manan-danja nandritra ny fihaonamben'ny paroasy, tsatòka, na ny fihaonamben'ny Fiangonana.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 45

Ny Fiavian'i Jesoa Kristy Fanindroany

Ahoana ny fahatsapanao rehefa mieritreritra ny Fiavian'i Jesoa Kristy Fanindroany ianao? Ny Filoha Joseph Fielding Smith dia nilaza hoe: "Tsy andrinay ny hitrangan'izany fotoana izany. Manantena izany izahay. Mivavaka ho an'izany izahay. Ho faly ny olo-marina rehefa tonga izy, satria ho tonga eto an-tany ny fandriam-pahalemana [sy] ny fahamarinana ho an'olon-drehetra" (Doctrines of Salvation, *3:14*).

Ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 45 dia manambara zavatra betsaka momba ny Fiaviana Fanindroany. Ny Mpaminany Joseph Smith dia nilaza fa ity fanambarana ity dia nitondra fifaliana ho an'ny Olomasina tamin'ny fotoana nilazana zavatra diso maro nolazaina sy nosoratana momba ny Fiangonana, ary tamin'ny fotoana nanenjehana ireo mpikambana (jereo sasin-tenin'ny fizarana F&F 45). Rehefa mamaky ity fanambarana ity ianao, dia eritrereto ny fomba hahafahan'ny hafatra entin'izany hitondra fifaliana tamin'ny fotoanan'ny fanenjehana. Ahoana no hahafahan'izany hitondra fifaliana ho anao mandritra ny fotoanan'ny fitsapana na rehefa manely tsaho momba anao sy ny fivavahanao ny hafa?

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 45

Naparitaka(sasin-tenin'ny fizarana)—Manely

Hanaiky (sasin-tenin'ny fizarana)—Manaiky

Izay rehetra eo aminy (and. 1)—Ny olon-drehetra ao aminy

Mpisolovava (and. 3)—Mpiaro, Olona iray misolo vava eo amin'ny toeranao

Faneva (and. 9)—Saina na famantarana

Fanavotana (and. 17, 46)—Fanomezana

Famerenana (and. 17)—Manambatra izany indray, manangona

Faharavana, rava (and. 19, 21, 31, 33)—Fahapotehina, potika

Ambiny (and. 24, 43)—Ampahany kely na singany

Ho betsaka ny faharatsiana (and. 27)—Ho maro ny fahotana

Fampianarana (and. 29)—Didy, fitsipika

Fotoana (and. 30–31)—Fetran'ny fotoana

Lasana (and. 31)—Maty

Loza manafotra (and. 31)—Fahapotehina lehibe na fahoriana

Samy hafa (and. 33)—Isan-karazany

Manaroka (and. 37)—Mitsiry ny raviny

Ity toerana ity (and. 43)—Jerosalema (toerana nisy an'i Jesoa Kristy raha nanome voalohany ity toriteniny ity izy)

Ity tendrombohitra ity (and. 48)—Tendrombohitra Oliva hita teny Jerosalema

Hitresaka roa (and. 48)—Hizara roa

Fahadalany (and. 49)—Hadalana

Atambo (and. 50)—Faharatsiana

Miara mitory mba hanao ratsy (and. 50)—Olona izay manimbazimba ireo zavatra masina

Hitomany (and. 53)—Hisaona, hahatsapa alahelo mafy

Firenen'ireo mpanompo sampy (and. 54)—Ireo izay tsy nihaino ny filazantsaran'i Kristy

Fialofana (and. 66)—Trano fandraisana, trano fiarovana

Mahatahotra (and. 70)—Azo antoka, tsy mety resy

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 45:22–23—"Ny Fiafaran'izao Tontolo izao"

Araka ny Joseph Smith—Matio 1:4, "ny fiafaran'izao tontolo izao" dia manamarika ny famotehina ireo olon-dratsy.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 45:23–26—Fotoana inona eo amin'ny Tantara no Resahina eto amin'ity Faminaniana ity?

Ny zavatra ampianarin'i Jesoa Kristy ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 45:16–59 dia tena mora takatra rehefa azontsika tsara ireo fanontaniana roa napetraky ny mpianatr'i Jesoa fahiny. Voalohany, te-hahafantatra izy ireo ny fotoana haharavan'ny tempolin'i Jerosalema. Faharoa, te-hahafantatra izy ireo ny Fiaviana Fanindroan'i Jesoa, izay hamongorana ny olon-dratsy sy hanjakan'i Kristy ho Mpanjakan'ny Mpanjaka (jereo Matio 24:3; Joseph Smith—Matio 1:4). Nieritreritra ny mpianany fa ireo tranga roa ireo dia samy hiseho amin'ny fotoana iray, kanefa nampianarin'i Jesoa azy ireo fa hitranga amin'ny fotoana samihafa izany. Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 45:18–21, ny Mpamonjy dia nampianatra amin'ny ankapobeny momba ny fahapotehan'ny tempoly. Ao amin'ny andininy 22–24 dia manazava ny fifandraisan'ireo fanontaniana roa ireo Izy. Ny andininy 25 sy 53 dia miresaka ny faminaniana amin'ny andro farany sy ny Fiaviana Fanindroany, ary ny andininy 54–59 dia momba ny Arivotaona, na ny fotoana mandritra ny arivo taona izay hanjakan'i Kristy eto an-tany.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 45:25–31—"Ny Fotoan'ny Jentilisa"

Ny Filoha Ezra Taft Benson dia nampianatra hoe:

"Ny Tompo dia nanendry izao andro hiainantsika izao ho 'fotoan'ny Jentilisa.' Ny firenena Jentilisa dia nantsoina ihany koa hoe firenena Kristiana—Amerika Avaratra sy Atsimo ary ny firenena Eoropeana izay niaviantsika. Ny 'fotoan'ny Jentilisa' dia mampiseho ny fotoana namerenana tamin'ny laoniny teto amin'izao tontolo izao ny filazantsara (1830) izay hitoriana indray ny filazantsara any amin'ny Jiosy—rehefa nolavin'ny Jentilisa izany. Izao no nanazavain'ny Tompo izany:

" 'Ary rehefa tonga ny fotoan' ny Jentilisa, dia hiposaka eo anivon' ireo mitoetra ao amin' ny haizina ny hazavana, ary izany no fahafenoan' ny filazantsarako;

" '*Kanefa tsy raisiny izany*; satria tsy hitany ny hazavana ary aviliny hiala Amiko ny fony noho ny fampianaran'.

" 'Ary ao amin' izany taranaka izany no ho tanteraka ny fotoan' ny Jentilisa.' (F&F 45:28–30; nampiana sora-mandry.)

"Ho fantantsika ny fotoan'ny Jentilisa izay miha-manakaiky ny fahatontosan'ireo famatarana ireo:

" 'Ary amin' izany andro izany no handrenesana ady sy filazana ady; ary ho ao anaty korontana ny tany manontolo, ary ho reraka ny fon' ny olona ka holazainy fa manemotra ny fiaviany hatrany amin' ny fiafaran' ny tany i Kristy.

" 'Ary hihamangatsiaka ny fitiavan' ny olona ary ho betsaka ny faharatsiana.' (F&F 45:26–27.)

" 'Ary ihany koa, ity filazantsaran'ny fanjakana ity dia hotoriana manerana izao tontolo izao, mba ho vavolombelon'ny firenen-drehetra, ary ho avy ny farany, na ny famotehana ny olon-dratsy' (DJS, Matio. 24:32).

"Moa ve isika tsy vavolombelon'ny fahatontosan'ireo famantarana ireo ankehitriny? Ny filazantsara dia miparitaka any amin'ny firenen-drehetra izay mamela ny misiônerantsika hiditra amin'ireo firenena ireo. Mihamiroborobo sy mihalehibe ny Fiangonana. I Satana, ilay fahavalon'ny olona rehetra dia romotra eo ampiahiahiana ny hafohin'ny fotoana ananany— dia miezaka mamotika ireo rehetra izay tiantsika" ("Prepare Yourself for the Great Day of the Lord," *New Era*, Mey 1982, 47).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 45:32—"Ireo Toerana Masina"

Ny Tompo dia nilaza fa ireo mpianany dia tsy hiaina ny fitsarana mahatahotra amin'ny andro farany raha toa izy ireo ka mitsangana eo amin'ireo toerana masina. Inona ireo toerana masina ireo? Nampianatra ny Filoha Ezra Taft Benson: "Ny vehivavy sy lehilahy masina dia mitsangana eo amin'ny toerana masina, ary ireo toerana masina ireo dia ny fitambaran'ny tempolintsika, ny trano fiangonantsika, ny tokantranontsika, ary ny tsatòkan'i Ziona" (*Come unto Christ* [1983], 115).

Ny Tompo dia nanambara zavatra betsaka momba ireo toerana masina ireo ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 45:64–71, izay ampianarany momba ny fanangonana ny Olomasina sy ny fananganana an'i Ziona.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 45:60–61—Nandika ny Testamenta Vaovao ve i Joseph Smith?

Ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 45:60–61 dia mampiseho ny fandikan'i Joseph Smith ny Baiboly dikantenin'ny Mpanjaka Jakoba. (Mba hahazoana fanazavana fanampiny dia jereo ao amin'ny fizarana «Fahatakarana ny Soratra Masina» ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 35:20–21 (p. 42); Torolalana ho an'ny Soratra Masina, "Dikantenin'i Joseph Smith," p. 29).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 45:68—Inona no antsoina hoe Ziona?

Jereo ny fanazavana momba an'i Ziona ao amin'ny "Ireo Olona sy ny Zava-mitranga ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana" (p. 270).

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny telo amin'ny ireto asa manaraka ireto (A–F) rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 45 ianao.

A Nahoana Isika no Tokony Hihaino?

1. Tadiavo ary asio marika ireo teny sy andian-teny ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 45:1–15 izay manasa antsika "hihaino" ny Tompo (jereo koa ny teny sy ny andian-teny toy ny "mihainoa," "henoy," ary "mampandria sofina," izay fanasana mba hihaino). Im-piry isika no nasaina mba hihaino Azy?
2. Tanisao ireo andininy mampianatra momba an'i Jesoa Kristy izay manome antsika antony tsara mba hihaino Azy.
3. Avy amin'ireo lisitra izay notanisainao, dia mifidiana iray amin'ireo antony ary hazavao ny maha-zava-dehibe izany aminao.
4. Rahoviana araka ny eritreritrao no tena sarotra ny mihaino ny Tompo? Ahoana no hahafahan'ireo izay notanisainao hanampy anao hihaino bebe kokoa Azy eo amin'ny fiainanao?

B Arindrao sy Ampiharo ireo Fampahalalana ireo

1. Manaova tabilao ao anaty kahienao, ary asio tsanganana isaky ny fotoan-dehibe izay nitenenan'ny Mpamonjy ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 45:16—59 izany. Isaky ny tsanganana, dia soraty ny zavatra nolazainy fa hitranga mandritra izany fotoana izany.

Toe-javatra Hitranga voalaza ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 45

Fotoan'ny Apôstôlin'i Jesoa	Fotoan'ny Jentilisa	Fotoan'ny Fiaviana Fanindroany	Fotoan'ny Arivotaona

2. Nahoana araka ny hevitrao no nomen'ny Tompo ireo fampahalalana ireo?
3. Hazavao ireo antony roa farafahakeliny izay maha-zava-dehibe eo amin'ny fiainanao ny fampahalalana voalaza ato amin'ity fanambarana ity.

D Fakafakao ny Hafatra

Nilaza i Jesoa fa natahotra ny mpianany noho ny zavatra izay nolazainy tamin'izy ireo (jereo F&F 45:34).

1. Avereno vakiana ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 45:26–34 ary tanisao ao ny ny voalazan'i Jesoa izay nampitahotra sy nampiahiahy azy ireo.
2. Avereno vakiana ny andininy 35–44. Inona no nolazain'i Jesoa izay milaza ny antony "tsy tokony hahatahotra" (and. 35) an'ireo Mpianany na dia eo aza ny toe-javatra izay efa nambarany.

E "Zavatra Lehibe no Miandry Anareo"

Ndeha atao hoe asain'ny eveka na ny Filohan'ny sampana misy anao ianao hanao lahateny momba ny andro farany sy ny Fiavian'i Jesoa Kristy Fanindroany. Nilaza izy fa maro ny olona no mifantoka amin'ny voka-dratsin'ny andro farany ary tiany ny hanamafisanao ireo vokatra tsara izay andrandrain'ny olo-marina. Tiany ihany koa ny hanamafisanao ny zavatra azontsika atao hiomanana hihaona amin'ny Mpamonjy am-pifaliana rehefa tonga Izy. Tanisao ireo hevitra avy amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 45 izay tianao ampidirina amin'izany lahateny izany. Mariho ireo andinin-tsoratra masina izay ahitana izany hevitra tsirairay izany.

F Fiarovana eo Anivon'ny Olon-dratsy

1. Araka ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 45:32, ahoana no hahafahan'ny mpianatry ny Tompo miala amin'ny faharatsiana amin'ny andro farany?
2. Inona no fanazavana fanampiny nomen'ny Tompo ao amin'ny andininy 62–71?
3. Inona ihany koa no azonao hanampiana ny voalazan'ny Tompo ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 115:5–6?
4. Manorata momba ny hahafahan'ny Fiangonana ho toeran'ny "fandriampahalemana," "fiarovana," na "fialofana" ho anao.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 46

Ny Fanomezam-pahasoavan'ny Fanahy

Araka izay efa nianaranao, ny Fiangonana naverina tamin'ny laoniny tany am-boalohany dia feno mpikambana mavitrika sy manolo-tena, kanefa tsy ampy traikefa ihany koa izy ireo amin' ny fomba fiasan'ny Tompo. Mila fitarihana izy ireo momba ny fomba tian'ny Tompo hanatanterahana ny raharahany ao amin' ny Fiangonany. Ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 46 dia noraisina ho valin'ny fanontaniana sy ny fifandirana momba ny fomba fitantanana fivoriana sy ny fahatakarana ireo fanomezam-pahasoavana isan-karazany avy amin'ny Fanahy Masina izay nampanantenaina ireo mpino. Hita ao anatin'ity fanambarana ny fomba hanomezana izany fanomezana izany, ohatra amin'ireo karazan'ny fanomezam-pahasoavana, ary ireo torolalana ampiasana ireo fanomezam-pahasoavana ireo.

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 46

Nandika lalàna (and. 4)—Nanota

Namitram-pihavanana (and. 4)—Nibebaka

Fatratra (and. 5–6, 8)—Aminkitsimpo, amim-pikarakarana sy am-pitandremana

Manome malalaka (and. 7)—Malala-tanana

Hangolena (and. 7)—Diso lalana

Manarana amin' ny filandratsiny (and. 9)—Manao izany am-pitiavantena

Mampifanaraka (and. 15)—Mampiditra, mampitovy

Hamantatra, mamantatra (and. 23, 27)—Mahafantatra sy mahatakatra ny fahasamihafana, mitsara

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 46:11—Ny Tsirairay dia Nomena ny Fanomezam-pahasoavana

Ny Loholona Marvin J. Ashton, izay mpikambana tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia nilaza hoe:

"Ny iray amin'ny zava-doza lehibe indrindra eo amin'ny fiainana, amiko, dia rehefa misy olona iray milaza fa tsy manan-talenta izy na tsy manana fanomezam-pahasoavana. Rehefa leo na kivy isika, dia mamela ny tenantsika ho tratran'ny fahakiviana noho ny fanambaniantsika loatra ny tenantsika, ary ho fotoana mampalahelo ho antsika izany ary ho fotoana mampalahelo eo imason'Andriamanitra. Ny filazantsika fa tsy manana fanomezam-pahasoavana isika rehefa mitsara ny tenantsika araky ny tsanganana, ny faharanitan-tsaina, ny habetsahan'ny isa azo tamin'ny fanadinana, ny fahasalamana, hery, toerana misy antsika, na endrika ivelany hananantsika dia tsy hoe tsy marina fotsiny izany fa tena fahadisoan-kevitra mihitsy. . . .

"Nanome antsika tsirairay avy talenta miavaka iray na maromaro Andriamanitra. . . . Miankina amintsika tsirairay avy ny fikarohana sy fampitomboana izany fanomezam-pahasoavana nomen'Andriamanitra izany. Tsy maintsy tsaroantsika fa isika rehetra dia noforonina araka ny endrik'Andriamanitra, ary tsy misy olona tsy manan-danja izany. Ny olon-drehetra dia manan-danja eo imason'Andriamanitra" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Ôkt. 1987, 23; na *Ensign,* Nôv. 1987, 20).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 46:11–29—Moa ve ireo Daholo ny Lisitry ny Fanomezam-pahasoavana?

Ny Loholona Bruce R. McConkie, izay mpikambana tao amin' ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia nanamarika fa "ny fanomezam-pahasoavana dia tsy manam-petra amin'ny isa ary tsy misy fiafarany eo amin'ny karazany. Ireo lisitra voatanisa amin'ny fanambarana dia fanehoana fotsiny ihany ny loharanontsompitry ny fahasoavan'ny lanitra izay omen'ilay Andriamanitra manakarem-pahasoavana ho an'izay tia sy manompo Azy" (*A New Witness for the Articles of Faith* [1985], 371). Ho fanampin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 46, dia tanisao ireo fanomezam-pahasoavana hita ao amin'ny 1 Korintiana 12 sy Môrônia 10.

Ny Loholona Marvin J. Ashton dia nitanisa ireo fanomezam-pahasoavana izay tsy dia voaresaka matetika: "Ny fanomezam-pahasoavan'ny fangatahana; ny fanomezam-pahasoavan'ny fihainoana; ny fanomezam-pahasoavan'ny fandrenesana sy ny fampiasana ny feo tony sy malefaka; ny fanomezam-pahasoavan'ny fitomaniana; ny fanomezam-pahasoavan'ny fialana amin'ny fifandirana; ny fanomezam-pahasoavan'ny

fanekena; ny fanomezam-pahasoavan'ny fialana amin'ny famerimberenam-poana; ny fanomezam-pahasoavan'ny fikatsahana ny marina; ny fanomezam-pahasoavan'ny tsy fitsaratsarana; ny fanomezam-pahasoavan'ny fikatsahana fitarihana avy amin'Andriamanitra; ny fanomezam-pahasoavan'ny mahampianatra; ny fanomezam-pahasoavan'ny fikarakarana ny hafa; ny fanomezam-pahasoavan'ny fahafahana mandinika; ny fanomezam-pahasoavan'ny fanolorana vavaka; ny fanomezam-pahasoavan'ny fijoroana ho vavolombelona mafonja; ary ny fanomezam-pahasoavan'ny fandraisana ny Fanahy Masina" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Ôkt. 1987, 23; na *Ensign,* Nôv. 1987, 20).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 46:15—"Ny Maha-samihafa ny Asa Fanompoana"
Ny "maha-samihafa ny asa fanompoana" dia miresaka momba ny asa fanompoan'ny mpitarika ny fisoronana ao amin'ny Fiangonana.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 46:16—"Ny Maha-samihafa ny Asa"
"Ny fahafantarana ny fahasamihafan'ny asa" dia ny fahafantatra na avy na tsy avy amin'ny Tompo ny fisehoana ara-panahy (jereo koa Joseph Smith—Matio 1:22).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 46:24–25—Ny Fanomezam-pahasoavan'ny Fiteny Hafa sy ny Fanomezam-pahasoavan'ny Fandikana ireo Fiteny
Ireo fanomezam-pahasoavana ireo dia matetika miseho ao tanjon' ny Fiangonana amin'ny asa fitoriana rehefa mianatra fiteny hafa ireo misiônera mba hahafahan'ireo naman'ny Fiangonana mahatakatra ny filazantsara izay ampianarina azy ireo ary hahazoany ny fijoroana ho vavolombelona avy eo. Ny Mpaminany Joseph Smith dia nampianatra fa: "Ny fiteny dia nomena mba ho tanjon'ny fitoriana any amin'ireo izay miteny ny fiteny tsy fantatra; tahaka ny tamin'ny andron'ny pentekôsta, sns, ary tsy dia ilaina ny hampianarana manokana izany fiteny izany ao am-piangonana, fa na iza na iza manana ny Fanahy Masina dia afaka miteny ny zavatr'Andriamanitra amin'ny fiteniny manokana ary ihany koa miteny amin'ny fiteny hafa; fa ny finoana dia tsy miseho amin'ny alalan'ny famantarana, fa amin'ny alalan'ny fandrenesana ny tenin'Andriamanitra" (*Teachings of the Prophet Joseph Smith,* 148–49).

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny roa amin'ireto asa manaraka ireto (A–D) rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 46 ianao.

A Karohy ny Valiny Omen'ny Tompo

1. Vakio ny sasin-tenin'ny fizarana ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 46. Amin'ny inona no hanomezan' ny Tompo torolalana amin'ity fanambarana ity?
2. Araka ny andininy 1–8, inona no torohevitry ny Tompo amin'izany tranga izany?
3. Inona ireo fahalalana fanampiny izay azontsika avy amin'ny fampianaran'ny Tompo ao amin'ny 3 Nefia 18:28–32?

B Manampy ny Mpikambana Vaovao Hahatakatra

Tanisao ireo hevitra telo izay tsapanao fa manan-danja ho an'ny mpikambana vaovaon'ny Fiangonana amin'ny fahatakarana momba ny fanomezam-pahasoavan'ny Fanahy Masina izay nazavaina tao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 46. Mariho ny andininy na ireo andininy nahitanao ireo hevitra ireo ary hazavao fohifohy ny antony nisafidiananao izany.

D Mikatsaka ireo Fanomezam-pahasoavana

1. Avy amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 46:8–12, dia tanisao ny tian'ny Tompo ho takatsika momba ny fanomezam-pahasoavan'ny Fanahy Masina.
2. Jereo tsara ny fanomezam-pahasoavan'ny Fanahy Masina voalaza ao amin'ny andininy 13–27 ary araka ny voalazan'ny Loholona Ashton ao amin'ny fizarana "Fahatakarana ny Soratra Masina" ao amin'ny andininy 11–29. Manorata momba ny fanomezam-pahasoavana roa izay tianao hananana. Hazavao ny antony hitiavanao azy ireo—ary tazony ao an-tsaina hatrany ny nolazain'ny Tompo ao amin'ny andininy 8–12.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 47

Antso mba ho Mpirakitra Tantara

Hatramin'ny andro namerenana tamin'ny laoniny ny Fiangonana, ny Tompo dia nandidy ny mba hitanana rakitsoratra sy tantara (jereo F&F 21:1). Ny soratra masina dia mampianatra fa hotsaraina araka ny boky isika sy ny rakitsoratra notanantsika (jereo Apôkalypsy 20:12; F&F 128:7). Ny tantara voarakitra ara-potoana dia loharano tena manan-danja amin'ny fampianarana ny filazantsara ary amin'ny fanamafisana ny fijoroana ho vavolombelona hatramin'ny andron'i Adama (jereo Mosesy 6:5–6, 45–46; 1 Nefia 3:19–20; Môsià 1:2–5). Rehefa mamaky ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 47 ianao, sy ny niantsoana an'i John Whitmer hirakitra ny tantaran'ny Fiangonana, dia eritrereto ny fiantraikan'izany aminao amin'ny firaiketana ireo tantara manan-danja.

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 47

Hitana (sasin-tenin'ny fizarana)—Antso na toerana
Ilaina (and. 1–2)—Ara-dalàna
Tsy miato (and. 1)—Mitohy hatrany, tsy misy diso

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny asa A rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 47 ianao.

A Mahafantatra ny tokony Hosoratana

1. Araka ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 47, ahoana no hahafantaran'i John Whitmer ny zavatra tokony hosoratany ao amin'ny tantara?
2. Amin'ny fomba ahoana no nahazoanao fitahiana vokatry ny fihazonan'ny olona iray an-tsoratra ireo tantara?
3. Amin'ny fomba ahoana hahafitahiana ho an'ny hafa ny firaiketana an-tsoratra hazoninao?

Ny Filoha Spencer W. Kimball dia nanoro hevitra hoe: "Makà kahie iray, . . . diary iray izay haharitra amin'ny fotoana rehetra, ary angamba ny anjely dia hindrana teny avy ao anatin'izany amin'ny mandrakizay. Atomboy androany ary soraty ao anatin'izany ny zava-mitranga aminao rehetra, ny fisaintsainanao lalina, ny fahombiazana sy ny fahalavoanao, ny fikambanana misy anao sy ny fandresenao, ny fomba fijerinao sy ny fijoroanao ho vavolombelona" (" 'The Angels May Quote from It,' " New Era, Ôkt. 1975, 5).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 48

Mividy Tany ao Kirtland

Nitohy niangona tao Kirtland, Ohio, ny mpikamban'ny Fiangonana, izay faritra nambara vokatry ny fanambarana nomena tamin'ny Desambra 1830 (jereo F&F 37; jereo koa F&F 38). Ireo mpitarika anefa dia nahafantatra fa tsy ilay toerana ho an'i Ziona i Kirtland. Etsy ankilany dia tsy mbola fantatr'izy ireo akory hoe aiza izany Ziona izany. Hafiriana no hijanonan'ny mpikambana ao Kirtland? Ho fotoana fohy ve no hijanonan'izy ireo ao alohan'ny handehanana any Ziona? Ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 48 dia voaray ho valin'ny fanontanian'ny Mpaminany Joseph Smith momba izany zavatra izany. Ity fanambarana ity dia iray amin'ireo ohatra maro ao amin'ny soratra masina mampiseho fa ny Tompo dia manome torohevitra amin'ny zavatra mahakasika ny ara-nofo ary ny zavatra mahakasika ny ara-nofo dia matetika mampisy fiantraikany any amin'ny zavatra mahakasika ny ara-panahy.

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 48

Fomba tokony arahina (sasin-tenin'ny fizarana)—Rafitra maty paika

Fahazoana(sasin-tenin'ny fizarana)—Mahazo, mividy

Toeram-ponenanareo (and. 1)—Ny tokantranonareo

Araka izay mahamety izany ho an' ny toe-piainanareo (and. 1)—Araka ny tsara indrindra ilainareo

Hanome (and. 2)—Manome, mizara

Rahalahy avy any atsinanana (and. 2)—Mpikamban'ny Fiangonana avy any New York sy Pennsylvanie ho any Ohio

Hanomboka (and. 6)—Fanombohana

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 48:6—Ny Fanangonana dia eo Ambanin'ny Fitarihan'ny Fiadidiana Voalohany

Tsy tokony ho voafitaka isika mikasika ny fanangonana ny Olomasina na ny fananganana an'i Ziona amin'ny andro farany. Araka ny voalazan'ny Filoha Harold B. Lee hoe: "Ny Tompo dia nametraka mazava tsara ny andraikitra izay hitantanana ny asa fanangonana eo am-pelatanan'ireo mpitariky ny Fiangonana, izay hanambarany ny toerana sy ny fotoana hanaovana ny fanangonana amin'ny ho avy. . . . [ny mpikamban'ny Fiangonana] dia tsy tokony hanelingelina ny fahatsapan'izy ireo mandrapahatongan'ny torolalana any amin'izy ireo araka ny efa nambaran'ny Tompo tamin'ireo manampahefana amin'izany" (*Ye Are the Light of the World* [1974], 167).

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny asa A rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 48 ianao.

A Karohy ny Valiny

Vakio ny sasin-teny ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 48, andininy 1–6 ary valio ireto fanontaniana manaraka ireto:

1. Inona no lazain'ny Tompo izay manambara fa ny toerana fanangonana farany ho an'ny Olomasina dia tsy ho ao Kirtland, Ohio?
2. Inona no nolazain'ny Tompo mba ho ataon'ireo Olomasina?
3. Inona no ampiasain'izy ireo ny volany?
4. Inona no antony nilazan'ny Tompo fa afaka manapa-kevitra ho an'ny tenan'izy ireo izy ireo na "araka izay heveriny fa tsara" (and. 3)? (jereo koa F&F 58:26–29; 62:4–5).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 49

Hafatra ho an'ny Firaisan' ny Fiarahamonin'ny Mpino ny Fisehoan'i Kristy Fanindroany (Shakers)

Raha misy olona milaza aminao hoe: "Tsy mampaninona izay finoanao. Fa ny tena manan-danja dia rehefa miaina fiainana tsara ianao dia izay." Dia inona no holazainao? Moa ve ny finoantsika dia misy fiantraikany amin'ny fiainantsika? Raha miova izany finoana izany, amin'ny fomba ahoana no mampisy fiantraikany izany amin'ny fomba fisainana? Amin'ny fomba ahoana no hampisy fiovana eo amin'ny fomba fiainantsika noho ny fahatakarana ny fahamarinana mandrakizay?

Rehefa mamaky ny sasin-tenin'ny fizarana ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 49 ianao, ny Firaisan' ny Fiarahamonin' ny Mpino ny Fisehoan' i Kristy Fanindroany (Shakers) dia vondrom-pinoana izay nanana mpikambana marobe tokoa nanakaiky an'ny Kirtland, Ohio. Ny sasin-tenin'ny fizarana ihany koa dia mampiseho ny fahasamihafana teo amin'ny finoan'izy ireo sy ny fotopampianaran'ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny. Rehefa mamaky ny fotopampianarana tsirairay izay natintraterin'ny Tompo ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 49 ianao, dia saintsaino ny fiantraikan'ny fahafantarana ny fahamarinana iray eo amin'ny fomba fiainantsika.

Fivorian'ny Shaker fahiny

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 49

Fiainan'ny mpitovo (sasin-tenin'ny fizarana)—Tsy manambady mihitsy na tsy misy firaisana ara-nofo mihitsy

Norarana (sasin-tenin'ny fizarana)—Tsy nankatoavina

Hifandahatra aminy (and. 4)—Manazava ny fahamarinana amin'ny fomba fahazoan'izy ireo azy

Sitraka (and. 6)—Nirina na nosafidiana

Hasandratra (and. 10, 23)—Apetraka eny amin'ny toerana avo

Mba hahatratraran' ny tany ny tanjona namoronana azy (and. 16)—Manatontosa ny tanjona araka ny namoronana azy

Fatrany (and. 17)—Isa feno na antontan'isa

Mampifady amin'ny (and. 18)—Tsy mihinana

Fitafy (and. 19)—Akanjo

Hiroborobo (and. 24–25)—Voatahy, miroborobo

Vodilaharana (and. 27)—Fiarovana avy any aoriana

Hangaihay (and. 27)—Afabaraka, sahirana

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 49:8—Iza ireo "Lehilahy Masina"?

Ny Filoha Joseph Fielding Smith dia nilaza fa ireo "lehilahy masina" voalaza ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 49:8 "dia ireo olona niova tarehy tahaka an-dry Jaona Mpanambara sy ireo Nefita Telolahy, izay tsy ao anatin'ity taranaka ity kanefa izy ireo dia mbola olombelona eto an-tany manatanteraka iraka manokana mandrampiavin'i Jesoa Kristy indray" (*Church History and Modern Revelation,* 1:209).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 49:24–25—Ireo Faminaniana izay Hitantsika fa Tanteraka

Ireo mpikambana Shakers dia nino fa ny Fiaviana Fanindroany dia efa niseho. Ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 49:24–25 dia nilaza mikasika ny faminaniana roa izay mbola ho tanteraka alohan'ny Fiaviana Fanindroany. Tamin'ny fotoana nanomezana ity fanambarana ity, dia kely ireo porofo mivaingana entina hilazana fa ho tanteraka ireo faminaniana ireo. Amin'izao androntsika izao, dia hitantsika ny firoboroboan'i Ziona eny amin'ny havoana sy ny tendrombohitra eny andrefan'i Etazonia ary Lamanita an-tapitrisany no tonga ato amin'ny Fiangonana ary miroborobo.

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny asa A rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 49 ianao.

A Ahitsio ireo Fotopampianarana Diso

1. Zarao roa ny pejy ao amin'ny kahienao. Ao amin'ny tsanganana voalohany dia tanisao ireo finoan'i Shaker izay hazavaina ao amin'ny sasin-tenin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 49. Ao amin'ny tsanganana faharoa dia tanisao ny voalazan'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 49 izay mampianatra ny fanitsiana ireo finoan'i Shaker ao amin'ny tsanganana voalohany.
2. Amin'iray amin'ireo finoan'i Shaker ireo, dia mitadiava soratra masina ao amin'ny Baiboly izay manitsy ireo fotopampianarana diso ireo. Soraty izany ho soratra masina mifandray miaraka amin'ny fanazavana izay soratanao ao amin'ny tsanganana faharoa.
3. Inona no mety ho fiovana araka ny eritreritrao izay ateraky ny fahatakarana ny fotopampianarana marina izay hazavaina ao amin'ity fanambarana ity? Raha avadika dia hoe, nahoana no zava-dehibe ny finoanao? Amin'ny valiny omenao, dia ampiasao ireo ohatra avy amin'ny fotopampianaran'ny Tompo izay hazavainy ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 49 ary hazavao ny mety ho fiantraikany izany amin'ny fomba fiainanao ankehitriny sy mandrakizay.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 50

Mahatakatra ny Fiasan'ny Fanahy

Tamin'ny fotoana namerenana ny Fiangonana tamin'ny laoniny, dia anisan'ny finoana niraisan'ireo fiangonana Kristiana maro ny hoe mampisy fiantraikany aty amin'ny vatan'ny olona iray ny fanomezam-pahasoavan'ny Fanahy. Ohatra, ny olona iray izay heverina fa feno ny Fanahy Masina mandritry ny fivoriam-pinoana iray dia afaka manao zavatra toy ny miteny mafy amin'ny fiteny tsy fantatra, mianjera amin'ny tany, mifanintonintona, mahita "fahitana" sady fanina, sy ny sisa. Na dia mahazo fijoroana ho vavolombelona momba ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny aza ny mpikambana vaovao, dia matetika izy ireo no tsy manala tanteraka ny fahazaran-dratsiny na ny fomba amam-panaony. Vokatr'izany, izany fisainana hafahafa izany dia niseho matetika tao amin'ny fivorian'ny fiangonana naverina tamin'ny laoniny tany am-boalohany.

I Parley P. Pratt, izay taty aoriana dia lasa mpikambana voalohany tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, dia nosembatsembanin'izany fisainana hafahafa izany ary dia nitady torohevitra tany amin'ny Mpaminany Joseph Smith. Ho valin'izany dia nomen'ny Tompo ny Mpaminany ny fanambarana hita ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 50.

Manohy manandrana mamitaka sy manajamba ireo olomasina votsa sy tsy matotra amin'ny fakana tahaka amparanitan-tsaina ny Fanahy Masina hatrany i Satana. Rehefa mamaky ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 50 ianao, dia tadiavo ireo torolalana izay manampy anao mba tsy ho voafitaka. Tadiavo koa ireo fomba fiasan' ny Fanahy mba hahafahanao mandray feno ny fitaomany sy ny fitahiany.

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 50

Fitrangana (sasin-tenin'ny fizarana)—Trangan-javatra tsy dia mahazatra

Fahavetavetana (and. 4)—Fisainana ratsy sy mahatohina

Mpihatsaravelatsihy (and. 6–8)—Olona mihevi-tena ho marina nefa tsy marina

Fahavalo (and. 7)—Satana

Mahazo hery (and. 22)—Matanjaka, Mafy

Fiampangana manevateva (and. 33)—Manaratsy na manameloka an-kitsirano

Mba tsy ho resy (and. 33)—Miala amin'ny Fanahy diso

hampahery (and. 37)—Mamporisika sy mampianatra

Hisakana (and. 38)—Manemotra, maka izany eny an-dalana

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 50:24—Handray Hazavana Misimisy kokoa Mankany amin'ny Fahatanterahana



Nilaza ny Mpaminany Joseph Smith fa: "Mino izahay fa Andriamanitra dia namorona olona izay afaka manana saina mandray torolalana, sy fahaiza-manao izay hahafahana hampitombo ny ampahany amin'ny fiarenesana sy ny zotom-po nomen'ny fahazavana voaray avy any an-danitra ho an'ny faharanitan-tsaina; ary arakaraka ny hanatonan'ny olona ny fahatanterahana, dia hihamazava ny fahitany, hihalehibe ny hafaliany, mandra-pahareseny ireo ratsy eo amin'ny fiainany sy tsy hananany faniriana hanao ny ratsy rehetra; ary tahaka ireo olona fahiny, ho tonga amin'izany dingan'ny finoana izany izay ho voarakotry ny hery sy ny voninahitry ny Mpahary azy, ary dia voaray hiara-honina Aminy. Kanefa hitanay hatreto fa izany toe-javatra izany dia tsy mbola nisy olona nahavita" (*History of the Church*, 2:8).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 50:30–34—Famantatra ireo Fanahy

Nanoro hevitra ny mpikamban'ny Fiangonana ny Tompo amin'ity fanambarana ity mba hivavaka hahafantarana raha avy amin'Andriamanitra ny trangan-javatra miendrika ara-panahy, zavamitranga, fampianarana, na olona. Raha toa ka marin-toetra sy mahitsy ny olona iray, dia ho ampahafantarina amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy Masina ny valiny. Ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 6:22–24; 8:2–3; sy 9:7–9 no isan'ireo soratra masina izay nianaranao izay afaka hanampy anao hahafantatra ny fanamafisan'ny fitaoman'ny Fanahy Masina. Ho fanampin'izany, ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 46 dia mampianatra fa ny fanomezam-pahasoavan'ny fahaizana mamantatra dia nomena ny eveka sy ireo mpitariky ny Fiangonana hafa izay mihazona ny fanalahidin'ny fisoronana. Ny torohevitr'izy ireo dia hanampy antsika hiala amin'ny fandrika.

Ny Filoha George Q. Cannon, izay Mpanolotsaina tao amin'ny Fiadidiana Voalohany dia nilaza hoe: "Iray amin'ireo fanomezam-pahasoavan'ny Filazantsara izay nampanantenain'ny Tompo ho an'ireo izay miditra amin'ny fanekempihavanana atao Aminy dia ny fanomezam-pahasoavan'ny famantarana ny fanahy—fanomezana izay tsy eritreretin'ny maro sy tsy dia nangatahina am-bavaka loatra; kanefa dia fanomezana izay tena manan-danja loatra ary tokony hazonin'ny Olomasin'ny Andro Farany rehetra. . . . Tsy tokony hisy Olomasina tsy manana io fanomezana io, satria maro ireo karazana fanahy eto amin'izao tontolo izao izay mikatsaka ny hamandrika sy hamotika hatrany" (*Gospel Truth*, 1:198).

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny asa B sy ny roa amin'ireto asa ireto (A, D, na E) rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 50 ianao.

A Fantaro ireo Vokatra

Vakio ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 50:1–9 ary vakio ireto fanontaniana manaraka ireto:

1. Inona no vokatra azo rehefa manatona ny Tompo am-piraisankinan'ny fo ireo filankevitry ny mpitarika?

2. Inona no fitahiana amin'ny faharetana amin'ny finoana?

3. Inona no vokatry ny fihatsaraham-belatsihy?

B Ny Andraikitry ny Mpampianatra sy ny Mpianatra

Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 50:10–22, ny Tompo dia nanazava fa samy tompon'andraikitra na ny mpitory ny filazantsara na ny mandray ny fitoriana rehefa misy ny fianarana ny zavatra ara-panahy.

1. Avy amin'ireo andininy ireo, dia tanisao ny andraikitr'ireo mampianatra ny filazantsara.

2. Tanisao ny andraikitr'ireo izay mandray ny fampianarana.

3. Inona no nolazain'ny Tompo fa hitranga raha toa ka samy mandray ny andraikiny daholo ny andaniny sy ny ankilany?

4. Amin'ny fomba ahoana no hanampian'ny fanazavana ao amin'ity andininy ity anao mba tsy ho voafitak'ireo izay mampianatra fotopampianarana diso na manao asa amin'ny fomba izay tsy ankatoavin'ny Tompo?

5. Ahoana no ampiharanao izany torohevitry ny Tompo izany amin'ny iray amin'ireo kilasy misy anao any am-piangonana?

D Hazavao ireo Famantarana

1. Inona no nampitahain'Andriamanitra ny fahalalana ara-panahy ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 50:23–25?

2. Nahoana izany no lazaina fa famantarana tsara? Manomeza ohatra amin'izany famantarana izany izay miantefa amin'ny fiainantsika ara-nofo ary ampitahao izany amin'ny fiainantsika ara-panahy.

E Mianara Bebe Kokoa Momba ny Tompo

1. Inona no zavatra nianaranao momba ny Tompo avy amin'ny zavatra lazainy ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 50:40–46? (rehefa mamaly io fanontaniana io ianao, dia ataovy ao an-tsaina ny tanjon'ity fanambarana ity.)

2. Misafidiana andian-teny iray na andininy avy amin'ireo andininy izay manaitra manokana na manohina ny fonao. Soraty ny antony mahasarika anao amin'izany.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 51

Torolalana Fanampiny momba ny Lalàn'ny Fanokanana

Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 48:2, ny Tompo dia nandidy ny mpikamban'ny Fiangonana tao Ohio mba hizara ireo taniny ho ampiasaina amin'ny fanangonana ny Olomasina ao avy any antsinanan'i Etazonia. Nisy vondrona iray avy any Colesville, New York, no tonga taloha kelin'ny fanambarana tao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 51. Tany Thompson Ohio (akaikin'i Kirtland) izy ireo, toerana nisy an'i Leman Copley (izay nampahafantarina tao amin'ny F&F 49) izay nanana tany mihoatra ny 283 hektara, nomeny mba hiangonan'ny Olomasina. Ny fanambarana teo aloha (F&F 41–42) dia nametraka ny eveka ho tompon'andraikitra voalohany amin'ny fanampiana amin'ny raharaha mahakasika ny ara-nofon'ny mpikamban'ny Fiangonana. Ny eveka Edward Partridge dia nangataka fitarihana avy amin'ny mpaminany Joseph Smith momba ny andraikitra ao amin'ny anjara fanompoany sy ny fanampiany ny Olomasin'i Colesville nipetraka tao Thompson. Nentin'ny Mpaminany teo amin'ny Tompo izany fanontanian'ny Eveka Partridge izany ary dia ao amin'ny fizarana 51 ny torolalana fanampiny nomen'ny Tompo momba ny lalàn'ny fanokanana. (ity lalàna ity dia nambara tao amin'ny F&F 42:30–55.)

Rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 51 ianao, dia eritrereto ny fomba hanampianao ireo sahirana ao amin'ny faritra misy anao. Amin'ny fomba ahoana no hanampian'ity fitsipika ao amin'ity fanambarana ity anao hahatakatra bebe kokoa ny zavatra tokony ataonao?

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 51

Nifindra monina (sasin-teny)—Nifindra

Anjara (and. 3–5)—Ampahan'ny tany, entana, ary zavatra ilaina mba hivelomana

Voatolotra ho azy an-taratasy (and. 5)—Nosoratana ara-panjakana fa fananany

Mpitantan-draharaha (and. 19)—Olona tompon'andraikitra sy manana andraikitra amin'ny zavatra iray

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 51:5—"Tsy ho Voatanany ilay Fanomezana"

Manazava ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 51:3–5 fa rehefa miaina eo ambanin'ny lalàn'ny fanokanana ny olona, dia manome izy ireo, na manokana, ny zavatra rehetra ho an'ny Fiangonana. Ny eveka avy eo no manome azy ireo araka izay ilainy sy tadiaviny "mifanaraka amin'ny zavatra ilain'[izy ireo]" (and. 3). Manarak'izany, ny eveka dia manome azy ireo ny taratasy ara-dalàna amin'ny fananany—izany hoe lasa fananan'izy ireo madio-dio izay rehetra azon'izy ireo avy amin'ny eveka. Rehefa betsaka kokoa ny olona manome ao am-piangonana mihoatra ny zavatra ilain'izy ireo, tehirizina ao amin'ny trano fanobian'ny eveka izany ambiny izany mba ho ampiasaina ho an'ireo sahirana sy mila vonjy. Izany ilay "fanomezana" lazaina ao amin'ny andininy 5. Ity fanambarana ity dia milaza fa raha toa ka misy olona miala amin'ny Fiangonana, dia izay nomena azy ara-dalàna dia azony tazonina, fa ireo izay napetrany tao amin'ny trano fanobiana kosa dia tsy haverina aminy.

Ireo fanomezana omentsika amin'ny alalan'ny fotoana, asa, ary vola dia hamenoana ny trano fanobian'ny eveka entina hanampy amin'ny fikarakarana ny mahantra sy ny sahirana.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 51:10–11—Manome Vola Atokana ho an'ny "Fiangonana hafa"

"Ny Fiangonana hafa" eto dia milaza ireo sampana hafa an'ny Fiangonana. Ny dikan'ny torolalana nomena eto dia "ny fananan'ny sampan'i Colesville dia tsy tokony halain'ny sampana hafa" (Hyrum M. Smith sy Janne M. Sjodahl, *Doctrine and Covenants Commentary*, rev. ed. [1972], 299). Ny eveka dia amporisihana hanampy ny mahantra, na inona na inona fiangonana misy azy ireo.

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny asa A sy B rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 51 ianao.

A Inona no Dikan'Izany?

Araka ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 51:3, inona no dikan'ny hoe ny olon-drehetra dia mahazo anjara "mitovy" eo ambanin'ny lalàn'ny fanokanana?

B Ahoana ny Fanatanterahana izany Ankehitriny?

1. Manontania mpitarika ny Fiangonana ny fomba hikarakaran'ny eveka ny sahirana ao amin'ny Fiangonana ankehitriny. Soraty ao anaty kahie ny zavatra nianaranao.

2. Hazavao ny zavatra azonao atao hanampiana ny mahantra izay mitovitovy amin'ny fomba nomena ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 51. Ampidiro ihany koa ny "magazay" an'ny Fiangonana ankehitriny sy ny azonao omena amin'izany.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 52

Nambara i Ziona, ilay Jerosalema Vaovao

Ny fahazoana antso amin'ny asa fitoriana dia tena mampientanentana tokoa ho an'ireo misiônera niomana sy ny fianakaviany ary ny namany. Taoriana kelin'ny fihaonamben'ny Fiangonana tamin'ny 3–6 Jiona 1831, dia nanendry lehilahy mihoatra ny telopolo ny Tompo mba handeha ho any Missouri—anisan'izany ny Mpaminany Joseph Smith. Nandeha nisaratsaraka izy ireo, ary dia nitory hatrany teny andalana teny. Nomen'ny Tompo fampanantenana manokana izy ireo fa rehefa tonga ao Missouri, dia hambarany azy ireo ny "tany lovan'[izy ireo]" (F&F 52:5), izay raha araka ny fahazoan'izy ireo dia toerana misy ny tananan'i Ziona, na ilay Jerosalema Vaovaon'ny andro farany. Azonao sary antsaina ve ny fientanentana amin'ny fandraisana izany antso amin'ny asa fitoriana izany?

Tahaka ny misiônera ankehitriny, ny misiônera nantsoina tao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 52 dia mila torolalana sy torohevitra hanampy azy ireo mba hahomby. Ny Tompo dia nanome azy ireo "fankatahaka" (and. 14) mba hahatonga azy ireo ho mpitory marina sy azo ekena. Ny torohevitry ny Tompo dia tsy manampy antsika fotsiny mba ho azo ekena eo anatrehany, fa koa manampy antsika hiala amin'ny fandrik'ireo izay tena tsy misolo tena Azy.

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 52

Hatokana (and. 2)—Manokana

Sisa tavela amin'i Jakôba (and. 2)—Ampahany kely amin'ny tranon'i Isiraely

Mpandova (and. 2)—Olona manana zo ara-dalàna handova ny tany

Hikororoka azy tahaka ny akofa (and. 12)—Andian-teny iray entina milaza ny fanasarahana ny vary amin'ny akofa, fa eto ny heviny dia midika hoe "hofaranana ny aminy" na "manana hery mihoatra azy"

Manenina (and. 15–16)—Mibebaka sy manetry tena

Mampiorina (and. 16)—Manangana

Lalana samihafa (and. 33)—Lalana samy hafa

Ambiny (and. 39)—Tavela

Fanompoan-tsampy (and. 39)—Manome lanja zavatra iray mihoatra an'Andriamanitra

Hanafaingana (and. 43)—Maika ho tonga

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny asa A na B rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 52 ianao.

A Fankatahaka

Ny Tompo dia nanomana "fankatahaka" mba hialana amin'ny fahakiviana ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 52:14–19.

1. Avereno vakiana ireo andininy ary tanisao ireo toetra tsaran'ireo izay "nanaiky [Azy]" na ireo izay noheverina fa "avy tamin'Andriamanitra."
2. Tanisao ireo fitahiana izay ho tonga amin'ny olona mahazo ireo toetra tsara ireo.

B Torohevitra ho an'ny Misiônera

Ny fanambarana ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 52 dia nivantana manokana amin'ireo lehilahy izay nantsoin'ny Tompo hitory ny teniny. Manorata momba ny zavatra telo izay eritreretinao fa azon'ny misiônera ankehitriny ianarana amin'ny zavatra nolazain'ny Tompo tamin'izy ireo.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 53

Ny Antson'i Sidney Gilbert

Ny zanaky ny Ray any an-danitra tsirairay dia nomena fanomezam-pahasoavana sy talenta miavaka avy. Rehefa mampivelatra ny talentany sy ny fanomezam-pahasoavany ny olona iray ary mampiasa izany mba hanampy ny hafa, dia mahazo tombotsoa daholo ny olon-drehetra. Ny Apôstôly Paoly dia nampitaha ireo karazana fanomezam-pahasoavana sy talenta amin'ny fizarazaran'ny vatan'olombelona (jereo 1 Korintiana 12). Ohatra, raha toa ka ho loha daholo ny olon-drehetra, iza no hanao ny asan'ny tanana? Na raha toa ka ny olon-drehetra ka tanana, iza no hisaintsaina?

Inona avy ireo fanomezam-pahasoavana sy talentanao? Ahoana no ampiasainao azy ireny mba hanampy ireo mpiara-belona aminao sy hanorenana ny fanjakan'Andriamanitra? Ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 53 dia ohatra amin'ny fiantsoan'ny Tompo olona hiasa ao amin'ny fanjakany araka-raky ny fanomezam-pahasoavana sy ny talentan'ilay olona.

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 53

Fifidianana (and. 1)—Nofinidy

Ny sisa (and. 6)—Ny ambiny

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 53:4—"Ho Mpandraharaha ho an' ity Fiangonana ity"

I Sidney Gilbert dia mpiara-miasa amin'i Newel K. Whitney teo amin'ny fitantanana tsenam-barotra iray tao Kirtland, Ohio. Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 53, dia nantsoin'ny Tompo izy mba ho iraky ny Fiangonana, na manatanteraka ny fifanakalozana ara-barotry ny Fiangonana. "I Sidney Gilbert dia tena mpanao seraseram-barotra mahay tokoa. . . . Teo ampanangonana indrindra ny Olomasiny tamin'ny toerana vaovao ny Tompo, izay ho ao Missouri, ka dia nila lehilahy tahaka an'i Sidney Gilbert izy ireo mba hanatanteraka ny fifanakalozana ara-barotra ho azy ireo. Ny talentan'ny fanaovana serasera ara-barotra, rehefa atokana amin'ny fanompoana ny hafa, dia tsara sy tena ilaina ary antsoina hoe fanomezam-pahasoavana ara-panahy. Rehefa ampiasaina hanompoana ny fitiavan-tena sy tsy fahalalana onona anefa izany dia lasa ho fandrika sy ozona. Raha eo amin'ny fanompoana ny Tompo dia ho fitahiana izy ireo. Amin'ny mahairaka azy dia afaka manampy amin'ny fananganana ny Fiangonana izy" (Smith and Sjodahl, *Doctrine and Covenants Commentary,* 313).

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny asa A rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 53 ianao.

A Ampiasao ny Talentanao mba Hanampy amin'ny Fananganana ny Fanjakana

1. Ny Tompo dia niantso an'i Sidney Gilbert mba ho mpanao ny serasera ara-barotry ny Fiangonana, kanefa inona no zavatra nolazain'ny Tompo fa tsy maintsy ataony mba hahatonga azy ho mendrika hanao ity antso ity?
2. Araka ny eritreritrao, inona no fahasamihafana nitranga vokatr'izany torohevitra izany teo am-panatanterahany ny raharaha?
3. Eritrereto ny talenta anananao. Ahoana no ampiasaina izany talentanao izany mba hitahy ny fanjakan'ny Tompo?

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 54

Fanekempihavanana sy ny Vokany

Mahakivy sy ho toy ny fitsapana lehibe tokoa raha toa ka miezaka ny manao ny sitrapon'ny Tompo isika kanefa ny tsy fankatoavana sy ny faharatsian'ny sasany no mahatonga izany ho sarotra. Ny ohatra tsotra amin'izany dia mety hoe ny fanatrehana ny kilasy ao am-piangonana, fikatsahana ny hianatra sy hahatsapa ny Fanahy Masina, kanefa ny toetra sy ny asan'ny hafa ao an-dakilasy dia manasarotra ny fitrangan'ireo zavatra irinao ireo . Ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 54 dia miresaka momba izany toe-javatra izany izay nahavoasakana ny vondron'olona miezaka ny hitandrina ny didin'Andriamanitra noho ny asa tsy fankatoavan'ireo hafa.

Ao amin'ny fampidiran'ity boky torolalana ho an'ny mpianatra ity ho an'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 51 dia mamaky momba ireo vondron'Olomasina avy ao Colesville, New York ianao, izay nifindra nankany Thompson, Ohio, teo amin'ny tanimbolin'i Leman Copley. Ny Rahalahy Copley, taorian'ny nanatanterahany iraka tany amin'ny Firaisan' ny Fiarahamonin' ny Mpino ny Fisehoan' i Kristy Fanindroany (ny Shakers; jereo F&F 49), dia nandrava ny fanekena nataony teo aloha ny amin'ny hanokanany ny taniny ary nandà tsy hamela ireo Olomasina avy ao Colesville hifindra eo amin'ny tani'ny". Ny mpikambana mahatoky—indrindra ny Filohan'ny sampana, Newel Knight—dia nikatsaka ny fitarihan'ny Tompo tamin'ny alalan'ny Mpaminany Joseph Smith momba io trangan-javatra io. Ny fanambarana ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 54 sy 56 no valiny.

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 54

Tomoera tsara (and. 2)—Matokia, manompoa hatrany

Manenina (and. 3)—Manenina amin'ny fahotany ary vonona ny hankato

Foana (and. 4)—Tsy manankery intsony

Fahoriana (and. 10)—Fikorontanana, alahelo

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny asa A na B rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 54 ianao.

A Apetraho amin'ny Tanjony Izany

Avereno vakiana ny fototra ara-tantaran'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 54 (jereo ny sasin-tenin'ny fizarana sy ny fampidirana ao amin'ity boky torolalana ho an'ny mpianatra ity). Mariho ny fomba nampahafantarin'ny Tompo ny tenany ao amin'ny andininy 1.

1. Araka ny eritreritrao, inona no hafatra nalefan'ny Tompo ho an'i Leman Copley sy ny Olomasin'ny Colesville tamin'ny fomba nampahafantarin'ny Tompo ny tenany?
2. Ahoana ny fiantraikan'izany fijery lavitra izany eo amin'ny fiteninao, ny eritreritrao, ary ny asanao ankehitriny?

B Ny Maha-zava-dehibe ny Fanekempihavanana

Inona no ampianarin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 54 momba ny fanekempihavanana? Jereo tsara ny fototra ara-tantaran'ny fanambarana rehefa mamaky ny valiny ianao.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 55

Nantsoina ho amin'ny Asa i W.W. Phelps

Ny Filoha Ezra Taft Benson dia nampianatra fa "ireo lehilahy sy vehivavy izay mampitodika ny fiainan'izy ireo amin'Andriamanitra dia hahita fa afaka manao zavatra betsaka amin'ny fiainan'izy ireo Andriamanitra mihoatra noho ny vitan'izy ireo. Hahalalim-paka ny hafalian'izy ireo Izy, hanitatra ny fahitan'izy ireo, hampahiratra ny sain'izy ireo, hampahatanjaka ny nofon'izy ireo, hanainga ny fanahin'izy ireo, hampitombo ny fitahiana voarain'izy ireo, hampitombo ny fahafaha-manao zavatra ho an'izy ireo, hampahery ny fanahin'izy ireo, hanarina ny namana, ary handrotsaka ny fandriampahalemana ho amin'izy ireo" ("Jesus Christ: Gifts and Expectations," Ensign, Des. 1988, 4). Na toa inona na toa inona ny

fanomezam-pahasoavana sy ireo talenta hanananao, dia ho tsaratsara kokoa izy ireny rehefa ampiasaina miaraka amin'ny fanampian'ny Tompo sy ho amin'ny fanompoana Azy.

Ny fanambarana ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 55 dia natao ho an'i William W. Phelps. Rehefa mamaky izany ianao, dia mariho ny zavatra hanasan'ny Tompo azy mba ho ataony sy ny fomba nantenainy hampiasana ny talentan'ny rahalahy Phelps.

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 55

Famelana (and. 1–2)—Famelan-keloka

Manenina (and.3)—Manenina amin'ny fahotany ary vonona ny hibebaka

Ambiny (and. 6)—sisa

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 55:1—Iza Moa i W. W. Phelps?

I William Wines Phelps dia mpanonta printy, mpampianatra, ary mpanao pôlitika tena mahomby tao New York. "Nampahafantarina ny Fiangonana izy teo am-pividianana ny [tahadikan'ny] Bokin'i Môrmôna. . . . 'Nipetraka nandritra ny alina iray manontolo izy nampitaha ny Bokin'i Môrmôna sy ny Baiboly.' Ny ampitso marainan'iny i William dia nanambara hoe, 'Hanaraka io Fiangonana io aho; resy lahatra aho fa marina izany' " (Susan Easton Black, *Who's Who in Doctrine and Covenants* [1997], 223).

W. W. Phelps

Taty aoriana ny Rahalahy Phelps dia nizara izao fijoroana ho vavolombelona manaraka izao momba ny Bokin'i Môrmôna:

"Boky tena tsara izany ary tsy hisy olona *marin-toetra* mamaky izany, ka tsy haneho fankasitrahana an'Andriamanitra, ho an'ny fahalalana raketin'izany. . . .

"Isaky ny misaintsaina ny amin'ny Bokin'i Môrmôna aho, ary miandrandra ny voninahitra izay hitranga ka ho tanteraka noho izany, sy noho ireo mpanompon'Andriamanitra, dia tena feno fanantenana; feno fahazavana; feno hafaliana, ary feno fahafaham-po. Endrey ny hatsaran'izay boky izany! Tena rakitsoa be voninahitra izany!" ("Letter No. 10," *Messenger and Advocate,* Sept. 1835, 177).

Nanompo ho "mpanonta printy ho an'ny Fiangonana" i W. W. Phelps (F&F 57:11). Raha teo am-panontana ny Bokin'ny Didy tao Missouri izy ny taona 1833, dia voatafika sy nopotehin'ny mpihetraketraka ny trano fanaovana printy izay nananany. Taty aoriana dia nanampy tamin'ny fanontana ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana izay nivoaka ny taona 1835 izy. Nanoratra hira maro ao amin'ny fihiranan'ny Fiangonana izy. Iray amin'izy ireny ny "Fanahin'ny Ray," izay nohiraina tamin'ny fanokanana ny Tempolin'i Kirtland. Niala ny Fiangonana izy ny taona 1839 ary lasa fahavalo hiringiriny nanohitra ny Mpaminany Joseph Smith. Tamin'ny taona 1840 izy dia nibebaka ary niverina tamin'ny Fiangonana indray. Maty tamin'ny taona 1872 izy, tao Utah, tamin'ny fahavalopolo taonany.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 55:4—Torolalana ho an'ny Ankizy Madinika izay ankasitrahan'ny Tompo

Ny Filoha Gordon B. Hinckley dia nampianatra hoe: "Te-hilaza amin'ny tanora aho hoe ataovy ny fianarana rehetra azonao vitaina. Kolokoloy ny fahaiza-manaon'ny sainao sy ny tananao. Ny fanabeazana no fanalahidin'ny tombotsoa hanao zavatra. Ny Tompo dia nametraka eo aminao, amin'ny maha-mpikamban'ny Fiangonana anao, ny andraikitra handalina sy hianatra ny zavatra arapanahy, eny, kanefa koa ny zavatra ara-nofo. Ratovy ny fahalalana rehetra azonao vitaina, na dia mitaky fahafoizan-tena lehibe aza izany amin'izao fahatanoranao izao. Hitahy ny fiainan'ireo zanakao ianao. Hitahy ny Fiangonana ianao satria hitondra voninahitra ho an'ity asa ity" (*Teachings of Gordon B. Hinckley* [1997], 172).

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny asa A rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 55.

A Nanao Ahoana ny Fandehan-javatra?

1. Avereno vakiana ireo teny nindramina avy amin'ny Filoha Ezra Taft Benson ao amin'ny teny fampidirana ao amin'ity boky torolalana ho an'ny mpianatra ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 55 ity. Andian-teny inona ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 55:1 araka ny eritreritrao no manan-danja amin'i William W. Phelps mba ho tandrovany mba hahafahany mandray ireo karazana fitahiana izay nampanantenain'ny Filoha Benson?
2. Mety hieritreritra ianao hoe nanaraka ny torolalana tao amin'ity fanambarana ity ve i Rahalahy Phelps sa tsia. Raha toa ka misy fihirana eo, dia jereo ny fanoroam-pejy misy ireo mpanoratra ary karohy sy vakio ireo lohatenin'ny fihirana maro izay nosoratan'i William W. Phelps (anisan'izany "Ny Fanahin'ny Ray," Ry Mpanavotra," "Dera ho an'ilay nandre an'i Jehovah,"). Na dia niala kely ny Fiangonana vetivety aza izy, ny fihirana nosoratany dia ohatra iray tamin'ny nampiasany ny talentany nentina nanorenana ny fanjakan'Andriamanitra. Manorata momba ny iray amin'ireo hira izay nahasarika anao teo am-pamakianao izany na ny nitaona fanahy anao tamin'ny lasa.


A COLLECTION
OF
SACRED HYMNS,
FOR THE
CHURCH
OF THE
LATTER DAY SAINTS.
SELECTED BY EMMA SMITH.
Kirtland, Ohio:
Printed by F. G. Williams & co.
1835.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 56

Anatra ho an'Ireo Izay tsy Manetry Tena

Ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 56 dia manohy ireo torolalana nomena ny tsirairay izay tafiditra tao amin'ny fifandirana nitranga tao Thompson, Ohio (jereo ny sasin-teny ao amin'ny F&F 51 sy 54, ary koa ao amin'ny fampidirana amin'ity boky torolalan'ny mpianatra ity). Na izany aza anefa dia aza hampiharina amin'ny trangan-javatra maro—tamin' ny lasa, ankehitriny, ary ny ho avy—ny torolalan'ny Tompo ao amin'ity fanambarana ity. Rehefa mamaky ity ianao, dia jereo ireo karazana fihetsika izay asehon'ny Tompo fa tsy ankasitrahany, ny nolazainy momba ny vokatr'izany fihetsika izany, ary ny zavatra nolazainy fa azontsika atao hialana na hibebahana amin'ireo karazana ota.

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 56

Mirehitra (and. 1)—Mitroatra, mitabataba

Fahavinirana (and. 1, 16)—Hatezerana ara-drariny

Mikomy (and. 4–6)—Manala

Hosimbaina (and. 16)—Voaloto, Simba

Tolokonareo (and. 16)—Tomanin'alahelo

Valisoa (and. 19)—Karama, valisoa

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 56:2—Ahoana no "Hilanjan'ny Olona ny Hazofijaliany"?

Ao amin'ny JST, Matio 16:26 dia mianatra isika fa: "Ary ankehitriny ho an' ny olona, ny mitondra ny hazofijaliany dia ny mandà amin' ny tenany ny toetra tsy araka an' Andriamanitra rehetra mbamin' ny filandratsin' izao tontolo izao rehetra ary ny mitandrina ny didiko."

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 56:8—Mibebaka amin'ny Fiavonavonany

Ny Filoha Ezra Taft Benson dia nampianatra fa: "Ny fanefitry ny fiavonavonana dia ny fanetren-tena—fahamoram-po, fahalemempanahy. . . . Fo torotoro sy fanahy manenina" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Apr. 1989, 6; na *Ensign,* Mey 1989, 6). Notohizan'ny Filoha Benson tamin'ny filazany izany fa isika dia afaka "misafidy ny hanetry tena" amin'ny alalan'ny:

- "Fiheverana" (fanajana sy fanomezana lanja) ny hafa "tahaka ny tenantsika."
- Fanarahana ny torolalana avy amin'ny mpitarika ny Fiangonantsika.
- "Mamela ny helok'ireo nanao ratsy tamintsika."
- "Manolotra [manome] asa fanompoana tsy misy fitiavan-tena."
- Manao asa fitoriana sy mizara ny filazantsara.
- Manatrika ny tempoly matetika.
- "Mibebaka sy miala amin'ny fahotana ary aterak'Andriamanitra indray."
- "Mametraka an'[Andriamanitra] ho lohalaharana eo amin'ny fiainantsika."

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 56:8—Inona no Didy Teo Aloha izay Nomena an'i Ezra Thayre?

Ny Mpaminany Joseph Smith dia efa nanoro hevitra an'i Ezra Thayre momba ny fananany izay efa natolony. Araka ny hita mantsy dia nanana eritreritra hafa indray izy amin'ny fanomezana ny ampahan-taniny amin'ny hafa. Ny fitiavan-tenany dia nanakana azy tsy hanao asa fitoriana sy hanampy amin'ny fanokanana ny tanin'i Ziona.

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny asa A na B rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 56 ianao.

A Fikomiana: Ny Vokany sy ny Fisorohana azy

1. Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 56, ny Tompo dia niresaka momba ny fiavonavonana sy fikomiana teo amin'ireo mpikamban'ny Fiangonana sasany. Nanome torohevitra ihany koa Izy momba ny zavatra hitranga amin'ireo izay miavona na mikomy. Nanoro hevitra ihany koa Izy amin' ny fomba hialana na hibebahan'izy ireo amin'ny avonavona sy ny fikomiana. Manaova tabilao ao anaty kahienao mitovitovy amin'ity manaraka hitanareo ity. Fenoy amin'izay zavatra nolazain'ny Tompo ao amin'ny andininy 1–15 izany. Omeo ny andininy tsirairay nahitanao ireo rehetra notanisainao.

Ohatra amin'ny Avonavona sy ny Fikomiana	Vokatry ny Avonavona sy Fikomiana	Vahaolana mba Hisorohana izany na ny Fibebahana amin'ny Avonavona sy Fikomiana

2. Manorata momba ny zavatra ho ataonao vokatry ny zavatra izay nianaranao tao amin'ity asa atao ity. Hazavao ny antony hanaovanao izany.

B Manan-karena na Mahantra?

1. Araka ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 56:16, inona ireo toetra hanamelohan'ny Tompo ny mpanan-karena? Inona no vokatr'izany?
2. Araka ny andininy 17, inona ireo toetra hanamelohan'ny Tompo ny mahantra? Inona no fampanantenana nomen'ny Tompo ao amin'ny andininy 18–20 ho an'ny mahantra izay manetry tena sy mahatoky?

3. Mifototra amin'ny zavatra nianaranao tao amin'ireo andininy ireo, dia tohizo ary farano ireto fehezanteny ireto:

   a. "Tsy te hanan-karena aho raha toa ka . . ."

   b. "Tsy mampaninona ahy ny mahantra raha toa ka . . ."

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 57

Nambara ny Ivon-toeran'i Ziona

Hoy ny Mpaminany Joseph Smith hoe: "Ny fananganana an'i Ziona dia foto-kevitra iray izay mahasarika ny vahoakan'Andriamanitra nandritry ny fotoana rehetra. Izany dia foto-kevitra iray izay hijoroan'ny fahafinaretana manokan'ny mpaminany, mpisorona ary ny mpanjaka izany. Efa nandrasan'izy ireo am-pifaliana mialoha ny andro izay hiainantsika; ary dia rakotry ny afon'ny lanitra sy fifaliana mialoha ny fihiran'izy ireo, fanoratany ary faminaniany izao androntsika izao" (History of the Church, *4:609–10).*

Teo am-pandikana ny Bokin'i Môrmôna, ny Mpaminany Joseph Smith dia nianatra fa ny Kaontinanta Amerikana no ho Jerosalema Vaovaon'ny andro farany, na ny tanànan'i Ziona (jereo Etera 13:5–8). Ny Bokin'i Môrmôna ihany koa dia nampanantena fitahiana lehibe ho an'ireo izay mikatsaka ny hanangana an'i Ziona amin'ny andro farany (jereo 1 Nefia 13:37). Talohan'ny namerenana indray ny Fiangonana, dia nisy ireo olona nanatona ny Mpaminany, nikatsaka mba hahafantatra ny fomba hanampian'izy ireo amin'ny asa, ary dia nolazaina izy ireo hikatsaka ny hampiorina ny foto-kevitr'i Ziona (jereo F&F 6:6; 11:6; 12:6; 14:6).

Taorian'ny namerenana indray ny Fiangonana, dia mbola lohahevitra nanan-danja ihany i Ziona. Niteraka tsy fitovian-kevitra sy fikorontanana teo amin'ireo mpikamban'ny Fiangonana i Hiram Page tamin'ny filazany fa nandray fanambarana izy momba ny toerana misy an'i Ziona (jereo F&F 28). Ny Tompo anefa dia nanitsy an'ny Rahalahy Page ary dia nilaza fa ny tanànan'i Ziona dia "eo amin'ny sisin-tany akaikin'ny Lamanita" (F&F 28:9).

Ny Mpaminany Joseph Smith dia nianatra zavatra betsaka momba an'i Ziona teo am-panatanterahana ny asa feno fitaomam-panahy tamin'ny fandikana ny Baiboly. Ny Tompo dia nanambara taminy ny fizarana iray manontolo tamin'ny soratra masina tsy hita avy ao amin'ny Genesisy izay milaza ny amin'ny mpaminany Enôka, izay nanorina ny tanànan'i Ziona tamin'ny andro talohan'ny Safo-drano (jereo Mosesy 6–7). Fotoana fohy taorian'izay, dia nambaran'ny Tompo tamin'ny Mpaminany ny "lalàna," izay fanambarana momba ny lalàna ara-panahy sy ara-nofo izay ilain'ny Fiangonana hiainana mba hahafahana manorina an'i Ziona (jereo F&F 42). Amin'io fanambarana io ihany, ny Tompo dia nampanantena ny Mpaminany fa hambarany mazava tsara ny toerana misy an'i Ziona.

Tamin'ny Jiona 1831 ny Tompo dia niantso misiônera maro mba handeha ho any Missouri—izay teo amin'ny sisin-tany mampisaraka an'i Etazonia sy ny faritany Indiana (na ny Lamanita). Nampanatena Izy fa aorian'ny hahatongavan'izy ireo dia holazainy ny toerana misy an'i Ziona (jereo F&F 52). Ny sasany tamin'ireo vondrona niaraka nandeha tamin'ny Mpaminany Joseph Smith dia tonga tamin'ny 17 Jolay 1831. Ny misiônera hafa dia tonga fotoana fohy taty aoriana. Rehefa nandinika ny tany sy ny toe-javatra ny Mpaminany, dia hita ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 57ny valin'ny fanontaniany sy ny fangatahiny tamin'ny Tompo.

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 57

Fankatoavana (sasin-tenin'ny fizarana)—Fankatoavana

Maro samy hafa (sasin-tenin'ny fizarana)—Karazany maro

fisaintsainana (sasin-tenin'ny fizarana)—Mieritreritra momba izany

Taorian'izany (sasin-tenin'ny fizarana)—Taorian'izany

Natokana (and. 1)—Notokanana, voatendry ho masina

Sombin-tany (and. 4–5)—Ampahana tany

Fanambakana (and. 8)—Tsy marin-toetra

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 57:3–4—Mividy ny Toerana Afovoany

"Ny tanànan'i Independence dia hita ao amin'ny iray amin'ireo ampahany tena manintona sy mahasalama indrindra ao Missouri. . . . Tanàna efa tranainy izy io. Notrandrahana izany tamin'ny taona 1827, kanefa dia mbola tanàna kely ihany izany tamin'ny taona 1831. Ankehitriny izany dia lasa ambanivohitr'i Kansas City" (Smith and Sjodahl, *Doctrine and Covenants Commentary,* 331).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 57:4—"Soritra Mandalo Mivantana eo anelanelan'ny Jiosy sy ny Jentilisa"

Ny sisin-tany andrefan'ny fanjakana ao Missouri dia ampahany amin'ny sisin-tanin'ny Etazonia tamin'ny fotoana nandraisana ny fanambarana tao amin'ny fizarana 57. Ny tany teny andrefan'i Missouri Faritany Indiana. Ny Indiana (na ny Lamanita) dia nantsoina hoe "Jiosy" satria izy ireo dia taranaka ara-bakitenin'ny tranon'i Isiraely. Ny teny hoe "Jentilisa" dia hilazana ireo mpanjanantany fotsy hoditra tao Missouri (jereo F&F 19:27). Raha ny Bokin'i Môrmôna no arahina, dia noheverina fa firenena Jentilisa i Amerika. (Jereo sarintany 5–6 ao amin'ny faran'ny triptikanao.)

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny asa A na B rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 57 ianao.

A Inona no tokony ho eo Afovoany?

1. Tanisao ireo fanontaniana telo napetraky ny Mpaminany Joseph Smith tamin'ny Tompo izay voalaza ao amin'ny sasintenin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 57.
2. Avereno vakiana ny andininy 1–5 ary hazavao ny fanontaniana nahazoan'ny Mpaminany valiny ary soraty izany valiny izany.
3. Inona no zavatra azontsika hianarana avy amin'ity voalaza momba ny zavatra ilaina sy manan-danja eo amin'ny fanangana an'i Ziona amin'izao androntsika izao?

B Ahoana no Fomba Hitantanana raharaham-barotra

Maro ireo raharaha ara-nofo (entana na zavatry ny tany) izay tsy maintsy nokarakaraina mba hahafahana manorina an'i Ziona. Vokatr'izany, ny ankamaroan'ny hita ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 57 dia misy hifandraisany amin'ireo andraikitra ara-nofo nomena ireo lehilahy mba hanampy hanorina ny fototra ijoroan'i Ziona. Nomena anefa ny torolalana, mba ho mety ampiharina ihany koa amin'ny olona izay mpandraharana azo ekena eo imason'ny Tompo. Vakio ny torolalan'ny Tompo nomeny an'i Sidney Gilbert (and. 6, 8–10), ny Eveka Edward Partridge (and. 7), William W. Phelps (and. 11–12), ary i Oliver Cowdery (and. 13). Avy amin'izany torolalana izany, dia manorata ao anaty kahienao farafahakeliny fitsipika efatra manan-danja momba ny fitantanana ny raharaham-barotra ary hazavao ny fomba hampiarantsika izany fitsipika izany amin'izao fotoana izao.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 58

Ny Sitrapon'ny Tompo Momba an'i Ziona

Raha toa ka mpikamban'ny Fiangonana tao Missouri ianao tamin'ny nanambaran'ny Tompo fa io no toeran'i Ziona an'ny andro farany sy ilay Jerosalema Vaovao, dia inona ihany koa no zavatra mety mbola ilainao ho fantatra avy amin'ny Tompo? Ny mpikamban'ny Fiangonana tamin'izany fotoana izany dia nikatsaka torolalana tamin'ny alalan'ny Mpaminany Joseph Smith, ary dia nomen'ny Tompo ny fanambarana ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 57 sy 58 izy ireo, izay mirakitra torolalana miavaka momba ny fanambarana vaovaon'ny tanin'i Ziona.

© 1998 Glen S. Hopkinson

Inona no zavatra ho ataonao mba hanampiana hitondra ny "foto-kevitr'i Ziona" (F&F 6:6; 11:6; 12:6) ankehitriny? Rehefa mamaky ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 58 ianao, dia eritrereto ny fomba hampiharanao ny torolalan'ny Tompo.

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 58

Fahoriana (and. 2–4)—Fitsapana sy korontana

Efa akaiky (and. 4)—Akaiky

Tanànan'ny lova avy amin'Andriamanitra (and. 13)—Toeran'ireo olom-boafidin'Andriamanitra

Ity tany ity (and. 14)—Eto

Hitandrina (and. 15)—Hiaro tsara, ho malina

Tany izay lova avy amin' Andriamanitra (and. 17)—Tany nofinidin'Andriamanitra

Mety (and. 26)—Tokony ho izy, ara-dalàna

Terena (and. 26)—Terena

Kamo (and. 26)—Kamo, Malaina

Manao safidy ho an'ny tenany (and. 28)—Manana fahafahana misafidy sy hanatanteraka

Manafoana (and. 32)—Manala na manova ny didy

Mamitsaka (and. 33)—Miafina sy tsy nampoizina

Ho ambony (and. 41)—Mametraka ny tenany ambony noho ny hafa amin'ny fomba feno avonavona

Hibaboka (and. 43)—Tsy manao intsony, miala

Ambiny (and. 44, 58, 61)—Sisa tavela, sisa

Mpandraharaha (and. 49, 51, 55)—Olona nomena lalana hiasa ho an'ny hafa

Taratasy (and. 51)—Taratasy

Fandrotsaham-bola (and. 51)—Taratasy voasonia hangalana vola

Natolotra (and. 60)—Nomena

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 58:8–11—"Fanasana amin'ny zavatra Matavy, amin'ny Divay miaraka amin'ny Faikany nefa Voadio Tsara"

Ny endriky ny fanasana izay asehon'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 58:8–11 dia tandindon'ireo sakafo sy zava-pisotro tena mafilotra. Ny mpaminany fahiny dia mampitaha ny tsy fahafenoan'ny filazantsara ho mosary (jereo Amosa 8:11). Ny famerenana amin'ny laoniny ny filazantsara dia mitondra fanasana izay manome fahafaham-po ny noana ara-panahy rehetra. Manarak'izany, iray amin'ireo antony lehiben'ny famerenana amin'ny laoniny dia hanomana ny olona amin'ny "nahandron'-ny Tompo" izay ho hita ao amin'ny "fampakarambadin'ny Zanakondry" (F&F 58:11), na amin'ny teny hafa, dia ny Fiavian'i Jesoa Kristy Fanindroany.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 58:26–29—"Fa indro, tsy mety ny hibaikoako amin' ny zava-drehetra;. . . . fa ny olona dia tokony hazoto hirotsaka amin' ny tanjona tsara"

Fony mpikambana tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ny Loholona Ezra Taft Benson dia nampianatra hoe: "Indraindray dia miandry am-panantenana ny hiasan'ny zanany am'ny herin'ny tenany ihany ny Tompo, ary rehefa tsy manao izany izy ireo, dia hamery ny valisoa lehibe kokoa, ka na ny Tompo manafoana izany zavatra rehetra izany ary hamela azy ireo hijaly vokatr'izany na mila milaza izany amin'ny antsipiriany kokoa Izy. Matetika dia matahotra aho, arakaraka ny hilazany izany, no maha-kely ny valisoantsika" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Apr. 1965, 122).

Ohatra iray tsara amin'ny fanarahana ity torolalana ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 58:26–29 ity dia hita amin'ny traikefan'ny Loholona Vaughn J. Featherstone, mpikambana ao amin'ny Fitopololahy, izay nizara fa:



"Fony aho folo na iraika ambin'ny folo taona, dia nitsidika anay ireo havanay marobe. Teo amin'ny 35 na 40 teo mihitsy izy ireo. Nasain'i Neny hisakafo daholo izy ireo. Taorian'ny sakafo dia nandeha tany amin'-ny efitra iray ny olona rehetra mba hipetrapetraka. Feno vilia maloto sy fitaovana fihinana niparitaka eran'ny trano. Tsy mbola naorina tsara ireo ambin-tsakafo ary feno vilany sy lapoaly maloto ihany koa teo izay nampiasaina tamin' ny fikarakarana.

"Tadidiko tsara aho nieritreritra fa rehefa hody amin'izay ny olondrehetra, dia ny reniko no hany hanao ny fanadiovana rehetra. Nisy hevitra nitsiry tato amiko. Nanomboka nanadio aho. Tamin'ny fotoana tsy mbola nisian'ny milina fanadiovana lovia mandeha amin'ny herin'aratra tamin'izany. Madio tsara foana ny an'i Neny, ary nampianatra anay izy amin'ny fanadiovana sy famafana lovia araka ny tokony ho izy. Nanomboka nanao izany asa misavovona toy ny tendrombohitra izany aho. Adiny telo taty aoriana, dia vitako ihany ny nanamaina ny lovia farany. Efa nesoriko daholo ireo sakafo rehetra, nodioviko daholo ireo fitoeran-tsakafo, ny fanasana lovia, ary ny gorodona. Tsy nisy pentina ny lakozia.

"Tsy hadinoko mandrakizay mihitsy ny endrik'i Neny tamin'izay alina izay rehefa lasa daholo ireo vahiny ary nandeha tao an-dakozia izy mba hanadio. Kotsa tanteraka aho avy eo amin'ny tratrako ka hatrany amin'ny lohaliko. Tena mendrika ny fiezahako hatramin'ny kely indrindra ny nahita fotsiny ny endriky ny reniko. Fifangaroan'ny fihetseham-po, fialan-tsasatra ary fireharehana izany. Dia nanapa-kevitra aho fa hiezaka ny hahita izany endriny izany hatrany hatrany" ("We Love Those We Serve," *New Era,* Mar. 1988, 19).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 58:43—Mibaboka sy Mahafoy ny Fahotantsika

Ny Loholona Spencer W. Kimball, fony izy mbola mpikambana tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia nampianatra hoe: "Tsy misy olona na iray aza voavela heloka amin'ny fandikandalàna nataony raha tsy misy ny fibebahana, ary ny olona iray dia tsy mibebaka raha tsy manadio ny fanahiny ary miaiky ny fihetsiny sy ny fahalemeny tsy mitady fialan-tsiny na fanamarinan-tena. Tsy maintsy manaiky ny tenany fa nahavita fahotana lehibe. Rehefa mibaboka amin'ny tenany amin'ny tsy fanalefahana ny zava-dratsy vitany, na manamarintena amin'ny faharatsian'izany ota izany, na manamaivana ny lanjan'izany ota izany, ary manaiky izany ho goavana amin'ny endriny tena izy, dia vonona ny hanomboka ny fibebahany izy" (*Love versus Lust,* Brigham Young University Speeches of the Year [5 Jan. 1965], 10).

Ho fanampin'izany, rehefa mandratra sy misy fiantraikany amin'ny hafa ny fahotantsika, dia mila mibaboka sy mikatsaka famelana amin'izany olona izany. Ny ota sasany, ny fandikana ny lalàn'ny fahadiovam-pitondratena, fanararaotana ara-nofo, na fahotana hafa izay miantraika amin'ny maha-mpikamban'ny Fiangonana antsika, dia tsy maintsy hibabohana any amin'ny manampahefan'ny Fiangonana misahana izany. Ny eveka na ny Filohan'ny sampana avy eo dia afaka mamaritra ny fomba fiainan'iny olona iny ao am-piangonana ary manampy izany olona izany amin'ny dingan'ny fibebahana. Raha toa ianao ka manontany tena hoe ilaina ve ny fibabohana amin'ny manampahefan' ny Fiangonana, dia miresaha ny amin'izany amin'ny eveka na ny Filohan'ny sampana misy anao.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 58:57—Hanokana sy Hanendry ny Tany ho Faritra ho an'ny Tempoly

I Sidney Rigdon, tamin'ny ankapobeny, dia nanendry ilay toeran'ny tempoly, izay tao amin'ny tanin'i Missouri. Ny Mpaminany Joseph Smith dia nanokana ilay toerana miavaka ho an'ny tempoly tamin'ny 3 Aogostra 1831. Nanatrika teo i Sidney Rigdon, Edward Partridge, W. W. Phelps, Oliver Cowdery, Martin Harris, ary i Joseph Coe. Nanoratra ny mpaminany hoe "nanetriketrika sy lehibe tokoa izany fotoana izany (*History of the Church,* 1:199).

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny asa B sy ny asa A na D rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 58 ianao.

A Jereo Akaiky Izany

Tena tsy maintsy nampangitakitaka tokoa ny hoe tao Missouri tamin'izany fotoana nanambaran'ny Tompo fa io no toerana hananganana ny tanànan'i Ziona sy ny tempoly. Mazava ho azy fa ny asan'ny Olomasina manaraka dia ny fananganana an'i Ziona. Tsy hitan'izy ireo ny fahatontosan'izay tanjona izany, na izany aza anefa ny Tompo dia tsy niteny azy ireo fa hahita an'i Ziona tafaorina tanteraka izy ireo amin'ny andron'izy ireo. Valio ireto fanontaniana manaraka ireto amin'ny fampiasana ireo zavatra novakianao tao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 58:

1. Rahoviana no ho satrohim-boninahitra i Ziona? (jereo and. 1–5, 44–46, 56).
2. Nahoana no nalefan'ny Tompo tany Ziona ny vondrona voalohany? (jereo and. 6–13, 44–46).
3. Ahoana no hananganana an'i Ziona? (jereo and. 8–13, 44–46, 50–56).
4. Ahoana no hanampian'ity fanambarana ity hamaly ny fanontaniana roa voalohan'ny Mpaminany Joseph momba izay voarakitra ao amin'ny sasin-tenin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 57?

B Soratra Masina Fehezina—Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 58:26–27

Aorian'ny famakiana ny ohatra ao amin'ny fizarana «Fahatakarana ny Soratra Masina» ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 58:26–27, dia manorata ohatra roa izay hitanao amin'ny fomba nanatanterahan'ny olona ny torolalana avy tamin'ny Tompo. Raha toa ka tsy mahita ohatra ianao, dia manorata momba ny eritreritrao mahakasika ny fiainan'ny olona iray izany torolalana izany.

D Soratra Masina Fehezina—Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 58:42–43

Tanisao ireo fitsipika roa lehiben'ny fibebahana izay ampianarin' ny Tompo ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 58:42–43.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 59

Ireo Didy ho an'i Ziona sy ny Tsatòkan'i Ziona

Nahoana ny olona sasany no mahatsapa fa enta-mavesatra ny didy, raha toa ka fitahiana kosa ny fahatsapan'ny hafa izany? Inona no tena tanjon'ny didin'Andriamanitra? Ahoana no mety ho karazan'ny fiainanao raha toa ka tsy nisy azy ireny? Inona no zava-mitranga raha toa ka mitandrina ireo didin'Andriamanitra ireo fiaraha-monina rehetra? Tianao ve ny hiaina eo anivon'izany? Amin'ny fomba ahoana no hahasamihafa izany amin'ny fiaraha-monina misy anao? Rehefa mamaky ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 59 ianao, dia saintsaino ny fomba hanampiana antsika hitondra an'i Ziona amin'ny alalan'ny fankatoavana ny lalàna sy ny didy rehetra amin'ity fanambarana ity.

*Ny Mpaminany Joseph Smith dia nampianatra hoe: "Andriamanitra dia nanome lalàna maro ho an'ny fianakavian'olombelona, izay, raha toa ka tandrovina, dia ampy hiomanan'izy ireo handova ny fialan-tsasatra [Selestialiny]. Izany no tanjon'Andriamanitra amin'ny hanomezany antsika ny lalàny: raha tsy izany, dia nahoana, na inona no nanomezana azy ireo? Raha toa ka mahatsara ny fianakavian'olombelona rehetra ny tsy fisiany mihoatra ny fisiany, dia inona izany no tanjona nanomezana azy ireo?" (*Teachings of the Prophet Joseph Smith, *54).*

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 59

Fanokanana (sasin-tenin'ny fizarana)—Fanendrena

Hampiharina manokana (sasin-tenin'ny fizarana)—Natao manokana

Manenina (and. 8)—Mibebaka na azo ampianarina

Fanati-pisaorana (and. 9)—Asa ara-pinoana izay hanehoantsika ny fanolorantenantsika amin'ny Tompo

Hanatanterahanao ny fanompoana (and. 10)—Hanehoana ny fitiavanao sy ny fanolorantena

Voady (and. 11)—Fampanantenana masina

Fanatitra (and. 12)—Fanomezana atolotra ny Tompo

Tarehy falifaly (and. 15)—Fihetsika sy ny endrika

Fitafiana (and. 17, 19)—Akanjo

Hampahery (and. 19)—Manatanjaka ny saina, mamporisika

Mihoam-papana (and. 20)—Mihoatra

An-keriny (and. 20)—Natao amin-kery sy nampiasaina fahefana

Mandrehitra ny fisafoahany (and. 21)—Mampitombo ny hatezerany

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 59:1–2—Ny Fahafatesan'i Polly Knight

Ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 59 dia voaray tamin'ny Alahady faharoa taorian'ny nahatongavan'ny Mpaminany Joseph Smith tao Missouri. Talohan'ny nahazoana ity fanambarana ity, dia nanatrika ny fandevenana an'i Polly Knight ny Mpaminany, ary ny andininy 1–2 dia toa milaza mivantana ny zava-nitranga tamin'izay fotoana izay.

"Efa somary ela no niharatsy ny fahasalaman'i Polly Knight, araka ny fanambarana nataon'ny zananilahy, Newel. Narary mafy izy nandritra ny diabe tao Kirtland nankany Missouri. 'Na dia izany aza,' hoy ny zanany, 'dia tsy mbola nitaraina ny hijanona tsy hanohy izany izy; izy tenany mivantana, na ny faniriany goavana dia ny hanitsahan'ny tongony ny tanin'i Ziona, ary ny mba handevenana ny vatany ao amin'izany tany izany. Nandeha teny

amoron-drano aho nividy hazo nanamboarako vata-paty ho fiandry raha toa ka sendra maty alohan'ny hahatongavanay any amin'ny tany alehanay izy—satria haingana be ny faharatsian'ny toe-pahasalamany. Fa kosa nomen'ny Tompo azy ny fanirian'ny fony, ary dia velona izy ary tonga tamin'izany tany izany' " (in *History of the Church,* 1:199, fanovozan-kevitra eo ambanin'ny pejy).

Noraketin'i Joseph Smith hoe: "Tamin'ny fahafiton'ny volana, dia nanatrika ny fandevenana an'ny Rahavavy Polly Knight aho, vadin'i Joseph Knight, Rainy. Izany no fahafatesana tao amin'ny Fiangonana voalohany tao amin'izany tany izany, ary ny zavatra azoko lazaina, dia hoe ny mpikambana mendrika dia matory ao amin'i Jesoa mandrapahatongan'ny fitsanganana amin'ny maty" (*History of the Church,* 1:199).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 59:6—"Na Hanao Zavatra Toy Izany"

Ny mpaminany tamin'ny fotoana nifandimby dia efa samy nampiasa ny andian-teny hoe "na hanao zavatra toy izany" izay ampitahaina amin'ny fangalarana, fijangajangana, fanalan-jaza, ary famonoan'olona. Ny Filoha Spencer W. Kimball dia nanpianatra fa ny endrika tsy fahamarinan-toetra rehetra dia fangalarana (jereo Tatitry ny Fihaonambe, Ôkt. 1976, 7; na *Ensign,* Nôv. 1976, 6). Ny Filoha Ezra Taft Benson dia nampianatra fa "ny safosafo, ny firaisana ara-nofo alohan'ny fanambadiana, firaisan'ny lahy samy lahy na vavy samy vavy, ary ny endrika tsy fahadiovampitondran-tena hafa" dia mitovy amin'ny fijangajangana daholo ihany (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Apr. 1984, 8; na *Ensign,* Mey 1984, 8). Ny Loholona Boyd K. Packer dia nampianatra fa ny fanalan-jaza dia mitovy amin'ny famonoana olona ihany "afa-tsy amin'ny alalan'ny heloka be vavan'ny firaisana ara-nofo tamin'ny havana na fanolanana, na fanomezan-dalana avy amin'ny mpitsabo matihanina izay manamarina fa ho tandindomin-doza ny ain'ilay reny na kelikely kokoa ny taha hahaveloman'ilay zazarano" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Ôkt. 1990, 108; na *Ensign,* Nôv. 1990, 85).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 59:8—"Ny Fo Torotoro sy ny Fanahy Manenina"

Ny Loholona Bruce R. McConkie, izay mpikambana tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, dia nanazava hoe: "Ny fananana fo torotoro sy fanahy manenina dia mamotika amin'alahelo lalina tokoa ny fahotana, manefa ny sazy am-panetren-tena sy amin'ny fo tokoa, mba hahatratrarana ilay fibebahana tena vokatry ny fo sy manana tanjona" (*Mormon Doctrine,* 161).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 59:15—"Tsy amin'ny Tokelaka Be"

Ny Loholona Joseph Fielding Smith, mpikambana tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, dia nampianatra hoe: "Mino aho fa tena ilain'ny Olomasina ny fialam-boly, kanefa tsy maintsy atao mifanaraka ny lalàna misy izany. Tsy mino aho fa ny Tompo dia miandry sy maniry hahita ny endrintsika izay mody mirana sy mihatsaravelatsihy. Mino aho fa manantena antsika ho faly Izy sy hanana endrika mirana, fa tsy manantena kosa indra-fo amintsika amin'ny fihetsika mahery sy tsy voahevitra ary ny fikatsahana ireo zavatra tsy dia manan-danja sy adala izay mahafaly sy fahafinaretan'izao tontolo izao" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Ôkt. 1916, 70).

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny roa amin'ireto asa manaraka ireto (A–D) rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 59 ianao.

A Tanisao ary Hazavao ireo Fitahiana

1. Tanisao ireo fitahiana izay nampanantenain'ny Tompo ireo olomarina ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 59:1–4, 23.
2. Eritrereto ny dikan'ny teny hoe "ny asany dia hanaraka azy" (and. 2). Vakio koa Almà 41:3–6, 10, 13–15 ary hazavao ny maha-vaovao mahafaly izany na maha-vaovao ratsy izany.
3. Ahoana no maha-fitahiana ny "didy izay tsy vitsy" (and. 4) ho antsika?

B Manaova Vato Fisaka roa amin'Izao androntsika Izao

Manaova sarin'ny vato fisaka roa mitovy amin'ity manaraka ity ao anaty kahienao. Karohy ireo andian-teny misy ny teny hoe "manaova" sy "aza" ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 59:5–13 ary tanisao izy ireo ho didy ao amin'ny vato fisaka. Ampio izay nolazain'ny Tompo ao amin'ny andininy 18—21 eo amin'ny vato fisaka. Azonao apetraka amin'ny toerana hitanao isan'andro ireo "vato fisaka" ireo.



D Soratra Masina Fifehezana—Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 59:9–10

Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 58:26–27, ny Tompo dia niteny fa tsy ilaina ny hibaikoana antsika amin'ny tranga rehetra ataontsika. Ny Tompo dia nampianatra antsika ny fotopampianarana sy ny fitsipika ary dia manantena antsika ho "tsindrin-daona" mba ho marina amin'ny fanarahana ireo fitsipika ireo. Ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 59:9–10 dia mamaritra ireo fotopampianarana sy fitsipika fototra izay mifandray amin'ny fitandroana ny Sabata ho masina, kanefa tsy mampianatra miavaka tsara ny tokony sy tsy tokony ataontsika.

1. Tanisao ireo fotopampianarana sy fitsipika izay tokony hankatoavinao mba hitandremana ny Sabata ho masina araky ny ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 59:9–10.
2. Ampio amin'ireo izay efa notaisainao ny ampianarina ao amin'ny andininy 11–16.
3. Manorata zavatra iray izay ho atombokao ho atao kokoa sy zavatra iray izay hialanao tsikelikely (na atsahatrao tanteraka) mba hahafahana mitandrina ny sabata ho masina.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 60

"Tsy Holanilanianao Foana ny Fotoana"

Tamin'ny Jiona 1831 ny Tompo dia niantso misiônera maro avy ao Kirtland, Ohio, ho any Missouri, "hitory ny teny eny an-dalana" (F&F 52:9), ary hanao ny fihaonamben'ny Fiangonana manaraka any (jereo and. 1–2).

*Ny Filoha Joseph Fielding Smith dia nanoratra hoe: "Tamin' ny faha-8 Aogositra 1831, . . . ireo loholona dia nangataka ny tokony ho ataon'izy ireo. . . . Ny sasany tamin'izy ireo dia nahazo famaizana, fa tsy nankasitrahan'ny Tompo izy ireo, satria, nandritra ny diabe tany Ohio, dia tsy nanaraka ny torolalana nomena azy ireo. Nodidiana izy ireo hitory ny Filazantsara teny amin'ny lalana nandalovany sy ny hijoro ho vavolombelona amin'ny olona, kanefa tsy nanatanteraka izany didy izany ny sasany tamin'izy ireo noho ny fahatahorana ny olona. Marina fa tsy ny olona rehetra no teraka ho misiônera, ary misy ireo izay miala amin'ireo andraikitra hanandratra ny feony amin'ny fitoriana ny Filazantsara, kanefa izany dia andraikitra tsy maintsy ataontsika amin'ity tontolo efa latsaka an-kady ity. Ny loholona tany ampiandohana dia nodidiana hanompo ny Tompo amin'ny 'fo, hery, saina ary tanjaka,' satria efa masaka ny eny an-tsaha mba hojinjaina. Misy ny sazy ampiharina ho an'ireo izay tsy mahatanteraka izany ary tsy hitsangana tsy misy pentina izy ireo amin'ny andro farany. Ny fitoriana ny Filazantsara dia natao ho azy ireo mba tsy hahavery azy ireo, fa hitondra famonjena ny fanahin'izy ireo. Maro ireo izay nirahina no natahotra ny olona, kanefa ny Tompo dia nampanantena fanohanana azy ireo amin'ny asany raha toa ka mahatoky Azy izy ireo" (*Church History and Modern Revelation, *1:220).*

Ny ankamaroan'ny fampianarana ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 60 dia natao ho antsika amin'izao fotoana izao tahaka ny andidiana ireo loholon'ny Fiangonana tamin'izany. Notahiana tamin'ny fotoana sy ny talenta isika izay ampy antsika amin'ny iraka ampanaovina antsika eto amin'ity tany ity. Anisan'ny fitsapana antsika izany raha toa ka ho ampiasaintsika am-pahombiazana ny fotoana sy ny talentantsika. Rehefa mandalina ity fanambarana ity ianao, dia eritrereto ny fiantraikan'ny tenin'ny Tompo aminao.

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 60

Any amin'izay niaviany (and. 1)—Any amin'ny toerana iray

Mirehitra (and. 2)—Manome fo, manambosy

Mampiharihary (and. 4)—Manome porofo na mijoro ho vavolombelona

Sambo (and. 5)—Lakana na fitaterana an-dranomasina hafa

Fisafoahana (and. 7)—Fahatezerana

Ambiny (and. 8)—Sisa tavela

Fifandirana (and. 14)—Fifamaliana

Hihantsy azy (and. 15)—Hampahatezitra azy ireo

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 60:8, 13–14—"Fiangonan'ny Olon-dratsy"
Ny "fiangonan'ny olon-dratsy" (jereo koa F&F 61:30, 32–33; 62:5; 68:1) dia ireo olona izay manao zavatra diso ao anatin'ny tsy fahalalana ny fomban'ny Tompo noho ny fitak'ilay ratsy (jereo F&F 123:12).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 60:15—"Ahitsano ny Vovoka amin'ny Tongotrareo"
Jereo ny fizarana «Fahatakarana ny Soratra Masina» ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 24:15 (p. 40).

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny iray amin'ireto asa manaraka ireto (A–D) rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 60 ianao.

A Mamorona Famantarana

Ny sary matetika dia ampiasaina hanehoana hevitra, tahaka ireo tsato-by an'ny fifamoivoizana. Diniho tsara ireo hevitra ao amin' ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 60:2–4 ary manaova sarin'ny marika izay afaka maneho ny tsirairay avy amin'izy ireo. Eo akaikin'ny marika tsirairay dia hazavao ny fanehoan-kevitra ampianarina ao amin'ny andininy.

1. Sokafy ny vavanao (and. 2)
2. Aza afenina ny talentanao (and. 2)
3. Aza manana tahotra amin'ny olona (and. 2)
4. "Mirehitra ny fahatezerako" (and. 2)
5. Aoka ho mahatoky kokoa (and. 3)
6. "Hangoniko ny vatosoako" (and. 4)

B Saintsaino ny Fotopampianarana

Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 60:1–4, ny Tompo dia naneho ny fahatezerany tamin'ireo izay tsy nizara ny filazantsara satria izy ireny dia matahotra ny vavan'ny olona sasany. Inona no nolazain'ny Tompo momba Azy sy ny amin'ny andro farany ao amin'ny andininy 3–4 izay manome antsika risimpo hizara ny filazantsara amin'ny hafa? (jereo koa Romana 1:16–18.)

D Manomeza Ohatra

Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 60:12–17, ny Tompo dia niresaka ho an'ireo izay maniry ny hiangona ao amin'i Ziona ao Jackson County, Missouri. Avy amin'ny famakianao ireo andininy ireo, dia tohizo ireto fehezanteny manaraka ireto mba hampisehoana ny fiasan'ny torohevitry ny Tompo ankehitriny:

1. Miala amin'ny fahatezerana sy fihatsiana isika rehefa . . .

2. Tsy mandanilany ny fotoanantsika isika rehefa . . .

3. Mandevina ny talentantsika isika rehefa . . .

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 61

Loza eny amin'ny Rano

© 1997 Al Rounds

Ny Mpaminany Joseph Smith dia nanoratra hoe: "Tamin'ny faha-9 [ny volana Aogositra 1831], dia niala tao Independence aho nankany Kirtland niaraka tamin'ny Loholona miisa folo. Nanomboka ny dianay izahay tamin'ny fandehanana lakana teny ambonin'ny renirano, ary dia nandeha nandritra ny andro voalohany ka tonga tao Fort Osage, izay nihinananay vorontsiloza dia tena mafilotra tokoa nandritry ny sakafo hariva. Tsy dia nisy zavatra nanan-danja nitranga raha tsy tamin'ny andro fahatelo, izay nisehoan'ny loza marobe teo amin'ny renirano andrefana, izay niseho ho azy izy ireo; ary rehefa avy nilasy teo amin'ny sisin'ny renirano izahay, tao McIlwaine's Bend, dia nahita ilay mpandringana nitety tamin-kery mahatsiravina teny ambonin'ny rano ny Rahalahy Phelps, tamin' ny alalan'ny fahitana tamin'ny andro atoandrobe; ny sasany kosa dia naheno ny feo, fa tsy nahita ilay fahitana." (History of the Church, *1:202–3).*

Ny ampitso marain'iny, ny 12 Aogositra, dia nahazo fanambarana ny Mpaminany izay voarakitra ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 61. Rehefa mamaky ity fanambarana ity ianao, dia mitadiava antony roa farafahakeliny izay tsy namelan'ny Tompo ny vondrona rehetra handeha "hisosa eny ambonin'ny rano" (and. 3). Eritrereto ny fiantraikan'ity fanambarana ity amin'ny asa fitoriana ankehitriny.

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 61

Alfa sy Omega (and. 1)—Ny litera voalohany sy farany amin'ny abidy Grika (manamarika ny herin'ny Tompo amin'ny zavatra rehetra)

Mamela (and. 4)—Manome lalana, fahazoan-dalana

Nandidy (and. 5)—Nilaza

Ilaina (and. 9)—Tena ilaina

enany (and. 17)—Tahiry, mihoatra

Lakan-drano (and. 23–24)—fandehanan'ny rano nataon'ny olombelona (the Ohio Canal)

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 61:20–22—"Izaho, Tompo dia Tezitra Taminareo Omaly"

"Nandritra ny hateloana teny ambonin'ny renirano dia nitranga tamin'ireo rahalahy ny tsy fifankahazoana sy ny fifankahalana ary dia tena nilaina ny fifanazavana sy ny fifamelana. Hita taratra ihany koa fa niadana loatra ny dian'izy ireo teny ambony lakana, ary dia tena nilaina ho an'ireo izay voatondro hividy ny milina fanontana izay tsy iza fa i Sidney Gilbert sy William W. Phelps; sy ny Mpaminany, sy Sidney Rigdon, ary i Oliver Cowdery, izay nodidiana mba hiverina haingana any Kirtland, ary tsy maintsy nataon'izy ireo ny hahita fomba fitaterana haingana kokoa noho ny lakana. Ny ampahany lehibe indrindra nandritra ny alina tao McIlwaine's Bend dia natokana fotsiny tamin'izany ady hevitra izany. Nanomboka nifamela ireo rahalahy tsirairay avy, ary ireo izay manana raharaha manokana dia mamonjy ny fitaterana antanety ny ampitson'iny ho any St. Louis, ary ny ambiny sisa dia nanohy ny dian'izy ireo tany amin'ny rano ihany" (B. H. Roberts, *A Comprehensive History of the Church,* 1:262–63).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 61:30–31—Nahoana ny Tompo no Tezitra tamin'ny Mponin'ny Cincinnati, Ohio?

Ny Filoha Joseph Fielding Smith dia nanazava hoe: "Tamin'ny fotoanan'ity fanambarana ity, ny tanànan'ny Cincinnati dia mbola vao tanàna kely fotsiny, na izany aza dia efa nitovy tamin'ireo tanàna andrefana izany tahaka ny tany Independence, toerana izay niangonan'ireo izay voatery tsy maintsy nitsoaka avy any amin'ireo tanàn-dehibe noho ny fandikana lalàna. Tamin'izay andro izay

teny amoron'ireo tanàna nifanakaiky tamin'ny dia tena nahery vaika tokoa ny faharatsiana. Taorian'ny nahavitan'izy ireo ny iraka tao Cincinnati, dia nanohy ny diany niverina tany Kirtland ireo rahalahy roalahy ireo" (*Church History and Modern Revelation*, 1:225).

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny asa A na B rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 61 ianao.

A Mahatakatra ny Herin'Andriamanitra

1. Vakio ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 61:1–5 ary valio ireto fanontaniana manaraka ireto:
   a. Inona ireo fahafaha-manao izay tsy vitan'ireo misiônera tamin'ny fandehanana teny ambony rano?
   b. Nahoana ny Tompo no namela ireo misiônera handeha eny ambony rano?
2. Tadiavo ny andininy 6–16 ary hazavao ny antony nilazan'ny Tompo azy ireo fa ho voaaro kokoa izy ireo rehefa eny ambony renirano. Inona no zavatra nianaranao momba ny herin'Andriamanitra raha oharina amin'ny herin'i Satana?

B Ahoana no Ahafahana ho "Tsy Misy Pentina"

Avereno vakiana ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 61:33–39 ary tanisao ireo antony hanekena ny antso hanompo amin'ny fitoriana ny filazantsara. Misafidiana antony izay manaitra anao ary hazavao ny mahatonga izany ho antony tsara hanompoana ny Tompo.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 62

Ny Fijoroanao ho Vavolombelona dia Voarakitra any An-danitra

Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 61, izay noraisina nandritry ny fotoana nitobian'izy ireo tao McIlwaine's Bend, ny Mpaminany Joseph Smith, Sidney Rigdon, ary Oliver Cowdery "dia nomena toromarika mba handeha hanao dia an-tanety haingana ho any Kirtland, ary ny hafa kosa dia nomena toromarika hanohy ny diany amin'ny lakana ihany.

"Ny andro manaraka taorian'izany fizarana izany, tamin'ny faha-13 Aogositra, dia nihaona tamin'ny loholona maromaro izay an-dalana ho any Independence i Joseph teny an-dalana. Nanao fivoriana izay ireo izay nisian'ny hafaliana sesehena [ary koa nandraisana ny fanambarana tao amin'ny fizarana 62]. Taorian'izay dia lasa ireo loholona, ary dia nanohy ny diany ihany avy eo ny Mpaminany sy ireo mpiara-dia anankiroa niaraka taminy ary ny hafa dia nandroso ihany nanatona ny tanin'i Ziona.

"Tamin'ny faha-27 Aogositra 1831, dia tonga tao Kirtland ny Mpaminany sy i Sidney ary Oliver. Nandritra ny tsy naha-teo azy ireo dia nankafy ny Fanahy sy fitaomam-panahy goavana tokoa ary nanatri-maso ireo fisehoana maro avy tamin'ny herin'Andriamanitra izy ireo. Nihanatanjaka ny finoan'izy ireo, ary ny tanjon'ilay Avo Indrindra dia nihanazava kokoa teo amin'ny fahatakaran'izy ireo. Nahazo fahalalana lehibe kokoa izy ireo ny amin'ny ezak'i Satana hanafina ny hazavana tsy ho hitan'ny mason'ny olombelona rehetra" (George Q. Cannon, Life of Joseph Smith the Prophet *[1958], 123–24).*

Rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 62 ianao, dia tadiavo ny antony maha-zava-dehibe ny fizaranao ny fijoroanao ho vavolombelona amin'ny hafa. Mety tsy ampoizinao ny fahafantarana hoe iza no mihaino ireo fijoroana ho vavolombelona ireo ary ny fiantraikan'izany fizaranao ny fijoroana ho vavolombelona izany eo amin'ny fiainanao.

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 62

Fifampiarahabana (sasintenin'ny fizarana)—Fiarahabana

Mpisolovava (and. 1)—Mpiaro, olona iray mipetraka eo amin'ny toeranao

Hamonjena (and. 1)—Manampy, manohana

Vaovao mahafaly (and. 5)—Vaovao

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny asa A na B rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 62 ianao.

A Omeo ny Hevitrao

Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 62:3, ny Tompo dia nilaza momba ny maha-zava-dehibe ny fizarana ny fijoroanao ho vavolombelona amin'ny filazantsara. Avereno soratana indray ao amin'ny kahienao amin'ny fomba filazanao azy izany andininy izany ary omeo ny hevitrao amin'ny antony hitrangan'ireo zavatra ireo rehefa mizara ny fijoroanao ho vavolombelona amin'ny hafa ianao.

B "Tsy *Ahoako*"

Ao amin'ireo fizaran'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana teo aloha, ny Tompo dia nampiasa ny andian-teny hoe "tsy ahoako" (jereo F&F 60:5; 61:22; 62:5). Vakio ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 62:5–8 ary hazavao araka ny eritreritrao ny tian'ny Tompo lazaina rehefa miteny izany Izy ary inona no andrasany mba ho ataontsika rehefa tsy manome torolalana fanampiny Izy.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 63

Miomana ho an'i Ziona

Ny sasin-tenin'ny fizarana ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 63 dia milaza ny tombotsoa lehiben'ny Olomasina momba ny fananganana an'i Ziona. Ao amin'ity fanambarana ity dia manazava zavatra maro momba ny fomba hananganana an'i Ziona sy ny amin'ny fepetra hahavoaray ao amin'izany ny Tompo. Rehefa mandalina ity fizarana ity ianao, dia eritrereto ny antony tena hitiavanao hiaina ao Ziona. Inona no zavatra nataon'ireo Olomasina tany am-boalohany izay nomelohan'ny Tompo?

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 63

Mitsimbina (and. 3)—Mamonjy, miaro

Fandrika (and. 15)—Velampandrika

Mpijangajanga (and. 17)—Olona iray izay mandray anjara amin'ny fampiharana ny tsy fahadiovam-pitondrantena

Areti-mandringanga (and. 24)—Loza, fahapotehana

Tsy mety maty (and. 34)—Tsy mety tapitra

Manavaka (and. 41)—Mahafantatra

Hanome (and. 43)—Manolotra

Fanerena (and. 64)—Fiasa, fitarihana

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 63:20–21–"Ny Andro Fiovan'Endrika"

Rehefa nitondra ny Apôstôliny Petera, Jakôba ary i Jaona teny amin'ny Tendrombohitry ny Fiovan-tarehy i Jesoa (jereo Matio 17:1–3), dia naseho azy ireo ny hitranga amin'ny tany aorian'ny Fiaviana Fanindroany. Ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 63:21 dia nanondro fa tsy mbola nahazo ny firaketana feno ny amin'ny zava-drehetra hitan'izy ireo isika. Ny Loholona Bruce R. McConkie, izay mpikambana tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, dia nanazava hoe:

"I Petera dia nilaza mikasika ny *andro famelombelomana* izay ho avy eo anatrehan'ny Tompo amin'ny Fiaviana Fanindroan'i Kristy. (Asan'ny Apôstôly 3:19–21.) Izany zavatra nolazainy izany dia mitovy amin'ny Fanekempinoana fahafolo izay milaza hoe 'hohavaozina ny tany ka handray ny voninahitry ny paradisany.' Izany fahitana izany no 'fanavaozana' izay hitranga 'rehefa hipetraka eo amin'ny seza fiandrianan'ny voninahiny ny Zanak'olona.' (Mat. 19:28.) Izany koa dia ho 'Andron'ny fiovan'endrika . . . rehefa hiova endrika ny tany.' (F. & F. 63:20–21.)

"Naorina amin'ny endriny vaovao na paradisa ity tany ity, nefa noho ny tranga dia ny fandikan-dalàna nataon'i Adama, dia lavo tamin'ny endriny telestialy izy. Amin'ny Fiaviana Fanindroan'ny Tompontsika, dia *hodiovina, havaozina, hovelombelomina, hovaina endrika* izany mba ho *tany vaovao indray*, *tany paradisa.* Ny endriny amin'ny arivotaona dia hiverina amin'ny endriny tany amboalohany amin'ny hatsarany sy ny voninahiny, izay endriny talohan'ny fahalavoana" (*Mormon Doctrine*, 795–96; soramandry tamin'ny lahatsoratra tany am-boalohany).

Ny Filoha Joseph Fielding Smith dia nampianatra fa "izany rehetra izany dia hiseho amin'ity Fotoanandron'ny fahafenoan'ny fotoana ity, izay hiainantsika izao. Rehefa tanteraka izany rehetra izany dia hiverina amin'ny endriny toy ny tany am-piandohana indray ity tany ity. Andeha ho anay avaratra daholo indray ny ranomasina; hikambana amin'ny tany ireo nosy ary dia haverina hiaraka indray ny tany tahaka ny endriny talohan'ny nanasarahana ny tany. (F. & F. 133:22-24.)" (*Church History and Modern Revelation*, 1:231).

Ity "andron'ny fiovan'endrika" ity dia hafa tsy toy ny tamin'ny fotoana izay "hisian'ny lanitra sy tany vaovao." Ny Filoha Joseph Fielding Smith dia nanazava fa aorian'ny Arivotaona dia "ho avy ny fahafatesan'ny tany, ny fitsanganany amin'ny maty, ny fahazoany voninahitra, ary ho fitoeran'ny olo-marina na ireo izay mahazo ny fanjakana Selestialy izany, ary ireo ihany no honina eo ambonin'izany" (*Doctrines of Salvation*, 3:282).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 63:25–27—"Izaho Tompo, dia Mamerina an'i Kaisara ny Zavatra izay an'i Kaisara"

Ao amin'ny Lioka 20:19–26 dia mamaky momba ireo lohan'ny mpisorona sy mpanora-dalàna izay niezaka ny hamandrika an'i Jesoa tamin'ny fametrahana fanontaniana Taminy raha toa ka ara-dalàna ny mandoa hetra amin'ny amperora Romana, Kaisara isika. Fantatr'izy ireo fa raha eny ny valiny, dia ho lavin'i Jiosy izy satria izy ireo dia mankahala ny Romana izay nanjanaka azy ireo. Raha toa ka nanao hoe tsia i Jesoa, dia ho nalazan'izy ireo tany amin'ny Romana Izy, izay hisambotra azy noho ny fikomiana amin'ny lalàn'ny Romana. Nampisehoan'i Jesoa vola vy izay misy ny sarin'i Kaisara voatomboka teo izy ireo, ary dia nilaza izy hoe: "Aloavy ho an'i Kaisara ary izay an'i Kaisara, ary ho an'Andriamanitra izay an'Andriamanitra" (and. 25).

Nampiasa io tantara io ny Tompo mba hampianarana ireo Olomasina tamin'ny andron'ny Mpaminany Joseph Smith fa na dia an'ny Tompo aza ny tany iray manontolo, dia tsy maintsy mividy tany hatrany ireo Olomasina izay nandidian'ny Tompo azy ireo hananganana ny tanànan'i Ziona tao Missouri.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 63:34—"Zara raha ho Afa-miala ireo Olomasina"

Raha niresaka ny amin'ny Fiaviana Fanindroan'ny Mpamonjy ny Mpaminany Joseph Smith dia nanazava hoe: "Hevi-diso ny filazana fa afaka miala amin'ireo fitsarana rehetra ny Olomasina, raha toa ny olon-dratsy kosa dia hijaly; fa ny nofo rehetra dia hijaly, ary 'ny olo-marina dia afaka hiala lavitra izany.' Maro amin'ireo Olomasina no ho afaka hiala amin'izany, satria ny marina dia

hiaina amin'ny finoana; kanefa maro ireo olo-marina ho lavon'ny areti-mandringana, ny pesta, sns., noho ny fahalemen'ny nofo, kanefa dia ho voavonjy any amin'ny Fanjakan'Andriamanitra. Noho izany dia fitsipika diso ny filazana fa i ranona na i ranona dia nandika lalàna satria rakotry ny areti-mandringana izy ireo na maty, fa ny nofo rehetra dia tsy maintsy ho faty; ary ny Mpamonjy dia efa nilaza fa, 'Aza mitsara, fa mbola hotsaraina ianao' " (*History of the Church,* 4:11).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 63:50—Inona no "Taonan'Olombelona"?

Avy amin'ny fampanantenan'ny Tompo tamin'ireo mpanara-dia Nefita, no nampisehoana fa ny taonan'olombelona eto amin'ity tany ity dia roa ambin'ny fitopolo taona (jereo 3 Nefia 28:1–3). Tsy izany anefa no hitranga amin'ny Arivotaona.

"Raha niresaka mikasika ity fotoana ity ny Mpaminany Isaia dia nanambara fa: 'Na dia ny zaza minono any aza dia tsy ho fohy andro, ary tsy hisy anti-panahy izay tsy nahatapitra ny androny; fa mbola zatovo ihany izay maty na dia efa *zato taona* aza' (Isa. 65:20; nampiana soramandry).

"Raha niresaka mikasika izany fepetra izany ny Filoha Joseph Fielding Smith dia nilaza hoe: 'Ny olombelona eto an-tany dia mijanona ho mety maty ihany, kanefa hisy fiovana amin'izy ireo ka hanana hery hanoherana ny aretina, ny areti-mandringana ary ny fahafatesana izy ireo. Horoahina hiala eto an-tany ny fahafatesana, fa *ny olona dia hiaina mandrapahatongan'ny taonan'ny hazo na zato taona* (Jereo [F&F] 63:50–51), *ary avy eo dia ho faty amin'ny taonan'olombelona,* kanefa izany fahafatesana izany dia ho avy ao anatin'ny indray mipi-maso ary dia hivadika ho tsy mety maty avy hatrany ilay mety maty iny. Tsy hisy fasana, ary ny olo-marina dia hahazo ny fitsanganana amin'ny maty feno voninahitra.' (*[Church History and Modern Revelation,]* 1:461; nampiana fanamafisana)" (Brewster, *Doctrine and Covenants Encyclopedia,* 10).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 63:61–64—" Aoka ny Olon-drehetra Hitandrina amin' ny Fomba Hanononany ny Anarako eo amin' ny Molony"

Ny Loholona James E. Talmage, izay mpikambana ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, dia nampianatra fa:

"Ny fanononononam-poana ny anaran'Andriamanitra . . . dia fanamaivanana izany anarana izany, fampiasana izany amin'ny tsy misy dikany, fampiasana izany izay tsy hitondra vokany, arakarak'ilay eritreritra ampiasana azy. . . .

"Raha fintinina dia:

"1. Manononononom-poana ny anaran'Andriamanitra isika amin'ny alalan'ny faniratsirana.

"2. Manononononom-poana ny anaran'Andriamanitra isika rehefa manao fianianan-diso, rehefa tsy marina isika amin'ny fianianana sy fampanantenana nataontsika.

"3. Manononononom-poana ny anarany amim-pitenenan-dratsy isika rehefa tsy manam-pahefana amin'ny fitenenana izany anarana izany.

"4. Manononononom-poana ny anaran'Andriamanitra isika rehefa miniana tsy manao [na inona na inona] isika amin'ireo izay manevateva ny didiny, satria isika dia mitondra ny anarany eto amintsika" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Ôkt. 1931, 50, 53).

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny telo amin'ireto asa manaraka ireto (A–G) rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 63 ianao.

A Famantarana Mampitandrina sy Ohabolana

Ny Tompo dia nanome teny fampitandremana mahery tamin'ireo mpikomy izay nikatsaka famantarana sy fahagagana alohan'ny hinoan'izy ireo.

1. Alalino ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 63:1–12 ary hazavao ireo karazana "famantarana" izay ho azon'ireo olon-dratsy.
2. Amin'ny fampiasanao ny zavatra nianaranao tao amin'ny andininy 5–12, dia tanisao ireo zavatra hosoratanao amin'ireo famantarana maromaro izay mampitandrina ireo izay tsy mahafaly ny Tompo.
3. Manorata ohabolana, na tadidio ireo oha-pitenenana izay ampitandreman'ny Tompo ireo mpitady famantarana.

B Fantaro ny Vokany

Ny zava-drehetra ataontsika dia misy vokany daholo—ny asa tsara ataontsika ary koa ny fahotantsika.

1. Manaova tsanganana efatra ao amin'ny kahienao. Soraty eo izao manaraka izao "Fahotana," "Vokatry ny Fahotana," "Fisafidianana ny Ota," ary "Vokatry ny fisafidianana."
2. Vakio ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 63:13–19 ary tanisao ao amin'ny tsanganana voalohany ireo fahotana voalaza ao. Tanisao ao amin'ny tsanganana fanindroany ny vokatry ny fahotana tsirairay.
3. Vakio ny andininy 20–21 ary, ao amin'ny tsanganana mifanaraka amin'izany dia fenoy ireo valiny mifanaraka amin'ny fisafidianana ny fahotana sy ny vokatr'izany.
4. Nahoana araka ny eritreritrao ny olona sasany no misafidy ny ota mihoatra ny fankatoavana? Nahoana ny fankatoavana no safidy tsara indrindra?

D Ny Fanalahidin'ny Fahalalana

Vakio ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 63:22–23 ary Almà 12:9–11. Fintino ny nolazaina tamintsika fa fanalahidin'ny fahatakarana ny "misterin'ny" fanjakana. Nahoana araka ny eritreritrao ny Tompo no mitaky izany?

E Moa ve ianao Miahiahy sa Matoky Tena?

Avereno vakiana ireo nampianarin'ny Tompo momba ny andro farany ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 63:32–37.

1. Misafididana faminaniana iray izay mahatonga ny olona miahiahy amin'ny Fiaviana Fanindroany ary hazavao ny anton'izany.
2. Misafidiana faminaniana iray hafa izay mitondra fahatokiana ny olona ary hazavao ny anton'izany.
3. Saintsaino ny fahatsapanao amin'ny fahafahanao miaina amin'ity andro farany ity ary manorata andalan-tsoratra iray izay mampiseho ny fanomananao amim-pinoana fa tsy amintahotra ny Fiaviana Fanindroany (jereo ny fizarana «Fahatakarana ny Soratra Masina» ho fanampiana raha ilaina).

F Ahoana ny Endrik'izany Arivotaona izany?

Avy amin'ny fianaranao ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 63:47–54, dia manorata ny ho endrikendriky ny fiainana ao Ziona mandritra ny Arivotaona. Alaivo antoka fa tafiditra ao anaty famaritanao ireto hevitra manan-danja manaraka ireto: mandova, fahafatesana, taonan'olona, miova ao anatin'ny indray mipi-maso, ary fisarahana (jereo ny fizarana «Fahatakarana ny Soratra Masina» ho fanampiana raha ilaina).

Amin'ny Arivotaona dia tsy hisy ny fahafatesana araka ny fahafantarantsika azy.

G Manomeza Ohatra Maoderina

Rehefa mieritreritra olona iray izay manononononom-poana ny anaran'ny Tompo isika dia matetika mieritreritra faniratsirana. Ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 63:60–64 dia manazava fa misy ny fomba hafa izay hanatanterahana izany fahotana izany. Halalino ireo andininy ao amin'ny fizarana «Fahatakarana ny Soratra Masina» ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 63:61–64 ary soraty ireo ohatra maoderina maromaro izay hahafahantsika miala amin'ny fanononononam-poana ny anaran'ny Tompo.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 64

Mamela Heloka ny Hafa

Tamin'ny fotoana nandraisana ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 64, dia niomana ny hiala ao Kirtland ho any Hiram, Ohio ny Mpaminany Joseph Smith sy ny fianakaviany, izay teo amin'ny telo ambin'ny telopolo kilaometatra mitodi-doha mianatsimo atsinanana. Nasaina hiara-hipetraka tao amin-dry John and Alice Johnson izay mpikambana vao niova fo vao haingana izy ireo, mba hahafahan'ny Mpaminany manana toerana mangina hanohizany ny asany amin'ny fandikana ny Baiboly.

Ny ampahany voalohany amin'ity fanambarana ity dia misy hifandraisany amin'ireo olona mieritreritra fa ny sarotra indrindra amin'ny didy rehetra—dia ny andraikitra ananantsika hamela ireo izay manimba na nandratra antsika. Mariho ny fahamarinana mahavariana nambaran'ny Tompo ho an'ireo izay mandà ny hamela ny hafa.

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 64

Fangorahana (and. 2)—Fitserana, fangorahana

Mitady hirika hiampangana azy (and. 6, 8)—Mijery ny tsy mety eny aminy

Babylona (and. 24)—Famantarana izao tontolo izao na ny zavatr'izao tontolo izao

Raharaha (and. 29)—Antso, andraikitra

Hongotana (and. 36)—Esorina

Faneva (and. 42)—Saina na famantarana; zavatra, olona, na hevitra izay hangonin'olona

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 64—Ny Fifindrana nankany Hiram, Ohio

Ny fanasana nomena ny Mpaminany Joseph Smith sy ny fianakaviany hifindra hiaraka amin'ny fianakaviana John Johnson (fantatra amin'ny hoe "Papa Johnson" tao amin'ny Fiangonana) no valin'ny didin'ny Tompo ho an'i Joseph sy Sidney Rigdon izay "hitady fonenana ho azy" mba hahafahan'izy ireo manohy ny asany (F&F 63:65). Lasa mpikamban'ny Fiangonana ny fianakavian'i Johnson vokatry ny traikefa niavaka azon'izy ireo noho ny fiarahana tamin'ny Mpaminany Joseph Smith:

Ny tranon'i John Johnson tao Hiram, Ohio

"Fotoana fohy taorian'ny nahatongavan'ny Mpaminany tao Ohio, dia nandeha tany Kirtland mba hanadihady ny Môrmôna i Papa Johnson izay telo ambin'ny dimampolo taona, sy ny vadiny, Elsa, ary ny pasitera Metôdista Ezra Booth. Nandritra ny fifanakalozan-kevitra momba ny votoatin'ity finoana vaovao ity dia sitrana tamin'ny aretina rohana lavareny nahazo azy i Elsa [Alice]. Mitantara amin'ny antsipiriany izany fanasitranana mahagaga izany ny firaketana ara-tantara iray: 'Nandritra ny fihaonana dia niova ny resaka ka lasa lohahevitra momba ny fanomezam-pahasoavan'ny hery miafina izany, tahaka ireo nomena tamin'ny andron'ny apôstôly. Misy ireo milaza fa: "Indro i Ramatoa Johnson izay manana tanany malemy; moa ve Andriamanitra nanome hery olona ankehitriny eto an-tany ka afaka manasitrana azy?" Fotoana fohy taorian'izay, rehefa niova tamin'ny resaka hafa indray ny tafa sy dinika, dia nitsangana i Smith, ary nandeha teo afovoan'ny trano, nandray an-dramatoa Johnson tamin'ny tanany, ary niteny tamin'ny fomba manaitra sy masina indrindra hoe: "Ravehivavy, amin'ny anaran'i Jesoa Kristy Tompo mandidy anao aho mba ho sitrana," ary avy hatrany dia nandao ny trano.' Sitrana niaraka tamin'izay i Elsa, ary ny ampitson'iny dia nanasa lamba 'tsy nisy fahasarotana na fanaintainana' izy. [jereo fanovozan-kevitra eny ambanin'ny pejy, *History of the Church,* 1:215–16.] Ny fanasitranana dia nitarika avy hatrany ny fiovam-pon'ny Papa sy Mama Johnson ary dia nataon'ny Mpaminany ny batisan'izy ireo" (Black, *Who's Who in the Doctrine and Covenants,* 152).

"Izaho Tompo dia hamela izay tiako havela heloka, fa takiana aminareo kosa ny hamela ny olon-drehetra." (F&F 64:10).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 64:7—Inona no dikan'ny hoe Nanota "ho amin'ny Fahafatesana"?

Ny Loholona Bruce R. McConkie, izay mpikambana tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, dia nanazava hoe: "Ireo izay mihodina amin'ny fahazavana sy fahamarinan'ny filazantsara; ka nanolo-tena ho an'i Satana; mandray anjara amin'ny asany, manohana sy manampy amin'izany; ary avy eo dia lasa zanany—no *manota ho amin'ny fahafatesana.* Ho an'izy ireo dia tsy misy na fibebahana, na famelan-keloka, na fanantenana amin'ny famonjena amin'ny fomba rehetra. Amin'ny maha-zanak'i Satana azy ireo, dia zanaky ny fahaverezana izy ireo" (*Mormon Doctrine*, 737).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 64:21—Frederick G. Williams

Lasa mpikamban'ny Fiangonana i Frederick G. Williams tamin'ny Ôktôbra 1830, tao Kirtland, Ohio. Nitory ny filazantsara tamim-pahatokiana izy fotoana fohy taorian'ny batisany. Tamin'ny 1832 ny Tompo dia niantso ny Rahalahy Williams mba ho mpanolotsain'ny Mpaminany Joseph Smith tao amin'ny Fiadidiana Voalohany. Natoky azy ny Mpaminany, ary dia mpitarika mahatokin'ny Fiangonana izy. Tamin'ny taona 1837 dia very izany fikelezany aina tamin'ny fahamarinana izany. Nisaorana tamin'ny antsony izy ary namery ny naha-mpikambana azy tato amin'ny Fiangonana. Natao batisa indray izy tamin'ny taona 1838 ary nijanona ho mahatoky mandrapahafatiny tamin'ny taona 1842 (jereo Black, *Who's Who in the Doctrine and Covenants*, pp. 346–48).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 64:23—Inona no Dikan'ny "fahafolonkarena" amin'ity Andininy ity?

Ny lalàn'ny fahafolonkarena dia tsy nomena raha tsy efa ho fito taona taorian'ny nahazoana fanambarana ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 64 (jereo F&F 119). Ny teny hoe "fahafolonkarena," dia nampiasaina ao amin'ny andininy 23, "tsy midika hoe ny iray ampahafolony fotsiny, fa ao koa ireo fanatitra an-tsitrapo rehetra na ireo fanampiana ho an' ny tahirim-bolan' ny Fiangonana" (sasin-tenin'ny F&F 119).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 64:21—Nahoana ny Tompo no Te-"Hitana Toeram-pamaharana Mafy ao Kirtland, mandritra ny Dimy Taona"?

Ny Filoha Joseph Fielding Smith dia nampianatra hoe: "Tao amin'izany tany izany no nanorenana ny tempoly voalohany tamin'ity fotoam-pitantanana ity. Tao amin'izany tempoly izany no nambara ireo fanalahidy manan-danjan'ny famerenana amin'ny laoniny indray. Toa hita mazava tsara fa ny olon-drehetra dia nifindra nankany Ziona tao Missouri tamin'izany fotoana izany, ary nokorontanin'ireo fahavalon'ny vahoaka ny fanorenana ny tempoly . . . . Ny famerenana amin'ny laoniny indray ny fanalahidin'ny fisoronana izay notazonin'ireo mpaminany fahiny dia tena manan-danja eo amin'ny fandrosoan'ny Fiangonana. Ny Tompo dia nandidy fa ny trano mitondra ny anarany dia tokony ho hita ao Kirtland izay hahafahany mankao sy mandefa ireo iraka miaraka amin'ny fanalahidi'ny fahefana. Ny fananganana izany tempoly izany dia mitaky fotoana. . . . Ny fanambarana izay hiantsoan'ny Tompo ny Olomasina mba hitana toeram-pamaharana mafy ao Kirtland, dia nomena ny 11 Sept. 1831. Tamin'ny Martsa 1836, dia notokanana izany tranon'ny Tompo izany ary ny volana Aprily manaraka izany dia natolotra ireo fanalahidy masina ireo" (*Church History and Modern Revelation*, 1:237).

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny roa amin'ireto asa manaraka ireto (A–E) rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 64 ianao.

A Soratra Masina Fehezina—Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 64:9–11

Ny tsirairay amintsika dia nanota ary mila mikatsaka ny famelan-keloka. Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 64:7–11, ny Tompo dia nanome fanazavana misimisy momba ireo izay ho avelany heloka.

1. Manorata ao anaty kahienao ny andian-teny "Izaho Tompo dia hamela izay. . ." Tadiavo ao amin'ny andininy 7–11 ny teny hoe *miaiky, mangataka, fahafatesana,* ary *famelana* ary tanisao ireo fepetra efatra nomen'ny Tompo mba ho voavela.
2. Nahatsapa ny sasany fa ilay fepetra faha-efatra (jereo and. 8–10) dia tena sarotra. Hazavao raha manaiky izany na tsia ianao.
3. Ny Loholona Boyd K. Packer, mpikambana ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, dia nilaza hoe: "Ny famelan-keloka dia fanafody ara-panahy tena matanjaka tokoa. Mba hahafahana mamela heloka ireo izay nandratra anareo dia

manasitrana ilay balsama manalefaka ny fo," (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Ôkt. 1987, 20; na *Ensign,* Nôv. 1987, 18). Amin'ny fampiasana izany tenin'ny Loholona Packer izany, hazavao ny antony hilazana fa "fahotana lehibe" ny fandavana ny tsy hamela heloka (F&F 64:9).

B Soratra Masina Fehezina—Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 64:23

Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 64:23, ny Tompo dia nanamarika fa ny fandoavana marina ny fahafolonkarena dia fiarovana amin'ny afo mandoro amin'ny fanadiovana izay hitranga amin'ny Fiaviana Fanindroany.

1. Ampitahao ny andininy 23 ny andininy 24 ary hazavao ny fomba izay hanafaka ny olona mba tsy ho isan'ireo izay "miavona" sy "manao ratsy amin'ny alalan'ny fandoavana fahafolonkarena marina."
2. Nahoana araka ny hevitrao hilazana fa ireo olona izay mandoa am-pahafolonkarena feno dia hiezaka ihany koa hitandrina ireo didy hafa?
3. Asaivo faritan'ny ray aman-dreny na mpitarika ny fisoronana ireo toetra amin'ny ankapobeny sasantsasany ananan'ireo olona mandoa am-pahafolonkarena feno. Milaza inona aminao izany momba ny lanja sy ny maha-zava-dehibe ny fandoavana am-pahafolonkarena feno?

"Fa izay mandoa dia tsy hodorana amin' ny fiaviany" (F&F 64:23).

D Manorata Taratasy Famporisihana

Ndeha atao hoe manana namana ianao izay manan-kevitra ny hanao misiôna kanefa miahiahy izy fa tsy hahita fahombiazana. Amin'ny fampiasana ny lazain'ny Tompo ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 64:29–33, dia manorata taratasy famporisihina ho an'ny namanao. Hazavao ny lazain'ny Tompo izay hanome azy risimpo. Hazavao ny famaritana ny "fahombiazana" araka ireo andininy ireo ary ny antony hahafahany ho mahomby.

E Ampiasao ireo Teny Baiko ao amin'ny Fehezanteny

Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 64, ny Tompo dia nanome fanampi-panazavana maro momba ny endrik'i Ziona. Avereno vakiana ny andininy 37–43 ary karohy ny teny hoe *mpitsara, voninahitra, faneva,* ary *hangovitra.* Ary ampiasao avy eo ny teny ao amin'ny fehezanteny izay manazava ny antony hamaritan'izany teny izany an'i Ziona.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 65

Ny Fanjakan'Andriamanitra eto An-tany dia Manomana ny Lalana ho amin'ny Fanjakan'ny Lanitra

Ao amin'ny Testamenta Vaovao, ny Tompo dia nampianatra ny mpianany mba hivavaka ho an'ny fanjakan'Andriamanitra izay ho avy (jereo Matio 6:10). Inona ary aiza ny fanjakan'Andriamanitra? Moa ve mitovy ny fanjakan'Andriamanitra sy ny fanjakan'ny lanitra? Ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 65, izay lazain'ny Mpaminany Joseph Smith fa vavaka nomena azy tamin'ny alalan'ny fanambarana, dia manome valiny manan-danja ho an'ireo fanontaniana ireo.

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 65

Fanalahidin'ny fanjakan'Andriamanitra (and. 2)—Fahefan'ny fisoronana izay miahy ny Fiangonana

Ankinina (and. 2)—Nomena, nampaindraiketina

Ho resy ny fahavalonao (and. 6)—Voazanaka, naharesy

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 65:2—Inona ilay "Vato izay Nendahina Hiala tamin'ny Tendrombohitra nefa Tsy Nendahan-tanana"?

Ilay vato izay hikodiadia ary hameno ny tany iray manontolo izay dia avy amin'ny faminaniana tao amin'ny Testamenta Taloha momba ny famerenana tamin'ny laoniny ny fanjakan'Andriamanitra amin'ny andro farany (jereo Daniela 2:28–45). Ny Filoha Gordon B. Hinckley dia nilaza momba ny famerenenana amin' ny laoniny:

"Isika dia mponin'ny fanjakana lehibe indrindra eto an-tany—fanjakana izay tsy tarihin'ny fahendren'olombelona fa tarihin'ny Tompo Jesoa Kristy. Tena mitombina ny fisiany. Tena azo antoka ny lalankizorany. Izany no fanjakana izay efa nolazain'ny mpaminany Daniela—vato izay nendahina hiala tamin' ny tendrombohitra nefa tsy nendahan-tanana ka hikodiadia ambara-pamenoany ny tany manontolo. (Jereo Dan. 2:34–35.)

"Tsy misy olombelona afaka mamorona izany fanjakana izany. Tonga amin'ny alalan'ny fanambarana izany avy any amin'ny fitarihan'ny avo indrindra. Ary hatramin'ny andro nanombohan'izany tamin'ny taonjato fahasivy ambin'ny folo, dia tsy nitsahatra nandroso izany fa tahaka ny ranomandry nikodiadia sady mihalehibe mihalehibe hatrany" ("Pillars of Truth," *Ensign,* Jan. 1984, 4).

"Hikodiadia hatrany am-paran' ny tany ny filazantsara, toy ny vato izay nendahina hiala tamin' ny tendrombohitra nefa tsy nendahan-tanana" (F&F 65:2).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 65:5–6—Inona no Mahasamihafa ny Fanjakan'Andriamanitra sy ny Fanjakan'ny Lanitra?

Ny Loholona James E. Talmage, izay mpikambana tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, dia nanazava hoe:

"Ny teny hoe 'Fanjakan'Andriamanitra' dia ampiasaina mitovitovy amin'ny fitenenana hoe 'Fiangonan'i Kristy'; kanefa ny Tompo dia efa nanazava tsotra fa indraindray Izy dia mampiasa ny teny hoe 'Fanjakan'ny Lanitra' amin'ny dikany tena miavaka. Tamin'ny taona 1832 dia nampiasa ireo teny ireo tamin'ny fomba miavaka tokoa Izy, nandritry ny firesahany tamin'ny loholon'ny Fiangonana: [jereo F&F 65:1–6].

"Izany no vavaka efa natao, izany no vavaka mbola atao, izay asaina ataon'ireto olona ireto amin'ny vavaka ataony, mba tsy ho amin'ny teny fotsiny, mba tsy ho amin'ny fitenenana fotsiny, fa amim-bavaka—mba hikodiadia eto an-tany ny Fanjakan'Andriamanitra hanomanana ny tany handray ny Fanjakan'ny Lanitra. Hita izany ao amin'ny vavaka nampianarin'ny Tompo: 'Ho tonga anie ny fanjakanao, atao anie ny sitraponao, ny ety an-tany ho tahaka ny any an-danitra' ary tsy mbola nofoanana. Mivavaka ho an'ny fahatongavan'ny Fanjakan'ny Lanitra isika, ary manamafy ny fanomanana ny tany amin'ny fiavian'izany. Ny Fanjakan'Andriamanitra, dia efa mitoetra eto ambonin'ny tany . . . aza mikatsaka ny hanongana ny endriky ny fanjakana misy amin'izao; tsy misy fifandraisany amin'ny fifehezana ny zavatra mifandray amin'ny governemantan'ny tany izany, afa-tsy ny mikasika ny fampianarana ireo fitsipika marina sy fiezahana hanampy ny olona hiaina araka ireo fitsipiky ny governemanta marina, alohan'ny hahatongavan'ny Fanjakan'ny Lanitra izay haorina eo an-tany miaraka amin'ny Mpanjaka ho lohan'izany. Kanefa rehefa tonga Izy, dia hanapaka sy hanjaka, satria izany dia zony" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Apr. 1916, 128–29).

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny asa A na B rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 65 ianao.

A Ampitahao ny Andianteny sy ny Andininy

Ampitahao ny fehezanteny ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 65 miaraka amin'ny teny izay afaka maneho ny dikany.

1. "Ataovy mahitsy ny lalan-kalehany" (and. 1)	**a. Fahefan'ny fisoronana**
2. "Fanalahidin'ny fanjakan'Andriamanitra" (and. 2)	**b. Manangona ireo mahatoky hihaona amin'i Kristy**
3. "Ny vato . . . nendahina hiala eny tamin'ny tendrombohitra" (and. 2)	**d. Manome hazavana lehibe sy hery**
4. "Ny fanasan'ny Zanakondry" (and. 3)	**e. Ny Fiangonana naverina amin'ny laoniny tamin'ny andro farany**
5. "Mitafy ny famirapiratan'ny voninahiny" (and. 5)	**f. Omany ny lalana; ataovy vonona ny zava-drehetra**

B Fintino ny Vavaka

Fintino ny zavatra nivavahan'i Joseph Smith fa hiseho ao amin' ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 65:4–6, ary avy eo dia hazavao ny azonao atao hanampiana amin'izany fotoan-dehibe izany.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 66

William E. McLellin—"Madio ianao, fa tsy Madio tanteraka"

Nanontany ny Mpaminany Joseph Smith i William E. McLellin (matetika tononina hoe M'Lellin) ny amin'ny fanambarana izay afaka hanampy azy hahafantatra ny fomba entina hiainana ny filazantsara tsaratsara kokoa. Rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 66 ianao, dia eritrereto ny fahatsapan'ny Rahalahy McLellin momba ity fanambarana ity. Ampahany aiza no mampahery sy mamporisika? Ampahany aiza no mety hoe miteraka fikorontan-tsaina?

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 66

Fahotana (and. 1)—Faharatsiana

Hanambarana (and. 5)—Milaza, mampianatra

Mitoetra (and. 6)—Mijanona, manalava

Hahasahirana (and. 10)—Manavesatra, manampy lanja

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 66—William E. McLellin

Nonina tao Paris, Illinois i William McLellin, tamin'ny fotoana nahenoany ny hafatry ny famerenana amin'ny laoniny ny filazantsara

avy tamin'i Harvey Whitlock sy David Whitmer. Nakatony ny sekoliny izay nisy mpianatra 30–40 ary nandeha tany Independence, Missouri izy. Nataon'i Hyrum Smith batisa izy tamin'ny 20 Aogositra 1831. Nesorina tsy ho mpikamban'ny Fiangonana izy tamin'ny taona 1838 vokatry ny Apôstazia.

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny asa A rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 66 ianao.

A Mitadiava Ohatra

Ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 66 dia mirakitra ireo fampanantenana mamporisika ho an'i William E. McLellin, ary koa ireo teny fanitsiana sy fampitandremana.

1. Soraty ao amin'ny kahienao ireo ohatra mirakitra fampanantenana sy mirakitra fanitsiana ao amin'ity fanambarana ity. Omeo ny andininy rehefa hitanao izany.
2. Ahoana no hitovian'ity fanambarana ity amin'ny tsodranon'ny patriarika izay azontsika ho raisina amin'izao androntsika izao?
3. Vakio miaraka amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 66:3 ny Jakoba 4:7 sy Etera 12:27. Avy amin'ny zavatra izay nianaranao tao amin'ireo andininy ireo, inona no nolazain'ny Tompo tamin'ny Rahalahy McLellin fa "tsy ankasitrahany" eo amin'ny fiainany rehefa nandeha nangataka torohevitra tamin' ny Tompo izy? (vakio ny Jakoba 4:7 sy Etera 12:27 ho soratra masina mifandray amin'ny F&F 66:3; mariho fa Jakoba 4:7 dia soratra masina eo amin'ny fanovozan-kevitra eo ambanin'ny pejin'ny F&F 66:3.)

Raha manatona an'i Jesoa Kristy isika, dia hanampy antsika hibebaka izy (jereo F&F 66:3).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 67

Ny fitsapan'ny Soratra Masina

Nandritra ny fihaonambe manokana notanterahina tao Hiram, Ohio, dia nandroso sosokevitra ny Mpaminany Joseph Smith mba hamoahana ho boky ireo fanambarana azony avy amin'ny Tompo. Nandritra izany fihaonambe izany, ny Tompo dia nilaza ny fankasitrahany izany fanontana izany tamin'ny alalan'ny fanambarana izay hita ankehitriny ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana fizarana 1, izay antsoin'ny Tompo hoe "sasin-teniko ho an' ny bokin' ny didiko" (F&F 1:6). Teny fampidirany sy fijoroany ho vavolombelona, amin'ireo fanambarana izany.

Novakian' i Oliver Cowdery tamin'ireo nanatrika ny fihaonambe ny fanambarana ao amin'ny fizarana 1, ka taorian'ny dia nitsangana ireo rahalahy maromaro ho fijoroany ho vavolombelona ny fahamarinan'ity fanambarana ity ary nanehoany ny fanohanan'izy ireo izany hevitra hanontana ho boky izany. Nanoro hevitra ny sasany fa tokony hatsaraina ny fiteny ao amin'ny boky. Vokatr'izany, dia nahazo fanambarana i Joseph izay hita ankehitriny ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 67, izay hametrahan'ny Tompo fanamby ho an'ireo izay mahita diso amin'ny fanambarana mba hanao zavatra mitovy amin'izay eritreretin'izy ireo farafaharatsiny fa ho fanambarana voarain'ny Mpaminany (jereo F&F 67:6–8).

I William E. McLellin, izay mpampianatra, dia nieritreritra fa mpanoratra fanambarana mahay kokoa mihoatra ilay iray izay nomen'ny Tompo dia ny Mpaminany Joseph Smith. Nanandrana izy, fa noho ny fanandratany ny tenany, dia lavo izy ary taty aoriana dia nijoro ho vavolombelona fa fantany fa ny fanambarana dia avy amin'Andriamanitra.

Ny Mpaminany Joseph Smith dia nanoratra hoe: "Taorian'ny nahazoana ny [F&F 67], i William E. M'Lellin [McLellin], ilay lehilahy hendry indrindra, raha ny fijery azy, izay azo lazaina ho nanana fahalalana mihoatra ny fahatsapany, dia niezaka ny hanoratra didy farafaharatsiny iray tahakan'ny ireo nomen'ny Tompo, kanefa dia tsy nahavita noho izany dia tsy mendrika ny andraikitra hanoratra amin'ny anaran'ny Tompo. Ny Loholona sy ireo rehetra nanatrika teo, izay vavolombelon'izany andrana nataon'olombelona nandamoka izany tamin'ny fakana tahaka ny fitenin'i Jesoa Kristy, dia nanavao ny finoan'izy ireo ny amin'ny fahafenoan'ny Filazantsara, sy ny amin'ny fahamarinan'ny didy ary fanambarana izay nomen'ny Tompo tamin'ny Fiangonana tamin'ny alalako izay fitaovana; ary ny Loholona dia nanana fahatsoram-po ny hijoro ho vavolombelona amin'ny fahamarinan'izy ireo amin'izao tontolo izao" (History of the Church, *1:226).*

Noho ny fetran'ny fahatakarantsika, dia mety misy fotoana isika azon'ny fakam-panahy hametraka ahiahy amin'ireo mpitarika antsika. Rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 67 ianao, dia diniho tsara ny ampianarin'ny Tompo momba ny tokony hananantsika finoana amin'ireo mpitarika nofinidiny.

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 67

Niezaka (and. 3)—Nanandrana, andrana

Maneho mihoatra noho ny fiteniny (and. 5)—Manoratra ny fanambarana amin'ny fampiasana teny izay tsapa fa mahalaza ny hevitry ny teny bebe kokoa.

Anesoranareo ny (and. 10)—Miala amin'ny, manala

Araka ny nofo (and. 10, 12)—an'izao tontolo izao, mety maty

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 67:10–12—Ny Fahafahana Hahita an'Andriamanitra
Ny teny ao amin'ny Jaona 1:18 sy 1 Jaona 4:12, izay milaza hoe "tsy nisy nahita an'Andriamanitra na oviana na oviana," dia nahatonga fifandirana satria fantatsika fa ireo mpaminany, tahaka an'i Mosesy, dia efa nahita sy "nifanatri-tava" tamin'Andriamanitra (Eksodosy 33:11; jereo koa Isaia 6:5; Joseph Smith—Tantara 1:17). Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 67:11, ny Tompo dia nanazava fa mba hahafahana ho eo anatrehan'Andriamanitra, ny olona mety maty iray dia tsy maintsy "novelomin'ny Fanahin'Andriamanitra," izay midika hoe miova amin'ny fomba izay hahafahan'ny olona mahazaka ny Voninahiny. I Mosesy dia nandika izany ho "Fiovan'endrika" (Mosesy 1:11). (jereo DJS, Jaona 1:19; DJS, 1 Jaona 4:12.)

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny asa A na B rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 67 ianao.

A Inona no Dikan'ireo Fanambarana ireo Aminao?

Ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 1 dia noraisina fotoana fohy talohan'ny fizarana 67. Ireo fanambarana roa ireo dia miresaka ny amin'ny faniriana hanonta, ho toy ny boky, ireo fanambarana noraisin'ny Mpaminany Joseph Smith avy tamin'ny Tompo (jereo ny fampidirana ao amin'ny boky torolalana ho an'ny mpianatra ny F&F 67).

1. Avereno vakiana ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 1:17–24 sy 67:4–9 ary fintino ny nolazain'ny Tompo momba ny fanambarana voarain'i Joseph Smith.
2. Ahoana no hanampian'ny soratra masina antsika hahatakatra ny endrika izay nanoratana ny fanambarana?
3. Manorata andalan-tsoratra izay maneho ny fahatsapanao momba ireo fanambarana izay nohalalininao hatreto nandritra ity taona ity. Milazà andalana iray farafahakeliny izay mahakasika ny fonao ary nampisy fiovana teo amin'ny fiainanao.

B Asehoy ireo Dingana

Matetika isika no tsy mahazo ireo fitahiana tian'ny Tompo homena antsika satria tsy mbola vonona amin'izany fitahiana izany. Avy amin'ny zavatra nolazain'ny Tompo ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 67:1–3, 10–14, dia asehoy ny tsy maintsy ataontsika mba handraisana ny fitahiana nampanantenainy.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 68

Ny Soratra masina, ny Herin'Andriamanitra, ary ny Ray aman-dreny

Inona no famaritana ny hoe "soratra masina"? Inona no tanjon'ny asa fitoriana ny filazantsara, ary hery toa inona no hananan'ny misiônera? Iza no azo antsoina ho eveka, ary inona no ifandraisan'ny hoe taranak'i Aharôna ara-bakiteniny? Inona no andraikitra voalohan'ny ray aman-dreny? Ny Tompo dia niteny fa "tsy dia mankasitraka" ny olana misy eo amin' ny Olomasina? Rehefa mamaky ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 68 ianao, jereo tsara ny valiny amin'ireo fanontaniana ireo.

Ny ray aman-dreny dia mampianatra ireo zanany hivavaka sy handeha am-pahitsiana eo amin'ny Tompo.

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 68

Fitalahoana (sasin-tenin'ny fizarana)—Vavaka

Hamelabelatra (and. 1)—Hampianatra, hanazava

Fianarana (and. 2–3)—Ohatra, rafitra arahina

Taranaka ara-bakiteny (and. 15–16, 18–20)—Taranaka mivantana amin'ny

Fanapahana (and. 21)—Fahafantarana, fianarana

Hita fa meloka (and. 23)—Nosedraina, mampiahiahy

Kamo (and. 30)—Olona iray mandà tsy hiasa

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 68:1—Famininaniana ho an'i Orson Hyde

"Ny famininaniana amin'ity andininy ity dia tanteraka ara-bakiteny tokoa. Nitory ny filazantsara 'tamin'ny olona tsirairay, tany amin' ny tany rehetra' i Orson Hyde. Tamin'ny taona 1832, dia nandeha—roa arivo kilaometatra mahery—an-tongotra tany amin'ny faritanin'i New York, Massachusetts, Maine, ary Rhode Island izy sy Samuel H. Smith. Tamin'ny taona 1835 dia notendrena ho Apôstôly izy, ary tamin'ny taona 1837 dia nandeha nitory tany Angletera izy. Tamin'ny taona 1840 dia nalefa hitory tany Jerosalema izy. Niampita ny ranomasina izy, namakivaky an'i Angletera sy Alemana, nitsidika an'i Constantinople, le Caire, ary Alexandrie, ary farany, dia tonga tany amin'ny Tanàna Masina. Tamin'ny 24 Ôktôbra 1841, dia nandeha teny amin'ny Tendrombohitry Ôliva izy ary nanolotra vavaka, nanokana an'i Palestine ho fanangonana ireo Jiosy" (Smith sy Sjodahl, *Doctrine and Covenants Commentary,* 409).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 68:4—Inona no Antsoina hoe Soratra Masina?

Nampianatra ny Filoha Joseph Fielding Smith hoe:

"Rehefa mitsangana eo anoloan'ny mpivavaka amin'izao andrantsika izao ny iray amin'ireo rahalahy, ary rehefa miaraka aminy ny fitaomam-panahin'ny Tompo, dia miteny izay lazain'ny Tompo izy. Izany dia sahala amin'ny soratra masina izay hita sy voasoratra ao amin'izany firaiketana izany, izay antsointsika hoe soratra masina ankatoavin'ny Fiangonana. Mazava ho azy fa miankina amin'ny fitarihana avy amin'ny fitaomam-panahy voarain'izany rahalahy izany isika.

"Iray ihany ny lehilahy ato amin'ny Fiangonana amin'ny fotoana rehetra manana ny zo hanome fanambarana ho an'ny Fiangonana, ary tsy iza izany fa ny Filohan'ny Fiangonana. Izany anefa tsy manakana ny mpikambana hafa amin'ity Fiangonana ity hilaza ny tenin'ny Tompo, araka ny voalaza ato amin'ity fanambarana, fizarana 68 ity, fa ny fanambarana izay tokony homena tahaka ireto fanambarana ireto dia nomena ato anatin'ity boky ity, ho an'ny Fiangonana, dia ho avy amin'ny alalan'ny mpitondra mpiahy ao amin'ny Fiangonana no ahazoana azy; na izany aza ny tenin'ny Tompo, izay nolazain'ireo mpanompo hafa mandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana sy ny fihaonamben'ny tsatòka, na amin' ny fotoana inona na amin'ny fotoana inona no hitenenan'izy ireo ka ny Tompo no mampiteny azy ireo, dia mitovy ihany amin'ny tenin'ny Tompo voasoratra sy ny tenin'ireo mpaminany hafa tamin'ny fotoampitantanana hafa (*Doctrines of Salvation,* 1:186).

"Ary na inona na inona hotenenin' izy ireo noho ny fanentanan' ny Fanahy Masina dia ho soratra masina" (F&F 68:4).

Ahoana no hahafantarantsika fa ny zavatra lazain'ny mpitondra antsika dia aingam-panahy avy amin'ny Fanahy Masina? Ny Filoha President J. Reuben Clark Zanany, izay mpikambana tao amin'ny Fiadidiana Voalohany dia niteny hoe:

"Efa nandalo tato an-tsaiko io fanontaniana io, ary ny valiny izay azoko faritana tsara dia ity: tsy afaka miteny isika hoe amin'ny fotoana inona no 'miteny araka izay anentanan' ny Fanahy Masina' azy ireo ireo mpandahan-teny, raha tsy amin'ny fotoana hoe '[entan'ny] ny Fanahy Masina' koa ny tenatsika.

"Amin'ny lafiny iray dia mamindra tanteraka ny andraikitra avy amin'izy ireo ho any amintsika izany mba hamantarana ny fotoana izay hitenenan'izy ireo amin'izany fomba izany" (*When Are the Writings or Sermons of Church Leaders Entitled to the Claim of Scripture?* [address to religious educators, 7 Jolay 1954], 7).

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny asa A sy B rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 68 ianao.

A Hazavao amin'ny Ankizy izany

Eritrereto hoe mampianatra ny kilasin'ny Kilonga ianao ary tehanampy ny ankizy iray folo taona hahatakatra ny famaritan'ny Tompo ny *soratra masina* ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 68:4. Soraty ny zavatra izay holazainao hanampy azy ireo hahatakatra izany foto-kevitra lehibe izany. (Ampiasao ireo fanampim-panazavana ao amin'ny fizarana "Fahatakarana ny Soratra Masina " ho fanampiana raha ilaina—fa hazavao amin'ny fomba filazanao izany.)

B Manaova Lisitra

1. Vakio ny Fanekempinoana 1:4. Tanisao ao anaty kahienao avy eo ireo "fitsipika sy ôrdônansy voalohan'ny Filazantsara" izay nandidian'ny Tompo ireo ray aman-dreny mba hampianarin'izy ireo ny zanany ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 68:25–28.
2. Ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 68:29–33 dia mirakitra ireo fitsipika hafa ho an'ny mpikamban'ny Fiangonana. Tanisao ireo zavatra hitanao ao, ary hazavao araky ny eritreritrao avy eo ny antony tsy ankasitrahan'ny Tompo ny "faharatsiana" izay voalaza ao amin'ny andininy 31.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 69–70

Ny Fanambara'Andriamanitra—Fitantanan-draharaha Masina


BOOK
OF
COMMANDMENTS,
FOR THE GOVERNMENT OF THE
Church of Christ,
6th of April, 1830.
ZION:
1833.

Ny Mpaminany Joseph Smith sy ireo rahalahy hafa dia nomena ny fanontana ny fanambarana sy ireo fitaovan'ny Fiangonana hafa ho fitantanan-draharaha sahanin'izy ireo.

Nandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana natao tamin'ny 1–2 Novambra 1831, dia notapahina fa alefa any Missouri ireo fitambarana fanambarana, mba hatontan'izy ireo ho bokin'ny didy tao amin'ny trano fanaovana printy izay an'i W. W. Phelps. Ny fanambarana ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 69 dia noraisina mba hanazavana ny fomba nitondrana ny ireo fanambarana sy volan'ny Fiangonana ho any Missouri. Rehefa mamaky ity fanambarana ity ianao, dia mariho ny antony tsy nitiavan'ny Tompo handehanan'i Oliver Cowdery irery. Mariho ihany koa ny fanampipanazavana noraisin'i John Whitmer momba ny zavatra andrasan'ny Tompo aminy.

Eo ambanin'ity fitsipiky ny lalàn'ny fanokanana ity, dia nomena fitantanan-draharaha ny mpikambana ho fomba hahafahan'izy ireo mivelona sy manompo ao amin'ny fiaraha-monina. Ttafiditra ao amin'ny fitantanan-draharahan'izy ireo, ohatra ny tanin'ny mpamboly iray, ny fivarotana ho an'ny mpandraharaha iray, na ny trano fanaovam-printy an'ny mpanao printy iray. Ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 70 dia fanambarana manokana nomena ireo rahalahy sasany tao amin'ny Fiangonana. Rehefa mandalina ity fanambarana ity ianao, dia tadiavo ireo zavatra izay nolazain'ny Tompo mba hanampy anao ho mahatoky kokoa amin'ny asa sy ny andraikitra izay nomena anao.

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 69

Fitambaran'ny (sasin-tenin'ny fizarana)—Fitambaran'ny

Vazan-tany (and. 5)—Toerana hafa ankoatra an'i Ziona

Toerana (and. 6)—Ivontoerana, foibe

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 70

Afaka (and. 10)—Malalaka, afa-tsiny

Zavatr'izao fiainana izao (and. 11–12)—Ara-nofo, zavatr'izao tontolo izao

Tsy fidiny (and. 14)—Tsy vokatry ny fo sy tsy tsapa

Fitafiana (and. 16)—Akanjo

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 70:5–8—"Tsy Hanomezany ireo Zavatra ireo ho an' ny Fiangonana"

Ny andraikitr'ireo rahalahy dia ny ho "mpitantan-draharaha hiandraikitra ireo fanambarana sy didy" (F&F 70:3) izany hoe ny fanontana sy ny fizarana ireo bokin'ny Fiangonana no ho asan'izy ireo. Ary nomena fahafahana nampiasa ireo "tombony [vola miditra] tamin'izany" (and. 5) izy ireo hanampiana hanohanana azy ireo sy ny fianakaviany, tahaka ny ataon'ireo mpamboly na koa ireo mpitahiry entana. Ny vola miditra amin'ny fivarotana ireo fitaovan'ny Fiangonana dia tsy nomena avy hatrany ny Fiangonana, fa amin'ny "izay voatendry hitantana ireo zavatra ara-panahy dia mendrika ny karamany" (and. 12). Ireo mihoatra amin'ny vola miditra amin'ny zavatra ilain'izy ireo, araka ny voalazan'ny fitantanam-bolan'ny eveka, dia ilaina omena ny ao amin'ny trano fanobian'ny Tompo hikarakarana ny mahantra (jereo and. 7).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 70:14—Inona no dikan'ny hoe Hitovy amin' ny Zavatrareo eo amin' izao Fiainana izao?

Ny Filoha Joseph Fielding Smith dia nanazava hoe: "Mianatra avy amin'ity [F&F 70] sy ny fanambarana hafa rehetra isika fa ireo izay nandeha, na nieritreritra ny handeha, ho any Ziona dia voafatotra amin'ny lalàn'ny fanokanana izay fitsipika entina hanorenana an'i Ziona. Nodidiana ihany koa izy ireo mba hitovy amin'ireo zavatra eo amin'izao fiainana izao, ary tsy hiditra amin'ny fanekempihavanana tsy fidiny. Ny hoe mitovy dia tsy midika akory hoe ny rehetra dia samy manana sakafo mitovy daholo, fa kosa ny tsirairay dia tokony hanana ny zavatra ilain'izy ireo. Ohatra, ny lehilahy iray dia mahazo ny anjarany arakaraka ny isan'ny olona ao amin'ny fianakaviany, fa tsy arakaraka ny karazana asa ataony" (*Church History and Modern Revelation*, 1:268–69).

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny roa amin'ireto asa manaraka ireto (A–D) rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 69–70 ianao.

A Inona no Lanjan'ny Soratra Masina?

Tamin'ny fihaonamben'ny Fiangonana izay nanapahana hevitra ny hanontana ny fanambaran'ny Tompo nomena ny Mpaminany Joseph Smith, dia "nofidian'ny fihaonambe fa ny vidin'ny fanambarana dia ho manan-danja ao amin'ny Fiangonana mihoatra ny haren'ny tany iray manontolo" (*History of the Church*, 1:235).

1. Misafidiana ary manorata ao amin'ny kahienao iray amin'ireo fahamarinana ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 69–70 izay eritreretinao fa manan-danja manokana ho an'ny Fiangonana.
2. Misafidiana ary manorata fahamarinana iray hafa izay nianaranao avy amin'ny andalana hitanao tao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana izay misy dikany manokana aminao, ary hazavao ny antony.

B Ahoana no Fiasan'izany?

Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 70 dia ohatra amin'ny fomba nanatanterahana ny lalàn'ny fanokanana.

1. Tanisao ireo lehilahy enina izay voatanisa ao amin'ity fanambarana ity ary hazavao ny fitantanan-draharaha sahanin'izy

ireo tsirairay avy (jereo and. 1–5 sy ny fizarana «Fahatakarana ny Soratra Masina» ao amin'ny F&F 70:5–8).

2. Inona no lazain'ny Tompo azy ireo amin'ny fidiram-bolan'izy ireo avy amin'ny fitantanan-draharaha? (jereo and. 6–12).

D Hazavao ny dikan'ny hoe mitovy

Ndeha atao hoe manana namana ianao izay avy namaky ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 70:14–18, izay nilaza hoe: "Mety tsy ho tiako izany hiaina any Ziona izany, izay mitovy daholo ny fananana hananan'ny olon-drehetra. Ahoana raha tsy tiako ny zavatra tian'ny olon-drehetra?" Amin'ny fampiasana ny zavatra nianaranao tao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 51:3; 70:14–16; sy ny fizarana "Fahatakarana ny Soratra Masina," dia manorata valiny ho an'izany namana izany. Ataovy izay hanitsiana izany tsy fahazoan-kevitra amin'ny dikan'ny hoe mitovy daholo ny zavatra eto amin'izao fiainana izao, anisan'izany ny andininy manazava ny tombotsoa hitanao amin' ny fiainana ao Ziona.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 71

"Tsy Misy Fiadiana izay Voaforona Hamelezana Anareo ka Hiroborobo"

Zava-dehibe ho an'ireo olona tsy mpikamban'ny Fiangonana no mahazo ireo vaovao marina momba ny Fiangonana. Rehefa maro ireo manaparitaka atsanga tsy aman'orana sy lainga, dia ny feon'ny mpikambana no dokam-barotra tsara indrindra ho an'ny Fiangonana rehefa manazava ny fahamarinan'ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny izy ireo. Rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 71 ianao, dia mariho ny zavatra nangatahin'ny Tompo ho ataon'ny Mpaminany Joseph Smith momba ireo atsanga tsy aman'orana aparitaka eran'ny gazety an-tsoratra tamin'ny vanimpotoanany.

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 71

Hampitony (sasin-tenin'ny fizarana)—Manamora, mampihena

Ilaina (and. 1)—Mety, manintona

Hanambara (and. 1)—Hanazava

Mangaihay (and. 7)—Mangina, tsy fahombiazana, sahiran-tsaina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 71:1–8—Rahoviana Isika no "Hampangaihay ny Favavalo [ntsika]"?

I Ezra Booth, pasitera Metôdista iray izay lasa mpikamban'ny Fiangonana taorian'ny nijoroany ho vavolombelona tamin'ny fahasitranana, dia tratran'ny apôstazia ary nanoratra taratasy sivy manenjika ny Fiangonana. Ireo taratasy ireo, izay navoaka tao amin'ny *Ohio Star* tao Ravenna, Ohio, dia tena nanahirana, ary dia nanoratra ny Mpaminany Joseph Smith fa, "amin'ny alalan'ny fiteniny, ny fanaratsiany, ary ny fikasany tsy mahomby hanonganana ny asan'ny Tompo, dia nasehon'[i Booth] ny fahalemeny, ny faharatsiany sy hadalany, ary dia namela tsangambaton'ny fahafaham-baraka ho azy izy, ka ho talanjona izao tontolo izao" (*History of the Church,* 1:217). Tsy vao i Booth no voalohany tratran'ny apôstazia, kanefa izy no mpikamban'ny Fiangonana voalohany nanoratra sy nanaparitaka fitaovana manenjika ny Môrmôna.

Ny fikorontanana naterak'i Booth dia niharatsy ary tamin'ny 1 Desambra 1831 ny Tompo dia niantso an'i Joseph Smith sy Sidney Rigdon teo am-pandikan-teny mba hitory amin-kery sy haneho ny filazantsara amin'izao tontolo izao. "Indraindray dia fahendrena no minia tsy mahalala ny fanafihan'ny olon-dratsy; amin'ny fotoana hafa dia tena ilaina ny mihaona amin'izy ireo, tsy amim-pahatahorana sy amin'ny fahafahana tanteraka" (Smith sy Sjodahl, *Doctrine and Covenants Commentary,* 423).

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny asa A rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 71 ianao.

A Tadiavo ny Antsipiriany

1. Inona no nandidiana an'i Joseph Smith sy Sidney Rigdon mba ho ataon'izy ireo ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 71? Fa nahoana? (jereo and. 1–8, ny sasin-tenin'ny fizarana, ary ny fizarana "Fahatakarana ny Soratra Masina").
2. Ahoana no hahalalan'izy ireo ny tokony holazaina? (jereo and. 1).
3. Inona no zavatra nomarihinao ao amin'ny tantaran'ny Fiangonana nanomboka tamin'ny fotoanan'i Joseph Smith ka mandrak'ankehitriny izay mampiseho ny fahamarinana amin'ny fampanantenan'ny Tompo ao amin'ny andininy 9–11?

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 72

Fanampim-panazavana momba ny Fitantanan-draharaha sy ny Andraikitry ny Eveka

Ny Tompo dia niantso an'i Edward Partridge ho eveka voalohan'ny Fiangonana tamin'ny Febroary 1831 (jereo F&F 41:9). Ny eveka Partridge dia niaraka tamin'ny Mpaminany Joseph Smith nankany Independence, Missouri, ary nanompo

ho evekan'i Ziona. Niantso an'i Newel K. Whitney ny Tompo avy eo hanompo ho eveka tao Kirtland, Ohio (jereo F&F 72:7–8). Tamin'ny faran'ny taona, i Lydia vadin'ny eveka Partridge dia nitondra ireo zanany avy ao Ohio ary nandeha tany Independence hamonjy ny vadiny.

Ireo andraikitsika hanompo ao amin'ny Fiangonana amin'izao fotoana izao dia tsy fitantanan-draharaha izay toy ny adidy nomena antsika eo ambanin'ny lalàn'ny fanokanana. Na izany aza dia afaka mianatra ireo lesona manan-danja isika momba ny fanompoana amim-pahatokiana avy amin'ny torohevitry ny Tompo nomeny ny Olomasina momba ny fitantanan-draharahana nosahanin'izy ireo. Rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 72 ianao, dia karohy izay nolazain'ny Tompo fa tsy maintsy ho ataon'ny olona mba hahampanompo mendrika azy.

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 72

Tatitra (and. 5)—Manome

Manokana (and. 12)—Fanokanana

Handoa (and. 13)—Vola na fahafahana

Taratasy fanamarinana (and. 17)—Fahazoan-dalana nosoratana

Mahatonga ny lehilahy tsirairay ho mendrika (and. 17)—Porofo mivaingana amin'ny fahamendrehan'izy ireo

Hahatonga ny tenany sy ny tatitra ataony (and. 19)—Tatitra amin'ny fitondrantenany sy ny andraikiny

Mpitantan-draharaha hiandraikitra ny asa soratra (and. 20)—Mpiandraikitra ny fanontana an'ny Fiangonana

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 72:1–8—Ny Andraikitry ny Eveka tany am-piandohan'ny Fiangonana

Newel K. Whitney, ny eveka faharoan'ny fiangonana

Ny eveka Edward Partridge dia nantsoina ho eveka voalohan'ny Fiangonana. Taty aoriana, rehefa voantso koa ireo hafa, dia lasa ilay antsointsika ankehitriny hoe Eveka Mpiahy izy. Noho izany, i Newel K. Whitney dia teo ambanin'ny fari-piandraiketan'ny Eveka Partridge. Ny Filoha Joseph Fielding Smith dia nanazava fa: "Ny evekan'i Kirtland dia 'hampita' any amin'ny evekan'i Ziona, ny firaiketan'ny fitantanan-draharaha, izay hitazonana maharitra ny firaiketana. Noho izany andraikitra izany dia nantsoina hiasa ho eveka i Newel K. Whitney. Ny asany dia ny miandraikitra ny trano fanobian'ny Tompo tao Kirtland, handray ireo vola fanomezana amin'izany ampahany amin'ny tanimboaloboka izany, hihazona firaketana ho an'ireo loholona araka izay nandidiana azy; hanatanteraka ny zavatra ilain'izy ireo, ireo rehetra izay tokony handoa amin'ny zavatra azon'izy ireo, ary ihany koa ireo izay tokony halohan'izy ireo. Ireo vola fanomezana ireo dia natokana ho amin'ny zavamahasoa ny Fiangonana, 'ho an'ny mahantra sy ny mila fanampiana.' Raha misy ireo izay tsy afaka mandoa, dia tsy maintsy raketina an-tsoratra izany 'ary ampitaina any amin'ny evekan'i Ziona, izay handoa ny trosa amin'izay hapetraky ny Tompo eo an-tanany' " (*Church History and Modern Revelation*, 1:270).

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny asa A na B rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 72 ianao.

A Hazavao ny Fiasany

Na dia miantefa fotsiny amin'ny andraikitra azo eo ambanin'ny lalàn'ny fanokanana aza ny teny hoe *fitantanan-draharaha*, ny fitsipika amin'ny maha-tompon'andraikitra kosa dia azo ampiharina amin'ny andraikitra hazonintsika eto Fiangonana ankehitriny. Ho an'ireto andraikitra ato am-piangonana manaraka ireto, dia hazavao ny toerana sy ny fotoana izay hahafahan'ny olona manao firaketana ny fomba nanatanterahany ny adidiny ary iza no hanolorany izany (jereo F&F 72:2–5):

1. filohan'ny Ravintsara iray
2. Mpisorona iray ao amin'ny Fisoronana Aharôna
3. Mpampianatra isan-tokantrano iray
4. Mpandoa fahafolonkarena iray

B Ny Andraikitry ny Eveka

Na dia tsy miaina eo ambanin'ny lalàn'ny fanokanana aza isika izao, dia maro amin'ireo andraikitry ny eveka ankehitriny no mitovitovy amin'ny voalaza ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 72:5–13.

1. Diniho miaraka amin'ny evekanao na ny filohan'ny sampana misy anao na ny iray amin'ny mpanolotsainy ireo andininy ireo ary tanisao ao amin'ny kahienao ny andraikitry ny eveka ankehitriny izay misy amin'ireo voalaza tao. Hazavao ny antony hanaovan'ny eveka ireo andraikitra ireo.
2. Inona no azonao atao hanamaivanana ny asan'ny eveka?

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 73

Famaranana ny Fandikana ny Baiboly, Dikantenin'i Joseph Smith

Ny ankamaroan'ny volana Desambra 1831, dia nitory tamin' ny faritra nanodidina an'i Kirtland, Ohio i Joseph Smith sy Sidney Rigdon, mba hanarenana ireo voka-dratsy nateraky ny endrikendrik'ireo lavo tamin'ny apôstazia (jereo sasin-tenin' ny F&F 71). Izany antso dia nanjary nitaky azy ireo hanajanona ny asa fanitsiana feno fitaoma-panahy ny Baiboly. Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 73, dia nanome torolalana an'i Joseph Smith ny Tompo hifantoka indray amin'ny asa fandikana, niaraka tamin'i Sidney Rigdon nanompo ho mpitan-tsoratra.



Fonom-pejin'ny fandikana nataon'i Joseph Smith ny Baiboly King James. Nodidiana mba hamarana ny dikanteny feno fitaomam-panahy amin'ny Baiboly ny Mpaminany Joseph Smith.

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 73

Fanentanana (and. 1)—Mampianatra sy mamporisika

Sikino ny valahinareo (and. 6)—Miomana

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny asa A rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 73 ianao.

A Ny Maha-zava-dehibe ny Baiboly Dikantenin'i Joseph Smith

Iray amin'ireo andraikitra voalohany nomen'ny Tompo ny Mpaminany Joseph Smith ny handika ny Bokin'i Môrmôna. Nandritra ny fandikana, dia nanana fanontaniana maro, izay novalian'ny Tompo ny Mpaminany. Maro amin'ireo fanambarana no tonga fizarana tao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana (ohatra, jereo F&F 3; 5–6; 8–10).

1. Inona no nolazain'ny Tompo tamin'ny Mpaminany sy Sidney Rigdon mba ho averina indray ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 73:3?

2. Vakio ny sasin-tenin'ny fizarana ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 76–77; 86; sy 91. Hazavao ny hifandraisan'ireo fanambarana ireo amin'ny fandikana nataon'i Joseph Smith ary manomeza famintinana fohy amin'ireo zavatra nampianarina azy ireo.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 74

Ny Fanontanian'ny Mpaminany

Ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 74 dia ohatra mampiseho ny fomba nentin'ny Baiboly Dikantenin'i Joseph Smith nanana ny anjara asany teo amin'ny famerenana amin'ny laoniny ny fahafenoan'ny filazantsara sy ny fahatakarana ny maha-zava-dehibe ny fitsipiky ny filazantsara. Nipetraka matetika ny fanontaniana rehefa nisaintsaina momba ny tenin'ny Baiboly ny Mpaminany Joseph Smith. Izy sy Sidney Rigdon, ilay mpitan-tsorany, dia nitondra ireo fanontaniana ireo teo anoloan'ny Tompo, izay nanokatra ny lalana ho an'ny fanambarana. Rehefa mandalina ity fanambarana ity ianao, dia saintsaino ny fitahiana azo avy amin'ny fananana fanambarana maoderina izay manampy antsika hahatakatra ireo soratra masina taloha.

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 74

Nanomboka indray (sasin-tenin'ny fizarana)—Niverina nanomboka

Masina (and. 1)—Madio sy masina, afaka tamin'ny fahotana

Lalàn'ny famorana (and. 2)—Fomba amam-panao arapivavahana notakian'ny lalàn'i Mosesy

Fifandirana (and. 3)—Mifamaly, tsy fifankazahoana

Ambany fifehezana (and. 3)—Voafatotra ny hankato

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 74:1—Inona no atao rehefa tsy Mpino ny Vady

Tamin'ny andron'ny Apôstôly Paoly, dia nisy tamin'ireo mpikamban'ny Fiangonana sasany tao Korinto no "nilaza mazava fa raha toa ka niova fo na ny lahy na ny vavy, dia tsy maintsy miala amin'ilay vadiny tsy niova fo izy noho ny tsy fahadiovana sy famindrana aretina avy amin'ity farany. Tsy marina izany! Nilaza ny Masindahy Paoly, raha ny tena izy, dia ny fiovam-pon'iray amin'ireo mpivady dia mitondra fahamasinana ao amin'ny fianakaviana [jereo 1 Korintiana 7:12–14]" (Smith sy Sjodahl, *Doctrine and Covenants Commentary*, 432).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 74:1–7—"Ny Laläna'i Mosesy dia efa Nofoanana teo Anivon'izy ireo"

Sahiran-tsaina noho ireo mpikamban'ny Fiangonana izay tsy mbola nanambady ka tokony hanambady ao amin'ny Fiangonana ny Apôstôly Paoly ary izany dia mba tsy hampisy olana izay mety hitranga raha toa tsy iray finoana ny mpivady. Te-hiala amin'ny fanohizana ny fampiharana ny laläna'i Mosesy izy indrindra indrindra.

"Ny eritreritra tena mibahan-toerana eto dia hita ao amin'ny andininy voalohany sy farany [F&F 74:1, 7], ary milaza toy izao: Ny ankizy madinika dia masina, satria voadio tamin' ny alalan' ny sorompanavotan'i Jesoa Kristy.

"Famintinana roa no azo avy amin'izany tsoan-kevitra izany. Ny voalohany, izay voazava tanteraka eto amin'ity Fanambarana ity dia ny hoe, tsy mila famoràna ny ankizy mba ho masina, tahaka ny nampianarin'ireo mpanaraka ny laläna'i Mosesy. Ny faharoa dia tena manan-danja tahaka izany ihany koa, dia hoe, ny zaza madinika dia masina izay nohamasinina tamin'ny sorompanavotan'i Jesoa Kristy" (Smith sy Sjodahl, *Doctrine and Covenants Commentary,* 432).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 74:5—Ny Maha-zava-dehibe ny Fanambadiana Olona Iray Finoana Aminao

Fony izy mbola mpikambana tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, ny Loholona Spencer W. Kimball dia nanoratra hoe: "Mazava be fa ny fanambadiana mahomby dia miantomboka amin'ny fampiarahana tsara. Amin'ny ankapobeny ny olona iray maka vady dia maka olona izay efa nifanerasera taminy, mpiara-mianatra aminy, mpiara-mivavaka aminy, mpiara-monina aminy. Vokatr'izany, ity fampitandremana ity [jereo Deotoronomia 7:3–4; 2 Korintiana 6:14] dia nampiarahana amin'ny fanantitraterana lehibe. Aza manandrana mampiaraka amin'ny tsy mpikambana, na mpikambana tsy ampy traikefa na tsy manampinoana. Mety hiteny ny tovovavy iray hoe: 'Izaho anie tsy mieritreritra ny hanambady io olona io e! Mba "manala azy" miaraka aminy fotsiny aho.' Kanefa ny olona iray dia tsy afaka ny hanandrana ny ho latsa-pitia amin'ny olona iray izay tsy hanaiky mihitsy ny filazantsara. Marina fa misy ireo olona atao fanambadiana amin'ny mpikamban'ny Fiangonana aorian'ny batisan'izy ireo saingy marefo ny isan-jaton'izany. Misy ireo vehivavy sy lehilahy tsara izay niditra ho mpikamban'nny Fiangonana taorian'ny fanambadiany mpikamban'ny Fiangonana izay nijanona ho mavitrika sy tsy mikely soroka. Mirehareha sy feno fankasitrahana azy ireny izahay. Izy ireny no vitsy an'isa voatahy miaraka amintsika. Ireo hafa izay tsy miditra ho mpikamban'ny Fiangonana kosa dia mbola tsara fanahy sy miara-miasa ary mamela ireo vady izay mpikambana hivavaka sy hanompo araka ny lamin'ny Fiangonana. Kanefa ny ankamaroany dia tsy miditra ho mpikamban'ny Fiangonana sy. . . mifanditra, miteraka fisavorovoroana ary misara-panambadiana izay mitranga amin'ny ankamaroan' ny fanambadian'izy ireo (*The Miracle of Forgiveness,* 241–42).

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny asa A rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 74 ianao

A Fintino ny Tena Zava-dehibe

Ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 74 dia manampy manazava ny 1 Korintiana 7:12–14 ary mamaly ireo fanontaniana telo lehibe. Soraty ao anaty kahienao ireo fanontaniana tsirairay ary fintino ny valiny omen'ity fanambarana ity ho an'ny tsirairay avy amin'izy ireo (ampiasao ny fizarana «Fahatakarana ny Soratra Masina» ho fanampiana raha ilaina).

1. Raha toa ka iray ihany no niova fo amin'ny filazantsara ao amin'ny fanambadiana, dia inona no tokony ataony amin'ny vadiny izay tsy mpino?
2. Inona no torohevitra nomen'ny Tompo mikasika izay tokony ho alaintsika ho vady?
3. Inona no ampianarin'ny Tompo momba ny zaza madinika?

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 75

Antso amin'ny Asa Fitoriana ny Filazantsara

Ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 75 dia voaray nandritra ny fihaonambe notanterahina tao Amherst, Ohio—valopolo kilaometatra atsinanan'i Kirtland. Ny tranga tena manan-danja nandritra io fihaonambe io dia ny fanohanana an'i Joseph Smith ho Filohan'ny Fisoronana Avo. Izany dia iray amin'ny dingana voalohany amin'ny fanorenana ny anjara fanompoan'ny Fiadidiana Voalohan'ny Fiangonana. Ity fanambarana ity ihany koa dia mirakitra ny fahatontosan'ny fampanantenan'ny Tompo roa herinandro talohan'ny nampahafantarana an'ireo loholona "tamin' ny alalan' ny feon' ny fihaonambe, ny asa anirahana ny tsirairay" (F&F 73:2). Tamin'izany andro izany, ny lehilahy manambady dia nahazo antso hitory ary nandao ireo vadiny sy ny fianakaviany tao an-tokantranony nandritra ny asa fitoriana nataon'izy ireo. Inona no torohevitra mandaitra nomen'ity fanambarana ity an'ireo lehilahy ireo sy ny fianakaviany? Inona no andraikitr'ireo mpikambana ambiny nijanona tao am-piangonana ho an'ireo fianakavian'ireo ray sy vady lasa nandeha nitory?

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 75

Handratsana ny tanimboalo-boka (and. 5)—Teny enti-milaza ny fahombiazana lehibe eo amin'ny asa fitoriana.

Foanako ny fanendrena (and. 6)—Manafoana ny antso

Holeferina (and. 22)—Mandefitra

© 1994 Janath R. Cannon, mpaka sary, sy E. Dale LeBaron

Ny Tompo dia nampitaha ny asa fitoriana amin'ny fanangonana ny salohimbary eny am-pinjijana.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 75:18–20—Inona no Dikan'ny hoe "Ahitsano ny Vovoka amin'ny Tongotrareo"?

Jereo ny fizarana «Fahatakarana ny Soratra Masina» ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 24:15 (p. 36).

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny asa A rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 75 ianao.

A Saintsaino ireo Fampanantenana

1. Avereno vakiana ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 75:5, andininy 1–11, 13, 16 ary tanisao ny zavatra nodidian' ny Tompo ary ny fampanantenany ho an'ireo izay mandeha mitory ny filazantsara.
2. Misafidiana iray amin'ireo fampanantenana ary manorata fehezanteny roa na telo izay manazava ny antony nanaitra anao amin'izany fampanantenana izany.
3. Ny Loholona Spencer W. Kimball, fony mbola mpikambana tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, dia nilaza fa: "Ny antso amin'ny Misiôna dia tsy zavatra efa mahazatra fotsiny—tsy fandaharan'asa azo isafidianana ato am-piangonana. Na koa hoe ny asa fitoriana dia resaka safidy tahaka ny fahafolonkarena izay safidy ihany koa, tahaka ny fivoriana Fanasan'ny Tompo izay safidy, tahaka ny Tenin'ny Fahendrena izay safidy. Mazava ho azy fa manana ny fahafahana misafidy isika, kanefa ny Tompo dia nanome antsika ny safidy. Afaka manao izay tiantsika isika. Afaka mandeha mitory ny filazantsara isika na mijanona ao an-tokantrano. Kanefa ny zatovolahy rehetra dia manana adidy tsy maintsy efaina amin'ny fandehanana mitory ny filazantsara tahaka ny andoavany ny fahafolonkarena, ny fanatrehany fivoriana, ny fanajany ny andro sabata ho masina, ary ny fitandroana ny fiainany ho tsy misy pentina sy madio" (*Circles of Exaltation* [address to religious educators, 28 Jiona 1968], 3).

   Ny Filoha Gordon B. Hinckley dia nampianatra fa ny zatovovavy dia tsy voatery ho eo ambanin'ilay andraikitra ananan'ny zatovolahy manoloana ny asa fitoriana:

   "Ny Fiadidiana Voalohany sy ny Filankevitry ny Roambinifololahy dia miombon-kevitra amin'ny fitenenana ireo rahavavy tanora zanatsika fa tsy voatery handeha hitory ny filazantsara izy ireo. Manantena aho fa voalazako ny tiako hambara amin'ny fomba izay tsy mandratra an'iza an'iza. Tsy tokony hanana fahatsapana ny zatovovavy fa manana andraikitra sahala amin' ny an'ny zatovolahy. Misy amin'izy ireo tena maniry mafy ny handeha. Raha izany, dia tokony haka torohevitra any amin'ny evekany ireo sy ny ray aman-dreninny izy ireo. Raha toa ka mbola manery hatrany izany hevitra izany, dia ho fantatry ny eveka ny tokony hatao.

   "Holazaiko indray ny efa voalazako, fa ny asa fitoriana ny filazantsara dia tena ilaina eo amin'ny andraikitry ao amin'ny fisoronana. Noho izany, ireo zatovolahintsika dia tsy maintsy mitondra enta-mavesatra goavana. Izany no andraikitra sy lahasa tsy maintsy ataon'izy ireo" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Ôkt. 1997, 73; na *Ensign,* Nôv. 1997, 52).

   Inona ireo fanomanana sasany izay tsy maintsy ataon'ny zatovolahy mba ho lasa misiônera tsara? Inona no azon'ny zatovovavy atao mba hanampiana ireo zatovolahy ho vonona hanompo?

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 76

Ny Fahitana ireo Ambaratongamboninahitra Samihafa

Ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 76 dia noraisina nandritry ny fotoana niasan'ny Mpaminany Joseph Smith sy Sidney Rigdon tamin'ny fandikan-teny mitaona fanahy ny Baiboly (DJS). Ny Rahalahy Philo Dibble, izay nanatrika teo tamin'ny fandraisana ity fanambarana ity dia nanoratra hoe:

"Ny fahitana izay voarakitra ao amin'ny bokin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana dia nomena tao amin'ny tranon'ny 'Papa Johnson,' tao [Hiram], Ohio, ary nandritra ny fotoana izay nandraisan'i Joseph sy Sidney ny Fanahy dia nisokatra ny lanitra, ary nisy lehilahy hafa tao amin'ny efitrano, angamba roa ambin'ny folo, anisan'izany ny tenako nandritra izany fotoana izany—ka teo amin'ny roa ampahatelon'ny fotoana,—dia hitako ny voninahitra ary nahatsapa hery aho, kanefa tsy nahita ny fahitana. . . .

"I Joseph tao anatin'ny fotoana iray dia niteny hoe: 'Inona no zavatra hitako?' tahaka ny olona iray izay mijery eo ambaravaran-kely ka mahita ny tsy hitan'ny rehetra ao anaty efitrano. Dia avy eo tantarainy ny zavatra hitany na ny zavatra izay nojereny. Avy eo dia namaly i Sidney hoe: 'mahita izany koa aho.' Ary dia niteny koa i Sidney hoe: 'Inona no zavatra hitako?' ary dia namerina ny zavatra hitany na efa hitany izy, ary namaly i Joseph hoe: 'nahita toy izany koa aho.'

"Izany fomba firesahana izany dia niverimberina tao anatin'ny faharetam-potoana fohy hatramin'ny fiafaran'ilay fahitana, ary nandritra ny fotoana rehetra dia tsy nisy na teny iray aza nolazain'ny olon-kafa. Tsy nisy feo na fisentoana ankoatra ny an'i Joseph sy Sidney, ary raha ny fahitako azy dia tsy nisy vanintaolana na ratsam-batana nihetsika nandritra ny fotoana naha-teo ahy, izay araka ny eritreritro dia efa mihoatra ny adiny iray, hatramin'ny faran'ilay fahitana.

"Nipetraka tsara sy tony i Joseph nandritra ny fotoana rehetra teo afovoan'izany voninahitra mahafinaritra izany, fa i Sidney

kosa sady nalemilemy no fotsy hatratra, toy ny vorondamba, izay nahatonga an'i Joseph nanome fanamarihana manao hoe: 'Tsy mbola zatra zavatra toy izany i Sidney, tsy tahaka ny tenako.' " ("Recollections of the Prophet Joseph Smith," The Juvenile Instructor, *15 Mey 1892, 303–4).*

Rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 76 ianao, dia tadiavo ny zavatra novakian'i Joseph sy Sidney ka nahatonga ny fibitsihiana izany fahitana izany. Ahoana no fomba niantombohan'ny fahitana, ary nanao ahoana ny filaharana nahitan'izy ireo ny fanjakam-boninahitra? Alaivo sary an-tsaina hoe tao anatin'izany efitrano izany ianao nandritra ny fahitana ary tamin'ny fomba tena kely izay nandraisanao anjara tamin'izany tranga lehibe izany.

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 76

Lafiny maro (sasin-tenin'ny fizarana)—Isan-karazany

Fivelarany (and. 2)—Habe, goavana, habe

Foana (and. 9)—Tsy misy

Nisaintsaina (and. 19)—Nandinika, eritreritra momba ny

Ny mponina eo aminy (and. 24)—Ireo olona izay miaina teo

Fahaverezana (and. 26)—Ny anaran'i Satana; faharavana

Manemitra (and. 29)—Manodidina azy ireo, mihodidina azy ireo

Zanaky ny fahaverezana (and. 32)—Mpanara-dia an'i Satana izay mijaly miaraka aminy mandrakizay

Fanaky ny fisafoahana (and. 33)—Feno fahatezerana na faharomontana

Voavotra (and. 38)—azo, valisoa, voavonjy

Olona marina (and. 69)—Olona izay nibebaka sy voavela tamin'ny fahotany

Habakabaka (and. 70–71, 81, 109)—Lanitra

Maherifo (and. 79)—Mahtoky sy be herimpo

Amin'ny alalan'ny fanompoana (and. 86–87)—Amin'ny alalan'ny fitarihana sy fiandraiketana

Tanjaka (and. 91, 95, 111, 114, 119)—Fahefana, fanapahana

Olona tia sy manao lainga (and. 103)—Olona tsy madio ara-pitondratena

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 76—Ny Firafitry ny Fanambarana

Ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 76 dia manome valiny amin'ireo fanontaniana tena manan-danja sasany izay tsy mba fametraky ny olombelona. Ny votoatiny dia azo arafitra ato anatin'ireo sokajy manaraka ireto:

- Fampanantenana ho an'ny mahatoky (jereo and. 1–10)
- ny trangan-javatra izay nitarika ity fanambarana ity (jereo and. 11–18)
- Ny voninahitry ny Zanak'Andriamanitra (jereo and. 19–24)
- Ny fahalavoan'i Losifera (jereo and. 25–29)
- Ny fijalian'ny zanaky ny fahaverezana (jereo and. 30–38, 43–49)
- Ireo izay handova ny voninahitra selestialy (jereo and. 50–70, 92–96)
- Ireo izay handova ny voninahitra terestrialy (jereo and. 71–80, 87, 91, 97)
- Ireo izay handova ny voninahitra telestialy (jereo and. 81–90, 98–112)
- Ahoana no hahatakaran'ny olona izany fanambarana izany (jereo and. 114–19)

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 76:22–24—Ny Maha-zava-dehibe ny Vavolombelona

Tena zava-dehibe ny manamarina fa tsy ny Mpaminany Joseph Smith irery ihany no nandray fanambarana. Tsy i Sidney Rigdon irery ihany no vavolombelona nanatri-maso izany fahitana iray manontolo izany, fa ireo lehilahy hafa rehetra tao amin'ny efitrano dia nijoro ho vavolombelona ny fahatsapana izany hery izany, na dia tsy nahita ny fahitana aza izy ireo. Isaky ny manome fotopampinarana vaovao ho an'ny vahoaka ny Tompo, dia mandefa vavolombelona mihoatra ny iray Izy. Ny Filoha Joseph Fielding Smith dia nanazava fa izany dia fitsipika fantatra amin'ny hoe "lalàna masin'ny vavolombelona":

"Misy ireo lalàna izay voalaza mazava ao amin'ny soratra masina mikasika ny fijoroana ho vavolombelona sy ireo vavolombelona voatondro. Izany lalàn'ny Tompo izany dia miaraka foana amin'ny fanomezana fanambarana vaovao ho an'ny olona.

"Hatramin'ny taonjato rehetra hatrizay dia efa noferana sy tsy niova ity lalàna ity. Raha toa isika ka manana ny firaiketana hatrizay, dia ho hitantsika fa na oviana na oviana ny Tompo no manorina fotoampitantanana iray, dia misy hatrany olona mihoatra ny iray mba ho vavolomberona mijoro ho vavolombelona ny amin'izany. I Paoly dia nanoratra ho an'ny Korintiana hoe: 'Amin'ny tenin'ny vavolombelona roa na telo no hanorenana mafy ny teny' [2 Korintiana 13:1]" (*Doctrines of Salvation*, 1:203).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 76:29—Ny Adin'ireo Fanahin'Olombelona

Ilay ady izay ataontsika eto amin'ity fiainana ity—dia ny ady hifanandrinan'ny hazavana sy ny haizina, hifanandrinan'ny tsara amin'ny ratsy—dia tsy nanomboka teto an-tany. Talohan'ny namoronana ny tany ho antsika, dia efa nisy "ady tany an-danitra" (Apôkalypsy 12:7). Resy i Satana ary dia "nazera tamin'ny tany izy, ary ny anjeliny koa niaraka nazera taminy" (and. 9). Tsy tapitra hatreo ny ady, fa rehefa tety an-tany i Satana dia nikatsaka manokana ny hanapotika ireo izay "mitandrina ny didin'Andriamanitra sy mitana ny filazana an'i Jesosy" (and. 17).

Ny Loholona M. Russell Ballard, izay mpikambana ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, dia nilaza hoe:



"Ny mpikamban'ny Fiangonana dia mihazona ny toeran'ny lohalaharana amin'ny fanavotana ny fanahin'ireo olona. Ny misiônera eny amin'ny sahan'ady no miady amin'ny sabatry ny fahamarinana mba hitondrana ny hafatra am-boninahitra ny famerenana amin'ny laoniny ny filazantsaran'i Jesoa Kristy. Tsy mbola nisy ady tsy mitera-doza izany. Ny faminaniana amin'ny andro farany dia nitarika ahy hino fa ny fihenjanan'ny fifandonana ho an'ny fanahin'ny olona dia hampitombo bebe kokoa ny loza mety hitranga eto am-panatonana akaikikaiky hatrany ny Fiaviana Fanindroan'ny Tompo isika.

"Ny fiomanantsika sy ny fianakaviantsika amin'ny fanambin'ireo taona ho avy dia mitaky antsika hanova ny tahotra ho finoana. Tsy maintsy resentsika ny tahotra ny fahavalo izay mifanandrina sy mampatahotra atsika. Ny Tompo dia niteny hoe: 'Koa aza matahotra ry ondry vitsy; manaova soa; avelao hitambatra ny tany sy ny helo hanohitra anareo, fa raha miorina amin' ny vatolampiko ianareo, dia tsy afaka mandresy izy ireo' (F&F 6:34)" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Sept.–Ôkt. 1989, 43; na *Ensign,* Nôv. 1989, 34)

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 76:31–35—Iza ireo "Zanaky ny Fahaverezana"?

Raha niresaka mikasika ireo izay nanao fahotana tsy azo avela heloka sy ireo zanaky ny fahaverezana ny Mpaminany Joseph Smith dia nilaza hoe: "Ny fahotana rehetra dia voavela heloka, afa-tsy ny fahotana amin'ny fitenenan-dratsy ny Fanahy Masina; fa i Jesoa dia hamonjy ny rehetra afa-tsy ny zanaky ny fahaverezana. Inona no nataon'olona iray ka nahatonga azy ho nanao fahotana tsy hahazo famelan-keloka? Tsy maintsy nandray ny Fanahy Masina izy, nisokatra taminy ny lanitra, nahafantatra an'Andriamanitra izy, ary avy eo dia nanota Taminy. Aorian'ny fitenenan-dratsy ny Fanahy Masina ataon'olona iray, dia tsy hisy intsony fibebahana ho azy. Tsy maintsy hiteny izy hoe tsy mamiratra aminy intsony ny masoandro nefa dia hitany; handà an'i Jesoa Kristy izy na dia efa nisokatra taminy aza ny lanitra, ary handà ny drafitry ny famonjena izy amin'ny fahitany ny fahamarinan'izany eo ambany masony; ary manomboka amin'izany fotoana izany dia ho lasa fahavalo izy" (*Teachings of the Prophet Joseph Smith,* 358).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 76:37–38—Inona no antsoina hoe Fahafatesana Faharoa?

Ny Filoha Joseph Fielding Smith dia nampianatra fa ny fitenenandratsy ny Fanahy Masina, fahotana izay tsy hahazoana famelan-keloka, "dia fahotana mahafaty, satria mitondra fanamelohana ara-panahy—ny fahafatesana faharoa—ho an'ireo izay nandray anjara tamin'izany izay nandà ny fisian'Andriamanitra ary dia nanisy fitomboka hitoetra miaraka amin'ny devoly sy ny anjeliny mandrakizay mandrakizay" (*Doctrines of Salvation,* 1:49).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 76:54—Inona no Antsoina hoe Fiangonan'ny Lahimatoa?

Ny Filoha Joseph Fielding Smith dia nilaza hoe: "Ny olona tsirairay ao amin'ny Fiangonana dia eo ambanin'ny adidy tsy maintsy mitandrina ny didin'ny Tompo. Izy dia eo ambanin'ny Fanekempihavanana, fa ny batisa dia 'fanekempihavanana vaovao sy mandrakizay.' (F&F 22:1.) Rehefa naneho ny fiainany mendrika izy, mahatoky amin'ny zavatra rehetra notakiana taminy, dia tombotsoa ho azy ny mandray ireo fanekempihavanana hafa izay ho entiny eo aminy sy ireo adidy hafa izay mamela azy ho mpandova, ary dia ho lasa mpikamban'ny 'Fiangonan'ny Lahimatoa izy.' 'Izy ireo no izay hanoloran'ny tanan'ny Ray ny zavatra rehetra.' Izy no handray ny fahafenoan'ny Ray sy ny voninahiny. Mahasoa ve ny hahazo izany? Tsy azo anefa izany raha tsy misy ezaka atao" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Apr. 1969, 122–23).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 76:84—"Ireo no Ireo Izay Hatsipy any amin'ny Helo"

Ny Loholona Bruce R. McConkie, izay mpikambana tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, dia nanazava ny fifandraisana eo amin'ny helo sy ireo izay ao amin'ny telestialy:

"Izany ampahany ao amin'ny tontolon'ny fanahy izay hitoeran'ireo fanahy ratsy izay miandry ny fotoanana hitsanganan'izy ireo amin'ny maty dia antsoina hoe *helo.* Eo anelanelan'ny fahafatesana sy ny fitsanganan'izy ireo amin'ny maty, ireo fanahy ratsy ireo dia horoahina ho any amin'ny fahamaizinana, any amin'ny aloky ny fahafatesana ho any amin'ny afoben'ny fiandrasan'ireo fanahy ratsy, any amin'ny helo. Izy ireo no ireo hijaly any amin'ny tadio tsy hita noanoa; izy ireo no hampirehitra ny valifatin'ny afo mandrakizay; ao no ahitana ny tomany sy ny fikotriha-nify; ao no ahitana ny firehetan'ny fahatezeran'Andriamanitra miantefa any amin'ireo olon-dratsy. (Almà 40:11–14; F. & F. 76:103–106.) . . .

"Aorian'ny fitsanganan'izy ireo amin'ny maty, ny ankamaroan'ireo izay nijaly tao amin'ny helo dia hifindra any amin'ny fanjakana telestialy; ny fifandanjana, voaozona ho zanaky ny fahaverezana, dia voatomboka handray anjara amin'ny loza mandrakizay miaraka amin'ny devoly sy ny anjeliny. . . .

"Iza ireo handeha any amin'ny helo? Izany fanontaniana izany dia voavaly mazava tsara ao amin'ny soratra masina. Ary satria ireo izay handeha any amin'ny fanjakana telestialy dia nandia ny lalana nodiavin'izy ireo hatrany amin'ny faran'ny helo ary vokatry ny fankatoavana ny lalàn'ny telestialy, ary vokatr'izany dia ireo rehetra izay niaina ny lalàn'ny telestialy dia handeha ho any amin'ny helo" (*Mormon Doctrine,* 349–50).

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny asa A sy ny telo amin'ireto asa hafa ireto (B–H) rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 76 ianao.

A Mahatakatra ny Rafitra

1. Amin'ny fampiasana ny fizarana «Fahatakarana ny Soratra Masina» ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 76 ("Ny Firafitry ny Fanambarana"), dia asio marika ny soratra masinao izay manondro ireo andininy izay milaza ireo sokajy tsirairay voalaza eto. Misafidiana fomba fanasiana marika soratra masina izay tena tianao.
2. Manaova tsanganana telo ao anatin'ny kahienao ary omeo ireto lohateny ireto avy "Fanjakana Selestialy," Fanjakana Terestrialy," ary "Fanjakana Telestialy." Avereno vakiana ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 76:30–112 ary tanisao ireo toetra mamaritra izay ho any amin'ny tsirairay amin'ireo fanjakam-boninahitra ireo.

B Ataovy Sary ny Fahitana

Manaova sary ao anatin'ny kahienao amin'ny ampahany roa ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 76 izay nanaitra anao. Manorata famaritana fohy amin'ireo sary tsirairay ary lazao izay nanaitra anao amin'ireo ampahan'ny fanambarana ireo.

D Manorata Taratasy

1. Tadiavo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 76:1–10 ary tanisao ireo andian-teny izay maneho ny zavatra hataon'Andriamanitra "hankalazana ireo izay manompo Ahy amin' ny rariny sy amin' ny fahamarinana hatramin' ny farany" (and. 5).
2. Ndeha atao hoe manana namana iray na olona ao amin'ny fianakaviana ianao izay nahatsapa fa tena sarotra ny mijanona ho marina ary mampanontany tena raha mendrika izany akory ny ezaka atao. Amin'ny fampiasana ny lisitra izay anananao, dia manorata taratasy manazava ny fampanantenan'Andriamanitra ho an'ireo olo-marina. Lazao ireo fampanantenana izay tena misy dikany aminao, ary hazavao ny antony.

E Soratra Masina Fehezina—Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 76:22–24

1. Avereno vakiana ny fijoroana ho vavolombelona voarakitra ao amin'ny 76:20–24. Tanisao ireo andininy mampianatra momba ny Mpamonjy.
2. Saintsaino ny fahatsapana nisy teo amin'ny Mpaminany Joseph Smith sy Sidney Rigdon taorian'ity fahitana ny Mpamonjy ity. Soraty ao amin'ny diarinao manokana ny fijoroanao ho vavolombelona an'i Jesoa Kristy sy izay fantatrao momba Azy.

F Manorata fanontaniana adina

Manorata farafahakeliny fanontaniana adina izay tena manandanja isaky ny sokajy hita ao amin'ny fizarana «Fahatakarana ny Soratra Masina» ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 76 ("Ny Firafitry ny Fanambarana"). Apetaho aorian'ny fanontaniana tsirairay ny valiny ary hazavao ny antony mahazava-dehibe aminao ny mianatra ny valin'izany fanontaniana izany.

G Ampiasao ny Torolalana ho an'ny Soratra Masina

1. Tadiavo ny teny hoe *Losifera* ao amin'ny Torolalana ho an'ny Soratra Masina (p. 165) ary hazavao ao anaty kahienao ny dikan'izany.
2. Amin'ny fampiasana ny famaritana sy ny loharano ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 76:25–29, dia soraty ny fantatrao momba an'i Losifera tany amin'ny fiainana talohan'ny nahaterahana ary ny nanjo azy.
3. Nahoana araka ny eritreritrao no antitrateriny manokana ny fanaovana "ady amin'ny olomasina" (and. 29; jereo koa ny fizarana «Fahatakarana ny Soratra Masina» ho an'ny F&F 76:29 ho fanampiana, raha ilaina).

H Ny Fepetra Takiana sy ny Valisoa ao amin'ny Fanjakana Selestialy

1. Avy amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 76:50–53, dia tanisao ireo fepetra takiana amin'ireo izay maniry handray ny voninahitra selestialy.
2. Nahoana araka ny eritreritrao isika no takiana ny "handresy ny finoana" (and. 53)? Fa nahoana no tsy ampy ny asa mafy, na ny fahavononana, na ny sitrapo? (jereo koa F&F 76:69; 2 Nefia 31:19–21; Môrônia 6:4.)
3. Avy amin'ny zavatra ampianarin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 76:50–70, 92–96 momba ireo izay ho any amin'ny fanjakana selestialy, dia mitanisà fitahiana roa farafahakeliny izay manana ny lanjany aminao ary hazavao ny antony ilainao ireo fitahiana ireo.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 77

Ireo Fanontaniana momba ny Fanambarana voarain'i Jaona

Ny Mpaminany Joseph Smith indray mandeha dia nanambara hoe: "Ny bokin'ny Apôkalypsy dia iray amin'ireo boky faran'izay mazava nasain'Andriamanitra nosoratana" (Teachings of the Prophet Joseph Smith, 290). Maro amin'ireo mpikamban'ny Fiangonana no mahita ny bokin'ny Apôstôly Jaona ho somary sarotra kokoa, ary ny Kristiana manerana an'izao tontolo izao dia miady hevitra

Ny Apôstôly Paoly dia nahita ny boky voafehy tamin'ny fitombokase fito.

momba ny dikan'izany nandritra ny taonjato maro. Ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 77 dia manome fanalahidy maromaro entina hahatakarana ny bokin'ny Apôkalysy izay afaka mamaha izany ho antsika ary manampy antsika hahatakatra tahaka ny fomba hahatakaran'i Joseph Smith. Jereo koa ny bokin'ny Apôkalypsy hanampy anao hahatakatra ny hevitra amin'ny valiny omen'ny Tompo ao amin'ny fizarana 77.

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 77

Fanehoana an-tsary (and. 2)—Sary mifono hevitra

Ara-nofo (and. 2, 6)—Mifandray amin'ny zavatr'izao tontolo izao sy ny fiainana eto an-tany

Fankafizany (and. 3)—Hasambarana

Fitantanany (and. 6)—Fahaizamitantana mahomby

Elià (and. 9)—Anarana hiantsoana ny irak'Andriamanitra

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 77:2–3—Inona no Fantatsika momba ireo Biby Hitan'i Jaona?

I Jaona dia nahita ireo endrika zavamanan'aina feno voninahitra izay, na dia toa tsy mahazatra antsika aza, dia anisan'ireo ampahany manan-danja noforonin'Andriamanitra. Ny Mpaminany Joseph Smith dia nilaza toy izao momba izany famoronana izany: "Mino aho fa nahita zava-manan'aina an'arivony samy manana ny endriny i Jaona, ary izy ireny dia napetraka tany amin'ny tany an'arivony an'arivony marobe tahaka ity tany ity,—ireo biby hafahafa izay tsy hananantsika hevitra mihitsy: ireo rehetra ireo dia mety hita any an-danitra avokoa. Ny tsiambaratelo goavana dia ny nampisehoana an'i Jaona ireo izay any an-danitra" (*Teachings of the Prophet Joseph Smith,* 291). Tamin'ny fotoana hafa dia niteny indray izy hoe: "Ny biby efatra dia efatra amin'ireo biby faran'izay lehibe izay nitana ny refiny hatramin'ny namoronana azy, izay natao any amin'ireo tontolo hafa, satria izy ireo dia tanteraka: dia tahaka ny anjely izy ireo any amin'ny tontolo misy azy avy. Tsy nolazaina antsika ny niavian'izy ireo, ary tsy fantatro izany; kanefa izy ireo dia hita sy ren'i Jaona nihoby sy nanome voninahitra an'Andriamanitra" (*History of the Church,* 5:343–44). Mazava ho azy fa ity fanambarana ity dia manokatra ny masontsika amin'izao tontolo izao somary sarotra kokoa sy lehibe tsy araka ny hieritreretantsika azy matetika.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 77:15—Inona no Fantatsika momba ireo "Vavolombelona Roa"?

Ny Loholona Bruce R. McConkie, izay mpikambana tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, dia nampianatra hoe: "Ireo olona roa ireo dia mpanara-dia an'ilay lehilahy be fanetren-tena, Joseph Smith, izay tamin'ny alalany no namerenan'ny Tompon'ny lanitra indray ny fahafenoan'ny filazantsarany mandrakizay amin'ity fotoampitantanan'ny fahasoavana farany ity. Tsy isalasalana fa izy ireo dia ho mpikambana ao amin'ny Filankevitry ny Roambinifololahy na ny Fiadidiana Voalohan'ny Fiangonana" (*Doctrinal New Testament Commentary,* 3:509).

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny roa amin'ireto asa manaraka ireto (A–D) rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 77 ianao.

A Ampiasao ny Torolalana ho an'ny Soratra Masina

Eo amin'ny fanamarihana ambanin'ny pejy ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 77:1 dia manondro fanovozan-kevitra momba ny "Tany, Toetra faran'ny tany" ao amin'ny Torolalana ho an'ny Soratra Masina. Karohy ao amin'ny Torolalana ho an'ny Soratra Masina izany (p. 232) ary vakio ireo soratra masina mifandray mba hianaranao bebe kokoa momba io lohahevitra io. Tanisao ireo hevitra telo izay manampy anao hahatakatra bebe kokoa ny zavatra hitranga amin'ny planeta tany amin'ny ho avy.

B Ilay Boky Misy Fitombokase Fito

1. Inona no zavatra hianarantsika ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 77:6–7 momba ny boky "voasoratra tao anatiny sy teo ivohony, voapetaka mafy tamin'ny tombokase fito" ary ny fitombokase hitan'i Jaona ao amin'ny Apokalypsy 5:1?
2. Fampaherezana toy inona no azonao amin'ny fahafantarana fa fantatr'Andriamanitra hatrany am-piandohana ny hoavin'ny tany.

D Manazava Teny

1. Ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 77:9–11 dia mirakitra ny valin-tenin'ny Tompo tamin'ny fanontanian'i Joseph Smith momba ireo mahatoky izay asiana tombo-kase eo amin'ny handriny. Vakio koa Apokalypsy 7:1–4 sy 14:1 ary hazavao ny ao an-tsainao momba ity teny hoe "nasiana tombo-kase" nambara tamin'ireo olona ireo.
2. Araka ny hevitrao, mitranga amin'ny olona ankehitriny ve izany sa mbola hitranga amin'ny ho avy?

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 78

Ny Antony Ilaina Hananganana ny Trano Fanobian'ny Eveka

Moa ve ianao mieritreritra fa tena sitraky ny Ray any andanitra ny hananan'ny olona sasany zavatra mihoatra ny ampy azy raha toa ka ny hafa kosa dia mijaly amin'ny famelomana ny tenan'izy ireo? Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 78, ny Tompo dia nanazava ny drafiny hanampiana ny zanany rehetra. Tadiavo ireo fampanantenana nataon'ny Tompo ho an'ireo izay miandraikitra ny fitahiana ato an-tany amin'ny fomba hitiavany azy.

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 78

Nirotsahana (and. 4)—Manaiky, manolotra ny tenanao

Amàna zanaka (and. 20)—Zanak'Andriamanitra (ny dikan'nny hoe *Amàna* dia "Andriamanitra" amin'ny fitenin'i Adama)

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 78:3—"Trano Fitehirizana ho an'ny Mahantra amin'ny Oloko"
Rehefa nanome ny lalàny tamin'ny Fiangonana ny Tompo tamin' ny Febroary 1831, dia nandidy ny mpikambana izy mba "hahatsiaro ny mahantra ary hanokana, ny ampahany amin' ny fanananao ka tokony hozarainao ho azy ho fanohanana azy." (F&F 42:30). Ireo zavatra izay nomena mba hanohanana ny mahantra ireo dia "apetraka eo anoloan' ny evekan' ny fiangonako sy ny mpanolotsainy" (and. 31). Ireo ambiny avy nikarakaran'ny eveka ny zavatra ilaina maika dia "hotehirizina ao an-trano fitehirizako, mba hozaraina ho an' ny mahantra sy ny mila fanampiana" (and. 34). Tamin'ny volana Martsa 1832 dia tonga ny fotoana hanorenana ny trano fitehirizana nampanantenaina.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 78:5–7—Inona no Dikan'ny hoe Mitovy?
Ny Filoha Joseph Fielding Smith dia nampianatra hoe: "Ny mitovy eo anatrehan'ny Tompo dia tsy midika fa ny olona rehetra dia tokony handray valisoa mitovy amin'ny asa izay ataon'izy ireo, fa ny tsirairay dia handray arakaraka ny ilain'izy ireo ary tokony hitoetra hatrany izany fitoviana izany. Rehefa tsy misy fitiavan-tena ao am-pon'ny olona dia azo tanterahina izany faniriana izany, fa voaozona ny tsy hahomby izany rehefa tsy voasoroka ao amin'ny fanahy ny fialonana sy ny fitiavan-tena. Tena zava-dehibe ny hahafahantsika mihazona ny lalàna selestialin'ny fitoviana" (*Church History and Modern Revelation*, 1:307).

Ny Filoha Ezra Taft Benson dia nilaza fa: "Diso ny fandraisan'ny olona sasany tamin'ny fanatsoahiny hevitra fa ny lamina iraisana dia sady fiaraha-monina iraisana no fiaraha-miombona amin'ny fananana iraisana eo amin'ny fahalalana sy fampiharana satria ny fanambarana dia miresaka momba ny fitoviana. Ny fitoviana eo ambanin'ny lamina iraisana dia tsy fetra ara-toe-karena na arapiaraha-monina tahaka ny hevitra arovan'ny sasany ankehitriny. Ny fitoviana, tahaka izay faritan'ny Tompo, dia 'fitoviana araka ny fianakavian'[olona iray], araka ny trangan-javatra eo aminy sy ny tiany ary ny ilainy' (F&F 51:3)" ("A Vision and a Hope for the Youth of Zion," tamin'ny *1977 Devotional Speeches of the Year* [1978], 74).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 78:11–12—Inona no atao hoe "Fampijalian'ny Satana"?
Ny Loholona Bruce R. McConkie, izay mpikambana ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, dia nampianatra hoe: "Ny atao hoe latsaka amin'ny *fampijalian'ny Satana* dia ny latsaka eo antanany; izany dia fitodihana aminy miampy ny fanesorana ny hery rehetra fiarovana avy amin'ny fisoronana, ny fahamarinana, ary ireo zavatra masina, mba hahafahan'i Losifera mampijaly, manenjika ary mampahory ireo olona tsy misy sakantsakana. Rehefa tsy misy intsony ny sakantsakana, ny fampijaliana ataon'ny tanana sy ny ozon'i Satana, na eto amin'ity tontolo ity na any amin'ny tontolo ho avy, dia hitondra fahoriana tsy hay lazaina ao amin'ny afo mandoro sy farihy mirehitr'afo. Very mandrakizay any amin'ny helo mba hijaly ireo voaozona" (*Mormon Doctrine*, 108).

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny telo amin'ireto asa manaraka ireto (A–E) rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 78 ianao.

A Manaova Tafa sy Dinika

1. Avereno vakiana ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 42:30–34 sy ny 78:1–4. ary asehoy ny fampiasana ny trano fanobiana eo ambanin'ny lalàn'ny fanokanana.
2. Mangataha ny filohan'ny Fikambanana Ifanampiana na ny mpitarika ny fisoronana hanazava aminao ny fomba vaovao fiasan'ny trano fanobian'ny eveka eo ambanin'ny lalàn'ny fahafolonkarena. Manorata famintinana ny zavatra izay nianaranao.

B Jereo ny Fahasamihafana

1. Avy amin'ny famakianao ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 78, dia hazavao ny tian'ny Tompo lazaina rehefa niteny Izy hoe "hitovy amin'ny zavatra ety an-tany" (and. 6; jereo koa ny fizarana «Fahatakarana ny Soratra Masina» ho an'ny F&F 78:5–7).
2. Inona no tena mahatsara kokoa ny mpifanolobodirindrina, ny sekoly, ny fiaraha-monina raha toa ka "mitovy" ny rehetra amin'izany fomba izany?

D Manomeza Antony

Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 78:14, ny Tompo dia niteny tamin'ny Fiangonana mba "hijoro ho mahaleotena" ambonin'ny voary rehetra eto amin'izao tontolo izao.

1. Inona no torolalana nomen'ny Tompo ny Fiangonana ao amin'ity fanambarana ity izay hanampy azy ireo mba ho mahaleotena?
2. Inona ihany koa no hitanao ataon'ny Fiangonana sy ampianariny mba hanampy antsika hanana ny ampy?

E Inona no Holazainao?

Ndeha atao hoe manana namana izay Filohan'ny kôlejin'ny mpampianatra ianao izay kivy noho ny tsy fankafizan'ny ankamaroan'ny mpikambana ao amin'ny kôlejiny ireo fiaraha-mientana. Tonga any am-piangonana izy ireo fa tsy te-handray anjara amin'ny fiaraha-mientan'ny Zatovolahy mandritra ny herinandro. Ampiasao ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 78:17–18 mba hanampy ny namanao hahatakatra izay eritreretinao fa tian'ny Tompo ho takatr'izy ireo.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 79–80

Antso Hitory ny Filazantsara

Eritrereto ny fahafinaretana amin'izany hoe mandray antson' ny misiôna izay nosoniavin'ny mpaminany izany. Alaivo sary an-tsaina ny fahatsapan'ireo rahalahy tamin'ny nahazoan'ny antson'ny misiônan'izy ireo ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 79–80. Inona no fanamby natrehin'ireo rahalahy rehefa nanaiky ny antson'ny misiônany izy ireo tamin'izany izay tsy atrehin'ny misiônera ankehitriny?

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 79

Tany antsinanana (and. 1)—Etazonia atsinanana

Mpampionona (and. 2)—Fanahy Masina

Hosatroako amboara indray izy (and. 3)—Hitahy azy amin'ny olona niova fo

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 80

Diso lalana (and. 3)—Diso, nivily

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 80:4—Tsy Afaka Mampianatra Zavatra Tsy Hainareo Ianareo

Ny Loholona Orson Pratt, izay mpikambana tao amin'ny Kôlejin' ny Apôstôly Roambinifolo, dia nanao izao fomba fijery manaraka izao momba ny asa fitoriana: "Efa tany ivelany aho niaraka tamin'ireo mpiara-mitory maro isan-karazany . . . , ary efa nahita azy ireo nitomany sy ory aho, ary efa naheno azy ireo nifampizara ny fahatsapan'izy ireo tamin'ny namany, nilaza hoe—'Nolanilaniako tamin'ny hadalana ny fotoanako, fa tsy tamin'ny firaketan-tsoa ireo fitsipiky ny fiainana mandrakizay,—efa nianatra ny soratra masina aho—niezaka aho nahafantatra bebe kokoa ny fotopampianaran'ny Fiangonana—niezaka aho nahafantatra ireo fitsipika nambara avy any an-danitra mba ho fitarihana ho antsika! Dia tokony hiomana aho hijoro eo anoloan'ny mponin'ny tany ary hanamafy amin'izy ireo hibanjina ny fitsipika iainantsika' " (tao amin'ny *Journal of Discourses*, 7:76).

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny asa A na B rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 79—80 ianao.

A Ireo Fitahiana avy amin'ny Asa Fitoriana

1. Ahoana no namaritan'ny Tompo ny filazantsara tamin'i Jared Carter ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 79:1?
2. Raha toa ka misy olona tsy mahatsapa izany manoloana ny filazantsara, inona no tokony ataon'izy ireo araka ny eritreritrao?
3. Inona no fampanantenana nataon'ny Tompo tamin'i Rahalahy Carter raha toa ka manompo amim-pahatokiana izy? Ahoana no hahazoanao izany fampanantenana izany ankehitriny?

B Fiomanan'ny Misiônera

1. Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 80, inona no nodidiana mba ho ampianarin'i Stephen Burnett sy Eden Smith amin'ny misiônan'izy ireo?
2. Inona no tsy maintsy ataon'ny misiônera rehetra alohan'ny hanatontosan'izy ireo ity didy ity araky ny fomba hitiavan'ny Tompo izany?

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 81

Ny Torohevitry ny Tompo Ho an'ny Fiadidiana

Ny Tompo dia tsy nanambara indray mandeha ny rafitry ny Fiangonany feno tamin'ny Mpaminany. Nivoatra hatrany ny rafitra rehefa nihanitombo ny Fiangonana. Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 81, ny Tompo dia nanome torolalana fanampiny an'i Joseph Smith momba ny "Fiadidian'ny Fisoronana Avo," izay taty aoriana dia lasa Fiadidiana Voalohany. Jereo ny fomba nanampian'ny Tompo an'i Joseph Smith amin'ny fitarihana ny Fiangonana. Alaivo sary an-tsaina ny fahatsapan'i Frederick G. Williams rehefa nahazo antso avy amin'ny Tompo izy. Mariho fa ity fanambarana ity dia tena natao ho an'i Jesse Gause, kanefa dia tsy nijanona ho mahatoky izy (jereo ny sasin-tenin'ny F&F 81).

Frederick G. Williams dia nantsoina ho mpanolotsain'ny Mpaminany Joseph Smith.

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 81

Hatanjao (and. 5)—Ampio, tohano

Alfa sy Omega (and. 7)—Ireo no litera voalohany sy farany ao amin'ny alfabeta Grika ary anarana hiantsoana an'i Jesoa Kristy. Izany anarana hiantsoana azy izany dia tandindona fa i Jesoa dia ilay "fiandohana sy fiafarana, ilay voalohany sy farany."

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 81:2—Ny "Fanalahidin'ny Fanjakana" dia hazonin'ny Fiadidiana Voalohany Hatrany.
Ny mahatonga ny fanalahidin'ny fanjakana ho hazonin'ny Fiadidiana Voalohany hatrany dia nazavain'ny Filoha Joseph Fielding Smith nandritra ny fivoriamben'ny fisoronana:

"Ireo fanalahidy ireo [ny fanalahidin'ny fanjakan'Andriamanitra eto an-tany] dia zon'ny fiadidiana; izy ireo no fahefana hitondra sy hiahy ny raharahan'ny Tompo rehetra eto an-tany. Ireo izay mihazona azy ireo dia manana ny hery hitondra sy hifehy ny fomba hanompoan'ny hafa rehetra ao amin'ny fisoronana. Isika rehetra dia afaka mihazona ny fisoronana, fa amin'ny alalan'ny fanomezandalana sy fitarihan'ireo izay mihazona ny fanalahidy ihany no hahafahantsika mampiasa izany.

"Ity fisoronana ity sy ireo fanalahidy ireo dia nomena an'i Joseph Smith sy Oliver Cowdery tamin'ny alalan'i Petera, Jakoba, ary i Jaona, ary tamin'ny alalan'i Mosesy sy Elià ary ireo mpaminany hafa taloha. Nomena ny lehilahy tsirairay avy izay notendrena ho ao amin'ny Filankevitry ny Roambinifololahy izany. Nefa satria izany no zon'ny fiadidiana, dia ny Apôstôlin'Andriamanitra zokiny indrindra ihany no afaka mampiasa feno izany eto an-tany, dia tsy iza fa ny Filohan'ny Fiangonana.

"Afaka miteny aho ankehitriny —mazava tsara sy ampientanentanana—fa manana ny fisoronana masina isika ary ny fanalahidin'ny fanjakan'Andriamanitra dia eto. Ao amin'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany ihany no ahitana izany.

"Tamin'ny alalan'ny fanambarana azon'i Joseph Smith, ny Tompo dia niteny fa ireo fanalahidy ireo dia 'an'ny Fiadidiana ny Fisoronana Avo mandrakariva' (F&F 81:2). . . .

"Ankehitriny, ry rahalahy, mieritreritra aho fa misy zavatra iray izay tsy maintsy ampidirintsika ao an-tsaintsika. Tsy ny Filohan'ny Fiangonana mihitsy, na ny Fiadidiana Voalohany, na ny firaisampeon'ny Fiadidiana Voalohany sy ny Roambinifololahy, no hitondra ny Olomasina any amin'ny lalan-diso na hanome torohevitra ho an'izao tontolo izao ka mifanohitra amin'ny fisainana sy ny sitrapon'ny Tompo.

"Mety nisy olona iray lavo, na nanana fomba fijery hafa, na nanome torohevitra izay tsy nahomby araka ny ilain'ny Tompo. Kanefa ny feon'ny Fiadidiana Voalohany sy ny firaisam-peon'ireo hafa izay mihazona miaraka amin'izy ireo ny fanalahidin'ny fanjakana dia mitarika hatrany ny Olomasina sy izao tontolo izao amin'ny lalana izay tian'ny Tompo handehanan'izy ireo. . . .

"Mijoro ho vavolombelona aho fa raha toa isika manaraka ny Fiadidiana Voalohany ary manaraka ny torolalana sy ny fitarihan'izy ireo, dia tsy misy hery na eto an-tany afaka mampijanona na manova ny lalantsika amin'ny maha-fiangonana antsika, ary amin'ny maha-olona tsirairay antsika dia afaka ny hahazo fiadanana eto amin'ity fiainana ity isika ary handova ny voninahitra mandrakizay any amin'ny tontolo ho avy" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Apr. 1972, 98–99; na *Ensign*, Jolay 1972, 87–88).

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny asa A rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 81.

A Manaova Lisitra

Avereno vakiana ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 81 ary tanisao ireo zavatra nangatahin'ny Tompo ho ataon'i Frederick G. Williams. Asio marika ireo izay eritreretinao fa miantefa manokana amin'ny Fiadidiana Voalohany ary farito boribory ireo izay miantefa amin'ny mpikamban'ny Fiangonana rehetra.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 82

Torolalana Mifandraika amin'ny Fananganana an'i Ziona

Mino isika fa alohan'ny Fiavian'i Jesoa Kristy Fanindroany, dia haorina ao Independence, Missouri ny tanànan'i Ziona. Inona no fandraisanao anjara amin'io tranga lehibe io, ary ahoana ny fiomananao handray anjara amin'izany? Amin'ny fomba ahoana no hahafahantsika mivoatra sy miova? Ny torohevitry ny Tompo tamin'ireo mpitondra ny Fiangonana tany am-piandohana dia tena manan-danja ho antsika sy ho an'izy ireo tamin'izany, satria isika ihany koa dia tsy maintsy mihaino amim-pitandremana sy mankato mba hahafahantsika ho isan'ireo mandray anjara amin'ny fananganana an'i Ziona.



Ny Tompo dia nampiasa ny sarin'ny lay ary ny lain'ny tsatòka mba hampisehoana ny fanohanan'ny sarambaben'ny mpiara-miangona ato am-piangonana (ny tsatòka) an'i Ziona sy hanampiany an'i Ziona hiroborobo.

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 82

Fahadisoana (and. 1)—Mandika lalàna na didy

Mpamadika lalàna (and. 4)—Mpandika lalàna, mpanota

Mirehitra (and. 6)—Mihantsy, taitra

Hamehezana (and. 15)—Manolo-tena, tsy maintsy

Mpandimby anareo (and. 20)—Ireo izay ho avy aorianareo

Fampijalian'i Satana (and. 21)—Fampahoriana (jereo koa ao amin'ny fizarana "Fahatakarana ny Soratra Masina " ho an'ny F&F 78:11–12)

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 82:14—"Tsy Maintsy Mitsangana i Ziona"

Ny teny hoe *Ziona* dia miseho mihoatra ny in-200 ao amin'ny Baiboly sy ny Bokin'i Môrmôna, ary tena im-betsaka tokoa ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana. Tena fitsipika manan-danja mifandray amin'izao andro farany izao tokoa izany. Tena faly tokoa ny Mpaminany Joseph Smith nandeha nitsidika an'i Independence, Missouri, ary hanokana izany ho tanin'i Ziona. Hoy izy momba an'i Ziona: "Ny fananganana an'i Ziona dia foto-kevitra iray izay mahasarika ny vahoakan'Andriamanitra nandritry ny fotoana rehetra. Izany dia foto-kevitra iray izay hijoroan'ny fahafinaretana manokan'ny mpaminany, mpisorona ary ny mpanjaka izany. Efa nandrasan'izy ireo am-pifaliana mialoha ny andro izay hiainantsika; ary dia rakotry ny afon'ny lanitra sy fifaliana mialoha ny fihiran'izy ireo, fanoratany ary faminaniany izao androntsika izao; . . . Isika ireo vahoaka izay nankasitrahan'Andriamanitra izay nosafidiny hitondrany ny voninahiny amin'ny andro farany. Anjarantsika ny miahy, mandray anjara ary manampy amin'ny fampandrosoana izany voninahitry ny andro farany izany" (*History of the Church* 4:609–10).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 82:22—"Makà Namana amin' ny Mamônan' ny Tsy Fahamarinana"

Ny Filoha Joseph Fielding Smith dia nanazava hoe: "Ny didin'ny Tompo ho an'ny olomasina ny amin'ny hanaovan'izy ireo 'namana amin' ny mamônan' ny tsy fahamarinana,' dia toa sarotra tenenina rehefa tsy takatra tsara ny dikany. Tsy midika fa ny fanaovana namana 'amin'ny mamônan'ny tsy fahamarinana' dia handraisan'ireo rahalahy anjara amin'ny amin'ny fahotana izay ataon'izy ireo; hamihinana azy ireo, hifanambadiana amin'izy ireo, ary hidinana hanarahana ny fiainan'izy ireo. Manao izany izy ireo mba hahazoana antoka fa misy fandriampahalemana eo amin'ny fiainan'izy ireo miaraka amin'ny fahavalony. Mba hahafahan'izy ireo maneho hatsaram-panahy amin'izy ireo, mba hanaovany azy ireo ho naman'izy ireo raha toa ka voahaja hatrany ny fanarahana ireo fitsipika marina sy feno hatsaran-toetra, fa tsy ho fiarahana miteny ratsy na hisotro na hilanonana miaraka amin'izy ireo akory izany. Raha toa ka afaka tsy mitsaratsara mialoha ary mampiseho fahavononana hifanakalo izany amin'ny hatsaram-panahy izy ireo, dia mety hanampy azy ireo hiala amin'ny ngidin'ny fiainan'izy ireo izany. Ny fitsarana dia natao ho an'ny Tompo" (*Church History and Modern Revelation*, 1:323).

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny roa amin'ireto asa manaraka ireto (A–D) rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 82 ianao.

A Soratra Masina Fehezina—Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 82:3

1. Vakio miaraka amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 82:3 ny 1 Nefia 3:7 ary hazavao ny zavatra ampianarin'ireo andininy roa ireo momba ny fankatoavana. Ataovy tafiditra ao ny hevitra avy amin'ireo soratra masina roa.
2. Manorata teny filamatra na manaova sary lehibe izay mampiseho ny hevi-dehiben'ireo soratra masina roa ireo.

B Soratra Masina Fehezina—Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 82:10

1. Vakio Etera 3:12 ary hazavao ny fomba hahafantarantsika fa ny Raintsika any an-danitra dia mitandrina *hatrany* ny fampanantenana ataony.
2. Avereno vakiana ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 82:10 ary hazavao ny zavatra nampanantenain'Andriamanitra eo. Soraty izany ho toy ny fehezanteny "raha-dia."
3. Manorata fehezanteny "raha-dia" ho an'ny didy hitandremana ny Sabata ho masina izay nohalalininao tao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 59:12–20.
4. Manorata fehezanteny "raha-dia" amin'ny didy iray araka ny safidinao.

D Karohy ny Antony sy ny Vokany

Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 82, ny Tompo dia nanome torolalana an'i Joseph Smith momba ny fananganana an'i Ziona.

1. Manaova ireto sarin'ny diagrama ireto ao anaty kahienao ary soraty araka ny fisehony izany.

Vokatry ny Faniriana	Ireo Didy ireo	Ary izany

2. Tanisao ao amin'ny faritra "Vokatry ny Faniriana" izay tian'ny Tompo hiseho ao Ziona (jereo F&F 82:14).
3. Karohy ary mariho ny teny hoe *ary izany* ao amin'ny andininy 15.
4. Avereno vakiana ny andininy 15–19 ary ao amin'ny faritra "Ireo didy ireo" dia tanisao ny didy nomen'ny Tompo ireo olomasina mba hahafahan'izy ireo manatratra ny vokatry ny fanirian'izy ireo.
5. Hazavao araka ny eritreritrao ny tian'ny Tompo hitranga izay tsy mitranga raha tsy misy fankatoavana amin'ny didy.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 83

Ny Andraikitry ny Vehivavy sy ny Ankizy

Tena sarotra ho an'ny reny ny mitaiza ny zanany irery. Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 83, ny Tompo dia nanazava ny fomba hanampian'ny Fiangonana amin'ny alalan'ny lalàn'ny fanokanana. Izany fitsipika izany dia mihatra tanteraka mandrak'ankehitriny ihany koa.

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 83

Fanohanana (and. 2, 4)—Tohana, fanohanana

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 83:6—"Hokarakaraina ny Mananotena sy ny Kamboty"
Ny Filoha Joseph F. Smith dia nilaza hoe: "Tena ilaina ny mijery ireo mananontena rehefa mila fanampiana izy ireo, ary ny tsy manan-dray sy ny kamboty dia tokony hanomezana avy amin'ny volan'ny Fiangonana; mba hahafahan'izy ireo mitafy sy mihinana, ary hanana fahafahana amin'ny fianarana, toy ireo ankizy hafa izay manana ray aman-dreny mikarakara azy ireo. Rehefa tsy manan-dray na reny intsony ny zaza iray, dia ny Fiangonana no lasa ray aman-drenin'izany zaza izany, ary dia andraikitra tsy maintsy raisin'ny fiangonana ny mikarakara izany, ary mijery mba hitovy daholo ny fahafahan'ireo ankizy ao amin'ny Fiangonana. Andraikitra lehibe izany" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Ôkt. 1899, 39).

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny asa A rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 83 ianao.

A Manorata Lahatsoratra Vaovao

Ndeha atao hoe mpanao gazety amin'ny trano fanaovan-gazety kely iray ianao ary nomena andraikitra hanoratra momba ny fianakaviana iray izay niharan-doza ka maty ny raim-pianakaviana. Rehefa manao dinidinika amin'ilay mananontena ianao ary manontany azy ny fomba fitantanana ho ataony noho ny fahabangan'ny fidiram-bola sy ny fanohanan'ny vadiny, dia nanazava izy fa Olomasin'ny Andro Farany. Avy amin'ny famakianao ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 83, dia manorata lahatsoratra amin'ny zavatra lazainy momba ny fanampian'ny Fiangonana azy sy ny zanany nandritra ny fotoan-tsarotra. (Mangataha fanampiana amin'ny ray aman-dreninao na ny mpitariky ny Fiangonana, raha ilaina.)

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84

Fanambarana mikasika ny Fisoronana

Inona no zavatra fantatrao momba ny fisoronan'Andriamanitra? Inona no tanjony? Nitondra inona teo amin'ny fiainanao izany? Nahoana izany no manan-danja eo amin'izao tontolo izao? Inona ireo fianianana sy fanekempihavanan'ny fisoronana, ary inona no dikany ho an'ireo izay manaiky izany? Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84 dia manome fahitana momba ny fisoronana sy ny fomba entin'ireo mihazona izany hitondrana ny Fiangonana sy hitahiana any fiainantsika—sy izao tontolo izao.

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84

Haorina (and. 4)—Hatsangana

Fiokona (and. 16)—Hevi-petsy na drafitry Satana amin'ny andanin'ny olona roa na maromaro mba hamotika sy handroba azy ireo

Maharitra (and. 18)—Maharitra

Fisoronana ambonimbony kokoa (and. 19)—Ny Fisoronana Melkizedeka

Miharihary (and. 20–21)—Nampahafantarina

Fisoronana ambany (and. 26)—Ny Fisoronana Aharôna

Ara-nofo (and. 27)—zavatra eto an-tany, mifandray amin' ny zavatry ny tany (zavatra eto amin'izao fiainana izao)

Hanomana (and. 28)—Manomana

Fanampiny (and. 29–30)—Tovana, fanampiny

Fianianana (and. 39)—Fomba filazana sy fampanantenana

Amafisina, manamafy (and. 42, 48)—Manambara ho aradalàna sy mampisy vokany

Fieboeboana (and. 55)—Mifantoka amin'ny tena, avonavona

Atambo (and. 58, 96)—Fanasaziana, fahoriana

Hamaharana (and. 61)—Mahatoky, mihazona, manolo-tena

Fanahim-bavaka (and. 61)—Toetra sy fahatsapana masina

holevilevena (and. 76)—Holatsalatsaina

Kitapom-batsy (and. 78, 86)—Kitapo fitondra mandehandeha

Mitafy (and. 82)—Miakanjo, manao akanjo

Voafatra (and. 85)—Voarefy

Mananatra, anatra (and. 87, 117)—Miantso amin'ny fibebahana, manitsy

Mitadiava fatratra (and. 94)—Manao izay rehetra tratran'ny hery

Mihetsi-jaza ary niteraka ny tanjany (and. 101)—Ity fehezanteny ity dia mampiseho ny fihetsehan-jaza ary ny fiterahana avy eo. Tandidon'ny korontana hitranga eto an-tany alohan'ny Fiavian'i Jesoa Kristy Fanindroany izany, miaraka amin'ny "fahaterahan'ny" Arivotaona.

Mampiorina (and. 106, 110)—Mampahery, Manazava, manorna ara-panahy

Raharahany andavanandro (and. 113)—Raharaha atao tsy mifandray amin'ny fiangonana

Famongorana, fongotra (and. 114–115, 117)—Fanafoanana amin'ny alalan'ny fandravana sy fitsarana; the "famongorana ny faharatsiana" dia milaza ny faharavana vokatry ny fanaovana zavatra ratsy, na filan'ady avo lenta, eo imason'ny Tompo.

Hanorotoro (and. 118)—Handrovitra, hanapotika

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:2—"Ho Fampodiana amin'ny Laoniny ny Vahoakany"

Ny teny hoe *fampodiana amin'ny laoniny* ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:2 dia tsy mitovy amin'ny famerenana amin'ny laoniny ny fahafenoan'ny filazantsara eto an-tany indray amin'ny andro farany. Milaza ny fampodiana ny zanak'Andriamanitra amin'ny fanjakany eto an-tany—ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany—ary dia miverina eo anatrehany hankafy ny fiainana mandrakizay. Izany fampodiana ho any amin'ny fiainana mandrakizay izany dia tanteraka amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy, ary asehon'ny ôrdônansy sy ny herin'ny fisoronana voalaza ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84.

Fampodiana ny Zanany



Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:4–5—Tempoly Inona? Taranaka Iza?

Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:4–5, ny Tompo dia nilaza fa hisy tempoly iray manokana hatsangana eo amin'ny tanànan'i Jerosalema Vaovao (ao Jackson County, Missouri). Nilaza ihany koa izy fa izany tempoly izany dia hatsangana "amin'ity taranaka ity" ary ny Voninahiny dia hitoetra eo amin'izany amin'ny fomba hafakely.

Nanokana ny toerana ho an'ity tempoly ity ny Mpaminany Joseph Smith (jereo F&F 57 sy ny fizarana «Fahatakarana ny Soratra Masina» ho an'ny F&F 58:57, p. 69), kanefa ireo Olomasina dia tsy afaka nanangana izany tempoly izany tamin'izany fotoana izany. Na izany aza anefa ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84, dia nanamafy indray ny fampanantenana ny amin'izany tempoly izany izay haorina amin'ity fotoampitantanana ity. "Ity taranaka ity" (jereo F&F 84:4–5) dia milaza ity fotoampitantanana ity, ilay fotoampitantanana farany alohan'ny Fiavian'i Jesoa Kristy Fanindroany.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:6—Hevitra Iray Natsahatra

Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:6, ny Tompo dia nanomboka nilaza ny fifandrasaiana misy eo amin'ny tempoly izay hatsangana ao Jerosalema Vaovao sy ny momba ny zanakalahin'i Mosesy. Taorian'ny andian-teny fanombohana nataony—hoe "ary ny zanakalahin'i Mosesy"—dia natsahany ny hevitra momba ny fisoronana nohazonin'i Mosesy sy ny zanakalahin'Isiraely. Ny hevitra izay natombony ao amin'ny andininy 6, momba ny zanakalahin'i Mosesy sy ny tempoly ao Jerosalema Vaovao, dia mitohy ao amin'ny andininy 31.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:33—Milofo amin'ny Antso Ananany ao amin'ny Fisoronana

Ny Filoha Ezra Taft Benson dia nilaza hoe: "Ny dikan'ny hoe milofo amin'ny antsontsika ao amin'ny fisoronana dia ny manorina izany amim-pahamendrehana sy manome lanja izany, manome hery izany, ary manao izay hanajana sy hanomezan'ny hafa voninahitra ny anjara fanompoana noho ny hasina sy ny fahamarinan'ny lehilahy izay mihazona izany andraikitra izany" (*Teachings of Ezra Taft Benson,* 453).

Ny Loholona Neal A. Maxwell, mpikambana tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, dia nampianatra fa "ny dikan'ny hoe milofo amin'ny antso ny olona iray dia fahitana amin'ny masom-pinoana ilay fahafahana goavana enti-manompo ao amin'ny fisoronana ho an'ny fianakaviana iray, ny ondry iray, ny namana iray, ary ny hafa" ("I Will Arise and Go to My Father," *Ensign,* Sept. 1993, 66).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:54–58—Ny Bokin'i Môrmôna sy ny Fanamelohana



Tamin'ny fanokafana ny lahateny nandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana tamin'ny Aprily 1986, dia nijoro ho vavolombelona ny Filoha Ezra Taft Benson:

"Raha tsy mamaky ny Bokin'i Môrmôna isika ary mampandry sofina amin'ny fampianarany, dia efa nambaran'ny Tompo ao amin'ny fizarana 84 ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana fa ny mpikambana rehetra dia eo ambany fanamelohana: [Nilaza ny tao amin'ny F&F 84:56—57 izy.]

"Ankehitriny dia tsy hoe tokony *milaza* momba ny Bokin'i Môrmôna fotsiny isika, fa tsy maintsy *manao* zavatra betsaka momba izany isika. Satria nahoana? Namaly ny Tompo hoe: [Nilaza ny F&F 84:58 izy.] Efa tsapanay izany fandravana sy fitsarana izany!

". . . Ny Bokin'i Môrmôna dia tsy mbola, ary hatramin'izao dia tsy ivon'ny fandalinantsika manokana, tsy ivon'ny fandalinan'ny mpianakavy, na ny asa fitoriana, hatramin'ny asa fitoriana. Noho izany dia tsy maintsy mibebaka isika" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Apr., 1986, 4; or *Ensign,* Mey 1986, 5–6).

Taty aoriana nandritra izay fihaonamben'ny Fiangonana izay ihany, ny Filoha Benson dia nanamafy indray ny maha-zava-dehibe ny fampiasantsika ny Bokin'i Môrmôna:

"Ny Tompo dia nitaona fanahy ny mpanompony mba hanamafy indray ny fitsipiky ny fahafolonkarena izay manavotra ny Fiangonana amin'ny fanangejana ara-bola. . . .

"Amin'izao fotoanantsika izao, ny Tompo dia nanambara ny antony ilaina ny fanamafisana ny Bokin'i Môrmôna ho an'ny Fiangonana sy ny zanak'i Ziona hiala amin'izany fanamelohana izany—ny atambo sy ny fitsarana. (Jereo F&F 84:54–58.) Izany hafatra izany dia tsy maintsy entin'ireo mpikamban'ny Fiangonana rehetra manerana an'izao tontolo izao. . . .

". . . Hitahy anareo aho amin'ny *fahatakarana* tsy mitsaha-mitombo ny Bokin'i Môrmôna. Mampanantena anareo aho manomboka amin'ny masin'andro anio, fa raha migoka tsikelikely isan'andro avy amin'ny pejin'izany boky izany sy mitandrina ny fitsipika ao isika, dia handrotsaka fitahiana amin' ny zanak'i Ziona tsirairay avy sy ny Fiangonana Andriamanitra—ary hiangavy amin'ny Tompo isika mba hanombohany hanala ireo fanamelohana—ny atambo sy ny fitsarana. Izany no hijoroako ho vavolombelona" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Apr. 1986, 100; na *Ensign,* Mey 1986, 78).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:77–90—Torolalana sy Fanambarana ho an'ny Misiônera

Ny Loholona Bruce R. McConkie, mpikambana tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, dia nanazava hoe: "Misy fitsipika manokana mihatra ho an'ireo izay voantso handeha ho any amin'izao tontolo izao izay tsy mba manam-batsy na kitapom-batsy ary mitory ny filazantsara. Fa mandritry ny fotoana sy ny fe-potoana hanompoan'izy ireo hitory ny filazantsara dia tsy tokony hiahiahy momba ny raharaha fanaony izy ireo na ny fitadiavana amin'ny lafiny ara-nofo izy ireo. Hafahana amin'izany fanangejana vokatry ny asa aman-draharaha izany izy ireo izay fatra-pahazo ireo miandraikitra ny ara-nofo. Ny fiainan'izy ireo manontolo sy ny tanjak'izy ireo ary ny talentan'izy ireo dia tokony hifototra amin'ny asa fitoriana, ary dia handray ny fampanantenan'ny Ray izy ireo fa hiahy manokana ny zavatra ilain'izy ireo isan'andro Izy" (*Doctrinal New Testament Commentary,* 243).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:92—"Diovy ny Tongotrareo"

Jereo ny fizarana «Fahatakarana ny Soratra Masina» ho an'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 24:15 (p. 40).

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny asa D sy ny telo amin'ireto asa manaraka ireto (A–B, E–G) rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84 ianao.

A Mianara momba ny Fisoronana Melkizedeka

Manaova tabilao ao anaty kahienao mitovy amin'ity eto ambany ity. Tanisao ao amin'ny tsanganana voalohany ireo zavatra nianaranao ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:14–25 momba ny Fisoronana Melkizedeka. Soraty ao amin'ny tsanganana faharoa ireo fanontaniana avy amin'ny ireo nianaranao tamin'ireo andininy ireo. Mifanakaloza hevitra momba ireo fanontaniana ireo amin'ireo ray aman-dreninao, ny mpampianatrao amin'ny seminera, ny mpitarika ny Fiangonana, ary avy eo dia soraty ny zavatra nianaranao izay hanampy anao hahatakatra bebe kokoa ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:14–25 sy ny Fisoronana Melkizedeka.

Ny Fisoronana Melkizedeka

Ny Zavatra Nianarako avy tao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:14–25	Ny Fanontaniako	Ny Zavatra Nianarako taorian'ny Fifanakalozako Hevitra tamin'ny Hafa

B Hevitra Manan-danja momba ny Fisoronana Aharôna

Vakio amim-pitandremana ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:26–30 izay mahakasika ny Fisoronana Aharôna. Avy amin'ireo andininy ireo, dia misafidiana teny efatra na hevitra izay eritreretinao fa manan-danja amin'ny fahatakarana ny andraikitra, asa, na tanjon'ny Fisoronana Aharôna izany. Soraty ao anaty kahienao izany teny sy hevitra izany, miaraka amin'ireo fanazavana fohifohy ny maha-zava-dehibe azy ireo. Ohatra, amin' ny fomba ahoana no hanampian'ny fifantohana lalina amin'ireo hevitra ireo olona iray izay mihazona ny Fisoronana Aharôna amin'izao fotoana izao?

D Soratra Masina Fehezina—Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:33–39

Ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:33–48 dia matetika hiresahana ny amin'"ny fianianana sy fanekempihavanan'ny fisoronana." Ny fianianana dia fanambarana ara-dalàna na fampanantenana—fanomezan-toky amin'ny alalan'ny teny iray. Ny fanekempihavanana dia fifanekena masina misy eo amin'ny olona anankiroa. Ny "fianianana sy fanekempihavanan'ny fisoronana" dia fanomezana antoka amin'ny fitahiana nampanantenaina izay ho tonga amin'ireo izay mahafeno ny fepetra notsindrian'ny Tompo amin'ireo andininy ireo. Amin'ny teny hafa dia, Andriamanitra manao fianianana sy fanekempihavanana fa ho antsika ireo fitahiana ireo—raha toa ka tontosantsika ny anjara fanekentsika. Ary noho izany, ny fepetra amin'ny fandraisana fitahiana dia mifototra amin'ny fisoronana sy ny ôrdônansiny.

1. Avy amin'ny famakianao ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:33–34, manaova tabilao kely na diagrama izay maneho ny zavatra angatahin'ny Tompo ho ataon'ireo mpihazona ny fisoronana ary ny fitahiana nampanantenainy azy ireo.
2. Vakio ny filazana nataon'ny Filoha Benson sy ny Loholona Maxwell ao amin'ny fizarana «Fahatakarana ny Soratra Masina» ho an'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:33. Avy eo dia vakio ireto soratra masina manaraka ireto ary hazavao ny zavatra ampianarin'izy ireo momba ny fanandrinana ny antso: Matio 20:26; Jakoba 1:19; Helamàna 10:4; Môrônia 9:6; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 42:12–14; 58:27–28; 107:99–100. (Azonao soratana ao amin'ny soratra masinao eo akaikin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:33 ireo soratra masina mifandray hafa.)
3. Manaova tabilao na diagrama hafa izay maneho ireo hevitra hita ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:35–38 mahakasika ny zavatra asain'ny Tompo atao sy ny fampanantenana.

E Hazavana Miady amin'ny Haizina

Eritrereto ny maha-sarotra ny mandeha amin'ny toerana iray mankany amin'ny toerana iray ao anatin'ny haizim-pito, ao anatin'ny tsy fisian'ny hazavana na dia kely aza. Alaivo sary an-tsaina ihany koa ny maha-sarotra ny manavaka ny loko rehefa kely ny hazavana misy. Raha toa isika ka te-hanana fanapaha-kevitra tsara eto amin'ity fiainana ity ary hiverina hiaina any amin'ny Ray any an-danitra, dia mila ny fahazavan'ny hazavana ara-panahy eo amin'ny fiainantsika.

1. Inona no ampianarin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:43–47 momba ny hazavana ara-panahy?
2. Inona no nianaranao momba ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 50:24 sy ny 93:28 izay momba ny fomba hahafahantsika mampitombo ny hazavana amin'izany hazavana ao amin'ny fiainantsika izany?
3. Araka ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:49–57, inona no mahatonga antsika ho ao amin'ny haizina lehibe? (jereo koa Almà 12:9–11).
4. Ndeha atao hoe nangatahina ianao hampianatra fitsipika sy hevitra hita ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:43–57. Inona teo amin'ny fiainanao no hitanao mba hanehoanao ny iray na maromaro amin'ireo hevitra ireo?

F Famporisihana ireo Misiônera

Avy amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:60–102, dia safidio ireo andalana efatra izay azonao ampiasaina mba ho famporisihana ireo vondrona misiônera. Hazavao ny azonao lazaina amin'ireo andalana tsirairay avy ary nahoana ianao no nisafidy izany.

G Manomeza Fanofanana

Amin'ny fampiasana ireo zavatra nianaranao ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:107–11, dia manorata ny zavatra izay mety ampianarana mpikambana vaovao iray ao amin'ny kôlejin'ny mpampianatra.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 85

Manatanteraka zavatra araky ny Fombanao na araky ny Fomban'ny Tompo

Rehefa omena andraikitra isika ao amin'ny Fiangonana, dia omena antsika koa ny andraikitra hamantatra ny fomba hanatanterahantsika izany andraikitra izany (jereo F&F 58:26–29). Indraindray anefa, dia angatahina isika hanatontosa andraikitra miaraka amin'ny torolalana mifandraika amin'ny fanatanterahana izany. Inona no lanjan'ny fanarahana ireo torolalana ireo?

Ny Mpaminany Joseph Smith dia nianatra fa ny Eveka Edward Partridge dia tsy nanome ny lova ho an'ireo Olomasina tao Missouri (fananana sy loharano hafa mba hivelomana) araky ny fomba izay nangatahin'ny Tompo hanatanterahana izany. Nataony araky ny fombany manokana izany. Tsy ny eveka Partridge irery ihany no nanao izany fahadisoana izany. Nisy ireo Olomasina sasany niangona tao Missouri, izay tsy te-hiaina ny lalàn'ny fanonkanana—izay nolazain'ny Tompo fa tsy maintsy takiana amin'ireo izay miangona ao Ziona tamin'izany fotoana izany. Ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 85 dia ampahany amin'ireo taratasy nosoratan'ny Mpaminany Joseph ho an'i William W. Phelps, tao Missouri, mba hanatanteraka ny zavatra ara-dalàna. Rehefa mamaky izany ianao, dia mifantoha tsara tsy amin'izay voalaza ihany,

fa indrindra eo amin'ny fomba filazana izany. Ny fomba filazana eto dia milaza amintsika ny halehiben'ny fahatsapan'ny Tompo momba an'ireo izay te-hanatanteraka ny zavatra araky ny fomban'izy ireo nefa Izy efa nanome torohevitra mazava tsara sy miavaka momba ny zavatra tiany ho vita.

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 85

Nalaina tamin'ny (sasin-teny)—Ampahany kely nesorina

Lova (sasin-teny, and. 1–3, 7, 11)—Fananana an'olona iray eo ambanin'ny lalàn'ny fanokanana

Mitranga (and. 1)—Mise-ho, hita

Mpivadika (and. 2)—Ireo izay niala ny Fiangonana, nandà ny fijoroany ho vavolombelony ny filazantsara, niady tamin'ireo Rahalahy

Mifanohitra amin'ny (and. 3)—Miady amin'ny, mifanohitra

Voarakitra (and. 3, 7)—Voatanisa, voasoratra

Mandoaka (and. 6)—Mandetika, mihatra hatrany anaty

Tehin-kery (and. 7)—Tehina na zavatra maneho fahefana (raha toa ka tandidona)

Hosamatsamahana (and. 9)—Hozarazaraina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 85:5, 7, 11—"Ilay Avo Indrindra sy Matanjaka"

Ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 85:7 dia manamarika fa raha toa ka tsy mibebaka ny Eveka Partridge ary manao ny zavatra araky ny fomban'ny Tompo, dia handefa ilay "avo indrindra sy matanjaka" hanatanteraka ireo adidy izay tokony novitainy. Nibebaka ny Eveka Partridge, ary dia tsy nisy nilàna ny niantsoana ilay "avo indrindra sy matanjaka" mba hanolo azy.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 85:7—"Ny Bokin'ny Lalàn'Andriamanitra"

Ny Filoha Joseph F. Smith dia nilaza fa ny bokin'ny lalàn'Andriamanitra "dia mampitaha mivantana ny lalàn'ny fahafolonkarena. . . .

"Ny olona sasany dia mety tsy dia miraharaha ny anaran'izy ireo voarakitra na tsia, fa izany dia avy amin'ny tsy fahalalana ny vokany. Raha toa ka tsy voarakitra ny anaran'izy ireo . . . dia ho voasakana amin'ny ôrdônansy ao amin'ny tranon'Andriamanitra izy ireo" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Ôkt. 1899, 42). Ny fanatrehana ny dinidiniky ny fahafolonkarena dia fomba iray hahafahan'ny anaranao voarakitra ao amin'ny firaketan'ny fahafolonkarena.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 85:8—Inona no Dikan'ny Hoe "Hanohana ny Fiara"?

Ny fiara eto amin'ny andian-teny hoe "hanohana ny fiara" dia midika hoe ny fiaran'ny fanekempihavanana, izay mijanona ao Toerana Masina indrindra amin'ny toerana masina ao amin'ny Tabernakely, na tempoly, ao Isiraely. Misy fipetrahany izany fiara izany, ary izany dia maneho ny toerana misy an'Andriamanitra eo anivon'ny Isiraelita. Ao amin'ny 2 Samoela 6:6–7 (jereo koa 1 Tantara 13:9–12) dia misy ny tantaran'ny lehilahy iray nantsoina hoe Oza nandeha teo akaikin'ny sarety nitondra ilay fiaran'ny fanekempihavanana. Nihozongozona ny sarety ary nanomboka nianjera ilay fiara. Nahavita nanohana ilay fiara i Oza ary dia maty voavely tery izy. Ny andian-teny hoe "manohana ny fiara" dia maneho ireo izay tsy ampy finoana ao amin'ny Tompo sy ny mpanompony ary manao zavatra mifototra amin'ny fahendren'izy ireo manokana.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 85:9—Inona ilay Bokin'ny Fahatsiarovana?

Ny Loholona Bruce R. McConkie, izay mpikambana tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, dia nanazava hoe:

"I Adama dia nihazona an-tsoratra momba ireo taranany mahatoky izay niraiketany ny finoan'izy ireo sy ny asan'izy ireo, ny fahamarinan'izy ireo sy ny fanoloran-tenany, ny fanambaran'izy ireo sy ny fahitan'izy ireo, ary ny fanarahany ny drafitry ny famonjena izay nambara. Mba hanomezan-danja ny fanomezam-boninahitra ireo razambentsika mendrika sy hihaino ny fahamarinana lehibe izay nambara azy ireo, dia nantsoin'i Adama hoe *bokim-pahatsiarovana* izany firaiketany izany. Nomanina izany 'araka ny toromarika efa nomen'ny ratsantanan'Andriamanitra.' (Mosesy 6:4–6, 46.)

"Firaketana mitovitovy no notazonin'ireo olomasina nandritra ny fotoana rehetra. (Mal. 3:16–17; 3 Ne. 24:15–16.) Maro amin'ireo soratra masina ananantsika ankehitriny no azontsika satria nosoratan'ny mpaminany voalohany izy ireny izay nanaraka ny toromarik'i Adama amin'ny fihazonana ny bokim-pahatsiarovana. Mihazona firaketana mitovitovy amin'izany ny Fiangonana ankehitriny (F. & F. 85) ary nangataka matetika ny mpikambana mba hihazona bokim-pahatsiarovana ho an'ny tena manokana sy ho an'ny fianakaviana" (*Mormon Doctrine*, 100).

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny asa A na B rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 85 ianao.

A Inona no Fahasamihafana Aterak'izany

1. Inona no zavatra nianaranao momba ny maha-zava-dehibe ny fihazonana ny firaketana ho an'ny Fiangonana ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 85? (jereo koa ny fizarana «Fahatakarana ny Soratra Masina» ho an'ny F&F 85:7 ary ny soratra masina mifandray izay nomen'ny Tompo ao amin' ny and. 12).
2. Amin'ny fomba ahoana no ampiharanao ny zavatra nianaranao tamin'ity fanambarana ity amin'ny fanatanterahanao ny antsonao amin'ny maha-mpitan-tsoratra na mpitam-bokin'ny Fiangonana anao?

B Manomeza Ohatra

1. Aorian'ny famakianao ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 85 ary ny fizarana «Fahatakarana ny Soratra Masina» ho an'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 85:8, dia manorata ohatra fohy mikasika ireo olona mitovy taona aminao izay mety ho azon'ny fakam-panahy "hanohana ny fiara" amin'izao androntsika izao.
2. Mifototra amin'ny zavatra nianaranao tamin'ny famakiana ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 85 ary ny Testamenta Taloha momba ny fanohanana ny fiara, dia inona no torohevitra omenao ny olona izay toa "mpanohana fiara"?

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 86

Ny Fanoharana ny Vary sy ny Tsimparifary

Nahoana ny Tompo no mamela ny tsara sy ny ratsy hisy miaraka? Inona no zava-mitranga raha toa ka esoriny hiala eto amin'izao tontolo izao ny fahoratsiana rehetra? Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 86, ny Tompo dia nanome ny dikan'ny fanoharany momba ny vary sy ny tsimparifary (jereo Matio 13:24–30, 36–43) ary nanome ny ambangovangony amin'ny valin'ireo fanontaniana ireo.

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 86

Fanoharana (and. 1)—Tantara fohy izay mampianatra lesona na anatra

Mpamafy, mamafy (and. 2–3)—Mpamboly, mamboly

Tsimparifary (and. 3, 6–7)—Ahi-dratsy

Hijinja (and. 5)—Mandidy sy mijinja

Mpandova ara-dalàna (and. 9)—Mpandray ny fanomezana na fitahiana nomena, mpandova

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 86:5—Vonona Hijinja ny Anjely

Raha niresaka tamin'ny mpiasan'ny tempoly ny Filoha Wilford Woodruff tamin'ny taona 1894, dia nilaza hoe: "Nohazonin'Andriamanitra nandritra ny taona maro ny anjely mpandringana, kanefa tokony hijinja ny vary amin'ny tsimparifary izy ireo. Kanefa tiako lazaina anareo ankehitriny, fa nandao ny vavahadin'ny lanitra ireo anjely ireo, ary dia mijoro eo anoloan'ity vahoaka ity sy ity firenena ity izy ireo ankehitriny, ary mandrakotra ny tany miandry ny handrotsahana ny fitsarana. Ary manomboka amin'izao fotoana izao izy ireo dia handrotsaka izany. Hitombo ny loza sy ny korontana eto an-tany, ary dia misy dikany izany zavatra izany. Tsarovy izany, ary mieritrereta momba izany zavatra izany. Raha manatanteraka ny adidinao ianao, ary manao ny adidiko aho, dia hanana fiarovana isika, ary hiaina ireo fitsapana ao anatin'ny fandriampahalemana sy ny fiarovana" (teny nindramina tao amin'ny Susa Young Gates, "The Temple Workers' Excursion," *The Young Woman's Journal*, Aog. 1894, 512–13).

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny asa A na B rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 86 ianao.

A Milazà ny hevitry ny Fanoharana

1. Vakio ny Matio 13:24–30, 36–43. Inona no fomba fijery fanampiny momba ny vary sy ny tsimparifary izay azontsika avy amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 86?
2. Moa ve ianao mieritreritra fa tsy dia mihatra amin'izao androntsika izao ity fanoharana ity mihoatra ny tamin'ny fotoanan'ny Testamenta Taloha? Nahoana?

B Ampiharo ny Hafatra

1. Manorata momba ny zavatra niainanao, na iray amin'ireo zatovo izay mety efa niaina izany, izay niharan'ny dikan'ny fanoharan'ny vary sy ny tsimparifary.
2. Amin'ny fomba ahoana no hifandraisan'ny hafatra ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 86:8–11 sy ny fanoharan'ny vary sy ny tsimparifary?

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 87

Faminaniana ny Ady

Ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 87 dia mirakitra ny faminaniana ny amin'ny Ady an-trano tao Amerikana—izay nanomboka tamin'ny 1860. Ny antsipirian'ny faminaniana dia tena mahazendana rehefa tena dinihinao fa izany dia efa noraiketina telopolo taona talohan'ny nanombohan'ny ady. Ny fanambarana, anefa dia mihoatra noho ny Ady an-trano, ary niresaka momba ny ady manerana an'izao tontolo izao. Mirakitra hafatra mampivarahontsana kanefa manan-danja ho an'ny olona amin'ny andro farany izany.

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 87

Hiteraka (and. 1)—Tapitra, farany

Halamina, mandamina (and. 4–5)—Mandrafitra

Ambiny (and. 5)—Hafa, ampahany sisa tavela

Hampijaly (and. 5)—Manelingelina, manorisory

Fahavinirana (and. 6)—Hatezerana, tsy mahafaly

Famaizana (and. 6)—Manasazy amin'ny antony fanitsiana

Fandringanana voatendry (and. 6)—Ny fitsarana feno nofaritan'Andriamanitra

Tompon'ny Sabaota (and. 7)—Tompon'ny Sabaota; *sabaota* dia teny Hebreo midika hoe "tafika," na ny olona rehetra, ary matetika ampitahaina amin'ny fahamarinana fa ny Tompo dia ilay mpamorona manana ny fahefana rehetra (jereo koa F&F 95:7).

Hamaliana (and. 7)—Manao ny tsara amin'ny ratsy vita

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 87:1—Fikomiana tao South Carolina

Tamin'ny taona 1832, tao Etazonia, dia nandà tsy handoa hetra amin'ny entana azon'izy ireo avy any Eoropa ny fanjakan'i South Carolina. Ny Filoham-pirenen'i Etazonia Andrew Jackson dia namaly izany tamin'ny fiantsoana ireo vondrona miaramila federaly hamarana ny fikomiana tao South Carolina. Nihemotra ny fanjakana ary dia voasakana ny ady. Na izany aza anefa dia nijoro tamin'izany faminaniany izany Mpaminany Joseph Smith (jereo F&F 130:12–13).

Teo amin'ny valo ambin'ny roapolo taona taorian'ny nandraisan'i Joseph Smith voalohany ity fanambarana ity, dia nikomy tamin'i Etazonia indray i South Carolina. Tamin'ity tranga farany ity dia nampian'ireo fanjakana hafa tao atsimon'i Etazonia izy ireo, ary vokatr'izany dia raikitra ny Ady an-trano—tahaka izay efa naminaniana.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 87:3—Ny Fanjakana Tatsimo, ny Firenena Britanika, ary ny Ady Lehibe

Ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 87:3 dia manambara mihoatra ny Ady an-trano tao Amerikana. Ny Fanjakana Tatsimo dia niantso ny Firenena Britanika sy ireo firenena hafa mba hanampy azy ireo nandritra ny Ady an-trano tao Amerikana. Ary arak'izay efa nohaminaniana tao amin'ity andininy ity, ny Firenena Britanika sy ireo firenena hafa dia niantso ireo firenena hafa mba hanampy azy ireo hifanandrina amin'ny fahavalon'*izy ireo*—tahaka ny zava-nisy tamin'ireo Ady Lehibe anankiroa, izay nisy fiantraikany tamin'izao tontolo izao mihitsy.

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny asa A sy B rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 87 ianao.

A Manomeza Ohatra

Manorata ohatra ao anaty kahienao amin'ny fahatanterahan'ny faminaniana roa farafahakeliny ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 87.

B Omeo ny Hevitra izay Tohananao

Inona araka ny hevitrao ny hafatra tena manan-danja indrindra ho an'ny olona ankehitriny ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 87? Nahoana?

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88

Ilay Ravin'Oliva: Hafatra Mitondra Fiadanana

Ny fiainana, amin'ny fotoana iray, dia tena sarotra tokoa ho antsika eo am-piatrehana olana sy fanapahan-kevitra izay toa mavesatra tokoa. Mandritra izany fotoana izany indrindra no hanasan'ny Raintsika any an-danitra antsika mba hibanjina ny fitsapana mahazo antsika eo amin'ny tanjona mandrakizay. Ny fanambarana ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88 dia manome antsika izany fomba fijery izany. Manampy antsika izany hibanjina tsy araky ny mahazatra ao am-pon'ilay drafitra lehiben'ny fahasambarana nomanin'ny Ray any an-danitra ny voninahitra marina. Maro ny zavatra voalaza ao amin'ity fanambarana ity izay hanome fanamby anao hieritreritra lalina. Ampiasao mba ho fahafahana hametrahana ny fahasarotana eo amin'ny fiainana ho lasa fomba fijery mandrakizay izany fandalinanao izany. Taorian'ny hafatra mitondra fisainana tao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 87, dia azo lazaina fa ity fanambarana ity dia toy ny fankaherezana ho an'ireo Olomasina tany ampiandohana. Afaka ho toy izany koa izany eo aminao.

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88

Fanampiana (and. 2)—Fanatitra, fanolorana

Manazava, mazava (and. 11, 17, 26, 28–32, 49)—Mitondra fiainana, mamelona

Mivoaka (and. 12)—Mandeha

Midadasika (and. 12)—Habe, velarana tsy mana-petra

Anivo (and. 13, 17)—Fo, afovoany

Izy (and. 18–20, 26)—Ny tany

Nahatratra ny tanjona nahariana azy (and. 19, 25)—Ny tanjon'ny nanamboarana azy

Tanjona (and. 20)—Tanjona

Mandray (and. 22–26, 35, 86)—Mitoetra, mijanona

Sahaza (and. 24)—Lany, antonina tsara na voaomana

Omena (and. 33)—Omena

Arovana (and. 34)—Voaro, narovana, narovana

Fetra (and. 38, 90)—Fetra, famerana

Hamarinina (and. 39)—Hambara ho marina na tsy misy pentina

Mirakitra (and. 40)—Miray amin'ny, mihazona akaikin'ny

Manatanteraka (and. 40)—Manao izay hisiany, manome fiantraikany

Lalana (and. 43)—Lalana, fihetsika, fihodina

orobo (and. 50, 66)—Manana fatra lehibe tokoa

Tavako (and. 52–53, 56, 58)—Endriko

Ilaina (and. 64–65, 78, 127)—Ara-dalàna, manome faniriana

hafainganina (and. 73)—Mandroso haingana

Fisavorovoroana (and. 79)—Olana sarotra

Hamehy ny lalàna sy hanisy tombo-kase ny tenivavolombelona (and. 84)—Tandindona milaza fa ny rehetra dia manana zo hihaino ny filazantsara mba hahafahan'izy ireo tsy manan-tsiny amin'ny asan'izy ireo

Fandravan'ny fahavetavetana (and. 85)—Faharavana izay ho tonga amin'ireo izay mitohy miaina amin'ny fomba manameloka an'Andriamanitra

Fahavinirana (and. 88)—Fitsarana sy vokatry ny ratsy natao

Hisamboaravoara (and. 91)—Hisafotofoto

Fahavetavetana (and. 94)—Fahotana; eritreritra sy asa izay mandratra ny fon'Andriamanitra

HirobTsimparifary (and. 94)—Ahi-dratsy (jereo F&F 86)

Fisaintsainana (and. 109)—Faniriana, tanjona

Lazaiko marina (and. 117)—Matotra, midongidongy

Fifampiarahabana (and. 120, 134, 136)—Miarahaba

Resaka kitoatoa (and. 121)—Resaka maivana na tsy misy lanjany na tsy misy fanajana ny zavatra masina

Mifampizara (and. 123)—Manome, mizara

Mavitrika (and. 124)—Mahazo hery, mahazo aina

Kapaoty (and. 125)—Palitao

Famatorana (and. 125)—Fanekempihavanana, fampanantenana

Miavaka tsara (and. 129)—Mazava

Hampitenenan'ny (and. 137)—Taomin'ny Fanahy amin'izay holazaina

Fitoera-masina (and. 137)—Toerana masina

Hatomboka (and. 141)—Manomboka

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:3—Mpampionona Hafa

Ny Mpaminany Joseph Smith dia nampianatra hoe:

"Misy roa ireo Mpampionona voalaza. Ny iray dia ny Fanahy Masina, mitovy amin'ilay nomena tamin'ny andron'ny Pentekôsta, ary ny Olomasina rehetra dia nahazo izany taorian'ny finoana, fibebahana, ary batisa. . . .

". . . Aorian'ny fahazoan'ny olona iray ny finoana an'i Kristy, sy nibebahany tamin'ny fahotany, ary nanaovana batisa azy ho famelana ny helony sy nandraisany ny Fanahy Masina, (tamin'ny alalan'ny fametrahan-tanana), izay Mpampionona voalohany, dia avelao izy hanohy hanetry tena eo anoloan'Andriamanitra, ho noana sy mangetaheta ny fahamarinana, ary miaina ireo tenin'Andriamanitra rehetra, ary dia hiteny aminy indray ny Tompo hoe, ry zanako, hasandratra ianao. Rehefa nosedrain'ny Tompo tanteraka izy, ary nahita fa izany lehilahy izany dia tena mahazo antoka ny hanompo azy amin'ny sehatra rehetra, ary dia ho hitan'izany lehilahy izany ny antsony sy ny fahazoany antoka amin'ny safidiny, ary dia ho fahafahana ho azy ny mandray ilay Mpampionona hafa. . . .

"Ankehitriny dia inona ary izany ilay Mpampionona hafa? Izany dia sady tsy hanampiana no tsy hanalana fa ny Tompo Jesoa Kristy tenany mihitsy; ary izany no fitambarana sy ny famintinana ny zava-drehetra; ary na iza na iza no mahazo ity Mpampionona farany ity, dia hanana ny endrik'i Jesoa Kristy izy hiaraka aminy, na hiseho aminy foana foana" (*Teachings of the Prophet Joseph Smith,* 149–51).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:6–13—Ny Fahazavan'i Kristy

Jereo ny Torolalana ho an'ny Soratra Masina "Fahazavan'i Kristy" (p. 49) ary Môrônia 7:16, 18–19.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:74–86—Ny Loholon'ny Fiangonana dia Tsy maintsy Madio

Nanamafy mihoatra ny indray mandeha ny Tompo ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88 fa ireo izay mandeha mitory ny filazantsara dia tsy maintsy madio. Ireo izay miandry ny antso mba hitory dia miomana amin' ny fandalinana momba ny firenena sy ny kolotsaina ary ihany koa ny fotopampianaran'ny filazantsara (jereo and. 77–80), kanefa koa izy ireo dia tokony "hanasa ny tanan'[izy ireo] sy ny tongotr'[izy ireo]" (and. 74) ary hiala amin'ny "faningorana" amin'ny fahotana (jereo and. 86). Ny Filoha Brigham Young dia nanoro hevitra hoe: "Raha toa ka tsy afaka mandeha amin'ny tanana madio sy fo tsisy pentina ireo Loholona, dia tsaratsara ho an'izy ireo no mijanona eto. Aza mandeha no mieritreritra fa, rehefa tonga any amin'ny reniranon'i Missouri, any Mississippi, any Ohio, na any Atlantika, dia hidio ianareo avy eo; fa atombohy eto izany miaraka amin'ny tanana madio sy fo tsisy pentina, ary aoka ho madio manomboka eny amin'ny satroboninahitry ny lohanareo ka hatreny amin'ny tongotrareo; ary dia hiaino amin'ny ora rehetra izany. Mandehana araka izany fomba izany, miasa araka izany fomba izany, ary miverena indray madio tahaka ny ampahana taratasy fotsy mangatsakatsaka. Izany no fomba handehananareo; ary raha tsy manao izany ianareo, dia harary ny fonareo" (*Discourses of Brigham Young,* sel. John A. Widtsoe [1941], 323).

Ny Loholona L. Aldin Porter, ao amin'ny Fitopololahy, dia nanome izao fanazavana fanampiny izao: "Ry mpitarika ny Fisoronana, aoka isika hitandrina tsara ka tsy hamela ireo misiônera tanorantsika handeha ho any amin'ny sahan'ny misiôna miaraka amin'ny fandikan-dalàna mbola tsy voavaha. Tena mitovy ara-bakiteny amin'ny hoe mandeha any amin'ny sahan'ady fa tsy mitondra aro-loha, sabatra, na apinga izany. Ndeha isika hahatsiaro fa mitaky fotoana ny mampivelatra ny hery hanoherana ny afon'ny fakam-panahy. Mitaky fotoana ny mandray ny fampiononana mamy izay tonga hatrany ao amin'ny fon'ireo tena nibebaka marina. Omeo fotoana ampy izy ireo" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Apr. 1992, 67; na *Ensign,* Mey 1992, 46).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:127—ny Sekolin'ny Mpaminany

Amin'ny fanarahana ny torohevitra nomena ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88, ny Sekolin'ny Mpaminany dia naorina tamin'ny fiantombohan'ny taona 1833. Ny tanjon'ity sekoly ity dia ny hanomana ireo lehilahy izay mihazona ny fisoronana mba hitory ny filazantsara, hanatanteraka ny

raharahan'ny fiangonana, ary handray anjara eo amin'ny fiaraha-monina. Taty aoriana rehefa tafatsangana ny tempolin'i Kirtland, dia natao tao amin'ny tempoly ity sekoly ity. Indraindray nisy ary indraindray tsy nisy izany sekolin'ny mpaminany izany nandritra ny andron'ireo mpisava lalana tany amboalohany tao amin'ny Faritry Utah. Ity sekoly voalohany ity dia natao hianarana—ara-panahy sy ara-nofo—izany dia nitarika ny fananganana ny akademia, oniversite, ary ireo kilasy seminera sy ny Institiota fianarana ny filazantsara. Mazava be fa ny Tompo dia naniry ny olony mba hanana fahalalana.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:138–141—"Ny Ôrdônansin'ny Fanasana Tongotra"

Fotoana fohy talohan'ny nanombohana Azy, dia nanasa ny tongotr'ireo Apôstôly i Jesoa mba hanatontosana ny fanaon'ireo Jiosy eo ambanin'ny lalàny ary hanorina izany ho ôrdônansy (jereo DJS, Jaona 13:10). Ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:138–141 dia milaza ny famerenana amin'ny laoniny indray ity ôrdônansy ity ho an'ny mpitarika ny Fiangonana izay mandray anjara ao amin'ny Sekolin'ny Mpaminany. Nandritra ny fanganan'ny Olomasina ny tempolin'i Kirtland, dia nilaza ny Mpaminany Joseph Smith fa ny ôrdônansin'ny fanasana tongotra dia tanterahina ao amin'ny tempoly (jereo *History of the Church,* 2:307–10). Izany ôrdônansy izany dia anisan'ireo ôrdônansy lehibe indrindra izay raisina ao amin'ny tempoly izay manafy antsika amin'ny hery mba hahafahantsika miasa amin'izay niantsoana antsika eto amin'ity fiainana ity—tahaka ity raharaha voalohan'ny ôrdônansy izay manampy hanomana ny mpitarika ny Fiangonana tany am-boalohany amin'ny asan'izy ireo.

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny dimy amin'ireto asa manaraka ireto (A–I) rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88 ianao.

A Inona no Eritreritrao?

Ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:6–13 dia manasa antsika hisaintsaina momba an'i Jesoa Kristy sy ny maha-zavadehibe azy eo main'ny zava-manan'aina rehetra. Vakio ity andalana ity ary manorata ny sasantsasany amin'ireo eritreritrao mikasika ny Mpamonjy sy ny fitaomana entiny eo amin'ny fiainanao andavanandro—izay tsikaritra na ny tsy tsikaritra. Ampidiro ao anatin'izany ny eritreritra momba ny fomba fiantraikan'ity andalana ity amin'ny fiainanao andavanandro amin'ny andro manaraka. Inona no mitranga raha toa ka olona maro no mahafantatra sy mahatsiaro ny ampianarin'ity andalana ity?

B Hazavao ny Fotopampianarana

Amin'ny fampiasana ireo nianaranao tao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:17–39, dia omeo fanazavana feno araka izay vitanao ny olona iray izay te-hahafantatra ny antony tsy hamelan'Andriamanitra mora foana ny olon-drehetra ho any amin'ny fanjakana selestialy.

D Asa sy Vokatra

1. Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:62–69, ny Tompo dia nilaza ny fomba tokony hanatonantsika Azy. Miisa valo farafahakeliny ireo zavatra nolazainy fa tokony ho ataontsika. Ny tsirairay amin'ireo zavatra valo ireo dia arahina fitahiana nampanantenaina izay ho tonga raha toa ka arahintsika ny toroheviny izay nasainy nataontsika. Manaova tsanganana roa ao anaty kahienao ary soraty izy ireo hoe "Raha" sy "Dia." Tanisao ao amin'ny tsanganana "Raha," ny torohevitra asain'ny Tompo ataontsika. Tanisao ao amin'ny tsanganana "Dia," ireo vokatry ny asa tsirairay.
2. Misafidiana roa amin'ireo torohevitra nasain'ny Tompo ataontsika ary soraty ny azon'ny olona iray atao mba hankato ny toroheviny.

E Drafitra Fanomanana ny Misiôna

1. Avereno vakiana ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:70–86 ary tanisao ireo nolazain'ny Tompo tamin'ny mpitarika ny Fiangonana izay manomana azy ireo hampianatra ny filazantsara manerana izao tontolo izao.
2. Inona no dikan'ny hoe madio tanana sy fo tsisy pentina araka ny eritreritrao?
3. Inona no ampianarin'ny andininy 81–86 amin'ny antony tsy maintsy hampitandreman'ny mpitarika sy ny mpikamban'ny Fiangonana ny olon-drehetra? (jereo koa Ezekiela 33:1–9).

F Manamboara Sekoly

Ndeha atao hoe nangatahina ianao hanomboka sekoly vaovao ho an'ny tanoran'ny Olomasin'ny Andro Farany mba hanomanana azy ireo amin'ny fiainany, fa indrindra indrindra amin'ny asa izay asain'ny Tompo ataon'izy ireo. Mifototra amin'izay novakianao tao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:77–80, dia inona ireo lohahevitra tianao halalinin'ny mpianatra ao amin'ity sekoly ity?

G Tanisao ireo Tranga

Tanisao ireo tranga ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:87–116 izay mbola hiseho. Atokatokano araky ny vanim-potoana lehibe telo ireo tranga tsirairay: alohan'ny Fiaviana Fanindroan'ny Mpamonjy, mandritra ny fotoan'ny Fiaviana Fanindroany, ary amin'ny fiafaran'ny Arivotaona.

H Ampiharo ny Soratra Masina

Na dia miresaka momba ny tempoly aza ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:119, dia rafitra azo arahina ho an'ny tokantranontsika ihany koa izany—izay tokony ho toerana masina ihany koa. Hazavao fohifohy araka ny eritreritrao ny azon'ny fianakaviana ataoiray hampiarana ny fitsipika tsirairay izay nolazain'ny Tompo ao amin'ity andininy ity raha toa ka tian'izy ireo ho "tranon'Andriamanitra" ny tokantranon'izy ireo, na amin'ny

teny hafa, ho toerana izay hitoeran'ny Fanahiny ary ho fitaomampanahy hanatanjaka sy hiaro ireo rehetra izay miaina ao.

Soratra Masina Fehezina—Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:123–24

1. Tanisao ireo angatahin'ny Tompo amintsika ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:123–24 amin'ny alalan'ny fandaminana ny torolalany ho ao anaty lisitra anankiroa: "Zavatra Azo Atao" sy ny "Zavatra Tsy Azo Atao."
2. Misafidiana didy roa ao amin'ny lisitra nataonao ary hazavao ny antony ilain'ny Tompo antsika hanatanteraka na tsia ireo zavatra tsirairay avy ireo. Manomeza ohatra amin'ny traikefanao manokana na avy amin'ny soratra masina.

Tamin'ny taona 1833 ny Mpaminany Joseph Smith sy ny fianakaviany dia nonina tao amin'ny tranombarotr'i Newel K. Whitney tao Kirtland, Ohio (jereo sary 7 ao amin'ny "Vanimpotoana, Sarintany, ary Sary mifandray amin'ny Tantaran'ny Fiangonana" ao amin'ny faran'ny triptika). Tao amin'iray amin'ireo efitrano ambony rihana tao amin'ny tranombarotr'i Whitney, tao no nataon'ny Mpaminany ho Sekoly voalohan'ny Mpaminany (araka izay nandidiana azy tao amin'ny F&F 88). Ny Filoha Brigham Young, na dia tsy mpikambana tao amin'ny sekolin'ny mpaminany aza izy tamin'izany, dia niresaka mikasika ity fiangonana handray torolalana ity sy ny nahatonga ny faminaniana tao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 89: "Rehefa niangona niaraka teto amin'ity efitrano ity ny mpivory taorian'ny sakafo maraina, ny [zavatra] voalohany ataon'izy ireo dia ny nandrehitra ny pipan'izy ireo, ary mandritra ny fifohana, dia niresaka zavatra lehibe momba ny fanjakana izy ireo, ary nandrora eran'ny efitrano, ary vantany vao miala eny am-bavan'izy ireo ny pipa dia mandeha indray ny fihinanana paraky. Matetika ny Mpaminany rehefa miditra ny efitrano hanome torolalana ho an'ny sekoly dia miditra ao amin'ny rahon'ny setroka sigara. Izany sy ny fitarainan'ny vadiny izay tsy maintsy hanadio indray ny gorodona, dia nahatonga ny Mpaminany hisaintsaina izany tranga izany, ary dia nangataka tamin'ny Tompo izy mahakasika ny fitondrantenan'ny Loholona amin'ny fampiasana paraky" (tao amin'ny Journal of Discourses, 12:158). Ny fanambarana fantatra amin'ny hoe Tenin'ny Fahendrena no vokatr'izany fangatahan'ny Mpaminany izany.

Mariho fa ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 89:3 dia nilaza ny Tompo fa ity fanambarana ity dia "fitsipika arahin'ny fampanantenana." Rehefa mamaky ity fanambarana ity ianao, dia diniho tsara ireo fampanantenan'ny Tompo. Na dia amin'izao fotoana izao aza isika dia manana porofo ara-pahasalamana mivaingana maro tokoa manohana ny torohevitra nomena ao amin'ny Tenin'ny Fahendrena, izay mbola tsy dia fantatra loatra izany tamin'ny fotoana nanomezana ity fanambarana ity. Na dia eo aza izany dia mariho miavaka tsara ny fitahiana ara-panahy izay nampanantenaina. Na ny siansa aza dia tsy azom-panahy hanamarina ny fitahiana ara-panahy izay nampanantenain'ny Tompo, fa antapitrisany ireo afaka mijoro ho vavolombelona fa marina izany. Ity fanambarana ity dia porofo mivaingana fanampiny amin'ny antson'ny mpaminany izay nampandraiketina ny Mpaminany Joseph Smith.

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 89

Fanerena (and. 2)—Manery

Mpiaramioko (and. 4)—Olona izay mifanaiky miaraka hanao zavatra ratsy na tsy araka ny lalàna

Zava-pisotro mahery (and. 5, 7)—Zava-pisotro misy alikaola

Raokandro (and. 8, 10–11)—Zava-maniry

Zava-pisotro mahamay (and. 9)—Kafe sy dite (jereo ny fizarana «Fahatakarana ny Soratra Masina» ho an'ny F&F 89:9)

Fahamalinana (and. 11)—Fifehezana, tsy mihoatra

Fitsitsiana (and. 12)—Tsy matetika, atao kely fatra

Foitrany (and. 18)—Tandidon' ny taova any anaty

Tsoka (and. 18)—Ampahany ao anaty taolana izay mitahiry otrik'aina (mampiseho fahavitrihana sy tanjaka)

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 89:2—"Tsy amin'ny Fandidiana na Fanerena"

Ny Filoha Joseph F. Smith dia nanazava hoe: "Ny antony tsy ampisalasalana nanomezana ny Tenin'ny Fahendrena—dia tsy amin'ny 'fandidiana na fanerena' izany tamin'izany fotoana izany, fa raha farafaharatsiny nomena ho didy izany dia nitondra ireo lehilahy rehetra izay niankin-doha tamin'ny fampiasana ireo zavatra mahadomelina ho eo ambanin'ny fanamelohana. Ny Tompo anefa dia be fangorahana ka nanome azy ireo fahafahana hiala amin'izany, talohan'ny nitondrany azy ireo ho eo ambanin'ny lalàna. Taty aoriana, dia nisy filazana nivoaka . . . nataon'ny Filoha Brigham Young, fa ny Tenin'ny Fahendrena dia fanambarana sy didy avy amin'ny Tompo" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Ôkt. 1913, 14). Ny fankatoavana ny Tenin'ny Fahendrena dia iray amin'ireo zavatra takiana mba hahazoana ny fahazoan-dalana mankany amin'ny tempoly.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 89:9—Inona no Dikan'ny Hoe "Zavapisotro Mahamay?

Ny Filoha Hyrum Smith—rahalahin' ny Mpaminany Joseph Smith, Patriarkan'ny Fiangonana, ary Mpanampy ny Filoha—dia nampianatra hoe: "Ary ihany koa 'ny zava-pisotro mahamay dia tsy natao ho an'ny vatana na koa ny kibo;' maro ireo mieritreritra hoe inona ary no dikan'izany; na izany milaza momba ny dite, na kafe

na zavatra hafa mihitsy. Lazaiko izany fa miresaka momba ny dite, sy kafe" ("The Word of Wisdom," *Times and Seasons,* 1 Jiona 1842, 800).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 89:19—Hahita Fahendrena sy Rakitsoa Miafin'ny Fahalalana

Ny Filoha Boyd K. Packer, Filoha Mpisolo Tena ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, dia nampianatra hoe:

"Ny vatanareo no fitaovana ampiasain'ny sainareo. Ao amin'ny fientanam-ponareo, ny fanahy sy ny vatana dia mifanakaiky kokoa mba ho iray. Ny zavatra hianaranao ara-panahy, dia miankina amin'ny haavon'ny fitandrovanao ny vatanao. Izay no mahatonga ny Tenin'ny Fahendrena ho manan-danja.

"Ny fahazaran-dratsy izay raràna amin'ny alalan'ity lalàna ity—dite, kafe, ny toaka, ny paraky—dia manakantsakana ny fahatsapana mora tohan'ny fifandraisana ara-panahy, tahaka ny ataon'ny zava-mahadomelina miteraka fiankinan-doha hafa ihany.

"Aza tsinotsinoavina ny Tenin'ny Fahendrena, fa izany no mety hamery ny ' Rakitsoa lehiben' ny fahalalana . . ., dia rakitsoa miafina' [F&F 89:19] nampanantenaina ho 'an'izay mitandrina izany. Ary ny fitahiana fanampiny dia ny fahasalamana tsara" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Ôkt. 1994, 78; na *Ensign,* Nôv. 1994, 61).

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny telo amin'ireto asa manaraka ireto (A–E) rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 89 ianao.

A Hazavao ny Hevitra

Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 89:3, ny Tompo dia niteny fa ny Tenin'ny Fahendrena dia "sahaza ny fahafaha-manaon' ny osa sy ny osa indrindra amin' ny olomasina rehetra." Hazavao araka ny eritreritrao fa ny fankatoavana ny Tenin'ny Fahendrena dia manampy ny olona iray ho tonga matanjaka amin'ny lafiny rehetra eo amin'ny fiainana—ara-nofo, ara-tsaina, ara-pihetseham-po, lafiny ara-piaraha-monina, ary ara-panahy.

B Manomeza Ohatra Mivaingana

1. Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 89:4, ny Tompo dia nanazava iray amin'ireo antony nanomezany ny Tenin'ny Fahendrena. Soraty ny dikan'ity andininy ity.
2. Manomeza ohatra mivaingana izay manohana ny tanjon'ny Tenin'ny Fahendrena. Ohatra, mariho ireo dokam-barotra eny amin'ireo takelaka lehibe, ny gazetiboky, ny gazety, na ny fahitalavitra. Manehoa iray na roa amin'izy ireny ao anaty kahienao. Inona no tena hafatra asehon'izy ireny? Inona no zavatra *tsy mba lazain*'izy ireny? Amin'ny fomba ahoana no hanatontosan'izy ireny ny faminaniana ao amin'ny andininy 4?
3. Manomeza valiny fohy amin'ireto fanontaniana manaraka ireto:
   a. Nahoana ny olona sasany no mamporisika anao hampiasa ireo zavatra raràn'ny Tenin'ny Fahendrena?
   b. Nahoana isika no tokony hankato ny Tenin'ny Fahendrena?

D Manaova Lisitra

1. Ny Tompo dia namantatra ireo zavatra manimba ny vatana maromaro sy ireo sakafo ahitam-bokatsoa ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 89:5–17. Manaova lisitra anankiroa ao amin'ny kahienao—ny iray soraty hoe "Zavatra Manimba ny Vatana" ary ny iray hafa hoe "Sakafo Ahitam-bokatsoa." Aorian'ny lisitra tsirairay avy, dia soraty fohifohy izay nolazain'ny Tompo mikasika ny fampiasana izany.
2. Ny Tompo dia tsy nitanisa ny zava-drehetra ao amin'ny Tenin'ny Fahendrena izay tokony na tsy tokony hohanintsika na hosotrointsika. Tokony hampiasa ny fahatsapantsika isika, ny torohevitry ny mpitarika eo an-toerana sy ny manampahefana ambonin'ny Fiangonana, ary ny fitarihan'ny Fanahy. Ny Filoha Boyd K. Packer dia nanamarika hoe:

   "Ny mpikambana da manoratra manontany raha toa ity zavatra ity na izaroa dia mifanohitra amin'ny Tenin'ny Fahendrena. Mazava ho azy fa ny dite, kafe, toaka, ary ny paraky sy sigara dia mifanohitra amin'izany. Tsy nolazaina tamin'ny antsipiriany izany. Ary dia ampianarintsika izany miaraka amin'ny fitahiana nampanantenaina. Maro ireo fahazaran-dratsy, zavatra mampiankin-doha izay sotroina na tsakotsakoina na fohana na atsindrona izay mandratra ny vatana sy ny fanahy izay tsy voalaza ao amin'ny fanambarana.

   "Ny zava-drehetra manimba dia tsy voatery voatanisa tao daholo; ny arzenika, ohatra—dia tena ratsy tokoa, kanefa tsy fahazaran-dratsy! Fa izay terena amin' ny zava-drehetra dia, hoy ny Tompo, 'mpanompo kamo sady tsy hendry' (F&F 58:26)" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Apr. 1996, 22; na *Ensign,* Mey 1996, 17).

   Diniho ny fanambarana nataon'ny Filoha Packer sy ireo torohevitra avy amin'ny mpitarika ny Fiangonana momba ny Tenin'ny Fahendrena ary ampio amin'ireo zavatra hafa izay azo sy tsy azo atao amin'ny lisitra nataonao.

E Soratra Masina Fehezina—Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 89:18–21

1. Tanisao ireo fitahiana ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 89:18–21 izay nampanantenain'ny Tompo ho an'ireo izay mankato ny Tenin'ny Fahendrena.
2. Raha toa ianao ka omena lahateny momba ny Tenin'ny Fahendrena amin'ny vondrona tanora, ohatra manao ahoana no omenao amin'ny tsirairay amin'ireo fitahiana ireo?

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 90

Ny Fanalahidin'ny Fanjakana

Ny Filoha Joseph Fielding Smith dia nampianatra fa ny fanalahidin'ny fanjakan'Andriamanitra eto an-tany dia "zon'ny fiadidiana; izy ireo no hery sy fahefana miadidy sy miahy ny raharahan'ny Tompo eto an-tany. Ireo izay mihazona izany dia manana ny hery hitantana sy hifehy ny hafa rehetra izay manompo ao amin'ny fisoronana" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Apr. 1972, 98; na Ensign, Jolay 1972, 87). Rehefa mamaky ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 90 ianao, dia mariho ny zavatra nolazain'ny Tompo tamin'ny Mpaminany Joseph Smith momba ny fanalahidin'ny fisoronana.

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 90

Hataka (and. 1)—Fangatahana, fanontaniana

Fanambarana (and. 4–5)—Fanambarana avy amin'Andriamanitra tamin'ny alalan'ny Mpaminaniny

Heveriny fa zava-maivana (and. 5)—Mihevitra fa tsy dia manan-danja

Mpanompo sampy (and. 10)—Ireo izay tsy manana fahalalana amin'ny filazantsara nany Andriamanitra marina

mangaihay (and. 17)—Nampanginina, nambaniana

Fanambonian-tena (and.17)—Mieritreritra ny tenany ho ambony na tsaratsara kokoa noho ny hafa

Fandrika (and. 17)—Fandrika miafina

Fidonanaham-poana (and. 18)—Hakamoana

Manefa (and. 23)—Mandoa

Manala baraka (and. 23)—Malaza ratsy

Voasakana (and. 27)—Mandeha mora

Hifandahatra (and. 36)—Mifanakalo hevitra, loabary an-dasy

Hanafay (and. 36)—Hanasazy, fifehezana

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 90:3—Ny Fanalahidin'ny Fanjakana dia Tsy nesorina na oviana na oviana tany amin'ny Mpaminany Joseph

Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 90:3, ny Tompo dia nanondro fa ny Mpaminany Joseph Smith no mihazona ny fanalahidin'ny fanjakana amin'ity fotoampitantanana ity, na aorian'ny fahafatesany aza izany. Ny Filoha George Q. Cannon, izay mpanolotsaina tao amin'ny Fiadidiana Voalohany, dia nilaza fa ny Filoha Brigham Young dia nampianatra fa ny Mpaminany Joseph Smith dia "nitsangana eo amin'ny lohan'ity fotoampitantanana ity, ary i Joseph no mihazona ny fanalahidy, ary na dia efa lasa any ambadiky ny voaly aza i Joseph, dia hitsangana izy [Joseph Smith] ho amin'ny lohan'ity fotoampitantanana ity ary ny tenany [Brigham Young] indray no mihazona izany taoriany." Ny Filoha Cannon dia nanohy hatrany nilaza fa ny Filoha John Taylor dia nampianatra fa "fotopampianarana iray ihany, ary dia tsy handre intsony fotopampianarana hafa ianao avy amin'ireo Apôstôly mahatoky na mpanompon'Andriamanitra, izay mahatakatra ny lamina ao amin'ny Fisoronana Masina" (*Gospel Truth,* 1:255).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 90:6—Ireo Mpanolotsaina ao amin'ny Fiadidiana Voalohany dia "Raisina ho Mitovy"

Ny Fiadidiana Voalohany no kôlejy ambony indrindra ato amin'ny Fiangonana ary miahy ny raharahan'ny Fiangonana rehetra. Ireo Mpanolotsaina ao amin'ny Fiadidiana Voalohany dia afaka manao ny zavatra rehetra ataon'ny Filoha—tahaka ny Filoha izy tenany mihitsy no manantanteraka izany. Na izany aza, izy ireo dia manompo eo ambanin'ny fiahian'ny Filoha ary miasa eo ambanin'ny fitarihany sy ny fanomezan-dalany. Tahaka ny nijoroan'ny Mpaminany Joseph Smith ho vavolombelona hoe: "Ny Roambinifololahy dia tsy afaka manao na inona na inona mihoatra ny Fiadidiana Voalohany, . . . ary izaho [ny Filohan'ny Fiangonana] ihany koa dia torak'izany, tsy misy Fiadidiana Voalohany ambonin'ny Roambinifilolahy" (*Teachings of the Prophet Joseph Smith,* 105–6). Amin'ny teny hafa dia, rehefa maty ny Filohan'ny Fiangonana, dia tsy miahy ny Fiangonana intsony ny Mpanolotsainan'ny Fiadidiana Voalohany.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 90:13—"Ny Fandikan-tenin'ny Mpaminany"

Ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 90:13 dia milaza ny fandikan-teny mitaona fanahin'ny Baiboly dikantenin'ny King James nataon'ny Mpaminany Joseph Smith (ny Dikantenin'i Joseph Smith), izay nahasahirana azy.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 90:28–31—Vienna Jaques

Nanasa an'ny Rahavavy Vienna Jaques ho any amin'ny tanin'i Ziona ny Tompo ary mba handray lova. Nilaza ihany koa Izy fa

tokony homena vola mba hanefany ny lany rehetra tamin'ny fifindrany. Nila vola izy satria nahafoy ny fananany rehetra ho an'ny Fiangonana izy fotoana fohy taorian'ny batisany. Taorian'ity fanambarana ity, dia nandeha tany Jackson County, Missouri ny Rahavavy Jaques, ary dia nahazo tany, fa noho ny fanenjehana dia voatery niala sy nifindra tany Avaratr'i Missouri izy. Izy dia mpikambana marina sy mahatoky izay nanompo tamin'ny fomba maro tsy nilana laza. Teo amin'ny faha-enimpolo taonany izy, dia nitarika ny saretiny izy samirery niampita namakivaky ny lemaka ho any amin'ny lemak'i Salt Lake. Maty tamin'ny faha-96 taonany izy. Tao amin'ny filazana manjo dia voasoratra hoe "Marina tamin'ny fanekempihavanany izy ary nandray ny famerenana tamin'ny laoniny ny Filazantsara ho toy ny rakitsoa tena lafo vidy" ("In Memoriam: Vienna Jaques," *Woman's Exponent,* 1 Martsa 1884, 152).

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny roa amin'ireto asa manaraka ireto (A–D) rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 90 ianao.

A Ny Fanalahidin'ny Fanjakana

1. Araka ny voalazan'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 90:1–6, inona ireo fanalahidy nomena ny Mpaminany Joseph Smith?
2. Iza ihany koa no nandray ity fahefana ity?
3. Omeo ny anaran'ireo lehilahy izay mihazona izany fanalahidy izany ankehitriny.
4. Fintino amin'ny teny iray ny fahamarinana lehibe ampianarina ao amin'ny andininy 5.

B Amin'ny Fiteninao

1. Soraty ny dikan'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 90:4–5 araka ny hevitrao.
2. Manorata momba ny fotoana izay nahatsapanao fa matanjaka ianao tamin'ny fotoan-tsarotra satria tsy nohamaivaninao ny fanambaran'Andriamanitra. Raha toa ka tsy afaka nieritreritra izany fotoana izany ianao, dia mangataha olona iray ao amin'ny fianakaviana, mpitariky ny Fiangonana, na namana izay afaka mizara aminao ny traikefa nananany. Fintino ao anaty kahienao izany.

D Ireo Adidy sy Andraikitra

1. Araka ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 90:13–18, inona ireo adidy sy andraikitra ny Fiadidiana Voalohany?
2. Iza amin'ireo adidy sy andraikitra ireo ihany koa no azo ampiharina amin'ny filohan'ny kilasin'ny Zatovovavy na ny kôlejin'ny Fisoronana Aharôna? Ho an'ireo adidy sy andraikitra izay tsy mifandraika amin'izany, dia hazavao ny antony.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 91

Ny Apôkrifa

Misy Baiboly sasany ahitana boky maromaro izay fantatra amin'ny hoe ny Apôkrifa, teny izay midika hoe "miafina." Amin'ny ankapobeny, dia nantsoina hoe Apôkrifa ireo boky ireo noho izy ireo tsy fantatra marina na tena soratra masina na tsia. Rehefa niasa tamin'ny fandikan-tenin'ny Baiboly ny Mpaminany Joseph Smith, dia te-hahafantatra izy raha toa ka tokony handika sy hampiditra ny Apôkrifa. Ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 91 no valinteny nomen'ny Tompo. Izany dia manome fanazavana izay tena ilaina raha toa ianao ka te-hamaky ny Apôkrifa, ary izany torohevitra izany koa dia mihatra amin'ireo boky tsara hafa izay mahaliana anao.

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 91

Soratra mifangaro (and. 2)—Fanampiny izay tsy tao anatin'ny soratra niandohany

Maneho (and. 4)—Mampahafantatra

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 91—Ny Apôkrifa

Ny Apôkrifa dia fitambaran'ireo asa soratra Hebreo tamin'ny fotoanan'ny Testamenta Taloha. Tsy nampidirina tao anatin'ny soratra masina izy ireo nandritra ny nanoratana izany tamin'ny fiteny Hebreo fa tamin'ny fotoana niainan'ny Mpamonjy teto an-tany kosa dia nampidirina tao anaty soratra masina izany tamin'ny fiteny Grika. Na izany aza, dia betsaka ireo fanontaniana mahakasika ny olona nanoratra azy ireny ary raha toa izy ireny ka asa soratra mitaona fanahy. Ireo boky ao amin'ny Apôkrifa dia manampy antsika hahatakatra ny tantaran'ny vahoaka Jiosy teo anelanelan'ny Testamenta Taloha sy ny Testamenta Vaovao.

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny asa A na B rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 91 ianao.

A Valio ny Namana

Alaivo sary an-tsaina hoe miresaka momba ny fivavahana ianao sy ny namanao ary asehonao azy ny Baibolinao. Nolazain'ny namanao fa misy zavatra banga ao anatin'izany ary nanontany anao izy hoe fa maninona ny Baibolinao no tsy misy ny Apôkrifa. Amin'ny fampiasana ny nianaranao ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 91, dia valio ny fanontanian'ny namanao.

B Manaova Fampitahana

1. Inona no nambaran'ny Tompo ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 91 momba ny fomba ahitana ny fahamarinana mahakasika ny Apôkrifa?
2. Ahoana no ahafahan'izany torohevitra izany ampiasaina ihany koa amin'ireo boky ankoatran'ny boky misy hifandraisany amin'ny soratra masina, tahaka ny boky fianarana?

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 92

Aoka ho Mpikambana Mavitrika

Ny fanambarana sasany ao amin'y Fotopampianarana sy Fanekempihavanana dia toa an'ny tena manokana na ampiharina amin'ny fotoana voatokana eo amin'ny tantaran'ny Fiangonana. Mety mieritreritra isika fa ireo fanambarana ireo dia tsy natao ho antsika ankehitriny, kanefa matetika dia misy ireo fitsipika izay ampianarina ao anatin'izy ireny izay azo ampiasaina amin'ny fomba maro isan-karazany sy amin'ny fotoana maro samihafa. Rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 92 ianao—fanambarana fohy sy miavaka—dia eritrereto ireo fampiharana maoderina.

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 92

Mavitrika (and. 2)—Matanjaka, manolo-tena

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 92:1—Lamina Miray

Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 92, ny teny hoe "lamina miray" dia milaza ireo vondron'olona nantsoin'ny Tompo mba hiasa hiaraka hamahana ny olana aratrosan'ny Fiangonana (jereo F&F 82:11–19). Ireo olona ireo dia nanao fanekempihavanana hiaina ny lalàn'ny fanokanana ary hanao izay rehetra tratran'izy ireo hanangona ny vola ilaina hanafahana ny Fiangonana amin'ny trosa. Izany vondrona izany dia fantatra ihany koa amin'ny anarana hoe "mafy miray" tamin'ny fihaonana sasany tamin'ny fivorian'izy ireo. Na dia tsy nahomby tanteraka aza izy ireo, ny torolalana izay nomen'ny Tompo ity vondrona ity—izay hita ao anatin'ireo fizarana maro ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana—dia manampy antsika hahatakatra bebe kokoa ny lalàn'ny fanokanana sy ny fitahiana izay hazonin'izany ho an'ireo izay mankato. Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 92, ny Tompo dia nandidy an'i Frederick G. Williams, izay vao nantsoina ho mpanolotsainan'ny Mpaminany Joseph Smith (jereo F&F 90:6), ary noraisina ho mpikamban'ity lamina ity.

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny asa A rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 92 ianao.

A Manomeza Ohatra

Ireto lisitra manaraka ireto dia fahafahana isan-karazany manompo ato amin'ny Fiangonana. Isaky ny lisitra iray, dia manomeza ohatra amin'ny ataon'ireo olona izay manana antso mba hahatonga azy ireo ho "mpikambana mavitrika," araka ny torohevitry ny Tompo ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 92:2.

1. Mpampianatra iray ao amin'ny Kilonga ho an'ireo ankizy fito taona
2. Namana iray mpiara-dia tanora izay mpampianatra isan-tokantrano
3. Ny filohan'ny kilasin'ny Toho-tantely
4. Mpikambana iray ao amin'ny tanora mpanao asa soa ao amin'ny paroasy
5. Mpifanolobodirindrina iray eo akaikin'ny mpivady lehibe iray

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 93

Fahazavana sy Fahamarinana

Ny Mpaminany Joseph Smith dia tsy nilaza tamin'ny ambangovangony ny anton'ity fanambarana ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 93 ity. Tamin'izany andro izany, talohan'ny nanoratany ity fanambarana ity, dia nanoratra izy hoe: "Voaraiko izao manaraka izao" (History of the Church, *1:343). Ao amin'ny andininy 19, na izany aza dia manome antsika hevitra momba ny tanjony izany. Avy amin'ity fanambarana ity dia afaka mianatra bebe kokoa isika momba ny fitsaohana sy ireo izay hitsaohantsika.*

*Mety hanontany ianao hoe inona ary no dikan'izany "mitsaoka"? Izany dia midika ho fanomezana voninahitra sy fanajana, fandraisana anjara amin'ny fombafombam-pivavahana, ary fanatanteraka ny fomba izay ahafahantsika ho masina kokoa. Fantatsika fa mikatsaka ny hitsaoka an'ny Ray any an-danitra sy i Jesoa Kristy isika kanefa araka ny nosoratan'ny Loholona James E. Talmage, izay mpikambana tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, hoe: "ny fitsaohana ataon'ny olona iray izay afaka manao izany dia miankina amin'ny fahatakarany sy ny fahamendrehany izay mamaritra ny zavatra hanehoany fanajana. Ny fahaizan'ny olona iray mitsaoka dia mamaritra ny fahatakarany an'Andriamanitra" (*The Articles of Faith, *12th ed. [1961], 395–96). Noho izany, rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 93 ianao, dia jereo ny zavatra ampianariny momba ny Ray any an-danitra sy i Jesoa Kristy ary inona no azonao atao mba ho tonga tahaka azy ireo. Eritrereto lalina ity fizarana ity, satria mirakitra ny fahamarinana ampy ho an'ny ankizy hahatakarana sy hanana hery ampy hiatrehana ireo avara-pahaizana sy masina izany.*

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 93

Mahafoy (and. 1)—Mibebaka, leo ary tsy mamerina izany intsony

Tabernakely (and. 4, 35)—Toerana fipetrahana

Fahasoavana (and. 11–13, 20)—Tanjaka sy hery avy amin'Andriamanitra izay mamela antsika hahazo fiainana mandrakizay sy fisandratana

Fananarana (and. 47)—Manitsy, manasazy

Fo miray (and. 51)—Mifanaraka

Hangaihay (and. 52)—Nambaniana

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 93:6–18—Ny Firaketan'i Jaona

Ny firaketan'i Jaona dia milaza ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 93 izay firaketana notazonin'i Jaona Mpanao Batisa. Tsy mbola nambara ny firaketana fenon'i Jaona Mpanao Batisa, fa mbola ho avy izany amin'ny fotoana ho avy. Izany firaketana izany dia tsy tokony hifangaro amin'ny asa-soratr'i Jaona Mpanambara, ilay Apôstôly hita ao amin'ny Testamenta Vaovao. (Jereo Neal A. Maxwell, *"Not My Will, But Thine"* [1988], p. 44.)

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 93:11–17—"Tsy Nandray ny Fahafenoana Hatramin'ny Voalohany"

Ny Filoha Lorenzo Snow dia nampianatra hoe: "Rehefa natory teo am-pihinanam-bilona i Jesoa, ilay zazakely tsy nisy nanampy, dia mbola tsy nahafantatra izy fa ho zanak'Andriamanitra, ary mazava ho azy fa ilay namorona ny tany. . . . Nihalehibe ho lehilahy izy, ary nandritra ny fitombony dia nambara tamin'ny hoe iza Izy, ary ny tanjona nahatonga azy ho eto amin'izao tontolo izao. Ny voninahitra sy ny hery nananany talohan'ny nahatongavany teto amin'izao tontolo izao dia nampahafantarina Azy" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Apr. 1901, 3).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 93:12–13, 19–20—"Fahasoavana niampy Fahasoavana" ary "Fahasoavana miampy Fahasoavana"

Ny fahasoavana dia milaza ny tanjaka sy hery avy amin'Andriamanitra. Ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 93:12 dia nampianatra fa i Jesoa dia nandray "fahasoavana niampy fahasoavana." Rehefa nihalehibe izy, dia nahazo fanampiana sy fanomezana ara-panahy avy amin'ny Rainy. Ny andininy 13 dia nampianatra fa i Jesoa dia "nanohy ny fahasoavana niampy fahasoavana ambara-pandraisany ny fahafenoana." Niroborobo tamin'ny fanampiana, tanjaka, ary hery noraisiny tamin'ny Rainy Izy—hatreo amin'ny dingana iray nankany amin'ny dingana iray hafa—mandra-pahazoany ny fahafenoana. Rehefa mijanona mahatoky sy mankato amin'ny didy isika, dia handray "fahasoavana miampy fahasoavana" ihany koa isika (and. 20) ary "handray ny fahafenoany amin'ny fotoana mahamety izany" (and. 19).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 93:21–23, 25, 29, 38—"Tany am-piandohana"

Ny mandrakizay dia tsy misy fiandohana na fiafarana, ary isika dia olona mandrakizay. Ny andian-teny hoe "tany am-piandohana," na "hatramin'ny fiandohana," ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 93 dia milaza ny fotoana nanombohan'ny zavatra iray teo amin'ny traikefa ara-nofo teo amin'ny fiandohan'izy ireo. Tamin'izany fiandohana izany ny Raintsika any an-danitra dia nanolotra ny drafitra lehiben'ny fahasambarana, izay hahafahantsika ho tonga tahaka Azy.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 93:40–50—"Hitaiza ny Zanakareo amin'ny Fahazavana sy Fahamarinana"

Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 93:36–39, ny Tompo dia nampianatra izany karazana fahazavana sy fahamarinana izany ary ny fomba mety hahavery, na hampiala izany. Ary ao amin'ny andininy 40, dia nandidy ny

ray aman-dreny izy "hitaiza ny zanakareo amin'ny fahazavana sy ny fahamarinana." Ny Loholona Marion G. Romney, izay mpikambana tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ary taty aoriana dia Mpanolotsaina tao amin'ny Fiadidiana Voalohany, dia nampitandrina fa "ny tsy fahatontosan'ny ray amandreny hampianatra ny zanany dia misy fiantraikany izay tsy amin'ny zanak'izy ireo ihany fa amin'ny sivilizasiona iray manontolo mihitsy.

"Izany tsy fahatanterahana izany dia nandray anjara amin'ny faharatsiana izay nitondra any amin'ny tondra-drano; nandray anjara tamin'ny fahalavoan'i Isiraely taloha izany, ary hatramin'ny fanapotehina ireo olona tao amin'ny Bokin'i Môrmôna" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Apr. 1969, 108–9).

Teo am-piresahana tamin'ireo mpihazona fisoronan'ny Fiangonana, ny Filoha Harold B. Lee dia nilaza fa: "Eo ambavahoan'ny loza ny tanorantsika. Tandrovy mba hatanjaka hatrany ny tokantranonareo, ry rahalahy. Tandrovy izany, tahaka ny efa noezahantsika nolazaina hatramin'izay, ary efa naverimberiko im-betsaka . . . hoe 'ny asa lehiben'ny Tompo ataonareo ry rahalahy amin'ny maha-ray anareo dia mba ho ao anatin'ny rindrin'ny tokantranonareo.' Aza tsinotsinoavina ny vadinareo, ry rahalahy. Aza tsinotsinoavina ny zanakareo. Omeo fotoana ny takarivan'ny mpianakavy. Ataovy izay hampanakaiky anao amin'ireo zanakao. Ampianaro izy ireo, tariho izy ireo, ary arovy izy ireny. Tsy misy fotoana tena ilaintsika betsaka indrindra ny tanjaka sy ny firahalahiana ankoatra ny ao an-tokantrano. Raha manao izany isika, hivelatra ity Fiangonana ity amin'ny dingana lehibe aminkery sy mitaona fanahy manerana an'izao tontolo izao" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Apr. 1973, 130; na *Ensign*, Jolay 1973, 98).

Ny Filoha Gordon B. Hinckley dia nanoro hevitra hoe: "Ry ray aman-dreny, arovy ny fianakavianareo. Ento amin'ny fahazavana sy ny fahamarinana araka ny nandidian'ny Tompo azy ireo zanakareo. Anehoy fitiavana izy ireo, kanefa aza ampihantaina izy ireo. Zarao amin'azy ireo ny fijoroanao ho vavolombelona. Mamakia soratra masina miaraka. Tariho sy arovy izy ireo. Tsy misy fitahiana lehibe sy andraikitra lehibe indrindra mihoatra izay efa napetraky ny Tompo ho karakarainao. Mivavaha miaraka. Tsy misy mahasolo ny vavaky ny mpianakavy rehefa miara-mandohalika eo anoloan'ny Tompo ny rehetra" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Apr. 1999, 117; na *Ensign*, Mey 1999, 89).

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny roa amin'ireto asa manaraka ireto (A–D) rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 93 ianao.

A Inona no Zavatra Nianaranao?

Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 93:19, ny Tompo dia nilaza fa efa nanome antsika "izao fitenenana izao [and. 1–18] mba hahazoanareo *mahatakatra* sy *mahafantatra* ny fomba ivavahanareo sy izay ivavahanareo" (nampiana fanamafisana) ka mba handraisantsika ny fahafenoana avy amin'ny Ray—dia ny fisandratana (jereo F&F 132:6, 19–20). Mety azonao haverina indray ny fifanan-kalozan-kevitra fohy momba ny fivavahana ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 93 ao amin'ity boky torolalana ho an'ny mpianatra ity.

1. Manaova tsanganana roa ao anaty kahienao ary soraty hoe "Ny fomba Fivavaka" sy ny hoe "Iza no Ivavahantsika." Tanisao ao amin'ny tsanganana tokony hisy azy ireo izay nianaranao tao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 93:1—18. Hazavao ny fahamarinana tsirairay izay mampianatra anao momba ny fivavahana sy ny antony hivavahanao.
2. Inona no zavatra miavaka ataonao noho ireo zavatra nianaranao?

B Nahoana no Zava-dehibe izany?

Indraindray ny fahamarinana faran'izay tsotra no tena manandanja sy tena mahery vaika indrindra. Halalino ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 93:20, 26–28, 36–39 ary soraty ny ampianarin'izany momba ny maha-zava-dehibe ny fitandroana ny didy.

D "Nodidiako Ianareo"

1. Fintino ny torolalan'ny Tompo nomena ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 93:40–50 ho an'ireo mpikambana telo ao amin'ny Fiadidiana Voalohany sy ny evekan'i Kirtland, Ohio.
2. Nahoana no manan-danja eo amin'ny Tompo ny manome ireo mpitariky ny Fiangonana torohevitra momba ny fianakavian'izy ireo?
3. Tanisao ireo zavatra telo izay kasainao atao rehefa ray amandreny ianao mba hitaizana am-pirindrana ireo zanakao miaraka amin'ny torolalan'ny Tompo nomena tao amin'ireto andininy ireto (jereo koa ny fizarana «Fahatakarana ny Soratra Masina» ho an'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 93:40–50).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 94

Torolalana ho an'ny Kaomitin'ny Mpanangana ny Tranon'ny Fiangonana

Ankehitriny ny Fiangonana dia manorina trano maro manerana an'izao tontolo izao, tahaka ny trano fivorian'ny paroasy sy tsatòka, tempoly, ary trano fianarana seminera sy institiota.

Na dia teo aza izany dia tsy nanangana trano na dia iray aza ny Olomasina rehefa nomena ny fanambarana ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 94. Ny Tompo dia nandidy ny amin'ny fananganana trano—ny tempolin'i Kirtland, kanefa dia mbola tsy nanomboka nanangana izany ny mpikambana. Amin'ity fanambarana ity, ny Tompo dia nandidy ny Fiangonana hanangana trano roa fanampiny. Rehefa mandalina ity fanambarana ity ianao, dia eritrereto ny zavatra ampianarin'ity didin'ny Tompo mba hanangana trano roa sy tempoly ity amin'ny zava-dehibe ilaina ho fototry ny asan'Andriamanitra.

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 94

Hanombohana (and. 1)—Manomboka

Kianja anatiny (and. 4–5, 11)—Trano fivoriana

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny asa A sy B rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 94 ianao.

A Trano sy Ireo Laharam-pahamehana

Tanisao ireo trano telo voalohany izay nandidian'ny Tompo mba hatsangan'ny Fiangonana mba haorina amin'ity fotoampitantanana ity (jereo F&F 94:1, 3, 10) ary hazavao ny tanjon'izany tsirairay.

B Ampiharo ny Fitsipika

Ny trano Fiangonana rehetra dia notokanana am-bavaka nataon'ireo mpitarika ny fisoronana izay nomen'ireo manana fahefana andraikitra hanao izany. Vakio ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 94:8–9, 12 mba hianarana ny zavatra andrasan'ny Tompo amin'ny trano voatokana. Hazavao ny fampiharana izany amin'ny trano Fiangonantsika ankehitriny.



Fanoroan-dalana tao Kirtland fahiny

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 95

Aoreno ny Tranoko

Nahoana ny olona sasany no miandriandry amin'ny fanaovana ny andraikitra avy any amin'ny Tompo? Efa ho enimbolana izay no lasa hatramin'ny nanomezan'ny Tompo ny didy mahakasika ny fananganana ny tempolin'i Kirtland ary tsy mbola nanomboka ny fanorenana. Ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 95 dia manampy antsika hahatakatra ny fahatsapan'ny Tompo rehefa manemotra ny zavatra hangatahiny isika. Mianatra ihany koa isika momba ny tsy fanatanterahantsika asa amin'ny anjarantsika ary nahoana sy amin'ny fomba ahoana no hanitsian'ny Tompo antsika sy hanampiany antsika mba hibebaka.

Enga anie isika ho tahaka an'ny Mpaminany Joseph Smith sy ireo hafa izay niaraka taminy nandritra ny fandraisana ity fanambarana ity. Ny Filoha Brigham Young dia nilaza hoe: "Raha tsy nisy ny fanambarana, dia tsy afaka nahalala ny zavatra ilaina i Joseph, tsy nihoatra ireo lehilahy hafa, ary raha tsy misy ny didy, dia tena vitsy an'isa ny Fiangonana, sy ho malemy ara-pinoana, ary tena nahantra amin'ny fidiram-bola,

*mba hananganana fikambanana toy izany. Kanefa noho ireo fanambarana rehetra ireo, ilay vondron-dehilahy teo, izay niaina tamin'ny alalan'ny fifohana rivotra, nihinana vovonkatsaka kely sy ronono, izay matetika masira na matsatso fotsiny amin'izao, rehefa tsy misy ronono; dia nanaraka ny Mpaminany lehibe Joseph, teny amin'ny toerana fikapohambato, tamin'ny fitaomana vato tamin'ny tanany mihitsy; ary avy eo nisy vitsivitsy tao amin'ny Fiangonana, nanaraka ny ohatry ny fankatoavany sy ny fahazotoana tamin'izay nilaina izany; miaraka amin'ireo mpiasa eny ambonin'ny totohatra miankina amin'ny rindrina, izay mihazona sabatra eny antanana hiarovana ny tenany amin'ireo mpihetraketraka, no sady mametraka ny vato amin'ny tanany ilany ary mitarika ny kalesy feno vato miaraka amin'ireo hafa, mba hananganana ny tempolin'i Kirtland—ny trano faharoan'ny Tompo, izay mbola tsy nanatontantsika firaketana teto an-tany, dia vita ihany ary efa hotokanana" (*Discourses of Brigham Young, *415).*

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 95

Faizina, manafay (and. 1–2, 10)—Fifehezana, fanasaziana

Anarina (and. 2)—Manitsy

Lehibe (and. 3, 6, 10)—Tsy vazivazy

Hanafiana (and. 8)—Manome fanomezana ara-panahy, mitahy

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 95:4—"Ny Asako Mahatalanjona"

Ny andian-teny hoe "ny asako mahatalanjona" dia avy amin'i Isaia 28:21, izay nilazan'ny Tompo fa hanitsiany ny vahoakany izay tsy mino fa mila fanampiana amin'ny fibebahana. Amin'izao androntsika izao, ny hafatry ny famerenana amin'ny laoniny ny filazantsara dia toriana amin'ireo izay mino fa efa nahazo ny fahamarinana izy ireo. Ny olona izay ao anatin'izany toe-javatra izany dia mety mieritreritra ny ezaka ataontsika ho hafahafa. Fanampin'izany, ny famerenana amin'ny laoniny ny filazantsara sy ny fananganana ny Fiangonana marina eto ambonin'ny tany dia toa zavatra hafahafa ho an'ireo olona mieritreritra fa hadalana ihany ny finoana ny fanambarana, ny fitsidihana avy any an-danitra, ary ny toe-javatra ara-panahy hafa.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 95:14—Nasehon'ny Tompo amin'ny Olona telo ny Rafitra

Ny mpikambana ao amin'ny Fiadidiana Voalohany no ireo olona telo nampisehoan'ny Tompo ny rafitra hananganana ny Tempolin'i Kirtland. Nitatitra toy izao i Truman O. Angell mpanao maritranon'ny tempoly:

"Tonga tao amin'ny tempoly i Frederick G. Williams, iray amin'ireo mpanolotsainan'ny Filoha Smith, ary dia nisy izao resaka izao natao teo anatrehako.

"Hoy Rolph mpandrafitra hoe: 'Dokotera, ahoana no fahitanao ity trano ity?'

"Namaly i [Frederick G. Williams] hoe: 'Tena manara-penitra mihitsy ny rafitra.' Avy eo dia nitantara izao manaraka izao izy: 'Nandray ny tenin'ny Tompo i Joseph mba hitondrany ny mpanolotsainy anankiroa, Williams sy Rigdon, ary dia hanatona eo anoloan'ny Tompo, izay Hampisehoany amin'izy ireo ny rafitra na ny maodelin'ny trano atsangana. Nandohalika izahay, niantso ny Tompo, ary dia niseho taminay tamin'ny fahitana tery lavidavitra ny endriky ny trano: izaho no voalohany nahatsikaritra ny trano. Dia avy eo izahay rehetra samy nahita daholo. Taorian'ny fahitanay tsara ny teny ivelany, dia toa hitanay fa toy ny tamy nanatona anay ny trano; ary ny firafitry ny tao anatiny dia nifanandrify mihitsy amin'ilay efa nokajikajianay [hatramin'ny antsipiriany kely indrindra]" (tao amin'i Marvin E. Smith, "The Builder," *Improvement Era,* Ôkt. 1942, 630).

© 1996 Garth Oborn

Ny Tempolin'i Kirtland

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 95:16–17—Ny Tanjon'ny Tempolin'i Kirtland

Ny tanjona lehiben'ny Tempolin'i Kirtland dia mba ho toerana hamerenan'ny Tompo indray ny fanalahidin'ny fisoronana ilaina hanatanterahana ny asa ao amin'ny tempoly ankehitriny (jereo F&F 110). Nampiasaina ho trano fivoriana sy sekoly ihany koa izany.

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny roa amin'ireto asa manaraka ireto (A–E) rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 95 ianao.

A Nahoana ny Tompo no Manafay Antsika?

Matetika isika no tsy dia tia faizina na fehezina. Indraindray isika manaiky ny fanitsiana, kanefa matetika isika no tohina na tezitra. Araka ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 95:1–2, nahoana ny Tompo no manafay antsika?

B Inona no Mahatezitra an'ny Tompo

1. Tadiavo ny andian-teny hoe "tena fahotana lehibe" ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 95:3, 6, 10. Tanisao ireo fahotana telo nataon'ny mpikamban'ny Fiangonana izay tsy nahafaly ny Tompo.
2. Araka ny andininy 4–8 sy 11–12, inona no voka-dratsin'ireo fahotana ireo?

3. Amin'ny andininy 13–14, inona no nolazain'ny Tompo momba ny fomba hibebahan'ny Olomasina amin'ny fanaovan'izy ireo tsinotsinona ny fananganana ny tempoly.

D Manaova Sary na Diagrama

Jereo tsara ny fitsipika ampianarin'ny Tompo ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 95:12 (jereo koa 2 Nefia 7:10–11). Manaova sary na diagrama izay afaka maneho izany fitsipika izany.

E Asio marika ireo sary

Manaova sary tsotsotra ny Tempolin'i Kirtland ao anaty kahienao araka izao hita eo ambany izao. Amin'ny fampiasanao izay novakianao tao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 95:13–17, dia mariho ny ampahany amin'ny tempoly ary soraty ny tanjon'ny rihana tsirairay na ny efitrano.



Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 96

Fizarana ny Tany tao Kirtland

Mba hahafahana manangana ny tempoly ary hampandrosoana bebe kokoa ny asan'ny Tompo tao Kirtland, Ohio, ny Fiangonana dia nividy tany 41 hektara tamin'ny lehilahy nantsoina hoe i Peter French (jereo ny diagrama ao amin'ny fizarana "Fahatakarana ny Soratra Masina"). Anisan'ny tao anatin'izany tany novidiana izany ny trano izay natao tranom-panjakana sy trano fandraisam-bahiny (izany trano izany dia voalaza ao amin'ny F&F 96:9). Ny mpitarika ny Fiangonana dia tsy nifanaran-kevitra tamin'ny fizarana ny tany ho an'ny tombotsoan'ny rehetra, ary dia nanontany ny Tompo ny Mpaminany Joseph Smith. Rehefa mamaky ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 96 ianao, dia mariho ny zavatra nolazain'ny Tompo fa manan-danja amin'ny asany rehefa manome torolalana momba ny zavatra ara-nofo izy.

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 96

Ilaina (and. 1, 5–6, 8)—Araky ny tokony ho izy, faniriana

Ny lamiko, ny lamina (and. 4, 8)—Ny lamina miray (jereo ny fizarana «Fahatakarana ny Soratra Masina» ho an'ny F&F 92:1, p. 105)

Hanalefaka (and. 5)—Hanetry tena, manalefaka na mampianatra

Mitambaby (and. 9)—Trosa

Sasin-tenin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 96—Toeram-piompian'i French



Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 96:2—Horaisin'i Newel K. Whitney an-tanana ny Fikarakarana ny Tany

I Newel K. Whitney tamin'izany no evekan'i Kirtland, Ohio. Araky ny fanambarana voalaza teo aloha (jereo F&F 42; 51; 72), dia ny eveka no tompon'andraikitra amin'ny raharaha ara-nofon'ny Fiangonana. Noho izany, dia nomena azy ny andraikitra hitantana ny tany hananganana ny tempoly. Izany ihany koa dia fampahatsiahivana manan-danja ho antsika ankehitriny—ny soratra masina, ny fampianaran'ny mpaminany, ary ny Boky torolalan'ny Fiangonana dia matetika mirakitra ireo fomba hamahana ny olana atrehintsika amin'ny fitantanana ny Fiangonana.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 96:6–9—John Johnson

Nonina tao Hiram, Ohio i John Johnson, no nihaona voalohany tamin'ny Mpaminany Joseph Smith ary tonga mpikamban'ny Fiangonana. Nisy fotoana niara-nonina tamin'ny fianakaviana Johnson i Joseph sy ny fianakaviany. Tao amin'ny tokantranon'i Johnson no nandraisana ny fanambarana ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 76. Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 96, ny Tompo dia nanome andraikitra ny rahalahy Johnson hikarakara ny trano fandraisam-bahinin'i Peter French ary hanangana ny trano fanontan-printin'ny Fiangonana ao. Rehefa

rava ny lamina miray, dia naverina tany amin'ny Rahalahy Johnson ny trano fandraisam-bahiny ary fantatra tamin'ny hoe "Trano fandraisam-bahinin'i Johnson."

Trano fandraisam-bahinin'i Johnson

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny asa A na B rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 96.

A Inona sy Nahoana

Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 96:1, ny Tompo dia niteny hoe "ilaina" mba hahafahan'ny tsatòkan'i Kirtland ho matanjaka.

1. Araky ny torohevitry voalazan'ny Tompo ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 96, inona araky ny eritreritrao no mety hampahatanjaka ny tsatòkan'i Kirtland?
2. Isaky ny sosokevitra arosonao, dia mariho ny antony hilazanao fa hampahatanjaka ny tsatòka izany.

B Ny Lanjan'ny Soratra Masina

1. Araky ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 96:5, inona no vokatra entin'ny tenin'ny Tompo any amin'ny olona?
2. Amin'ny alalan'ny fampiasana ny Torolalana ho an'ny Soratra Masina, dia mitadiava vokatra manan-danja roa hafa entin'ny soratra masina amin'ny olona. Soraty ao anaty kahienao ireo vokatra sy ny soratra masina mifandray amin'izany. Mety azonao soratana ao amin'ny soratra masinao ary eo akaikin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 96:5 ihany koa ny soratra masina mifandray.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 97

Ny Tempoly sy i Ziona

Araka ny nianaranao avy tamin'ny fandalinanao ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana, dia isan'ny iray amin'ireo tanjon'ny famerenana amin'ny laoniny ny filazantsara amin'ny andro farany dia ny fananganana an'i Ziona—ny olona madio niomana hihaona amin'ny Andriamaniny ary hitoetra eo Anatrehany. Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 97, ny Tompo dia niresaka bebe kokoa momba an'i Ziona, ary indrindra indrindra ny fomba hanampiana an'i Ziona "hiroborobo ka hanitatra ny tenany ary ho tonga tena be voninahitra" (and. 18). Jereo am-pahaliana ireo fampianaran'ny Tompo ao amin'ity fanambarana ity satria azo ampiharina amintsika ihany koa izany ankehitriny rehefa mikatsaka ny hanorina sy hanangana an'i ziona isika.

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 97

Nianjadian'ny (sasin-teny)—Natao hiaritra

Mivaivay (sasin-teny)—Tena sarotra na mafy

Mitoetra ao amiko (and. 3)—Manohy mankato ahy

Hamaroana (and. 5, 28)—Isa marobe

Ambiny (and. 6)—Tavela, sisa tavela

Hampamoa (and. 9)—Hampamokatra

Trano (and. 10, 12, 15)—Tempoly

Maloto (and. 15, 17)—Tsy madio

Mahatahotra (and. 18)—Mampatahotra ny fahavalo, azo antoka

Famaliana (and. 22, 26)—Fitsarana ireo asa ratsy natao

Atambo (and. 23)—Famaizana

Hampahory (and. 23)—Hanakorontana

Hatsahatra (and. 23)—Hahantona

Mirehitra (and. 24)—Tsy faly, tezitra

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 97:3–6—Ny Sekoly tao Ziona

Niahy ny sekoly tao Missouri i Parley P. Pratt. Nantsoina hoe Sekolin'ny Loholona izany ary nanodidina ny enimpolo teo ny mpianatra izay nianatra teny an-kalamanjana in-dray mandeha isam-bolana. Zavatra maro lehibe sy mahatalanjona no niseho sy nampianarina tao amin'izany sekoly izany.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 97:21—"Ziona—NY MADIO AM-PO"

Nanazava ny Filoha Spencer W. Kimball hoe: "I Ziona dia ny fitambaran'ireo madio am-po—ireo izay nohamasinina sy nodiovina fotsy ny akanjon'izy ireo tamin'ny ran'ny Zanakondry (jereo Almà 13:11). Izy ireo no izay mitafy kapaoty ny fiantrana ary manompo ny hafa amin'ny fo madio" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Sept.–Ôkt. 1978, 114; na *Ensign,* Nôv. 1978, 76).

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny roa amin'ireto asa manafaka ireto (A–E) rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 97 ianao.

A Manolora Famaritana

Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 97:2, ny Tompo dia nilaza fa naneho famindram-po tamin'ireo izay malemy fanahy Izy. Ny famaritana kely ny dikan'ny hoe *fahalemempanahy* dia hita ao amin'ny faran'ny andininy 1. Amin'ny alalan'ny fampiasana ny fanampiana ho an'ny fandalinana ao amin'ny ny

soratra masina natontan'ny Olomasin'ny Andro Farany, dia mitadiava soratra masina fanampiny miresaka momba ny fahalemem-panahy. Avy eo dia soraty ny dikan'ny teny hoe *fahalemem-panahy* ary mitanisà farafahakeliny antony roa izay mahatonga anao te-ho olona malemy fanahy.

B Eken'ny Tompo

Ndeha atao hoe nisy namana iray nilaza taminao hoe: "Fantatro fa marina ny Fiangonana ary te-hanao ny tsara aho. Ahoana no hahalalako fa eken'ny Tompo ny fitondrako ny fiainako?" Valio amin'ny alalan'ny fanazavana ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 97:8—9 ny fanontaniana. Soraty ao anaty kahienao ny zavatra holazainao.

D Manorata Fanontaniana

Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 97:10–19, ny Tompo dia nanazava fitsipika manan-danja maro mifandraika amin'ny fananganana ny tempolin'i Ziona (Missouri). Manorata farahafakeliny fanontaniana efatra momba ny tempoly izay voavalian'ny fitsipika ampianarina ao amin'izany andininy izany. Izany fitsipika izany ihany koa dia ampiharina amin'ny fananganana tempoly amin'izao androntsika izao.

E Ny Anton'ny Fahazoan-dalana Miditra ny Tempoly

Vakio ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 97:15–17 ary valio ireto fanontaniana manaraka ireto:

1. Nahoana no tsy ny olon-drehetra no afaka miditra ny tempoly ary mandray anjara amin'ny ôrdônansy?
2. Nahoana isika no ilaina ho marin-toetra amin'ny fahamendrehantsika hiditra ny tempoly?

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 98

Ny Fiatrehana ny Fanenjehana

Tamin'ny 20 Jolay 1833, dia nisy andian'olona tsy tia ny Môrmôna niditra tao amin'ny birao fanontan-printin'ny Fiangonana, izay sady tranon'i W. W. Phelps ihany koa. Nopotehin'izy ireo ny trano fanaovam-printy sy ireo tahadikan'ny bokin'ny didy izay efa kely sisa dia ho vita tanteraka. Natsipin'izy ireo teny amin'ny lalana ny kojakoja, ary nopotehiny ilay trano. Avy eo izy ireo dia nisambotra ny Eveka Edward Partridge sy ny rahalahy Charles Allen ary nangataka azy ireo handà ny fijoroany ho vavolombelona momba ny Bokin'i Môrmôna ary nanery azy ireo hiala ny tanàna. Nandà izy ireo ary dia nosoran'ireo andian'olona tara sy volomborona.

Telo andro taty aoriana, niverina indray ireo andian'olona ireo ary namotika ny trano sy ny toeram-pandraharahana izay an'ny mpikamban'ny Fiangonana. Vonona hanolotra ny ainy ho an'ireo andian'olona ny sasany tamin'ireo mpitarika ny fiangonana raha toa ireto farany ka mampanantena ny hamela ireo Olomasina ambiny, kanefa dia nolavina izany tolotra izany. Fa naleon'izy ireo nanery ny mpitarika ny Fiangonana hanasonia fanekena hiala an'i Jackson County, Missouri, alohan'ny volana Janoary. Nalefa tany Ohio hampilaza ny mpaminany Joseph Smith momba izany tranga izany i Oliver Cowdery. Talohan'ny nahatongavan'ny Rahalahy Cowdery, dia nahazo ity fanambarana hita ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 98 ity ny Mpaminany ary nandefa izany ho an'ireo Olomasina tao Missouri.

Alaivo sary an-tsaina ny mety ho fahatsapan'ireo mpikamban' ny Fiangonana ireo. Angamba ianao efa niaina zavatra toy izany izay hanampy anao hahatakatra. Amin'ny toe-javatra toy izao dia mety hanontany tena isika hoe: Nahoana ny zavatra ratsy no mitranga matetika rehefa miezaka manao izay angatahin'ny Tompo isika? Inona no tokony ataontsika momba izany? Lesona toa inona no azontsika hianarana amin'ny fotoana toa ireny? Raha toa ka misy olona iray mandratra antsika, moa ve tsara ny mamaly faty? Rehefa mamaky ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 98 ianao, dia tadidio fa ireo teny ireo dia avy amin'ny Tompo Jesoa Kristy. Mampianatra antsika ny zavatra tiany ho ataontsika izany amin'ny fiatrehana ny fanenjehana. Ezaho tsy ho takarina fotsiny ny dikan'ity fanambarana ity ho an'ny Olomasin'i Missouri, fa eritrereto koa ny fomba ampiharanao izany ankehitriny.

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 98

Nampoizina (sasin-teny)—Fahatsapana ara-boajanahary

Famaliana (sasin-teny)—Mamaly ratsy ny ratsy

Tsy azo hovana (and. 3)—Tsy azo ovana

Hamarinina (and. 5)—Azo ekena, azo arovana ho marina

Hifikitra (and. 11)—Mihazona, mifikitra

Andalan-tsoratra (and. 12)—Didy, Fitarihana

Mitoetra (and. 15)—Miaina, mankato

Lavo (and. 16)—Mandà

Maharikoriko (and. 20)—Ratsy, mandratra ny Tompo

Miteny ratsy (and. 23, 25)—Manompa, manao teny diso tafahoatra

Mizaka (and. 24)—Jerena

Hisaina ho toy ny famarana sahaza ho anareo (and. 24)—Zavatra izay mendrika ho anao

Oloko taloha (and. 33)—Olona izay niaina tany aloha be tany

Famaliana (and. 28, 48)—Famaizana ara-drariny

hiady, ady (and. 37, 45)—Manafay ara-drariny

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 98:16—"Lavo ny Ady ary Torio ny Fandriampahalemana "

Ny Fiadidiana Voalohany dia nilaza toy izao, tao amin'ny filazana nomena nandritra ny Ady Lehibe II, taorian'ny nitenenana ny ampahany voalohany ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 98:16:

"Noho izany ny Fiangonana dia sady tsy miady no mankahala ny ady. Ny Fiangonana rahateo dia tsy manangana ady, raha tsy hoe misy didy vaovao omen'ny Tompo mahakasika izany. Tsy mankasitraka ny ady ho fomba rariny entina handaminana ny fifandirana maneran-tany izany; fa izany dia tokony sy ho azo halamina—amin'ny fifaneken'ny firenena—hifampiraharaha sy hifanaraka am-pilaminana.

"Kanefa ny mpikamban'ny Fiangonana dia olom-pirenena na eo ambanin'ny fiandrianany izay tsy azon'ny Fiangonana ho fehezina. Ny Tompo mihitsy no efa niteny tamintsika mba 'hanohana izany lalàna izany, izay lalàm-panorenan' ny firenena': [Novakiana avy tao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 98:4–7.]

"Araka izany filazany izany, ity teny nambara ity dia natao marimarina kokoa ho an'ny tanin'i Amerika, na izany aza dia ampiharina manerana an'izao tontolo izao ny fitsipika nambarany, ary natao manokana ho 'anao' (Joseph Smith) izany, 'ary ianareo ry rahalahiko ao amin'ny Fiangonako.' Noho izany, rehefa mankato ireo fitsipika ao amin'ny lalam-panorenana ireo isika, izay miantso ny lehilahin'ny Fiangonana ho amin'ny fanompoam-pirenena na amin'ny firenena aiza na amin'ny firenena aiza misy azy, ny andraikitra lehibe takiana amin'ny maha-olompirenena azy ireo dia ny manatanteraka izany antso izany (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Apr. 1942, 94).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 98:23—"Mizaka Izany Amim-paharetana"

Ny Eveka Edward Partridge no ohatra amin'ny torolalan'ny nomen'ny Tompo ao amin'ny tapany faran'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 98. Raha niresaka momba ny fotoana tao Jackson County, Missouri, izy izay nanosoran'ny andian'olona azy tara sy volomborona dia nanoratra hoe: "Nozakaiko tamim-paharetana sy tamim-pahalemem-panahy tokoa ny fikasihantanana natao ahy, ka toa lasa nahagaga ny maro izany, ka nahafahako niala mangingina, ary teo ireo izay nijery tamin'ny fony, izay toa nangoraka ahy izy ireo raha araky ny eritreritro. Fa ho ahy manokana, dia feno ny Fanahy sy ny fitiavan'Andriamanitra aho, ary tsy nanana fankahalana ireo mpanenjika ahy aho na tamin'iza na tamin'iza" (in *History of the Church,* 1:391).

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny roa amin'ireto asa manaraka ireto (A–D) rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 98 ianao.

A Tsy Mora

Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 98, ny torohevitry ny Tompo ho an'ireo Olomasina nenjehina tao Missouri dia toa tsy miendrika ho fomba fiatrehana fanenjehana araky ny tokony ho izy na amin'ny fomba tsotra manoloana izany ny toe-javatra nisy tamin'izany.

1. Eritrereto ny toe-javatra nisy tamin'ireo Olomasina tao Missouri izay nenjehina sy nesorina tamin'ny tokantranon'izy ireo. Torohevitra toa inona ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 98:1–3 no eritreretinao fa mety ho sarotra tamin'izy ireo?
2. Manorata momba ny fotoana izay niainanao, na nahitanao traikefan'olon-kafa, izay nijaly mafy, kanefa dia "tsy natahotra," "nahazo fampaherezana," "nifaly tsy nisy ohatr'izany," "nanome fisaorana," na jereo fa aty aoriana dia miasa "miaraka ho an'izay mahatsara anao" izany.

B Manomeza Torohevitra

Alaivo sary an-tsaina hoe misy mpikamban'ny Fiangonana vaovao iray manontany anao mikasika ny hevitry ny Fiangonana amin'ny fifidianana ho avy iray. Amin'ny alalan'ny fampiasana ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 98:4–10 ho torolalana mitarika, dia inona no hevitra ho hazavainao amin'izany olona izany? Manorata farafahakeliny hevitra telo, ary mariho ireo andininy izay manohana ny hevitra tsirairay.

D Didy sy Fampanantenana

1. Manaova tsanganana roa ao anaty kahienao ary mariho hoe "Didy" sy "Fampanantenana" izany. Tanisao ao amin'ny tsanganana tokony hisy azy ny didy tsirairay sy ny fampanantenana hitanao ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 98:11–18.
2. Raha toa ianao ka nonina tany Missouri tamin'izany fotoana nandraisana ity fanambarana ity, dia iza amin'ireo didy sy fampanantenana ireo no tena nisy fiantraikany taminao? Nahoana?

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 99

Antso Hitory ny Filazantsara ho an'i John Murdock

Lasa mpikamban'ny Fiangonana i John Murdock (1792–1871) rehefa nandalo tao Kirtland, Ohio tamin'ny fararanon'ny taona 1830 ireo misiônera voalohany. Tamin'ny 1 Mey 1831, raha nipetraka tany ambanivohitry Orange izy ireo, dia maty ny vadiny, Julia, teo ampiterahana ireo zanany kambana. Ny andro talohan'izany, ny 30 Aprily, telo ambin'ny folo kilaometatra miala amin'i Kirtland,

dia teraka kambana ihany koa i Emma Smith—izay maty daholo. Ny Rahalahy Murdock izay tsy afaka ny hikarakara ity zanany vao kamboty reny ity, dia namela an'ny Mpaminany Joseph Smith sy Emma Smith hanangana ireo kambana keliny—Julia sy Joseph. Maty taty aoriana ilay zazakely nantsoina hoe Joseph vokatry ny aretina sy ny fivoahana amin'ny alina tamin'ny fotoana nanosorana tara sy volomborona ny Mpaminany tao Hiram, Ohio.

Rehefa mamaky ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 99 ianao, dia eritrereto ny momba ny fahafoizan-tenan'ny Rahalahy Murdock. Fahafoizan-tena toy inona no takiana amin'ny misiônera ankehitriny? Inona no itovizan'izany amin'ny nangatahin'ny Tompo tamin'ny Rahalahy Murdock? Inona no mahasamihafa azy ireo?

Nahatontosa ny asa fitoriany ary nanaiky antso marobe i John Murdock nandritra ny androm-piainany. Maty tamim-pahatokiana ny Tompo sy ny Fiangonana izy.

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 99

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 99:4—"Hodiovinao ny Tongotrao"
Jereo ny fizarana «Fahatakarana ny Soratra Masina» ho an'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 24:15 (p. 40).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 99:6—Manome Vatsy ny Zanakao Alohan'ny Andehananao
"Tamin'ny taona 1832 dia nandefa ny zanany telo lehibe tany amin'ny Eveka Partridge tao Missouri niaraka tamin'ny kely nananany mba hamelomana azy ireo i [John Murdock]. I Joseph [Smith] kosa dia nanohy nitaiza an'i Julia, izay maty ny kambana taminy (Joseph) tany Hiram nandritra ny fanenjehana tamin'ny Martsa 1832. Namidin'ny Rahalahy Murdock ny fananany, ary nandefa ny vola sasany azony tany amin'ny Eveka Partridge tany Missouri mba hamelomana ireo zanany ary nanome an'ny Rahalahy Joseph ihany koa izy. Avy eo dia vonona ny hitory ny filazantsara izy" (Andrew Jenson, *Latter-day Saint Biographical Encyclopedia,* 4 vols. [1901–36], 2:363).

Ny Filoha Ezra Taft Benson dia nitantara momba ny rainy, George T. Benson, sy ny vadiny ary ireo ankizy fito, rehefa nandray ny antso hitory ny filazantsara ny rainy:

"Nitangorona nanodidina ilay seza lava izahay tao amin'ny efitrano fandraisam-bahiny, ary dia nilaza anay momba ny antsony hitory ny filazantsara i Dada. Dia niteny i Neny hoe: Mirehareha 'izahay' amin'ny fahafantatra fa mendrika ny handeha hitory ny filazantsara i Dada. Somary nitomany izahay satria ny dikan'izany dia hisy fisarahana mandritra ny roa taona. . . .

"Ary dia nandeha nanao ny asa fitoriany i Dada. Na dia tsy mbola nahatakatra tanteraka ny halalin'ny fanoloran-tenan'ny raiko aza aho tamin'izany fotoana izany, dia ankehitriny aho mahatakatra tsara fa ny fahavononany hanaiky ny antso dia porofo mivaingana amin'ny halehiben'ny finoany" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Ôkt. 1986, 60; na *Ensign,* Nôv. 1986, 46).

Ny Fiangonana ankehitriny dia tsy mangataka ny lehilahy handao ny vady aman-janany ary handeha hitory. Afaka kosa anefa isika mamporisika sy manohana ny ray aman-drenibe rehefa manaiky ny antson'ny misiôna izy ireo ary handao ny fianakaviana amin'ny fanompoana ny Tompo. Amin'ny fanaovana izany, dia afaka mahazo ny fitahiana mitovy amin'ireo izay nankafizin'ny mpikamban'ny Fiangonana tany aloha koa isika.

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny asa A na asa B na asa D rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 99 ianao.

A Manaova Tafa sy Dinika

Manontania misiônera iray na misiônera efa niverina momba izany hoe manambara ny tenin'Andriamanitra amin'ny herin'ny Fanahy Masina izany, araka ny voalaza ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 99:2. soraty ny valiny. Izany dia afaka manome anao tsirin-kevitra amin'ny andininy 2.

B Mampiasà Soratra Masina Hafa Hanazavana izany

Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 99:3, ny Tompo dia niteny fa isika dia tokony handray ny mpanompony ho toy ny "ankizy madinika." Vakio ao amin'ny Mosià 3:19 ary hazavao ny fomba hanazavan'ny soratra masina ny dikan'ny fanaovana izany.

D Ampiharo izany Ankehitriny

1. Ny Tompo dia nangataka tamin'i John Murdock mba handao ny fianakaviany ary handeha hitory ny filazantsara. Inona no fahafoizan-tena ataon'ny misiônera ankehitriny mba hahafahan'izy ireo mitory?
2. Tamin'ny fomba ahoana no nanaovan'ny Rahalahy Murdock izany fahafoizan-tena izany ary amin'ny fomba ahoana no anaovan'ny misiônera ankehitriny izany?

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 100

Torohevitry mikasika ny Asa fitoriana ho an'ny Mpaminany Joseph Smith sy Sidney Rigdon

Indraindray dia sarotra ho an'ny misiônera ny mandao ny tokantrano, fianakaviana, ary namana. Ny Mpaminany Joseph Smith sy Sidney Rigdon dia tsy misy fahasamihafana amin'ireo misiônera hafa. Inona no nolazain'ny Tompo tamin'izy ireo (ary tamintsika) ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 100?

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 100

Mahomby (and. 3)—Mamokatra

Hangaihay (and. 5)—Atao izay hampangina azy, nambaniana

Fahononam-po (and. 7)—Am-pahamendrehana, am-pahamatorana

Famelabelarana (and. 11)—Fanazavana, fampianarana

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 100:3—"Varavarana Mahomby no Hovohana"
Vokatra iray tamin'ny iraka fohy nataon'ny Mpaminany Joseph Smith sy Sidney Rigdon dia ny "nampivoatra tokoa ny asa fitoriana tany noho ny fitsidihan'i Joseph" (*Church History in the Fulness of Times,* 117).

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny asa A sy B rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 100 ianao.

A Manorata Taratasy

Inona no hosoratanao mba hampaherezana namana iray izay any am-pitoriana ny filazantsara izay nanoratra anao momba ny alahelony ny any an-tranony? Inona no fampianarana azonao ampiasaina ao amin'ny taratasinao avy amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 100:1–8, 12–17? Isaky ny fampianarana ampiasainao, dia hazavao fohifohy ny fomba sy ny antony nampiasanao izany.

B Asehoy ny Fahasamihafana

Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 100:9–11, ny Tompo dia namariparitra ny fahasamihafana misy eo amin'ny asa sy andraikitry ny Mpaminany sy ny an'i Sidney Rigdon. Soraty ao anaty kahienao ireo fahasamihafana ireo.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 101

Ny Fiatrehana ny Korontana tao Jackson County, Missouri

Nahazoana lalana avy tamin'ny BYU Museum of Art. Zo rehetra voatokana.

Nanomboka niaina ireo fanenjehana maro ireo Olomasina tao Missouri nandritra ny fahavaratry ny taona 1833. Vokatr'izany dia nanaiky hiala tao Jackson County ireo mpikamban'ny Fiangonana tamin'ny Janoary 1834. Tamin'ny volana Ôktôbra sy Nôvambra 1833 anefa dia nihamafy indray ny fanenjehana. Nangonin'ireo andian'olona sy nokaravasiny ny sasany tamin'ireo Olomasina, nopotehiny ny trano, ny fanaka, ny vokatra sy ny biby fiompy, ary izany dia niteraka ny fialan'ireo Olomasin'ny Andro Farany an-jatony hiala ny fonenany teo am-pahatongavan'ny ririnina. Ny ankamaroan'ireo mpikamban'ny Fiangonana dia niampita ny Reniranon'i Missouri mandrapahatongany tany Clay County ary dia namelatra fialofana vonjimaika teo izy ireo. Ny Mpaminany Joseph Smith dia nanoratra hoe: "Tsy hay lazaina ny zava-nitranga, ary hampitsonika ny fon'ireo olona ety ambonin'ny tany afa-tsy ireo izay mpihetraketraka izay mitampi-maso, mpitompo teny fantatra loatra ary ireo tsy mahalala" (History of the Church, *1:437).*

Nahoana ny Tompo no namela ireo Olomasina hiala ny fonenan'izy ireo? Noho izany antony izany, nahoana ireo mponin'i Missouri no nahery setra tamin'ireo Olomasina? Inona no hiafaran'i Ziona? Enina andro talohan'ny nahazoany ity fanambarana ato amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 101 ity, dia nanoratra toy izao ny Mpaminany: "Ankehitriny, dia misy zavatra roa izay tsy fantatro; ary tsy hasehon'ny Tompo ahy izany, angamba noho ny antony feno fahendrena izay Izy no mahafantatra azy—amim-panajana no hilazako izany—ary izy ireo dia: Nahoana no navelan'Andriamanitra hilatsaka ao Ziona ny loza lehibe, ary inona no fiovana lehibe naterak'izany fijaliana izany; ary inona koa, ireo fomba Hamerenany azy ireo amin'ny lovany, miaraka amin' ny hiran'ny hafaliana mandrakizay eo amin'ny lohany. Ireo

zavatra roa ireo, ry rahalahy, izay notazonina ny ampahany ary tsy naseho feno tamiko; fa misy ireo zavatra izay miseho feno ka mahatonga ny fahatezeran'ny Avo indrindra" (History of the Church, *1:454).*

Rehefa mamaky ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 101 ianao, dia tadiavo ireo fanambarana nomen'ny Tompo ny Mpaminany momba ireo zavatra roa izay tsapany fa tsy fantany ireo: nahoana Andriamanitra no mamela ny mpikamban'ny Fiangonana hiaritra fanenjehana feno habibiana ary ahoana no hanampiany azy ireo hahazo indray ny fitantanana an'i Ziona. Satria isika rehetra efa samy niaina fahadisoam-panantenana sy hakiviana rehefa tsy araka ny eritreritsika na antenaintsika ny zava-mitranga eo amin'ny fiainana, dia ity fanambarana ity no mirakitra torolalana mahasoa ny rehetra. Ho fanampin'izay, ny valintenin'ny Tompo tamin'ny fanontanian'ny Mpaminany Joseph dia mampianatra antsika bebe kokoa ny asany amin'ny andro farany sy ny Fiaviany Fanindroany indray.

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 101

Fifamaliana (and. 6)—Fifandirana, tsy fifankahazoana

Fialonana (and. 6)—Hasarotam-piaro

Nohamavaininy (and. 8)—Noheverina ho tsy dia misy lanja

Fahavinirana (and. 10–11)—Hatezerana ara-drariny

Tabernakely (and. 23)—Toerana fipetrahan'ny Tompo

Mety lo (and.24)—Tsy tanteraka, ara-nofo

mahamay (and. 25)—matanjaka, mahery

Fifandrafiana (and. 26)—Fifanoherana, fankahalana

Isaina (and. 39)—Manana ny lanjany

Hohosena (and. 40)—Voahitsakitsaka, nitsakitsahina

Manetry tena (and. 42)—Manetry tena

Fanavotana (and. 43, 76)—Famerenana amin'ny laoniny, famonjena

Fefy (and. 46, 51, 53–54)—fefy, sakana fiarovana

Mpanjana-bola (and. 49)—Banky, olona mampindram-bola

Tsy nifanaraka (and. 50)—Manana hevitra tsy mitovy, tsy fitovian-kevitra

Sisa tavela (and. 55, 58, 71)—Ny ambiny

Avy hatrany (and. 56, 60)—Izao dia izao, tsy misy hatak'andro

Valio amin'ny fahavaloko ny nataony (and. 58, 83)—Manome fanasaziana marina

Tehirizina ao an-tsompitra (and. 65)—Mametraka ampiarovana ao an-tsompitra

Voan-tsimparifary (and. 65–66)—Ahi-dratsy izay misy eny amin'ny vary

Fitambezoany ho an'ny fanarenana (and. 76)—Mangataka na mitalaho mba hanaovana zavatra tsara

Laläm-panorenana (and. 77)—Fitsipika fototra na fandaminana, ny Lalàmpanorenan'i Etazonia

Navelako(and. 77)—Nomeko

Hoavy (and. 78)—Ny Ho avy

Andevozina (and. 79)—Fanompoana

Fahavinirany (and. 89)—Fahatezerana

Hamely (and. 89)—Korontana, sazy

Mpitantana (and. 90)—Olona izay miandraikitra sy manana andraikitra zavatra iray

Hihatra (and. 98)—Hiseho

Hihazonany ny fitakiany (and. 99)—Mihazona ny fananany

Sasin-tenin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 101—Taiza ireo Olomasina tamin'ny Desambra 1833?



Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 101:21–22—Ireo Tsatòkan'i Ziona

Matetika ny fanjakan'ny Tompo eto an-tany dia oharina amin'ny lay izay tohanan'ireo tsatòka (ohatra, jereo Isaia 54:2; Môrônia 10:31). Ny Fiangonana, tahaka ny trano lay, dia manome fiarovana sy fialofana ary mihazona mafy tsara ny toerana amin'ny alalan'ny tsatòkany (jereo F&F 45:66–67; 82:14)—ireo vondron'ny Olomasina izay niangona mba hifampianatra sy hifanohana. Naparitaka izany ary dia nandrakotra ny tany.



Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 101, ny Tompo dia nilaza ny mpikamban'ny Fiangonana rehetra tsy hiangona ao amin'ny faritanin'i Jackson, Missouri, satria tsy ho ampy ny trano. Ho setrin'izany dia tokony hiangona ao amin'ny tsatòkan'i Ziona ny mpikambana. Ireo tsatòka ireo ihany koa dia "toerana masina" izay handraisan'ny mpikamban'ny Fiangonana ireo fitahiana mitovy amin'izay raisin'ireo izay miaina eo amin'ny ivon-toeran'i Ziona (jereo koa F&F 115:5–6).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 101:30—"Ny Taonan'ny Hazo"

Ny Filoha Joseph Fielding Smith dia nampianatra fa mandritra ny Arivotaona "dia tsy hisy fahafatesana mandrapahatonga ny olona ho antitra. Tsy ho faty ny ankizy fa hiaina mandrapahatongan'ny

taonan'ny hazo. I Isaia dia niteny fa 100 taona izany [jereo Isaia 65:20–22]" (*Doctrines of Salvation,* 1:86–87).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 101:39–40— Manary ny Tsirony ny Fanasin'ny Tany
Ny Loholona Carlos E. Asay, izay mpikambana tao amin'ny Fiadidian'ny Fitopololahy, dia nilaza tamin'ny mpihazona ny fisoronana hoe:

"Mpanao simia malaza eran-tany iray no nilaza tamiko fa ny sira dia tsy ho very tsirony mihitsy mandrakizay. Ny tsirony dia ho very amin'ny alalan'ny fifangaroana sy fandotoana. Mitovy tahaka izany koa, ny herin'ny fisoronana dia tsy ho levona mandrakizay; fa izany koa dia ho very amin'ny alalan'ny fifangaroana sy fandotoana.

"Rehefa ampifangaroan'ny zatovolahy na lehilahy iray amin'ny fijerena na famakiana pôrnôgrafia ny eritreriny, dia hijaly amin'ny fahaverezan'ny tsiro izy.

"Rehefa ampifangaroan'ny mpihazona ny fisoronana iray amin'ny lainga sy fitenenan-dratsy ny fiteniny, dia hijaly amin'ny fahaverezan'ny tsiro izy.

"Rehefa manaraka an'izao tontolo izao ny iray amintsika ary tafalatsaka amin'ny fihetsika mamoafady, ny fampiasana zavamahadomelina, ny paraky, ny alikaola, ary ireo vokatra manimba ny vatana, dia ho very ny tsirony" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Apr. 1980, 60; na *Ensign,* Mey 1980, 42).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 101:81–90—Ny Fanoharana amin'ilay Vehivavy sy ilay Mpitsara tsy Marina
Taorian'ny nahazoana ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 101, dia nitalaho mba ho ampian'ireo mpitsara teo antoerana ireo mpitariky ny Fiangonana. Kinanjo, maro tamin'izy ireo no anisan'ireo andian'olona izay nanala ireo Olomasina tao amin'ny tokantranony tamin'ny voalohany indrindra. Avy eo izy ireo dia nanatona ny Governoran'i Missouri, i Dunklin ary nangataka azy mba hanatanteraka ny zavatra ampahamarinana. Nanoro hevitra izy ny mba hanangonan'izy ireo an-taratasy ny diso izay ninoan'izy ireo fa niseho. Nanao izany izy ireo ary niverina tany amin'ny Governora. Dia nanao izay kely vitany nanampiany azy ireo izy. Dimy taona taty aoriana dia nenjehina hiala tao amin'ny fanjakan'i Missouri ireo Olomasina ary dia nanao antso avo tamin'ny Filohan'ny Etazonia, Martin Van Buren. Ny Mpaminany Joseph Smith mihitsy no nitalaho taminy noho ny tranga nisy teo amin'izy ireo. Nanoratra ny Mpaminany hoe: "Nandritra ny fijanonako tao dia nanao tafa sy dinika tamin'ny Filoha Martin Van Buren aho, izay nandray ahy tamim-piavonavonana tokoa, ary tamim-pisalasalana tanteraka no nihainoany ny hafatray, ary rehefa avy nihaino izany izy dia namaly hoe: *'Tompokolahy, marina ny fitakianareo, fa tsy afaka manao na inona na inona anareo aho;'* ary *'raha toa ka miaro anareo aho dia ho very vato amin'ny olon'i Missouri' "* (*History of the Church,* 4:80).

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny efatra amin'ireto asa manaraka ireto (A–H) rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 101.

A Farano ny Fehezanteny

Amin'ny alalan'ny fampiasana ny zavatra nianaranao tao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 101:1–9, dia farano ireto fehezanteny manaraka ireto:

1. Ny Tompo dia namela ny fanenjehana ny Olomasina tany Missouri satria . . .
2. Na dia teo aza ny hadisoana nataon'ireo Olomasina tao Missouri, ny Tompo dia nanan-kevitra ny . . .
3. Tahaka ny mpaminany Abrahama, ny mpikamban'ny Fiangonana dia tsy maintsy . . .
4. Raha toa ka tsy maharitra fanenjenaha ny mpikamban'ny Fiangonana, dia tsy afaka izy ireo ny . . .
5. Ireo Olomasina tao Missouri dia meloka noho ny . . .
6. Ireo Olomasina tao Missouri dia niadana tamin'ny fihainoana an'Andriamanitra,ary dia . . .
7. Rehefa mora ny fiainana, dia misy ireo mpikamban'ny Fiangonana sasany izay tsy mihaino ny Tompo, kanefa rehefa sarotra ny fiainana . . .
8. Na dia teo aza ny fahalavoan'ireo Olomasin'i Missouri, ny Tompo dia . . .

B Ny Fiaviana Fanindroan'i Jesoa Kristy

Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 101, ny Tompo dia nanamafy fa mbola ho haorina i Ziona, handresy ny ratsy hatrany ny tsara, ary hiverina eto an-tany Izy ary hanomboka ny arivotaonan'ny fahamarinana. Manorata fanontaniana dimy momba ny Fiaviana Fanindroan'i Jesoa Kristy sy ny Arivotaona izay voavaly ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 101:23–35. Aorian'ny fanontaniana tsirairay, dia mariho ny valiny sy ny andininy izay ahitana azy ireo.

D Hazavao ireo Marika

Ny Tompo dia nampitaha ny Olony amin'ny sira ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 101:39–40. Eritrereto ireo fomba maro isan-karazany ampiasaina ny sira ary manorata fomba roa izay itovian'ny mpikamban'ny Fiangonana amin'ny sira (jereo koa ny fizarana «Fahatakarana ny Soratra Masina» ho an'ny F&F 101:39–40).

E Manorata Fanoharana amin'Izao andro Izao

1. Aorian'ny fandalinana ny fanoharana ny andriandahy iray sy ny hazo oliva ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 101:43–62, dia manorata fanoharana amin'izao andro izao izay manana hafatra mitovy. Ampidiro ao anatin'izany fanoharanao izany ny dikany vaovao an'ireto singa manaraka ireto:

Olona	Toerana	Tranga
1.Andriandahy 2. Mpanompo 3. Mpitily 4. Fahavalo	1. Tanimboa-loboka 2. Hazo Oliva 3. Tilikambo 4. Fefy	1. Ireo mpanompo dia nolazaina mba hamboly hazo roambinifolo 2. Ireo mpitily dia nolazaina hiambina amin' ny loza 3. Namboly ny hazo oliva izy ireo 4. Gaga izy ireo amin'ny antony mbola nilan'izy ireo mpiambina amin'ny fotoanan'ny fandriam-pahalemana 5. Nanomboka kamo sy tsy nankato izy ireo 6. Nopotehin'ireo fahavalo ny tanimboaloboka 7. Tezitra tamin'ny mpanompony ilay andriandahy 8. Naverina tamin'ny laoniny ilay tanimboaloboka 9. Nazera ny mandan'ny fahavalo

2. Ampiharo ny fanoharan'ny andriandahy sy ny hazo oliva amin'ny famaliana ireto fanontaniana manaraka ireto:
   a. Ahoana no itovian'ny mpikamban'ny Fiangonana amin'izao andronareo izao amin'ireo mpanompo ao amin'ny fanoharana?
   b. Iza no soloin'ireo mpitily toerana?
   c. Inona no soloin'ny tilikambo toerana?



F Ary Ankehitriny dia Inona?

Ny mpikamban'ny Fiangonana dia tsy nankato mba hahafahan'ny Tompo mitahy azy ireo amin'ny fahavalon'izy ireo, ary dia nijaly tamin'ny fanenjehana izy ireo. Inona no nasaina nataon'izy ireo? Ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 101:63–101 dia manome torohevitra ho an'ny Olomasina izay nitsoaka niala an'i Ziona sy ny tokantranon'izy ireo. Fintino ho toy ny lisitra azo ampitampitaina mba ho fampahatsiahivana ny mpikambana ny torohevitry ny Tompo.

G Ny Lalàmpanorenan'i Etazonia

Manorata filazana telo mifototra amin'ny voalazan'ny Tompo ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 101:77–80 momba ny Lalàmpanorenan'i Etazonia.

H Valio ny Fanontaniana Napetraka tam-boalohany

Ao amin'ny fampidirana ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 101 ao amin'ity boky fandalinan'ny mpianatra ity dia misy teny nolazain'ny Mpaminany Joseph Smith izay manampy antsika hahatakatra ny zavatra ilainy ho fantatra avy amin'ny Tompo talohan'ny nandraisana ny fanambarana. Fintino ny valintenin'ny Tompo mikasika ireo zavatra roa izay noheverin'ny Mpaminany fa tsy fantany.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 102

Ny Filankevitra Avo sy ny Lalàm-pifehezan'ny Fiangonana

Na dia nandray ny fanalahidin'ny fisoronana izay ilaina amin'ny fitantanana ny Fiangonana avy tamin'ny Petera, Jakôba, ary Jaona aza ny Mpaminany Joseph Smith talohan'ny nanorenana ny Fiangonana (jereo F&F 27:12–13), dia nanohy nanambara hatrany ny fomba hanorenana sy hitantanana ny Fiangonana ny Tompo rehefa mitombo ny mpikambana ao aminy. Ohatra, tamin'ny taona 1830 ny fitantanana ny Fiangonana amin'ny ankapobeny dia nahitana ny Loholona Voalohany sy ny Loholona Faharoan'ny Fiangonana (I Joseph Smith sy Oliver Cowdery). Tamin'ny taona 1832 ny Fiadidian'ny Fisoronana Avo dia natsangana (jereo F&F 81), ary izany fiadidiana izany dia lasa Fiadidiana Voalohan'ny Fiangonana tamin'ny taona 1833. Rehefa nomena ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 102 dia nisy teo amin'ny 3.000 teo ny mpikamban'ny Fiangonana—eo ho eo amin'ny haben'ny tsatòka iray ankehitriny. Vokatr'izany, ny Tompo dia nanome fanambarana fanampiny amin'ny fitantanana ny fitombon'ny Fiangonany amin'ny alalan'ny fitarihan'ny Mpaminany Joseph Smith handrafitra ny filankevitra avo voalohany.

Ny filankevitra avo voalohan'ny Fiangonana dia teo ambany fiahian'ny Fiadidiana Voalohany ary nitantana ny raharaha rehetra tao amin'ny fiangonana. Na izany aza, tahaka ny nanorenana ireo tsatòka hafa, ny Tompo dia nanome fanambarana mahakasika ny "Filankevitra Avo Mpiahy" ny Fiangonana (jereo F&F 107:33)—izay tsy iza fa ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo—izay natao hitantana ny raharaha rehetran'ny Fiangonana, ary ny tsatòka tsirairay dia manana "Filankevitra Avo Maharitra" (jereo F&F 107:36) izay mitantana ny raharaha mahakasika ny tsatòka irery ihany.

Ankehitriny, ny tsatòka tsirairain'ny Fiangonana dia tantanin'ny filohan'ny tsatòka iray sy ny mpanolotsainy anankiroa, ary izy ireo dia ampian'ny filankevitra avon'ny tsatòka amin'ny andraikitr'izy ireo—araka ny rafitra nomena tao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 102. Ny filoha Stephen L Richards, izay nanompo tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ary Mpanolotsaina tao amin'ny Fiadidiana Voalohany nandritra ny androm-piainany, dia niteny hoe: "Ny fahaiza-mitantana

misy eo amin'ny Fiangonantsika dia avy amin'ny fitantanana amin'ny alalan'ny filankevitra" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Ôkt. 1953, 86).

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 102

Fitanana an-tsoratra (sasinteny)—Firaiketana ireo zavatra niseho nandritra ny fivoriana

Maharitra (and. 3)—Maharitra

Fahabangana (and. 8)—Toerana tsy misy mpihazona

Nolaniana, lany (and. 8, 19)—Nekena, notohanana

Fivoriana, mivory (and. 8, 13)—Miangona amin'ny fivoriana ara-dalàna

Manao antsapaka amin'ny isa (and. 12)—Nomena andraikitra tamin'ny alalan'ny antsapaka

Hahafantarana (and. 12, 34)—Hahitana

Voalohany (and. 12)—Manomboka

Tsy misy fitongilanana (and. 20)—Ara-dalàna

Afaka maneho (and. 20)—Ampahafantarina

Hovaina (and. 21)—Ovaina

Ampy (and. 23)—Ampy

Fomba voalaza etsy ambony (and. 24)—Izay voasoratra teo aloha

Mandefa (and. 26)—Mandefa, mifandray

Akarina, mampiakatra (and. 27, 31, 33)—Mangataka fijerena izany indray

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 102:2, 12–33—"Fandalinana ireo Fahasahiranana Lehibe"
Ho fanampiny eo amin'ny fanampiana entina mitantana ny fandaharan'asan'ny Fiangonana, ny filankevitra avo dia manampy ny fiadidian'ny tsatòka amin'ny resaka fifampifehezan'ny Fiangonana—manaraka ny rafitra hita ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 102. Nisy torolalana fanampiny izay nomena ao amin'ny *Boky Torolalan'ny Fiangonana*. Ny lalàmpifehezan'ny Fiangonana dia tanterahina rehefa misy mpikambana mandika amin-kitsimpo ny fitsipiky ny filazantsara, toy ny fanaovana firaisana ara-nofo alohan'ny fanambadiana, ny fijangajangana, ny toetra mahasarika ny lahy samy lahy na ny vavy samy vavy, ny fanalan-jaza, heloka be vava, ny apôstazia, na fanaovana fihetsika mampiseho fanararaotana amin'ny vady na ny zanaka. Ny sasany amin'ireo filankevitra fifampifehezan'ny Fiangonana dia atao eo anivon'ny paroasy sy sampana, fa ireo tranga lehibe kosa dia atao any amin'ny tsatòka na distrika. Izany filankevitry ny Fiangonana izany dia hikatsahana ny fomba hitondrana ireo mpanota ho amin'ny fibebahana amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy sy mba hihazonana ny lazan'ny Fiangonana sy ho fiarovana ny mpikambana ao aminy ihany koa.

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny asa A sy B rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 102 ianao.

A Fomba Fiasa Fiandry

Ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 102:9–11 dia hiresahana mikasika ny Filohan'ny Fiangonana. Azo entina hiresahana ny Filohan'ny tsatòka ihany koa izany. Araka ireo andininy ireo, inona no hitranga raha toa ka tsy afaka ny hanatrika na handray anjara amin'ny filankevitra ny filoha?

B Inona no Hitranga?

Araky ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 102:13–29, dia fintino ny zava-mitranga mandritry ny filankevitry ny fitsipipifehezan'ny tsatòka.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 103

Ho Voavonjy ve i Ziona?

Niaina fanenjehana mafy tokoa ireo Olomasina tao amin'ny Faritanin'i Jackson, Missouri, tamin'ny taona 1833. Tamin'ny taona 1834 dia nalefan'ny mpikamban'ny Fiangonana tao Missouri ho any Kirtland, Ohio i Parley P. Pratt sy Lyman Wight, mba hikatsaka fitarihana avy amin'ny Mpaminany Joseph Smith momba ny toe-javatra misy amin'izy ireo. Ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 103 dia nomena taorian'ny nahatongavany sy nanaovan'ireo lehilahy roa ireo tatitra tamin'ny Mpaminany.

Na dia efa nazavain'ny Tompo tao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 101 aza ny antony sasany namelana ny fahavalon'ny Olomasina handroaka azy ireo hiala an'i Ziona, dia mbola nanana fanontaniana hatrany ireo mpikambana sy mpitarika ny Fiangonana. Isan'izany, ny fanirian'ny sasany tamin'izy ireo hahafantatra raha toa izy ireo ka nahatanteraka ny fampanantenan'ny Tompo ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 101:55–60, izay nisy fotoana sasany handeha sy hanavotra an'i Ziona "ny tanjaky ny trano[ny]." Ny ampahany farany amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 103 dia valin'ity fanontaniana ity, ary dia nanome lalana ny Mpaminany ny Tompo handrafitra ny tobin'i Ziona—vondrona iray izay nahitana lehilahy 207, miaraka amin'ny vehivavy 11 ary ankizy 11, izay nandeha teo ambany fitarihan'ny Mpaminany Joseph Smith ary vonona ny hiady ary hanolotra ny ain'izy ireo ho an'i Ziona.

Rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 103 ianao, dia jereo tsara izay nolazain'ny Tompo amin'ny ampahany voalohan'ny fanambarana ary dia ho mazava fa tsy amin'ny alalan'ny tanjaky ny tafika no hanavotana an'i Ziona.

Very tamin'ny alalan'ny fandikan-dalàna i Ziona, ary tsy maintsy avotana amin'ny alalan'ny fahamarinana. Na dia manome torohevitra ho an'ireo Olomasina fahiny amin'ireo fotoany sy ny zava-nitranga taminy aza ity fanambarana ity, ny fitsipika fonosin'izany kosa dia manana ny lanjany amintsika. Tsy maintsy mamerina amin'ny laoniny an'i Ziona isika ary miomana amin'ny maha-vahoaka, eo ambany fiahian'ny mpaminanintsika ankehitriny, hanatontosa ny zavatra rehetra mifandraika amin'i Ziona.

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 103

Hanatontosana (and. 1)—Fanatanterahana, fanatontosana

Niaretako izy ireo (and. 3)—Mamela azy ireo hanao izany

Fitsipika (and. 4)—Fitsipika ho amin'ny asa

Navoaka ny didi-pitondrana (and. 5–6, 11)—Mamoaka ara-dalàna ny fitsipika

Handresy (and. 6–8)—Mahazo fandresena

Mitandrina (and. 7–8)—Mankato

Hitsahatra ny Handresy (and. 7)—Mijanona amin'ny fahazoana fandresena

Ambanin'ny tongotro (and. 7)—Manjanaka, mahatohitra

fahoriana (and. 12–13)—Fitsapana, korontana

Sandry mihinjitra (and. 17)—Teny maneho ny fiasan'Andriamanitra—mampiasa ny heriny (maneho ny tanany) izay miasa amin'ny alalan'ny olony

Mamaly, famaliana (and. 25–26)—Manatanteraka fanasaziana ara-dalàna

Andiany (and. 30)—Vondrona

Angamba (and. 32–33, 35)—Mety

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 103:15–16—Ny Tompo dia Hanangana Lehilahy iray Tahaka an'i Mosesy Hanavotra an'i Ziona
Ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana dia mampianatra antsika fa ny Filohan'ny Fiangonana no lehilahy tahaka an'i Mosesy (jereo F&F 28:2; 107:91).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 103:20—Ny Tenan'ny Tompo dia Handeha eo Anoloana sy Hiaraka amin'ireo izay Manavotra an'i Ziona
Zava-dehibe ny manatintratitra fa ny tenan'ny Tompo dia miaraka amin'ireo izay mendrika izany ihany (jereo F&F 100:13). Vokatr'izany, ity fanambarana ity dia ho tanteraka amin'ireo izay miomana ara-panahy amin'izany fahafahana lehibe izany.

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny telo amin'ireto asa manaraka ireto (A–E) rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 103 ianao.

A Inona no Nitranga? Inona no Hitranga?

Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 103:1–14, ny Tompo dia niresaka momba ny fahotan'ireo fahavalon'ny Olomasina ary ny fahotan'ireo Olomasina ihany koa. Valio araky ny voasoratra amin'ireo andininy ireo ireto fanontaniana manaraka ireto:

1. Inona no nataon'ireo fahavalon'ny Olomasina? Nahoana no navelan'ny Tompo hitranga izany?
2. Inona no hitranga amin'ireo fahavalon'ny Olomasina?
3. Inona no nampanantenain'ny Tompo ny Olomasina raha toa izy ireo ka mitandrina ny didy?
4. Inona no nanmpitandreman'ny Tompo fa hiseho raha toa ka tsy mitandrina ny didy izy ireo?

B Mampisy Fifandraisana

Ny fanovozan-kevitra ery ambanin'ny pejy ao amin'ny soratra masinao dia manome ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 35:24 ho soratra masina mifandray ho an'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 103:7 ary ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 58:4 ho soratra masina mifandray amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 103:12. Vakio ireo soratra masina mifandray ireo ary hazavao ny dikany amin'ity andininy ato amin'ity Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 103 ity.

D Ampitahao

Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 103:15–21, ny Tompo dia mampitaha ny Filohan'ny Fiangonana amin'i Mosesy (jereo koa F&F 28:2; 107:91). Tanisao ireo fomba hitarihan'ny Filohan'ny Fiangonana ny vahoakan'Andriamanitra "tahaka ny nataon'i Mosesy."

E Manaova Peta-drindrina Itadiavana Mpiasa

Taorian'ny nandraisana ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 103, dia nanomboka nanangona olona ho an'ny Tobin'i Ziona ireo mpitariky ny Fiangonana. Jereo tsara ny zavatra lazaina momba ny tobin'i Ziona ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 103:22–36 sy ny teny fampidirana ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 103 amin'ity boky torolalana ho an'ny mpianatra ity ary alaivo sary an-tsaina hoe voaray ho isan'ny kaomity mpandray olona ho an'ny Tobin'i Ziona tao Kirtland, Ohio, ianao. Manaova sary ao anaty kahienao ho toy ny peta-drindrina izay misarika ny olona mba ho isan'ny tafika manokana.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 104

"Araka ny Fombako"

Tamin'ny taona 1832, roa taona talohan'ny nahazoana ny fanambarana tao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 104, ny Tompo dia nandrafitra ny mpitarika ny Fiangonana tao Ohio sy Missouri mba ho ao amin'ny "lamina miray" (jereo F&F 82:11–12). Ny lamina miray dia tsy mitovy amin'ny lalàn'ny fanokanana. Fomba iray entina mampihatra ny lalàn'ny fanokanana izany.

Nampananosarotra ny fanohizana ny lamina miray araka ny nandrafetana izany tany am-piandohana ny fahasarotana ara-toe-karena tao Kirtland, Ohio, sy ny fanenjehana tao Missouri. Rehefa nikatsaka ny tokony ho atao ireo mpitarika ny Fiangonana, dia nanome ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 104 ny Tompo. Ao amin'ity fanambarana ity, dia naveriny indray ireo fitsipika sasantsasany manan-danja momba ny lalàn'ny fanokanana ary naveriny narafitra indray ny lamina miray mba hamahana ny fanambin'ny Fiangonana izay natrehina tamin'izany fotoana izany—anisan'izany ny fanasarahana ny mpitarika tany Missouri sy Ohio ho lamina na rafitra roa misaraka. Ny mpitarika ny Fiangonana izay nandray anjara tamin'ny lamina miray voalohany dia nianatra zavatra maro avy tamin'ny traikefan'izy ireo ary niomana ny hampihatra ny lalàn'ny fanokanana amin'ny fomba vaovao.

Ny Fiangonana dia tsy nandrafitra ny lamina miray toy ny tamin'ny andro taloha amin'izao fotoana izao. Ankehitriny isika dia mahatratra ireo filana ara-bolan'ny Fiangonana amin'ny alalan'ny fahafolonkarena sy ny fanomezana hafa, anisan'izany ny fanomezan'ny fifadian-kanina. Manampy ny hafa isika amin'ny alalan'ny ezaka fifanampiana sy ireo vola omen'ireo mpikambana. Ny fitsipika nampianarina tao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 103 dia mihatra amin'izao androntsika izao rehefa mandoa ny fahafolonkarena sy ny fanomezana "araka ny fomban'ny [Tompo] isika" (F&F 104:16).

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 104

Tsy miova (and. 2)—Tsy miova

Akaiky (and. 3, 59)—Atomotra, anilany

Fimatimatesan-karena (and. 4, 52)—Fitiavan-tena, hatendan-kanina

Teny mamitaka (and. 4, 52)—Tsy fahatsorana, diso

Fampijaliana (and. 9–10)—Fampahoriana, fanenjehana

Mpitantana (and. 13, 56–57, 74, 77, 86)—Olona manana andraikitra amin'ny zavatra iray

Fitantanan-draharaha, mitantan-draharaha (and. 11–12, 20, 22, 24, 30, 32, 37, 40–41, 44, 54, , 72–73, 75)—Ny andraikitr'ireo mpitantana

Tompon'andraikitra (and. 13)—Tompon'andraikitra amin'ireo famaliana ny zava-mitranga

Namelatra (and. 14)—Namorona

habetsahana (and. 18)—Habe, feno

Fandoman-koditra (and. 20)—Toerana hanodinana ireo hodi-biby mba ho azo ampiasaina amin'ny zavatra vita amin'ny hoditra

Ho isan'ny (and. 45)—Anisan'ny

Toeram-pivarotana (and. 39–41)—Mpivarotra enta-madinika

Tahirim-bola (and. 60–62, 64–69, 71)—Toerana fametraham-bola na zava-tsarobidy

Afa-tsy (and. 63)—Ankoatran'ny

Saran'ny (and. 64–65)—Vola miditra, tombom-barotra

Famatarana (and. 75)—Famantarana

Hotononin'ny (and. 81)—Hampitain'ny, lazaina

Antoka (and. 85)—Zavatra ato-lotra mba ho fiarovana amin'ny fandoavana ny vola nindramina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 104:13–18, 55–56—Ny Zava-drehetra dia an'ny Tompo

Ny Loholona Spencer W. Kimball, izay mpikambana tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, dia nilaza izao tantara manaraka izao mba hanehoana ny fanadinoantsika indraindray fa ny zava-drehetra ananantsika dia avy amin'ny Tompo sy an'ny Tompo:

"Indray andro ny namako dia nangataka ahy ho any amin'ny toeram-piopiany. Nosokafany ny varavaran'ny fiarany vaovao, nipetraka teo amin'ny familiana izy, ary dia niteny hoe, 'Ahoana no fijerinao ny fiarako vaovao?' Nandeha mankany ambanivohitra tao anatin'ny fiara misy climatiseur izay tena nampahazo aina sy mihaja tokoa izahay ary tonga teo amin'ny fonenana tsara voatra iray, ary niteny tamiko tamim-pieboeboana izy hoe: 'Ity no tranoko.' . . .

". . . sady mitehi-kiho izy no dedaka tamiko nanao hoe: 'Manomboka amin'iretsy tangoron-kazo iretsy, hatrany amin'ny farihy, sy itsy havoana itsy, ary ny trano fiompiana sy ireo hafa eo anelanelany koa—dia ahy daholo. Ary ny biby fiompy sy ireo omby ery an-tsaha—dia mbola ahy daholo.' . . .

"Taona maro lasa izany. Taty aoriana dia hitako ilay namako maty mitsotra tao amin'ireo fanaka tsara endrika fatratra tao amin'ny lapan'ny tokantranony. . . . Nandray fitenenana tamin'ny fandevenana azy aho, ary dia nanaraka ny filaharana teny an-dalana aho [fomba atao mandritra ny fandevenana] niala teo amin'ilay sombin-tany izay nolazainy fa azy hatrany am-pasany, faritra mahitsizoro kely iray izay antonona lehilahy lava ny halavany, ary ny sakany dia antonona ny habean'ny lehilahy goavana iray.

"Vao tsy ela akory hitako indray izany toerana izany, mavomavo noho ireo voa maniry teo, maintsomaintso noho ireo bozaka teo, ary fotsifotsy noho ireo landihazo naniry teo, izay tsy niraharaha azy akory, izy izay nilaza azy fa tompony" (*Faith Precedes the Miracle* [1972], 281–84).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 104:78–83—"Aloavy ny Trosanareo Rehetra"

Ny Filoha Heber J. Grant dia nilaza hoe: "Raha misy zavatra iray izay mitondra fiadanana sy hafaliana ao am-pon'ny olona, sy ao amin'ny fianakaviana, dia ny miaina amin'izay misy eo ampelantanana, ary raha misy zavatra iray izay mankaleo, mahakivy sy tena mahavaky fo, dia ny arahin-trosa sy hianjeran'ny adidy izay tsy azo ho efaina" (lahateny nandritra ny fivoriamben'ny Fikambanana Ifanampiana [6 Aprily 1932], tao amin'ny *Relief Society Magazine,* Mey 1932, 302).

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny telo amin'ireto asa manaraka ireto (A–E) rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 104 ianao.

A Safidio ireo Teny Manan-danja

Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 104:1–10, ny Tompo dia nanome fampitandremana hentitra ho an'ireo izay mandika ny fanekempihavanany. Misafidiana teny dimy avy amin'ireo andininy ireo izay eritreretinao fa manan-danja amin'ny fampianaran'ny Tompo. Soraty ao anaty kahienao ny teny tsirairay ary hazavao ny antony nieritreretanao ny maha zava-dehibe izany.

B Ny Fomban'ny Tompo, Ampahany 1

Olona maro no nijaly amin'ny tsy fahampian-tsakafo, trano fialofana, ary fikarakarana ara-pahasalamana—ary amin'ny zavatra hafa. Ary maro ny hevitra momba ny fomba hamahana ireo olana ireo. Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 104:11–18, ny Tompo dia nilaza fa manana fomba izy izay hamahana ireo olana ireo.

1. Vakio tsara ireo andininy ireo ary, tanisao ao anaty kahienao ireto:
   a. *Ireo fahamarinana* izay nolazain'ny Tompo fa manan-danja ny mahatakatra azy ho amin'ny fikarakarana ireo izay mila fanampiana.
   b. *Ireo toetra izay*, raha toa ka ataon'ny maro amintsika, dia hampisy fahasamihafana manan-danja amin'ny olana misy amin'izao fotoana izao.
   c. *Ireo asa atao* izay hamaha ny olana.
2. Mitanisà farafahakeliny fomba telo hanomezan'ny Fiangonana antsika fahafahana hanatanteraka ny torolalan'ny Tompo ao amin'ireo andininy ireo.

D Fenoy ny Tabilao

Na dia naverin'ny Tompo narafitra indray aza ny lamina miray araky ny endriny tany am-piandohana, dia tsy novainy ny fitsipika mandrakizain'ny fanokanana sy ny fitantanan-draharaha. Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 104:19–46, ny Tompo dia nanome torolalana manokana momba ny fitantanan-draharaha ho an'ireo rahalahy sasantsasany. Manaova tabilao mitovitovy amin'ity manaraka ity ao anaty kahienao, ary fenoy avy amin'izay zavatra novakianao tao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 104 izany.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 104	Olona	Torolalana	Fampanantenana
and. 20–23			
and. 24–26			
and. 27			
and. 28–33			
and. 34–38			
and. 39–42			
and. 43–46			

E Ny Fomban'ny Tompo, Ampahany 2

Rehefa tafalatsaka ao anaty trosa ny olona iray, dia matetika izy ireo no mitady fomba mora, haingana, na mahagaga mba hamahana izany fatorana izany. Mety hahatsapa hakiviana koa izy ireo, noho ny fahatsapana fa ny fandoavan-trosa goavana dia sarotra ary mitaky taona maro. Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 104:78–83, ny Tompo dia nanolotra ny fombany hahafahana miala amin'ny trosa—izay tsy voatery ho fomba mora na haingana, kanefa dia ho fomba mahomby. Hazavao ao anaty kahienao ny torohevitry ny Tompo momba ny fialana amin'ny trosa ary ahoana no hampiharantsika izany ankehitriny.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 105

Ny Tobin'i Ziona

Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 103:22–35, ny Tompo dia nanome baiko ny hananganana ny Tobin'i Ziona, vondrona iray izay nandeha nankany Missouri ary nanampy ireo Olomasina izay voaroaka niala ny tranon'izy ireo (jereo ny fampidirana ny F&F 103 ao amin'ity boky fandalinana ho an'ny mpianatra ity p. 117). Nampanantena ny mpitarika ny Fiangonana i Dunklin, Governoran'i Missouri, fa ny miaramila mpiambina ny fanjakana dia hanampy ny Olomasina hiverina any an-tokantranon'izy ireo, hamerina ny fananan'izy ireo ary ny raharahan'izy ireo. Nanoro hevitra ny Olomasina ihany koa izy fa mety ilain'izy ireo ny miaramila mpiambina izay azy ireo manokana mba hanampy hiaro ny zon'izy ireo aorian'ny fiverenan'izy ireo any amin'ny Faritanin'i Jackson. Ny Tobin'i Ziona dia natao ho toy izany miaramila mpiambina izany.

Noho ny fanerena avy any amin'ireo fahavalon'ny Olomasina anefa, dia niova hevitra ny governora amin'ny fampiasana ny miaramila mpiambina ny fanjakana izay hanampiana ireo Olomasina. Tamin'ny fotoana nanapahany izany hevitra izany anefa dia efa an-dalana nihazo an'i Missouri ny Tobin'i Ziona. Taorian'ny nahatongavana tao Missouri, i Parley P. Pratt, izay mpikambana tao amin'ny Tobin'i Ziona, sady lasa iray amin'ireo Apôstôly voalohany tamin'ity fotoampitantanana ity, taty aoriana, dia nitantara hoe: "Nanao dinidinika tamin'ny Governora izahay, izay nanaiky teo anatrehan'ny lalàna ny fangatahanay, kanefa dia nilaza taminay am-pahibemaso fa tsy sahy mampihatra izany lalàna izany izy amin'izany anton-javatra izany, mba tsy hahatonga ny fanjakana iray manontolo ho ao anatin'ny ady an-trano sy ny ra mandriaka. Nanoro hevitra anay izy mba handà ny zonay, mba hisian'ny fandriampahalemana, ary hivarotra ny taninay izay nandroahana anay" (Autobiography of Parley P. Pratt [1985], 94).

Ireo izay tao amin'ny Tobin'i Ziona dia niaritra hanoanana, hetaheta, toetr'andro ratsy, aretina, ary ny tsy fahampian'ny trano fialofana nandritra ny diabe nataon'izy ireo izay nahatratra teo amin'ny 1609 kilaometatra teo ho eo. Sarotra tamin'izy ireo ny nieritreritra ny hamela fotsiny izany taorian'ny ezaka lehibe sy fahasarotana nodiavin'izy ireo. Nikatsaka ny torohevitry ny Tompo ny Mpaminany Joseph Smith, izay tonga tamin'ny alalan'ny fanambarana tao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 105. Ao amin'izany fanambarana izany, ny Tompo dia nanome fanampim-panazavana momba ny tsy hanavotana an'i Ziona amin'izany fotoana izany sy ny zavatra tsy maintsy hitranga alohan'ny hanavotana an'i Ziona. Ao amin'izany ihany koa ny Tompo dia nilaza ny mpikambana tao amin'ny Tobin'i Ziona fa ekeny ny fahafoizan-tenan'izy ireo ary hitahy azy ireo Izy amin'ny fahavononan'izy ireo hanatanteraka. Herintaona taty aoriana, rehefa narafitra ny Kôlejin'ny Apostôly Roambinifolo sy ny Kôlejy Voalohan'ny Fitopololahy, dia ireo lehilahy izay nanao diabe tao amin'ny Tobin'i Ziona ny ankamaroan'izy ireo, izay nampiseho ny fahatokian'izy ireo, ary nandany ny ankamaroan'ny fotoana nandehanana'izy ireo nianatra sy nijery avy amin'ny Mpaminany Joseph Smith.

Hilatsaka an-tsitrapo ve ianao handeha halavirana 1.609 kilaometatra? Indraindray dia avy amin'ny filatsahana an-tsitrapo hanampy amin'ny fanatanterahana andraikitra sarotra no hianarantsika betsaka indrindra. Ny Tompo dia mila lehilahy miavaka mba hitarika ny Fiangonana. Ny Tobin'i Ziona dia nanome fahafahana ho an'ireo izay tena mahatoky mba ho tsapaina sy hosedraina amin'ny fanatanterahan'izy ireo an-tsitrapo ny asa. Inona ireo traikefa sasany izay manomana ireo izay ho mpitarika ankehitriny?

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 105

Vatsy (sasin-teny)—Sakafo

Voatafy, fanafiana (and. 11–12, 18, 33)—Omena fanomezana ara-panahy

Hnadringana (and. 15)—Hamotika, handrava

Hanevateva (and. 15)—Maniratsira ireo zavatra masina

Fiarahana (and. 24)—Fifanarahana amin'ny

Ampiharo, mampihatra (and. 25, 34)—Manatanteraka

Onero (and. 25)—Manitsy

Voatery (and. 32)— Tsy fidiny,noterena

Faneva (and. 39)—Saina, faneva

Sasin-tenin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 105 —Famintinana fohifohy ny Tantaran'ny Tobin'i Ziona

Taorian'ny torolalan'ny Tompo amin'ny fampidirana lehilahy ho ao amin'ny Tobin'i Ziona (jereo F&F 103), dia tsy nandany fotoana ela ireo mpitarika ny Fiangonana nanaovana ny fanomanana. Maro tamin'ireo tao Kirtland, Ohio, no nilatsaka an-tsitrapo tamim-paharisihana tamin'ny antso izay toa miendrika mampidi-doza tokoa—satria ireo andian'olona nanao herisetra tamin'ny Olomasina tao Missouri dia nandrahona fa mbola hamerenany izany indray. I Heber C. Kimball, izay nantsoina ho iray amin'ireo Apôstôly voalohany tamin'ity fotoam-pitantanana ity, dia naneho ny fahatsapan'ny maro tamin'izany fotoana izany: "Natombokay tamin'ny faha-5 Mey (1834) izany, ary tena marina fa maraim-baovao ho ahy izany. Nandao ny vady aman-janako sy ireo namako aho, ary tsy nahafantatra akory raha mbola hahita azy ireo indray aho eto amin'ity tany ity, raha nampitahorin'ireo fahavalo tamin'izany toerana izany sy tany Missouri ny tenako sy ireo rahalahy, fa hopotehin'izy ireo izahay ary hoesoriny hiala amin'ny tany" (tao amin'ny Orson F. Whitney, *Life of Heber C. Kimball* [1945], 40). Ireo izay nijanona tao dia nanaiky ny hanampy ny fianakavian'ireo lehilahy nilatsaka an-tsitrapo.

Ity "miaramilan'i Isiraely" ity (F&F 105:26) dia nanomboka ny dian'izy ireo tamin'ny fanombohan'ny volana Mey. Avy eo izy ireo dia nampian'ireo izay nantsoina avy any Ohio, Michigan, sy Illinois. Nanao ny fanaon'ny miaramila izy ireo, nifoha tamin'ny 4 ora maraina ary nandeha halavirana enina ambin'ny dimapolo kilaometatra isan'andro. Nanao ny fanazaran-tenan'ny miaramila koa izy ireo, fa tsy mba tahaka ny ankamaroan'ireo tafika hafa, fa naka fotoana ihany koa izy ireo nivavahana, nihirana, ary nandalinana ny filazantsara.

Ny nampalahelo dia nisy tamin'ireo lehilahy nimonomonona vokatry ny fitsapana mafy sy ny fanapahan-kevitry ny mpitarika. Nisy fotoana izay niharatsy tokoa ny fifandirana, hany ka nampitandrina azy ireo ny Mpaminany Joseph Smith fa alohan'ny hialan'izy ireo ny toby ny ampitson'iny dia hahita famantarana amin'ny fahatezeran'ny Tompo izy ireo. Ny ampitson'iny dia saika narary na nalemy ny soavaly rehetra tao amin'ny toby. Niteny tamin'izy ireo ny mpaminany fa raha toa izy ireo ka manetry ny tenany, mibebaka, ary miray hina ho vondrona iray, dia hahazo fahasitranana avy hatrany ireo biby ireo. Hatramin'ny atoandro, dia sitrana avokoa ireo biby, ankoatra ny an'ilay lehilahy iray izay mbola nanao am-po sy niezaka nanaratsy ny hafa.

Ny ankabeazan'ireo lehilahy tao amin'ny Tobin'i Ziona, dia nahatsapa fa nahasoa tokoa ny fiaretana ny fitsapana izay nolalovan'izy ireo noho ny fiarahany akaiky tamin'ny mpaminanin'Andriamanitra dia. Taona maro taty aoriana, ny Loholona Wilford Woodruff, izay mpikambana tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, dia nijoro ho vavolombelona hoe: "Nahazo traikefa izahay izay tsy azonay amin'ny fomba hafa mihitsy. Nanana fahafahana izahay ny nanatri-tava tamin'ny mpaminany, ary nanana fahafahana izahay nanao ny dia lavitr'ezaka 1.609 kilaomeatra niaraka taminy, ary nahita ny fiasan'ny Fanahin'Andriamanitra niaraka taminy, ary ny fanambaran'i Jesoa Kristy tao aminy sy ny fahatontosan'ireo fanambarana ireo" (tao amin'ny *Journal of Discourses*, 13:158).

Reniranon'i Fishing



Raha niresaka mikasika ny traikefany tao amin'ny Tobin'i Ziona, ny Filoha Brigham Young dia nilaza hoe: "Rehefa niverina tany Kirtland aho taorian'izany iraka izany, dia niteny tamiko ny rahalahy iray, 'Ry Rahalahy Brigham, inona no zavatra azonao tamin'izay dia izay?' Dia namaly aho hoe: 'Ny antony izay vao nandehanantsika tany, saingy tsy atakaloko ny fahalalana azoko tamin'ity vanimpotoana ity ny faritanin'i Geauga iray manontolo [ny faritany izay nonenany]; fa ny fananana sy ny harena hananako dia tsy azo ampitahaina amin'ny lanjan'ny fahalalana" (tao amin'ny *Journal of Discourses*, 2:10).

Rehefa tonga tao Missouri ny Tobin'i Ziona, dia efa niomana ny hifanandrina amin'izy ireo ny fahavalony. Raha nanomana ny toby tao amin'ny Reniranon'i Fishing izy ireo (izay nandraisana ny fanambarana ao amin'ny F&F 105), dia nisy vondron'olona avy tao Missouri nanatona ny tobin'izy ireo. Noraiketin'ny Mpaminany Joseph Smith hoe: "Lehilahy dimy mirongo basy no nanatona ny tobinay, ary dia nilaza taminay fa 'hahita ny helo izahay alohan'ny maraina;' ary ny fianianana nataon'izy ireo dia mifandringotra amin'ny asa ratsin'ny demony rehetra. Nolazainy fa misy enimpolo lahy avy any Richmond, faritanin'i Ray, ary fitopolo fanampiny avy any amin'ny faritanin'i Clay, izay hanampy ireo andian'olona avy ao amin'ny faritanin'i Jackson, izay nianiana ny hamotika tanteraka anay" (*History of the Church*, 2:102–3). Nampahery ireo mpikambana tao amin'ny Tobin'i Ziona ny Mpaminany, na izany aza, ary nampanantena fa ny Tompo dia hiaro azy ireo. Fotoana fohy taty aoriana, dia nisy oram-baratra goavana nanomboka nirotsaka. Ary ny ankamaroan'ny olona tao amin'ny Tobin'i Ziona dia nahita fialofana tao amin'ny fiangonana Batista tranainy iray teo akaiky teo, ilay oram-baratra kosa dia nanimba ny drafitr'ireo andian'olona, izay nilavo lefona tamin'ny ezak'izy ireo ny hanafika ny "tafika Môrmôna."

Nisy ireo izay diso fanantenana tamin'ny fanambaran'ny Tompo tao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 105 ny mba tsy hiadian'izy ireo, ary dia nimonomonona tamin'ny Mpaminany sy tamin'ny Tompo izy ireo. Vokatr'izany dia namely ny toby ny aretina kolera. Olona efatra ambin'ny folo no maty, anisan'izany ireo izay nijanona ho mahatoky. Indraindray ireo olo-marina dia mijaly ihany koa rehefa misy olon-dratsy miaraka amin'izy ireo. Ny Mpaminany Joseph Smith dia nampanantena fa raha toa ka manetry tena ireo mpikomy ary mibebaka, dia hiala ny valan'aretina. Tanteraka ny teniny.

Mety ho tsy nahatontosa izay noeritreretin'ny sasany amin'ireo mpikambana tao hiseho ny Tobin'i Ziona, fa araka ny voalazan'ny Tompo ao ami'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 105:19, dia nampiasaina izany mba ho "fizahan-toetra ny finoany." Ny sasany dia tsy naharitra tamin'ny fitsapana ka niala ny Fiangonana, raha toa nihanatanjaka noho ny zavatra niainan'izy ireo kosa ireo mahatoky. Sivy tamin'ireo Apôstôly voalohany tao amin'ity fotoampitantanana ity dia avy ao amin'ny mpikamban' ny Tobin'i Ziona, niaraka tamin'ireo Filoha fito voalohan'ny Fitopololahy ary telo ambin'ny enimpolo hafa mpikambana tao amin'ny Kôlejy voalohan'ny Fitopololahy. Hita fa toa nampiasain'ny Tompo ity traikefa ity mba hanehoana hoe iza ireo izay mahatoky sy ireo izay atokisany (jereo koa F&F 105:35).

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny roa amin'ireto asa manaraka ireto (A–E) rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 105 ianao.

A Manaova Lisitra

1. Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 105:1–6, ny Tompo dia namerina hatrany fa "ny fandikandalàn' ny vahoakako, ny momba ny fiangonana no teneniko fa tsy ny olona tsirairay," izany no nahatonga azy ireo tsy hahita ny fananganana an'i Ziona tamin'izany fotoana izany. Halalino ireto andininy ireto ary tanisao ireo zavatra nolazain'ny Tompo fa tsy nataon'ny olona. Hazavao araka ny hevitrao ny ataontsika ao amin'ny Fiangonana ankehitriny mba hanorenana feno ny foto-kevitr'i Ziona.
2. Ao amin'ny andininy 9–12 sy 31, ny Tompo dia nanazava bebe kokoa momba izay azon'ny mpikamban'ny Fiangonana atao mba hahafahana manangana an'i Ziona. Ankoatra ny fahadisoana izay nataon'izy ireo, dia zavatra izay mbola tsy nataon'izy ireo izany. Hazavao ireo zavatra tsy maintsy ataon'ny Fiangonana.

3. Avy amin'ny zavatra nianaranao tamin'ireo andininy ireo, dia hazavao ny zavatra azonao hatao na tsapanao izay tokony ho atao mba hanampy amin'ny fananganana ny foto-kevitr'i Ziona.

B Manomeza Ohatra

Manomeza ohatra tamin'ny fahombiazan'ny fitsipika nampianarina tao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 105:6 teo amin'ny fiainanao na teo amin'ny fiainan'ny olon-kafa.

D Inona no Zavatra Holazainao Azy Ireo?

Alaivo sary an-tsaina hoe nanana fahafahana ianao niresaka tamin'ny mpikambana telo tao amin'ny Tobin'ny Ziona. (Mety ho averinao jerena ny tantara fohifohy hita ao amin'ny fizarana "Fahatakarana ny Soratra Masina.") Voalohany, eritrereto ny zavatra mety nolazain'ny tsirairay avy tamin'izy ireo taorian'ny nilazan'ny Mpaminany Joseph Smith azy ireo izay nolazain'ny Tompo tao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 105:17–19. Soraty avy eo izay holazainao amin'izy ireo tsirairay avy.

Tobin'i Ziona

1. Raim-pianakaviana iray vao erotrerony izay sorena satria nahatsapa izy fa nofitahin'ny mpitarika azy ary dia nandeha antongotra 1609 kilaometatra tamin'ny tsy antony akory.
2. Mpikambana tranainy iray izay nahita ny traikefa sarotra kanefa dia vonona mandrakariva ny hanao izay rehetra ampanaovina azy ary mahatsapa fankasitrahana amin'izany traikefa izany.
3. Mpikambana tokan-tena iray—vao niova fo—izay nahatsapa fahakiviana noho ny fomba fisainan'ireo mpikambana sasany tao an-toby nandritra ny dia ary nanontany tena raha toa ka afaka ny hijanona ato amin'ity fiangonana vaovao ity.

E Inona no Azo Atao sy ny Tsy Azo Atao

1. Manaova lisitra roa avy amin'izay novakianao tao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 105:23–40. Ao amin'ny voalohany, tanisao izay nolazain'ny Tompo tamin'ireo Olomasina "teo amin'ny faritra manodidina" (Missouri) amin'izay ho ataon'izy ireo. Ary ao amin'ny faharoa, tanisao izay nolazainy fa tsy azon'izy ireo hatao.
2. Mifidiana teny avy amin'ny lisitra ary hazavao ny antony mbola hampiharana izany amin'ny Fiangonana ankehitriny.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 106

"Toy ny Mpangalatra amin'ny Alina"

Nandritra ny fanangonana lehilahy sy vola ho an'ny Tobin'i Ziona tamin'ny fiandohan'ny taona 1834, ny Mpaminany Joseph Smith dia nitsidika sampana maro isan-karazany tao amin'ny Fiangonana. Nandritra izany fotoana izany dia nijanona tao Freedom, New York, niaraka tamin'i Warren, zoky lahimatoan'i Oliver Cowdery, izay lasa mpikamban'ny Fiangonana tamin'ny taona 1831 izy. Taty aoriana, teny anelanelan'ny volana izay nofaritan'ny Mpaminany ho volana faran'izay tena tototra indrindra (jereo History of the Church, *2:170), dia nahazo ny fanambarana tao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 106 izy, izay natao ho an'i Warren Cowdery.*

Rehefa mamaky ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 106 ianao, dia eritrereto ny momba ireo antso izay efa voarainao ary ny fomba nitenenan'ny Tompo tamin'i Warren momba ny antsony izay mety azo ampiharina amin'ny antsonao ihany koa.

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 106

Manodidina (and. 2)—Mifanila, akaiky

Sikino ny valahanareo (and. 5)—Miomana ianareo

Tehim-piandrianana (and. 6)—Zavatra na vy maneho ny hery hahafahana manapaka

Fieboeboana (and. 7)—Faniriana ireo zavatra izay tsy manana ny lanjany mandrakizay

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny roa amin'ireto asa manaraka ireto (A–D) rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 106 ianao.

A Antso mba Hanompo

1. Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 106, inona no niantsoan'ny Tompo an'i Warren Cowdery mba ho ataony?
2. Avy amin'izany zavatra nolazain'ny Tompo izany, nahoana no manan-danja ny antso?
3. Tanisao ireo voalaza tao amin'ny fanambarana izay hitan'ny Rahalahy Cowdery fa mankahery sy mandrisika tokoa. Misafidiana roa amin'ireo ao anatin'ny lisitrao ary hazavao araka ny hevitrao ny fanampiana nentin'izany taminy.

B Ampiharo amin'ny Tenanao Izany

Manehoa fomba roa ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 106 izay mihatra aminao sy ny antso izay azonao ao amin'ny Fiangonana.

D Mariho ny Fahasamihafana

Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 106:4–5, ny Tompo dia niresaka mikasika ireo vondron'olona anankiroa samihafa sy ny amin'ny Fiaviany Fanindroany indray. Iza ireo vondron'olona ireo? Inona no mahasamihafa azy ireo, raha ampitahaina momba ny Fiaviana Fanindroany?

Inona no fantatrao momba ny fisoronana? Ohatra: Inona no hery sy ny fahefan'ny Fisoronana Aharôna, raha oharina amin'ny Fisoronana Melkizedeka? Inona avy ireo anjara fanompoana ao amin'ny fisoronana, ary ahoana no fandaminana azy ireo? Nahoana no tena ilaina ny fisoronana?

Afaka mahita valiny amin'ny fanontaniana maro momba ny fisoronana ianao ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 107. Ity fanambarana ity dia nomena ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo fotoana fohy taorian'ny niantsoana azy ireo tamin'ny taona 1835. (Ny anaran'ireo Apôstôly voalohany amin'ity fotoampitantanana ity dia hita ao amin'ny "Tenivavolombelon'Ireo Apôstôly Roa Ambin' ny Folo ny amin'ny Fahamarinan'ny Boky Fotopampianarana sy Fanekempihavanana," ao amin'ny pejy alohan'ny fiandohan'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana.) Ireo lehilahy ireo dia nandeha tany amin'ny Mpaminany Joseph Smith nikatsaka ny hatakatra bebe kokoa momba ny antson'izy ireo amin'ny fitantanana ny fisoronan'ny Fiangonana sy ny asan'ny Tompo eto an-tany. Ity fanambarana ity, dia mitovitovy amin'ny boky torolalan'ny fisoronana amin'ity fotoampitantanana ity.

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 107

Lamina (and. 3, 9–10, 29, 40–41, 71, 73, 76)—Ny fandaminana ny fahefan'ny fisoronan'Andriamanitra

Tovana (and. 5, 14)—Fanampiny, miaraka aminy

Mitantana (and. 8, 12, 20)—Mitarika sy mitantana

Mitarika (and. 9–12, 17, 33)—Manao, miasa

Toerany (and. 11)—Toerana

Natolotra (and. 13)—Nomena

Fanalahidy (and. 15–16, 18, 20, 35, 70, 76)—Ny zo hiahy sy hitarika

Miombona (and. 19)—Fifandraisana, miresaka amin'ny

Fiombonana (and. 19)—Fifandraisana akaiky

Mpanalalana (and. 19)—Olona iray izay miezaka ny mitondra fiarahana am-piadanana olona roa na vondrona izay nisy fahasamihafana

Manokana (and. 25)—Mijoro eo amin'ny hafa amin'ny fomba miavaka

Firaisan'ny feo (and. 27)—Miray hina, mifanaiky tanteraka

Hanana hery (and. 27)—Fahefana

Fahononam-po (and. 30)—Fifehezan-tena

Miavosa (and. 31)—Hita amin'ny velarana goavana, feno

Filankevitra avo mpandehandeha (and. 38)—Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

Mpanompo ara-pilazantsara (and. 39)—Patriarka

Sisa (and. 53)—Sisa tavela

Nanomezana (and. 53, 92)—Nanome fanomezana, nekena

Arikanjely (and. 54)—Anjely manana ny toerana ambony indrindra

Afaka (and. 81, 84)—Manana fialan-tsiny, tsy isaina ho isan'ny tompon'andraikitra

Amim-pahendrena (and. 84)—Fahamatorana, fahamendrehana

Hifampahery (and. 85)—Mifanohana, Manatanjaka

Midonanaham-poana (and. 100)—Kamo

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 107:1, 6—Fisoronan'i Levy

Tamin'ny fotoanan'i Mosesy, ny Fisoronana Melkizedeka dia nesorina tamin'i Isiraelita ary ny fisoronana ambany ihany (na ny Aharôna) no fisoronana nisy teo anivon'izy ireo (jereo F&F 84:23–26). Izany fisoronana izany dia natolotra tamin'ireo lehilahin'ny fokon'i Levy irery ihany—ary dia fantatra ihany koa izany amin'ny hoe Fisoronan'i Levy. Araka ny voalazan'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 107:1, ny zo sy ny fahefan'ny Fisoronan'i Levy dia ampahany ao amin'ny Fisoronana Aharôna.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 107:2—Mpisorona Tena Lehibe i Melkizedeka

Raha hamaky ny momba an'i Melkizedeka, dia jereo DJS, Genesisy 14:25–40 (Fantina avy amin'ny Baiboly "Dikantenin'i Joseph Smith"); Almà 13:14–19; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:6–14; ary ny Torolalana ho an'ny Soratra Masina, "Melkizedeka," p. 179.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 107:5—Ny Fisoronana dia Lehibe Mihoatra ny Anjara Fanompoana ao Aminy

Ny Loholona Bruce R. McConkie, izay mpikambana tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, dia nampianatra hoe:

"*Ny Fisoronana dia lehibe mihoatra ny anjara fanompoana ao aminy. Tsy mitondra hery, fahamendrehana, na fahefana fanampiny ho an'ny fisoronana ny anjara fanompoana. Ny anjara fanompoana dia manovo ny zony, tombotsoany, ny fahasoavany, ary ny heriny avy amin'ny fisoronana.* Ity fitsipika ity dia azo atao kisary iray amin'ny fizarazarana ny faribolana ho ampahany kelikely. Ny fisoronana dia toy ny faribolana; ny ampahany ao anaty faribolana dia ny antso na ny anjara fanompoana ao amin'ny fisoronana. Izay rehetra manompo amin'ny ampahan'ny faribolana dia manana ny hery rehetran'ny faribolana. Tsy misy olona mihazona ny anjara fanompoana ao amin'ny fisoronana raha tsy mihazona aloha ny fisoronana.

"Noho izany, izany fisoronana izany no *omena* ny lehilahy mendrika iray, ary avy eo dia *tendrena* ao amin'ny anjara fanompoan'ny fisoronana izy ireo. Ary izany no mahatonga ny anjara fanompoana rehetra ao amin'ny fisoronana sy ao amin'ny Fiangonana ho natao manokana ho *fanampiny* ao amin'ny fisoronana; izany hoe, mivoatra amin'ny alalan'ny fisoronana izy ireo, manampy izany izy ireo, ary ambany noho ny fisoronana izy ireo raha amin'ny lanjany. . . .

"Ho fanampin'izany, tsy misy *fandrosoana* ny anjara fanompoana iray mankany amin'ny iray hafa ao amin'ny Fisoronana Melkizedeka. Ny loholona rehetra dia mihazona ny fisoronana tahaka ny Apôstôly na tahaka ny Filohan'ny Fiangonana, na dia ity farany aza no mihazona andraikitra fitantanana lehibe indrindra ao amin'ny fanjakana" (*Mormon Doctrine,* 595–96).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 107:15–17, 68–73—"Taranak'i Aharôna Ara-bakiteny"

Ny Filoha Joseph Fielding Smith dia nampianatra hoe: "Misy ireo olona ao amin'ny Fiangonana izay nandray fitahiana avy tany amin'ny Patriarika ary voalaza fa taranak'i Levy, kanefa izy ireo dia tsy nanao fangatahana mihitsy ny ho ao amin'ny anjara fanompoan'ny eveka, satria ny fanambarana izay mitantana ity toejavatra ity dia nilaza fa taranak'i Aharôna ara-bakiteny, fa tsy an'i Levy. Mazava ho azy fa maro kokoa ny lehilahy taranak'i Levy fa tsy ny an'i Aharôna" (*Doctrines of Salvation,* 3:92).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 107:23–38—"Mitovy eo amin'ny Fahefana" ny Kôlejy

Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 107:24, ny Tompo dia nampianatra fa amin'ny fotoana hahafatesan'ny Filohan'ny Fiangonana dia "manana fahefana sy hery mitovy" amin'ny ananan'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo sy ny Fiadidiana Voalohany. Izany no izy satria izy ireo dia mpaminany, mpahita, ary mpanambara izay mihazona ny fanalahidin'ny fanjakan'Andriamanitra eto an-tany. Araka ny ampianarina ao amin'ny andininy 33, na izany aza, ny Apôstôly Roambinifolo dia miasa "eo ambanin'ny fiahian'ny" Fiadidiana Voalohany.

Ny Fitopololahy "dia manana fahefana mitovy amin'ny ananan' ny Roambinifololahy" (F&F 107:26). Mariho fa ny soratra masina dia tsy mampianatra fa mitovy *hery* amin'ny Apôstôly Roambinifolo izy ireo, satria ny Fitopololahy dia tsy mihazona ny fanalahidin'ny fanjakan'Andriamanitra ety an-tany. Izy ireo koa anefa dia Manampahefana Ambonin'ny Fiangonana tahaka ny Roambinifolahy sy ny Fiadidiana Voalohany. Noho izany rehefa miasa eo "ambany fitarihan'ny Roambinifololahy" izy ireo (and. 34), dia mitovy ny fahefan'izy ireo ao amin'ny Fiangonana (izay no mahatonga ilay filazana hoe "Manampahefana Ambony"). Amin'izany fahafahana izany no azon'izy ireo hanampiana amin'ny "fanorenana ny fiangonana sy fitantanana ny raharahany rehetra" ao amin'ny Fiangonana manerana an'izao tontolo izao (and. 34).

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny dimy amin'ireto asa manaraka ireto (A–I) rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 107 ianao.

A Mahazoa Fahatakarana Fanampiny

1. Araka ny voalaza ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 107:1–4, nahoana no nantsoina hoe Fisoronana Melkizedeka ny Fisoronana ambony?
2. Vakio ny soratra masina mifandray amin'ny Melkizedeka ao amin'ny fizarana «Fahatakarana ny Soratra Masina» ho an'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 107:2. Soraty ao amin'ny kahienao, izay nianaranao momba an'i Melkizedeka izay maneho fa voninahitra ny mihazona ny fisoronana izay mitondra ny anarany.

B Manorata Kilalaon-tsaina

Amin'ny fampiasanao ireo izay nianaranao tao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 107:1–20, manorata kilalaon-tsaina misy fanontaniana valo izay hitsapana ny fahalalana mikasika ny Fisoronana Aharôna sy ny Fisoronana Melkizedeka. Aorian'ny fanontaniana tsirairay, dia soraty ny valiny sy ny andininy izay ahitana izany.

D Manaova Tabilao

Alamino ireo zavatra nianaranao momba ny anjara fanompoana ao amin'ny fisoronana sy ny kôlejy avy ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 107. Manaova tabilao tahaka izao manaraka izao ao anaty kahienao ary manorata izay nianaranao avy amin'ireto andininy manaraka ireto:

Filohan'ny Fiangonana (jereo F&F 107:8–9, 65–67, 82, 91–92)	Fiadidiana Voalohany (jereo and. 21–22, 27, 33, 78–79)
Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo (jereo and. 23–24, 27–28, 30–31, 33, 35, 38–39, 58)	Fitopololahy (jereo and. 25–28, 30–31, 34, 38, 93–98)
Mpisorona Avo (jereo and. 10, 12, 17)	Loholona (jereo and. 10–12, 60, 89–90)
Eveka (jereo and. 13–17, 68–76, 87–88)	Mpisorona (jereo and. 10, 61, 87–88)
Mpampianatra (jereo and. 10, 62–63, 86)	Diakona (jereo and. 10, 62–63, 85)

E Hazavao ny maha-Zava-dehibe izany

Araka ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 107:27, ahoana no fomba fandraisana fanapahan-kevitra eo amin'ny fitantanana ny kôlejin'ny Fiangonana? Fa nahoana araka ny hevitrao no manan-danja ho antsika ny mahatakatra izany fitsipika izany?

F Raha Teo Ianao

Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 107:41–57, ny Tompo dia nilaza momba an'i Adama sy ny fianakaviany. Valio ireto fanontaniana manaraka ireto:

1. Inona no andraikitr'i Adama tamin'ny naha-Patriarika azy?

2. Ahoana no hifandraisan'izany amin'ny Patriarika ankehitriny?

G Manomeza Ohatra

Ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 107:85 dia manome andraikitra ny filohan'ny kôlejin'ny diakona. Manomeza ohatra amin'ireo andraikitra efatra isaky ny sokajiny voalaza ao amin'io andininy io—dia ny miahy, miara-mivory amin'ny filan-kevitra, mampianatra, ary mankahery—amin'izay tokony ho ataon'ny filohan'ny kôlejin'ny diakona mba hanatontosana izany andraikitra izany.

H Ny Traikefanao

Ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 107:91–92 dia maneho ny andraikitry ny Filohan'ny Fiangonana. Manorata momba ny traikefa azonao rehefa nahafantatra ny fahamarinan'ny iray amin'ireo hevitra voalaza ao amin'ireo andininy ireo ianao.

Ny Andraikitry ny "Olona Tsirairay"

Fintino ao anaty kahienao ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 107:99—100 amin'ny fanantitraterana izay nolazain'ny Tompo momba ny andraikitry ny olona tsirairay sy ny Fampitandremany nataony.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 108

"Ampaherezo ny Rahalahinao"

Ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 107:99–100 dia manoro hevitra ireo mpihazona ny fisoronana hianatra amim-pavitrihana ny andraikitr'izy ireo. I Lyman Sherman no ohatra amin'ny fanatanterahana izany torohevitra izany. Mpikambana tao amin'ny Tobin'i Ziona izy, iray amin'ireo lehilahy fito tamin'ity fotoam-pitantanana ity izay nantsoina ho iray amin'ireo Filohan'ny Fitopololahy, kanefa tsy natokana mihitsy (nohon'ny fahafatesany tampoka) ho isan'ny mpikambana ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo. Nandeha nankany amin'ny Mpaminany Joseph Smith ny Rahalahy Sherman ary nikatsaka ny hianatra ny andraikiny tamin'ny fananany faniriana hanompo ny Tompo. Ny fanambarana ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 108 no valiny nomen'ny Tompo.

Rehefa mamaky ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 108 ianao, dia eritrereto ny torohevitry ny Tompo tamin'ny Rahalahy Sherman izay mihatra amin'ny olondrehetra mikatsaka ny fanompoana ny Tompo ihany koa. Tianao ve raha lazaina aminao ireo nolazaina tamin'ny Rahalahy Sherman?

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 108

Etoana (and. 1)—Eto amin'ity toerana ity

Voady (and. 3)—Fanekempihavanana sy fampanantenana

Zo (and. 4, 6)—Fahefana sy fahafahana

Fanentanana (and. 7)—Fampianarana, Torolalana

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny asa A na B rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 108 ianao.

A Hazavao

Soraty ao anaty kahienao ireto andian-teny manaraka ireto ary hazavao ny dikan'ny tsirairay avy amin'izany sy ny fomba hampiharanao izany eo amin'ny fiainanao:

1. "Aoka ho tony ny fanahinao" (F&F 108:2; jereo koa and. 1)
2. "Aza toherina intsony ny feoko" (and. 2)
3. "Tandremo bebe kokoa hatrizao ny fanefanao ny voadinao" (and. 3)
4. "Miandrasa amim-paharetana" (and. 4)
5. "Hotsarovana ... ianao" (and. 4)

B Mametraha Tanjona

Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 108:7, ny Tompo dia nanoro hevitra an'i Lyman Sherman mba hampaherezana ny hafa amin'ny fomba efatra. Tanisao ao anaty kahienao ireo fomba efatra ireo. Isaky ny tsirairay avy amin'izy ireo, dia manorata tanjona ho an'ny tena manokana mba hampaherezana ny hafa, amin'ny filazana ny drafitra ho ataonao sy ny fomba hanatanterahanao izany.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 109

Fanokanana ny Tempolin'i Kirtland

Efa nanatrika fanokanana tempoly ve ianao? Inona araka ny hevitrao no lazaina ao amin'ny vavaka fanokanana tempoly? Ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 109 dia vavaka nataon'ny Mpaminany Joseph Smith tamin'ny fanokanana tempoly voalohany tamin'ity fotoampitantanana ity—ny

tempolin'i Kirtland. Nosoratany tamin'ny alalan'ny fanahin'ny fitaomam-panahy izany vavaka izany alohan'ny fanokanana ary novakiana izany nandritra ny fotoanan'ny fanokanana. Izany no nanorina rafitra arahina mandrak'ankehitriny. Ny vavaky ny fanokanana tempoly rehetra dia omanina amin'ny alalan'ny fitaomam-panahy ary vakian'ireo rahalahy voatondro hanatanteraka ny fanokanana.

Ny vavaka ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 109 ihany koa dia rafitra arahina amin'ny fiteny amin'izany vavaka izany.

Ny Tempolin'i Kirtland Temple dia miavaka eo amin'ny tantaran'ny Fiangonana sy eo amin'izao tontolo izao. Tao no nanambaran'ny Tompo tamin'ny Mpaminany Joseph Smith sy Oliver Cowdery ny fanalahidin'ny fisoronana ho an'ny famonjena ny taranak'olombelona rehetra—fanalahidy izay afaka manatanteraka ireo ôrdônansin'ny famonjena ny velona sy ny maty.

Fisehoana ara-panahy mahatalanjona no nitranga tamin'izany fanokanana ny Tempolin'i Kirtland izany. Ny sasany tamin'ireo nanatrika teo dia nahita ny Apôstôly Petera sy Jaona ary ny sasany kosa dia nahita anjely hafa. Noraiketin'ny Mpaminany Joseph Smith izany nandritra ny fivoriana tao amin'ny tempoly ny harivan'ny fanokanana. "Ny rahalahy George A. Smith dia nitsangana ary nanomboka naminany, raha toa ka nisy feo tahaka ny feon-drivotra mahery re, izay nanenika ny tempoly, ary dia nitsangana niaraka ny mpiangona rehetra, noentanin'ilay hery tsy hita maso; maro ireo nanomboka niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra sy naminany; ny sasany dia nahita fahitana feno voninahitra; ary dia hitako fa feno anjely ny tempoly, izay nolazaiko tamin'ny mpiangona izany avy eo. Ny olona teny amin'ny manodidina dia nihazakazaka daholo (rehefa nandre ny feo tsy dia mahazatra, ary dia nahita hazavana tahaka ny andry afo nijanona teo ambonin'ny tempoly), ary talanjona tamin'ny zava-nitranga teo" (History of the Church, *2:428).*

Anisan'ny ampahany nitranga tamin'ny fanokanana ny tempoly, ny fihiran'ny amboaram-peo ny "Fanahin'ny Ray" (Fihirana, no. 56), izay nosoratan'i W. W. Phelps ho an'izany fotoana izany. Izany fihirana izany dia nitohy ho isan'ny ampahany atao mandritry ny fanokanana tempoly.

Rehefa mamaky ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 109 ianao, dia jereo ireo fotopampianarana manan-danja momba ny tempoly sy ny andro farany.

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 109

maneho (and. 5)—Mampahafantatra

Fifampiarahabana (and. 9, 19)—Fiarahabana

Tokonam-baravarana (and. 13)—Fidirana, varavarana

Hiaiky (and. 13)—Manaiky, faniriana mafy

Mitondra (and. 23)—Mivimbina

Vaovao (and. 23)—Vaovao, hafatra

Hanan-kery (and. 26)—Hibahana, hahazo tombony

Tsinotsinona (and. 30)—Tsy misy dikany

Fandaingana (and. 30)—Fanamelohana, lainga

Fanosorana (and. 35)—Antso, fanendrena

Manomboka kase ny lalàna (and. 38, 46)—Mijoro ho vavolombelona ny fahamarinana

Maditra (and. 41)—Tsy mankato

Fahavinirana (and. 52)—Tsy hafaliana, hatezerana

Ny sisa tavela (and. 65, 67)—Ampahany nisaraka tamin'ny vatany; ny vondrona sisa tavela

Arovana (and. 69)—Ampiana, amporisihana

Havana akaiky (and. 71–72)—Tapaka sy ny namana

Hotsarovana (and. 71)—Hotehirizina, hotsaroana

Fangatahana (and. 77–78)—Fangatahana, vavaka

Serafima (and. 79)—Anjely

Hobim-piderana (and. 79)—Kikiaka maneho fiderana

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny roa amin'ireto asa ireto (A–E) rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 109 ianao.

A Fitahiana Nirotsaka avy ao amin'ny Tempoly

Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 109:11, ny Mpaminany dia nivavaka ny amin'ny fitahiana nampanantenan'ny Tompo ho an'ireo Olomasina. Hazavao ireo karazana fitahiana nangatahin'ny Mpaminany ho an'ny Fiangonana iray manontolo, ho an'ireo andininy tsirairay avy na ny vondron'andininy: Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 109:12, 13, 14–15, 21, 22–23, 25–30, 35, 38. Izany dia anisan'ireo fitahiana azo izay mifandraika amin'ny fitsahoana ao amin'ny tempoly.

B Mivavaka ho an'ny Hafa

1. Tanisao ireo olona sy vondrona nentin'ny Mpaminany Joseph Smith am-bavaka tao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 109:47–72.
2. Taitra ve ianao amin'ireo olona notanisainao nentin'ny Mpaminany am-bavaka? Hazavao.
3. Misafidiana olona na vondrona roa avy amin'ny lisitrao izay eritreretinao fa ilaina entina am-bavaka. Hazavao ny antony nieritreretanao fa ilaina entina am-bavaka izy ireo.

D Manomeza Ohatra

Manomeza ohatra amin'ny fahatanterahan'ny zavatra iray tao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 109:54–67 hatramin'izay nanoloran'ny Mpaminany Joseph Smith ity vavaka ity. Ny ohatra asehonao dia tokony hampiseho ny iray amin'ireo fangatahany izay efa tanteraka.

E Hazavao amin'Izy Ireo Izany

1. Inona no holazainao amin'ny namanao tsy mpikambana izay manontany ny antony tsy hahafahan'izy ireo miditra ny tempoly intsony aorian'ny fanokanana izany?
2. Aiza ao amin'ny andinin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 109 no hanampy anao amin'ny hamaliana izany fanontaniana izany?

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 110

Niseho ny Tompo ary Naverina tamin'ny Laoniny tao amin'ny Tempolin'i Kirtland ireo Fanalahidy

Tao amin'ny vavaka fanokanana nataony, ny Mpaminany Joseph Smith dia nilaza fa ireo Olomasina dia hanangana ny Tempolin'i Kirtland mba hahafahan'ny Tompo manana toerana "hanehoany ny tenany amin'ny vahoakany" (F&F 109:5). Ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 110 dia mirakitra ny fahatanterahanan'izany fangatahana izany. Niseho ny Tompo ary nilaza Izy fa nanaiky ny tempoly ho Azy. Iraka avy any an-danitra telo hafa no niseho fotoana fohy taorian'ny Mpamonjy. Namerina ny fanalahidy manan-danjan'ny fisoronana izy ireo tamin'ny Mpaminany Joseph Smith sy Oliver Cowdery.

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 110

Latabatra masina (sasin-teny)—Latabatry ny Fanasan'ny Tompo

Efitra lamba (sasin-teny)—Lambam-baravarana (ny tempoly dia nasiana lambam-baravarana izay azo alatsaka avy eny amin'ny valin-drihina ary hanasaharana ny tempoly ho efitrano fianarana na fivoriana manokana)

Voaly (and. 1)—Sarona, zavatra izay mitazona ny zava-miafina

Tarehiny (and. 3)—Endriny, tarehy

Mpisolovava (and. 4)—Mpiaro, olona mijoro eo amin'ny toeran'olon-kafa

Fanafiana masina (and. 9)—Fanomezana ara-panahy

Fotoampitantanana (and. 12, 16)—Vanimpotoana izay nanomezana ny filazantsara ny olombelona

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 110:2—Ny Polipitran'ny Tempoly

Ny sary manaraka eto dia maneho ny anatin'ny Tempolin'i Kirtland. Mariho fa ny Tompo dia niseho tamin'ny Mpaminany Joseph Smith sy Oliver Cowdery teo amin'ny polipitra teny amin' ny ilany atsinanan'ny tempoly. Ny sary dia maneho ny polipitra sy ny rafitra tsy manampaharoany. Nisy ny toerana ipetrahan'ny mpiahy ny Fiangonana teo. Nipetraka teo izy ireo mandritra ny fivoriana miavaka, anisan'izany ny fanokanana ny tempoly.



Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 110:11—I Mosesy sy ny Fanangonana an'i Isiraely

Nandritry ny fotoana nifandimby maro dia naely sy nafindran'ny Tompo lavitry ny Tany Masina manerana an'izao tontolo izao ireo mpikambana tao amin'ny tranon'i Isiraely. Ny foko folo, izay niaina tany amin'ny fanjakana avaratry Isiraely ny ankamaroany, dia nobaboin'ireo Asyriana tamin'ny 721 talohan'i Jesoa Kristy. Ny fokon'i Joda sy Benjamina izay tany amin'ny fanjakana atsimon'i Joda, niaraka tamin'ny sisa tavela tamin'ny foko hafa izay niaina teo, dia azo babo tao Babylona tamin'ny fotoanan'i Lehia ary naparitaky ny Romana indray taorian'ny Fitsanganan'i Jesoa Kristy tamin'ny maty. Ny Loholona Bruce R. McConkie, izay mpikambana tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, dia nanazava fa naparitaka i Isiraely "satria nandà ny filazantsara izy ireo, nanitsakitsaka ny fisoronana, namela ho irery ny fiangonana, ary niala tamin'ny fanjakana. . . . Naparitaka i Isiraely noho ny apôstazia. Tezitra ny Tompo, noho ny faharatsiana sy fikomian'izy ireo, naparitaka manerana ireo mpanompo sampy teo amin'ny firenen-drehetra manerana ny tany izy ireo" (*A New Witness for the Articles of Faith*, 515).

Taorian'ny fisehon'ny Mpamonjy tamin'ny Mpaminany Joseph Smith sy Oliver Cowdery tao amin'ny Tempolin'i Kirtland, dia niseho ihany koa ny mpaminany Mosesy tao amin'ny Testamenta Taloha. Namerina ny fanalahidin'ny fanangonana an'i Isiraely izy, anisan'izany ny foko folo izay very, ho amin'ny fitahian'ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny. Ny Filoha Spencer W. Kimball dia nampianatra fa "ny fidirana ao amin'ny fiangonana marina sy ... ny fahafantarana an'Andriamanitra marina dia anisan'ny fanangonana an'i Isiraely " (*Teachings of Spencer W. Kimball*, 439).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 110:12—Iza i Elià? Inona no Fanalahidy Nentiny?

"Elià" dia nentina niantsoana ny iraka izay nanomana ny lalana (jereo Torolalana ho an'ny Soratra Masina, "Elià," p. 33). Tsy mazava hoe iza marina i Elià ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 110.

Ny fanalahidy izay nentin'i Elià dia mahakasika ireo fitahiana izay nampanantenain'ny Tompo tamin'i Abrahama—izay azo ho raisina feno amin'ny alalan'ny ôrdônansin'ny tempoly irery ihany. Noho izany, dia "nanolotra ny fotoampitantanan' ny filazantsaran' i Abrahama" izy (F&F 110:12).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 110:13–15—Ny Fiavian'i Elia

Ny andininy farany amin'ny firaketana ao amin'ny Testamenta Taloha dia mirakitra ny fampanantenan'ny Tompo nomeny an'i Elia mba hamerina ny hery izay mamatotra ny fianakaviana (jereo Malakia 3:23–24; jereo koa 3 Nefia 25; F&F 2). Ho fanampin'izany dia nilaza izy fa raha tsy miseho izany, dia hisy vokadratsy lehibe eo amin'ny olon-drehetra. Ny fahatsiarovana izany fampanantenana izany dia anisan'ny ampahan'ny fankalazan'izy ireo ny Paska. Maro ireo Jiosy no nametraka toerana ho an'i Elia ary, mandritra ny ampahany amin'ny fotoampankalazana, dia manokatra ny varavaran'izy ireo ho tandindona amin'ny famelana an'i Elia hiverina sy hiditra. Ny mahagaga dia rehefa niseho tao Kirtland i Elia,tamin'ny 3 Aprily 1836, dia nandritra ny andro Paska izany.

Ny Mpaminany Joseph Smith dia nampianatra fa ny fanalahidin'ny naverin'i Elia tamin'ny laoniny dia nahafahan'ny Olomasina ho tonga mpamonjy eny amin'ny tendrombohitr'i Ziona: "Amin'ny fomba ahoana no hahafana'izy ireo ho tonga mpamonjy eny amin'ny tendrombohitr'i Ziona? Amin'ny alalan'ny fananganan'izy ireo ny tempoly, fanorenan'izy ireo ny batistera, ary ny fandrosoana hatrany sy ny fandraisana ireo ôrdônansy rehetra, batisa, fandraisana ho mpikambana, fanasana, fanosorana, fanendrena sy ny hery famehezana eo ambony lohan'izy ireo, izay hisoloany tena ireo razamben'izy ireo rehetra izay efa maty, ary manavotra azy ireo mba hahatongavan'izy ireo amin'ny fitsanganana amin' ny maty voalohany sy hisandratra eny amin'ny seza fiandrianamboninahitra hiaraka amin'izy ireo; ary ao anatin'izany ny rojo vy izay mamatotra ny fon'ny ray ho an'ny zanaka ary ny fon'ny zanaka ho an'ny ray, izay manatanteraka ny irak'i Elia" (*History of the Church*, 6:184).

Ny Filoha Joseph Fielding Smith dia nampianatra fa: "Amin'ny alalan'ny herin'ity fisoronana izay napetrak'i Elia ity, ny mpivady dia azo hofehezina, na mivady ho mandrakizay; ny zanaka dia azo hofehezina ho mandrakizay amin'ireo ray aman-dreniny, satria ny fianakaviana dia natao ho mandrakizay, ary ny fahafatesana dia tsy manasaraka izany olona ao amin'izany fianakaviana izany. Izany no fitsipika lehibe izay hanavotra an'izao tontolo izao amin'ny faharavana tanteraka" (*Doctrines of Salvation*, 2:118).

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny roa amin'ireto asa manaraka ireto (A–E) rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 110 ianao.

A Manaova Tabilao

Alamino ao amin'ny tabilao mitovitovy amin'ity manaraka ity ireo fitsidihana efatra hita ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 110. Fenoy amin'ireo zavatra nianaranao tao amin'ity fizarana ity izany.

Andininy	Iza no niseho?	Inona no nolazainy sy nataony?	Nahoana no manan-danja ny zavatra nolazainy sy nataony?

B Teny sy Andian-teny Manan-danja

Hazavao ny maha-zava-dehibe ireto andian-teny tsirairay manaraka ireto avy amin'ny fahitan'ny Mpamonjy ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 110:1–10:

1. "Nesorina hiala amin'ny sainay ny voaly" (and. 1)
2. "Izaho no mpisolovava anareo" (and. 4)
3. "Andradrao ny lohanareo ary mifalia" (and. 5)
4. "Haneho ny tenako amin'ny vahoakako Aho" (and. 7)
5. "Tsy mandoto ity trano masina ity" (and. 8)
6. "An'arivony ireo hifaly fatratra" (and. 9)

D Ny Fahatanterahana

Hazavao ny fahatanterahan'ny faminaniana ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 110:9–10 amin'izao androntsika izao. Ampidiro ao anatin'izany fahazavana izany ny fomba nitahian'ny fahatanterahan'izany ny fiainanao.

E Hosokafana ho Atao Inona ny Varavarana?

I Mosesy, Elià, ary Elia dia nanome ny fanalahidin'ny fisoronana ho an'ny Mpaminany Joseph Smith sy Oliver Cowdery. Ny teny hoe *fanalahidy* dia hevitra miaraka amin'izany fahefana izany izay mamaha na manokatra fitahiana sasany. Vokatry ny famerenana ny laoniny izany fanalahidy izany tao amin'ny Tempolin'i Kirtland (jereo F&F 110), dia fitahiana sy fahafahana toa inona no misy ao am-piangonana sy eto amin'izao tontolo izao?

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 111

Rakitsoa ao Salem

Nandeha tany Kirtland, Ohio i William Burgess ary nilaza fa nahafantatra ny fisian'ny volabe ao Salem, Massachusetts. Tamin'ny fiezahana hamaha ny olana ara-bola nisy teo amin' ny Fiangonana vokatry ny fanenjehana tao Missouri sy ny fananganana ny Tempolin'i Kirtland, dia nihaona tamin'i Burgess tao Salem ny Mpaminany Joseph Smith sy ny olona hafa mba hahazo izany rakitsoa miafina izany. Rehefa tonga teo izy ireo, dia toa tsy tadidin'i Burgess ny toerana tena misy ilay rakitsoa. (Jereo B.H. Roberts, A Comprehensive History of the Church, *1:411.) Ny fomba nentin'ny Tompo nandaminana ny fahatsoran'ny Mpaminany, kanefa toa miendrika ho fanantenana adaladala tamin'izany toe-javatra izany dia mampianatra antsika ihany koa momba ny fiarahany mandamin-javatra amintsika.*

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 111

Fahadalana (and. 1)—Fihetsika adaladala

Tombontsoa (and. 2)—Aingampanahy, ezaka

Ilaina (and. 3)—Ara-dalàna, fanirina

Hifankahalalanareo (and. 3)—Manao ho namana, manorina fifandraisana tsara

Mitoera (and. 7–8)—Miandrasa, mijanona

Ampahafantarina (and. 8)—Ampahafantarina, atoro

Ity toerana ity dia mety ho azonareo amin' ny alalan' ny fanofàna (and. 9)—Azo ampanofaina ity toerana ity

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 111:2—Inona no Rakitsoa ananan'ny Tompo ho an'ny Fiangonana tao Salem?

Nolazain'ny Tompo tamin'ny Mpaminany Joseph Smith sy ireo lehilahy niaraka taminy tao Salem, Massachusetts, fa ny rakitsoa tao dia ny fanahy izay entina eo amin'i Kristy. Dimy taona taty aoriana, tamin'ny taona 1841, i Erastus Snow (izay nantsoina ho Apôstôly taty aoriana) dia nomena ny tahadikan'ny fanambarana tao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 111 ary nalefa hitory ny filazantsara tao Salem. Nilaza taminy i Hyrum Smith fa fotoana fahatanterahan'ny fanambarana izao. Ny Rahalahy Snow dia nijanona tao nihoatra ny herintaona ary nanao batisa olona niova fo mihoatra ny zato.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 111:9–10—Nahoana no misy Hifandraisany amin'ny "Rakitsoa Mihoatra" ao amin'ny Tanàna ny Fanadihadiana ireo "Mponina Tranainy sady Mpanorina" an'i Salem?

Rakitsoa hafa izay nisy tao Salem, Massachusetts, dia ny firaketana mikasika ny Faritanin'i Essex, izay hahafahan'ny olona iray "manadihady am-pahazotoana ireo mponina tranainy sady mpanorina ny tanàna" (F&F 111:9). Maro ireo razamben'ny mpikamban'ny Fiangonana tany am-piandohana no nipetraka tao Salem—anisan'izany ny razamben'ny Mpaminany Joseph Smith voalohany indrindra izay tonga tao Amerika. Nandritra ny naha-zatovolahy azy, dia nipetraka fotoana fohy tao Salem niaraka tamin'ny dadatoany Jesse Smith i Joseph Smith rehefa avy natao fandidiana ny tongony. Ny reniny, Lucy Mack Smith, dia nirakitra toy izay taorian'ny fandidiana azy: "Avy hatrany i Joseph dia nihatsara, ary nanomboka tamin'izay, dia nitohy hatrany ny fahasitranana mandrapahatonga azy ho natanjaka sy salama tsara. Taty aoriana rehefa sitrana tsara sy

afaka nandeha izy, dia nandeha niaraka tamin'ny dadatoany, Jesse Smith, nankany Salem, ho fanatsarana ny fahasalamany, izay nanantenany fa ny rivo-dranomasina dia hanampy be azy, ary tsy nanenenany izany" (*History of Joseph Smith*, 58).

Taty aoriana dia nampahafantarina ny maha-zava-dehibe ny fananana ity firaiketana ity rehefa nambaran'ny Tompo ny fotopampianarana mikasika ny asa ho an'ny maty.

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny roa amin'ireto asa manaraka ireto (A–D) rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 111 ianao.

A Ahoana ny Eritreritrao momba ny Fahatsapany?

Ahoana no mety ho fahatsapan'ny Mpaminany Joseph Smith momba ny tenany sy momba ny Tompo rehefa nandinika ny voalazan'ny Tompo ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 111 izy?

B Inona ireo Lesona?

Manorata momba ireo lesona manan-danja azontsika nianarana avy tao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 111 ary ny trangan-javatra niseho taloha sy taorian'izany (jereo koa ny fampidirana ny F&F 111 ao amin'ity boky fandalinan'ny mpianatra ity sy ny fizarana "Fahatakarana ny Soratra Masina").

D Manomeza Ohatra

1. Manomeza ohatra araky ny hevitrao amin'ny zavatra nangatahin'ny Tompo ny mpanompony mba ho ataon'izy ireo amin'ny ampahany voalohany ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 111:11.
2. Inona no mety dikan'izany aminao?



Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 107:23, 33, 35, ny Tompo dia nilaza fa ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia ho vavolombelona manokana Azy ary manara-maso ny fitoriana ny filazantsara manerana an'izao tontolo izao. Ny vondron'ny misiônera voalohany niala tao amin'ny kaontinantan'ny Amerika Avaratra dia notarihin'ny Apôstôly Heber C. Kimball sy Orson Hyde. Tonga tao Angletera izy ireo tamin'ny Jolay 1837 ary nitory tao amin'ny Fiangonana tao Preston tamin'ny Alahady voalohany nahatongavan'izy ireo tao—izay andro nanomezan'ny Tompo ihany koa ny fanambarana ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 112, tamin'ny alalan'ny Mpaminany Joseph Smith, ho an'i Thomas B. Marsh, Filohan'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo. Ao amin'ity fanambarana ity dia niteny ny maha-zava-dehibe ireo fanalahidy sy fahefan'ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo amin'ny fitarihana ny asany eto amin'ity fotoampitantanana ity indray ny Tompo.

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 112

Fivavaka (and. 1)—Fanolorana

Nanetry ny tena (and. 3)—Nanetry tena

Aoka hampahafantarina ao i Ziona ny fonenanao (and. 6)—Monina ao Ziona

Fananarana (and. 9)—Antso mba hibebaka

Mpanendrikendrika (and. 9)—Olona milaza lainga momba ny hafa

Faharatsiana (and. 9)—Faharatsiana, kolikoly

Aza iangarana izy ireo ka hotiavina mihoatra noho ireo hafa (and. 11)—Aza mitongilana amin'izy ireo na mitia an'izy ireo mihoatra ny fitiavana ny hafa

Mahomby (and. 19)—Ao tsara, azo ampiasaina, matanjaka

Manevateva (and. 26)—Milaza tsy misy fanajana an'Andriamanitra sy ny zavatra masina

Valisoa (and. 34)—Fandoavana, fanomezana

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny roa amin'ireto asa manaraka ireto (A–D) rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 112 ianao.

A Tanisao ny Andraikitr'izy ireo

Tanisao ireo andraikitry ny (1) Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo sy ny an'ny (2) Filohan'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, avy amin'ny zavatra novakianao tao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 112. Ho an'ny andraikitra tsirairay avy, dia tanisao ireo andininy izay ahitanao izany.

B Raha . . . , Dia . . .

Rehefa mampanantena fitahiana ny Tompo, dia hazavainy ny zavatra tsy maintsy ataontsika mba hahazoana izany fitahiana izany. Indraindray dia mora ny mahafantatra izany satria ny Tompo dia efa niteny miavaka tsara hoe "Raha toa ianao [manao ny asa rehetra handraisana ny fitahiana], dia [lazainy fa ho avy ny fitahiana]." Amin'ny tranga hafa dia mila mijery am-pitandremana tsara ny soratra masina isika amin'ny rafitra "raha-dia". Halalino ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 112:3, 10, sy 21–22 ary, araky ny fiteninao, dia soraty ao anaty fehezanteny telo izy ireo izay manazava ny "Raha toa ianao . . . , dia . . . Izy."

D Ahoana no Hampiharana Izany?

1. Hazavao ny fomba hampiharana ny fitsipika nampianarina tao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 112:20 amin'ny lahatenin'ny fihaonamben'ny Fiangonana, hafatra avy amin'ny Manampahefana Ambony amin'ny gazetibokin'ny Fiangonana, fanambarana avy amin'ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, ary ny bokikely *Ry Tanora Mahereza*.
2. Fintino ny voalazan'ny Tompo ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 112:24–26 momba ny andro farany.
3. Ahoana no hampiharana ny fampianaran'ny Tompo ao amin' ny andininy 24–26 amin'ny voalazany ao amin'ny andininy 30?

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 113

Fanontaniana Momba ny Soratra Masina

Ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 113 dia mirakitra ny valintenin'ny Tompo tamin'ireo fanontaniana napetraky ny Mpaminany Joseph Smith momba ireo andininy sasany ao amin'ny bokin'i Isaia. Azonao raketina eo akaikin'ny andininy ao amin'ny Isaia ao amin'ny Baibolinao ny zavatra nianaranao.

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 113

Faneva (and. 6)—Saina na faneva izay hivorian'ny olona

Fatorana (and. 9–10)—Tady na fatotra izay mifampitohy

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 113:1–6—Vata, Solofo, ary Faka

Ity sary manaraka ity dia maneho ny sary avy amin'ny bokin'i Isaia izay nangatahin'ny Mpaminany Joseph Smith.



Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny asa A na B rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 113 ianao.

A Valiny sy Fanontaniana

1. Tanisao ireo fanontaniana ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 113 ary fintino ny valintenin'ny Tompo.
2. Nahoana araky ny eritreritrao no manan-danja tamin'ny mpaminany Joseph Smith sy ny Fiangonana ny valintenin'ny Tompo? (afaka mijery ny Isaia 11 sy 52 ianao eo am-pieritreretana ny famaliana ny fanontaniana.)

B Mitadiava Teny sy Andian-teny Manan-danja

Ny fanontaniana sy valiny ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 113:7–10 dia momba ny fanangonana an'i Isiraely amin'ny andro farany. Ireto manaraka ireto dia lisitry ny hevitra noresahina tao amin'ireo andininy ireo. Ao anaty kahienao, soraty ny hevitra tsirairay avy amin'ny teny na andian-teny avy amin'ny andininy izay mifandraika amin'izany hevitra izany.

1. Fangatahan-dalana hanao ny asan-Andriamanitra
2. Mpikambana ao amin'ny tranon'i Isiraely
3. Famerana nateraky ny faharatsiana
4. Efa voatendry mialoha tany amin'ny fiainana talohan'ny nahaterahana

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 114

Fanambarana ho an'i David W. Patten

Tena fotoana manpangitakitaka tokoa rehefa misy olona ao amin'ny fianakaviana manokatra antson'ny misiôna avy amin'ny mpaminany. Tao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 114, ny Loholona David W. Patten, mpikambana iray tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, dia nahazo ny antso mba hanompo. Indrisy anefa fa tsy nanompo nanao izany misiôna izany mihitsy ny Loholona Patten. Enimbolana taorian'ny nandraisany ny antso, dia maty nisy namono tamin'ny fifanandrinana tao amin'ny Reniranon'i Crooked izy, tamin'ny 25 Ôktôbra 1838. Taloha kelin'izany, ny Loholona Patten dia "nampahafantatra tamin'ny Mpaminany fa nangataka tamin'ny Tompo izy mba hamela azy ho faty maritiora, izay nilazan'ny Mpaminany, tao anatin'ny fitaomam-panahy tanteraka, ary nanambarany tamin'alahelo lehibe tokoa, 'fa,' hoy izy taminy [Loholona Patten], 'rehefa misy lehilahin'ny finoana tahaka anao mangataka amin'ny Tompo zavatra iray, dia amin'ny ankapobeny dia omeny izany' " (Lycurgus A. Wilson, Life of David W. Patten: The First Apostolic Martyr *[1900], 67).*

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 114

Manafoana (and. 1)—Fandaminana hivarotra na hikarakara ny fananana

Enta-barotra (and. 1)—Fananana

Hapetraka (and. 2)—Hapetraka

Episkôpa (and. 2)—Antso amin'ny fitantanan-draharaha

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 114:2—"Hapetraka amin'ny Toerany ny Hafa"

Tamin'ny fotoanan'ity fanambarana ity, dia maro ireo mpikamban'ny Fiangonana izay nitsikera ny Mpaminany Joseph Smith ary dia lavo tamin'ny Fiangonana noho ny fanenjehana. Ny sasany tamin'izy ireo dia mpitarika ny Fiangonana. Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 114:2, ny Tompo dia nilaza fa ireo olona ireo dia hosoloina. Naseho ny fotoana fa ireo izay nivadika tamin'ny Fiangonana dia tsy hahasakana ny fandrosoan'ny asan'ny Tompo. Ny Tompo dia hanendry olon-kafa hanolo ireo izay tsy manao izay niantsoana azy mba hanampy amin'ny fandrosoan'ny fanjakan'Andriamanitra. Ho tontosa ny asan'Andriamanitra!

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny asa A na B rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 114 ianao.

A Hazavao ireo Zavatra Vita

Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 114:1, ny Tompo dia nangataka tamin'ny Loholona David W. Patten mba "hanafoana ny entam-barotrany." Araka ny hevitrao, hazavao ny zavatra natao mba nanatontosana ity fangatahana ity. Inona no ataon'ireo misiônera ankehitriny alohan'ny handehanan'izy ireo tahaka ny nataon'ny Loholona Patten izay nangatahina mba ho ataony?

B Inona no Holazainao?

Ndeha atao hoe manana namana mpisorona 17 taona iray ao amin'ny paroasinao ianao. Nilaza taminao izy fa tsy nieritreritra ny hanaiky ny antso mba handeha hitory ny filazantsara. Ampiasao izay nianaranao tao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 114 sy avy amin'ny loharano hafa ary soraty ny zavatra izay mety holazainao aminy momba ny antony tokony hijereny akaiky ny fanapahan-keviny.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 115

Ny Tempoly tao Far West

"Ireo Olomasina tany avaratr'i Missouri dia namokatra tamin'ny fambolena sy nanorina trano hazo nandritra ny fahavaratry [ny taona 1838], ary dia toa nanjaka tokoa ny fandriampahalemana. Mbola nanantena ny hifampiraharaha amin'ny mponin'ny Faritanin'i Jackson hatrany izy ireo mba hahafahan'izy ireo miverina eo amin'ny toeran'izy ireo indray, saingy teo am-piandrasana izany fotoana izany dia nanana eritreritra ny hampiroborobo ny toerana izay nisy azy koa izy ireo. Tamin'ny alalan'ny fanambarana, i Far West dia lasa tanàn'ny tempoly (F&F 115:7), ary nandritry ny lohataona manaraka, ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia nanokana ny toerana alohan'ny handehanan'izy ireo hanao misiôna tany amin'ny Firenena Britanika (F&F 118:4). Ny fanambarana izay voaray tao Far West koa dia namaritra ny anarana ôfisialin'ny Fiangonana, 'dia Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany' (F&F 115:4), ary nanorina ny rafitra fandoavana ny fahafolonkarena, izay nitohy niantoka ny tsy fihozongozonana ara-bola teo amin'ny Fiangonana ary nitahy ny mpikambana ao amin'izany (F&F 119, 120)" (tao amin'ny Daniel H. Ludlow, ed., Encyclopedia of Mormonism, *5 vols. [1992], 2:926).*

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 115

Faneva (and. 5)—Tandidona, toy ny saina na faneva

Fialofana (and. 6)—Fialofana, toerana azo antoka

Hamerina indray (and. 11)—Hanomboka indray

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 115:1—Iza Ireo Mpanolotsainan'ny Mpaminany Joseph Smith?

"Nandritra ny fihaonambe natao tao Kirtland, Ohio, tamin'ny 3 Septambra 1837, i Oliver Cowdery, Joseph Smith, Rainy, Hyrum Smith, ary i John Smith dia notohanana ho mpanolotsaina mpanampy.

"Tamin'ny fotoana nanomezana ny fanambarana tao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 115, dia Joseph Smith, Rainy, sy John Smith irery ihany no nanompo ho mpanolontsaina mpanampy (26 Aprily 1838). I Hyrum Smith dia naka ny toeran'i Frederick G. Williams tao amin'ny Fiadidiana Voalohany, ary i Oliver Cowdery dia nalana tamin'ny naha-mpikamban'ny Fiangonana azy." (*Doctrine and Covenants Student Manual* [Religion 324–25, 1981], 286).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 115:14—Nahoana no Tsy Nisy Tempoly Nitsangana Mihitsy tao Far West, Missouri?

"Tamin'io fotoana io [Aprily 1838] dia nisy teo amin'ny trano 150 teo ho eo tao Far West, ary anisan'izany ireo tranombarotra, ny trano fandraisam-bahiny ary ny sekoly fianarana. Nivelatra tao anatin'ny indray mipi-maso teo afovoan'ny saha midadasika ilay tanàna. . . .

Far West, Missouri

"Napetraka tamin'ny faha 4 Jolay 1838 ny vato fehizoron'ny Tempoly. . . . Na dia izany aza dia kely ihany anefa no vita satria niharomotra indray ny rivo-dozan'ny fanenjehana, ary dia lasa sesitany tsy fidiny indray ny Olomasina" (Smith and Sjodahl, *Doctrine and Covenants Commentary*, 742; jereo koa ny sary 11 ao amin'ny faran'ny Triptika).

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny asa A na B rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 115 ianao.

A Hazavao ny Teny Tsirairay

Jereo tsara ny teny tsirairay amin'ny anarana fenon'ny Fiangonana, izay nomena tao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 115:4. Hazavao ao anaty kahienao ny antony maha-manan-danja ny teny tsirairay avy ary inona no lazain'izany amin'izao tontolo izao momba ny Fiangonana.

B Manorata Taratasy

Ndeha atao hoe manana namana ianao izay manana olana ny amin'ny ho avy sy amin'ny tsy filaminana sy ny zavatra mampahatahotra eto amin'izao tontolo izao ankehitriny. Manorata taratasy ao anaty kahienao ho an'ny namanao, hanomezanao lanja ny olany mahazo azy ary ampiasanao ny zavatra izay nianaranao tao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 115:4–6 mba entina hanazavana aminy ny zavatra azontsika ho atao mba hahazoana fiarovana mandritry ny fotoan-tsarotra izay mbola ho avy.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 116

Adama-ondia-Amàna

Ny Mpaminany Daniela tao amin'ny Testamenta Taloha dia naminany fa amin'ny andro farany i Adama dia hiahy fivoriana masina iray izay hisehoan'ny Mpamonjy ho amin'ny fanomanana ny Fiaviana Fanindroany (jereo Daniela 7:9–14). Ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 27 dia milaza ireo olona izay hanatrika izany fivoriana izany. Mianatra ny toerana hanatanterahana izany fivoriana izany isika ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 116.

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 116

Fahagolan'ny andro (and. 1)—Adama, ilay lehilahy voalohany

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 116:1—Inona no Dikan'ny hoe "Adama-ondia-Amàna"?
Ny Loholona Bruce R. McConkie, izay mpikambana tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, dia nanazava fa: "*Amàna* dia iray amin'ireo anarana nahafantaran'i Adama an'Andriamanitra. *Adama-ondia-Amàna,* izay anarana nalaina avy tamin'ny fiteny madion'i Adama ho amin'ny fiteny Malagasy, dia iray amin'ireo izay tsy mbola nambara, ny dikany ara-bakiteny. Araka ny mety ho fahatakarantsika azy—ary ity fomba fijery ity dia avy amin'ireo rahalahy tany aloha izay nifandray tamin'ny Mpaminany Joseph Smith, izay voalohany nampiasa ny anarana tamin'ity fotoampitantanana ity—*Adama-ondia-Amàna dia midika hoe toerana na tanin'Andriamanitra izay hitoeran'i Adama*" (*Mormon Doctrine,* 19–20).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 116:1—"Ho Avy Hamangy ny Vahoakany i Adama "
Ny Loholona Joseph Fielding Smith, mpikambana tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, dia nampianatra hoe: "Ity fanangonana ny zanak'i Adama ity, izay an'arivony an'arivony, ary an'aliny no hivory eo amin'ny toeram-pitsarana, dia ho iray amin'ireo tranga lehibe indrindra izay hitranga eto amin'ity tany be korontana ity. Amin'io fihaonambe io, na io filankevitra io, ireo rehetra izay mihazona ny fanalahidin'ny fotoampitantanana dia hitatitra ny fitantanan-draharahany. Hanao toy izany koa i Adama, ary dia [hamerina] any amin'i Kristy ny fahefana rehetra. Ary dia hohamafisina ny antson'i Adama izay printsy eo amin'ny taranany ary dia apetraka amin'ny fomba ara-dalàna sy omena ny satro-boninahitra mandrakizay amin'ity antso fitarihana ity. Ary avy eo i Kristy dia horaisina ho Mpanjakan'ny mpanjaka, ary Tompon'ny tompo. Tsy fantatsika ny faharetan'ny fotoana amin'io fanangonana io, na im-piry miditra izany fotoana amin'ity filankevitra lehibe ity izany. Ampy ny fahafantatra fa izany dia fanangonana ny fisoronan'Andriamanitra hatramin'ny niandohan'ity tany ity ka mandrak'ankehitriny, izay hanaovana ny tatitra rehetra ary ireo rehetra izay nomena fotoampitantanana (talenta) dia hanambara ireo fanalahidy sy ny asan'izy ireo ary hanao tatitra amin'ny fitantanan-draharahany araka ny fanoharana. Atao ny fitsarana azy ireo satria izy ity dia fanangonana ny olo-marina, ireo izay efa nihazona sy mihazona ny fanalahidy ny fanjakan'Andriamanitra ety an-tany. Tsy fitsarana ny olondratsy izany. Rehefa voaomana ny zava-drehetra ary voapetraka ny fanalahidy sy ny hery rehetra araky ny lamina miaraka amin'ny tatitra feno sy tanteraka ataon'ireo lehilahy mpitantandraharaha tsirairay avy, avy eo i Kristy dia handray ireo tatitra ary dia hipetraka ho Mpanapaka marina eto ambonin'ny tany. Ao amin'ity filankevitra lehibe ity Izy no handray ny toerany amin'ny alalan'ny firaisam-peon'ireo olona an'arivony izay manan-jo ny hivory alalan'ny Fisoronana. Izany dia ho arahin'ilay andro lehiben'ny faharavan'ireo ratsy fanahy ary ho fiomanana amin'ny Fanjakana Arivotaona" (*The Progress of Man,* 3rd ed. [1944], 481–82; jereo koa Bruce R. McConkie, *The Millennial Messiah: The Second Coming of the Son of Man* [1982], pp. 578–88).

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny asa A rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 116 ianao.

A Manorata Tantara

Avy amin'ny famakianao ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 27 sy 116, dia manorata tantara momba ny zavatra mety ho hita sy re ao amin'izany fivoriana tao Adama-ondia-Amàna. Ampiasao ny soratra masina fanovozan-kevitra ery ambanin'ny pejy sy ny fizarana «Fahatakarana ny Soratra Masina» ho fanampiana raha ilaina (jereo koa ny sary 10 ao amin'ny ao amin'ny Triptika).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 117

"Tsy amin'ny Anarana fa amin'ny Atao"

Inona no zavatra tianao hahatsiarovana anao rehefa tapitra ny fiainanao? Inona no mety ho dikany raha toa ka voatazona ao amin'ny "fahatsiarovana masina" ny anaranao? Ny sasany amin'ireo rahalahy dia tsy maintsy nibebaka nandritra ny nandidiana ny iray hanao ny andraikiny. Mariho ny nolazain'ny Tompo tamin'ireo mpitarika ny Fiangonana ary ahoana no ampiharana izany torolalana izany aminao.

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 117

Hitaredretra (and. 2–3)—Manalava, miandry ny hankato

Hanefana ny trosa (and. 5)—Amidy mba handoavana trosa

Mpanakalo vola (and. 16)—Olona na sampan-draharaha izay mampanjana-bola

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 117:1–2—Ny Tompo dia Nahafantatra

"Ny Tompo dia nandidy ny Olomasina hiangona ary hanorim-ponenana haingana ao Far West [jereo F&F 115:17]. Nisy vondrona nahitana olona eo amin'ny 515, fantatra amin'ny hoe *Tobin'i Kirtland*, niala tao Kirtland tamin'ny 6 Jolay 1838 mba ho any Ziona. Tamin'ny 14 Septambra, dia hita fa toa mpikambana 260 fotsiny no lasa, ary ny sasany kosa dia niparitaka 'nanerana ny vazan-tany efatra.' Tonga tao Adama-ondia-Amàna io vondrona io tamin'ny 4 Ôktôbra. Tsy nisy mpikambana tao amin'ity vondrona ity na i Marks, na i Whitney, na i Granger. [I Oliver Granger dia efa tany Far West, Missouri. Nentiny tany amin'i William Marks sy Newel K. Whitney tany Kirtland, Ohio ity fanambarana ity, ary nomena torolalana izy ireo hiverina haingana any amin'ny tanin'i Ziona.] I Joseph Smith izay tany Far West tamin'izay fotoana izay dia tsy nanana fahafahana hahafantarana ireo niala sy nijanona tao Ziona; kanefa ny Tompo dia nahafantatra. Izay no nahatonga ity fanambarana ity izay . . . niantsoany an'i William Marks sy i Newel K. Whitney hiverina any Ziona ary hanome torolalana momba ny fananana ao Kirtland" (Smith and Sjodahl, *Doctrine and Covenants Commentary,* 744).

Ny trano faharoan'i Lyman Wight tao amin'ny lemak'i Adama-ondia-Amàna

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 117:8—"Ny Lemak'i Olaha Sinèha"

Ny Filoha Joseph Fielding Smith dia nanoratra hoe: "Ny lemak'i Olaha Sinèha, na ny [anaran'ny] toerana izay nonenan'i Adama, dia tsy maintsy anisan'ny, na eo akaikin'i Adama-ondia-Amàna" (*Church History and Modern Revelation,* 2:97).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 117:8—Mitsiriritra "afa-tsy izay piti-drano"

"Ireo izay mikatsaka ny hihazona ny fananan'izy ireo tao Kirtland rehefa nodidian'ny Tompo mba hiala sy hamonjy ireo Olomasina any Ziona izy ireo no tena tsy manam-pahendrena indrindra. Inona no lanjan'izany ampahan-tany kely izany raha oharina amin'izay omen'ny Tompo ny olony. Ho fanampin'izany, moa ve ny Tompo tsy afaka ny hanampy ireo izay manaraka ny sitrapony mba hahazo tany na ireo rehetra izay ilainy, araka ny fahendreny? (jereo Marka 10:28–30.)" (*Doctrine and Covenants Student Manual,* 289).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 117:11—Ireo Tariky ny Nikôlaita

Ny teny hoe *Nikôlaitana* dia hita ao amin'ny Apôkalypsy 2:6, 15. Tsy dia voafaritra loatra ny dikan'izany, fa maro ny mino fa nanandrana nampihatra fanompoan-tsampy tamin'ireo fiangonana Kristiana tany am-piandohana ireo Nikôlaitana ireo. Ny Loholona Bruce R. McConkie dia nanoratra fa ny Nikôlaitana dia "mpikamban'ny Fiangonana izay manandrana mihazona ny foto-kevitry ny Fiangonana no sady mbola miaina araky ny fomba fiainan'izao tontolo izao koa. . . . Na inona na inona asa sy ny fotopampianarana arahin'izy ireo, dia lasa famaritana entina hamantarana ireo izay te-hirakitra ny anarany ao amin'ny firaketan'ny Fiangonana izany, kanefa dia tsy manolo-tena amin'ny filazantsara amin'ny fo feno finiavana izy ireo" (*Doctrinal New Testament Commentary,* 3:446,).

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny asa A na B rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 117 ianao.

A Inona no Atolotry ny Tompo?

Alaivo sary an-tsaina hoe nangatahina ianao hiala ny tokantranonao—tahaka ireo Olomasina nangatahina hiala tao New York ho any Ohio ary avy eo niala tao Ohio ho any Missouri. Avy amin'ny zavatra nolazain'ny Tompo tao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 117:1–9, inona no mahamora izany fifindrana izany raha aminao?

B Manorata Fampidirana

1. Alaivo sary an-tsaina hoe miteny ao amin'ny tanoran'ny paroasy na sampana misy anao i Oliver Granger ary anjaranao ny mampahafantatra azy amin'izany. Amin'ny fampiasana ireo voasoratra ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 117:12–16, dia manorata fampidirana fohifohy momba azy.
2. Vakio indray ny andininy 12–16, ary soloy ny anaranao eo amin'ny toerana misy ny anaran'i Oliver Granger. Eritrereto ny karazana fandrosoana izay mety ilaina eo amin'ny fiainanao mba hahafahan'ireo andininy ireo ho azo ampiharina eo amin'ny fiainanao. Azonao soratana ao anaty diarinao manokana koa ireo eritreritrao sasany.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 118

Ireo Apôstôly Vaovao

Misy ireo mpikamban'ny Fiangonana sasany izay namery ny fijoroan'izy ireo ho vavolombelona nandritra ny olana niseho tao Kirtland tamin'ny 1837–38. Tena sarotra tokoa ny toedraharaha ka nahatonga ny efatra tamin'ireo mpikambana tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo tany am-boalohany (William E. McLellin, Luke Johnson, Lyman Johnson, ary i John Boynton) ho tafalatsaka tao amin'ny apôstazia ary dia nesorina tsy ho mpikamban'ny Fiangonana intsony izy ireo. Izany dia nahatonga toerana banga tao amin'ny Kôlejin'ny

Apôstôly Roambinifolo izay nilaina ho fenoina. Azonao antsaina ve ny fahasarotana nanjo ny Mpaminany Joseph Smith noho ny fahaverezan'ireto mpiara-miasa aminy akaiky ireto? Tokony hankasitraka ireo nijanona ho mahatoky teo anatrehan'ny fanenjehana sy hasarotana isika. Ho fantatrao ireo anaran'ny sasany amin'ireo voantso ho Apôstôly vaovao tamin'izany fotoana izany mba hameno ny kôlejy—roa tamin'izy ireo taty aoriana no lasa Filohan'ny Fiangonana.

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 118

Lavo (and. 1)—Tratran'ny apôstazia

Mahomby (and. 3)—Mahomby

Ampahafantarina (and. 4)—Ampahafantarina, hambara

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 118:4—Aiza no Alehan'ireo Apôstôly Amin'ny Lohataona Manaraka?

Ny "rano be" izay voalaza ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 118:4 dia ny Fari-dranomasina Atlantika. Ny Tompo dia niantso ny Apôstôly Roambinifolo mba hiampita ny fari-dranomasina ary hitondra ny filazantsara tany Angletera.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 118:5—Niverina tany Far West ve ireo Apôstôly?

"Toa ireny nahafantatra ny didy nomen'ny Tompo mba hihaona amin'ny faha-26 Aprily 1839 ireo mponina tao Missouri, efa ho herintaona taty aoriana, ary dia tapa-kevitra izy ireo hanakana ny asan'ny Roambinifololahy ary hanajanona ny Môrmônisma. Nandritra ny fotoana teo anelanelan'ny fanambarana sy ny fotoana voatondro, dia 'ny Fiangonana iray manontolo mihitsy no voaroaka hiala ny Fanjakan'i Missouri, ary toa misy lanjany tokoa ny ain'ny lehilahy iray tato amin'ity Fanjakana ity raha toa izy ka fantatra fa hoe Olomasin'ny Andro Farany; ary tena marina loatra izany raha ho an'ireo Roambinifololahy. Rehefa tonga ny fotoana hametrahana ny vato fehizoron'ny Tempoly, araka izay efa nambara tao amin'ny fanambarana, dia tany Illinois ny Fiangonana, rehefa voaroaka hiala an'i Missouri tamin'ny alalan'ny didy izay navoakan'ny Governora. I Joseph sy Hyrum Smith ary Parley P. Pratt dia nasiana rojo vy tao Missouri noho ny fijoroana ho vavolombelona an'i Jesoa. Rehefa nihananakaiky ny fotoana hanaovana ity asa ity, dia nanomboka nipetraka ny fanontaniana. "Inona no zavatra tokony ho atao?" Ity misy fanambarana iray izay nandidy ny Roambinifololahy ho any Far West tamin'ny 26 Aprily, mba hametraka ny vato fehizoron'ny Tempoly tany; ary tsy maintsy ho tanterahana izany. Ireo mponin'i Missouri dia efa nianiana tamin'ireo andriamaniny mandrakizay fa raha ny fanambarana hafa rehetra nomena tamin'ny alalan'i Joseph Smith dia natao ho tanteraka, dia tsy ho tontosa izany, fa ny andro sy ny daty izay hanomezana izany dia tsy ho tanteraka izany. Ny fahatsapana ankapobeny tao amin'ny Fiangonana, araka ny fahafantarako azy, araka ny toe-javatra misy, dia tsy ho tanteraka mihitsy ny asa, ary ny Tompo dia tokony hanaiky izany toe-javatra nisy mikasika ny asa izany.' (Wilford Woodruff, tao amin'ny *Journal of Discourses,* 13:159.)

"Kanefa ireo Apôstôly dia tsy nihemotra tamin'ny andraikitra nandidiana azy ireo: 'Tamin'ny alin'ny 25 Aprily 1839, dia tonga tao Far West ireo tarika kelin'ny apôstôly niaraka tamin'ireo vondrona kelin'ireo rahalahy mahatoky, mpisorona avo, loholona, ary mpisorona. Fotoana fohy taorian'ny misasak'alina, tamin'ny marainan' ny 26 Aprily, dia nivory teo amin'ny toeran'ny tempoly tao Far West izy ireo, ary teo no nanaovan'izy ireo ny fihaonambe.' (Smith, *Church History and Modern Revelation,* pp. 196–97.)

"Niahy ny fotoana i Brigham Young. Nanoratra i John Taylor, mpitam-boky, manao hoe:

" 'Avy eo dia nankeo amin'ny toerana hananganana ny tranon'ny Tompo ny filankevitra; ary rehefa izany dia nodinihina ireto raharaha manaraka ireto: nohiraina ny ampahany tamin'ny fihirana, noresahina ny asa nanirahana ireo Roambinifololahy.

" 'Ny Loholona Alpheus Cutler, lehiben'ny mpiasa mpanao trano, dia nanomboka nametraka indray ny fototry ny tranon'ny Tompo, nampifanarahana araky ny tamin'ny fanambarana, tamin'ny fanakodiadiavana ilay vato lehibe teo akaikin'ny sisiny atsimo.

" 'Nanatrika teo ireto Roambinifololahy manaraka ireto: Brigham Young, Heber C. Kimball, Orson Pratt, John E. Page, ary i John Taylor, izay nanohy nanokana an'i Wilford Woodruff sy George A. Smith . . . hameno ny toeran'ireo izay lavo.' (*History of the Church,* 3:336–38.)

"Taorian'ny nanoloran'ireo Apôstôly maromaro vavaka, dia nihira ny 'Adama-ondia-Amàna,' ny mpivory ary dia nandeha ireo Apôstôly" (*Fotopampianarana sy Fanekempihavanana boky torolalana ho an'ny mpianatra,* 291–92).

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny asa na B rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 118 ianao.

A Tanisao ireo Antony

Vakio ny fizarana «Fahatakarana ny Soratra Masina» miaraka amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 118.

1. Tanisao ny antony nahasarotra ny fanaovana fivoriana tao Far West ho an'ireo Apôstôly, Missouri. Tanisao ny antony nandehanan'izy ireo.

2. Araka ny nolazain'ny Tompo ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 118, inona no nanampy azy ireo hanana faharisihana handeha?

B Hazavao ny Antony

Karohy ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 118, ireo toetra sasantsany namaritan'ny Tompo ny atao hoe misiônera mahomby. Hazavao ny antony mahatonga ireo toetra ireo hitarika fahombiazana amin'ny asa fitoriana ny filazantsara.

John Taylor dia natao batisa tamin'ny 1836. Nijanona ho mahatoky hatrany izy nandritra ny fahasarotana marobe. Niaraka tamin'ny Mpaminany Joseph Smith tao amin'ny fonjan'i Carthage izy rehefa maty maritiora ny Mpaminany. Lasa Filoha fahatelon'ny Fiangonana izy.

John E. Page dia natao batisa tamin'ny 1833. Nanompo tamin'ny asa fitoriana mahomby maromaro izy kanefa taty aoriana dia tratran'ny apôstazia ary nesorina tsy ho mpikamban'ny Fiangonana intsony tamin'ny taona 1846.

Wilford Woodruff dia natao batisa tamin'ny 1833. Nanampy tamin'ny fampidirana ny filazantsara tao Angletera izy ary nanao batisa mihoatra ny olona 1800 tao anatin'ny valo volana. Lasa Filoha fahaefatran'ny Fiangonana izy.

Willard Richards dia natao batisa tamin'ny taona 1836. Nitory ny filazantsara tany Angletera izy ary avy eo dia voantso ho Apôstôly. Niaraka tamin'ny Mpaminany Joseph Smith tao amin'ny fonjan'i Carthage izy rehefa maty maritiora ny Mpaminany. Taty aoriana izy dia nanompo ho mpanolotsainan'ny Filoha Brigham Young.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 119–20

Ny Laläàn'ny Fahafolonkarena

Ny Filoha Joseph Fielding Smith dia nanazava ny fomba nampidirana ny laläàn'ny fahafolonkarena tamin'ity fotoampitantanana ity: "Ny Tompo dia nanome ny Fiangonana ny laläàn'ny fanokanana ary dia niantso ny mpikambana . . . mba hiditra amin'ny fanekempihavanana izay tsy ho azo horavana sy ho mandrakizay izay hahafahan'izy ireo manokana ny fananany ary mandray fitantanan-draharaha, satria izany no laläàn'ny fanjakana selestialy. Maro amin'ireo niditra tamin'ity fanekempihavanana masina ity no mandrava izany ary tamin'ny fanaovany izany dia nitondra famaizana sy fanenjehana mahatsiravina ho eo ambonin'ny lohan'izy ireo, sy eo ambonin'ny lohan'ny rahalahiny sy ny rahavaviny. Ny laläàna selestialy tena nilaina dia nesorina nandritra ny fotoana voafetra, na mandrapanavotana an'i Ziona. Nandritra ny fijaliana mafy tokoa noho ny trosa sy ny tsy fahitana ny hoenti-manana amin'ireo adidy, dia nivavaka i Joseph Smith sy Oliver Cowdery, tamin'ny 29 Nôvambra 1834, ary nampanatena ny Tompo fa handoa ny ampahafolon'izay rehetra omen'ny Tompo azy ireo izy ireo, mba ho fanomezana hapetraka ho an'ireo mahantra. Nivavaka ihany koa izy ireo mba hankato io laläàna io ihany koa ny zanak'izy ireo, ny zafikelin'izy ireo. (D.H.C., 2:174–5.) Ankehitriny, dia tena nilaina ny nanomezana ity laläàna ity ho an'ny Fiangonana iray manontolo mba hahafahan'ny Mpaminany mivavaka hahazoana torolalana" (Church History and Modern Revelation, *2:90–91.) Ny valiny izay azon'izy ireo dia hita ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 119.*

Ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 120 dia manampy amin'ny fanazavana ny fomba hampiasaina ny fahafolonkarenan'ny. Rehefa mandalina ireo fanambarana ireo ianareo, dia tadiavo ny tena dikan'ny hoe fahafolonkarena marina ary ny fitahiana azo avy amin'ny fandoavana ny fahafolonkarena.

© Church News

Ny volan'ny fahafolonkarena dia ampiasaina hanatanterahana ny asan'ny Tompo eto an-tany.

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 119

Fitalahoana (sasin-tenin'ny fizarana)—Vavaka tsotra sy feno fanetren-tena

Laläàna (and. 6)—Laläàna, didy

Fianarana (and. 7)—Ohatra

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 119:1–3—"Ny Fiandohan'ny Fahafolonkarenan'ny Vahoakako"

Ny Loholona Marion G. Romney, fony izy mpikambana tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, dia nanazava ny fomba hanomanan'ny laläàn'ny fahafolonkarena antsika hiaina ny laläàn'ny fanokanana:

"Ny fitsipika notsindrian'ny Lamina Miray dia ny fanokanana sy ny fitantanan-draharaha ary koa ny fanomezana avy amin'izay ananana ka mihoatra ao amin'ny trano fanobian'ny Eveka. Rehefa narafitra ny lalàn'ny fahafolonkarena efatra taona taorian'ny nampiantonana ny fampiharana ny Lamina Miray, dia nitaky ny olona mba hanome ny 'ambim-pananan'izy ireo rehetra . . . ka hametraka izany eo an-tanan'ny eveka' (F&F 119:1) ny Tompo. Taty aoriana izy ireo dia 'nandoa ny iray ampahafolon'izay rehetra miditra aminy isan-taona. . . .' (F&F 119:4.) Ity lalàna ity, izay mbola manan-kery hatramin'izao, dia nampiakatra farafahakeliny ny haavon'ny fampiharana ny fitsipiky ny fitantanan-draharaha tamin'ny Lamina Miray, satria navela ho eo an-tanan'ny olona tsirairay ny fitazonana sy ny fitantanana ny fananana izay hamokarany ireo zavatra ilainy sy ilain'ny fianakaviany. Ho fanampin'izany, raha ho ampiasaina indray ny tenin'ny Filoha [J. Reuben] Clark, hoe:

" '. . . raha toa ka tokony hangonina ny ambiny sy ireo fananana mihotra ary ampanarahina ny Lamina Miray, dia ankehitriny isika manana ny fanomezan'ny fifadian-kanina, ny fanomezantsika ho an'ny fifanampiana, ary ny fahafolonkarenantsika, izany rehetra izany dia natao hikarakarana ny mahantra, ary ihany koa ho fikarakarana ny fiaraha-mientana sy ny raharahan'ny Fiangonana' " (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Apr. 1966, 100).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 119:4—Inona no dikan'ny hoe "Iray Ampahafolon'ny izay Rehetra Miditra Aminy Isan-taona"

Ny Filoha James E. Faust, Mpanolotsaina tao amin'ny Fiadidiana Voalohany, dia nanazava hoe: "Ny lalàn'ny fahafolonkarena dia tsotra: mandoa ny iray ampahafolon'izay rehetra miditra amintsika isika isan-taona [jereo F&F 119:4]. Ny hoe izay rehetra miditra amintsika dia adikan'ny Fiadidiana Voalohany hoe ny vola miditra [jereo *Manuel d'Instruction General* (1989), sec. 9, p. 1]. Ny totalin'ny 10 isan-jaton'ny vola miditra amin'ny olona tsirairay dia izay hifanarahantsika manoloana ny Mpahary antsika. Tsy misy ny fitsipika tsy maintsy arahina" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Ôkt. 1998, 73; na *Ensign,* Nôv. 1998, 59).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 119:6—Ny Fampanantenana amin'ny Fandoavana Fahafolonkarena Marina

Ny Loholona Dallin H. Oaks, mpikambana ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, dia niteny hoe:

"Ny olona sasany dia miteny hoe: 'Tsy manana handoavana ny fahafolonkarena aho.' Ireo izay mametraka ny finoany eo amin'ny fampanantenan'ny Tompo dia miteny hoe: 'Tsy mety amiko ny tsy manana handoavana ny fahafolonkarena.' . . .

"Ny fahafolonkarena dia didy miaraka amin'ny fampanantenana. Ny tenin'i Malakia, izay nohamafisin'ny Mpamonjy, dia mampanantena ireo izay mitondra ny fahafolonkarenany ao amin'ny trano fitehirizako fa ny Tompo no hamaha 'ny varavaran' ny lanitra sy [handrotsako aminareo] ny fitahiana izay tsy hisy ny toerana ampy handraisana izany.' Ny fitahiana nampanantenaina dia sady ara-nofo no ara-panahy. Ny Tompo dia nampanantena fa 'hamelively ny mpibosibosika,' ary mbola nampantena ihany koa Izy ho an'ireo mpandoa fahafolonkarena fa 'antsoin'ny firenena rehetra hoe sambatra ianareo, fa ho tany mahafinaritra ianareo' (3 Nefia 24:10–12; jereo koa Malakia 3:10–12). . . .

"Ny fandoavana ny fahafolonkarena ihany koa dia mitondra fitahiana ara-panahy tsy mana-paharoa ho an'ny mpandoa fahafolonkarena iray. Ny fandoavana ny fahafolonkarena dia porofo mivaingana fa manaiky ny lalàn'ny fahafoizan-tena isika. Manomana antsika ihany koa izany ho amin'ny lalàn'ny fanokanana ary ny lalàna ambonimbony kokoa ao amin'ny fanjakana selestialy" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Aprily 1994, 44–45; na *Ensign,* Mey 1994, 34).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 120

Handaminana (and. 1)—Handaniana, hikarakarana	**Ahitana** (and. 1)—Hitambaran'ny

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 120:1—"Handaminana izany amin'ny Alalan'ny Filankevitra"

Ny Filoha J. Reuben Clark, izay Mpanolotsaina tao amin'ny Fiadidiana Voalohany, dia nanazava ny fomba hitantanana ny fahafolonkarena:

"Eo ambany fiahian'ny Fiadidiana Voalohany dia misy teti-bola volavolaina . . . , izay misy ireo fandaniana ny am-pahafolonkarena novinavinaina rehetra. Izany teti-bola izany dia vokatry ny fijerena akaiky ataon'ny departemanta tompon'andraikitra amin'ny fandaniana izany vola izany.

"Izany teti-bola izany avy eo dia entina eo amin'ny filankevitry ny fandaniana ny fahafolonkarena [ankehitriny izany dia antsoina hoe Kaomity Misahana ny Fahafolonkarena], izay misy ireo, araka ny nomen'ny fanambarana, ny Fiadidiana Voalohany, ny Filankevitry ny Roambinifololahy, ary ny Episkôpà Mpiahy. Io filankevitra io dia misahana sy mandinika ny teti-bola hatolotra, manome lalana na tsia, arakaraka ny tranga, amin'ny zavatra andaniana tsirairay, ary farany manome ny teti-bola.

". . . Tsy misy [fahafolonkarena] azo ampiasaina raha tsy mahazo lalana sy fahazoan-dalana avy amin'io Kaomity io" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Ôkt. 1943, 12).

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny asa A rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 119 ianao.

A Nahoana no Fahafolonkarena

1. Avy amin'ny famakianao ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 119–20, sy ny fizarana "Fahatakarana ny Soratra Masina" ary avy amin'ny zavatra nianaranao avy tamin'ny ray aman-dreninao, mpampianatra, ary mpitariky ny Fiangonana, dia tanisao ireo zavatra hampiasaina ny fahafolonkarenan'ny Fiangonana.
2. Hazavao hoe iza no manapa-kevitra amin'ny fampiasana ny fahafolonkarena.
3. Manaova lisitra faharoan'ireo fitahiana izay azo avy amin'ny fandoavana fahafolonkarena marina.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121

"Maro ny Voantso, fa Vitsy no Voafidy"

Efa nahatsapa kivy ve ianao? Efa nivavaka nangataka fanampiana ve ianao nandritry ny fotoan-tsarotra iray? Tamin'ny 27 Ôktôbra 1838, i Lilburn W. Boggs, governoran'i Missouri, dia namoaka ilay baiko fandringanana, izay mivaky toy izao, ny ampahany: "Tsy maintsy raisina ho toy ny fahavalo ny Môrmôna ary tsy maintsy haringana na esorina amin'ny fanjakana, raha ilaina mba ho an'ny tombotsoan'ny be sy ny maro" (tao amin'ny History of the Church, *3:175). Efatra andro taty aoriana, ny Mpaminany Joseph Smith sy ireo mpitariky ny Fiangonana maromaro dia nisy namadika teo am-pelantanan'ny miaramila mpiambina ny fanjakan'i Missouri tao Far West, Missouri. Ny Mpaminany dia nanoratra fa ny Kôlônely Hinkle, izay mpikamban'ny Fiangonana ary miaramila mpitarika tokony hiaro ny Olomasina, "dia nilaza fa ny miaramila mpiambina ny fanjakana dia maniry ny hanao tafa sy dinika amiko ary ny olona sasany hafa, ary manantena fa hovahana ny olana mba tsy hahatanteraka ny baiko fandringanana izay voarain'izy ireo avy amin'ny Governora. Namaly avy hatrany ny fangatahana aho ary . . . nandeha tany amin'ny tobin'ny miaramila mpiambina ny fanjakana. Kanefa akory ny hatairako, raha, toa ka tokony noraisina tamim-panajana tahaka ny olompirenena iray mahita olona iray hafa aho, dia noraisina izahay [ny Mpaminany sy ireo mpiara-dia aminy] ho tahaka ny babo an'ady, ary dia nofatorana mafy. . . . Tsy hitako izay hanombohana ny fitantarana ny toe-javatra izay natrehiko. Ny tomany mafy sy ny fitarainan'ny feo efa mihoatra ny arivo, izay nanakoako teny amin'ny rivotra ary re hatrany amin'ny kilaometatra maro, ny fandrahonana sy ny fitenenan-dratsy ary ny ozona izay niraradraraka taminay tahaka ny riaka, dia ampy nampivarahontsana sy naha-vaky ny fonay. Ny alina dia nandry tamin'ny tany mangatsiaka izahay, voahodidin'ireo mpiambina matanjaka, izay tohanan'ny herin'Andriamanitra fotsiny tsy hanala ny ainay. . . .*

*"Nandeha tany an-tanana ireo miaramila mpiambina ny fanjakana, ary tsy nisy fandanjalanjana kely akory fa dia nandromba ny tanàna, ary nanao an-keriny ireo mponina tsy manan-tsiny sy tsy manan-kiarovana ary dia namela fahasimbana maro" (*History of the Church, *3:188–91).*

Fonjan'i Liberty

Nandritra ny herinandro maromaro nanaraka dia niharan'ny herisetra sy teny ratsy ny Mpaminany Joseph Smith sy ireo mpiara-dia aminy, ary noterena handeha tongotra lavitra be tao anatin'ny toetr'andro tena mangatsiaka, ary tamin'ny 1 Desambra 1838 dia nogadraina tao amin'ny fonjan'i Liberty tao Missouri. Tsy voaheloka amin'ny famonoan'olona ireto lehilahy ireto; na izany aza, dia notanana am-ponja izy ireo nandritra ny volana maro tao anatin'ny fepetra tena ratsy tokoa.

"Teo anelanelan'ny 20 Martsa sy 25 Martsa 1839, ny Mpaminany Joseph Smith dia nanonona filazana lava iray izay misy ny sonian'ny gadra rehetra (roa ilay taratasy raha ny tena marina, kanefa ny Mpaminany dia namaritra fa ilay faharoa dia tohin'ilay voalohany ihany). Nanoratra toy izao ny Filoha Joseph Fielding Smith mikasika ity taratasy ity: 'Ity dia iray amin'ireo taratasy izay tena lehibe indrindra nosoratan'ny tanan'olombelona. Raha ny tena marina dia vokatry ny fitaomam-panahy feno fanetren-tena izany. Izany dia vavaka sy faminaniana ary valiny amin'ny alalan'ny fanambarana avy amin'ny Tompo. Tsy misy fanahy afaka ny hanao izany afa-tsy fanahy lehibe feno ny fanahin'ny fitiavan'ny Tompo ihany no afaka manoratra izany taratasy izany. Raha tombatombanana [ny fijalian'izy ireo], dia tsy mahagaga raha nitomany ny Mpaminany ho fanamaivanana ny fahorian'ny fanahiny. Na izany aza, tao anatin'izany fitarainany taminkitsimpo izany, dia niaina ny fanahin'ny fandeferana sy fitiavana ireo namany izy.' (Church History and Modern Revelation, 2:176.)" (The Doctrine and Covenants Student Manual [Religion 324 and 325], 295–96).

Ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana fizarana 121–23 dia nalaina avy tamin'izany taratasy notononin'ny Mpaminany Joseph Smith tao amin'ny Fonjan'i Liberty izany. Tafiditra tao anatin'ny fanontana voalohany tamin'ny taona 1876 tao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana izy ireo.

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121

Lay (and. 1, 4)—Lay na elobe

Handoahany (and. 2)—Mandre ny fitarainana

Fahoriana (and. 7)—Fahoriana, fahasarotana

Orampanala (and. 11)—Fanala fotsy, mivongan'ny hatsika

Voahosotro (and. 16)—Voatondro hanompo

Hosarahina (and. 19)—Hozaraina

Menarana (and. 23)—Bibilava misy poizina

Miandrandra (and. 35)—Maniry, mitsiriritra

Manapatra (and. 37)—Manao izay mahafa-po

Fomba (and. 39)—Fahazarana

Tsy mihatsaravelatsihy (and. 41)—Milaza ny marina, mitsotra

Fitaka (and. 42)—Lainga

Manitsy (and. 43)—Manitsy amim-pitiavana sy amin'ny halemem-panahy

Eo no ho eo (and. 43)—Haingana, avy hatrany

Henjana (and. 43)—Mazava

Heveriny (and. 43)—Horaisiny, Fijeriny

Kibonao (and. 45)—Fo (ao amin'ny soratra masina, ny *kibo* dia ampiasaina matetika amin'ny fanehoana ny ivon'ny fahatsapan'ny olona iray)

Handravaka (and. 45)—Manome endrika, mampihaingo

Hitsika (and. 45)—Midina tsikelikely

Tehim-piandrianana (and. 46)—Tehina, mariky ny fahefana

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:3—Inona ny "Fampijaliana tsy Ara-dalàna"?

Nandritra ny fijanonan'ny Mpaminany Joseph Smith sy ireo mpitarika hafan'ny Fiangonana tao amin'ny fonjan'i Liberty, Missouri (jereo ny fampidirana ny F&F 121 ato amin'ity boky fandalinan'ny mpianatra ity), dia "mihoatra ny 8.000 arivo ireo Olomasina niampita avy any Missouri nandeha nankany atsinanan'i Illinois mba hitsoaka ny baiko fandringanana [navoakan'ny Governora Lilburn W. Boggs]. Voatery izy ireo nandeha nandritra ny hatsiakan'ny ririnina, ary na dia ny Filohan'ny Kôlejin'ny Roambinifololahy Brigham Young aza no nitarika azy ireo sy nanome azy ireo fanampiana araka izay tratrany, dia mbola nijaly mafy izy ireo" (*Our Heritage: A Brief History of The Church of Jesus Christ of Latter-day Saints* [1996], 51).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:7—Ny Soa azo avy amin'ny Fijaliana

"Afaka ny hisy soa azo avy amin'ny fijaliana eo amin'ny fiainan'olona iray, araka ny nolazain'ny Loholona James E. Faust [mpikambana tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo] hoe: 'Ao anatin'ny fijaliana, fahoriana ary ny ezaka lehibe mitaky herim-po eo amin'ny fiainana, dia mandalo ny afo fanadiovana isika, ary ireo zavatra tsy misy dikany sy tsy manan-danja eo amin'ny fiainantsika dia mitsonika tahaka ny tain-drerika ary mahatonga ny finoantsika hamiratra, tsy misy pentina, ary matanjaka. Ary amin'izay, ny endrika masina dia azo tarafina eo amin'ny fanahy. Anisan'ny fandrendrehana takiana amin'ireo izay te-hahafantatra an'Andriamanitra izany. Eo amin'ny fahorian'ny fiainana, dia toa mihaino kokoa ireo malemy isika, sy ny bitsika avy any an-danitry avy amin'ilay Mpiandry Ondry Tsara.' (Tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Apr. 1979, p. 77; na *Ensign,* Mey 1979, p. 53.)

"Misy ireo finoana diso izay milaza fa ny fijalian'izy ireo dia famaizana avy amin'Andriamanitra, kanefa dia misy fiavahana lehibe eo amin'ny anton'ny fahoriana sy ny fampiasana ny fahoriana: 'Indrisy anefa, fa ny ankamaroan'ny fahoriana lehibe indrindra izay mahazo antsika dia vokatry ny hadalana sy ny fahalementsika ary mitranga noho ny tsy firaharahiantsika na fandikan-dalàna ataontsika' (James E. Faust, tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Apr. 1979, p. 78; na *Ensign,* Mey 1979, p. 54). Ireo fijaliana sasany dia vokatry ny fahalemena sy ny fahalovan'ny vatana ara-nofo, izay hiharan'ny aretina sy ny tsy fahatomombanana. Antony hafa ihany koa ny fisafidianan'ireo olon-dratsy ny fampiasana tsy araky ny tokony ho izy ny fahafahan'izy ireo misafidy. . . .

". . . Raha niresaka ny fanagadrana sy ny ireo tsy fanenjehana tsy amin-drariny nihatra tamin'i Joseph Smith, ny Filoha Brigham Young dia nilaza fa ny Mpaminany dia nandroso nankany amin'ny fahatanterahana bebe kokoa tao anatin'ny valo

ambin'ny telopolo taona niainany noho ny fahoriana izay resiny hatrany mihoatra ny mety hanaovany izany ao anatin'ny arivo taona tsy misy izany fampijaliana izany (jereo *Journal of Discourses*, 2:7)" (*Doctrine and Covenants Student Manual*, 296).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:34–36—Voantso sy Voafidy

Taorian'ny fanambarana ny ampahany voalohan'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:34, ny Filoha Harold B. Lee dia nilaza hoe: "Izy ity dia manoro hevitra antsika fa na dia manana ny fahafahana misafidy aza isika, dia maro ireo izay efa voatendry mialoha talohan'ny namoronana izao tontolo izao, mba hanana toerana ambonimbony kokoa mihoatra izay homanin'izy ireo eto. Na dia nisy tamin'izy ireo aza no anisan'ireo ambony sy lehibe, izay anisan'ny nambaran'ny Ray fa ho mpitarika nofinidiny, dia mety ho lavo amin'izany antso izany izy ireo eto amin'ity fiainana an-tany ity" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Ôkt. 1973, 7; na *Ensign*, Jan. 1974, 5).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:38—Inona no Dikan'ny hoe "Hanipaka ireo Fanindronana"?

Ny fanindronana, na fanjaibe, dia hazo maranitra, indraindray misy lohany vy, entina hiandrasana ireo biby fiompy. Amin'ny dikany ara-pilazantsara, ny hoe "hanipaka ireo fanindronana" dia ny manohitra na mikomy amin'ny didin'Andriamanitra na fanerena ara-panahy, izay mankahery antsika hivoatra amin'ny lalana marina.

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny roa amin'ireto asa manaraka ireto (A–E) rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121 ianao.

A Teny Fampiononana avy amin'ny Mpaminany

1. Soraty araka ny fomba filazanao azy ny fanontanian'ny Mpaminany tamin'ny Tompo ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:1–3.
2. Inona no zava-nitranga izay mety hanazava ny antony nahatonga ny Mpaminany halahelo ireo Olomasina? (jreo ny fampidirana ny F&F 121 amin'ity boky fandalinan'ny mpianatra ity sy ny fizarana «Fahatakarana ny Soratra Masina» ho fanampiana raha ilaina).
3. Soraty araka ny fomba filazanao azy ny zavatra nolazain'ny Tompo ka nampionona ny Mpaminany ao amin'ny andininy 7–10.
4. Ahoana no mety hanampian'ny voalazan'ny Tompo ao amin'ny andininy 7–10 anao hahay handray amin'ny fomba tsaratsara kokoa ireo fitsapana sy ny fahasarotana izay atrehanao?

B Hazavao ny Vokany

Misy fotoana izay mety ieritreretana fa tsy voasazy ireo olondratsy izay nanenjika ireo mahatoky. Avy amin'ny famakianao ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:11–25, dia hazavao ny vokatra ho azon'ireo izay miady amin'Andriamanitra sy ny mpanompony. Jereo manokana ny fampiasana ireto teny na andian-teny ireto amin'ny valinteninao: *jamba*, "*mety ho tonga amin'izy ireo*," *voafafa, hokapaina, hofatorana, fisoronana, fikoseham-bary.*

Ho an'ireo izay manenjika ny mpanompon'ny Tompo, dia "tsara ho azy ireo raha nanantonana vato fikoseham-bary ny vozony, ka natsipy tany amin' ny halalin' ny ranomasina izy ireo" (F&F 121:22).

D Ny Isan'ireo Fampanantenana

Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:26–33, ny Tompo dia nampanantena fitahiana ho an'ireo mahatoky. Isao ao anaty soratra masinao ny isan'izy ireo, ary soraty izay iray manan-danja aminao.

E Soratra Masina Fehezina—Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:34–36

Ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:34–46 dia mampiseho ny tokony ho ataon'ny mpihazona ny fisoronana mba hanomezam-boninahitra ny fisoronany sy ampiasana izany araky ny tokony ho izy. Rehefa mandalina ireo andininy ireo ianao, dia valio ireto fanontaniana manaraka ireto:

1. Nahoana ny sasany no "voafidy" ary ny hafa tsy voafidy?
2. Inona no fifandraisana misy eo amin'ny "zon'ny fisoronana" sy ny "herin'ny lanitra"?
3. Inona no fitsipika izay hifehezana ny herin'ny lanitra?
4. Inona no mahatonga ny mpihazona fisoronana iray hamery ny herin'ny fisoronana?
5. Inona no fomba tsy maintsy ataon'ireo mpihazona ny fisoronana marina mba hanana fitaomana eo amin'ny hafa amin'ny fomba tsara?
6. Inona ireo fitahiana nampanantenaina ireo izay mampiasa ampahamarinana ny fisoronana?

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 122

"Aza Matahotra izay Mety Hataon'ny Olona"

Angamba ianao efa nahatsapa, tahaka ny ankamaroan'ny olona tamin'ny fotoana iray fa tsy rariny ny zava-mitranga eo amin'ny fiainana satria mijaly noho ny hafa ianao. Rehefa nosoratana ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana fizarana 121–23, dia nihidy tao amin'ny Fonjan'i Liberty i Joseph Smith sy ireo mpiara-dia taminy nandritra ny efa-bolana ary tsy nisy fanenjehana nanamelohana azy ireo akory na fitsarana natao. Rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 122 ianao, dia jereo ny antony hamelan'ny Tompo, na dia ireo olo-marina aza, hijaly.

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 122

haneso (and. 1)—Handrabiraby, manebaka

Tandidomin-doza (and. 5)—Loza

Alon-drano misamboaravoara (and. 7)—Onjan-dranomasina lehibe

Hamefy (and. 7)—Hisakana

Hampitanatana ny vavany hamely anao (and. 7)—Hisokatra malalaka hisambotra anao

Fetra (and. 9)—Fetra tsy azo hihoarana

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 122:7—Ahoana ny Fahoriana sy ny Fijaliana no ho Soia ho Antsika?

Ny Filoha Harold B. Lee dia nilaza hoe: "Aza matahotra ny fizahan-toetra sy ny fitsapana eo amin'ny fiainanareo. Indraindray ianao rehefa mandalo ireo fizahan-toetra faran'izay mafy tokoa, dia tena manakaiky kokoa an'Andriamanitra tsy araka ny ieritreretanao azy ianao, izay tahaka ny zavatra niainan'ny Tompo teny an-tendrombohitra ihany, sy tao amin'ny sahan'i Getsemane, ary teny ambonin'ny hazo fijaliana tao Kalvary, araky ny voalazan'ny soratra masina hoe: 'Ary indreo, nisy anjely tonga ka nanompo Azy' (Matio 4:11). Indraindray dia miseho izany mandritry ny fotoam-pahorianao" (*The Teachings of Harold B. Lee,* ed. Clyde J. Williams [1996], 192; jereo koa ny fizarana «Fahatakarana ny Soratra Masina» ho an'ny F&F 121:7, p. 138).

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny asa A rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 122 ianao.

A Mitadiava Fanampiana mandritra ny Fahorianao

1. Rehefa tezitra ny olona iray noho ny fahoriana na fijaliana atrehin'izy ireo, dia matetika izy ireo no miandrandra ny lanitra ary manontany hoe: "Nahoana no izaho?" Ny fihetsiky ny Mpaminany Joseph Smith dia hafa mihitsy. Avereno vakiana ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:2–3 ary tanisao ireo fanontaniana izay napetrany ho solon'ny hoe "Nahoana no izaho?"
2. Na dia tsy nanontany ny hoe nahoana no izaho sy ny antony hiaretan'ny Fiangonana fitsapana mahery vaika izao aza ny Mpaminany, dia nanome antony vitsivitsy momba izany azy ny Tompo. Avy amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 122:5–9, dia fintino ireo nolazain'ny Tompo an'ny Mpaminany.
3. Manorata momba izay zavatra nanaitra anao tao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 122 izay hanampy anao hiatrika ny fahoriana sy fijaliana eo amin'ny fiainanao.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 123

Ny Maha-zava-dehibe ny Fihazonana ny Firaketana

Any amin'ny fitsarana farany, ny olona rehetra dia "hotsaraina araka izay zavatra voasoratra teo anatin'ny boky araka ny asany" (Apokalypsy 20:12). Rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 123 ianao, dia jereo raha afaka ny hianatra momba ny firaketana ianao izay azo ampiasaina amin'ny fitsarana ary ny fomba ampiasana ireo firaketana ireo alohan'ny fitsarana farany.

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 123

Mahamety (and. 1)—Hanitsiana, Hanadiovana

Teny ombam-pianianana (and. 4)—Tenivavolombelona an-tsoratra momba ny fahamarinana izay nianianana

Manatombotomboka (and. 4–5)—Diso sy mandratra

Asan-devoly mamohehitra (and. 5)—Fitambaran'ny lainga ratsy

Fanerena mamono sy mahatsiravina (and. 5)—Asa ratsy sy famonoana

Andidiany antsika (and. 6)—Takiany amintsika

Tsy azo hiodivirana (and. 7, 9, 11)—Tena ilaina

Namantsika (and. 7)—Mametaka, mampiorina

Hoavy (and. 15)—Ny ho avy

Familiana (and. 16)—Fitaovana hamiliana ny sambo



"Ny sambo iray tena lehibe dia mahita tombon-tsoa lehibe tokoa amin' ilay familiana faran'izay bitika izay mihazona azy amin' ny lalany arakaraka ny rivotra sy ny onja" (F&F 123:16).

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny asa A rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 123 ianao.

A Inona ny Zavatra Ilaina Ataonao?

1. Raha toa ianao ka mpikamban'ny Fiangonana tamin'ny taona 1839, dia inona no zavatra nandrasana ho ataonao mba hahatanteraka ny didin'ny Tompo ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 123:1–5?
2. Tanisao avy amin'ny zavatra nianaranao tao amin'ny andininy 5–15 ireo zavatra ilainao miaraka amin'ireo fampahalalana izay nangoninao.
3. Inona ireo firaketana azonao hazoninao ankehitriny izay mety ho lasa fitahiana ho an'ireo taranaka mbola ho avy ao amin'ny Fiangonana?

Ny Fiangonana tao Nauvoo, Illinois

"Vokatry ny fanenjehana tao amin'ny fanjakan'i Missouri, dia nandeha nifindra teo amin'ny roa ambin'ny roapolo sy telonjato kilaometatra somary avaratra atsinanana ireo Olomasina, avy eo niampita ny reniranon'i Mississippi, ary tany Illinois, izay nahitan'izy ireo toerana tsaratsara kokoa. Nahafahan'ireo Olomasina nividy tany manakaiky ilay tanànan'i Commerce mbola tsy dia nandroso izany. Ity tany ity dia saika heniheny midadasika izay ahitana trano vitsivitsy fotsiny. Notsihifin'ireo Olomasina ny rano tamin'ity tany ity ary dia nanorina trano izy ireo. Nafindran'i Joseph Smith tao amin'ny trano kely iray izay ny fianakaviany. Ny anaran'ilay tanàna hoe Commerce dia novaina hoe Nauvoo, avy amin'ny teny Hebreo izay midika hoe 'mahafinaritra' " (The Guide to the Scriptures, s.and. "Nauvoo, Illinois (USA)", 173–74).

Ny Mpaminany Joseph Smith dia nirakitra fizarana maromaron'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana tao Nauvoo (jereo F&F 124–29, 132), anisan'izany ny didy mba hananganana tempoly tao (jereo F&F 124:26–27). Ary tao Nauvoo no nandrafetan'ny Loholona John Taylor, mpikambana tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, ny taratasy fijoroany ho vavolombelona tamin'ny naha-maritiora ny Mpaminany Joseph Smith sy ny rahalahiny Hyrum (jereo F&F 135).

Nanangana ny Tempolin'i Nauvoo ireo Olomasina, nanangana paroasy sy tsatòkan'i Ziona, nanorina ny Fikambanana Ifanampiana ary nanomboka ny ôrdônansy ho an'ny maty talohan'ny nandroahana azy ireo hiala ny tokantranony tamin'ny taona 1846. Niala ny faritra izy ireo ary nanohy ny lalany nankany andrefana, teo ambany fitarihan'ny Filoha Brigham Young, vokatr'izany fanenjehana izany.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 124

Trano Masina sy Antso Masina

Maro ireo antsipiriany izay ilaina jerena akaiky nandritra ny fotoanan'ny Fiangonana tany am-boalohany tany Nauvoo, Illinois. Ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 124 dia mirakitra ireo torolalana momba ny trano roa manandanja sy ireo antso marobe ho an'ny olona tsirairay. Rehefa mandalina ity fanambarana ity ianao, dia jereo ny zavatra nampianarin'ny Tompo momba ny maha-zava-dehibe ny tempoly sy ny ôrdônansin'ny tempoly. Tianao ve ny hanomezan'ny Tompo anao torolalana azo ampiharina izay mifandray mivantana amin'ireo fanamby hatrehinao? Ahoana no hanaovany izany ankehitriny?

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 124

Fanambarana (and. 2)—Filazana ôfisialy

Hanjo (and. 5)—Hiseho amin'ny

Andron'ny famaliana (and. 8, 10)—Ny Fiaviana Fanindroan'i Jesoa Kristy

Mahitsy fo (and. 15)—Mahatoky, marina, hatsarana

Fitaka (and. 20)—Hadisoana

Rakitry ny ela (and. 26)—Fananana efa ela nefa manana ny lanjany, lova

Fialofana (and. 36)—Fialofana, toeram-piarovana

Fanati-pahatsiarovana (and. 39)—Firaketana, Fitahirizana an-tsoratra

Fanambarana (and. 39, 126)—Fanambarana

Didim-pitsarana (and. 39)—Lalàna

Sitrako (and. 41)—Fanekena ara-dalàna

Fiononana (and. 53)—Fampiononana

Volin'ny laza (and. 61)—Mpitarika ny Fiangonana

Lalam-panorenana (and. 63)—Fitsipika fototra na fandaminana

Petra-bola (and. 63)—Fampiasam-bola, vola omena ho sandan'ny vidin'ny orinasa

Niezaka (and. 85)—Nikatsaka, nanandrana

Hiova ho (and. 87)—Handray anjara amin'ny

Dikateny vaovao (and. 89)—Ny Baiboly dikatenin'i Joseph Smith

Hanetry tena (and. 114)—Manetry tena

Karamany (and. 121)—Fandoavana, valisoa

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 124:2—"Holambolamboina amin' ny Fikaliana izay araka ny Fitoviany amin' ny Lapa"

Ny Tompo dia nandidy ny Olomasina mba hanao ny tsatòkan'ny Fiangonana tao Nauvoo, Illinois, mba ho "vato fehizoron'i Ziona" sy hanao izany ho mahafinaritra tahaka ny lapa. Na oviana na oviana rehefa manangona ny Olomasiny mahatoky ny Tompo, dia nandidy azy ireo Izy mba "hitsangàna ary [h]amirapirata mba hahatonga ny fahazavanao ho faneva ho an' ireo firenena" (F&F 115:5).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 124:2–6—"Manao Fanambarana Mazava . . . amin'ny Firenena Rehetra"

"Ny fahatontosan'ity fitarihana avy amin'ny Tompo ity dia tsy tonga raha tsy tamin'ny taona 1845. Olona maromaro no nanampy tamin'ny fanomanana ny taratasy, kanefa toa voasakan'ny toe-draharaha ho azy izany raha tsy efa taty aoriana, rehefa navoakan'ny Roambinifololahy izany (jereo *History of the Church,* 6:80; 7:320, 558)" (*Doctrine and Covenants Student Manual,* 304).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 124:6—Inona no "Voninahitra" tonga tamin'i Ziona?

"Tamin'ny taona 1841, rehefa nomena ity Fanambarana ity, dia nisy mponina teo amin'ny 3.000 teo ho eo ity tanàna mahafinaritra ity. Neken'ny Solombavam-bahoakan'i Illinois ny fifanarahana, izay nanomezana an'i Nauvoo governemanta monisipaly malalaka, ary nanomezana fahefana amin'ny hamoronana miaramila mpiambina ny fanjakana sy hananganana Oniversite. Efa ho hatsangana ny Tempoly. Efa niangona ireo Olomasina izay niely patrana, ary nanomboka niroborobo haingana tokoa ny fanjanahana an'i Illinois. Nahomby be tokoa ny asa fitoriana natao tany Angletera. Izany no fepetra ankapobeny tamin'ny nanomezana ity Fanambarana ity. Nanana fotoam-pitsaharana kely ny Fiangonana teo. Nisy ny fitoniana alohan'ny orambaratra manaraka" (Smith and Sjodahl, *Doctrine And Covenants Commentary,* 768).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 124:19, 130—"I David Patten Izay Miaraka Amiko amin'izao Fotoana izao"

Ny Loholona David W. Patten, mpikambana tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, dia novonoina tamin'ny 25 Ôktôbra 1838 tamin'ny nandritry ny fifanandrinana tao amin'ny Reniranon'i Crooked tao Missouri. Ny Loholona Heber C. Kimball, izay mpikambana tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, dia nandeha nitsidika ny Loholona Patten rehefa ho faty iny izy. Nanoratra ny Loholona Kimball hoe:

"Ny fitsipiky ny Filazantsara dia tena sarobidy taminy tokoa teo aloha, dia voatandriny tamim-boninahitra hatramin'ny ora farany ary nanome azy fanohanana sy fampiononana tamin'ny fotoana izay nandehanany, izay nahatonga ny fahafatesany tsy toy ny fanindronana sy faharatsiana. Raha niresaka mikasika ireo lavo tamin'ny fijoroany tsy tamim-pihozongozonana izy, dia nanambara hoe: 'Inay anie izy ireo ho eto amin'ny toerako! Fa nahatsapa aho fa nitazona ny finoako, efa nahavita ny diako, ka hisy satro-boninahitra omanin'ny Tompo, ilay Mpitsara marina ho ahy.'

"Raha niresaka ny vady malalany izay nanatrika ny fotoana nahafatesany izy, dia nilaza hoe: 'n'inon'inona ataonao, dia aza mandà ny finoana!' " (tao amin'ny "History of Brigham Young," *Millennial Star,* 16 Jolay 1864, 454–55).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 124:22–24, 56–83, 119–121—Ny Trano tao Nauvoo

"Ny Mpaminany dia nandray an-tanana ny fanamboarana ny Trano fandraisam-bahiny tao Nauvoo haingana araka izay tokony ho izy toy ny fanamboarana tempoly. Nokasainy ho toerana fialamboly ho an'ny Olomasina sy toerana hampianaran'izy ireo ny fahamarinana ho an'ireo 'olon'ny harena, malaza, ary manana ny toerany' izany [*History of the Church,* 5:328; jereo koa 5:137]. Ny vato fehizoron'izany trano izany dia napetraka tamin'ny 2 Ôktôbra 1841, ary firaketana manan-danja maromaro, anisan'izany ny rakitsoratra tany am-boalohany indrindra an'ny Bokin'i Môrmôna no napetraka tao. Namporisihina teny amin'ny polipitra hatrany ireo rahalahy mba hiasa amin'ny fanamboarana ilay trano fandraisam-bahiny; na izany aza dia niadana ny fandrosoan'ny asa noho ny tsy fahampian'ny hoenti-manana. Tamin'ny volana Martsa 1844 dia nahemotr'i Joseph Smith ny fanohizana ny fanamboarana ilay trano fandraisam-bahiny mba hanohizana ny fananganana ny tempoly" (*Church History in the Fulness of Times,* 243).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 124:25–36—Batisa ho an'ny Maty

Tao amin'ny lahateny nomena tamin'ny Jiona 1843, dia nampianatra momba ny maha-zava-dehibe ny tempoly sy ny ôrdônansin'ny tempoly ny Mpaminany Joseph Smith, anisan'izany ny batisa ho an'ny maty:

"Izany dia no tanjona efa notapahina tamin'ny filankevitra tany an-danitra talohan'ny namoronana an'izao tontolo izao, fa ny fitsipika sy lalàn'ny fisoronana dia hanan-kery noho ny fanangonana ny olona rehetra araka ny taonany eto amin'izao tontolo izao. I Jesoa dia nanao ny zava-drehetra hanangonana ny olona, kanefa tsy nety niangona izy ireo, ary dia nandrotsaka ozona tamin'izy ireo Izy. Ny Ôrdônansy izay napetraka talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao, ao amin'ny fisoronana, ho famonjena ny olona, dia tsy tokony kitihina na ovaina. Ireo rehetra ireo dia tsy maintsy ho vonjena amin'ny alalan'ny fitsipika iray ihany.

"Izany tanjona izany ihany no hanangonan'Andriamanitra ny olony amin'ny andro farany, hananganana eo anoloan'ny Tompo trano izay hiomanan'izy ireo amin'ny ôrdônansy sy ny fanafiana masina, ny fanasana sy ny fanosorana, sns. Iray amin'ireo ôrdônansy ao amin'ny tranon'ny Tompo ny batisa ho an'ny maty. Nanome lalàna Andriamanitra talohan'ny namoronana an'izao tontolo izao fa izany ôrdônansy izany dia tokony atao anaty toerana fanaovana batisa voaomana ho an'izany tanjona izany ao amin'ny tranon'ny Tompo" (*History of the Church,* 5:423–24).

Ny firesahana voalohany momba ny batisa ho an'ny maty ao amin'ny soratra masina maoderina dia hita ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 124:29–36. Kanefa tsy vao izay akory izany no nampianarina tamin'ity fotoampitantanana ity. Tamin'ny taratasy ho an'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, natao tamin'ny volana Ôktôbra 1840, ny Mpaminany Joseph Smith dia nanoratra hoe:

"Mino aho fa ny fotopampianarana momba ny 'batisa ho an'ny maty' dia mety efa ren'ny sofinareo talohan'ny fisian'ity taratasy ity, ary mety efa nametrahanareo fanontaniana tao an-tsainareo ny momba izany tranga izany. Tsy afaka manome ny fampahalalana rehetra irinareo ho fantatra momba izany ato amin'ity taratasy ity aho; fa ankoatra ny fahalalana ivelan'ny voalaza ao amin'ny Baiboly, dia afaka milaza aho fa nampiharina tamin'ny fiangonana fahiny izany; ary ny Masindahy Paoly dia niezaka nanaporofo ny fotopampianaran'ny fitsanganana amin'ny maty raha nilaza hoe: 'Raha tsy izany, hanao ahoana izay atao batisa ny amin' ny maty? Raha tsy hatsangana mihitsy ny maty, nahoana ireny no atao batisa ny aminy?' [1 Korintiana 15:29.]

"Nolazaiko ampahibemaso voalohany izany fotopampianarana izany nandritra ny toriteny izay nataoko tamin'ny fandevenana ny Rahalahy Seymour Brunson [15 Aogositra 1840]; ary taorian'izay dia nanome torolalana ho an'ny Fiangonana amin'ny ankapobeny momba io lohahevitra io aho. Nanana fahafahana ho atao batisa ho an'ny fianakavian'izy ireo izay efa maty ireo Olomasina, izay hinoan'izy ireo fa nanaiky ny filazantsara, raha toa izy ireo ka nanana fahafahana ny nandre izany, ary nandray izany Filazantsara izany tamin'ny fanahy, avy amin'ny alalan'ny fitaovana izay nananan'ireo voatondro hitory azy ireo nandritra ny fotoana tany am-pigadrana.

"Mba tsy hanitarantsika ny lohahevitra, dia ho hitanao tsy ampisalasalana ny fahamarinany sy ny tena antony mazava; ary izany dia maneho ny Filazantsaran'i Kristy amin'ny endriny mivelatra kokoa tsy araka ny eritreretin'ny sasany azy" (*History of the Church,* 4:231).

"Ny fanambarana dia nanazava fa ny ôrdônansin'ny batisa ho an'ny maty dia ho atao amin'ny toerana izay hotendren'ny Tompo irery ihany. Ny fanatanterahana ny ôrdônansy any ivelan'ny tempoly dia azo ekena amin'ny anton-javatra manokana irery ihany, ary talohan'ny nahavitana ny Tempolin'i Nauvoo dia nanome lalana ny Tompo hanatanterahana ny ôrdônansy teny amin'ny Reniranon'i Mississippi. Tamin'ny volana Ôktôbra 1841 dia nampilaza ny Mpaminany fa tsy misy batisa ho an'ny maty azo tanterahina

intsony mandrapahavitan'ny toerana fanaovana batisa. Vita izany tamin'ny volana Nôvambra, ary dia nanomboka indray ny batisa tamin'ny faha-iraika ambin'ny roapolon'ny volana (jereo F&F 124:27–30)" (*Doctrine and Covenants Student Manual*, 307).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 124:28—Inona ilay hoe "Fahafenoan'ny Fisoronana" Voalaza Eto?

Ny Filoha Gordon B. Hinckley dia niteny hoe: "Amin'ny alalan'ny fanalahidin'ny fisoronana masina izay napetraky ny Tompo tamin'ny Roambinifololahy rehefa nandeha niaraka tamin'ny Tompo izy ireo, izay fanalahidy naverina tamin'ny laoniny tamin'ny alalan'ireo izy nihazona izany fahagola—ary tamin'ny alalan'izany no nahazoana fitahiana lehibe fanampiny, anisan'izany ny ôrdônansy tokana sy manan-danja tanterahina ao amin'ny tranon'ny Tompo.

Amin'ny alalan'ireo ôrdônansy ireo ihany no hahafantarana ny fampiharana ny 'fahafenoan'ny fisoronana' (F&F 124:28)" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Ôkt. 1985, 73; na *Ensign*, Nôv. 1985, 59)

Ny Filoha Boyd K. Packer, Filoha Misolo tena ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, dia nanazava fa: "Tsy misy olona mahazo ny fahafenoan'ny fisoronana raha tsy misy vehivavy eo akaikiny. Ary tsy misy lehilahy, afaka mahazo ny fahafenoan'ny fisoronana hoy ny mpaminany eny ivelan'ny tempolin'ny Tompo [jereo F&F 131:1–3]. Ary dia eo akaikiny ao amin'izany toerana masina izany ravehivavy. Mizara izay rehetra azon'ny lehilahy izy. Ny lehilahy sy ny vehivavy tsirairay dia mandray ny ôrdônansin'ny fanafiana masina. Nefa ny lehilahy dia tsy afaka ny miakatra amin'ny ôrdônansy ambony indrindra—ny ôrdônansin'ny famehezana—raha tsy miaraka amin-dravehivavy eo akaikiny" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Apr. 1998, 96; na *Ensign*, Mey 1998, 73).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 124:87–91, 97–102—I William Law

I William Law dia nantsoina ho mpanolontsaina faharoan'ny Mpaminany Joseph Smith ary nampanantenaina fitahiana sy fanomezana izay olom-bitsy ihany no efa nampanantenaina izany. Tsy nijanona ho mahatoky anefa izy, ary tamin'ny 18 Aprily 1844 dia nesorina tsy ho mpikamban'ny Fiangonana intsony "noho ny fitondrantenany tsy araka ny an'i Kristy" (*History of the Church*, 6:341). Na dia mpanolotsain'i Joseph aza i "William Law, dia anisan'ny fahavalo nangidy loatra taminy sy nahavaky fo azy . . . ; ary taty aoriana dia voaporofo fa anisan'ny niray tsikombakomba tamin'ireo mponin'i Missouri hanala ny ain'i Joseph Smith. . . . Kanefa, na dia efa namono olona tao am-pony aza izy, ny fomba fanaony amin'ny ankapobeny dia feno fanajana sy malemy, ary dia voakajiny tsara ny fomba entina hamitahana" (tao amin'ny *History of the Church*, 7:57).

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny dimy amin'ireto asa manaraka ireto (A–F) rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 124 ianao.

A Karohy ny Tanjon'ny Tempoly

1. Tanisao araky ny zavatra vakianao ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 124:25–41, ireo antony nolazain' ny Tompo fa hananganana ny tempoly.
2. Misafidiana roa amin'ireo antony ireo ary lazao ny antony maha-manan-danja ireo fitahiana ireo aminao. Ohatra, lazao ny maha-manan-danja ny ôrdônansin'ny tempoly aminao.

B Hazavao ny Vokany

Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 124, ny Tompo dia niteny tamin'ny Mpaminany Joseph Smith fa manandanja ny hananganana ny tempoly ho an'ny Tompo, fa ny fananana ilay trano anefa dia tsy ampy.

1. Ataovy ao anaty faribolana ny teny hoe *raha* isaky ny miseho izany ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 124:42–48. Avy eo dia tanisao izay nolazain'ny Tompo fa hiseho isaky ny "raha."
2. Fintino izay zavatra nianaranao tao amin'ireo andininy ireo ao anatin'ny fehezanteny roa misy "raha-dia". Ny iray mamaritra ny fitahiana avy amin'ny fankatoavana ary ny iray kosa maneho ny vokatry ny tsy fankatoavana.

D Hazavao ny Fitsipika

Ao amin'ny 1 Nefia 3:7, i Nefia dia naneho ny finoany fa hanampy azy hanatontosa izay rehetra handidiany azy mba ataony ny Tompo. Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 124:49–54, ny Tompo dia maneho toe-javatra izay hanandraman'ny Olomasina hanao am-pahatokiana izay angatahiny tamin'izy ireo kanefa tsy tontosany. Ampitahao ireo soratra masina roa ireo ary hazavao ny fitsipiky ny fankatoavana izay ampianarin'izy ireo.

E Ny Antson'i Hyrum Smith

Ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 124:91–96 dia mampianatra momba ny antson'i Hyrum Smith.

1. Tanisao ireo adidy sy andraikitra iantsorohan'i Hyrum Smith.
2. Iza no nosoloiny?

F Fantaro ireo Mpitarika

Karohy ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 124:124–144 ary fantaro ireo izay nihazona ny anjara fanompoana tao amin'ny fisoronana:

1. Patriarika
2. Filohan'ny Fiangonana
3. Mpanolotsaina ao amin'ny Fiadidiana Voalohany
4. Filohan'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo
5. Mpikambana ao amin'ny Filankevitra Avon'ny Tsatòka
6. Filohan'ny Mpisorona Avo
7. Fiadidian'ny Kôlejin'ny Loholona
8. Fiadidian'ny Fitopololahy
9. Episkopà

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 125

Zarahemla, Iowa

*Ahoana no nahazoan'ny tanànan'i Iowa ny anarana Zarahemlà ao amin'ny Bokin'i Môrmôna? Aiza no misy azy, ary nahoana ny Tompo no niteny tamin'ireo Olomasina nonina tao? "Tsy ny Olomasina rehetra izay voaroaka avy tany Missouri no nialokaloka tao Illinois. Ny sasany tamin'izy ireo dia nipetraka tery ampitan'ny Reniranon'i Mississippi avy tany Nauvoo, tao Iowa. Ny fanambarana [Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 125] dia tonga ho valin'ny fanontaniana momba ny tokony hijanonan'izy ireo na tsia ao Iowa na hiangonany ao amin'ny faritr'i Illinois. Iray amin'ireo nanoro hevitra voalohany fa tokony hipetraka ao Iowa ireo Olomasina dia ny Dr. Isaac Galland, ilay lehilahy izay nivarotra ny tany nananganana an'i Nauvoo. Ny Loholona Joseph Fielding Smith dia nanoratra fa 'nanoro hevitra ny Olomasina hipetraka ao Iowa, izay faritany, Andriamatoa Galland tamin'ny fifandraisana tamin'i David W. Rogers, satria noeritreretiny fa hahazo fiarovana kokoa amin'ireo andian'olona mpihetraketraka teo ambany fahefan'ny Etazonia izy ireo, mihoatra ny hijanonan'izy ireo eo amin'ny fanjakana Iraisana, "izay toerana hanjakan'ny famonoan'olona, fanolanana, ary fandrobana (!) izay toetra hananan'ireo mpanabosibosy; ary matetika mahazo toerana ambony ireo olona faran'izay ratsy." Nanoratra tamin'ny Governora Robert Lucas an'i Iowa, ihany koa izy izay nahafantatra ny "Môrmôna" tao Ohio, ary niresaka betsaka momba azy ireo amin'ny maha-olom-pirenena tsara tokoa (*Essentials in Church History, p. 220.)" (Doctrine and Covenants Student Manual, 311).*

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 125

Faritany (and. 1)—Ampahan'i Etazonia izay mbola tsy fanjakana

Ta hanao (and. 2)—Mikasa, manandrana

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 125:3–4—Zarahemla sy Nashville

Ny sasany amin'ireo Olomasina izay nitsoaka avy tany Missouri dia nipetraka teo amin'ny ilany andrefan'ny Reniranon'ny Mississippi, manodidina ny tanànan'i Montrose sy Nashville, Iowa. Ny Fiangonana dia nividy tany mirefy 8.094 hektara tamin'izany faritra izany ary ny Tompo dia nandidy ny hananganana tanàna antsoina hoe Zarahemla amin'izany toerana izany. Rehefa tonga teo ny Olomasina tamin'ny taona 1839, ny mponina tao amin'ny Faritanin'i Lee, Iowa, izay nahitana io tanàna io dia miisa 2.839. Tamin'ny taona 1846 dia niakatra ho 12.860 ny isan'ny mponina. Rehefa niala ho any andrefana ny Olomasina tamin'ny taona 1846, dia nialana ary tsy nisy intsony izany fonenana izany.

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny asa A rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 125 ianao.

A Manaova Sarintany

Amin'ny fampiasana ireo voalaza ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 125 ary ny sarintany ao amin'ny faran'ny triptika, dia manaova sarintany ao anaty kahienao izay mampiseho ny Faritanin'i Jackson, Missouri; Nauvoo, Illinois; ary Montrose, Iowa. Firy ny halaviran'ny dia nataon'ny Olomasina avy tany Missouri ho any Nauvoo sy ireo faritr'i Montrose?

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 126

Fanambarana ho an'i Brigham Young

Ahoana no ho fahatsapana raha hanompo hitory ny filazantsara ianao isaky ny fahavaratra mandritra ny folo taona? Tamin'ny taona 1841, i Brigham Young dia nandeha nitory ny filazantsara hatramin'ny nahavitan'ny batisany tamin'ny taona 1832, anisan'izany ny herintaona tany Angleterra. Rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 126 ianao, dia tadiavo ireo torohevitry ny Tompo nomeny ny Filoha Young, avy eo ny Filohan'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, momba ny fitoriana ny filazantsara manaraka.

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 126

Fikelezana aina (and. 2)—Miady mafy, miasa

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 126:1—"Tsy Takiana eo an-tananao Intsony"
Rehefa tsy nitaky tamin'i Brigham Young mba handaozany ny fianakaviany mba hanatanteraka asa fitoriana fanampiny ny Tompo, dia nanatontosa asa fitoriana fohifohy izy. Rehefa nanaparitaka lainga momba ny Fiangonana i John C. Bennett ilay nesorina hiala tamin'ny Fiangonana, dia nandeha nihaona tamin'ny olona nanitsy ny lainga ny Filoha Young, Filohan'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo. Nandeha nanangona ireo vola fanomezana ho an'ny Tempolin'i Nauvoo ihany koa izy ary nanao ny fampielezankevitra tamin'ny filatsahan'ny Mpaminany Joseph Smith ho filohan'i Etazonia.

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny asa A rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 126 ianao.

A Hazavao ny Andian-teny

1. Ahoana no fomba nitenenan'ny Tompo tamin'i Brigham Young ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 126:1? Avy amin'ny zavatra nianaranao avy amin'ity fanambarana ity, ahoana araka ny hevitrao ny fahatsapan'ny Tompo ny momba azy?
2. Inona no ampianarin'izany anao momba ny fanatanterahana amim-pahatokiana ny antso sy adidy ao amin'ny Fiangonana?

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 127–28

Torolalana Momba ny Ôrdônansin'ny Batisa ho an'ny Maty

Ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 127 sy 128 dia nosoratana nandritra ny fotoan-tsarotra niainan'ny Mpaminany Joseph Smith. Noteren'ireo fahavalony hiafina izy mba hialan'izy ireo amin'ny fanenjehana lavareny ataony. Kanefa dia fotoanan'ny fandrosoana ara-panahy lehibe tokoa izany. Niteny tamin'ny Olomasina ny Mpaminany fa "ny fotoampitantanan'ny fahafenoan'ny fotoana dia hitondra hazavana amin'ny zavatra izay efa nambara tamin'ny fotoampitantanana taloha; ary ihany koa amin'ireo zavatra izay tsy mbola nambara tany aloha" (History of the Church, *4:426).*

Ireo fizarana ireo dia taratasy avy tany amin'ny Mpaminany Joseph Smith ho an'ny mpikamban'ny Fiangonana tao Nauvoo, Illinois. Nosoratana nandritra ny diany tamin'ny toerana nifindrafindrany mba hialana amin'ireo fahavalony izy ireo. Tao anatin'izany no nanomezany torolalana fanampiny momba ny ôrdônansin'ny batisa ho an'ny maty, izay nolazain'ny Mpaminany voalohany indrindra tamin'ny taona 1840 (jereo ny fizarana «Fahatakarana ny Soratra Masina» ho an'ny F&F 124:25–36, p. 142). Rehefa mamaky ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 127–28 ianao, dia jereo ny fahatsapana nananan'ny Mpaminany vokatry ny fanerena azy hiafina. Andramo takarina koa ny mety ho fahatsapan'ireo Olomasina tamin'ny fandraisany fahatakarana bebe kokoa ny amin'ny fotopampianarana momban'ny batisa ho an'ny maty.



Tamin'ny alalan'ny Mpaminany Joseph Smith, ny Tompo dia nanambara ny fotopampianarana fa afaka manao batisa ho an'ireo izay efa maty isika.

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 127

Filazany (and. 1)—Fitarainany
Hampandeha (and. 1)—Handamina, hitondra
Mahazatra (and. 2)—Mahakinga, efa fampiasa
Hizara (and. 3)—Hanome
Valisoa (and. 3)—Karama
Rakitsoratra (and. 9)—Toerana fitobian'ireo firaketana, famakiam-boky

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 128

hamarinina (and. 2)—Hamafisina
Hisoroana (and. 3)—Hialana, tsy hisian'ny
Nandinika (and. 6)—Nanome lanja
Tamin'ny alalan'ny solontenany (and. 8)—Tenany
Foanana (and. 9)—Nazera, nararaka
Alohan'izany (and. 10)—Fampiharana natsangana, ohatra
Tena fanamperana (and. 11)—Tsara indrindra
Hanam-pitoviana (and. 13)—Mitovitovy
Ny olona voalohany (and. 14)—Adama
Fiononana(and. 21)—Fampiononana
Antsam-piderana (and. 22)—Fihirana
Savonin'ny mpanasa lamba (and. 24)—Savony mafy ampiasaina hamotsiana akanjo
Mpanadio (and. 24)—Mpamotsy

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 128:16–18—Fa Nahoana Isika no atao Batisa ho an'ny Maty?

Tsy azo adika mihitsy

© IRI

Ny fanatanterahana ny batisa ho an'ireo izay efa maty dia manome fahafahana entina hanatanterahana ireo ôrdônansy hafa ao amin'ny tempoly ho azy ireo. Ireo ôrdônansy rehetra ireo dia tena ilaina amin'ny famonjena. Ny Filoha Joseph Fielding Smith dia nampianatra hoe:

"Raha tsy tonga i Elià, dia voatarika ny hino isika fa ireo asa rehetra tamin'ny taonjato lasa dia tsy manan-danja firy, fa ny Tompo dia efa niteny fa ny tany iray manontolo, amin'izany toe-javatra izany, dia hofongorana tanteraka amin'ny fiaviany [jereo F&F 2:1–3]. Noho izany ny iraka nampanaovina azy dia manan-danja goavana tokoa eto amin'izao tontolo izao. Tsy resaka batisa ho an'ny maty fotsiny, fa ihany koa ny famehezana ny ray aman-dreny amin'ny zanaka sy ny zanaka amin'ny ray aman-dreny, mba hahafahan'izy ireo 'hikambana sy ny hiray feno, tanteraka ary tonga lafatra amin'ny fotoampitantanana sy ny fanalahidy ary ny hery sy ny voninahitra,' hatramin'ny fiandohana ka mandrapahatapitry ny fotoana [F&F 128:18].

Fikambanana Iraisam-pirenenan'ny Zavakavarin'ny Mpamaky Lay tao Utah

"Raha tsy teto an-tany io herin'ny famehezana io, dia fisavoritahana sy tsy filaminana no haka ny toeran'ny filaminana amin'izany andro hahatongavan'ny Tompo izany, ary mazava ho azy, fa tsy izany no hiseho, satria ny zava-drehetra dia tantanina sy fehezina amin'ny alalan'ny lalàna tanteraka ao amin'ny fanjakan'Andriamanitra.

"Nahoana ny tany no hofongorina? Tsotra ihany satria raha tsy nisy rohy mampifamatopatotra ny ray amin'ny zanaka—izay tsy inona fa ny batisa ho an'ny maty—dia holavina daholo isika rehetra; ary ny asan'Andriamanitra iray manontolo mihitsy no ho tsy tanteraka sy hofongorana tanteraka. Izany endriny izany, mazava ho azy fa tsy ho tanteraka" (*Doctrines of Salvation*, 2:121–22).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 128:24—Ny Zanakalahin'i Levy sy ny Fanomezan'izy ireo ho an'ny Tompo

"Ara-tantara, ny zanakalahin'i Levy, ao anatin'izany ny zanakalahin'i Aharôna sy ny zanakalahin'i Mosesy (jereo Exodosy 6:16, 18, 20), dia mpiandry ny tranon'Andriamanitra sy tompon'andraikitra amin'ny ôrdônansy masina (jereo Exodosy 25–28; Nomery 8:24–26; 10:21). Ankehitriny, ny zanakalahin'i Levy no ireo izay nantsoin'ny Tompo mba 'hanangana ny Fiangonako' ary ho 'mahatoky ka mahazo ireo fisoronana roa izay efa noteneniko ireo sy milofo amin' ny antso ananany, dia hamasinin' ny Fanahy ho fanavaozana ny vatany' (F&F 84:31–33). Izy ireo no tompon'andraikitra ara-dalàna amin'ny 'filazantsara fiomanana' (F&F 84:26–27) ary koa ny 'fisoronana lehibe' sy ny ôrdônansiny (asan'ny tempoly) izay 'mampiharihary ny herin' ny toetra araka an' Andriamanitra' (F&F 84:19–21). Raha toa ny mpanompon'ny Tompo amin'izao andro izao manatanteraka am-pahatokiana ny fitantanan-draharaha masiny, dia ho tonga ho 'zanakalahin' i Mosesy sy an' i Aharôna, ary taranak' i Abrahama, ary fiangonana sy fanjakana, ary nofinidin' Andriamanitra.' (F&F 84:34).

"Rehefa manompo ny Tompo amin'ity ôrdônansy masina izany ireo Olomasina marina, dia lasa mpamonjy ao an-tendrombohitr'i Ziona ho an'ny velona sy ho an'ny maty izy ireo. Ny fahafoizantena izay atolotr'izy ireo amin'ny alalan'ny asa fanompoana dia ho anisan'ny 'fanomezana amin'ny fahamarinana' izay ho atolotry ny zanakalahin'i Levy, ary isan'izany ny zanakalahin'i Mosesy sy Aharôna, ho eo anatrehan'ny Tompo alohan'ny fiavian'i Kristy" (*Doctrine and Covenants Student Manual*, 319).

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny efatra amin'ireto asa manaraka ireto (A–G) rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 127—28 ianao.

A Manorata Tatitry amin'ny Gazety

Alaivo sary an-tsaina hoe mpanao fanadihadiana an-gazety ianao tamin'ny taona 1842 ary nankao amin'ny toerana miafin'ny Mpaminany Joseph Smith ianao mba hanao tafa sy dinika amin'ny. Amin'ny fampiasana ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 127:1–3 mba ho tolokevitra, dia manorata tatitra ara-baovao fohifohy momba ny fahatsapan'ny Mpaminany nandritra ny fiainany tao am-piafenana.

B Tanisao ireo Andraikitra

Tanisao araka ny eritreritrao avy amin'ny zavatra nianaranao tao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 127:5–10 ary 128:1–5, ireo andraikitry ny mpiasan'ny tempoly.

D Soraty ny Valiny

Ndeha atao hoe manana namana tsy mpikamban'ny Fiangonana ianao izay naheno momba ny tempoly sy ny batisa ho an'ny maty. Nanontany anao momba izany batisa ho an'ny maty izany sy ny antony hanaovana izany ny namanao. Amin'ny fampiasana izay zavatra nianaranao tao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 127 sy 128, dia valio izany fanontaniana izany. Ao amin'ny valinteninao, dia alaivo antoka fa horesandresahana ao ny maha-zava-dehibe ny fahefana, ny hery famehezana sy ny rohy fifamatorana, ny fianakaviana mandrakizay, ary Elià.

E Tanisao ary Ampitahao

Avereno vakiana ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 128:20–21 ary tanisao ireo iraka avy any an-danitra nolazain'ny Mpaminany Joseph Smith. Hazavao araka ny hevitrao ny antony maha-zava-dehibe ny fandraisany ny fitohizan'ny fahazoana fanambarana mandritra ny famerenana amin'ny laoniny ny filazantsara.

F Manaova Peta-drindrina

1. Raha raisina ny toe-javatra nahazo ny Mpaminany Joseph Smith manokana tamin'izany fotoana izany (jereo F&F 127:1–4), dia inona no manaitra anao momba ny zavatra nosoratany tao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 128:22?
2. Manaova peta-drindrina maneho ny antso mba hanatanteraka asa avy amin'ny Mpaminany Joseph Smith sy ny fahazotoany amin'ny filazantsara.

G Ampitahao ireo Andininy

Mamaky momba ny fanatitry ny "zanakalahin'i Levy" izay hotanterahiny amin'ny andro farany ianao ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 13:1 (jereo ny fizarana «Fahatakarana ny Soratra Masina» ho an'ny F&F 13:1, p. 26). Ampitahao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 128:24 izay nianaranao teto. Araka ny Mpaminany Joseph Smith, inona no fomba iray hahatontosana ity fanatitra azo tamin'ny faminaniana ity?

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 129

Fanalahidy Telo Lehibe

Moa ve ianao efa mba lasa saina momba ireo anjely? Iza izy ireo? Ahoana no hahafantarantsika raha toa ka avy amin'Andriamanitra izy ireo? Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 129, ny Mpaminany Joseph Smith dia mamaly ireo fanontaniana ireo ary nanome "fanalahidy telo lehibe" (and. 9), na fomba hahafantarana ny iraka avy any an-danitra.



Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 129

Olomarina natao fanaperana (and. 3)—Olona izay voavela ary nodiovina tamin'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy

Mifanohitra (and. 7)—Tsy mitovy

Didy (and. 7)—Fitsipika

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 129:1—Inona no mahasamihafa ny Anjely sy ny Fanahy? Ny iraka rehetra avy amin'Andriamanitra dia nampitahaina amin'ny anjely, kanefa ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 129 ny teny hoe *anjely* dia noferana ho "olona natsangana tamin'ny maty, manana vatana nofo sy taolana" (and. 1). "Ny Fanahy dia ireo zanak'Andriamanitra izay tsy mbola niditra [teraka teto] tamin'ny fiainana mety maty, ary dia tsy mbola manana vatana [tsy misy vatana]; na fanahy izay efa nisaraka tamin'ny vatany ny fanahiny noho ny fahafatesana" (*Doctrine and Convenats Student Manual,* 320).

Ny torolalana mialoha izay nomena ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo tao Nauvoo, ny Mpaminany Joseph Smith dia "nanazava ny mahasamihafa ny anjely sy ny fanahy mpanompo. Ny iray [anjely] dia vatana natsangana tamin'ny maty na novàna, miaraka amin'ny fanahy mpanompo nosalorana vatana—ilay iray hafa [fanahy mpanompo] izay fanahy tsy nosalorana vatana, izay mitsidika sy manompo. I Jesoa Kristy dia lasa fanahy mpanompo (rehefa nandry tao am-pasana ny vatany) tany amin'ireo fanahy tany am-pigadrana, mba hanatontosa ampahany manan-danja amin'ny iraka nataony, izay raha tsy tontosa izany dia tsy afaka ny hiditra amin'ny fialany sasatra Izy. Taorian'ny fitsanganany amin'ny maty dia niseho tamin'ireo mpianany tamin'ny endrika anjely Izy [olona nitsangana tamin'ny maty]" (tao amin'ny *History of the Church,* 4:425; jereo koa 1 Petera 3:18–20).

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny asa A rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 129 ianao.

A Ahoana no Ahafahanao Mahafantatra izany?

Tanisao araky ny fomba fiteninao ireo "fanalahidy telo lehibe" izay nambaran'ny Mpaminany Joseph Smith ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 129. Ampidiro ao koa ny fomba hahafahanao mahafantatra raha anjely na fanahy avy amin'Andriamanitra izany na avy amin'ny devoly.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 130

Ireo Filazalazana ara-potopampianarana Manan-danjan'ny Fiangonana

Inona ireo fanontaniana mety ho apetrakao amin'ny Mpaminany Joseph Smith raha toa nanana izany fahafahana hanao izany ianao? Ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 130 dia fitambaran'ny filazalazana ara-potopampianarana nomena tamin'ny alalan'ny Mpaminany. Rehefa mamaky ny filazalazana tsirairay ianao dia mety hanontany tena ianao hoe tokony hahafantatra bebe kokoa momba io lohahevitra io ve aho.

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 130

Fiaraha-miaina (and. 2)—Lamin'ny fiaraha-monina

Antokom-pivavahana (and. 3)—Finoan'ny fiangonana hafa

Fikajiana (and. 4)—Fikajiana

Fiandohana (and. 12)—Fanombohana

Ho ampy (and. 15)—Antonony

Lalàna navoaka tsy azo novana (and. 20)—Napetraka sy natao tsy ho azo ovana

Ifotoran'ny (and. 20–21)—Mifototra amin'ny

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 130:8–10—Inona moa ny "Orima sy Tomima"?

Jereo "Orima sy Tomima" ao amin'ny Torolalana ho an'ny Soratra Masina (p. 208).

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny telo amin'ireto asa manaraka ireto (A–E) rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 130 ianao.

A Manorata Kilalaon-tsaina

Ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 130 dia mirakitra ireo karazana torolalana sy valim-panontaniana ho an'ireo fanontaniana. Manorata fanontaniana adina amin'izay eritreretinao fa manan-danja ny fahafantarana azy, iray isak'ireto vondron'andininy ireto: 1–3, 4–7, 8–9, 10–11, 12–17, 18–19, 20–21, 22–23. Ampidiro ao koa ny valiny isaky ny fanontaniana.

B Soratra Masina Fehezina—Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 130:18–19

Manorata tsipika midina eo afovoan'ny pejin'ny kahienao. Manaova sarin'olona voahodidin'ireo zavatra hitany fa manan-danja eo amin'ny fiainany eo amin'ny ilany ankavia. Manaova sarin'ireo zavatra azon'ny olona entina miaraka aminy rehefa maty eo amin'ny ilany ankavanana. Amin'ny fampiasana ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 130:18–19, dia manorata famaritana ny sary na teny filamatra izay maneho ireo zavatra azontsika eto amin'ity fiainana ity izay mbola hanan-danja any amin'ny fiainan-ko avy.

D Soratra Masina Fehezina—Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 130:20–21

Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 130:20–21, ny Mpaminany Joseph Smith dia nanazava fa misy hifandraisany ny fankatoavantsika ny lalàn'Andriamanitra amin'ireo fitahiana azontsika. Ireo didy sasany dia misy fampanantenana miavaka, toy ny fampanantenana miaraka amin'ny fanarahana ny Tenin'ny Fahendrena (jereo F&F 89). Ho an'ny didy hafa ny fampanantenana dia amin'ny endriny ankapobeny (ohatra, jereo Josoa 1:8). Mitanisà didy telo hafa sy fitahiana izay nampanantenaina ho an'ny tsirairay avy amin'izany. Asehoy raha toa ka miavaka na amin'ny endriny ankapobeny ilay fampanantenana. Raha toa ka mila fanampiana ianao, dia mifanakaloza hevitra amin'ny ray aman-dreninao na ny mpitariky ny Fiangonana.

E Soratra Masina Fehezina—Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 130:22–23

Ny fahamarinana ampianarina ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 130:22–23 dia toa mandeha ho azy sy manaraka ny lôjika ho an'ireo mpikambana efa tranainy tato am-piangonana. Ity fotopampianarana ity anefa dia tena hafa indrindra amin'ireo finoan'ny fiangonana Kristiana hafa. Tanisao sy hazavao ireo fomba telo mampiavaka ny fiainanao—tahaka ny fisainanao, ny fihetsikao, ary ny fivavakao—satria ianao mahafantatra fa tena toetoetran'izany Ny Andriamanitra izany.



Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 131–32

"Ny Fanekempihavanana Vaovao sy Maharitra Mandrakizain'ny Fanambadiana"

Ny fianakaviana dia afaka miaraka mandrakizay. Izany fahamarinana tsotra izany dia iray amin'ireo fanambarana lehiben'ny Famerenana amin'ny laoniny. Fantatrao ve ny takiana amin'ireo izay maniry ny hanao ny fanambadiana

selestialy sy ny fianakaviana mandrakizay? Moa ve fantatrao ny fampanantenana nomena ireo izay miezaka manao izany fanambadiana selestialy izany? Moa ve misy fitahiana mahafinaritra kokoa mihoatra ny fananana fampanantenana fa afaka ny hiaraka amin'ny olon-tianao mandrakizay ianao any amin'ny voninahitra selestialy?

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 131

Tsy afaka ny hanana fitomboana izy (and. 4)—Tsy afaka ny hivoatra izy na hanan-janaka any amin'ny mandrakizay

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 131:1—Inona avy ireo Ambaratonga Telo ao amin'ny Fanjakana Selestialy?

"Ny Tompo dia tsy nanambara tamin'ny Fiangonana ny amin'ireo izay hiaina ao amin'ny roa amin'ireo ambaratonga telo ao amin'ny fanjakana selestialy; noho izany, ny ady hevitra momba io lohahevitra io dia vinavina na tombatombana fotsiny ihany. Fampahalalana goavana kosa no nambara, momba ny ambaratonga ambony indrindra ao amin'ny fanjakana selestialy, na ny fisandratana, satria any no hitoeran'ny Ray sy ireo zanany rehetra raha toa ka mitandrina ny didiny izy ireo. Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 76:50–70 ny Tompo dia nanatitrantitra ireo zavatra takiana sy fepetra hifantenana mba hahazoana ny ambaratonga ambony indrindra ao amin'ny fanjakana selestialy" (*Doctrine and Covenants Student Manual,* 325).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 131:1–4—"Ny Fanekempihavanana Vaovao sy Maharitra Mandrakizain'ny Fanambadiana"

Ny Filoha Harold B. Lee dia nilaza tamin'ny mpihazona ny fisoronana hoe: "Tadidio ry rahalahy, fa ireo izay miditra amin'ny fanekempihavanana vaovao sy maharitra mandrakizain'ny fanambadiana any amin'ny tempoly amin'izao fotoana izao sy ho mandrakizay ihany no afaka mahazo ny fisandratana ao amin'ny fanjakana selestialy. Izany no nolazain'ny Tompo antsika (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Ôkt. 1973, 120; na *Ensign,* Jan. 1974, 100).

Ny Loholona Russell M. Nelson, mpikambana ao amin'ny Kôlejin-'ny Apôstôly Roambinifolo, dia nanazava fa "ny ôrdônansy ambony indrindra ao amin'ny tranon'ny Tompo dia ny ôrdônansy miaraka sy mitovy ataon'ny mpivady—na tsy misy mihitsy!

"Rehefa manao jery todika aho dia hitako fa ny andro tena manandanja eo amin'ny fiainako dia ny andro izay nanambadiako ilay malalako, Dantzel, tany amin'ny tempoly masina. Raha tsy nisy azy dia tsy nahazo ireo fitahiana faran'izay ambony sy maharitry ny fisoronana aho. Raha tsy nisy azy dia tsy ho rain'ireo zanakay mahafinaritra sy zafikelinay ary ireo zafiafinay tena sarobidy aho" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Apr. 1999, 52; na *Ensign,* Mey 1999, 39).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 131:5—"Ny Tenin'ny Faminaniana Mafy Orina Kokoa"

Ny "tenin'ny faminaniana mafy orina kokoa" dia miresaka ny fiantsoana ny olona iray sy ny fifidianana tena azo antoka. Raha niresaka mikasika ny fitahian'ny fisoronana, ny Loholona Bruce R. McConkie, izay mpikambana tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, dia nilaza hoe:

"*Manana hery isika mba hahatonga ny fiantsoana sy fifidianana antsika ho azo antoka, izay hahafahantsika dieny mbola ety amin'ity fiainana mety maty ity, ho afaka handresy an'izao tontolo izao ary ho marina sy mahatoky amin'ny zava-drehetra, ary dia hofehezina ao amin'ny fiainana mandrakizay isika ary hanana fampanantenana tsy misy fepetra amin'ny fiainana mandrakizay miaraka Aminy.*

"Ny fanambarantsika dia milaza hoe: 'Ny tenin' ny faminaniana mafy orina kokoa dia ny fahalalan' ny olona fa izy dia fehezina ho amin' ny fiainana mandrakizay amin' ny alalan' ny fanambarana sy ny fanahin' ny faminaniana, amin' ny alalan' ny herin' ny Fisoronana Masina.' (F&F 131:5.)

"Nandritra ny taona faramparan'ny asa fanompoany, ny Mpaminany Joseph Smith dia nitalaho mafy tamin'ireo Olomasina mba handroso hatrany amin'ny fahamarinana mandrapahazoan'izy ireo antoka amin'ny fiantsoany sy ny fifidianana azy ireo, mandrapahenon'izy ireo ilay feo avy any an-danitra manao hoe: 'Ry zanako, hasandratra ianao.' (*Teachings of the Prophet Joseph Smith,* p. 150.)

"Izy tenany mihitsy no lasa fanka-tahaka amin'ny ambaratonga rehetra ao amin'ity fotoampitantanana ity, rehefa tonga teo aminy ny feon'ny lanitra manao hoe: 'Izaho no Tompo Andriamanitrao ary homba anao na dia hatrany amin' ny fiafaran' izao tontolo izao aza, ary mandrakizay doria; fa lazaiko aminao tokoa, fehezi-ko eo amboninao ny fisandratanao ary omaniko ho anao ao amin' ny fanjakan' ny Raiko ny seza fiandrianana, miaraka amin' i Abrahama rainao.' (F&F 132:49.)" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Ôkt. 1977, 51–52; na *Ensign,* Nôv. 1977, 34; nisy fanamafisana tany am-boalohany)

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 131:6—Inona ireo Karazana Fahalalana Ilaina mba ho Voavonjy?

Ny Filoha Joseph Fielding Smith dia nanazava hoe:

"Ny Mpaminany dia nilaza fa tsy misy olona voavonjy ao anatin'-ny tsy fahalalana, fa amin'ny tsy fahalalana inona? Nilaza izy fa ny olona iray dia tsy azo hovonjena amin'ny tsy fahalalana ny fitsipiky ny filazantsaran'i Jesoa Kristy [jereo *Teachings of the Prophet Joseph Smith,* 297, 324, 331–32]. Tsy ho betsaka amin'ireo goavana sy matanjaka, ireo izay mifehy sy manamboatra ny sain'olona ankehitriny, no hahita famonjena [fisandratana] ao amin'ny fanjaka-n'Andriamanitra. Nahoana? Satria tsy nahita ny lalana izy ireo; tsy nandeha tamin'ny fahazavan'ny fahamarinana izy ireo, tsy ampy faharanitan-tsaina izy ireo.

"Ny voninahitr' Andriamanitra dia ny faharanitan-tsaina, na amin' ny teny hafa, fahazavana sy fahamarinana. Ny fahazavana sy ny fahamarinana dia mahafoy ny ratsy [jereo F&F 93:36–37]. Ny lehilahy izay maranin-tsaina dia hivavaka amin'Andriamanitra ary hibebaka amin'ny fahotany; hikatsaka ny hahafantatra ny sitrapon'Andriamanitra ary hanaraka izany" (*Doctrines of Salvation,* 1:290).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 131:7–8—"Ny Fanahy Rehetra dia Tamba-tsinga"

Ny Mpaminany Joseph Smith dia nanazava hoe: "Raha jerena hatrany amin'ny fotony ny zavatra iray, ary raha jerena ara-filôzôfia izany, dia hahita fahasamihafana tena azo tsapain-tanana eo amin'ny vatana sy ny fanahy isika; ny vatana dia tokony ho tamba-tsinga narafitra, ary ny fanahy dia eritreretin'ny maro ho tsy misy singa, tsy misy na inona na inona. Amin'ity filazana farany ity dia maneho tsy fitovian-kevitra amin'izy ireo izahay, ary milaza fa ny fanahy dia mivaingana; azo tsapaina izany, fa madio kokoa izany, mihenjana sy manify kokoa noho ny vatana; izay efa nisy talohan'ny vatana, afaka mitoetra anaty vatana; ary dia hisy hatrany aorian'ny fisarahany amin'ny vatana rehefa hody vovoka ny vatana; ary hikambana indray izany amin'ny fitsanganana amin'ny maty" (*Teachings of the Prophet Joseph Smith,* 207).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 132

Mahefa (and. 7)—Hery, fahombiazana

Fanapahana (and. 13, 19)—Faritry ny fahefana

Taranaka (and. 19)—Zanaka, taranaka

Ety (and. 22)—Tery, voafetra

Fampijalian'I Satana (and. 26)—Fomban'i Satana rehetra ampiasainy hanoherana antsika amin'ny ezaka marina ataontsika

Avela, voavela (and. 46)—Mamela, miala tsiny

Hifikitra (and. 54)—Hihazona, hijanona miaraka, mijanona ho mahatoky

Manambady (and. 61)—Manambady

Ara-dalàna (and. 65)—Afa-tsiny

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 132:1—Inona no antsoina hoe Vaditsindrano?

Ny Loholona Bruce R. McConkie dia namaritra ny teny hoe *vaditsindrano,* arak'izao fanazavany izao: "Tamin'ny andro taloha dia natao ho *vady faharoa* izy ireny, izany hoe, vady tsy mitovy lenta eo amin'ny sehatra amin'ny kilasim-piaraha-monina noho ireo vady izay tsy faritana ho vaditsindrano. Tsy misy vaditsindrano mifandray amin'ny fampiharana ny fanambadiana maro amin'ity fotoampitantanana ity, satria ny kilasim-piaraha-monina izay nahatonga ireo vehivavy natsoina ho izany dia tsy nisy mihitsy" (*Mormon Doctrine,* 154–55).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 132:7—"Nofehezina tamin'ny alalan'ny Fanahy Masin'ny Fampanantenana"

Ny Loholona James E. Faust, mpikambana tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, dia niteny hoe:

"Te-hilaza zavatra momba ny Fanahy Masin'ny Fampanantenana aho, izay hery mamehy sy manamarina avy amin'ny Fanahy Masina. Ny fanaovana fanekempihavanana na ôrdônansy fehezina amin'ny alalan'ny Fanahy Masin'ny Fampanantenana dia mifanaraka amin'ny alalan'ireo fitahiana voaomana ho amin'izany, izay nomena ireo mikatsaka ny fitahiana izay marina sy mahatoky (jereo F&F 76:50–54).

"Ohatra, rehefa nofehezina ny fanekempihavanan'ny fanambadiana ho amin'ity fotoana ity sy ho mandrakizay, ilay ôrdônansin'ny filazantsara ambony indrindra, amin'ny alalan'ny Fanahy Masin'ny Fampanantenana, dia afaka manokatra ara-bakiteny ny varavaran'ny lanitra izany ho fitahiana lehibe hiraraka ho an'ireo mpanambady izay mikatsaka izany fitahiana izany. Izany fanambadiana izany dia ho mafy orina, feno, ary masina. Na dia mihazona ny fahafantarana azy manokana aza ny tsirairay ao amin'ny fanambadiana, dia afaka ho tahaka ny tahomboaloboka roa mifamatotra tsy misaraka amin'ny andaniny sy ny ankilany izy ireo raha amin'ny fanekempihavanana nataony izy ireo miaraka. Ny tsirairay dia mieritreritra aloha ny ho an'ny mpiara-dia aminy alohan'ny hieritreretany ny tenany.

"Iray amin'ireo fitahiana lehibe misy amin'ny alalan'ny Fanahy Masin'ny Fampanantenana dia tsy hamafisina fotsiny ny fanekempihavanantsika rehetra, ny voady, ny fianianana, ary ny zavatra atao, izay azontsika amin'ny alalan'ny ôrdônansy sy fitahian'ny filazantsara, fa afaka ihany koa fehezina amin'ny alalan'ny Fanahy Masin'ny Fampanantenana. Na izany aza, ny famehezana dia mety hivaha vokatry ny tsy fahamarinana. Zava-dehibe ihany koa ny mahatsiaro fa raha misy olona iray manome antoka ny handray ny fitahian'ny famehezana amin'ny alalan'ny fitaka, 'dia tsy hofehezina izany fitahiana izany, na toa inona na toa inona fahatokiana sy fahefan'ny olona nanatanteraka izany' [Joseph Fielding Smith, *Doctrines of Salvation,* 2:98–99].

"Mba hananana fanekempihavanana na ôrdônansy fehezina amin'ny alalan'ny Fanahy Masin'ny Fampanantenana dia midika fa ny fifanarahana dia mifamatotra na eto an-tany na any andanitra" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Apr. 1989, 41–42; na *Ensign,* Mey 1989, 33).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 132:15–16—Nahoana Isika no Tsy maintsy Miezaka hanao Fanambadiana Mandrakizay?

Ny Loholona Parley P. Pratt, izay iray tamin'ireo mpikambana voalohany tao amin'ny kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo tamin'ity fotoampitantanana ity, dia nanazava ny fiovana teo amin'ny fiainany vokatry ny fahatakarana ny fotopampianaran'ny fanambadiana mandrakizay:

"Nanomboka teo dia nianatra nanome lanja ny karazana fitiavana sy fanehoampitiavana izay ananana eto amin'ity toetra amin'ny fiainana an-tany ity aho, ho toy ny zavatra izay tsy maintsy ho hadinoin'ny fo, mba hahafahana ho mendrika ny toetrany mandrakizay.

"I Joseph Smith no nampianatra ahy nankasitraka ny fifandraisana akaiky ny ray sy ny reny, ny mpivady; ny mpiray tampo, ny mpirahalahy sy ny mpirahavavy ary ny zanakalahy sy zanakavavy.

"Avy aminy no nianarako fa ny vady tena tian'ny foko dia azoko antoka fa hiaraka amiko amin'ity fotoana ity sy ho mandrakizay; ary ny fanehoam-pitiavana sy ny fifankatiavana izay ifanehoanay dia avy amin'ny loharanom-pitiavana mandrakizay sy avy any an-danitra. Avy taminy no nianarako fa azoko kolokoloina izany fitiavana izany, ary hampiroboroboako sy hampitomboako ho mandrakizay; ary ny vokatry ny firaisana mandrakizay dia ho taranaka marobe tahaka ny kintana eny an-danitra, na tahaka ny fasika eny amoron-dranomasina. . . .

"Efa nitia aho taloha, fa tsy fantatro hoe ahoana. Fa ankehitriny aho tia—amin'ny fahadiovana tokoa—amin'ny hamafin'ny fahatsapana avo sy misandratra indrindra, izay manainga ny fanahiko avy amin'ny zavatra eto amin'ity fiainana mety maty amin'ity bola mandadilady ity ary manitatra izany ho tahaka ny ranomasina" (*Autobiography of Parley P. Pratt* [1985], 259–60).

Raha niresaka mikasika ny safidy hafa ananan'izao tontolo izao hanoloany ny fanambadiana mandrakizay, ny Loholona Gordon B. Hinckley, izay mpikambana tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, dia nilaza hoe:

"Eto am-pamaranana dia tiako ny hizara tantara kely aminareo. Tantara noforonin'ny saina fotsiny izany, fa ny fitsipika raiketiny anefa dia marina. Azonao sary an-tsaina ve ny tanora roa mandritra ny fenomanana sy ny fivelaran'ny raozy ary ny fahamatoran'ny fitiavana masina teo amin'izy ireo? Hoy i Johnny tamin'i Mary, 'Mary, tiako ianao. Ho alaiko ho vadiko sy ho renin'ny zanatsika ianao. Kanefa tsy ilaiko na ianao na izy ireo hiaraka amiko mandrakizay. Mandritra ny fotoana voafetra fotsiny ihany ary avy eo dia veloma lava.' Ary hoy i Mary nijery azy tamin-dranomaso izay notarafin'ny hazavan'ny volana: 'Johnny, mahafinaritra ianao. Tsy misy olona tahaka anao eto amin'izao tontolo izao. Tiako ianao, ary tiako ianao ho vadiko sy ho rain-janako, fa ho an'ity fotoana ity ihany, ary avy eo dia mampamangy.'

"Hafahafa ihany izany sa ahoana hoy ianareo? Kanefa izany tsy manan-kery rehefa milaza amin'ny zazavavy ny zazalahy ary ny zazavavy amin'ny zazalahy amin'ny fangataham-bady rehefa omena ny fahafahana ny hiray mandrakizay eo ambanin'ny 'fanekempihavanana vaovao sy maharitra mandrakizay,' izy ireo kanefa dia aleon'izy ireo, mifidy ny manilika izany ary manakalo amin'izay amin'ny zavatra haharitra mandrapahafaty fotsiny" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Apr. 1974, 33; na *Ensign,* Mey 1974, 24).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 132:26–39—Moa ve ny Fanambadiana any amin'ny Tempoly dia Manome Antoka ny Fisandratana?

Raha nanisy resaka mikasika ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 132:26, ny Filoha Joseph Fielding Smith dia nampianatra hoe:

"Ny Tompo dia tsy nampanantena mihitsy fanahy iray ho entina any amin'ny fisandratana raha tsy manana ny fanahin'ny fibebahana. Na dia tsy voalaza amin'io andininy io aza ny fibebahana, dia tsy maintsy ary tokony ampiharina izany. Tena hafahafa amiko ny fahalalana fa ny olon-drehetra dia mahafantatra momba ny andininy 26 daholo, kanefa dia toa tsy mbola namaky na nahita mihitsy izy ireo ny ao amin'ny Matio 12:31–32, izay hitenenan'ny Tompo amintsika ny zavatra mitovy izay hitantsika ao amin'ny andininy 26, fizarana 132. . . .

"Ny Tompo dia niteny tamin'ny vavany mihitsy hoe: 'Ary izay tsy maharitra hatramin' ny farany, dia izy no hokapaina sy hatsipy any anaty afo, izay tsy hahafahany miverina intsony avy any, noho ny fahamarinan' ny Ray. Ary izany no teny izay efa nomeny ho an' ny zanak' olombelona. Ary noho izany antony izany dia manatanteraka ny teny izay efa nomeny Izy, ary tsy mandainga Izy, fa manatanteraka kosa ny teniny rehetra. Ary tsy misy zavatra tsy madio afaka miditra ao amin' ny fanjakana; koa tsy misy na inona na inona miditra ao amin' ny fitsaharany afa-tsy ireo izay efa nanasa ny fitafiany tamin' ny rany, noho ny finoany sy ny fibebahana tamin' ny fahotany rehetra ary ny fahatokiany hatramin' ny farany' [3 Nefia 27:17–19].

"Ka ny zavatra azontsika tsoahina amin'ireo izay resahina ao amin'ny andininy 26 dia ireo izay, nanota, nibebaka feno ary vonona ny handoa ny vidin'ny fahotan'izy ireo, raha tsy izany dia tsy hanaraka ny fitahian'ny fisandratana. Ny fibebahana dia tsy maintsy ilaina amin'ny famelan-keloka, ary ny olona nanota dia tsy maintsy hodiovina" (*Doctrines of Salvation,* 2:95–96).

Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 132:27, ny Tompo dia nilaza fa tsy misy famelan-keloka ho amin'ny fanevatevana ny Fanahy Masina.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 132:27—"Ny Fanevatevana ny Fanahy Masina"

Ahoana ireo izay manevateva ny Fanahy Masina noho ny famonoan'olona sy fandatsahan-dra ny tsy manan-tsiny? Ny Filoha Joseph Fielding Smith dia nanazava fa "izay rehetra mandray anjara amin'izany, fahotana lehibe indrindra izany, dia mivarotra ny tenan'izy ireo ho toy ny Kaina amin'i Losifera. Nianatra ny hankahala ny fahamarinana amin'ny fankahalana mandrakizay izy ireo, ary nianatra nitia ny faharatsiana. Nahatratra ny fepetra izay tsy hanaovan'izy ireo sy tsy hahafahan'izy ireo mibebaka intsony izy ireo. Ny fanahin'ny famonoana olona dia mameno ny fon'izy ireo ary raha mbola manana hery hanaovana izany izy ireo dia hanombo indray ny Tompo eo amin'ny hazofijaliana, izay ataon'izy ireo an-kolaka amin'ny fiadiana amin'ny asany ary amin'ny fikatsahana hamotika izany sy ny mpaminaniny.

"Mba tsy hilentehan'ny olona iray amin'izany ngidin'ny fanahiny izany, dia tsy maintsy mahafantatra sy mahatakatra aloha izy ny fahamarinana amin'ny fahazavan'ny fahitana izay tsy hisian'ny fisalasalana intsony. Ny fiovam-po dia tsy tonga indray mandeha daholo, fa kosa tanteraka noho ny fandikan-dalàna miseho amin' ny endriny samihafa, izay mitohy miafina ao ambadiky ny fanahy tsy mibebaka, mandra-pialan'ny Fanahy Masina, ary dia tavela eo amin'ny fahamaizinana ara-panahy ny olona. Ny fahotana dia miteraka fahotana; mitombo izany fahamaizinana izany mandrapahatongan'ny fitiavana ny fahamarinana ho fankahalana, ary ny fitiavan'Andriamanitra dia ho tototry ny faniriana ratsy izay hanapotika ny zavatra mahitsy sy marina. Ary amin'izany i Kristy dia napetraka eo anoloan'ny fahamenarana, ary fanevatevana nasandratra" (*Doctrines of Salvation,* 1:49).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 132:58–66—Fanambadiana Maro

Araka ny miseho eo amin'ny famintinana ny andininy ao amin' ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 132, andininy 58–66 momba ny "lalàna hitantanana ny fananana andefimandry vady." Tamin'ny alalan'ny Mpaminany Joseph Smith, ny Tompo dia nandidy ny fampiharana ny fanambadiana maro tany amin' ny fotoana fiandohan'ny Fiangonana. Tamin'ny taona 1890, tamin'ny alalan'ny Filoha Wilford Woodruff, dia nofaranana ny fampiharana izany (jereo Filazana Ofisialy 1). Nanazava ny Loholona Bruce R. McConkie hoe:

"Ny fanambadiana maro dia tsy ilaina amin'ny famonjena na fisandratana. I Nefia sy ireo vahoakany dia nandà ny fahefana hanana vady mihoatra ny iray ary dia mbola nahazo ny fitahiana rehetra amin'ny mandrakizay izay atolotry ny Tompo ihany ny vahoakany. Amin'izao androntsika izao, ny Tompo dia namintina tamin'ny alalan'ny fanambarana ny fotopampianarana rehetran' ny fisandratana ary nametraka izany eo amin'ny fanambadian'ny lehilahy iray amin'ny vehivavy iray. (F. & F. 132:1–28.) Taty aoriana dia nampiany ny fitsipika mifanaraka amin'ny hamaroan'ny vady miaraka tamin'ny filazana ireo fepetra fa ny Filohan'ny

Fiangonana irery no manome lalana amin'izany mba ho hanankery izany karazana fanambadiana izany. (F. & F. 132:7, 29–66.)

"*Ireo izay mihevitra na mandray andraikitra amin'ny fidirana amin'izany fanambadiana maro izany amin'izao andro izao, rehefa nanala ny hery hanatanterahana izany ny olona iray izay mihazona ny fanalahidy, dia ho voaheloka amin'ny faharatsiana lehibe tokoa*" (*Mormon Doctrine*, 578–79; nisy fanamafisana tany am-piandohana).

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny dimy amin'ireto asa manaraka ireto (A–G) rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 131–32 ianao.

A Soratra Masina Fehezina—Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 131:1–4

1. Avy amin'ny famakianao ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 131:1–4, dia manaova kisary maneho izay nolazain'ny Tompo momba ny voninahitra selestialy. Tanisao ao anatin'ny kisary nataonao ireo zavatra takiana ao amin'ireo andininy ireo ary farito ny fampiharana izany amin'ireo ambaratonga ao amin'ny voninahitra selestialy.
2. Nahoana ianao no mieritreritra fa ny ampahany iray ao amin'ny voninahitra selestialy ihany no voalaza fa tsy ny hafa koa? Inona no ambaran'izany aminao mikasika ny maha-manan-danja ny fanambadiana mandrakizay? (jereo ny fizarana «Fahatakarana ny Soratra Masina» ho an'ny F&F 131:1 sy 131:1–4).

B Manorata Kilalaon-tsaina

Ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 131:5–8 dia fitambaran'ireo fampahalalana voarain'ny Mpaminany Joseph Smith momba ireo lohahevitra maro. Avereno vakiana ireo andininy ireo ary manorata fanontaniana miendrika kilalaon-tsaina isaky ny andininy 5, andininy 6, ary andininy 7–8. Alaivo antoka fa tafiditra ao ny valiny amin'ny fanontaniana tsirairay. (jereo ny fampahalalana ao amin'ny fizarana «Fahatakarana ny Soratra Masina» ho fanampiana, raha ilaina.)

D Fampanantena sy Fampitandremana

Rehefa nahazo ny fanambarana mikasika ny toetoetra mandrakizain'ny fanekempihavanan'ny fanambadiana ny Mpamminany Joseph Smith, dia nanambara fampanantenana sy fampitandremana niaraka tamin'izany ihany koa ny Tompo (jereo F&F 132:1–6). Tanisao ao amin'ny kahienao, ireo fampanantenana sy fampitandremana nomen'ny Tompo.

E Manorata Famaritana

1. Avy amin'ny famakianao ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 132:7–14, dia farito ny atao hoe "Fanahy Masin'ny Fampanantenana" ary hazavao ny hifandraisan'izany amin'ny fanambadiana sy ny ôrdônansy rehetran'ny Fiangonana (jereo ny fampahalalana ao amin'ny fizarana «Fahatakarana ny Soratra Masina» ho fanampiana raha ilaina.)
2. Farito ny zavatra eritreretinao fa ilain'ny mpivady mba hahafahan'ny fanambadian'izy ireo ho "fehezina amin'ny alalan'ny Fanahy Masin'ny Fampanantenana."

F Inona no Atao hoe Fanambadiana Mandrakizay

Ny sasany amin'ireo mpikamban'ny Fiangonana dia diso eo amin'ny finoany fa ny fanambadiana any amin'ny tempoly dia miantoka ny fanambadiana mandrakizay sy ny fiainana mandrakizay, na inona na inona zava-hiseho.

1. Ho fanampin'ny fanatanterahana ny fanambadiana any amin'ny tempoly, dia inona ihany koa no takiana fanampiny ho an'ny fanambadiana any amin'ny tempoly mba hahafahany ho tonga fanambadiana mandrakizay, izany hoe ilay selestialy? (jereo F&F 132:7, 26; jereo koa ny fizarana «Fahatakarana ny Soratra Masina» ho an'ny F&F 132:7 ho fanampiana, raha ilaina).
2. Avy amin'ny nianaranao tao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 132:26–44, dia inona no tranga azo hanafoanana ny fampanantenana amin'ny fanambadiana mandrakizay? (jereo ny fizarana «Fahatakarana ny Soratra Masina» ho an'ny F&F 132:26–39 ho fanampiana raha ilaina).

G Nahoana no miezaka hanao ny Fanambadiana Mandrakizay?

Avereno vakiana ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 131:1–4 sy ny 132:6–7, 15–20, 46–49; ary vakio koa ny fizarana «Fahatakarana ny Soratra Masina» ho an'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 132:15–16.

1. Araka ny zavatra nianaranao, dia inona no lanjan'ny fampanantenan'ny Tompo fa ny fanambadiana sy ny fianakaviana dia haharitra mandrakizay? Nahoana izany fampanantenana izany no manan-danja aminao sy ireo zanakao amin'ny ho avy?
2. Nahoana ny fanambadiana mandrakizay no mendrika hilofosana mafy mba ho azo? (Anisan'ny *filofosana* ny fanaovana drafitra, ny asa, ny fahafoizan-tena, ary ny vavaka.)
3. Inona no azonao atao *ankehitriny* mba hiomananao amin'ny fanambadiana mandrakizay

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 133

Manomana ny Lalana amin'ny Fiavian'ny Mpamonjy

Ny fanambarana ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 133 dia voaray taloha elabe noho ireo fizarana hafa napetraka teo alohan'izany ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana. Tamin'ny 1 Novambra 1831, dia nisy fihaonamben'ny Fiangonana natao mba entina hanapahana ny famoahana ny fanambarana azon'ny Mpaminany Joseph Smith. Nandritra izany fihaonambe izany dia nanome lalana ny Tompo amin'ny fanapahan-kevitra hamoaka ny "Bokin'ny Didy" ary nanambara ny "teny fanolorana" ao amin'ity boky ity—izay ankehitriny dia lasa Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 1. Teo am-pamaranana ny fihaonambe, dia nanana fahafahana nametrahana fanontaniana mahakasika ny asa lehibe amin'ny andro farany tamin'ny Mpaminany Joseph Smith ireo izay nivory teo. Ny Mpaminany dia nangataka tamin'ny Tompo teo ami'ny toeran'izy ireo ary nandray ny fanambarana hita ao amin'ny fizarana 133. Tamin'ny fanontana voalohany ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana, ity fanambarana ity dia nantsoina hoe Fanampiny. Ny Loholona John A. Widtsoe, izay mpikambana tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, dia nanoratra fa lohateny mifanentana amin'izany izany satria "fanampiny amin'ny teny fampidirana [na teny fanolorana—F&F 1]. Ireo fizarana roa ireo dia mamintina ny voarakitry ny boky rehetra amin'ny endriny fohy kely. . . .

"Ny fanampiny dia zavatra iray eritreretin'ny mpanoratra fa tokony ho ampiana mba entina hanamafisana izay ao anatin'ny boky, mba hanatitranterana izany, mba hanatanjahana ny lanjany na hanazavana ny voarakitra ao mba ho fenofeno kokoa" (The Message of the Doctrine and Covenants, *ed. G. Homer Durham [1969], 17).*

Amin'ny teny hafa, dia afaka mianatra bebe kokoa isika momba ny tanjon'ny famerenana amin'ny laoniny amin'ny famakiana ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 1 sy 133. Ny olona tsirairay dia samy manana ny fifantohana amin'ny zavatra hitranga alohan'ny Fiaviana Fanindroan'i Jesoa Kristy.

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 133

Teny fanolorana (sasin-teny)—Fanazavana voasoratra fohifohy momba ny zavatra izay holazaina manaraka

Momba ny (sasin-teny)—Mikasika

Taty aoriana (sasin-teny)—Taty aoriana

Fa hampitanjaka ny sandriny masina (and. 3)—Maneho ny heriny

Hitoetra (and. 4)—Hijanona, hiandry

Izay mitondra ny fanaky ny Tompo (and. 5)—Ireo izay nampandraiketana ny asan'ny Tompo (Tamin'ny fotoanan'ny Testamenta Taloha, ireo izay nihazona ny fisoronana dia nikarakara ny tabernakely ary nitondra ny fanaka na ireo zavatra masina, tao amin'ny tranon'ny Tompo)

Vazan-tany efatra (and. 7)—Ny lalana rehetra

Ireo izay any amin' ny tany avaratra (and. 26)—Ireo izay avy amin'ny "foko very" tao amin'ny tranon'i Isiraely

Hahatsindry fo (and. 26)—Mihazona ny fon'izy ireo

Hazany (and. 28)—Zavatra izay voasambotra

Hotriarina (and. 40)—Tatahana

Fanirahana (and. 58)—Asa

Hamelezana (and. 59)—Manasaraka (mampitaha ny dingana amin'ny fanasarahana ny voa avy amin'ny tahony sy ny ankofa ary tandindona ihany koa amin'ny izay hanangona ny "varimbazaha" ny tany amin'ny toeram-piarovana, ary ny "ahi-dratsy" sisa tavela dia hodorana)

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 133:5–14—Babylôna

Tamin'ny andro fahagola, i Babylôna dia tanàna renivohitry ny faritra nantsoina hoe Babylôniana. Mety ho iray amin'ny tanàna lehibe indrindra teto amin'izao tontolo izao izany. Ireo mpanapaka isan-karazany an'i Babylôna dia nanangana toerana fampisehoana ireo fahombiazan'ny fiainan'izao tontolo izao nandritra ny fotoanan'ny faharatsiana lehibe sy ny fanompoan-tsampy. Rehefa tonga olon'izao tontolo izao, ratsy, ary mpanompo sampy ny zanak' Isiraely, dia navelan'ny Tompo hambabo ny ankamaroan'ny Isiraelita ny Babylôniana. Izany dia natao ho lesona ho an'ny mpikambana rehetra ao amin'ny fianakavian'i Isiraely: Satria rehefa miezaka ho toa an'izao tontolo izao isika, dia ho baboin'izany. Noho izany antony rehetra izany, dia lasa tandidon'ny fiainan'izao tontolo izao sy ny faharatsiana ary ny vokatr'izy ireo i Babylôna. Mifanohitra amin'ny tanànan'i Ziona izany, izay maneho ny fiadanana sy fandriampahalemana hiarahana amin'ny Tompo.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 133:26–35—Inona ilay "Fitahiana Bebe kokoa" Nomena ny Zanak'i Efraima

Taloha, ny zanakalahy izay manana ny zon'ny fizokiana dia mahazo anjara avo roa heny amin'ny lovan'ny rainy. Ny ampahany mihoatra kosa dia ampiasaina hikarakarana ny ambin'ny fianakaviana izay mila fanampiana. Nampiharin'ny Tompo teo amin'ny fitahiana ara-panahy koa izany. I Efraima no nanana ny zon'ny fizokiana tamin'ny zanakalahin'i Josefa (izay nanana ny zon'ny fizokiana tamin'i Jakoba na Isiraely), ary ny Tompo dia nanao ny taranany ho fianakaviana manana ny zon'ny fizokiana ao amin'ny tranon'i Isiraely (jereo Genesisy 48:13–20; Deotoronomia 33:13–17; 1 Tantara 5:1–2).

Amin'ny andro farany, ny taranak'i Efraima no ho hangonina voalohany. Ny Tompo dia nametraka ny fahatokiany tamin'ny fanomezana "fitahiana bebe kokoa" azy ireo avy amin'ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny (toy ny fahamarinana naverina tamin'ny laoniny, ny fahefan'ny fisoronana sy ireo fanalahidy, soratra masina fanampiny, ary ny tempoly) mba hahafahan'izy ireo mamonjy ny ambin'ny fianakavian'i Isiraely—eny fa na dia ny fianakavian'Andriamanitra rehetra aza. Izany fitahiana sy andraikitra izany dia misy hifandraisany amin'ny fanekempihavanan'Andriamanitra nataony tamin'i Abrahama ary maneho ny voalaza ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 133:26–35.

Ity "fitahiana bebe kokoa" ity dia tsy midika hoe ny zanak'i Efraima dia tsaratsara kokoa mihoatra ny vondrona hafa—fa ireo rehetra izay mandray sy mihazona ny fanekempihavanan'ny filazantsara dia handova ny voninahitra selestialy. Tahaka ny Mpamonjy, dia hampiasa ny fahalalan'izy ireo sy ny fahafahan'izy ireo hanampy ny zanak'Andriamanitra rehetra izy ireo mba samy hahazo ny voninahitra iriany ho azy manokana izy ireo tsirairay avy.

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny telo amin'ireto asa manaraka ireto (A–F) rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 133 ianao.

A Inona no ho ataontsika?

Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 133:1–3, ny Tompo dia nilaza ny mpikamban'ny Fiangonana mba hihaino ary dia holazainy azy ireo ny zavatra ilain'izy ireo ho atao ho fiomanana amin'ny Fiaviany. Avy eo, ao amin'ny andininy 4–14, dia nilaza azy ireo Izy ny amin'ny tokony ho ataon'izy ireo.

1. Mitanisà farafahakeliny didy dimy izay nomen'ny Tompo ao amin'ny andininy 4–14.
2. Inona no didy izay naverin'ny Tompo intelo ao amin'ireo andininy ireo? (azonao lokoina izany ao amin'ny soratra masinao.)
3. Ny Loholona Stephen L. Richards, izay mpikambana tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, dia nilaza hoe: "Ny Ziona,—madio am-po— dia olona iray izay 'voafidy avy amin'izao tontolo izao.' Izany akory tsy midika hoe miova fonenana; fa midika kosa ho fiovam-po izany. Ny hoe voafidy avy amin'izao tontolo izao, dia midika hoe tsy maintsy miala amin'ny filôzôfian'izao tontolo izao ny olona iray ary ny hoe manatona an'i Ziona dia tsy maintsy miaina ny filôzôfian'i Ziona ny olona iray" ("Building Zion Today," *Improvement Era,* Apr. 1935, 231).

   Inona ary no azonao hatao ankehitriny mba hankatoavana ny didin'ny Tompo ka hialana amin'ny Babylôna? Rehefa mihaino ny bitsiky ny Fanahy Masina ianao, dia ho fantatrao ny tian'ny Tompo ho ataonao.
4. Ny Tompo dia mahafantatra ny fahasarotana ho an'ny sasany amin'ny fialany ao Babylôna. Inona no torolalana manan-danja nomeny mba hanampy atsika hamita tanteraka ny diantsika ao Ziona araky ny voalaza ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 133:5, 14–15? (ny Genesisy 19:17–26 dia manambara momba an'i Lota sy ny fianakaviany izay nitsoaka ny tanàna feno faharatsiana ary ny vokatry ny fiherehana ivoho.

   Azonao ampiasaina izany ho soratra masina mifandray amin'ny F&F 133:5.)

B Ny Fisehon'ny Tompo mandritra ny Fiaviana Fanindroany

Hisy fisehoana maromaro ho ataon'i Jesoa Kristy izay hitarika amin'ny fotoana izay "ny nofo rehetra dia hahita [Azy]" (Isaia 40:5). Tanisao ireo fomba sy toerana izay handrenesana sy ahitana Azy amin'ny Fiavinana Fanindroany avy amin'ny zavatra nianaranao ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 133:2–3, 17–25. (Jereo F&F 45:48–53; 77:11; 84:2 ho fanazavana fanampiny momba ireo tranga izay lazain'ny F&F 133.)

D Ampio Izy ireo Hahatakatra

Avy amin'ny nianaranao tao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 133, dia soraty ny dikan'ny hoe fokon'i Efraima (jereo koa ny fizarana «Fahatakarana ny Soratra Masina» ho an'ny F&F 133:26–35 mba ho fanampiana, raha ilaina).

E Ny Fiaviana Fanindroan'i Jesoa Kristy

1. Tanisao ny sasany amin'ireo fahamarinana mifandray amin'ny Fiaviana Fanindroan'i Jesoa Kristy hita ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 133:44–56.
2. Manorata roa amin'ireo fahamarinana ireo ary hazavao ny antony mahasarika anao amin'izy ireo.

F Ampitahao

Ny Fiaviana Fanindroan'i Jesoa Kristy dia hahafinaritra ho an'ireo olo-marina, fa hampatahotra kosa ho an'ireo olon-dratsy. Tena zava-dehibe ny mamaky am-pitandremana ny soratra masina momba ny Fiaviana Fanindroany mba tsy hampiharintsika amin'ny olo-marina ireo nolazaina fa hitranga amin'ny olon-dratsy (na ny mifanohitra amin'izay). Manaova lisitra anakiroa ao amin'ny kahienao, avy amin'izay voasoratra ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 133:52–74. Soraty ao amin'ny lisitra voalohany izay lazain'ireo andininy fa hiseho amin'ny olo-marina amin'ny Fiaviana Fanindroan'ny Mpamonjy. Soraty ao amin'ny ilany, kosa ny momba ny hitranga amin'ireo olon-dratsy.

G Torohevitra ho an'ny Misiônera

Ny fanambarana ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 133 dia voaray tamin'ny alalan'ny fanontaniana napetraky ny Mpaminany Joseph Smith tamin'ny Tompo momba ny fahatakarana lehibe amin'ny fitoriana ny filazantsara ary ny fanangonana an'i Isiraely. Manorata fampianarana roa avy amin'ity fizarana ity izay inoanao fa ho manan-danja ho an'ireo misiônera ny fahafantarana azy ao amin'ny kahienao, ary hazavao ny antony hieritreretanao fa tokony ho fantatry ny misiônera ny tsirairay avy amin'izany.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 134

Ny Finoana Mahakasika ny Governemanta



Maro ireo hevitra manerana an'izao tontolo izao momba ny hoe olompirenena vanona. Inona no lazain'ny Tompo momba izany lohahevitra izany? Moa ve misy fahamarinana nambara izay manampy hitarika ny fanapahankevintsika? Rehefa mamaky ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 134 ianao, dia eritrereto ny ho fahasamihafana hisy raha toa ka manaraka ny fitsipika ampianarin'io fanambarana io ny firenen-drehetra. Eritrereto koa momba ny andraikitrao manokana momba ireo fitsipika ireo.

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 134

Sava ranon'ando (sasinteny)—Fanazavana ny tanjona amin'ny fanombohan'ny taratasy

Napetraka (and. 1, 4)—Naorina, natomboka

Tanana (and. 2)—Masina, tsy voazarazara

Mpitsara (and. 3, 6)—Mpiasambahoaka izay mikirakira lalàna

Repoblika (and. 3)— Governemanta izay nomen'ny vahoaka fahefana, izay mifidy solon-tena hanao sy hitantana ny lalàna

Mpanjaka (and. 3)—Mpanjaka, mpanapaka

Tompon'andraikitra (and. 4)—Tompon'andraikitra

Hitsabaka (and. 4)—Manelingelina, mametra, manimba

Hamoaka (and. 4, 6)—Hanorina

Handidy (and. 4)—Mametraka ny fomba tsy mainty anatanterahina izany

Hanery (and. 4)—Hametra, hanakana

Manana adidy (and. 5)—Manana andraikitra miandry

Voajanahary (and. 5)—Hatrany an-kibon-dreny

Tsy azo esorina (and. 5)—Tsy azo lavina, ivelan'ny herin'olona iray na tsy misy afaka manova

Fiodinana (and. 5, 7)—Tsy fanarahan-dalàna amin'ny fitondram-panjakana, zavatra atao maneho fikomiana

Hankatoavina (and. 6)—Fanajana, fanekena

Resin'ny (and. 6)—Soloin'ny

Fikorontanana (and. 6)—Tsy misy lalàna, tsy fisian'ny fitsipika sy ny fitondram-panjakana

Handamina (and. 6)—Mitantana, mifehy

Handrara, nandrara (and. 7, 9)—Manakana, tsy mamela

Fiokona (and. 7)—Miasa miaraka miafina mba hanimbana na hanonganana ny fitondram-panjakana

Fandravana (and. 8)—Fanakorontanana, fandikana ny lalàna

Fanarenana (and. 11)—Manamarina ireo ireo manana toe-tsaina diso

Fanafihana (and. 11)—Fitsofohana tsy araky ny lalàna

Fotoan-tsarotra (and. 11)—Vonjy taitra, ilaina avy hatrany

Raharahan'andevo (and. 12)—Famatorana, fanangejana

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny asa A rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 134 ianao.

A Ampiharo ny Soratra Masina

1. Ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 134 dia mirakitra ireo finoana sy fitsipika azo ampiharina amin'ny toe-javatra isan-karazany. Jereo ireto zava-dratsy nitranga ireto ary hazavao ny finoana na ny fitsipika avy amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 134 izay mihatra amin'ny tsirairay avy:
   a. Nisy vehivavy iray nangala-bola tamin'ny mpampiasany. Nanenina tamin'ny zavatra nataony izy ary dia nanao tafa sy dinika tamin'ny evekany. Inona no zavatra ilaina averina amin'ny laoniny mba hanampy azy hibebaka?
   b. Nisy lehilahy iray nesorina tsy ho mpikamban'ny Fiangonana intsony. Nalahelo mafy izy ary nilaza tamin'ny mpampahalala vaovao iray fa ny Fiangonana dia tsy manana zo manala ny maha-mpikambana azy.
   c. Nisy vondrona tanora nihevitra fa hahafaly azy ireo ny mitoraka varavarankely. Nandeha fiara hody ianao sy ny namanao no nahita azy ireo. Nilaza ny namanao mba tsy hiraharaha izany fa tsy misy hidirantsika izany. Inona no tokony ho ataonao?
2. Manorata tranga roa fanampiny foroninao izay mifototra amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 134.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 135

Maritioran'ny Fahamarinana

"Toa lasa zavatra mahazatra" ny Mpaminany Joseph Smith ny fanenjehana (F&F 127:2). Hatramin'ny Fahitana Voalohany tamin'ny taona 1820, dia nanohitra hatrany ity Mpaminany lehiben'ny Famerenana amin'ny laoniny ity ny fahavalo. Ary na dia dimy taona nandraisana fanambarana lehibe sy firoboroboan'ny Fiangonana aza ny dimy taona nijanonan'ny Mpaminany tao Nauvoo, dia dimy taonan'ny fitohizan'ny fanenjehana koa izany.

Tamin'ny taona 1843 sy 1844, ny Mpaminany dia nampianatra sy nanomana ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo hitarika ny Fiangonana. Nahatsapa izy fa efa ho fohy ny fotoanany. Teo am-piandrasana izany, ireo izay niala ny Fiangonana dia tsy niala ny Fiangonana samirery. Tamin'ny fiandohan'ny volana Jiona 1844, ireo mpikamban'ny Fiangonana teo aloha niaraka tamin'ny fahavalon'ity asa ity dia nanonta gazety iray, ny Nauvoo Expositor, izay namoaka lainga momba ny Mpaminany sy ireo mpitariky ny Fiangonana hafa. Izany dia vao maika nampirehitra ny afon'ny fankahalana tamin'ireo nanohitra ny Môrmôna teo an-toerana izay nikatsaka ny hanalana ny Olomasina ao andrefan'i Illinois.

Ho valin'ny lahatsoratra tao amin'ny Nauvoo Expositor, ny Mpaminany Joseph Smith—tamin'ny naha-ben'ny tanànan'i Nauvoo azy—sy ny filankevitry ny tanàn'i Nauvoo dia nanome baiko mba hanimbana ny gazety Nauvoo Expositor ary handorana ireo tahadikan'ny gazety rehetra. Nentin'ny tompony teo anatrehan'ny mpitsara ao Nauvoo izany ary dia nahazo fiantsoana ny Mpaminany sy ny filankevitry ny tanàna. Voamarina fa tsy meloka izy ireo. Tsy afa-po tamin'ny fanapahankevitry fitsarana ireo fahavalon'ny Mpaminany, satria ilay mpitsara dia mpikamban'ny Fiangonana. Ka dia nanolotra ny tenany tany amin'ny mpitsara hafa tsy mpikambana ny Mpaminany sy ireo hafa. Kanefa mbola afaka ihany izy ireo.

Tamin'ity fotoana ity, dia nisy gazety iray tao Warsaw, Illinois, izay nantsoina hoe Ireo Môrmôna "devoly ratsy" ary nanoro hevitra izany fa ny hany fomba hamahana maharitra ny olana dia amin'ny "vanja sy bala" ihany (jereo Church History in the Fulness of Times, *275). Tao anatin'izany fihenjanana sy fotoana tena nampidi-doza ity, dia niantso ny Governoran'i Illinois, Governora Thomas Ford ny Mpaminany Joseph Smith hahazoana fanampiana sy fanazavana. Mandritra izany ihany koa ny fahavalon'ny Mpaminany dia nangataka fanampiana tamin'ny governora mba hanoherana ireo Môrmôna. Hita fa niandany tamin'ireo izay nanohitra ny Mpaminany ny governora. Vokatr'izany, dia tena azon'ny Mpaminany antoka fa izy sy ny rahalahiny Hyrum mihitsy no tena tetehin'izy ireo rehetra. Nanao drafitra niaraka haingana izy hialana ny tanàna ary nanomboka nisava lalana hifindran'ireo Olomasina monina hiankandrefana—fifindra-monina izay efa fantany, tamin'ny alalan'ny fanambarana, fa hitranga. Nino izy fa rehefa mandeha izy, dia hiato ny fanenjehana. Ny sasany tamin'ireo mpikamban'ny Fiangonana dia tsy niray hevitra tamin'ny drafitry ny Mpaminany, ary nilaza fa handao azy ireo izy ary hamela azy ireo hiatrika ny fanenjehana samirery. Namaly izany ny Mpaminany nanao hoe: "Raha tsy misy lanjany eo amin'ny namako ny fiainako dia tsy misy lanjany amiko koa"* (History of the Church, *6:549), ary dia niverina tany Nauvoo izy.*

© 1979 Harold I. Hopkinson Estate

Ny Mpaminany Joseph Smith, Hyrum Smith, sy ny mpikambana tao amin'ny filankevitry ny tanànan'i Nauvoo taty aoriana dia nalefa tao amin'ny fonjan'i Carthage rehefa avy nitolo-batana noho ny fiampangana azy ireo ho niteraka korontana. Tamin'ny 25 Jiona "dia nisy ny fihainoana mialoha natao teo anoloan'i Robert F. Smith, mpitsara iray misahana ny fandriampahalemana ary ihany koa kapiteninn'ny Carthage Greys sady mavitrika tao amin'ny antoko mpanohitra ny Môrmôna. Ny mpikambana tsirairay tao amin'ny filankevitry ny tanàna dia novotsorina rehefa nandoa onitra dimanjato dôlara ary nomena baiko hanatrika ny fitsarana manaraka. Ny ankamaroan'ireo lehilahy voarohirohy dia nandeha niala tany Nauvoo, fa i Joseph sy Hyrum kosa dia mbola nijanona nanao tafa sy dinika niaraka tamin'ny Governora Ford. Ny harivan'io ihany dia nisy zandary iray tonga niaraka tamin'ny mittimus iray (taratasy fitondrana mankany am-ponja) nosoniavin'ny Mpitsara Smith mba hihazona an'i Joseph sy Hyrum tao am-ponja mandra-pitsarana azy ireo tamin'ny famadihana tanindrazana, izay heloka lehibe indrindra. Nanohitra izany i Joseph sy ny mpisolovavany satria tsy ara-dalàna izany mittimus izany, satria tsy nisy filazana mikasika izany nandritra ny fotoana tany amin'ny fampanoavana. Nentina teo amin'ny governora ny fitarainan'izy ireo, kanefa dia nilaza izy fa tsy afaka manakana manamboninahitra sivily iray manatanteraka ny andraikiny" (Church History in the Fulness of Times, 278). Nampanantena anefa izy, fa raha mandeha any Nauvoo izy dia ho entiny miaraka aminy ny Mpaminany sy Hyrum Smith.

Tamin'ny Alakamisy, 27 Jiona 1844, dia nandefa an'i Dan Jones ny Mpaminany—izay, niaraka tamin'ny Loholona John Taylor sy Willard Richards, nandany ny alina ihany koa tao amin'ny fonjan'i Carthage—mba hilaza amin'ny Governora Ford momba ny drafitra izay henony amin'ny famakiana ny fonja ary hamonoana an'i Smith mirahalahy. Nanome antoka ny Governora Ford fa tsy misy hatahorana ny fiarovana ny Mpaminany. Tsy navela hiverina any amponja intsony i rahalahy Jones ary dia nandeha niverina nankany Nauvoo izy. Nandeha tany Nauvoo koa ny Governor Ford—kanefa dia tsy nitondra ny Mpaminany niaraka taminy izy.

Tamin'io atoandro io dia nisy fanahin'ny fahavesarana nandrakotra ny fanahin'ny Mpaminany Joseph Smith. Nangataka an'i John Taylor izy hihira ny "Je rencontrais sur mon chemin" (jereo cantique, *no. 17). Nangataka ny Loholona Taylor hamerina hihira indray i Hyrum Smith, saingy nanenika ny fahatsapana ny alahelo ary nahatsapa izy fa toa tsy afaka, kanefa dia nihira ihany izy.*

Afaka nipetraka tao amin'ny efitrano fatoriana tany ambony rihanan'ny trano figadrana ireo lehilahy, kanefa dia nanoro hevitra azy ireo my mpiambina ny fonja mba hifindrany any amin'ny efitrano kely izy ireo. Nino izy fa ho voaro kokoa izy ireo ao. Nangatahin'ny Mpaminany Joseph Smith i Willard Richards hiaraka amin'izy ireo raha toa ka mifindra ao amin'ny efitrano kely izy ireo. Ny Loholona Richards dia nilaza fa izy no ho faty eo amin'ny toeran'ny Mpaminany raha toa ka manandrana haka ny ain'ny Mpaminany izy ireo. Niteny ny Mpaminany hoe : "Kanefa tsy afaka ianao." "Hataoko izany," hoy ny navalin'ny Loholona Richards. (Jereo Roberts, Comprehensive History of the Church, 2:283.*)*

Noraketin'ny Loholona John Taylor hoe: "Nipetraka teo amin'ny iray amin'ireo varavarankelin'ny fonja aho, no nahita lehilahy maromaro, izay nandoko ny tarehiny, nanatona ny sisin'ny fonja, ary nananika nihazo ny totohatra. Nahita izany koa ireo rahalahy hafa, ary rehefa nanatona ny varavarana aho dia efa hitako ny Rahalahy Hyrum Smith sy ny Dr. Richards efa niankina niaraka nanohatra ny varavarana tamin'ny sorok'izy roa ireo mba hanakanana ny fisokafan'ny varavarana satria ny hidin-trano sy ny fanalahidy dia tsy tena misy dikany" (Gospel Kingdom, *359). Ny Filoha Joseph Fielding Smith dia nanoratra hoe: "Taoriana kelin'ny tamin'ny dimy ora dia nisy fisavoritahana teo ivelan'ny varavaran'ny fonja, kikiaka tamin'ny fitsoahan'ireo mpiambina, ny fipoahan'ny basy, avy eo narahan'ny rodorodon'ireo andian'olona mpihetraketraka izay efa mamo niparitaka eran'ny fonja" (*Church History and Modern Revelation, *2:401). Nisy tifitra niditra ny varavarana ka nahavoa an'i Hyrum Smith teo anoloana. Nisy bala iray fanindroany namely azy avy aty aoriana, avy any ivelany, ary nianjera tamin'ny tany izy sady niteny hoe: "Maty aho." Nitolefika tamin'ny tany ny Mpaminany. "Andray, Hyrum rahalahiko malala." Noraisiny ilay basy in'enina nipoaka ary niezaka niaro-tena tamim-pahalemena izy. Nitady fitsoahana teny amin'ny varavarakely i John Taylor kanefa dia voatifitra nisesisesy. Naratra izy, saingy voaro kosa tamin'ny fahafatesana tamin'iray amin'ireo bala niantefa tamin'ny famataranandro tao ampaosin'ny salotr'akanjony ary dia namela porofo tsy hay kosehina ny tamin'ny fotoanan'ny maritiora—izay tamin'ny 5 ora mahery 16 minitra sy 26 segondra tamin'ny Alakamisy 27 Jiona 1844.*

Fonjan'i Carthage

Niakatra teo amin'ny varavarankely ihany koa ny Mpaminany Joseph Smith. Teo am-piakarana teo izy no voan'ny bala roa avy aoriana ary bala iray avy any ivelany, izay nandoaka azy avy eo anoloana. Niato teo amin'ny tolanam-baravarankely izy talohan'ny nianjerany teo an-tokontany tery ambany (jereo F&F 135:1).

Tampoka teo, avy any ivelany dia nisy antsoantso re nanao hoe: "Indreto fa tamy manatona ireo Môrmôna!" Tsy tamy izany izy ireo, fa izany hevitra izany dia nampatahotra ireo andian'olona ka nampilefa azy ireo haingana. Rehefa ren'ny Governora Ford izany zava-nitranga izany, dia nanao dingana izy nijery raha toa ka voaro ny tananàn'i Carthage. Ireo Olomasina etsy andanin'izany, dia tsy nanao drafitra ny hamaly faty. Maty ny Mpaminanin'izy ireo ary heniky ny fangirifiriana izy ireo. Ho porofo fa tsy nisy valifaty nitranga, dia nitalaho tamin'ny olona ny Rahalahy Willard Richards rehefa niteny nandritra ny fivoriana natrehin'ny daholobe, mba tsy hamaly faty. Nentina niverina tany Nauvoo tamin'ny 28 Jiona 1844 ny vatan'ny Mpaminany maty maritiora. An'arivony ireo izay nipetraka tany no nandalo nitsidika ny Tranon'ny Mpaminany mba hiondrika manoloana ny vata-mangatsiakany sy hisaona ny fahalasany.

Ny Apôstôly John Taylor dia nahatsapa fa zava-dehibe ny manoratra firaketana ôfisialy ny amin'ny zava-nitranga, mba ho vavolombelona ho an'izao tontolo izao—izy izay vavolombelona nanatri-maso. Rehefa mamaky ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 135 ianao, dia eritrereto ny vokatry ny asa nanirahana ny Mpaminany Joseph Smith teo amin'ny fiainanao sy ny fiainan'ireo olona hafa an-tapitrisany manerana an'izao tontolo izao.

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 135

Martiora (sasin-teny, and. 1)—Fahafatesana ho vavolombelon'ny fahamarinana

Fitondran'Andriamanitra (and. 2)—Fanampiana avy any ambony, fiarovan'Andriamanitra

Madio (and. 4)—Foana

Hatrizao (and. 6)—Manomboka izao no makany

handevonany (and. 6)—Handoroana, hangalana

Lavina (and. 7)—Fanamby, tsikera

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 135:5—"Manankery ny Didim-pananany"

I Lucy Mack Smith, renin'ny Mpaminany sy Hyrum Smith, dia nanoratra izao manaraka izao momba ny fahafatesan'ireo zanany: "Rehefa voasasa ireo vata-mangatsiaka ary nampiakanjoana akanjo izy ireo, dia afaka nahita azy ireo izahay. Efa ela no nanangona ny heriko rehetra, nanangonako ny tanjaky ny fanahiko ary niantsoko an'Andriamanitra mba hampahery ahy, kanefa rehefa niditra tao amin'ny efitrano aho sy nahita ireto zanako novonoina nitsilany miaraka teo anoloan'ny masoko sy naheno ny fitomaniana sy ny tarain'ny fianakaviako ary ny hikikiaka nanao hoe 'Dadanay! Vadiko! Ny Rahalahiko!' avy teo amin'ny molotry ny vadin'izy ireo, ny zanaka, ny mpiray tampo amin'izy ireo, dia tsy zakako loatra izany. Nihemotra tany aoriana aho, nitaraina tamin'ny Tompo ny fangirifirian'ny fanahiko, 'Andriamanitra ô, Andriamanitra ô, nahoana Ianao no nandao ity fianakaviana ity?' Nisy feo namaly nanao hoe: 'Nentiko niaraka tamiko izy ireo, mba hahafahan'izy ireo miala sasatra.' . . . Avy eo ny fisainako dia nisidina namerimberina ireo endrika fanaintainana sy fikorontanana izay nisy teo aminay tamin'ny lasa, niaraka, izay nampisehoan'izy ireo ny tsy fananan-tsiny sy ny fanehoam-pitiavana izay nameno ny fo tsy melok'izy ireo. Rehefa nijery ny endrik'izy ireo nitsiky sy feno fiadanana aho, dia toa mahita azy ireo miteny amiko manao hoe: 'Neny a! aza mitomany anay, efa nandresy izao tontolo izao tamin'ny fitiavana izahay; nitondra ny filazantsara ho azy ireo izahay, mba hahafahan'ny fanahin'izy ireo afaka ny ho voavonjy. Novonoiny tamin'ny fijoroanay ho vavolombelona izahay, ary dia napetraka teo anoloan'ny fahefan'izy ireo; ny fandresen'izy ireo dia ho amin'ny fotoana voafetra ihany, fa ny antsika kosa dia ho fandresena mandrakizay' " (*History of Joseph Smith,* 324–25).

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ireto asa manaraka ireto (A–E) rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 135 ianao.

A Manomàna Tatitra Ara-baovao

Ndeha atao hoe mpilaza vaovaon'ny fahitalavitra iray ianao ary mijoro eo ivelan'ny Fonjan'i Carthage tamin'ny andro taorian'ny nahafatesan'ny Mpaminany Joseph Smith sy Hyrum Smith. Manana dimy ambin'ny efapolo segondra ianao hanaovana tatitra. Ampiasao ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 135 ary ny filazalazana ao amin'ny fampidirana ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 135 amin'ity boky fandalinan'ny mpianatra ity hanampy anao hanoratra izay tokony holazainao amin'izany fotoana fohy izany.

B Ampidiro ao amin'ny Lisitra notanisainao

1. Ao amin'ny fehezanteny voalohany ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 135:3, ny Loholona John Taylor dia nanao filazana mifono fahasahiana momba ny fiainan'ny Mpaminany Joseph Smith. Hazavao ny antony maha-marina izany.
2. Tanisao ny fandraisan'anjaran'ny Mpaminany Joseph Smith teo amin'ny fiainan'ny zanak'olombelona rehetra, araka ny hita ao amin'ny andininy faha-3.

D Inona no Eritreritrao?

Nandritra ny fiainana tao Carthage, i Hyrum Smith dia namaky ny tenin'ny mpaminany Môrônia tao amin'ny Etera 12:36–38. Ampitahao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 135:4–5 izany soratra masina izany ary soraty ny fampiharana izany amin'ny toe-javatra nisy teo amin'ny Mpaminany Joseph Smith sy ny rahalahiny Hyrum.

E Inona no Fiantraikan'ny Fiainany eo amin'ny aminao?

Jereo tsara daholo ireo zavatra nianaranao momba ny Mpaminany Joseph Smith, ary manorata momba ny fomba entin'ny fiainany ho hisy fiantraikany eo aminao.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 136

Ny zavatra ilaina ho an'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 136 dia hita ao amin'ny fizarana "Nifindra tany Andrefana ny Fiangonana" (p. 180).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 137

Ny Fahitana ny Fanjakana Selestialy

Tamin'ny taona 1832 ny Mpaminany Joseph Smith dia nahita fahitana nifampitohitohy izay nanambaran'Andriamanitra taminy bebe kokoa ny fanjakana izay hanendrena antsika aorian'ny fahafatesana sy ny fitsarana (jereo F&F 76). Avy tamin'ireo fahitana ireo no nianarany fa ireo izay mandova ny fanjakana selestialy dia tsy maintsy manao zavatra tahaka ny fandraisana ny tenivavolombelon'i Jesoa Kristy, ny fananana tanjaka amin'izany fijoroana ho vavolombelona izany, atao batisa, ary mandray ny fanomezan'ny Fanahy Masina. Kanefa ahoana kosa ny amin'ireo izay tsy nanana fahafahana mihitsy handray ny fijoroana ho vavolombelon'i Jesoa Kristy satria izy ireo dia tsy mbola nampianarina ny momba Azy?

Ahoana koa ny momba ireo izay tsy nanana fahafahana mihitsy handray ny batisa sy ireo ôrdônansy hafa eo ampelatanan'ny mpanompon'Andriamanitra nahazo lalana? Manampy hamaly izany fanontaniana izany ny fanambarana izay azon'ny Mpaminany Joseph Smith tamin'ny volana Janoary 1836.

Rehefa mamaky ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 137 ianao, dia ho tsikaritrao fa nahita zavatra nahatalanjona izay nahalasa saina azy ny Mpaminany. Namaly izany zavatra nahalasa saina azy izany ny Tompo ary nanazava fotopampianarana manan-danja mifandray amin'ny famonjena ny zanany rehetra. Ny zavatra nianarany avy tamin'ity fanambarana ity dia nanampy koa ny Mpaminany rehefa nahazo ireo fanalahidy manan-danjan'ny fisoronana izy telo volana taty aoriana tao amin'ny tempolin'i Kirtland (jereo F&F 110:11–16).

Ny fanambarana voarakitra ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 137 dia natolotra mba hotohanan'ny Fiangonana nandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana tamin'ny Aprily 1976, mba ho anisan'ny soratra masina ôfisialin'ny Fiangonana. Natonta voalohany ho anisan'ny Voahangy Lafo Vidy izany ary taty aoriana, nanomboka tamin'ny fanontana tamin'ny 1981 dia natao ho fizarana 137 ny fotopampianarana sy Fanekempihavanana izany. (Jereo Tatitry ny Fihaonambe, Apr. 1976, p. 29; na Ensign, *Mey 1976, p. 19; jereo koa "Three Additions to Be in Doctrine and Covenants," Ensign, Aog. 1979, p. 75).*

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 137

Manan-tombo (and.2)—Feno voninahitra, tsy fahita

Endrika (and. 4)—Voarakotra tsara ny velarany

Nahatalanjona (and. 6)—Talanjona

Hitoetra (and. 7)—Nijanona, Ambiny

Taona maha-tompon'andraikitra (and. 10)—Valo taona

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 137:1—"Na tao amin'ny Vatako aho na tany Ivelany dia tsy Haiko Lazaina"

Ny Mpaminany Joseph Smith dia nampianatra fa "ny zavadrehetra izay heverin'Andriamanitra fa mety sy ara-dalàna ao anatin'ny fahendreny tsy voafetra fa ho ambara amintsika, mandritra ny fijanonantsika eto amin'ity fiainana mety maty ity, mikasika ity vatantsika mety maty ity, dia nambara tamintsika tao anatin'ny endriny manjavozavo, ary . . . nambara tamin'ny fanahintsika mazava tsara tahaka ny hoe tsy nanana vatana aranofo mihitsy isika" (*Teachings of the Prophet Joseph Smith,* 355). Izany fahitana izany dia mitondra fiovana ara-panahy izay mahatonga ny fifandraisana amin'ny zavatra eto an-tany ho zary lavitra loatra. Ny Apôstôly Paoly dia namaritra traikefa mitovitovy amin'izany ao amin'ny 2 Korintiana 12:2–4, ary ny mpaminany hafa dia nanamarina ny fiovana entin'ny fiantraikan'ny fahitana (jereo Mosesy 1:10–11).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 137:5—"Ny Raiko sy ny Reniko; i Alvin Rahalahiko"

Tsy maintsy ho nahaliana tokoa ny Mpaminany Joseph Smith ny nahita ny rainy, ny reniny, ny zokiny lahy Alvin tao amin'ny fanjakana selestialy. Ny rainy, Joseph Rainy, izay samy teo amin'ny efitrano ambony rihan'ny Tempolin'i Kirtland rehefa nahazo ity fahitana ity ny Mpaminany; mbola velona ihany koa ny reniny. Izany no midika mazava ho azy fa nahita ny zavatra hitranga amin'ny ho avy ny Mpaminany.

Ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 137:6 dia nirakitra fa ny Mpaminany dia talanjona amin'ny fahitany ny rahalahiny Alvin izay afaka nahazo ny fanjakana selestialy izay efa maty talohan'ny famerenana amin'ny laoniny ny Fiangonana. I Alvin Smith dia maty tamin'ny Novambra 1823, fotoana fohy taorian'ny nitsidihan'ny anjely Môrônia ny Mpaminany ary fotoana taloha elabe talohan'ny namerenana tamin'ny laoniny ny fahefana hitantanana ny ôrdônansin'ny famonjena. Tao anatin'ny fotoana iray, dia nilaza ny Mpaminany fa i Alvin "no zokiny sy manankaja indrindra tao amin'ny fianakavian'ny raiko. Anisan'ny iray amin'ireo fanahy manan-kaja indrindra amin'ny zanak'olombelona izy. . . . tsy nisy fanamelohana aminy [famitahana]. Niaina tao anatin'ny fahadiovana tanteraka izy fony fahakeliny. . . . Iray amin'ireo lehilahy faran'izay mahalala onony izy, ary rehefa maty izy dia notsidihan'ny anjelin'ny Tompo tamin'ny fotoana farany" (*History of the Church,* 5:126–27). Nilaza ny mpitory teny iray izay nitory nandritra ny fandevenana an'i Alvin Smith dia fa ho any amin'ny helo izy noho izy tsy natao batisa na nanaraka fiangonana (jereo "Another Testimony: Statement of William Smith, Concerning Joseph, the Prophet," *Deseret Evening News,* 20 Jan. 1894, p. 11).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 137:9—"Araka ny Fanirian'ny Fony"

Ny Loholona Neal A. Maxwell, mpikambana tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, dia nampatsiahy mikasika ny fahamarinana iray izay manome antsika mpikamban'ny Fiangonana ny andraikitra amin'ny maha-tompon'andraikitra sy fampiononana:

"*Ny faniriana* . . . dia mifandray mivantana amin'ny fahafahana misafidy ananantsika sy ny maha-tsirairay antsika. Na amin'ny fieritreretana na amin'ny fomba fanehoana azy ireo, ny faniriantsika lalina dia misy fiantraikany amin'ny fampiasana ny fahafahantsika misafidy. Ny faniriana dia lasa zavatra tena trandrahana, na dia . . . tsy dia ilaintsika loatra aza ny vokatry ny faniriantsika.

"*Ny Faniriana* dia mampiseho fitsiriritana lalina na filàna. Vokatr'izany, ny faniriana marina dia mihoatra noho ny fitiavana mandalo na fahatsapana maharitra. Mazava ho azy ny fahasahiranantsika, ny toe-javatra iainantsika, ary ny tontolo iainana dia zava-dehibe loatra, ary mamolavola ny tenantsika tokoa. Kanefa mbola ao anatin'ny toe-javatra izay voafehintsika izany raha tsy hoe manaraka izany isika. Ao amin'ity toe-javatra ity no hitoeran'ny mahatsirairay antsika ary ny maha-tompon'andraikitra antsika manokana.

"Noho izany, ny faniriana hikirizantsika, mandritra ny fotoana, dia ny hahatongavantsika rahatrizay amin'ny maha-antsika antsika ary amin'ny zavatra ho azontsika any amin'ny mandrakizay" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Ôkt. 1996, 26; na *Ensign*, Nôv. 1996, 21; jereo koa Almà 41:3–6).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 137:10—Ny Ankizy Rehetra dia Voavonjy ao amin'ny Fanjakana Selestialy

Nanontany tena ny olona sasany raha toa mila ny ôrdônansin'ny tempoly—ny zazakely maty alohan'ny taona maha-tompon'andraikitra azy—dia ny fahavalo taonany. Nazavain'ny Tompo tsara izany fa tsy mila batisa izy ireo (jereo Môrônia 8:10–13). Ny hany ôrdônansin'ny tempoly ataon'izy ireo dia ny famehezana azy ireo amin'ny ray aman-dreniny, raha toa izy ireo ka tsy teraka tao anatin'ny fanekempihavanana.

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny roa amin'ireto asa manaraka ireto (A–D) rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 137 ianao.

A Soratra Masina Fehezina—Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 137:7–10

1. Tanisao ireo vondron'olona izay ampianarin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 137:7–10 fa afaka ny handova ny fanjakana selestialy.
2. Inona no tsy maintsy *ataontsika* mba hahafahan'ireo olona voalaza ao amin'ny andininy 7–9 hiomana ho amin'ny fanjakana selestialy?
3. Inona no ampianarin'ireo andininy ireo momba an'Andriamanitra?
4. Inona no ampianarin'ireo andininy ireo antsika momba ny andraikitsika?

B Vaovao Mahafaly sa Vaovao Ratsy?

1. Araka ny voalazan'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 137:9, inona ireo zavatra roa izay takian'ny Tompo rehefa hitsara antsika Izy?
2. Jereo tsara ilay zavatra faharoa nolazain'ny Tompo. Manomeza ohatra amin'ny toe-javatra iray izay ho lasa vaovao mahafaly ho an'ny olona iray ny fahafantarana ny fahamarinana momba ny fitsarana. Manomeza koa ohatra amin'ny toe-javatra izay mety hahatonga izany ho vaovao ratsy.

D Inona no Holazainao?

Alaivo sary an-tsaina hoe nahafantatra fianakaviana iray ianao izay misaona noho ny fahafatesan'ny zanakalahin'izy ireo tampoka. Nanontany tena ny rainy raha toa ilaina ny fanatanterahan'ny olona iray ny batisa any amin'ny tempoly ho an'ny zanany. Avy amin'ny zavatra nianaranao tao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 137:10, dia inona no azonao holazaina amin'ny rain'ilay zaza mba hanampy azy hahatakatra fa ny batisa ho an'ny maty dia tsy ilaina ho an'ny ankizy kely (jereo koa Môrônia 8; ny fizarana «Fahatakarana ny Soratra Masina» ho an'ny F&F 137:10).

Nifindra ho any Andrefana ny Fiangonana

Nanomboka pejy vaovao teo amin'ny tantaran'ny Fiangonana ireo Olomasina taorian'ny fiaingana teo afovoan'ny ririnina avy tao Nauvoo sy ny famakivakian'izy ireo tamim-paharerahana an'i Iowa. Izany fifindran'izy ireo monina nankany andrefana lavitra izany dia niteraka fomba fiainana vaovao sy fotoana ho an'ireo Olomasina hanorenan'izy ireo ny tranon'izy ireo vaovao tao amin'ny lemak'i Salt Lake. "Indreto izy ireo, efa ho an'arivo kilaometatra sy sasany miala ny toeram-piobiana akaiky indrindra nisy tany atsinanana ary efa ho roanjato sy arivo kilaometatra avy amin'ny sisin-tany Pasifika. Tao anatin'ny tontolo tsy dia mahazatra azy ireo loatra izy ireo. Tsy mbola namboly teo mihitsy izy ireo. Tsy mbola nananganana karazan-javatra teo mihitsy izy ireo.

"Natao sesin-tany izy ireo, noroahina tao amin'ny tanànan'izy ireo tany Mississippi ka nankany amin'ny faritry ny tany foana tany Andrefana. Kanefa izy ireo dia nentanin'ny fahitana nofariparitana avy tao amin'ny soratra masina sy ny tenin'ny fanambarana: 'Dia hanangana faneva ho an'ny firenena Izy ka hamory ny Isiraely izay voaroaka sy hanangona ny Joda izay voaely avy any amin'ny vazan-tany efatra' (Isaia 11:12)" (avy tao amin'ny horonantsarimihetsika: "Faith in Every Footstep: The Epic Pioneer Journey," notantarain'ny Fiadidiana Voalohany, tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Apr. 1997, 86; na *Ensign*, Mey 1997, 64).

Nandritra ny dimapolo taona manaraka ity "faneva ho an'ny firenena" ity, izay notarihin'ireo mpaminany Brigham Young, John Taylor, ary Wilford Woodruff, dia nitondra vanim-potoan'ny fiadanana sy firoboroboana, ary fifanoherana sy fitsapana ihany koa. Nihitatra tany amin'ny faritry Mexique, Amerika Andrefana, Polynesia, ary Eoropa ny asa fitoriana. Tempoly efatra—St. George, Logan, Manti, ary Salt Lake—no voaorina ary notokanana, ka nanome toerana hanaovana ôrdônansy mandrakizay ho an'ny velona sy ny maty. Naorina ny Kilonga. Ny fahavitan'ny lalam-by mamakivaky ny kaontinanta dia nitondra fivoarana ara-toe-karena ho an'ny Olomasin'i Utah. Nandritra izany, dia nitranga indray ny fanenjehana ny Fiangonana sy ny

mpikambany. Maro ireo misiônera notafihina ary ny sasany dia novonoina nandritra ity vanim-potoana ity (jereo *Ny Lovantsika,* p. 98). Nahita ny fotoana nandaniana ny lalàna izay tsy nanala fotsiny ny zo ho an'ireo manambady maro ihany ireo Olomasina, fa koa ny fanangejana ny fananan'ny Fiangonana, anisan'izany ny tempoly. Tamin'ny taona 1890 ny Tompo dia nanambara tamin'ny Filoha Wilford Woodruff fa fotoana hamaranana ny fampiharana ny fanambadiana maro tamin'izany.

Fanamarihana: Ao amin'ny *Boky Fandalinan'ny Mpianatra: Fotopampianarana sy Fanekempihavanana sy ny Tantaran'ny Fiangonana,* ny herinandro fito farany dia mifantoka amin'ireo tranga manodidina ny tantaran'ny Fiangonana nanomboka tamin'ny taona 1845 ka hatramin'izao ary ny fampianaran'ireo mpaminany nanomboka teo amin'i Brigham Young ka hatramin'i Gordon B. Hinckley. Ny asa famakiana ataonao (miaraka amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 136; 138; sy ny Filazana Ôfisialy 1 sy 2) dia ho famakiana ny tantaran'ny Fiangonana avy ao amin'ny boky *Ny Lovantsika: Tantara fohin'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany* ary filazana nofantenana nataon'ireo mpaminany tsirairay avy. Ho hitanao ao amin'ny boky fandalinan'ny mpianatra izany famakiana izany, aorian'ny teny fampidirana tsirairay. Ny fizarana "Fahatakarana ny Soratra Masina" dia nosoloina ny fizarana "Fahatakarana ny Famakiana." Mirakitra teny izay manampy ny fahitana hafa ao amin'ny famakiana avy amin'ny boky *Ny Lovantsika* izany. Ary koa ny fizarana "Fandalinana ny Famakiana" dia nasolo ilay nantsoina teo aloha hoe ny "Fandalinana ny Soratra Masina" ary manome ireo asa ataonao ho fampiharana ho tanterahanao.

Ny Fifandimbiasana tao amin'ny Fiadidiana

Fifidianana ny Filoha Vaovaon'ny Fiangonana

Rehefa maty maritiora ny Mpaminany Joseph Smith, dia maro ireo mpikambana betsaka no nanontany tena ny amin'ny ho avin'ny Fiangonana. Iza no handimby ny Mpaminany sy hitarika ny Fiangonana? Ny Filoha Spencer W. Kimball dia nanazava hoe: "Rehefa natao ny fifandimbiasana voalohany, dia mbola kely tokoa ny fiangonana naverina tamin'ny laoniny satria vao 14 taona monja no nitsanganany. Tsy nisy mpaminany na 'fahitana' nandritra ny taon-jato maro. Tsy nahagaga, raha nanam-panontaniana maro ny olona rehefa namarana ny fiainan'ny iray izay nitondra izany fitahiana tsy voavidy vola izany—dia ny fiangonana, ny fanambarana, ary ny mpaminany, izay tena ivon'ny fanontaniana—ny bala niantefa taminy tao Carthage. Rehefa tafaverina avy tamin'ny asa fitoriany ireo Apôstôly, dia nandevina ny mpaminanin'izy ireo, ary vonona hiatrika ny ho avy, ary dia nisava ny ahiahy rehetra nitsangana nitarika ny lalana tahaka an'i Mosesy ny Apôstôly zokiny indrindra, izay efa nihazona ny fanalahidy rehetra (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Apr. 1970, 119).

Fifandimbiasana tao amin'ny Fiadidiana

1. "Rehefa novonoina tao amin'ny Fonjan'i Carthage ny Mpaminany Joseph sy Hyrum Smith, dia maro tamin'ireo tao amin'ny Kôlejin'ny Roambinifololahy sy mpitarika ny Fiangonana hafa no nandeha nitory ny filazantsara ka tsy tao Nauvoo. Andro maro-maro no lasa zay vao nahafantatra mikasika ny fahafatesana izy ireo. Rehefa nandre ny vaovao i Brigham Young, dia fantany fa ny fanalahidin'ny fitarihan'ny fisoronana dia mbola tafajanona tao am-piangonana, satria efa nomena ny Kôlejin'ny Roambinifololahy izany fanalahidy izany. Na izany aza, tsy ny mpikamban'ny Fiangonana rehetra no nahatakatra izay hisolo an'i Joseph Smith mba ho Mpaminanin'ny Tompo, mpahita ary mpanambara.

2. "I Sidney Rigdon, Mpanolotsaina Voalohan'ny Fiadidiana Voalohany, dia tonga tao Pittsburgh, Pennsylvanie, tamin'ny 3 Aogositra 1844. Ny taona talohan'ity fotoana ity, dia efa nanomboka nandray fampianarana mifanohitra amin'ny torolalan'ny Mpaminany Joseph Smith izy ary nanomboka nihanisaraka tamin'ny Fiangonana. Nandà tsy hihaona tamin'ireo mpikambana telo tao amin'ny Roambinifololahy izy izay efa tao Nauvoo fa nisafidy kosa ny hanao lahateny tamin'ny vondrona lehiben'ny Olomasina izay niangona nandritra ny fotoam-pivavahan'izy ireo. Nilaza tamin'izy ireo izy fa nahazo fahitana izay nianarany fa tsy hisy hahasolo an'i Joseph Smith. Nilaza izy fa tokony hotendrena ny mpiandry ny Fiangonana iray ary izany mpiandry izany dia tokony i Sidney Rigdon. Nisy Olomasina vitsivitsy nanohana azy.

3. "I Brigham Young, Filohan'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, dia tsy niverina tany Nauvoo raha tsy tamin'ny 6 Aogositra 1844. Nanambara izy fa tiany ho fantatra fotsiny izay 'lazain'Andriamanitra' momba izay tokony hitarika ny Fiangonana [tao amin'ny *History of the Church,* 7:230]. Nampiantso fivoriana tamin'ny Alakamisy 8 Aogositra 1844 ireo Roambinifololahy. I Sidney Rigdon dia niteny mihoatra ny adiny iray nandritra ny fivoriana maraina. Nahazo mpanara-dia vitsivitsy amin'izany toerany izany izy.

4. "I Brigham Young avy eo no niteny fohifohy, nampionona ny fon'ny Olomasina. Rehefa niteny i Brigham, dia nahatsiaro i George Q. Cannon hoe: 'toy ny feon'i Joseph Smith mihitsy izany,' ary 'toa hitan'ireo olona nanatri-maso mihitsy fa toa i Joseph mihitsy no nijoro teo anoloan'izy ireo.' Nijoro ho vavolombelona i William C. Staines fa i Brigham Young dia niteny tahaka ny feon'ny Mpaminany Joseph. 'Noheveriko fa izy mihitsy izy,' hoy i Staines, 'ary toy izany koa ny fihevitr'ireo an'arivony izay nandre azy.' Nitantara izany fotoana nahafinaritra izany ihany koa i Wilford Woodruff ary nanoratra hoe: 'Raha tsy nahita azy tamin'ny masoko roa aho, dia tsy misy na iray aza afaka nandresy lahatra ahy fa tsy i Joseph Smith izany, ary ny tsirairay dia afaka mijoro ho vavolombelona ny amin'izany ho an'izay nahafantatra ireo lehilahy roa ireo.' [Teny nindramina tao amin'ny *History of the Church* 7:236.] Izany fisehoana mahagaga izany, izay hitan'ny maro, dia nazava tamin'ny Olomasina fa ny Tompo dia nifidy an'i Brigham Young handimby an'i Joseph Smith ho mpitarika ny Fiangonana.

5. "Nandritra ny fivoriana atoandro, dia mbola niteny indray i Brigham Young, nijoro ho vavolombelona fa ny Mpaminany Joseph Smith no nanendry ny Apôstôly izay mihazona ny fanalahidin'ny fanjakan'Andriamanitra eran'izao tontolo izao. Naminany izy fa ireo izay tsy nanaraka ny Roambinifololahy dia tsy hambinina ary ireo Apôstôly irery ihany no handresy amin'ny fananganana ny fanjakan'Andriamanitra.

6. "Taorian'ny lahateniny, ny Filoha Young dia nangataka an'i Sidney Rigdon hiteny, kanefa dia nifidy ny tsy hiteny izy. Nanohy ny fandraisana fitenenana i William W. Phelps sy Parley P. Pratt, ary avy eo dia niteny indray i Brigham Young. Nilaza ny hamitana ny Tempolin'i Nauvoo izy, ny handraisany ny fanafiana masina alohan'ny handehanany any an-tany foana, ary ny amin'ny mahazava-dehibe ny soratra masina. Nilaza izy ny fitiavany an'i Joseph Smith sy ny fanehoam-pitiavana asehony ny fianakavian'ny Mpaminany. Avy eo ny Olomasina dia niray feo nifidy fa ny Apôstôly Roambinifolo no mpitarika ny Fiangonana.

7. "Raha mbola nitaky ny zon'ny Fiadidian'ny Fiangonana ny sasany, dia ho an'ny ankamaroan'ny Olomasin'ny Andro Farany dia efa vita izany olana teo amin'ny fandimbiasantoerana izany. I Brigham Young, ilay Apôstôly zokiny sy Filohan'ny Kôlejin'ny Roambinifololahy, no ilay lehilahy izay nofinidin'Andriamanitra hitarika ny vahoakany, ary dia niray hina ny olona nanohana azy" (*Ny Lovantsika*, 66–67).

Fahatakarana ny Famakiana

Fifandimbiasana tao amin'ny Fiadidiana

Mpahita (and. 1)—Olona iray izay afaka mahafantatra ny zavatra lasa, ankehitriny, ary ny ho avy (jereo Mosià 8:13–17)

Manasaraka (and. 2)—Manafoana, manasaraka

Mpiambina (and. 2)—Olona iray izay miambina, miaro, na miahy

Mitana mafy (and. 3)—Manohana

Fanafiana masina (and. 6)—Ôrdônansy sy fanekempihavanana tanterahina tany amin'ny Tempoly

Fandalinana ny Famakiana

Ataovy ny asa A rehefa mandalina ny "Fifandimbiasana eo amin'ny Fiadidiana" ianao

A Tamin'izany sy Ankehitriny

1. Avereno vakiana ny tantaran'i Brigham Young izay voafidy hitarika ny Fiangonana. Manorata famintinana an-tsoratra ao anaty kahienao toy ny hoe teo ianao, nipetraka teo amin'ny seza anoloana.

2. Hazavao ny dikany ho anao amin'ny fahafantaranao fa ity fiangonana ity no ilay Fiangonan'i Jesoa Kristy ary izy no Ilay iray izay nifidy ny mpaminany hitarika ny Fiangonany.

Ny Diabe nankany Andrefana (1845–47)

Inona no Zavatra Azontsika hianarana Avy amin'ireo Mpisava Lalana tany Aloha?



© 1990 Glen S. Hopkinson

Noterena hiala tao Nauvoo ireo Olomasina

Ny Filoha Gordon B. Hinckley dia nampianatra hoe: "Tena tsara ny mijery ny lasa mba hahazoana fankasitrahana amin'ny ankehitriny ary hananana vinavina ny amin'ny ho avy. Tena tsara ny mijery ireo hatsaran-toetran'ireo izay efa lasa tany aloha, mba hahazoana tanjaka hiatrehana ny ho avy. Tena tsara ny mitaratra amin'ny asan'ireo izay niasa mafy ary nahazo kely teto amin'ity tontolo ity, kanefa avy tamin'ireo nofinofy sy drafitra tany am-piandohana, izay nokolokoloina tsara, dia nisy fijinjana lehibe izay isika no migoka ny tombony" ("The Faith of the Pioneers," Ensign, Jolay 1984, 3).

Ny tantaran'ireo Olomasina izay nifindra avy any Illinois ary nandeha tany amin'ny lemaka Midadasiky Salt Lake dia iray amin'ny tantara mahavarianan'ny tantaran'ny fivavahana rehetra. Ny fitantanan'ny Filoha Brigham Young ireo Olomasina mihoatra ny 15.000 avy any Nauvoo nankany amin'ny Lemak'i Salt Lake no fifindra-monina lehibe indrindra teo amin'ny tantaran'i Etazonia. Tantara nahitana fanenjehana izany, feno fahasarotana, ary fijaliana. Fa tantaran'ny fitaomam-panahy, fahagagana, fanafahana, ary ny fitiavan'Andriamanitra, ny firenena, ary ny mpiara-belona ihany koa anefa izany. Rehefa mandalina izay nitranga nandritra ny 1845–47 ianao, dia manontania tena amin'ny zavatra izay mety ho vitanao manoloana izany toe-javatra izany.

Fiomanana handao an'i Nauvoo

1. "Ireo mpitariky ny Fiangonana dia efa nilaza hatramin'ny taona 1834 ny amin'ny tokony hamindrana toerana ny Olomasina any andrefan'ny Rocky Mountains, toerana izay hahafahan'izy ireo miaina am-pilaminana. Rehefa nandeha ny taona, dia nieritreritra toerana voafaritra mazava niaraka tamin'ireo mpamantatra tany ny mpitarika, ary nandinika sarin-tany mba hahitany ny toerana tsara azo anorenam-ponenana. Tamin'ny fiafaran'ny taona 1845, dia nahazo ny fahalalana farany indrindra momba ny tany Andrefana ireo mpitariky ny Fiangonana.

2. "Rehefa hita fa nihamafy ny fanenjehana tao Nauvoo, dia hita fa tsy maintsy miala ao ny Olomasina. Tamin'ny volana Nôvambra 1845, dia efa somebisebin'ny fanomanana ny tao Nauvoo. Nantsoina hitarika ny Olomasina mandritra ny fifindra-monina ny kapiteny mpitarika ny zato, ny dimapolo, na ny folo. Isaky ny antokon'olona zato dia nanangana toerana fanamboarana kalesy iray na maromaro. Niasa nandritra ny alina ireo mpanao kodiarana, mpandrafitra ary mpahay fanaka hanomanana ny hazo sy ho fanamboarana ireo kalesy. Nalefa niantsinanana ny mpikambana mba hividy vy, ary ny mpanefy dia nanamboatra ny fitaovana ilaina amin'ny dia sy ny fitaovam-pambolena ilaina mba hahafahana manjanaka an'i Ziona vaovao. Ny fianakaviana dia nanangona ny sakafo sy ny kojakojan-tokantrano ary nameno ny toeram-panangonana tamin'ny voankazo nohamainina, vary, lafarinina, ary ny fanafody. Ny fiaraha-miasa ho an'ny tombon-tsoa iombonana no nahatanterahan'ny Olomasina haingana tsy araka ny niheverana azy ny zavatra nataony." (*Ny Lovantsika,* 85).

Fahatakarana ny Famakiana

Ny Fiomanana Handao an'i Nauvoo

Rocky Mountains (and. 1)—Filaharan'ny tendrombohitra eny amin'ny ilany andrefan'i Amerika Avaratra

Fahafahana (and. 2)—Fiainga-na maventy, na fifindrana

Mpanamboatra kalesy (and. 2)—Olona izay manao sy manamboatra kalesy

Manjanaka (and. 2)—Mitoetra na manorina faritra

Ny Fisedrana nandritry ny Dia tao anatin'ny Ririnina

3. "Ny fialana tao Nauvoo dia noheverina ho atao ny volana Aprily 1846. Noho ny fandrahonana nataon'ireo miaramila mpiambina ny fanjakana izay nikasa ny hanakana ny fifindra-monin'ireo Olomasina hiankandrefana anefa dia nivory faingana nanao filankevitra ny Apôstôly Roambinifolo sy ireo tera-tany mpitarika tamin'ny 2 Febroary 1846. Nifanaraka izy ireo fa tsy maintsy atao eo no ho eo ny fandehanana, ary manomboka ny 4 Febroary ny fifindra-monina. Teo ambany fitarihan'i Brigham Young, no nanombohan'ny andian'ny Olomasina voalohany ny diany tamin-kafanam-po. Na izany aza anefa, dia niatrika fitsapana goavana izany hafanam-po izany, satria kilaometatra maromaro no tsy maintsy nodiavina vao tonga tany amin'ny toeram-pilasiana ahafahana miala sasatra rehefa avy niatrika ririnina madiva hifarana sy lohataona miavaka noho ny orana.

4. "Mba handosirana ireo mpanenjika dia Olomasina an'arivony no tsy maintsy niampita ny renirano mivelatry Mississippi, ho any amin'ny faritanin'i Iowa. Vao nanomboka dia efa ratsy sahady ny dia raha nisy omby nandaka ny sambo ka nandavaka izany sambo nitondra Olomasina maro izany ho rendrika. Nisy olona iray nanatri-maso teo nahita ireto mpandeha mahonena nifikitra tamin'ny fandriana vita tamin'ny volomborona, tamin'ny vatan-kazo, 'amin'ny hazo fisaka, na izay zavatra rehetra sendra ny tanany ary nitsingevana eny ambony rano, entiny amin'izay tiany hitondrana azy sady miaritra ireo onja mamanala sy tsy miato. . . . Ny sasany nihanika teny ambonin'ny tampon'ny kalesy izay tsy dia nilentika tanteraka ka afaka naka aina kely indray raha toa ka ny omby kosa nirotsaka nilomano tao anatin'ny rano, namonjy ny morona izay niaviany' [Juanita Brooks, ed., *On the Mormon Frontier: The Diary of Hosea Stout,* 2 vols. (1964) 1:114; fanononana sy marin-tsoratra nohavaozina; jereo koa 1:117]. Farany dia tafiakatra tao anaty sambo ihany ny olona rehetra ary tafita tery amin'ny morona ilany avokoa.

© 1996 Glen S. Hopkinson

5. "Roa herinandro taorian'ny fiampitana voalohany, dia nandry ny rano nandritra ny fotoana vitsivitsy. Na dia nalama aza ny ranomandry dia afaka nahazaka ny kalesy sy ireo biby nitarika izany ka mba nanamora ny fiampitana. Niteraka fangirifiriana mafy tokoa teo amin'ny Olomasina ny andro mangatsiaka teo ampandehanany hiampita ny ranomandry. Rehefa nilasy tao Sugar Creek tery an-dafin'ny renirano izy ireo, dia nisy rivotra matevina nifofofofo nitondra ranomandry nirefy roampolo santimetatra teo ny haavony. Rehefa nitsonika izany dia nanjary namotaka ny tany. Ny tontolo nanodidina, ambony sy ambany, rehefa nitambatra dia niteraka fahasarotana ho an'ireo Olomasina mihoatra ny 2.000 izay nitoetra tao anaty lay, kalesy, sy fialofana namboarina maimaika teo am-piandrasana ny baiko hanohizana ny dia.

6. "Ny tena sarotra indrindra tamin'ny dia, dia izany famakivakiana an'i Iowa tany am-piandohana izany. Noraketin'i Hosea Stout fa: 'niomana ho amin'ny alina [aho] ka nanao trano lay vonjimaika tamin'ny lambam-pandriana. Tamin'izay fotoana izay, ny vadiko dia mila efa tsy ho tafapetraka ary ny zanako lahikely dia narary, avo be ny hafanany, ka tsy nahatsikaritra akory izay zavanitranga teo amin'ny manodidina azy' [Juanita Brooks, *On the Mormon Frontier,* 1:117; fanononana sy marin-tsoratra nohavaozina]. Maro tamin'ireo Olomasina koa no niaritra fangirifiriana mafy" (*Ny Lovantsika,* 69–70).

Fahatakarana ny Famakiana

Ny Fisedrana nandritry ny Dia tao anatin'ny Ririnina

Fandehanana (and. 3)—Ny Fialan'ireo Olomasina

Milisy (and. 3)—Miaramila

Eo no ho eo (and. 3)—Tsy maintsy atao, Ilaina

Miala sasatra (and. 3)—Maka aina

Mitsingevana (and. 4)—Noentina

Tsy miato (and. 4)—Mafy na mahery vaika

Hiampita (and. 5)—Mandeha tsimoramora sy ampitandremana tanteraka

Namboarina maimaika (and. 5)—Natsangana haingana

Tsara re

7. "Ny finoana, ny herim-po, ary ny finiavan'ireo Olomasina ireo no nitondra azy namakivaky ny hatsiaka, ny hanohanana, sy ny famoizana ireo malalany. I William Clayton no nantsoina ho anisan'ny iray amin'ireo tarika voalohany handao an'i Nauvoo ka namela ny vadiny atao hoe Diantha tamin'ny ray aman-dreniny, iray volana monja talohan'ny hiterahany ny zanany voalohany. Vao maika nampitombo ny fiahiahiany sy fahaverezany hevitra ny fandehanany tamin'ny lalana ratsy sy mamotaka teo ampieritreretana izay manjo an'i Diantha. Roa volana taty aoriana dia tsy mbola fantany ihany na teraka soa aman-tsara ny vadiny na tsia, kanjo tamin'ny farany dia naharay taratasy izay rakimpifaliana fa teraka 'zazalahy tsara tarehy sady dongadonga' izy. Raha vao nandre ny vaovao i William dia nipetraka ka namorona hira izay manana ny dikany miavaka, tsy ho azy samirery ihany, fa nanjary lasa antsa fitaomam-panahy sy fankasitrahana ho an'ny mpikamban'ny Fiangonana amin'ny taranaka rehetra. Izany dia ilay hira hoe 'Ndao ry Olomasina,' ary ireo andalana malaza ireo dia naneho ny finoany sy ny finoan'ny Olomasina an'arivony izay nihira tao anatin'ny fahoriana: 'Tsara re! Tsara re!' [Jereo James B. Allen, *Trials of Discipleship: The Story of William Clayton, a Mormon* (1987), 202.] Tahaka ireo mpikambana izay nanaraka azy ireo, dia nahita fifaliana sy fahatoniana izay valisoan'ny fihafiana sy ny fankatoavana ao amin'ny fanjakan'Andriamanitra koa izy ireo" (*Ny Lovantsika,* 71).



Nanoratra ny teny tao amin'ny fihirana "Ndao ry Olomasina" i William Clayton

Winter Quarters

8. "Nandany 131 andro ny Olomasina nanaovan'ny ny dia 499 km avy any Nauvoo hifindra monina tany toerana niantsonana tao andrefan'i Iowa izay handaniany ny ririnin'ny taona 1846–47 sy hanomanany ny fifindra-monina mankany amin'ny Rocky Mountains. Izany traikefa izany dia nampianatra azy ireo zavatra maro hiatrehana ny dia izay nanampy azy ireo hamakivaky haingana kokoa ny 1.609 km tamin'ny lemaka tany Amerika, izay vitany tao anatin'ny 111 andro nandritry ny taona manaraka.

9. "Nanaraka ny moron'ny reniranon'i Missouri ny toeram-piantsonana maromaro naorin'ireo Olomasina. Ny toeram-piantsonana lehibe indrindra tao Winter Quarters dia tany amin'ny sisiny atsinanana tany Nebraska. Vetivety foana dia nanjary fonenan'ny mpikamban'ny Fiangonana miisa 3.500 izany, izay nipetraka tamin'ny trano hazo na tany anaty lavaka nohadiana nanaraka ny sisin'ny havoana izay norakofana rantsan-kazo sy fotaka nohamaininy izy ireo. Nisy Olomasina 2.500 izay nipetraka tao amin'ny atao hoe Kanesville sy ny manodidina azy, tany amin'ny sisin'ny ilan'ny reniranon'i Missouri, tamin'ny faritr'i Iowa. Tahaka ny hasarotry ny fiainana teny an-dalana ihany no hasarotry ny fiainana teo amin'io toeram-piantsonana io. Tamin'ny fahavaratra dia nianjadian'ny tazo izy ireo. Rehefa tonga ny ririnina ka tsy nisy sakafo vao intsony dia nianjadian'ny areti-mifindra toy ny kôlera, ny tsy fahampian'ny otrikaina, ny areti-nify, ny fahaverezan-kiratra somambisamby, ary ny aretim-pivalanana maro samihafa izy ireo. An-jatony ny olona maty.

10. "Na dia izany aza dia nitohy ihany ny fiainana. Nandany ny androny tamin'ny fanadiovana, fipasohana, fanasan-damba, fanaovana bemiray, fanoratana taratasy, fanomanana ny tahirin-tsakafo keliny ary fikarakarana ny fianakaviany ny vehivavy, araka ny voalazan'i Mary Richard vadin'i Samuel, izay nanao iraka tany Écosse. Nitana an-tsoratra tamim-pifaliana ny fahatongavana sy ny fialan'ireo Olomasina rehetra tao Winter Quarters izy, tafiditra tao anatin'izany ireo fiaraha-mientana nahitana fifanankalozan-kevitra teôlôjika, dihy, fivoriam-piangonana, fety, fivoriam-piangonana natrehin'ny be sy ny maro.

Winter Quarters, Nebraska

11. "Niara-niasa ireo lehilahy ary nihaona matetika izy ireo mba hifanakalo hevitra momba ny fandaminana ny dia sy ny toeram-piantsonana manaraka ho an'ireo Olomasina mpifindra monina. Niara-niasa ara-potoana izy ireo mba hanangonana ny biby fiompy izay miraoka ahitra eny akaikin'ny toeram-pilasiana. Niasa teny an-tsaha izy ireo, niambina ny toeram-pilasiana, nanangana toerana fanamboarana lafarinina, sy kalesy ho entina manatontosa ny dia, ary matetika dia mijaly noho ny havizanana sy ny aretina. Ny ankamaroan'ny asan'izy ireo dia feno fitiavana tsy misy tambiny satria nanomana ny saha sy namafy voa mba hojinjain'ny Olomasina handimby azy ireo.

12. "Nantsoin'i John, zanakalahin'i [Lorenzo] ho 'Lemaky ny mpanefy vy ho an'ny Môrmônisma' i Winter Quarters. Nipetraka teo akaikin'ny fasam-bahiny izy ary nahita ny 'mpandevina mitanjozotra mandalo matetika eo am-baravarany.' Dia hoy izy:

Fahatakarana ny Famakiana

Tsara re

Handehanany (and. 7)—Mandeha na mihanika ankasarotana

Eo am-pieritreretana (and. 7)—Miahiahy sy very hevitra izy

Antsa (and. 7)—Fihirana na hira fiderana na fankasitrahana

Fahoriana (and. 7)—Fahantrana sy fitsapana

'endrey izany fahantran'ny fianakaviany tsy mihinana afa-tsy mofo katsaka, fenkisoa ombisira ary ronono kely. Tena mankaloiloy hoy izy ny mitsako izany ka lasa sahala amin'ny mihinampanafody ny misakafo, ary sarotra taminy ny nitelina izany. [Jereo Russell R. Rich, *Ensign to the Nations* (1972), 92.] Ny finoana sy ny fandavan-tenan'ny Olomasina ihany no nanohana azy ireo tamin'izany fotoana fitsapana izany" (*Ny Lovantsika*, 88–89).

Fahatakarana ny Famakiana

Winter Quarters

Lava-tany (and. 9)—Trano vita amin'ny lava-tany teny amoron'ny havoana ary voarakotra rantsan-kazo sy fotaka nohamainina

Areti-mifindra (and. 9)—Otrik'aretina mora miparitaka

Tsy fahampian'ny otrikaina (and. 9)—Areti-mifindra vokatry ny tsy fahampiana otrikaina C

Teôlôjy (and. 10)—Fivavahana

Fety (and. 10)—Fotoana fanavaozana ny fahalinana ara-pivavahana

Niraoka (and. 11)—Nitady sakafo

Toera-pilasiana (and. 11)—Ny eny ivelany

"Ny Lemaky ny mpanefy vy Môrmônisma" (and. 12)—Toerana izay nijaliana sy nahafatesan'i Môrmôna, mitovitovy tamin'ireo miaramilan'i Etazonia tao amin'ny Lemaky ny mpanefy vy nandritra ny Ady Revôlisiônera

Mpandevina (and. 12)—Vondron'olona

Mankaloiloy (and. 12)—Mankando, tsy maha-te hihinana

Andia-miaramila Môrmôna

13. "Raha mbola tany Iowa ny Olomasina, dia nangataka tamin'ny mpitariky ny Fiangonana ny tompon'andraikitra amin'ny fandraisana miaramila tao amin'ny tafika Amerikana mba hanolotra vatan-dehilahy mba hanompo ara-miaramila amin'ny Ady tany Meksika nanomboka tamin'ny volana Mey 1846. Ireo vatan-dehilahy izay nantsoina ho andia-miaramila Môrmôna dia handeha hamakivaky ny faritra atsimon'i Californie ary handray karama, fitafiana, ary sakafo. Namporisika ny lehilahy i Brigham young mba handray anjara tamin'izany mba hahafahana mampitombo ny vola hanangonana ny mahantran'i Nauvoo sy hanampiana ireo fianakavian'ny miaramila. Ny fiaraha-miasa tamin'ny governemanta tamin'izany fomba izany koa dia nampiseho ny fanajan'ny mpikamban'ny Fiangonana ny fireneny ary nanome azy ireo rariny mba hilasy eo amin'ny tanin'ny vahoaka sy ny tanin'i Indiana mandritra ny fotoana voafetra. Nisy lehilahy teo amin'ny 541 no nanaiky ny torohevitr'ireo mpitarika ka nirotsaka tao amin'ny andia-miaramila. Vehivavy 33 sy ankizy 42 no niaraka tamin'izy ireo.

14. "Ny alahelo amin'ny fandaozana ny vady aman-janany amin'ny fotoan-tsarotra dia nampitombo ny fahorian'ireo izay nirotsaka tao amin'ny andia-miaramila. Hoy i William Hyde hoe:

15. " 'Ny fieritreretana ny fandaozako ny fianakaviako ao anatin'izao fotoan-tsarotra izao dia tsy hay tantaraina. Lavitra ny toerana nahaterahan'izy ireo, nipetraka tamin'ny toerana manirery izay tsy nisy afa-tsy sarety ho fialofana, nodonainan'ny hain'andro sy ny rivotra mangatsiaka, izay ho avy ny volana Desambra, teo amin' izany toerana ory sy malahelo izany.

16. " 'Ny vadiko sy ny zanako kely anankiroa no fianakaviako, izay niara-nijanona tamin'ny ray sy ny reny efa be taona ary rahalahy anankiray. Ny ankamaroan'ny mpikambana tao amin'ny andian-tafika dia namela fianakaviana. . . . Rahoviana no hihaona amin'izy ireo indray izahay, Andriamanitra irery ihany no nahafantatra izany. Na izany aza nefa dia tsy nihevitra izahay fa tokony himonomonona' [in *Readings in LDS Church History: From Original Manuscripts*, ed. William E. Berrett sy Alma P. Burton, 3 vols. (1965), 2:221].

17. "Nandeha tongotra tamin'ny halavirana 3.266 km nianatsimo atsinanana nankany Californie ireo andia-miaramila, nijaly tamin'ny tsy fahampian-tsakafo sy rano, ny tsy fahampian'ny fialan-tsasatra sy ny fikarakarana ara-pahasalamana, ary ny fandehanana an-tongotra haingana. Nampiasaina ho miaramila mpiaro ny tany efa babo tao San Diego, San Luis Rey, ary Los Angeles ny vondron'izy ireo. Tamin'ny faran'ny taona faharetan'ny filatsahan'izy ireo ho miaramila, dia navela malalaka izy ireo ary nomen-dalana hamonjy ny fianakaviany. Ny ezaka nataony sy ny fanajany ny lalàn'ny governemantan'i Etazonia dia nahazoan'izy ireo fanajana avy tamin'ireo mpitarika azy.

18. "Taorian'ny fisaorana azy ireo, dia maro tamin'ireo miaramila no nijanona tany Californie mba hiasa mandritra ny fotoana fohy. Maro tamin'izy ireo no nahita lalana nianavaratra nankany amin'ny Renirano Amerikana ary niasa tao amin'ny fanaovan-kazon'i John Sutter tamin'ny fotoana nahitana volamena tao amin'io toerana io tamin'ny taona 1848, ary izay no nahatonga ny Fihazakazahana Nitrandraka volamena tao Californie. Kanefa ireo rahalahy Olomasin'ny Andro Farany dia tsy nijanona tao Californie mba hanararaotana izany fotoana izany izay hanangon-karena. Ny fon'izy ireo dia tany amin'ireo rahalahiny sy anabaviny izay miady mafy amin'ny diany miakandrefana, mamakivaky ny lemak'i Amerika mankany amin'ny Rocky Mountains. Nanazava toy izao ny anankiray tamin'izy ireo, dia i James S. Brown:

19. " 'Tsy mbola nahita toerana manan-karena toy izany aho teto an-tany, kanefa tsy nanenenako izany satria mbola misy zavatra ambony kokoa noho ny volamena. . . . Mety hihevitra ny sasany fa jamba izahay ka tsy mijery ny tombontsoanay manokana; kanefa efapolo taona mahery taty aoriana nanaovana jery todika dia tsy nisy fanenenana, na dia nahita harena tao amin'io firenena io aza izahay, ary maro ny zavatra nisarika anay hitoetra tao. Hoy ny olona hoe: "Misy volamena eto amin'ny vatolampy, misy volamena eny amin'ny havoana, na eny amin'ny sakelidrano, manerana ny toerana rehetra, . . . ary vetivety foana dia ho afaka ny hanana ny fahaleovantena amin'ny harena ianareo." Fantatray tsara izany. Kanefa manoloana ny andraikitra, izay iankinan'ny voninahitray, dia nifanaiky izahay, fa misy fitsipika ao anatin'izany, ary ho anay dia Andriamanitra sy ny Fanjakany aloha. Nanana namana sy

havana izahay tany an-tany foana, eny any amin'ny tany efitra, ary iza moa no nahalala izay toe-javatra iainany tany? Tsy fantatray. Ka ny adidy aloha vao ny fahafinaretana, vao ny harena ary izany no nanentana any ka lasa izahay' [James S. Brown, *Giant of the Lord: Life of a Pioneer* (1960), 120]. Nahalala tsara ireto rahalahy ireto fa lehibe noho ny zava-misy eto amin'izao tontolo izao ny fanjakan'Andriamanitra ka nampifanarahany tamin'izany ny safidiny" (*Ny Lovantsika*, 89–91).

Fahatakarana ny Famakiana

Andia-miaramila Môrmôna

Andia-miaramila (anarana fiantso)—Vondrona lehiben'ny miaramila

Vatan-dehilahy (and. 13)—Lehilahy maromaro mba hameno isa

Fiaraha-miasa (and. 13)—Ezaka

Ny alahelo (and. 14)—Traikefa sarotra

Nahaterahana (and. 15)—Teraka

Miaramila (and. 17)—Miaramila izay miaro ny faritra voazanaka

Fanafahana (and. 18)—Nisaorana, nalefa nody

Nihazakazaka (and. 18)—Nitondra

Hanararaotra (and. 18)—Haka tombony

Nisarika (and. 19)—Antony namporisika

Ny Olomasin'i *Brooklyn*

20. "Rehefa nifindra nankany amin'ny Rocky Mountains ny ankamaroan'ny Olomasina tamin'ny fanarahana ny lalana avy any Nauvoo, dia nisy koa andian'ny Olomasina avy any atsinanan'i Etazonia izay nandeha andranomasina. Tamin'ny 4 Febroary 1846, dia nisy lehilahy 70, vehivavy 68, ary ankizy 100 no niondrana tao amin'ny sambo natao hoe *Brooklyn* ary niainga tao amin'ny seranan'i New York mba handeha 27.353 km nanaraka ny morontsirak'i Californie. Nandritra ny diany dia zaza roa no teraka, nomena ny anarana hoe Antantic sy Pacific, ary olona 12 no maty.

21. "Ny dia izay naharitra enim-bolana dia sarotra tokoa. Nifanery tao anatin'ny hafanamben'ny toetr'andro trôpikaly ny mpandeha, sady ratsy sakafo no zara raha mahita rano izy ireo tamin'izany. Rehefa tafahoatra an'i Cape Horn izy ireo, dia nijanona teo amin'ny nosin'i Juan Fernandez mba hiala sasatra mandritra ny hadimiana. Nitantara i Caroline Augusta Perkins fa 'nampionona anay ny fahitana tany mba hahafahan'ny tongotray mipetraka, fa mafy loatra ny fiainana tao anaty sambo, ka dia nankasitraka izany tokoa izahay.' Nandro sy nanasa ny ankanjony tamin'ny rano madio izy ireo, nanangona voankazo sy ovy, nanjono sy naka amalona, nitsangatsangana teo amin'ilay nosy, nizaha lava-bato tahaka an'i 'Robinson Crusoe' [Caroline Augusta Perkins, nalaina tao amin'ny "The Ship Brooklyn Saints," *Our Pioneer Heritage* (1960), 506].

22. "Tamin'ny 31 Jolay 1846, taorian'ny dia niavaka noho ny tafiodrivotra mahery, ny tsy fahampian-tsakafo, sy ny dia lavitra antsambo, dia tonga tany San Fransisco izy ireo. Ny sasany nitoetra ary nanangana fiaraha-monina kely atao hoe New Hope (Fanantenana Vaovao), ary ny sasany kosa niatsinanana tany andafin'ny tendrombohitra mba hanaraka ny Olomasina tany amin'ny Great Basin" (*Ny Lovantsika*, 91–92).

Fahatakarana ny Famakiana

Ny Olomasin'i **Brooklyn**

Trôpikaly (and. 21)—Tany manakaiky ny Equateur

Tany (and. 21)—Tany maina

Great Basin (and. 22)—Faritra ara-jeôgrafia ny ankabeazan'i Utah sy Nevada

Nitohy ny Fanangonana

23. "Nandao ny tranony sy ny toerana nahaterahany ireo olona niova fo nanam-pinoana avy tamin'ny faritra maro tany Amerika sy avy tamin'ny firenena hafa mba hanaraka ny Olomasina sy handeha mankany amin'ny Rocky Mountains, tamin'ny fampiasana ny fitaovam-pitaterana samihafa, an-tsoavaly na an-tongotra.

24. "Tamin'ny volana Janoary 1847, dia namoaka lahatsoratra avy tamin'ny fitaomam-panahy nanao hoe 'Ny teny sy ny sitrapon'ny Tompo momba ny Tobin'i Isiraely' (F&F 136:1) ny Filoha Brigham Young, izay nanjary lalàmpanorenana nifehy ny fikambanan'ny mpisava lalana niakandrefana. Natsangana ny vondrona mba hikarakara ny mananon-tena sy ny kamboty teo anivon'izy ireo. Tsy tokony hisy zava-dratsy, fitsiriritana, na fifandirana eo amin'ny fifandraisana amin'ny hafa. Tokony ho faly mandrakariva ny vahoaka ary haneho fankasitrahana amin'ny alalan'ny hira, ny vavaka, ary ny dihy. Tamin'ny alalan'ny Filoha Young no nilazan'ny Tompo tamin'ny Olomasina hoe: 'Mandehana ataovy izay efa nolazaiko anareo ary aza matahotra ny fahavalonareo' (F&F 136:17).

25. "Raha mbola niomana ny handao an'i Winter Quarters ny andian'ny mpisava lalana voalohany, dia niverina avy tamin'ny asa fitoriany tany Angletera kosa i Parley P. Pratt ary nilaza fa ho avy aoriany miaraka amin'ny fanomezana avy amin'ny Olomasina Anglisy i John Taylor. Ny ampitson'io dia tonga niaraka tamin'ny vola fahafolonkarena nalefan'ireo mpikambana ireo mba hanampiana ny mpifindra monina, ho porofon'ny fitiavan'izy ireo sy ny finoany i Rahalahy Taylor. Nitondra fitaovana siantifika ihany koa izy, izay tena nilaina tokoa mba hahafantarana ny fomba hanarahana ny dian'ny mpisava lalana sy hahafahana manampy azy amin'ny fianarany ny tontolo manodidina. Tamin'ny 15 Aprily 1847 no nanainga ny andiany voalohany, notarihin'i Brigham Young. Nandritra ny folo taona roa voalohany nanaraka izany, dia nisy Olomasina 62.000 nanaraka azy an-sarety notarihintanana mba hiangona ao Ziona.

26. "Nisy fahitana mahafinaritra sy zava-tsarotra ihany koa no niandry azy ireto mpifindra monina ireto teny an-dalana. Nitantara ny 'fotoan-tsarotra' nolalovany mba hahatongavana tao amin'ny tany Lemak'i Salt Lake i Joseph Moenor. Kanefa nahita zavatra maro tsy mbola fahitany hatramin'izay koa anefa izy—andiam-biby sy hazo lehibe teny amin'ny havoana. [Jereo Utah Semi-Centennial Commission, *The Book of the Pioneers* (1897), 2 vols., 2:54; ao amin'ny LDS Church Archives.] Ny sasany dia nahatsiaro fa nahita toerana midadasika nanirian'ny tanamasoandro mamelana.

27. "Nanana traikefa nanentana azy teo amin'ny finoana koa ny Olomasina izay nanamaivana ny ezaka takian'ny vatany. Rehefa avy nandeha andro maro sy nihinana ny sakafo nandrahoana teny an-kalamanjana izy ireo, dia nivory ny vehivavy sy ny lehilahy mba hifandinika amin'ny zavatra atao mandritry ny andro. Niresaka momba ny fitsipiky ny filazantsara izy ireo, ary nihira hirampivavahana, nandihy sy niara-nivavaka.



28. "Nitranga tamin'ireo Olomasina foana ny fahafatesana nandritra ny fotoana nandrosoany miadana niankandrefana . Tamin'ny 23 Jolay 1850 ny fianakavian'i Crandall dia niisa dimy ambin'ny folo. Tao anatin'ny herinandro dia fito no maty vokatry ny aretimandringan'ny kôlera. Ny dimy andro manaraka dia mbola nisy dimy hafa indray maty. Ny 30 Jiona no maty i Rahavavy Crandall sy ilay zazakely vao naterany.

29. "Na dia nijaly mafy aza ireo Olomasina tamin'ny fandehanany tany amin'ny Lemak'i Salt Lake, dia nisy hatrany ny fanahin'ny firaisan-kina, ny fiaraha-miasa, ary ny toe-tsaina manantena fa hanjaka ny zavatra rehetra ho amin'ny tsara. Nampiraisin'ny finoany sy ny fanoloran-tenany tamin'ny Tompo izy ireo ka nahita fifaliana teo anivon'ny fitsapana" (*Ny Lovantsika,* 92–94).

Fahatakarana ny Famakiana

Nitohy ny Fanangonana

Fitaovam-pitaterana (and. 23)—Karazana fiara nampiasaina mba handehanana

Lalàmpanorenana (and. 24)—Lalàna voasoratra

Fitsiriritana (and. 24)—Fitiavan-tena, hatendan-kanina

Aretina mahafaty (and. 28)—Areti-mifindra mampatahotra

Nanjaka (and. 29)—Niala tamin'ny zavatra hafa rehetra

Eto Ilay Tena Toerana

30. "Tamin'ny 21 Jolay 1847, i Orson Pratt sy Erastus Snow izay tao amin'ny andiany voalohan'ny mpisava lalana no nialoha lalana ireo mpifindra monina tao amin'ny Lemak'i Salt Lake. Nahita bozaka avo dia avo mahasarona olona izy ireo, toerana izay antenaina fa ho lasa toeram-pambolena sy fiompiana, ary sakelidrano maro no miolakolaka mamakivaky ny lemaka. Telo andro taty aoriana, dia narary mafy ny Filoha brigham Young ka nentina tamin'ny kalesiny mba ho any an-dohasaha iray izay manamorina ny lemaka. Raha nibanjina izany toerana izany ny Filoha Young dia nanome ny tso-dranony feno faminaniana ho an'ny dian'izy ireo, nanao hoe: 'Ampy Izay! Eto ilay toerana.'

© 1997 Glen S. Hopkinson

"Eto Ilay Toerana"

31. "Rehefa tafahoatra ilay tendrombohitra ireo Olomasina, dia nibanjina izany tany nampanantenaina izany koa izy ireo! Ity lemaka sy ity farihy masira izay mamirapiratra tao fitarafan'ny masoandro avy any andrefana no anton'ny fahitana sy ny faminaniana, io ilay tany izay nofinofisin'izy ireo sy ireo olona an'arivony aty aoriana. Io no tany fialofan'izy ireo, ary eo no hahatonga azy ireo ho vahoaka matanjaka eo afovoan'ny Rocky Mountains.

32. "Taona maro taty aoriana, ilay vehivavy niova fo avy any Angletera atao hoe Jean Rio Griffiths Baker, dia nirakitra izay tsapany rehefa nibanjina voalohany an'i Salt Lake City izy. 'Ilay tanàna . . . dia milahadahatra amin'ny toerana efamira na vondrona araky ny hiantsoana azy aty; izay efatra hektara avy ny refiny ary mizara ho faritra valo izany, ka ny faritra tsirairay avy dia misy trano iray. Nijoro teo aho nijery izany, ary sarotra tamiko ny mamaritra izay tsapako, fa ny fantatro fotsiny dia feno fifaliana sy fankasitrahana aho noho ny fikarakarana sy ny fiarovana ahy sy ny fianakaviako nandritra ny dia izay naharitra sy sarotra' ["Jean Rio Griffiths Baker Diary," 29 Sept. 1851; ao amin'ny LDS Church Archives]" (*Ny Lovantsika,* 94–95).

Fahatakarana ny Famakiana

Eto Ilay Toerana

Nialoha lalana (and. 30)—Tonga alohan'ireo mpandeha hafa

Fialofana (and. 31)—Fandriampahalemana sy fiarovana

Mamaritra (and. 32)—Mandinika akaiky

Fa ny fantatro (and. 32)—Ny tena fantatro, ny manan-danja indrindra

Misy Olona Afaka Manaraka ny lalan'ireo Mpisava lalana ve Ankehitriny?

Ny ankamaroan'ny Lalan'ireo Môrmôna dia azo arahina ankehitriny, ary misy ny boky torolalana izay ahitana sarin-tany manampy ny mpandehandeha liana amin'izany. Ny sasany amin'ireo lalana sasany dia fananan'ny Fiangonana, ary misy ivotoerampitsidihana izay naorina mba hanampiana ireo mpandehandeha hahita ny lalany. Na izany aza, ny ankamaroan'ireo lalana dia an'ny faritany sy ny fitondram-panjakana ao an-toerana na an'olon-tsotra, ary misy ny sasany amin'izy ireo izay mamela ny mpitsidika handalo ny fananan'izy ireo. Ireo izay manaraka izany lalana izany dia tsy maintsy manaraka ny lalàn'ny fitondram-panjakana eo an-toerana sy manaja ny zon'ny tompony.

Fahatakarana ny Famakiana

Ataovy ny roa amin'ireto asa manaraka ireto (A–D) rehefa mandalina "Ny Diabe nankany Andrefana (1845–47)" ianao.

A Manorata Tantara ary Ampidiro ao Ianao

Amin'ny alalan'ny fampiasana ny fampahalalana azonao tao amin'ny tantara izay vao avy novakianao, dia manorata tantara fohy momba ny fiainanao toy ireny hoe anisan'ireo mpisava lalana nandeha teo Nauvoo nankany amin'ny Lemak'i Salt Lake ianao. Tokony hiavaka ao amin'ny tantaranao ny fialana tao Nauvoo, ny fiampitana an'i Iowa, ny fiainana tao Winter Quarters, ny fiampitana ny Lemaka, ary ny fahatongavana teo amin'ny Lemaka Lehiben'i Salt Lake. Manorata ireo traikefa izay niainanao sy ny fianakavianao, ny olona nihaona taminao, ary ny toerana izay hitanao sy nolalovanao.

B Mora Kokoa izao noho ny Tamin'izany?

1. Tanisao ireo daty voalaza ao amin'ny fitaovana famakiana ho an'ny "Ny Diabe nankany Andrefana (1845–47)" manaraka ny filaharan'ny taona. Eo anilan'ny daty tsirairay, tanisao ihany koa ny zava-nitranga.
2. Araka ny eritreritrao, moa ve mora kokoa ny miaina ny filazantsara ankehitriny mihoatra ny tamin'ny 1840? Manorata andalan-tsoratra fohy manazava ny valinteninao ny antony hilazanao hoe eny na tsia.

D Ampitahao ny Lalana

1. Mmanaova sarin-tany tsotra ny Amerika Avaratra sy Atsimo ao amin'ny kahienao. Amin'ny fampiasana ny fampahalalana izay novakianao sy ny fampiasana ny sarin-tany ao amin'ny fanampim-panazavana ao amin'ny soratra masinao, dia soraty ao anatin'ny sarin-taninao ny lalana izay nodiavin'ireo vondron'Olomasina, ny Andia-miaramila Môrmôna, ary ny Olomasin'i *Brooklyn*.
2. Iza amin'ireo vondrona telon'ny Olomasina ireo no tianao nisy anao raha toa ka niaina tamin'izany ianao? Hazavao ny antony.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 136

"Aoka ny Olon-drehetra … Halamina ho Andiany"

Tamin'ny 11 Janoary 1847, efa ho herintaona taorian'ny fialana tany Nauvoo, dia nanoratra toy izao ny Filoha Brigham Young: "Nolazaiko ireo rahalahy fa nanofy nahita an'i Joseph, mpaminany aho, omaly alina ary dia niresaka taminy. . . . Niresaka am-palalahana momba ny fomba tsara indrindra amin'ny fomba tsara handaminana ny fifindran'ireo andiany, sns." (Manuscript History of Brigham Young, *1846–1847, comp. Elden J. Watson [1971], 501–2). Telo andro taty aoriana, dia namory ireo mpikambana fito tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ny Filoha Young tao amin'ny tokantranon'ny Loholona Heber C. Kimball tao Winter Quarters, Nebraska. Niady hevitra izy ireo hanomanana ny dian'izy ireo any an-tany efitra. Tamin'io hariva io, ny Filoha Brigham Young dia nandray ny "Teny sy ny Sitrapon'ny Tompo" tamin'ny alalan'ny fanambarana ary dia nolazaina tamin'ny Olomasina izany.*

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 136

Fitsipika (and. 2)—Lalàna

Hijanona (and. 6)—Tavela any aoriana

Zara (and. 8)—Fizarana, ampahany

Anjara (and. 8)—Ampahany, silany, zara

Fahadalany (and. 19)—Hadalana

Haharihary (and. 19)—Aseho na sokafana

Hikendry ny Fampiorenana (and. 24)—Mampianatra sy mamkahery ny tsirairay

Fitalahoana (and. 29)—Vavaka natao am-panetre-tena

Famaizana (and. 31)—Fanitsiana

Manenina (and. 33)—Mibebaka

Fanamelohana (and. 33)—Fitsarana izay mitondra famaizana

Antambony (and. 35)—Hasarotana, lozabe

Mihetsi-jaza (and. 35)—Efa ho teraka

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 136:34–36—"Ny Firenena aza dia efa Nandroaka Anareo Hiala"

Ny Ady An-trano nisy tao Etazonia dia nifanandrinan'ny fanjakana avaratra sy ny fanjakana atsimo nanomboka tamin'ny 1861 ka hatramin'ny 1865. Ny antony ady voalohany indrindra dia ny fitakiana ny zon'ny fanjakana sy ny fanandevozana (jereo F&F 87:1–7; 130:12–13). Maro ny olona avy tao Etazonia no maty tamin'izany ady izany mihoatra ny fitambaran'ny isan'ny olona maty tamin'ny ady hafa rehetra nataony. Taorian'ny herintaona naharetan'ny ady, ny Filoha Brigham Young dia nilaza fa tsaratsara kokoa ho an'ny Olomasina ny mandeha any Andrefana: "Moa ve tsy efa nenjehina isika, ankehitriny isika dia eo afovoan'ny ady sy ra mandriaka izay mampahory ny firenena, ankoatra izay misy antsika, izay toerana hiainantsika fandriampahalemana eo anivontsika ao anatin'ity fahanginana, lavitra aty amin'ny tendrombohitra sy ny lemaka . . . Mankasitraka ny fitahian'Andriamanitra amin'ny fiarovana ananantsika ankehitriny aho. Tena voatahy tokoa isika, niangarana sy nasandratra tokoa, ary nandritra izany ireo fahavalontsika izay nikatsaka ny hamotika antsika, dia voambanimbany" (tao amin'ny *Journal of Discourses,* 10:38–39).

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny asa A sy ny asa B na D rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 136 ianao.

A Manaova Fitanisana ny Fitsipi-pifehezan'ny Fianakaviana

Alaivo sary an-tsaina fa nandeha niaraka tamin'ireo mpisava lalana ny fianakavianao. Avy amin'ny torolalana ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 136:1–32, dia tanisao ireo fitsipi-pifehezana folon'ny fianakaviana izay atolotrao ny fianakavianao mandritra ny dia. Soraty eo akaikin'ny fitsipi-pifehezana tsirairay avy ny andininy ahitana izany.

B Manaova Tabilao

Vakio ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 136:3, 12–15 ary manaova tabilao mampiseho ny fandaminan'ireo Olomasina ny diany.

D "Ny Firenena aza dia efa Nandroaka Anareo Hiala"

Karohy sy tanisao ireo fampianarana dimy farafahakeliny avy ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 136:33–42 izay manazava ny antony namonoana ny Mpaminany Joseph Smith ary ny zava-hitranga amin'i Etazonia noho ny fahafatesany sy ny fanenjehana ireo Olomasina.

Filoha Brigham Young

Manangana Fialofana ho an'ny Fanjakan'Andriamanitra

Rehefa tonga voalohany teo amin'ny Lemak'i Salt Lake ireo mpisava lalana, dia tsy nisy nipetraka izany sy lavitra be ary mitoka-monina. Raha oharina amin'ny toerampiompiana feno rano izay nilaozan'izy ireo tany atsinanana, dia azo lazaina hoe tany efitra izany amin'ny ankapobeny. Ny fanorenam-ponenana teo dia mitaky finoana sy ezaka, kanefa ny Olomasina dia nino fa hahomby izy ireo miaraka amin'ny fanampian'Andriamanitra. Tamin'ny faran'ny taona 1847 dia efa nihoatra ny roa arivo ireo Olomasina tonga teo amin'ny Lemak'i Salt Lake ary teo amin'ny roa arivo sy iray alina ireo niandry hanampy azy ireo tao Winter Quarters, Nebraska, ary ireo sasany mbola niantsona tany Iowa. Teo ambany fitarihana mitaona fanahin'ny Filoha Brigham Young, dia nitohy niangona teo amin'ny Rocky Mountains ireo Olomasin'ny Andro Farany, nananjary ny tany efitra, nanorina fialofana azo antoka, ary nitondra tamim-paharisihana ny filazantsaran'i Jesoa Kristy tamin'ny firenena maro manerana ny tany.

NY FIAINANY (1801–77)



1801	Teraka tamin'ny 1 Jiona ary zanak'i John sy Abigail Howe Young tao Whitingham, Vermont
1824	23 taona, nanambady an'i Miriam Works tamin'ny 8 Ôktôbra. Maty tamin'ny taona 1832 i Miriam Works
1832	30 taona, natao batisa tamin'ny 14 Aprily tao amin'ny dobo teo akaikin'ny fitotoam-bariny tao Mendon, New York
1832–33	31–32 taona, nitory ny filazantsara tany Kanada ary nitarika andiany niova fo kely avy tao Kirtland, Ohio
1834	32 taona, nanambady an'i Mary Ann Angell tamin'ny 18 Febroary; Maty tamin'ny 1882 I Mary Ann Angell
1835	33 taona, notendrena tamin'ny 14 Febroary ho iray amin'ireo mpikambana voalohany ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo nataon'ireo vavolombelona telo tao amin'ny Bokin'i Môrmôna—dia i Oliver Cowdery, David Whitmer, ary Martin Harris
1839–41	38–40 taona, nitory filazantsara tany Angletera

1840	38 taona, notohanana ho Filohan'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo tamin'ny 14 Aprily
1844	43 taona, tonga mpitarika ny Fiangonana tamin'ny maha-Filohan'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo azy taorian'ny nahafatesan'ny Mpaminany Joseph Smith tamin'ny 27 Jiona
1846–47	44–46 taona, nitarika ny fifindra-monina niakandrefana ho any amin'ny Lemak'i Salt Lake ary avy eo dia niverina tany Winter Quarters, Nebraska
1850–58	49–57 taona, nanompo ho governora voalohan'i Utah
1853	51 taona, nametraka ny vato fehizoron'ny Tempolin'i Salt Lake
1877	76 taona, maty tamin'ny 29 Aogositra tao Salt Lake City taorian'ny nitantanana ny Fiangonana mihoatra ny telopolo taona

NY FIADIDIANY (1844–77)

1846–47	Nitarika ny Olomasina hiala an'i Nauvoo, Illinois izy
1849	Nantsangana ny fandaharan'ny Sekoly Alahady
1850	Nandefa mpitory ny filazantsara tany Skandinavia, Frantsa, Italia, Soisa ary Hawai izy
1851	Nanomboka nandefa mpikamban'ny Fiangonana mihoatra ny 350 hanorim-ponenana any amin'ny faritra andrefan'i Etazonia izy ary koa tany amin'ny faritry Kanada sy Meksika. Nandika voalohany tamin'ny fiteny hafa (Danoà) ny Bokin'i Môrmôna.
1853	Nanomboka ny fananganana ny Tempolin'i Salt Lake
1867	Vita ny Tabernakelin'i Salt Lake ary nanomboka nanao ny fihaonamben'ny Fiangonana tao ny Fiangonana
1869	Nandrafitra ny fandaharam-pampianaran'ny Fiangonanana voalohany ho an'ny zatovovavy
1875	Nandrafitra ny fandaharam-pampianaran'ny Fiangonanana voalohany ho an'ny zatovolahy
1877	Notokanana ny Tempolin'i St. George

Nanorina ny Olomasina tao Utah

1. "Rehefa tafita tamin'ny fitondrana ny andian'ny Olomasina voalohany namakivaky ny lemaka ho any Utah ny Filoha Brigham Young, dia nitodika kosa indray tany amin'ny fananganana ny fanjakan'Andriamanitra tany an-tany efitra. Tamin'ny alalan'ny fahitany sy ny fitarihany, dia nanjary toerana nandroso ho an'ny Olomasina ilay tany efitra izay foana tsy nisy na inona na inona. Ny fitarihany tamim-pahatsorana no nahafahan'ny Olomasina nanana ny toeram-ponenany vaovao ka nitarika azy ireo handroso hatrany amin'ny faniriany hanangana ny fanjakan'Andriamanitra.

2. Roa andro taorian'ny nahatongavan'ny andiany voalohany, dia niakatra teny amin'ny havoana kely teny an-tendrombohitra i Brigham Young sy ny maro tao amin'ny Roambinifololahy izay efa hitany tao anaty fahitana talohan'ny nandaozany an'i Nauvoo. Nitazana ny lemaka iray manontolo izy ireo ary naminany fa ny firenena rehetra eto ambonin'ny tany dia ho tonga soa eto amin'ity toerana ity ary eto no hankafizan'ny Olomasina rahetra ny fandrosoana sy ny fiadanana. Nantsoiny hoe Ensign Peak izany havoana izany, arak'izay voalaza ao amin'ny Isaia, izay mampanantena manao hoe: 'Dia hanangana faneva ho an'ny Jentilisa izy, ka hamory ny Isiraely izay voaroaka' (Isaia 11:12). [Jereo *Journal of Discourses,* 13:85–86.]

3. "Ny asa ampahibemaso voalohany nataon'ny Filoha Young, dia tamin'ny 28 Jolay 1847, izay nifidianana ny ivon-toerana ho an'ny tempoly ary nanirahany ireo lehilahy mba handamina ny fanomanana sy ny fananganana izany. Teo am-pametrahana ny tehiny teo amin'ny toerana voafidy, dia hoy izy: 'Eto no hanorenantsika ny tempoly ho an'Andriamanitra.' Izany fanambarana izany dia nanome hery ny Olomasina, izay tsy ela akory talohan'izao no voatery nandao ny fanompoam-pivavahana nataony tao amin'ny tempoly rehefa nandao an'i Nauvoo.

4. "Ny volana Aogositra, dia niverina tany Winter Quarters mba hanomana ny fianakaviany ho any amin'ny lemaka amin'ny taona manaraka ireo mpitariky ny Fiangonana sy ny ankamaroan'ireo andiana mpamaky lay voalohany. Fotoana fohy monja taorian'ny nahatongavan'izy ireo, dia nahatsapa i Brigham Young sy ny Kôlejin'ny Roambinifololahy fa fotoana fananganana indray ny Fiadidiana Voalohany izany. I Brigham Young no notohanana ho Filohan'ny Fiangonana. Nifidy an'i Heber C. Kimball sy Willard Richards ho mpanolotsaina izy, ary ny Olomasina dia niara-nanohana ny mpitarika azy" (*Ny Lovantsika,* 81–82).

Heber C. Kimball

Brigham Young



Willard Richards

Fahatakarana ny Famakiana

Nanorina ny Olomasina tao Utah

Toerana mandroso (and. 1)—Toerana azo antoka

Fitadiavana (and. 1)—Fikarohana

Tendrombohitra (and. 2)—Havoana

Faneva (and. 2)—Saina na faneva izay hanangonana ny olona

Ny Taona Voalohany tany amin'ny Lemaka

5. "Mbola nisy andiany roa hafa tamin'ny Olomasina tonga tany amin'ny Lemak'i Salt Lake talohan'ny nifaranan'ny fotoam-pahavaratry ny taona 1847, ary dia naorina ho ao amin'ny Tsatòkan'i Salt Lake ireo mpikambana efa ho 2.000. Diso aoriana vao namboly, ka kely ny vokatra, ary rehefa tonga ny lohataona, dia maro no nijaly noho ny tsy fahampian-tsakafo. I John R. Young, izay mbola kely tamin'izany fotoana izany, dia nanoratra hoe:

6. " 'Rehefa nanomboka naniry ny ahitra, dia nihamafy ny vokatry ny mosary. Nandritra ny volana maromaro izahay dia tsy nanana mofo. Ny hen'omby, ny ronono, ny bozaka ho an'ny kisoa, ny segoes [fakan-java-maniry], ary zava-maniry feno tsilo no nataonay sakafo. Izaho no mpiandry omby, ary rehefa mandeha any antsaha hiandry omby aho, dia zatra mihinana ny tahon'io zava-maniry io mandra-pahafenon'ny vavoniko tahaka ny an'ny omby. Farany dia nanaikitra mafy ny hanoanana ka nampidinin'i dada teny amin'ny ratsan-kazo ny hoditr'omby efa tonta rotidrotiky ny vorona, ary avy amin'izany no nanaovany lasopy faran'izay natsiro' [John R. Young, *Memoirs of John R. Young* (1920), 64]. Niaraniasa tamim-pahatsorana sy nifampizara ary afaka tafavoaka tamin'izany fotoan-tsarotra izany ireo mpanorim-ponenana.

7. "Tamin'ny volana Jiona 1848, dia namboly tamin'ny velarantany teo amin'ny 2.000 na 2.500 hektara teo ho eo ireo mpanorim-ponenana, ka nanjary nanomboka ho maitso mavana sy toa nahavokatra ilay lemaka. Kanefa tamim-pahakiviana no nahitan'ny Olomasina, andiam-balala mainty goavana nandrakotra ny voly. Nanao izay rehetra azony natao ireo mpanorim-ponenana. Nanao lavaka izy ireo ary nanondraka ny riandrano tamin'ireo valala. Nokapohiny tamin'ny kifafa ireo bibikely ireo ary nandramany nodorana izy ireo, kanefa tsy nisy vokany izany ezaka nataony izany. Vao maika nirongatra hatrany ireo valala. Nangataka andro ho an'ny fifadian-kanina sy ny vavaka ny Patriarika John Smith, Filohan'ny Tsatòkan'i Salt Lake. Tsy ela dia indro nipoitra avy eny amin'ny lanitra ny andian-gisa vahiny ka nidina nihinana ny valala. Hoy ny fitantaran'i Susan Noble Grant izany trangan-javatra izany: 'Tamin'ny fahagaganay lehibe, no nandripahan'ny andian-gisa vahiny tena noana tokoa ireo valala nitangorona teny rehetra teny' [tao amin'ny Carter E. Grant, *The Kingdom of God Restored* (1955), 446]. Nijery izany tamim-pifaliana ny Olomasina. Voavonjy ny fiainan'izy ireo.

8. "Niasa tamin-kery sy finoana ny Olomasina na dia teo aza ny zava-tsarotra niseho taminy, ary tsy ela dia nandroso be izy ireo. Nisy mpandalo iray ho any Californie izay nandalo ny tanànan'i Salt Lake City ny volana Septambra 1849 ary nandoka azy ireo toy izao: 'Tsy mbola niara-nitoetra tamin'ny vahoaka milamina, vahoaka matotra, vahoaka mahery miasa sady mahalala fomba toy izao aho, ary tsy mampino ny mijery ny zava-bitan'izy ireo tao anatin'ny fotoana fohy teo amin'ity tany efitra ity. Tao amin'io tanàna io izay nisy mponina tokony ho teo amin'ny dimy arivo teo, dia tsy mba nifanena tamin'ny mpirenireny foana aho na dia iray aza, na olona manana endrik'olona midonana-poana. Betsaka tokoa ny vokatra ho azon'izy ireo, ary misy ny fanahy sy ny hery amin'izay rehetra jerena, izay tsy ho hita any amin'ireo tanàna hafa mitovy aminy na ny kely tamin'izay rehetra efa nalehako.' [tao amin'ny B. H. Roberts, *Life of John Taylor* (1963), 202]" (*Ny Lovantsika,* 82–83).

Fahatakarana ny Famakiana

Ny Taona Voalohany tany amin'ny Lemaka

Kely (and. 5)—Zara raha ampy nohanina

Nihamafy (and. 6)—Niharatsy

Mpiandry omby (and. 6)—Zazalahy mikarakara ny omby any an-tsaha

Hoditr'omby (and. 6)—Hoditr'omby

Tamim-pahakiviana (and. 7)—Fahakiviana sy alahelo

Andiana renitantely (and. 7)—Vondrona tantely

Tena noana tokoa (and. 7)—Matin'ny hanoanana

Vahoaka mahery miasa sady mahalala fomba (and. 8)—Mazoto, Miasa mafy sy mahalala fomba

Mpirenireny (and. 8)—Olona tsy miasa

Midonana-poana (and. 8)—Kamo

Famantarana tany vaovao

9. "Tamin'ny fiafaran'ny fahavaratra 1848, dia mbola nandeha indray avy any Winter Quarters nankany amin'ny Lemak'i Salt Lake ny Filoha Brigham Young. Rehefa tonga tany izy, dia tsapany fa ilain'ny Olomasina ny mianatra mamantatra ireo antom-pivelomana azony ampiasaina eo amin'ny tontolo vaovao iainany. Maro tamin'izany no azo avy tamin'ny Indiana izay nipetraka teo an-toerana, kanefa ny Filoha Young koa dia mbola nandefa mpikamban'ny Fiangonana hanao fikarohana mba hikarohana ny toetran'ireo zava-maniry azo atao fanafody sy ireo tahirin-java-boahary misy eo an-toerana.

10. "Nandefa antoko mpamantatra tany vaovao hafa koa izy mba hitady toerana azo hanjariana. Nandritra dian'izy ireo dia nahita toeram-pitobian'ny mineraly izy ireo, hazo be dia be, loharano, sy tany lava volo malalaka be, ary toerana tsara izay azo ipetrahana tokoa. Mba hialana amin'ny fivaron-tany amin'ny fakana tombony dia nampitandrina ny Olomasina ny mpaminany mba tsy hitsinjara ny toeram-ponenany amin'ny fivarotana izany amin'ny hafa. Ny tany no fananan'izy ireo ka tokony ho tantanana amim-pahendrena sy amim-pahazotoana fatratra izany, fa tsy natao hitadiavam-bola.

11. "Tamin'ny fotoam-pararanon'ny 1849, dia natsangana ny Tahirim-bola Mitohy ho an'ny Fifindra-monina, izany dia natao teo ambany fitarihan'ny Filoha Young. Ny tena tanjon'izany dia ny hanampiana ny mahantra izay tsy nanana hoenti-manana handehanana hamonjy ny fikambanamben'ny Fiangonana. Tao anaty fihafiana lehibe no nandraisan'ny rehetra anjara tamin'ny fananganana izany tahirim-bola izany, ary vokatr'izany, dia olona an'arivony no afaka nandeha ho any amin'ny Lemak'i Salt Lake. Raha vantany vao nanana fahafahana ireo, izay nahazo fanampiana dia notakiana hamerina indray izany fanampiana azony izany. Izany tahirim-bola izany dia mbola natao hanampiana ny hafa indray. Tamin'ny alalan'izany ezaka izany no nanomezan'ny Olomasina fahasoavana ho an'ny fiainan'ireo nila fanampiana" (*Ny Lovantsika,* 102–103).

Nahazoana lalana avy tamin'ny BYU Museum of Art. Zo rehetra voatokana.

Fahatakarana ny Famakiana

Famantarana tany vaovao

Fanafody (and. 9)—Manasitrana

Hazo be dia be (and. 10)—Hazo marobe

Fiakaran'ny vidin-tany (and. 10)—Mividy tany ary mivarotra izany ho ambonimbony kokoa

Fananana (and. 10)—Mikarakara ny fananana ho an'ny hafa

Mitohy (and. 11)—Mitohy

Fifindra-monina (and. 11)—Mifindra avy amin'ny toerana iray ary manorim-ponenana amin'ny iray hafa

Ireo Mpisava Lalana an-tsarety Tarihin-tanana

12. "Tamin'ny taona 1850, dia nanapa-kevitra ny mpitarika ny Fiangonana fa hanao sarety tarihin-tanana, mba hampihenana ny vola lany ary mba hahafahana manampy ara-bola ireo mpifindra monina maro, araka izay azo atao. Ireo Olomasina izay nandeha tamin'izany dia tsy nitondra afa-tsy lafarinina 45 kilao ary vatsy sy fananana voafetra tao anaty sarety ka nanosika izany namakivaky ny lemaka. Teo anelanelan'ny taona 1856 sy ny taona 1860, dia vondron'ny sarety tarihin-tanana folo no nankany Utah. Valo tamin'izy ireo no tonga ara-dalana tany amin'ny Lemak'i Salt Lake, fa ny roa tamin'izy ireo, dia ny kalesin'i Martin sy Willie, kosa dia tratran'ny ririnina teny an-dalana, ka maro tamin'ireo Olomasina niaraka taminy no maty.

13. "I Nellie Pucell, ilay mpamaky lay tao amin'ireo andiany mahonena ireo dia feno folo taona tany amin'io lemaka. Maty nandritra ny dia avokoa ny ray aman-dreniny. Rehefa nanakaiky ny tendrombohitra ireo andiany, dia nihanamirifiry izaitsizy tokoa ny ririnina, ny vatsy efa lany, ary lanaka loatra ireo Olomasina ka tsy afa-nanohy ny diany. Trotraka i Nellie sy ny rahavaviny. Raha iny efa nadiva ho very fanantenana iny izy ireo, dia tonga nanatona azy teny amin'ny kalesiny ny mpitarika ny andiany. Napetrany tao anaty sarety i Nellie ary nasainy nanaraka moramora izany i Maggie, sady nihazona mafy mba hanohana ny tenany. Avotra soa aman-tsara i Maggie satria ny fanerena azy handeha antongotra dia nanamaivana ny vakivakim-panala vokatry ny hatsiaka tamin'ny tongony.

14. "Rehefa tonga tany amin'ny tananan'i Salt Lake i Nellie, ka nesorina kiraro sy ny ba-kirarony, izay efa nentiny namakivaky ny lemaka, dia niara-niendaka tamin'izany koa ny hodiny noho ny hatsiaka. Notapahana tamim-panaintainana ny tongotr'ity ankizivavy kely mahery fo ity ary dia ny lohaliny no nandehanany nandritra ny androm-piainany sisa. Nanambady izy taty aoriana ary niteraka enina, nikarakara ny tokantranony izy ary nanabe taranaka tsara. [Jereo "Story of Nellie Pucell Unthank," *Heart Throbs of the West*, comp. Kate B. Carter, 12 vols. (1939–51), 9:418–20.] Ny finiavany, na dia teo aza ny toe-javatra nitranga taminy sy noho ny hatsaram-panahin'ireo izay nikarakara azy, dia ohatra lehibe amin'ny finoana sy ny fahavononana ananan'ireo mpikamban'ny Fiangonana tany am-boalohany mba hahafoy tena izy. Ny ohatra nomen'izy ireo dia lovam-pinoana ho an'ny Olomasina rehetra izay nanaraka azy ireo.

15. "Nisy lehilahy iray izay namakivaky ny lemaka tamin'ny sarety tarihin-tanan'i Martin nipetraka tany Utah nandritra ny taona maro. Indray andro izy dia tafaraka tamin'ny antokon'olona nanakiana ny mpitariky ny Fiangonana noho ny namelany ny Olomasina hamakivaky ny lemaka kanefa tsy nisy vatsy sy fiarovana ho azy ireo afa-tsy ny sarety notarihin-tanana nomena azy ireo. Niaritra nihaino izany ity lehilahy antitra ity ary rehefa tsy tantiny intsony dia nitsangana izy ary niteny tamim-piontanam-po hoe:

16. " 'Tao amin'io andiany io no nisy ahy sy ny vadiko. . . . Mafy mihoatra noho izay noheverinareo ny fijalianay tao, ary maro no maty noho ny hatsiaka sy ny hanoanana, kanefa efa nandre na dia iray tamin'ireo sisa velona tamin'izany teny milaza fanakianana ve ianareo? *. . . [Izahay] dia namakivaky ny lemaka niaraka tamin'ny fahalalana tanteraka fa velona Andriamanitra, satria tao anatin'ny fahoriana no nianaranay nahafantatra Azy.*

17. " 'Nanosika ny kalesiko tarihin-tanana aho raha iny izaho mbola reraka sy vizaky ny aretina iny ary tsy ampy sakafo ka nila ho tsy afa-nandeha. Nijery ny teo anoloako aho ka nahita fasika midadasika na havoana, dia hoy aho niteny irery: Eo ihany no todiko ary tsy maintsy mijanona aho, satria tsy ho afaka hiampita mitarika an'ireto enta-mavesatra ireto intsony. . . . Nanohy hatreo amin'ilay fasika aho, ary rehefa tonga teo aho dia ny sarety indray no nanomboka nanosika ahy. Nitodika foana aho nijery izay nanosika ny kalesiko, kanefa tsy nahita na iza na iza ny masoko. Tamin'ny farany dia fantatro fa ny anjelin'Andriamanitra no teo.

18. " 'Nanenenako ve ny fanapahan-kevitra nandeha niaraka tamin'ny sarety tarihin-tanana? Tsia. Na tamin'izany fotoana izany, na amin'ny fiainako sisa rehetra. *Izay tokony haloanay mba hahalalana an'Andriamanitra, dia tamim-pifaliana no nanaovanay azy, ary feno fankasitrahana aho noho ny fananako fahafahana nandeha niaraka tamin'ny Andian'ny Sarety notarihin-tanan'i Martin'* [William Palmer, teny voalaza tao amin'i David O. McKay, "Pioneer Women," *Relief Society Magazine,* Jan. 1948, 8].

19. "Ao amin'ny fihiranantsika amin'ny teny anglisy dia misy ilay hira momba ireo mpikambana voalohany tao amin'ny Fiangonana, izay nanaiky tamin-kerim-po ny filazantsara ka nandeha tany amin'ny tany lavitry ny sivilizasiona:

20. "Ry mpanangana ny firenena,
Nanokatra ny lalana teny am-pandehanana;
Ho fanoitra ho an'ny taranaka
Amin'ny fihetsiny isan'andro.
Manangana fototra vaovao sy mafy orina,
Mampivelatra ireo sisin-tany,
Mandroso hatrany, mandroso ihany
Ry mpamaky lay, toloram-boninahitra!

21. "Ny ohatra nataon'izy ireo dia mampianatra antsika ny fomba fiainana miaraka amin'ny finoana sy ny herim-po ao amin'ny firenentsika:

22. "Ny fanompoana no tena nibaiko azy ireo;
Ny fitiavana no kintana nitarika azy ireo;
Ny herim-po, no fanalany tsy nety maty,
Nanazava ny manodidina sy ny teny alavitra.
Isan'andro dia misy zioga nihamaivana,
Isan'andro dia misy fo nampiononona,
Isan'andro dia misy fanantenana lehibe,
Ry mpamaky lay, toloram-boninahitra! ["They, the Builders of the Nation," (Izy ireo, Mpanangana ny Firenena) *Hymns,* no. 36]" (*Ny Lovantsika,* 95–96, 98).

Fahatakarana ny Famakiana

Ireo Mpisava Lalana an-tsarety Tarihin-tanana

Maty (and. 12)—Maty

Lanaka (and. 13)—Vizaka

Lova (and. 14)—Zavatra manan-danja lehibe izay notehirizina tamin'ny lasa

Tamin'ny fahoriana (and. 16)—Nandritra ny fotoan-tsarotra teo amin'ny fiainanay

Lavitr'andriana (and. 19)—Amin'ny fialofana lavitra indrindra amin'ny sisin-tany

Mandroso (and. 20)—Mandroso amin'ny alalan'ny ezaka Mafy

Fanalany (and. 22)—Hazavana enti-mitarika

Manjelatra (and. 22)—Mamirapiratra

Mamaly ny Antso ireo Misiônera

23. "Raha mbola nameno ny tontolo niainana ny firaondraonan'ny asa sy ny fiainana andavanandro, dia niverina nisahana ny raharaham-piangonana ny Filoha Brigham Young. Tamin'ny fihaonambe natao ny 6 Ôktôbra 1849, dia nanendry mpikambana maromaro tao amin'ny Roambinifololahy izy, niaraka tamin'ireo misiônera vao avy nantsoina, mba handeha hitory ny filazantsara any ampitan-dranomasina. Nanaiky izany antso izany izy ireo na dia voatery tsy maintsy hiaina lavitra ny fianakaviany, ny tranony vaovao, sy ireo asa maro tsy mbola vita. I Erastus Snow sy ireo loholona maromaro no nanomboka ny fitoriana ny filazantsara tany Scandinavie, fa i Lorenzo Snow sy Joseph Toronto kosa nankany Italie. I Addison sy Louisa Barnes Pratt dia niverina tany amin'ny toerana niasan'i Addison teo aloha tany amin'ny Nosy Pasifika. I John Taylor dia nantsoina ho any Frantsa sy Alemana. Tamin'ny diany niatsinanana, dia nifanena tamin'ireo Olomasina ho any Ziona vaovao tany amin'ny Rocky Mountains ny misiônera.

24. "Teo amin'ny toerana niasan'izy ireo, dia nanatri-maso fahagagana maro ny mpitory ny filazantsara ary nanao batisa olona maro ho an'ny Fiangonana. Raha nitory ny filazantsara tany Italie i Lorenzo Snow, izay lasa Filohan'ny Fiangonana taty aoriana, dia nahita zazalahy kely telo taona teo am-bavan'ny fahafatesana. Fantany fa fotoana tsara hahafahana hanasitrana ilay zaza sy hanokafana ny fon'ny olona teo an-toerana izany. Tamin'io alina io, dia nivavaka nandritra ny fotoana maharitra sy tamin-kafanam-po izy nangataka ny fitarihan'Andriamanitra, ary ny ampitso, dia sady nifady hanina no nivavaka ho an'ilay zazalahy izy sy ny namany. Ny harivan'iny dia nametra-tanana taminy izy ireo sy nivavaka mangina mba hahazo fanampiana amin'ny asa izay ataony. Natory soa amantsara ilay zaza nandritra ny alina, ary dia sitrana tamin'ny fahagagana lehibe. Niparitaka nanerana ny lemak'i Piedmont tany Italie ny resaka momba izany fanasitranana izany. Nisokatra ho an'ireo mpitory ny filazantsara ny varavarana, ary nanomboka ny batisa voalohany teo an-toerana. [Jereo Francis M. Gibbons, *Lorenzo Snow: Spiritual Giant, Prophet of God* (1982), 64.]

25. "Ny volana Aogositra 1852, nandritra ny fihaonambe manokana natao tao an-tananan'i Salt Lake, dia loholona 106 no nantsoina hitory ny filazantsara nanerana ny firenena teto amin'izao tontolo izao. Ireo mpitory ny filazantsara ireo, sy ireo izay vao nantsoina taty aoriana, dia nitory ny filazantsara tany Amerika Atsimo, Chine, Inde, Espana, Australie, Hawai, ary tany Atsimon'ny Pasifika. Tany amin'ny ankamaroan'ireo toerana ireo, dia tsy dia nahomby loatra ny asa fitoriana tany am-boalohany. Na izany aza anefa, dia namafy voa izy ireo ka vokatr'izany, dia olona maro no tonga tao amin'ny Fiangonana noho ny ezaka nataon'ny mpitory ny filazantsara tato aoriana.

26. "Ny loholona Edward Stevenson dia nantsoina ho mpitory ny filazantsara tany Gibraltar tany Espana. Izany antso izany dia namerina azy tany amin'ny toerana nahaterahany, ka nanambarany ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny, tamim-pahasahiana tamin'ireo mpiray tanindrazana taminy. Notanana am-ponja noho ny fitoriana ny filazantsara izy ka nijanona tao nandritra ny fotoana maromaro mandra-pahatongan'ny fotoana nahitan'ny mpitondra azy nitory tamin'ny mpiambina, ka efa saika nahatarika ny iray tamin'izy ireo. Taorian'ny nivoahany ny fonja, dia nanao batisa olona roa tao amin'ny Fiangonana izy ary talohan'ny volana Janoary 1854, dia nitsangana ny sampana izay nisy olona folo. Ny volana Jolay, na dia nisy olona enina niala aza mba hanompo amin'ny Tafika Anglisy any Asia, dia nahatratra 18 ny isan'ny mpikambana, tao anatin'izany ny fitopololahy iray, loholona iray ary mpisorona iray, ka nahatonga

ny sampana nanana mpitarika izay nilainy mba hahafahany mitombo. [Jereo "The Church in Spain and Gibraltar," *Friend,* Mey 1975, 33.]

27. "Noroahan'ny fitondram-panjakana Polynesia Frantsay tao an-toerana ny mpitory ny filazantsara tamin'ny taona 1852. Kanefa ny Olomasina tao amin'ny Fiangonana dia nanao izay hampandeha ny Fiangonana mandra-pisian'ny ezaka fitoriana tamin'ny taona 1892. Ny Loholona Tihoni sy Maihea dia tena nahery fo tokoa ka niaritra ny fitanana tany am-ponja sy ny fitsapana maro samihafa ka naleony nihatra izany toy izay handa ny finoany. Ny tsirairay avy tamin'izy ireo dia nanao izay hampahazoto ny Olomasina sy ny mba hananany fahatokiana ny filazantsara. [Jereo R. Lanier Britsch, *Unto the Islands of the Sea: A History of the Latter-day Saints in the Pacific* (1986), 21–22.]

28. "Ho an'ireo izay tonga mpikamban'ny Fiangonana tany ivelan'i Etazonia, dia izao no fotoana tokony hiangonana any Ziona, izany hoe fandehanana an-tsambo mankany Amerika. I Elizabeth sy i Charles Wood dia nandeha an-tsambo tamin'ny taona 1860 avy any Afrika Atsimo, toerana izay efa niasany an-taonany maro mba hahazoany vola hanaovana ny diany. I Elizabeth dia nikarakara ny tokatranon'ny lehilahy mpanankarena iray, ary ny vadiny kosa dia nanao biriky mandra-pahazoan'izy ireo ny vola ilaina. I Elizabeth dia nandeha tao an-tsambo teo ambony am-pandriana nandritry ny 24 ora manontolo isan'andro taorian'ny niterahany ny zanakalahiny ary nomena azy ny efitrano fatorian'ny kapiteny mba hahazoany aina kokoa. Narary mafy izy nandritra ny dia, ary efa in-droa saika maty, kanefa dia velona ihany ary dia nipetraka tao Fillmore, Utah izy.

29. "Nirakitra tao am-pon'ny mponina, tany amin'ny toerana nitoriany, ny mpitory ny filazantsara. I Joseph F. Smith, rehefa nadiva hamarana ny asa nanirahana azy tany Hawai tamin'ny taona 1857, dia narary vokatry ny tazo izay tsy nahafahany niasa nandritra ny telo volana. Voatahy anefa izy noho ny nametrahana azy ho karakarain'i Ma Mahuhii, Olomasina tao Hawai manam-pinoana iray. Izy no nitsabo an'i Joseph tahaka ny zanaka naterany, ary nisy fitiavana lehibe teraka teo amin'izy ireo. Taona maro taty aoriana, rehefa lasa Filohan'ny Fiangonana i Joseph F. Smith dia nitsidika an'i Honolulu izy ary raha vao tonga, dia nahita vavy antitra jamba iray nanolotra azy akondro tsara tarehy vitsivitsy ho fanomezana. Reny ny antsony nanao hoe, 'Iosepa, Iosepa' (Joseph, Joseph). Teo no ho eo ihany dia nihazakazaka nanatona azy izy ary namihina sy nanoroka azy imbetsaka, nanakina ny lohany taminy ka nanao hoe, 'Neny, neny, neny malala.' [Jereo Charles W. Nibley, "Reminiscences of President Joseph F. Smith," *Improvement Era,* Jan. 1919, 193–94.]" (*Ny Lovantsika,* 103–106).

Fahatakarana ny Famakiana

Mamaly ny Antso ireo Misiônera

Andavanandro (and. 23)—Ao an-tokantrano

Am-boalohany (and. 25)—Am-piandohana

Fitoriana (and. 27)—Ezaka hampiova fo ny hafa ho eo amin'ny Mpamonjy, ny filazantsara, ary ny Fiangonana

Efitrano fatoriana (and. 28)—Toerana fatoriana any amin'ny sambo

Fiantsoana ho Mpanjanan-tany

30. "Tanàna kely maro tany Utah sy tany atsimon'i Idaho ary taty aoriana tany amin'ny faritra sasany tany Arizona, Wyoming, Nevada, sy Californie no naorin'ny olona niaraka tamin'ny fianakaviana izay nantsoina nandritry ny fihaonamben'ny Fiangonana. Ny Filoha Brigham Young no nibaiko hamorona izany tanàna izany, mba hahafahan'ny mpifindra monina vaovao an'arivony mivelona sy mamboly ary miompy.

Ny sasantsany tamin'ireo Toerana Voazanaka 350 Naorina nandritra ny Fiadidian'i Brigham Young



31. "Nandritra ny androm-piainany, dia voajary ny Lemak'i Salt Lake manontolo sy ny ankamaroan'ny toerana manodidina. Tamin'ny taona 1877, rehefa maty i Brigham Young, dia naherin'ny 350 ny tany voatsangana, ary tamin'ny taona 1900 dia efa nahatratra ho 500. Ny manampahefan'ny Fiangonana tamin'izany fotoana izany, atao hoe Brigham Henry Roberts dia nilaza fa ny fahombiazan'ny mpanjanan-tany Môrmôna dia avy amin'ny 'fankatoavan'ny olona ireo mpitondra azy sy ny fahafoizan-tena [izy ireo] tsy misy tambiny ary ny fanoloran-tenany' teo amin'ny fanatanterahany ny antso avy tamin'ny Filoha Young [teny nindramina tao amin'ny Russell R. Rich, *Ensign to the Nations* (1972), 349]. Nahafoy ny fiadanam-piainana, ny fiarahana amin'ireo namana, ary indraindray ny ainy ireo mpanjanan-tany mba hanarahana ny mpaminanin'ny Tompo.

32. "Nandritry ny fihaonamben'ny Fiangonana, no namakian'ny Filoha Brigham Young ny anaran'ireo rahalahy sy ny fianakaviany izay nantsoina mba hifindra any amin'izany toerana. Ireo mpanjanan-tany ireo dia nihevi-tena ho nantsoina ho mpitory ny filazantsara ary nahafantatra izy fa hijanona eo an-toerana mandrapahatongan'ny fanoloana azy. Nandeha any amin'ny toeramponenany vaovao miaraka amin'ny fitaovany izy ireo ary izy no niantoka ny laniny tamin'izany. Ny fahombiazany dia niankina tamin'ny fahaizany mampiasa ny zava-misy teo am-pelatanany. Nandrefy sy niasa ny tany izy ireo, nanangana fitotoam-barimbazaha, lakan-drano mba hitarihana rano hanondrahana ny tany, namefy ny kianja hiraofan'ny biby fiompy, ary nanao lalana.

Namboly izy ireo, nanao zaridaina, nanangana Fiangonana sy sekoly, ary nanao izay hihavanany tamin'ny Indiana. Nifanampy izy ireo raha nisy narary, na raha nisy teraka, na maty, na nanorintokantrano.

33. "Tamin'ny taona 1862 no nandray ny antso mba handeha hipetraka any atsimon'i Utah i Charles Lowell Walker. Nanatrika ny fivoriana nanangonana ireo voantso izy ary nanoratra hoe: 'Teto no nianarako ny fitsipika izay tsy ho hadinoiko vetivety. Nampiseho tamiko izany fa ny fankatoavana dia fitsipika lehibe any an-danitra sy ety an-tany. Eny, teto no niasako nandritra izay fito taona tao anatin'ny hafanambe sy ny hatsiaka, ny hanoanana sy ny fahoriana, ary farany dia nahazo trano aho, feno hazo fihinanam-boa vao mamoa sy tsara tarehy. Eny, tsy maintsy hilaozako izany ka handeha aho hanao ny sitrapon'ny Raiko any an-danitra, izay manapaka amin'ny zavatra rehetra mba hahasoa ireo izay tiany sy matahotra Azy. Mivavaka amin'Andriamanitra aho mba hanome ahy tanjaka hanatanterahako izay takiana amiko ka sitrany' [*Diary of Charles Lowell Walker,* ed. A. Karl Larson and Katharine Miles Larson, 2 vols. (1980), 1:239; fanononana sy marin-tsoratra nohavaozina].

34. "I Charles C. Rich, mpikambana iray tao amin'ny Kôlejin'ny Roambinifololahy, dia nahazo antso koa mba hanjanan-tany. I Brigham Young no niantso azy sy ireo rahalahy vitsivitsy mba hitondra ny fianakaviany ka hipetraka any amin'ny Lemak'i Bear Lake, tokony ho 240 km avaratry ny tananan'i Salt Lake. Amin'ny haambo avo dia avo no misy ny lemaka ary faran'izay mangatsiaka sy rakotra ranomandry izany amin'ny ririnina. Vao avy niverina avy tamin'ny asa nanirahana azy tany Eoropa ny rahalahy Rich ka tsy maika te-hamindra ny fianakaviany no sady tsy te-hamerina hanomboka ny fiainany hatramin'ny voalohany indray ao anatin'ny toe-javatra sarotra. Nanaiky ny antso izy ary ny volana Jiona 1864 dia tonga tao amin'ny Lemak'i Bear Lake. Farany izay nangatsiaka tsy tahaka ny nahazatra ny ririnina manaraka ka tamin'ny lohataona, dia maro tamin'ireo rahalahy no nanapa-kevitra hiala teo. Fantatry ny rahalahy Rich fa ny fiainana dia tsy mora eo amin'izany toetr'andro mangatsiaka izany, kanefa hoy izy:

35. " 'Maro ny zava-tsarotra. Ekeko izany . . . ary niarahantsika nizaka izany. Kanefa raha te-handeha ho any an-toeran-kafa ianareo, dia zonareo izany, ary tsy te-hanakana anareo amin'izany aho. . . . fa izaho kosa tsy maintsy mijanona eto, na dia voatery hipetra-drery aza. Ny Filoha Brigham Young no niantso ahy ho eto, ary hitoetra eto aho mandra-pahatongan'ny fotoana hisaorany ahy, ka hamelany ahy handeha.' Nijanona ny rahalahy Rich sy ny fianakaviany, ary izy no nanjary mpitarika ny fiaraha-monina nandroso am-polo-taonany maro taty aoriana. [Jereo Leonard J. Arrington, *Charles C. Rich* (1974), 264.] Tahaka ireo olona an'arivony maro, dia nankatò ny mpitarika azy tamin'ny fony izy mba hahafahany mitondra ny anjara birikiny amin'ny fananganana ny fanjakan'ny Tompo" (*Ny Lovantsika,* 106, 108–109).

Fahatakarana ny Famakiana

Fiantsoana ho Mpanjanan-tany

Manjanan-tany (anarana fiantso)—Manangana tanàna vaovao

Avy amin'ny (and. 31)—Miseho vokatry ny

Fiadanam-piainana (and. 31)—Fananana izay manome hafaliana sy hasambarana

An-toerana (and. 32)—Toerana

Fitotoam-barim-bazaha (and. 32)—Fitotoam-bary ho lasa koba

Fahoriana (and. 33)—Fahasarotana

Ny Fifandraisana tamin'ireo Indiana

36. "Rehefa nisitaka nankany amin'ny sisin-tany ny mpanjanan-tany, dia matetika voatery tsy maintsy nifanaraka tamin'ny Indiana. Mifanohitra tamin'ny mpanjanan-tany hafa tany andrefana, ny Filoha Brigham Young dia nampianatra ny Olomasina hanome sakafo ny rahalahy sy ny rahavavy mpiray tanindrazana aminy ary hanao izay hitondrana azy any am-piangonana. Ny ezaka fitoriana teo amin'ny Indiana dia nandramana tamin'ireo Indiana tany Fort Lemhi tany amin'ny faritry ny Reniranon'i Salmon tany Idaho, tany an-tendrombohitr'i Elk nisy ireo izay nifindra monina tany Colorado tany amin'ny faritanin'i Utah. Ny Filoha Young koa no nanangana ny Fikambanana Ifanampiana mba hanjaitra akanjo ho an'ireo anadahy sy rahavaviny Indiana ary manangona vola mba hahafahana manampy azy ireo ara-tsakafo.

37. "Tamin'i Elizabeth Kane, vadin'i Thomas L. Kane, tsy mbola mpikambana fa naman'ireo Olomasina fotsiny, nandehandeha nanerana an'i Utah, dia niara-nipetraka tamin'ny vehivavy Môrmôna iray efa reraka izy. Tsy nanaitra azy loatra io vehivavy io mandrapahitany ny fomba fifandraisan'izany vehivavy izany tamin'ireo Indiana. Rehefa niantso ny vahiny hisakafo hariva ity vehivavy ity, dia niresaka kely tamin'ny Indiana izay niandry teo koa izy. Nanontanian'i Elizabeth izay nolazain'io vehivavy io tamin'ny Indiana ary nolazain'ity zanaka lahy tao amin'ny fianakaviana ity fa, 'Ireo vahiny ireo aloha no tonga voalohany, ary ho azy ihany no nandrahoako ny sakafo; kanefa efa mitokona ao am-patana ao ny sakafo ho anareo, ka raha vantany vao vonona izany dia hantsoiko ianareo.' Tsy nino izany i Elizabeth ka nanontany raha tena manome sakafo ho an'ny Indiana marina izy na tsia. Hoy ity zazalahy ity taminy, 'Manome sakafo ireo tahaka ny anomezany anareo i Neny, ary manome toerana azy ireo eto ambony latabatra.' Nanompo azy ireo izy, miandry azy ireo rehefa misakafo izy ireo. [Jereo Elizabeth Wood Kane, *Twelve Mormon Homes Visited in Succession on a Journey through Utah to Arizona* (1974), 65–66.]" (*Ny Lovantsika,* 89–90).

Fahatakarana ny Famakiana

Ny Fifandraisana tamin'ireo Indiana

Sisin-tany (and. 36)—Tany foana

Nanangana (and. 36)—Nandrafitra

Reraka (and. 37)—Torovana, Vizaka

Ny Fandaminana ny Fisoronana sy ny Andraikitry ny Vondrona Mpanampy

38. "Tamin'ny taona faraparany niainany, dia nanazava sy nametraka ny adidy lehibe sasany ao amin'ny fisoronana ny Filoha Young. Nitarika ny Roambinifololahy mba hanao fihaonambe isaky ny tsatòka izy. Vokatr'izany, dia tsatòka fito vaovao sy paroasy 140 vaovao no naorina nanerana an'i Utah. Ny andraikitry ny fiadidian'ny tsatòka, ny filankevitra avo, ny eveka ary ny fiadidian'ny kôlejy dia voafaritra mazava tsara, ary olona an-jatony no voantso mba hanao ireo asa ireo. Nanoro hevitra ny Olomasina handrindra ny fiainany izy ka handoa ny fahafolonkarenany, ny fanatitra avy amin'ny fifadian-kanina, ary ny fanomezana hafa.

39. "Tamin'ny taona 1867 dia nifidy an'i George Q. Cannon ny mpaminany mba ho ao amin'ny fitantanana ankapoben'ny Sekoly Alahady, ary tao anatin'ny taona vitsy, dia lasa anisan'ny rantsana iray maharitra ao amin'ny rafitry ny Fiangonana ny Sekoly Alahady. Tamin'ny taona 1869 ny Filoha Young dia nanomboka nanome torolalana ara-dalàna ireo zanakavaviny momba ny fiainana feno fanetren-tena. Nampivelatra izany torolalana ho ann'y zatovovavy rehetra izany izy tamin'ny taona 1870 niaraka tamin'ny fananganana ny Fikambanana Retrenchment (ny dikan'ny hoe *retrench* dia hoe manafoana izay rehetra mihoatra). Izany no niatombohan'ny fikambanan'ny Zatovovavy. Tamin'ny Jolay 1877 dia nandeha nankany Ogden, Utah izy, mba hanangana ny Fikambanana Ifanampiana voalohany ao amin'ny tsatòka" (*Ny Lovantsika,* 110–111).

Fahatakarana ny Famakiana

Ny Fandaminana ny Fisoronana sy ny Andraikitry ny Vondrona Mpanampy

Vondrona mpanampy (anarana fiantso)—Fikambanana eo ambany fiahian'ny fisoronana, toy ny Sekoly Alahady sy ny Fikambanana Ifanampiana

Nanazava (and. 38)—Manome fanampim-panazavana

Fitantanana (and. 39)—Mpitarika

Fanetren-tena (and. 39)—Manetry tena, tsotra

Inona no Vokatry nentin'ny Fihazakazahana Maika hitrandraka ny Volamena tao Californie ho amin'ireo Olomasina tany amin'ny Lemak'i Salt Lake?

Tamin'ny taona 1848 dia nahitana volamena tao Californie. Fitahiana ho an'ny mahatoky izany fa fakam-panahy kosa ho an'ny malemy am-pinoana. Mpitrandraka volamena marobe no namakivaky ny lemaka avy any atsinanana ary nandalo an'ny Lemak'i Salt Lake. Nisy ireo mpikamban'ny Fiangonana izay tsy faly tamin'ny fepetra niainana henjana teo amin'ny lemaka ary niomana ny hiala. Nanoro hevitra ny Filoha Brigham Young hoe: "Andriamanitra dia nanondro ity toerana ity hanangonana ny Olomasiny, ary tsaratsara kokoa aminareo ny mijanona eto toy izay mandeha any amin'ny fitrandrahana volamena. . . . fa ny volamena sy ny volafotsy, sy ny haren'ny tany, dia tsy misy mitovy amin'ity tany ity, fa avelao izy ireo, aleo ny hafa no hitady azy ireny, fa isika dia hikolokolo ny tany" (tao amin'ny Brown, *Giant of the Lord*, 132–33). Ny sasany dia nandeha tany Californie, fa ny ankamaroany dia nijanona ho mahatoky ary nankafy ny fijinjam-bokatra nihoam-pampana tamin'io taona io.

Ny fihazakazahana maika hitrandraka volamena tamin'ny taona 1849 dia nitahy mivantana ny fiainan'ireo Olomasina niaina tao amin'ny Lemak'i Salt Lake. Ireo mpivarotra entana tany Californie, rehefa tonga tao Salt Lake City, dia nahafantatra fa ny sakafo, akanjo ary ny fitaovana nalefa tamin'ny sambo dia efa tonga teo amin'ny tsena teo, ka dia nivarotra ny entan'izy ireo tamin'ny Olomasina tamin'ny vidiny ambany tokoa izy ireo. Ireo mpitrandraka volamena ihany koa dia nanakarama ireo Olomasina hanamboatra ny kalesin'izy ireo. Fanampin'izany dia nisy ireo andiana sarety tsy nisy entana nalefa avy any Salt Lake mba hanangona ireo entana nesorin'ireo tehanamaivana ny vesatra mba ho tonga haingana eny amin'ny toeram-pitrandrahana volamena.

Fandalinana ny Famakiana

Ataovy ny telo amin'ireto asa manaraka ireto (A–E) rehefa mandalina "Ny Filoha Brigham Young" ianao.

A Tanàna Vaovao iray

1. Alaivo sary an-tsaina hoe mitarika vondrona olona hanangana tanàna vaovao ianao. Tanisao ao anaty kahienao, eo ambanin'ny lohateny hoe "Ny Lamiko," ireto tranga manaraka ireto amin' ny lamina izay hanaovanao azy ireo:
   a. Zaraina ho an'ny olona ny tany
   b. Mifady hanina sy mivavaka mba hialana amin'ny olana miavaka
   c. Mamboly
   d. Miasa mafy sy mampiroborobo
   e. Mamantatra ny toeran'ny tempoly
   f. Mandrafitra ny Fiangonana
   g. Manangana drafitra mitaona fanahy ho amin'ny ho avy
2. Avereno vakiana ny andalan-tsoratra 1–11. Ary eo ambanin'ny lohateny "Ny Lamin'ny Mpisava lalana," dia tanisao ireo tranga mitovy manaraka ny lamina izay nataon'ny Filoha Brigham Young sy ny Olomasina nandritra ny volana maromaro voalohany teo amin'ny Lemak'i Salt Lake.
3. Inona no nanaitra anao momba ny lamina izay nataon'izy ireo?
4. Ahoana no hampiharanao ity ohatra ity amin'ny laharampahamehana apetrakao eo amin'ny fiainanao?

B Mitadiava Tantara Mifandraika amin'ny Fihirana

1. Vakio am-pitandremana ny teny ao amin'ny fihirana amin'ny teny anglisy manao hoe "Izy ireo, Mpanangana ny Firenena" ao amin'ny andinin-tsoratra 20 sy 22.
2. Soraty ao amin'ny kahienao ireto teny na andian-teny manaraka ireto. Ary mitadiava tantara avy amin'ny famakiana "Ny Filoha Brigham Young" izay ohatra amin'ny teny tsirairay na andian-teny ary manorata fehezanteny iray mamintina ny tantara eo akaikin'ny teny ao amin'ny lisitrao.

   a. Tanàna May

   b. Manosika amin'ny sisin-tany foana

   d. Fandrosoana hatrany

   e. Fanompoana

   f. Fitiavana

   g. Faharisihana

   h. Voatahy

D Manaova Sarin-tany

1. Ao anaty kahienao, manaova sarintanin'izao tontolo izao avy amin'ny sarin-tany 7 ao amin'ny fizarana "Tantaran'ny Fiangonana, Sarin-tany, ary Sary" ao amin'ny soratra masinao. Mariho ao amin'ny sarin-taninao, ny firenena rehetra izay nandefasan'ny Filoha Brigham Young misiônera (jereo ny andininy 23–29).
2. Valio ireto fanontaniana manaraka ireto:

   a. Iza amin'ireto firenena manaraka ireto no tianao hitoriana ny filazantsara? Nahoana?

   b. Ahoana no fiovana eritreretinao fa nitranga teo amin'ny fiainan'ny zanak'ireo nantsoina hitory ny filazantsara any amin'ny firenena hafa?

   d. Inona no tena asa mafy niantsoan'ny Tompo anao? Ahoana no hanampian'ny traikefanao anao mba hiroborobo?

E Manorata Tantara

Ny Filoha Brigham Young dia niantso mpikamban'ny Fiangonana maro mba hanjanan-tany faritra izay antsoina ankehitriny hoe Utah sy ny faritany manodidina azy. Vakio ny andininy 30–35 ary ataovy izao manaraka izao:

1. Tanisao ny anaran'ireo olona tsirairay izay nantsoina mba hanjanan-tany amin'ny fiaraha-monina vaovao. Tanisao ny toetra nananan'ny olona eo akaikin'ny anarana izay tsapanao fa ohatra tsara indrindra ny fahafahan'izany olona izany miaritra ny fanamby napetraka taminy.
2. Jereo ny sarin'ny fianakaviana eo anoloan'ny trano iray ao amin'ny pejy 195) ary manorata tantara fohy maneho ny fahatsapanao rehefa nantsoin'ny Filoha Brigham Young ianao hanjanan-tany amin'ireo faritra ireo.

Ny Lova Napetraky ny Filoha Brigham Young

Mosesin'ny Andro Farany

Raha niresaka mikasika ny Filoha Brigham Young ny Filoha George Q. Cannon, izay Mpanolotsaina tao amin'ny Fiadidiana Voalohany, dia nanambara fa: "Mandehana ianao ary vakio ny tenin'ny Filoha Young, ary raha tsy mino ianao izao fa Mpaminany izy, dia mino aho fa aorian'ny famakianao ireo dia ho azonao antoka fa tena Mpaminany izy, satria dia niteny tamin'ny naha-mpaminany azy izy tamin'ireto olona momba ny ho avin'izy ireo, ary ny teniny dia feno ny fahendren'Andriamanitra, ary dia nandrotsaka izany tsy tapaka izy nandritra ny androm-piainany" (Gospel Truth, *1:328).*

Ny Fahafatesan'i Brigham Young sy ny Lova napetrany

1. "Amin'ny maha-mpitarika azy, dia sady mihetsiketsika no mavitrika ny Filoha Brigham Young. Nandeha nivezivezy tany amin'ny toerana misy ireo mpifindra-monin'ny Fiangonana izy mba hampianatra sy hanome hery ny Olomasina. Avy amin'ny fampianarany sy ny ohatra nomeny, dia nampianatra ny mpikambana izy mba hanatanteraka tsara ny antson'izy ireo ao amin'ny Fiangonana.

2. "Raha nanao jery todika ny fiainany ny Filoha Young, dia nanoratra izao manaraka izao ho valin'ny fanontaniana napetraky ny mpanao gazety iray tao New York:

3. " 'Ny vokatry ny asa nataoko tao anatin'ny 26 taona lasa, dia azo fintinina fohifohy toy izao: Ny fametrahana mponina, Olomasin'ny Andro Farany 100,000 eo ho eo, amin'ity Faritany ity; ny fananganana tanàn-dehibe mihoatra ny 200, tanàna kely ary vohitra kely itoeran'ny olonay, . . . ary ny fananganana sekoly, orin'asa, fitotoam-bary ary ireo toerana hafa maro izay natao mba hampandroso sy ho tombon-tsoan'ny mponina. . . .

4. " 'Ny fiainako manontolo dia natolotro ho amin'ny asa fanompoana ny Tsitoha' [Teny nindramina tao amin'ny Hinckley, *Truth Restored,* 127–28].

5. "Tamin'ny volana Septambra 1876, dia nanao fijoroana ho vavolombelona matanjaka momba ny Mpamonjy ny Filoha Young:

‘Mijoro ho vavolombelona aho fa i Jesoa no Kristy, Ilay Mpamonjy sy Mpanavotra izao tontolo izao; nankatò izay nolazainy aho, ary nahatsapa ny fampanantenany, ny fahendren’izao tontolo izao dia tsy afaka manome, na manaisotra ny fahalalako ny momba Azy’ [tao amin’ny *Journal of Discourses,* 18:233].



6. “Tamin’ny volana Aogositra 1877, dia narary mafy ny Filoha Young, ary na dia teo aza ny fikarakaran’ny dokotera azy, dia maty tao anatin’ny herinandro izy. Tamin’ny faha-76 taonany izy no maty ary nitondra ny Fiangonana nandritra ny 33 taona. Ankehitriny dia tsaroantsika Izy amin’ny maha-mpaminany mahery fo azy izay nitondra an’i Isiraely amin’izao andro izao ho any amin’ilay tany nampanantenaina. Mahakasika ny fiainana andavanandro ny toriteniny, izay nampiseho mazava fa ny fivavahana dia anisan’ny zavatra iainana eo amin’ny fiainana andavanandro. Ny fahafantarany ny sisin-tany Amerikana sy ny fitondrany feno fahendrena dia nanentana ny olony hanatanteraka ny asa toa tsy azo tanterahina sy hananganana fanjakana iray any an’efitra miaraka amin’ny fitarihan’ny lanitra” (*Ny Lovantsika,* 90–91).

Fahatakarana ny Famakiana

Ny Fahafatesan’ny Filoha Brigham Young sy ny Lova napetrany

Mahery fo (and. 6)—Matanjaka, mahery

Ny Fampianarana sy ny Tenivavolombelon’i Brigham Young

7. Raha niresaka mikasika ny Matio 5:48 ny Filoha Young dia nilaza hoe: “Azontsika ovaina ny fomba fiteny ao amin’ny fehezanteny, ary dia lasa hoe: ‘Aoka ho tanteraka arak’izay vitanareo ianareo,’ fa izany no zavatra azontsika ho atao, na dia hoe aoka ho tanteraka hianareo toy ny fahatanterahan’ny Rainareo izay any an-danitra aza ny voasoratra. . . . rehefa manao ny zavatra fantatsika ihany koa isika . . . dia . . . voamarina tahaka ireo anjely izay eo anoloan’ny fiandrianan’Andriamanitra ihany koa” (*Discourses of Brigham Young,* 89).

8. Efa ho telo taona taorian’ny nahafatesan’ny Mpaminany Joseph Smith, dia nahita azy tamin’ny nofy na koa fahitana i Brigham Young. Nangataka tamin’ny Mpaminany ny Filoha Young raha toa ka manana hafatra ho an’ny mpikamban’ny Fiangonana izy. “Nandroso teo anoloako i Joseph, ary dia nibanjina ahy tamin’ny fomba hentitra, kanefa tamin’ny fomba nafinaritra izany ary dia niteny hoe: ‘Teneno ny olona mba hanetry tena sy ho mahatoky, ary aoka hihazona ny fanahin’ny Tompo ary dia hitarika azy ireo any amin’ny tsara izany. Mitandrema ary aza mihodina amin’ny feo tony sy malefaka; hampianatra anao amin’ny ataonao izany azy hanoro ny halehanao. . . . Afaka mamantatra ny Fanahin’ny Tompo amin’ireo fanahy hafa rehetra izy ireo; hibitsika fandriampahalemana sy hafaliana ao amin’ny fanahin’izy ireo izany; hanala ny haratsiana, ny fankahalana, ny ady ary ny ratsy rehetra izany; ary ny fanirian’izy rehetra dia ny hanao tsara, hitondra ny fahamarinana ary hanangana ny fanjakan’Andriamanitra’ ” (*Manuscript History of Brigham Young, 1846–1847,* comp. Elden J. Watson [1971], 529).

9. “Ny ahiahiko ratsy indrindra izay ananako momba ireto olona ireto dia ny hoe rehefa hanan-karena izy ireo eto amin’ity firenena ity, dia hanadino an’Andriamanitra sy ny olony, hihamatavy, ary hanala ny tenan’izy ireo amin’ny Fiangonana ary handeha any amin’ny helo. Hahatohitra ny olon-dratsy, ny mpihetraketraka, ny fahantrana, ny endrika rehetra amin’ny fanenjehana ary ho marina ireto olona ireto. Fa ny ahiahiko lehibe indrindra dia ny tsy fahazakan’izy ireo ny harena” (teny nindramina tao amin’i Kimball, *Miracle of Forgiveness,* 48).

10. “Tsy misy dikany loatra ny fahatsapako na ny fahatsapanao hoe te-hivavaka, fa rehefa tonga ny fotoana hivavahana, dia mivavaha. Raha toa tsy mahatsapa izany isika, dia tokony hivavaka isika mandrapaha-tsapantsika izany. . . . Ho hitanao fa ireo izay miandry ny fanahy hamporisika azy ireo hivavaka, dia tsy hivavaka betsaka eto amin’ity tany ity” (*Discourses of Brigham Young,* 44).

11. “Mamaky ny soratra masina ve ianareo, ry rahalahy sy anabavy, na dia efa nosoratanareo arivo, na roa arivo na dimy arivo taona lasa aza izany? Moa ve vakianareo tahaka ny hijoroanareo eo amin’ny toeran’ireo olona nanoratra izany ianareo? Raha toa ianareo tsy mahatsapa izany, dia fahafahana ho anareo ny hanao izany, mba ho zatra ny fanahy sy ny dikan’ny tenin’Andriamanitra voasoratra ianareo eo amin’ny fiainanareo andavanandro sy ny fifanakalozan-kevitrao” (*Discourses of Brigham Young,* 128).

12. “Tena matahotra mafy aho amin’ireto olona ireto izay manana fahatokiana amin’ireo mpitarika azy ary tsy mangataka akory amin’Andriamanitra raha toa ka tarihiny tokoa izy ireo. Manahy aho fa hitoetra amin’ny toetra feno fahajambana izy ireo amin’ny fahazoana toky fa voaro ny tenany, amin’ny fametraham-pitokiana amin’ny lalan-kizorana eo am-pelatanan’ireo mpitarika azy ireo miaraka amin’ny fahatokiana tsy misy fitandremana amin’ireo mpitarika azy ireo izay mety hifanohitra amin’ny tanjon’Andriamanitra amin’ny famonjena azy ireo, ary mampahalemy ny fitaomam-panahin’izy ireo izay azon’ny mpitondra omeny ny mpitondra azy ireo, fantatr’izy ireo manokana ve izany, amin’ny alalan’ny fanambaran’Andriamanitra, fa izy ireo dia voatarika amin’ny lalana tena izy” (*Discourses of Brigham Young,* 135).

13. “Nahoana ny olona no tratran’ny fihemorana? Fantatrao fa eo amin’ilay ‘Sambo antitr’i Ziona isika.’ Eo afovoan’ny ranomasina isika. Tonga ny tafio-drivotra, ary, araka ny voalazan’ny tantsambo manao hoe, niasa mafy izy. ‘Tsy hijanona eto aho,’hoy ny iray; ‘Tsy mino aho hoe ity no ”Sambon’i Ziona.“ ’ ‘Kanefa isika ety afovoan’ny ranomasina.’ ‘Tsy miraharaha izany aho, tsy hijanona eto aho.’ Nanala ny palitaony izy, ary dia nitsambikina. Hilentika ve izy? Eny. Dia ho toy izany koa ireo

izay miala amin'ny Fiangonana. Tena ny 'Sambo antitr'i Ziona ity,' ndeha isika hijanona ato ihany" (*Discourses of Brigham Young,* 85).

14. "Mahatsapa mikikiaka hoe Haleloia aho, amin'ny fotoana rehetra, rehefa mieritreritra aho fa nahafantatra an'i Joseph Smith, ilay Mpaminany natsangan'ny Tompo sy natokany, ary ilay nomeny ireo fanalahidy sy hery hananganana ny fanjakan'Andriamanitra eto an-tany ary manohana izany . . .

15. "Iza no afaka milaza zavatra manohitra an'i Joseph Smith? Izaho ihany koa dia mahafantatra azy, tahaka ny olona rehetra. Tsy mino aho hoe ny ray sy ny reniny dia mahafantatra azy betsaka kokoa noho ny fahafantarako azy. Tsy mino aho fa nisy olona niaina teto an-tany mahafantatra azy mihoatra ny tenako; ary hentitra aho miteny izany, ankoatra an'i Jesoa Kristy irery ihany, tsy nisy olona tsara mihoatra azy niaina na hiaina eto an-tany. Izaho no vavolombelony (*Discourses of Brigham Young,* 458–59).

16. "Aoka ireo Filoha sy ny Apôstôly ary ireo loholona hanao ny asan'ny Tompo izay napetrany mba ho ataon'izy ireo, hankato ny torolalana nomena azy ireo, ary dia hitohy handroso hatrany ny fanjakana, mba hitombo amin'ny tanjaka, amin'ny lanja, amin'ny hahalehibe sy amin'ny hery, amin'ny fahendrena, amin'ny faharanitan-tsaina sy amin'ny voninahitra; ary tsy misy olona natao hiantefan'izany, fa izany dia ny Fanjakana izay natsangan'ny Tompo Andriamanitsika, ary notohanan'ny fahendreny tsy manan-tsahala sy ny hery avy amin'ny nanombohan'ity andro ity" (*Discourses of Brigham Young,* 149).

Fahatakarana ny Famakiana

Ny Fampianarana sy ny Tenivavolombelon'i Brigham Young

Ovaina (and. 7)—Manova

Voamarina (and. 7)—Araka ny

Fankahalana (and. 8)—Faniriana mahita ny hafa mijaly

Ady (and. 8)—Fifamaliana, miady hevitra

Hihamatavy (and. 9)—Feno avonavona ny taranak'izy ireo

Hanolotra azy ireo (and. 10)—Hiteny azy ireo

Fahajambana amin'ny fahazoana toky fa voaro ny tenany (and. 12)—Mino tsy ampieritreretana fa milamina daholo ny zava-drehetra

Fahatokiana tsy misy fitandremana (and. 12)—Mino ireo mpitarika noho ny toeran'izy ireo fotsiny

Hifanohitra (and. 12)—Hiady

Zavatra (and. 15)—Na inona na inona

Hahalehibe (and. 16)—Velarana

Fahatakarana ny Famakiana

Ataovy ny roa amin'ireto asa manaraka ireto (A–D) rehefa mandalina ny "Ny Lova Napetraky ny Filoha Brigham Young" ianao.

A Fanontaniana momba an'i Brigham Young

Valio ireto fanontaniana manaraka ireto amin'ny fampiasana ny fampahalalana hita ao amin'ny andalana 1–6 ary ny tabilao momba ny fiainan'i Brigham Young sy ny fiadidiany (p. 190).

1. Firy taona i Brigham Young ary hafiriana ny naha-mpikambanan'ny Fiangonana azy rehefa notendrena ho Apôstôly izy?
2. Inona no zavatra nataony raha mbola tany amin'ny Fonjan'i Liberty ny Mpaminany Joseph Smith? (jereo sasin-tenin'ny F&F 121).
3. Tanisao ireo fitahiana dimy azonao sy ny fianakavianao tamin'ireo zavatra niatomboka teto amin'ny Fiangonana nandritry ny fiadidian'i Brigham Young.

B Araky ny Fomba Filazanao Azy

1. Mifidiana andininy telo avy amin'ny andininy 7, 9, 13–16 ary soraty araky ny filazanao azy izany.
2. Isaky ny andininy soratanao, dia manomeza ohatra amin'ny fanontaniana izay afaka valiana amin'ny fampianarany. Ohatra, ny fampianarana ao amin'ny andininy 10 dia afaka manampy olona iray izay mahatsapa fa tsy te-hivavaka.

D Ampitahao ny Filazana

1. Vakio ireto andalan-tsoratra masina manaraka ireto, ary avy eo dia tanisao ireo soratra masina mifandray ao amin'ny tsanganana ao amin'ny kahienao: Daniela 2:44–45; Matio 5:48; 2 Nefia 32:8–9; Almà 24:30; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 11:12–14.
2. Avereno vakiana ny andininy 7–8, 10, 13, ary 16. Soraty ny laharan'ireo andininy izay mifanaraka indrindra amin'ny andalan-tsoratra masina tsirairay araky ny voarakitra ao anaty kahienao.

Filoha John Taylor

Tompon-dakan'ny Fahafahana

Nisedra fahasarotana maro ireo Olomasina tao anatin'ny folo taona taorian'ny nahafatesan'ny Filoha Brigham Young. Ny fitondram-panjakan'i Etazonia, niaraka tamin'ny famporisihan'ireo antoko politika sy vondrom-pivavahana fanavaozana maro, dia namoaka lalàna manohitra ny fampiharana ny fanambadiana maro. Izany lalàna izany dia nanomboka nihatra tamin'ny 1875 rehefa nisy vondrona iray nanao fampielezankevitra henjana izay nilaza zavatra manohitra ny Fiangonana. Na dia teo aza izany fanenjehana nataon'ny fahefana teo amin'ny fitondram-panjakana izany, dia nitohy niroborobo sy nihitatra hatrany ny Fiangonana, teo ambany fitarihana mahombin'ny Filoha John Taylor.

NY FIAINANY (1808–87)



1808 Teraka tamin'ny 1 Nôvambra tao Milnthorpe, Angletera, zanak'i James sy Agnes Taylor

1833 24 taona, nanambady an'i Leonora Cannon tamin'ny 28 Janoary; maty tamin'ny taona 1868 i Leonora Cannon

1836 27 taona, natao batisa niaraka tamin'i Leonora tamin'ny 9 Mey tao Black Creek tao Georgetown, Ontario, Kanada

1838 30 taona, notendrena ho Apôstôly tamin'ny 19 Desambra nataon'i Brigham Young sy i Heber C. Kimball

1839–41 31–32 taona, nitory ny filazantsara tany Angletera

1844 35 taona, naratra mafy tao amin'ny Fonjan'i Carthage rehefa novonoina ny Mpaminany Joseph Smith sy Hyrum Smith tamin'ny 27 Jiona

1846–47 37–38 taona, nanao asa fitoriana fanindroany tany Angletera

1849–52 40–43 taona, nanao asa fitoriana tany Frantsa sy Alemana; nanatonta ny Bokin'i Môrmôna tamin'ny fiteny Frantsay sy fiteny Alemana

1854–57 45–48 taona, niahy ny Misiôna Tao Atsinanan'i Etazonia

1877 68 taona, nitarika ny Fiangonana tamin'ny naha-Filohan'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo azy taorian'ny nahafatesan'ny Filoha Brigham Young tamin'ny 29 Aogositra

1880 71 taona, notohanana ho Filohan'ny Fiangonana tamin'ny 10 Ôktôbra, niaraka tamin'ny Loholona George Q. Cannon sy Joseph F. Smith ho mpanolontsaina

1887 78 taona, maty tamin'ny 25 Jolay tao Kaysville, Utah, rehefa Filohan'ny Fiangonana nandritry ny fito taona

NY FIADIDIANY (1877–87)

1878 Naorina ny fandaharam-pampianarana ho an'ny Kilonga

1880 Nekena ho soratra masina ny Voahangy Lafo Vidy.

1884 Nanokana ny tempolin'i Logan, Utah izy.

1886–87 Nandefa mpikamban'ny Fiangonana fanampiny hanorim-ponenana an'i Mexique sy Kanada izy.

Momba ny Filoha John Taylor

1. "Taorian'ny nahafatesan'ny Filoha Brigham Young, dia ny Kôlejin'ny Apôstôly Roa ambin'ny folo, notarihan'i John Taylor, no nitarika ny Olomasin'ny Andro Farany nandritra ny telo taona. Tamin'ny 10 Ôktôbra 1880, dia notohanana ho Filohan'ny Fiangonana i John Taylor. Ny Filoha Taylor dia nanan-talenta momba ny asa soratra sady mpanao gazety izay namoaka boky momba ny sorompanavotana ary nanonta ireo gazetibokim-piangonana mivoaka matetika lehibe indrindra, anisan'izany ny *Times and Seasons* sy ny the *Mormon*. Imbetsaka no nanehoany ny herim-pony sy ny fahafoizan-tenany ho an'ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny, anisan'izany ny fanarahany an-tsitrapo ireo rahalahiny tao amin'ny Fonjan'i Carthage, ka voatifitra inefatra izy tao. Ny teny fanevany manokana dia hoe: 'Na mahazo ny fanjakan'Andriamanitra na tsy hahazo na inona na inona,' izay naneho ny fahatokiany an'Andriamanitra sy ny Fiangonana" (*Ny Lovantsika,* 93).

Fahatakarana ny Famakiana

Ny Filoha John Taylor

Gazetibokim-piangonana mivoaka matetika (and. 1)—Gazetibokim-piangonana

Nanehoany (and. 1)—Nampiseho

Asa Fitoriana ny Filazantsara

2. "Ny Filoha Taylor dia nanaiky ny hanao izay rehetra azony atao mba hitoriana ny filazantsara hatrany amin'ny faran'ny tany.



Nandritry ny fihaonambe tamin'ny volana Ôktôbra 1879, dia niantso an'i Moses Thatcher izy, ilay Apôstôly voantso farany indrindra, mba hanomboka ny asa fitoriana tany an-tanànan'i Mexico, Meksika. Ny Loholona Thatcher sy mpitory ny filazantsara roa hafa no nanangana ny sampana voalohan'ny Fiangonaana tao amin'ny tanànan'i Mexico, Meksika, tamin'ny 13 Nôvambra 1879, niaraka tamin'i Dr. Plotino C. Rhodacanaty ho filohan'ny sampana. I Dr. Rhodacanaty dia niova fo taorian'ny famakiany ny bokikely momba ny Bokin'i Môrmôna tamin'ny teny espaniola ka nanoratra tany amin'ny Filoha Taylor nangataka fanampim-panazavana bebe kokoa momba ny Fiangonana.

3. "Tamin'ny firaisan'ny mpikambana roa ambin'ny folo sy misiônera telo, no nanombohan'ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny niparitaka tsikelikely teo anivon'ny vahoaka Meksikana. Tamin'ny 6 Aprily 1881, dia nihanika ny tendrombohitr'i Popacatepetl izay tokony ho teo amin'ny 4.700 m teo ho eo ny Loholona Thatcher, i Feramorz Young, ary ny Rahalahy [Páez] ka nanao fotoam-pivavahana fohy ho fanokanana ny tany. Nandohalika teo anoloan'ny Tompo ny Loholona Thatcher, ka nanokana ny tanin'i Meksika sy ny vahoakany mba handre ny feon'ny Tompo, ilay tena mpiandry ondry marina.

4. "Nody tany an-tanànan'i Salt Lake ny Loholona Thatcher ka nangataka ny hiantsoana mpitory ny filazantsara hafa mba hanompo any Meksika. Tsy ela, dia betsaka ireo tovolahy, anisan'izany i Anthony W. Ivins, izay ho mpikambana ao amin'ny Fiadidiana Voalohany taoriana kely, no niasa tany amin'ny tanànan'i Mexico. Anisan'ny ezaka nataon'ny Fiangonana tao amin'ny misiônan'i Meksika, ny fanontana ny Bokin'i Môrmôna amin'ny teny Espaniola izay navoaka tamin'ny taona 1886. Ny tantaran'i Meliton Trejo, izay nanampy tamin'ny fandikana ny Bokin'i Môrmôna sy ireo boky hafan'ny Fiangonana, dia mampiharihary ny fomba fitarihan'ny Tompo ny asany.

5. "I Meliton Trejo dia teraka tany Espana ary tsy nanaraka antokom-pivavahana na dia iray aza tamin'ny fahatanorany. Nanompo tao amin'ny tafika tany Philippines izy raha nandre resaka momba ny Môrmôna teo amin'ny Rocky Mountains ka nahatsiaro faniriana mafy mba hitsidika azy ireo. Taty aoriana, dia narary mafy izy ary nolazaina taminy tamin'ny nofy fa tsy maintsy mankany Utah izy. Rehefa sitrana izy, dia nandeha nankany an-tanànan'i Salt Lake. Nifanena tamin'i Brigham Young izy ka nanomboka nahafantatra ny filazantsara. Resy lahatra izy fa nahita ny marina ka nanjary lasa mpikamban'ny Fiangonana. Nanao asa fitoriana ny filazantsara tany Meksika izy ary efa voaomana ara-panahy sy ara-batana tamin'izany, mba handray anjara lehibe amin'ny fanampiana ny vahoaka miteny Espaniola mba ho afaka hamaky ny Bokin'i Môrmôna amin'ny teniny.

6. "Niantso mpitory ny filazantsara ny Filoha Taylor mba hitondra ny filazantsara any amin'ny Indiana monina tany andrefan'i Amerika. Ny asa nataon'i Amos Wright dia namokatra tokoa teo anivon'ny foko Shoshone izay nipetraka tany Wind River, Toeram-ponenana voatokana ho an'ny Indiana tany Wyoming. Raha vao volana vitsivitsy monja no niasan'i Wright, dia efa nanao batisa Indiana mihoatra ny 300 izy, anisan'izany ny Filoha Washakie. Nitondra ny filazantsara ho an'ireo Navajo, ireo Pueblo, sy ireo Zuni izay nonina tany Arizona sy New Mexico koa ny mpitory ny filazantsaran'ny Olomasin'ny Andro Farany. Nandany herintaona i Wilford Woodruff mba hitoriana amin'ireo Indiana, anisan'izany ireo Hopis, ireo Apache, ary ireo Zuni. Nanatrika ny fanaovana batisa ireo Indiana Zuni mihoatra ny 100 i Ammon M. Tenney.

7. "Nanohy koa ny fitoriana tany Angletera sy Eoropa ireo iraka mpitory. Tamin'ny 1883 dia nahazo antso mba hanao asa fitoriana any amin'ny misiôna Eoropeana, i Thomas Biesinger teratany Alemana, izay nipetraka tany Lehi, Utah. Izy sy i Paul Hammer dia nalefa tany Prague, Tchèquoslovaquie, izay ao anatin'ny faritry ny fanjakana Austro-Hongrois. Noraran'ny lalàna ireo iraka mpitory mba tsy hanao asa fitoriana ka dia nanapa-kevitra ny hanao resadresaka kely teny am-pifanenana fotsiny izy ireo. Matetika dia miafara amin'ny fivavahana izany resaka izany. Rehefa niasa toy izany nandritra ny iray volana monja ny Loholona Biesinger dia nosamborina sy natao amponja nandritra ny roa volana. Rehefa nahazo fahafahana izy dia fitahiana ho azy ny nanaovana batisa an'i Antonín Just, ilay niampanga azy ka nahatonga azy hiditra am-ponja. Ny rahalahy Just no Olomasin'ny Andro Farany voalohany tany Tchèquoslovaquie. [Jereo Kahlile Mehr, "Enduring Believers: Czechoslovakia and the LDS Church, 1884–1990," *Journal of Mormon History* (Fall 1992), 112–13.]

8. "Notoriana tany Polinezia koa ny filazantsara. Nisy teratany anankiroa avy tao Hawai, dia ny Loholona Kimo Pelio sy Samuela Manoa, no nalefa tany Samoa tamin'ny 1862. Nanao batisa olona tokony ho 50 teo ho eo izy ireo, ary ny Loholona Manoa dia mbola nipetraka nandritra ny 25 taona tany Samoa niaraka tamin'ireo olona niova fo nitoriany. Tamin'ny taona 1887 dia nahazo antso mba hanao asa fitoriana any Samoa i Joseph H. Dean avy any amin'ny tanànan'i Salt Lake, Utah. Ny Loholona Manoa dia namoha ny varavarany ho an'ny Loholona Dean sy ny vadiny mahatoky atao hoe Florence, izay Olomasin'ny Andro Farany avy any ivelan'i Samoa hitan'izy ireo tao anatin'ny efa ho roapolo taona mahery izay. Tsy ela dia nanao batisa olona 14 tao amin'ny Fiangonana ny Loholona Dean ary tokony ho iray volana taorian'izany dia nanao ny toriteniny voalohany tamin'ny teny Samoana. [Jereo R. Lanier Britsch, *Unto the Islands of the Sea: A History of the Latter-day Saints in the Pacific* (1986), 352–54]. Noho izany dia nahazo aina vaovao teo amin'ny nosy indray ny asa fitoriana.

9. "Nanomboka ny fiandohan'ny taona 1866, dia namindra ireo olona tratry ny aretina habokana tany amin'ny Saikinosy Kalaupapa, ho any amin'ny nosy Molokai ny fitondram-panjakana tao Hawai mba hisorohana ny fiparitahan'izany. Tamin'ny taona 1873, dia noroahina teo amin'io toerana io i Jonathan sy Kitty Napela, izay Olomasin'ny Andro Farany. I Kitty ihany no narary, fa i Jonathan, izay nofehezina taminy tany amin'ny efi-trano fanaovana Fanafiana Masin'ny tempolin'i Salt Lake, dia tsy namela azy ho irery tamin'izany. Voan'ny aretina koa taty aoriana i Jonathan, ary nony nitsidika azy ny namana be anankiray sivy taona taty aoriana, dia tena saika tsy nahafantatra azy mihitsy. Nisy fotoana nitarihany ny Olomasina izay niisa 200 mahery teo amin'ilay nosy, tamin'ny taona 1900. Tsy nanadino ny mpikambana mahatoky izay nitondra takaitra noho izany aretina mahaosa izany ireo mpitarika ny Fiangonana, ary nitsidika matetika ny sampana hanome izay ilainy ara-panahy. [Jereo Lee G. Cantwell, "The Separating Sickness," *This People* (Summer 1995), 58.]" (*Ny Lovantsika*, 93–96).

Fahatakarana ny Famakiana

Asa Fitoriana ny Filazantsara

Asa fitoriana (and. 2)—Manao ny asa misiônera

Firaisana (and. 3)—Ivon-toerana izay ivondronan'ny hafa rehetra, foibe

Nanapa-kevitra (and. 7)—Nanomboka

Fiapangana (and. 7)—Fanamelohana amin'ny ratsy atao

Habokana (and. 9)—Aretin-koditra tena ratsy

Noroahina (and. 9)—Nesorina na noterena hiala

Mahaosa (and. 9)—Mahakilemaina

Ilay Fihaonambe nanaovana Jaobily

10. “Nankalaza ny fahadimampolo taona nananganana ny Fiangonana ny mpikamban’ny Fiangonana ny 6 Aprily 1880. Nantsoina hoe Taon-jaobily izany, toy ny niantsoan’i Isiraelita izany isaky ny dimampolo taona. Ny Filoha Taylor dia namela ny trosa tokony naloan’ireo mpikambana mahantra tamin’ny Fiangonana. Ny Fiangonana koa dia nandray anjara tamin’ny fanomezana omby 300 sy ondry 2.000 mba ho zaraina amin’ny ‘mahantra mendrika ny hahazo izany.’ [Jereo Roberts, *Comprehensive History of the Church,* 5:592.] Ny Fikambanana Ifanampiana tao amin’ny Fiangonana dia nanome varim-bazaha tokony ho 35.000 famarana ho an’ireo nila izany. Ny Filoha Taylor koa dia nandrisika ny mpikambana tao amin’ny Fiangonana mba hamela ny trosan’ny isam-batan’olona, indrindra fa ny an’ireo izay sahirana. ‘Izao no Taon-jaobily!’ hoy izy [Roberts, *Comprehensive History of the Church,* 5:593]. Ny fanahin’ny famelan-keloka sy ny fifaliana lehibe dia tsapa teo anivon’ny Olomasin’ny Andro Farany.

11. “Tena nampihetsi-po tokoa ny andro farany tamin’ny Fihaonambe nanaovana Jaobily ny volana Aprily 1880. Ny iraika ambin’ny folo tamin’ny Apôstôly Roambinifolo dia nijoro ho vavolombelona tamin’ny fotoam-pamaranana. I Orson Pratt, iray amin’ireo mpikambana tao amin’ny Kôlejin’ny Roambinifololahy, dia niresaka momba ny fotoana izay nivorian’ny mpikambana rehetra tao an-tranon’i Peter Whitmer Rainy tao Fayette, New York. Tsaroany ireo fisedrana, ireo fanangonana, ireo fanenjehana, sy ireo fahorian’ny Olomasin’ny Andro Farany ka velom-pisaorana izy fa mbola ‘voaisa ho isan’izany vahoaka izany.’ Rehefa izany dia nijoro ho vavolombelona ‘momba ny asa lehibe nataon’Andriamanitra nandritra izay dimampolo taona lasa izay’ izy [Roberts, *Comprehensive History of the Church,* 5:590-91]. Volana vitsivitsy ihany sisa no hahavelona an’ny Loholona Pratt ary nahatsapa fifaliana be izy amin’ny maha-Olomasin’ny Andro Farany azy.

Orson Pratt

12. “Roa taona talohan’ny fankalazana ny Jaobily dia nanome lalana amin’ny fananganana fikambanana mba hanomezana fanabeazana ara-pivavahana ho an’ny ankizy ny Filoha John Taylor. Tany Farmington, Utah, no niandohan’ny kilasin’ny Kilonga voalohany, tokony ho 20 km any avaratry ny tanànan’i Salt Lake, ary tamin’ny tapaky ny taona 1880, dia nitsangana nanerana ny mpifindra monin’ny Olomasin’ny Andro Farany rehetra ny kilasin’ny Kilonga. Niroborobo tokoa ny Kilonga ary ao anatin’izany ireo ankizy an’arivony manerana ny tany, izay nandray fitahiana ho azy ireo vokatry ny fampianarana ny filazantsara, mozika, sy ny fiarahana izay ankafiziny isankerinandro” (*Ny Lovantsika,* 96).

Fahatakarana ny Famakiana

Ny Fihaonambe nanaovana Jaobily

Nampihetsi-po (and. 11)—Aingam-panahy mahery

Fiarahana (and. 12)—Finamanana

Mitohy ny Fanenjehana

13. “Raha nanao ny asa fandikana ny Baiboly ny Mpaminany Joseph Smith tany amin’ny fiandohan’ny taona 1830, dia sahirankevitra ny tamin’ny fananan’i Abrahama, Jakoba, ary Davida, sy ireo mpitarika sasany tao amin’ny Testamenta Taloha vady mihoatra ny iray. Nivavaka ny Mpaminany mba hahatakarany ny anton’izany ary nahazo fahalalana fa ho avy ny fotoana, noho ny antony manokana, araka ny lalàna nomen’Andriamanitra dia ho ekena ny fanana vady maro ary eo ambany fitarihan’Andriamanitra izany. Nahazo fahalalana koa i Joseph Smith fa araka ny sitrapon’Andriamanitra, dia hisy Olomasin’ny Andro Farany sasany hofidian’ny manampahefana ao amin’ny fisoronana mba hanana vady mihoatra ny iray. Nisy tamin’ny Olomasin’ny Andro Farany no nampihatra ny fanambadiana maro tany Nauvoo, kanefa ny filazana izany fotopampianarana izany tamin’ny vahoaka sy ny fampiharana izany dia tsy natao raha tsy ny volana Aogositra 1852, nandritry ny fihaonambe tao an-tanànan’i Salt Lake. Tamin’izany fihaonambe izany, dia nanambara ny Loholona Orson Pratt, araka ny fitarihan’ny Filoha Brigham Young fa ny fananan’ny lehilahy vady mihoatra ny vehivavy iray dia anisan’ny fampodian’ny Tompo ny zavatra rehetra (jereo Asan’ny Apôstôly 3:19–21).

14. “Maro tamin’ireo mpitondra fivavahana sy mpitarika ara-pôlitika Amerikana no nanjary tezitra mafy rehefa nahafantatra fa ny Olomasin’ny Andro Farany monina ao Utah dia namporisika ny hanarahana fombam-panambadiana izay eritreretin’izy ireo fa tsy mendrika sady tsy araka ny fomba kristiana. Nisy fampielezankevitra ara-politika lehibe natao hanoherana ny Fiangonana sy ny mpikambana ao aminy. Ny Kongresy Amerikana dia namoaka lalàna izay nametra ny fahafahan’ny Olomasin’ny Andro Farany izay nanimba ny fahaleovan-tena ara-bolan’ny Fiangonana. Izany lalàna izany dia nahatonga ny manampahefana hihazona sy hampiditra am-ponja ireo lehilahy izay nanam-bady mihoatra ny iray ary nanaisotra tamin’izy ireo ny zo hifidy, ny zo ananany fiainana manokana any an-tokantranony, ary ny fizakana ireo ny zo hafa izay tokony ananan’ny olom-pirenena. Lehilahy Olomasin’ny Andro Farany an-jatony sy vehivavy vitsivitsy no naiditra an-tranomaizina tany Utah, Idaho, Arizona, Nebraska, Michigan, ary tany Dakota Atsimo.

15. “Nihamafy koa ny fanenjehana ho an’ireo olona maro izay nanaiky ny antso hitory ny filazantsara, indrindra fa tany amin’ny faritra atsimon’i Etazonia. Tamin’ny volana Jolay 1878, ohatra, dia novonoina tamin’ny fomba nahatsiravina ny Loholona Joseph Standing raha niasa tany akaikin’ny Rome, Georgia. Ny namany, Rudger Clawson, izay ho lasa Apôstôly taty aoriana dia saika namoy ny ainy. Ny Olomasina tany amin’ny tanànan’i Salt Lake dia tohina tokoa raha nandre ny vaovao mahakasika ny namonoana ny Loholona Standing, ary olona an’arivony no nanatrika ny fanompoam-pivavahana fanaovam-beloma azy tany amin’ny Tabernakelin’i Salt Lake.

16. “Nandeha nanerana an’i Tennessee ny Loholona isany John Gibbs, William Berry, William Jones, ary Henry Thompson niezaka nanova ny fiheveran’ny olona mikasika ny Fiangonana. Nijanona tao an-tranon’i James Condor teo akaikin’i Cane Creek tao Tennessee izy ireo tamin’ny Sabata maraina iray tamin’ny volana Aogositra 1884. Raha teo am-pandinihana ny soratra masina ny Loholona Gibbs ary nitady ny andininy hanaovany ny toriteniny, dia nisy andian’olona nipoitra tampoka avy tao anaty ala ka nanomboka nitifitra. Maty tamin’izany ny Loholona isany Gibbs sy Berry. Ny Loholona Gibbs, izay mpampianatra, dia namela vady sy zanaka telo. Ny rahavavy Gibbs dia nitoetra ho mananontena nandritra ny 43 taona ary nanjary mpampivelona mba hamelomany ny zanany. Maty nahatoky ny filazantsara hatramin’ny farany izy, ary nahatsinjo sahady ny fihaonany amim-pifaliana amin’ny vadiny. I Brigham Henry Roberts, izay Filohan’ny misiona nisolo tena tamin’izay fotoan’ny famonoana izay, dia nanao vy very ny ainy tamin’ny fanovana ny tarehy amam-bikany ka namongatra ny taolam-balon’i Gibbs sy Berry tao amin’ny toerana nandevenana azy ireo. Nentiny niverina nankany Utah ny razana, ka paroasy maro tany no nanao fanompoam-pivavahana ho fahatsiarovana azy ireo, ho fanomezam-boninahitra ireo loholona anankiroa ireo.

17. “Ny misiônera tany amin’ny faritra hafa dia nokapohina mandra-pivoa-dra ny lamosiny, ary maro tamin’izy ireo no nitondra ny holatry ny kapoka hatrany am-pasana. Tsy mora tamin’izany fotoana izany ny hoe mpikambana ato amin’ny Fiangonana.

18. “Maro ireo mpitariky ny Fiangonana no niafina mba hialana amin’ny fisamborana nataon’ny manampahefana federaly izay nikaroka ny lehilahy nanana vady nihoatra ny iray. Natahotra ny fidiran’ireo manampahefana an-keriny tao an-tranony amin’ny alina ny fianakaviana maro. Niditra am-ponja ny Filoha George Q. Cannon, Lorenzo Snow, Rudger Clawson, Brigham Henry Roberts, George Reynolds, sy ireo maro hafa, ka tany no nandaniany ny androny tamin’ny fanoratana boky, nanome fampianarana, ary nanoratra taratasy ho an’ny fianakaviany. Nalefa sesin-tany tany Kaysville, Utah, izay tokony ho 32 km tany avaratry Salt Lake City ny Filoha John Taylor ary tany izy no maty 25 Jolay 1887. Izy dia lehilahin’ny finoana ary manana herim-po izay nanokana ny fiainany ho fijoroana vavolombelon’i Jesoa Kristy sy ho fananganana ny fanjakan’Andriamanitra eto an-tanys” (*Ny Lovantsika*, 97–98).

Fahatakarana ny Famakiana

Mitohy ny Fanenjehana

Fampodiana (and. 13)—Famerenana amin’ny laoniny

Fampielezan-kevitra (and. 14)—Fampielezana entina hanohanana hevitra

Lalàna (and. 14)—Lalàna

Nametra (and. 14)—Nanakana

Zo hafan’ny olom-pirenena (and. 14)—Fahafahana sy zo fototra nomen’ny lalàna

Mpampivelona (and. 16)—Rasazy

Namongatra (and. 16)—Namadika

Fidirana an-keriny (and. 18)—Fidirana tsy ara-dalàna

Sesi-tany (and. 18)—Nafenina

Ny Fampianarana sy ny Tenivavolombelon’i John Taylor

19. “Manao vavaky ny mpianakavy ve ianareo? . . . Ary rehefa manao izany ianareo, moa ve ianareo manaraka ireo kajikajy



tahaka ny fitarihana milina iray, na manao izany amin’ny halemem-panahy miaraka amin’ny faniriana tsotra hikatsaka ny fitahian’Andriamanitra eo aminao sy ny fianakavianao? Izany no mahatonga antsika manao izany, sy hikolokolo ny fanahin’ny fivavahana sy ny fahatokiana an’Andriamanitra, manokana ny tenantsika ho Azy, ary mikatsaka ny fitahiany” (tao amin’ny *Journal of Discourses*, 21:118).

20. “Raha tsy milofo amin’ny antsonao ianao, dia hotazonin’Andriamanitra ho tompon’andraikitra amin’ireo olona tokony ho voavonjy raha nanao ny adidinao ianao” (tao amin’ny *Journal of Discourses*, 20:23).

21. “Hisy tranga amin’ny ho avy, ary tsy ho lavitra intsony izay hitakiana ny finoantsika rehetra, ny herintsika rehetra, ny fahatokian-tenatsika rehetra, ary ny fahatokiantsika rehetra an’Andriamanitra, mba hahafahantsika miala amin’ireo fitaomana izay entina hifanohitra amintsika. . . . Tsy afaka ny hatoky ny faharanitan-tsainantsika isika; tsy afaka ny hatoky ny harenantsika; . . . tsy maintsy amin’Andriamanitra velona ihany isika no mametraka fahatokiana amin’ny fitarihana antsika, hitondra antsika, hitantana antsika, hampianatra sy hanoro lalana antsika” (teny nindramina tao amin’ny Joseph Fielding Smith, *Essentials in Church History*, 23rd ed. [1969], 479).

22. “Tsy misy zavatra izay mampandeha tsara ny fandehandraharaha eo anivon’ireo Olomasin’Andriamanitra ireo mihoatra ny fiainan’izy ireo ny fivavahany sy ny fitandroana ny didin’Andriamanitra, ary rehefa tsy manao izany izy ireo, dia hiharatsy ny fandehan-javatra ary hifandipatra etsy sy eroa; fa rehefa amin’ny lalana tsara; rehefa niaina ny fivavahan’izy ireo sy mitandrina ny didy izy ireo, ‘hiraraka toy ny renirano ny fiadanan’izy ireo, ary ny fahamarinan’izy ireo dia ho tahakan’ny onjan-dranomasina’ ” (tao amin’ny *Journal of Discourses*, 26:71).

23. “Raha toa ka misy olona iray maniry ny hampiditra fandriampahalemana eo anivon’ny fianakaviany na amin’ireo namany, dia aoka izy hikolokolo izany eo an-tratrany; satria ny fandriampahalemana madio dia tsy azo raha tsy amin’ny alalan’ny fitsipika ara-dalàna sy ny fahefana avy any an-danitra, ary ny fankatoavana ny lalàny” (*The Gospel Kingdom: Selections from the Writings and Discourses of John Taylor,* sel. G. Homer Durham [1943], 319).

24. “Ny lehilahy iray dia tsy afaka miteny zavatra tsara raha tsy miteny eo ambany fitaomam-panahin’Ilay Tsitoha izy; ary dia tsy afaka ny handre zavatra tsara ny olona, na hahatakatra tsara raha tsy mahazo ampahany amin’izany Fanahy izany” (*Gospel Kingdom*, 337–38).

25. Tamin'ny taratasy novakiana nandritra ny fihaonambe tamin'ny Aprily 1885, dia nilaza izao manaraka izao ny Fiadidiana Voalohany: "Mijoro ho vavolombelona ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany izahay ary ho an'izao tontolo izao, tahaka ny efa nataonay tany amin'ny lasa, fa efa nanorin'Andriamanitra ny Zionany, ary handroso hatrany ny asany, ary ho very izay rehetra miady mifanandrina amin'izany" (tao amin'ny James R. Clark, comp., *Messages of the First Presidency of The Church of Jesus Christ of Latter-day Saints,* 6 vols. [1965–75], 3:12).

26. "Mahatsapa faniriana lehibe tokoa aho hanome ity fijoroana ho vavolombelona ity. Mahatsapa ny tenin'ny Tompo mivaivay tahaka ny afo ao anaty taolako ao aho ary maniry ny hanana fahafahana hanambara aminareo ireo fitahiana izay tadiavinareo, mba hahafahanareo mifaly miaraka aminay amin'ireo zavatra be voninahitra izay nambaran'Andriamanitra ho famonjena an'izao tontolo izao amin'ny andro farany" (in B. H. Roberts, *The Life of John Taylor* (1963), 78).

Fahatakarana ny Famakiana

Ny Fampianarana sy ny Tenivavolombelon'i John Taylor

Kajikajy (and. 19)—Dingana

Mikolokolo (and. 19)—Mampivelatra

Tratra (and. 23)—Fo

Madio (and. 23)—Tsisy pentina, tena izy

Ara-dalàna (and. 23)—Ara-dalàna

Zavatra tsara (and. 24)—Marina

Fanovana teo amin'ny Fanorenana Indray ny Fiadidiana Voalohany

Rehefa maty ny Filoha Brigham Young, dia ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo no nitarika ny Fiangonana teo ambany fitarihan'ny filohan'ny kôlejin'izy ireo, dia i John Taylor. Ny Fiadidiana Voalohany dia narafitra indray ary dia notohanana tamin'ny fihaonamben'ny Fiangonana tamin'ny Ôktôbra 1880.



Rehefa maty ny Filoha Taylor, dia ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo indray no niahy ny Fiangonana, izay i Wilford Woodruff no Filohan'izany Kôlejy izany. Roa taona taty aoriana, nandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana tamin'ny Aprily 1889, dia naorina indray ny Fiadidiana Voalohany, ary notohanana ho Filohan'ny Fiangonana i Wilford Woodruff.

Efa ho enina taona talohan'ny nahafatesan'ny Filoha Woodruff, dia nihaona samirery tamin'ny Filoha Lorenzo Snow izy, izay Filohan'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo. "Tamim-pahatsana lehibe sy tanjaka," no nitenenan'ny Filoha Woodruff tamin'ny Filoha Snow hoe: "Manana fangatahana tena manan-danja ho ataonao aho, izay tiako ho tanterahinao izany. Volana vitsy lasa izay raha namangy an'ny St. George dia nahatsapa toa efa ho faty. Tsy mahafehy ny halavan'ny andro iainako aho, ary tsy fantatro hoe rahoviana aho no voantso handeha, ary rehefa lasa aho dia tiako ianao, ry Rahalahy Snow, ny hanorina indray ny Fiadidiana Voalohany tsy misy hatak'andro." Tian'ny Filoha Woodruff ho raisiny ho isan'ny fanambarana izany ("Memorandum in the Handwriting of President Lorenzo Snow," *Elders' Journal*, 1 Des 1906, 110–11).

Taorian'ny nahafatesan'ny Filoha Woodruff tamin'ny 2 Septambra 1898, dia niseho tamin'ny Filoha Snow ny Mpamonjy raha nandeha namakivaky ny iray amin'ireo lalantsaran'ny tempoly izy. Nolazaina izy fa handimby ny Filoha Woodruff. Nomena torolalana izy "ny hanorina avy hatrany ny Fiadidiana Voalohan'ny Fiangonana indray mandeha ary tsy hiandry tahaka ny natao teo aloha aorian'ny fahafatesan'ny Filoha" (tao amin'ny LeRoi C. Snow, "Remarkable Manifestation to Lorenzo Snow," *Church News,* 2 Apr. 1938, 8). Ny andro taorian'ny fandevenana ny Filoha Woodruff, dia nivory ireo Apôstôly ary nanohana an'i Lorenzo Snow ho Filohan'ny Fiangonana. Nanomboka tamin'izay andro izay, ny Filoha vaovaon'ny Fiangonana dia tohanana ao anatin'ny fotoana fohy aorian'ny fahafatesan'ny Filoha teo aloha.

Fahatakarana ny Famakiana

Ataovy ny asa A na B ary ny asa D na E rehefa mandalina ny "Filoha John Taylor" ianao.

A Manorata Tatitra Ara-baovao

Nanomboka ny taona 1860 ka hatramin'ny 1900, ireo antoko pôlitika sy fivavahana tao Etazonia dia nanenjika ireo Olomasina ary niezaka nandrava ny Fiangonana. Na dia teo aza izany fitsapana izany, dia nitohy niroborobo hatrany ny asa fitoriana sy ny asan'ny tempoly. Araky ny zavatra novakainao tao amin'ny "Filoha John Taylor," dia manorata lahatsoratra an-gazety maneho ny fitombon'ny Fiangonana izay nitranga nandritra ny fiadidiany. Ao amin'ny lahatsoratrao, dia apetrao ireto fanontaniana manaraka ireto:

1. Taiza ireo firenenna teto amin'izao tontolo izao izay nahitan'ny misiônera fahombiazana vaovao?
2. Inona ireo asa tanterahina any amin'ny tempoly amin'izao fotoana izao?
3. Firy ny isan'ireo mpikamban'ny Fiangonana vinavinainao aorian'ny efapolo taona?
4. Nahoana araka ny hevitrao no manandrana manakana ny asan'ny Tompo mba tsy hiroborobo ny olona?

B Antony Hifaliana

Avy amin'ny nianaranao tao amin'ny andininy 10–11, dia vitao ireto andraikitra manaraka ireto:

1. Hazavao ny antony niantsoan'ny Filoha John Taylor ny taona 1880 ho "Taon-Jaobily."
2. Tanisao ireo fomban'ny Fiangonana niova nanomboka tamin' ny taona 1830 ka hatramin'ny taona 1880.
3. Tanisao ny ataon'ny Fiangonana sy ny mpikambana mba hanehoan'izy ireo ny fahasambarany.
4. Tanisao ireo fomba roa farafahakeliny izay hitomboan'ny Fiangonana nandritra ny fiainanao ary hazavao ny fahatsapanao hifaly ao amin'ny filazantsara.

D Ny Fiainana sy ny Fiadidian'i John Taylor

1. Halalino ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 118:1, 6; 124:127–29; sasin-teni'ny 135, 1–2; 138:53–56. Tanisao ny zavatra nianaranao mikasika ny Filoha Taylor avy amin'ireo andininy ireo.
2. Avy amin'ny fampahalalana ao amin'ny tabilao mikasika ny fiainana sy ny fiadidian'ny Filoha Taylor (pp. 173–74) ary ny andininy 1, 12, sy 18, valio ireto fanontaniana manaraka ireto:
   a. Firy taona i John Taylor tamin'izy natao batisa? Oviana izy no naratra tao amin'ny Fonjan'i Carthage? Oviana ny Filoha Brigham Young no maty? Oviana izy no maty?
   b. Inona no toerany nohazoniny tao amin'ny Fiangonana tamin'ny fandrafetana ny Kilonga?
   c. Inona no zava-nitranga lehibe tamin'ny fihaonamben'ny Fiangonana tamin'ny Ôktôbra 1880?

E Manaraha ny Ohatra nataony

Ho an'ny andalan-tsoratra tsirairay ao amin'ny 19–26, dia manorata izay mety ataon'ny mpikamban'ny Fiangonana ankehitriny mba hampiarana ny fampianarana sy torohevitry ny Filoha John Taylor.



Rehefa nanambara ny fitsaharan'ny fanambadiana maro ny Filoha Wilford Woodruff, dia nitsahatra ny ankamaroan'ireo fampielezan-kevitry nataon'ny fitondram-panjakana tamin'ny Fiangonana. Lasa fanjakana feno i Utah izay nahitana mpisolo tena teo anivon'ny fitondram-panjakan'i Etazonia, ary ny Tempolin'i Salt Lake dia vita soa aman-tsara ary notokanana. Na izany aza, ireo fampielezan-kevitra ratsy nataon'ny gazety teo an-toerana sy manerana ny fanjakana dia nitohy hatrany tamin'ny fanaratsiana ny Fiangonana sy ny mpikambany.

NY FIAINANY (1807–98)

1807	Teraka tamin'ny 1 Martsa tao Avon (Farmington ankehitriny), Connecticut, zanak'i Aphek sy Beulah Thompson Woodruff
1833	26 taona, natao batisa tamin'ny 31 Desambra tao icy stream akaikin'i Richland, New York
1834–36	27–29 taona, nanao asa fitoriana tany atsimon'i Etazonia
1837	30 taona, nanambady an'i Phoebe Carter tamin'ny 13 Aprily; nodimandry i Phoebe Carter tamin'ny 1885
1837–38	30–31 taona, nanao asa fitoriana tany atsinanan'i Etazonia sy Fox Islands
1839	32 taona, notendren'i Brigham Young ho Apôstôly izy tamin'ny 26 Aprily
1839–41	32–34 taona, nanao asa fitoriana tany Angletera
1843	36 taona, nanao asa fitoriana tany atsimon'i Etazonia
1844–46	36–39 taona, nanompo ho filohan'ny misiônan'i Eoropa
1847	40 taona, niditra tao amin'ny lemaka lehiben'i Salt Lake niaraka tamin'i Brigham Young tamin'ny 24 Jolay
1887	80 taona, nitarika ny Fiangonana tamin'ny naha-Filohan'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo azy taorian'ny nahafatesan'ny Filoha John Taylor tamin'ny 25 Jolay
1889	82 taona, notohanana ho Filohan'ny Fiangonana tamin'ny 7 Aprily; nihazona an'i George Q. Cannon sy Joseph F. Smith ho Mpanolotsainan'ny Fiadidiana Voalohany
1898	91 taona, maty tamin'ny 2 Septambra tao San Francisco, Californie, taorian'ny naha-Filohan'ny Fiangonana azy nandritra ny sivy taona

NY FIADIDIANY (1887–98)

1888	Nanokana ny tempolin'i Manti, Utah izy tamin'ny 17 Mey
1890	Nomena ny Fiangonana ny "Manifesto" (Filazana Ôfisialy 1); nanomboka nanatanteraka kilasy fianarana filazantsara andavanandro ny Fiangonana
1893	Nanokana ny Tempolin'i Salt Lake izy
1894	Nanome endrika mafy orina kokoa ny asa tetiarana sy ny asa atao ho an'ny maty any amin'ny tempoly izy
1896	Nosafidiana ho andro fifandian-kanina ho an'ny Fiangonana ny Alahady voalohan'ny volana

Momba ny Filoha Wilford Woodruff

1. "I Wilford Woodruff dia iray tamin'ireo mpitory ny filazantsaran'ny Fiangonana nahomby indrindra ary nalaza tamin'ny fomba fijery mifono faminaniana sy ny fahatokiana tamin'ny Fiangonana. Nanoratra tamim-pitandremana ny diariny izy, ka nanome fampahalalana maro mikasika ny tantaran'ny Fiangonana tany ampiandohana izany. Nanompo tamin'ny naha-Filohan'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo azy izy tamin'ny fotoana nahafatesan'i John Taylor, ary tokony ho roa taona taty aoriana vao notohanana ho Filohan'ny Fiangonana izy.



2. "Nandritra ny fotoana niasany, dia nihamafy ny fanoherana ara-politika nianjady tamin'ireo Olomasin'ny Andro Farany, saingy nandroso hatrany ny Fiangonana. Efa azo nampiasaina ny tempoly tany amin'ny tanàna telo tao Utah—St. George, Logan, ary Manti—ary ny Tempolin'i Salt Lake dia efa nadiva ho vita. Ireo tranon'Andriamanitra ireo dia nahafahan'ny Olomasina an'arivony nahazo ny fanafiana masina sy nanao ny ôrdônansy ho an'ireo havany efa nodimandry. Ny Filoha Woodruff dia liana tamin'ny tempoly sy ny asa momba ny tantaram-pianakaviana nandritra ny androm-piainany. Nananatra matetika ny Olomasina mba hanatanteraka ny ôrdônansy ao amin'ny tempoly ho an'ireo razambeny izy.

3. "Ity zava-nitranga manaraka ity dia mampisongadina ny mahazava-dehibe ny asa ataon'ny Olomasina ho an'ny efa nodimandry. Tamin'ny volana Mey 1884, dia nanao sonia tao an-tranony ny fahazoan-dalana mankany amin'ny tempoly i Henry Ballard izay evekan'ny Paroasy Faharoan'i Logan. Ny zanakavavin'i Henry izay sivy taona, izay niresaka tamin'ny namany teny an-dalana teny akaikin'ny tranony, dia nahita lehilahy roa nanatona azy. Niantso azy izy ireo, nanolotra azy gazety, ary nilaza taminy mba hitondra izany any amin'ny rainy.

4. "Nanao araka izay nampanaovina azy ilay zazavavy. Hitan'ny eveka Ballard fa ilay gazety, atao hoe *Newbury Weekly News,* dia nivoaka tany Angletera, dia misy anaran'olona mihoatra ny 60 amin'ireo olom-pantany sy fantatry ny rainy, miaraka amin'ny fampahalalana ny tetiarana mikasika azy ireo. Io gazety io, izay tamin'ny 15 Mey 1884 no nivoahany, dia nomena azy telo andro taty aorian'ny nanontana azy. Fotoana ela talohan'ny nisian'ny fitaterana an'habakabaka, tamin'izany, ka ela tokoa vao tonga any andrefana any Amerika ny taratasy avy any Angletera, ary izany dia tena fahagagana.

5. "Ny ampitson'iny dia, nitondra ilay gazety tany amin'ny tempoly ny eveka Ballard ary nitantara tamin'i Marriner W. Merrill, ilay filohan'ny tempoly ny fomba nahatongavany. Hoy ny Filoha Merrill: 'Ry rahalahy Ballard, misy olona any ankoatra maniry mafy ny hamitana ny asa ho azy ary fantany fa ho afaka hanao izany ianao raha tonga eo am-pelatananao ilay gazety.' [Jereo *Melvin J. Ballard: Crusader for Righteousness* (1966), 16–17.] Voatahiry ao amin'ny trano fitahirizam-boky ara-tantara ao Salt Lake City, Utah izany gazety izany.

6. "Na dia teo aza ny fanenjehana, dia mbola nandrisika ny fanorenam-ponenana tany amin'ireo faritra tsy mbola nitoeran'ny mpifindra monina tany Amerika andrefana ny mpitarika ny Fiangonana. Maro ny fianakaviana Olomasin'ny Andro Farany no nifindra monina tany Sonora sy Chihuahua, Mexique hatramin'ny taona 1885, ary nananganany tanàna toa an'i Colonia Juárez sy Colonia Díaz. Nandray mpifindra monina mpikambana tao amin'ny Fiangonana koa ny faritra avaratr'i Méxique.

7. "Nitodi-doha nianavaratra nankany Kanada mba hijery toerana hozanahana ny mpikambana ao amin'ny Fiangonana. Nanangana fiaraha-monin'ny Olomasin'ny Andro Farany tany atsimon'i Alberta tamin'ny taona 1886 i Charles O. Card, izay nanompo amin'ny naha-Filohan'ny Tsatòkan'i Cache Valley azy. Tamin'ny ririnin'ny taona 1888, dia 100 mahery ny Olomasin'ny Andro Farany nonina tany andrefan'i Kanada, ary mbola nisy maro tonga tamin'ny 1890, nanome herin-tsandry amin'ny fanamboarana lakan-drano sy lalam-by. Nihamatotra ireo mpitarika ny Fiangonana maro tany Alberta" (*Ny Lovantsika,* 98–100).

Fahatakarana ny Famakiana

Momba ny Filoha Wilford Woodruff

Tsara (and. 1)—Ampitandremana sy tsy misy diso

Fanafiana masina (and. 2)—Ôrdônansy sy fanekempihavanana tanterahina any amin'ny tempoly

Havany efa nodimandry (and. 2)—Fianakaviana efa nodimandry

Nananatra (and. 2)—Nanoro hevitra tsara

Fanorenam-ponenana (and. 6)—Fanangana fialofana

Mpifindra monina (and. 6)—Olona miala amin'ny toerana iray makany amin'ny iray hafa, matetika dia toerana maharitra

Lakan-drano (and. 7)—Fanondrahana rano

Matotra (and. 7)—Nampivelatra ny talentan'izy ireo

Ny Manifesto

8. "Rehefa nadiva hifarana ny taona 1880, dia namoaka fanampin-dalàna ny governemantan'i Etazonia, izay nanaisotra tamin'ireo izay nanambady maro ny zo hifidy na hanao ny asan'ny mpandinin-draharaham-pitsarana ary nametra mafy ny fananana tokony ho an'ny Fiangonana. Nijaly ny fianakavian'ny Olomasin'ny Andro Farany satria maro an'isa indray ireo raim-pianakaviana voatery niafina. Ny Filoha Woodruff dia nangataka torolalana tamin'ny Tompo. Ny harivan'ny 23 Septambra 1890, rehefa notsindrian'ny fanahy ny mpaminany dia nanoratra ilay Manifesto, tahirin-kevitra iray izay nampitsahatra ny fanambadiana maro teo amin'ny mpikamban'ny Fiangonana. Nasehon'ny Tompo ny Filoha Woodruff tamin'ny fahitana fa raha tsy mifarana ny fanambadiana maro, dia handrombaka ny tempoly ny governemantan'i Etazonia, ka dia hifarana amin'izay ny asa ho an'ny velona sy ny maty.

9. "Ny 24 Septambra 1890, dia nanohana ilay Manifesto ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo. Nankasitraka izany ny Olomasina tamin'ny fihaonambe natao ny volana Ôktôbra 1890. Ankehitriny dia hita ao amin'ny Fotompampianarana sy Fanekempihavanana ho toy ny Fanambarana Ôfisialy 1 izany tahirin-kevitra izany.

10. "Taorian'ny fanampahan-kevitry ny Fiangonana, dia namoaka famotsoran-keloka ny fitondrampanjakana federaly ho an'ireo Olomasin'ny Andro Farany voaheloka noho ny fandikana ny lalàna mitsipaka ny fanambadiana maro, ary nijanona ny ankabeazan'ny fanenjehana. Saingy, araka ny nohazavain'ny Filoha Woodruff nanao hoe: 'Ho navelako hiala tamintsika ny tempoly rehetra; ho nankany am-ponja aho, ka ho namela ny hafa rehetra handeha any, raha tsy nandidy ahy hanao izao ataoko izao Andriamanitra; ary nony tonga ny ora nandidiana ahy hanaovana izany, dia nazava tamiko izany rehetra izany. Nandeha teo anatrehan'Andriamanitra aho, ka nanoratra izay nasain'ny Tompo nataoko' ("Nalaina tao amin'ireo Toriteny Telo nataon'ny Filoha Wilford Woodruff mikasika ny Fanambarana," voarakitra aorian'ny Fanambarana Ôfisialy 1). Andriamanitra no nampitsahatra ny fanambadiana maro, fa tsy ny Kongresin'i Etazonia" (*Ny Lovantsika,* 100–101).

Fahatakarana ny Famakiana

Ny Manifesto

Nanaisotra (and. 8)—Nanala

Manifesto (and. 8)—Fanambarana momba ny fanambadiana maro

Nampitsahatra (and. 10)—Nifarana

Ny Foiben'ny Tetiarana

11. "Ela be talohan'ny nananganan'ny Olomasin'ny Andro Farany ny foiben'ny tetiarana, dia nanangona ny rakitsoratra rehetra mikasika ny fiainan'ny razany efa maty ny mpikamban'ny Fiangonana. Anisan'ireo nahazo ny razambeny an'arivony i Wilford Woodruff, Orson Pratt, sy Heber J. Grant ary avy tamin'izany no nanatanterahany ny ôrdônansin'ny tempoly. Tamin'ny 1894, dia nitarika ny fanorenana ny foiben'ny tetiarana ny Fiadidiana Voalohany ary ny loholona Franklin D. Richards no mpitarika azy voalohany. Natsangana ny trano famakiam-boky, ary nandeha eran-tany ny solontenan'ny Fiangonana mba hikaroka ireo anaran'ny olona hanaovana ny ôrdônansin'ny tempoly. Izany foibe izany no nitarika ny fananganana ny Departemantan'ny Tetiaran'ny ao amin'ny Fiangonana.

12. "Nandritra ny fihaonambe ny volana Aprily 1894, dia nilaza ny Filoha Woodruff fa nandray fanambarana momba ny tetiarana izy. Nambarany fa tian'Andriamanitra ny Olomasin'ny Andro Farany

'mba hanao ny tetiarany ka hiotra hatrany amin'izay azony atao, ary ho fehezina amin'ireo ray aman-dreniny. Aoka ny zanaka ho fehezina amin'ny ray aman-dreniny ary hotohizana araka izay tratra izany rojon'ny fifamatorana izany. . . . Izany no sitrapon'ny Tompo amin'ity vahoaka ity, 'hoy izy, 'ary heveriko fa rehefa mieritreritra izany ianareo, dia ho hitanareo fa marina izany' [tao amin'ny Clark, comp., *Messages of the First Presidency,* 3:256–57]. Mbola entanina ny Olomasin'ny Andro Farany hikaroka ny rakitsoratra mikasika ireo razana ary hanatanteraka ny ôrdônansin'ny tempoly ho azy ireo.

13. "Hatramin'ny taona 1885 ka hatramin'ny taona 1900, dia maro ny mpikamban'ny Fiangonana no nanompo tamin'ny fanaovana asa tetiarana. Nasaina tany Salt Lake City izy ireo mba handray ny tso-drano avy amin'ny Manampahefana Ambony. Nomena karatra sy taratasy ho fanendrena azy ireo ho amin'ny asany koa izy ireo. Namangy ny havany izy ireo, nandrakitra an-tsoratra ny anarana voasoratra teny amin'ny fasana ary nandinika ny rakitsoratry teo amin'ny kaominina sy ny baibolim-pianakaviana, ka rehefa niverina nody izy ireo dia nitondra ny fahalalana sarobidy nilaina mba hahafahana manantanteraka ny asan'ny tempoly. Maro tamin'ireo mpitory ny filazantsara no nandia fiainam-panahy izay nanome azy ireo fahatokian-tena mafy orina fa niaraka taminy ny Tompo ary nitarika azy matetika tamin'ireo loharano nilainy na ny havany Izy. [Jereo James B. Allen, Jessie L. Embry, Kahlile B. Mehr, *Hearts Turned to the Fathers: A History of the Genealogical Society of Utah, 1894–1994* (1995), 39–41.]" (*Ny Lovantsika,* 124–125).

Fahatakarana ny Famakiana

Ny Foiben'ny Tetiarana

Kaominina (and. 13)—Faritra manana ny fiangonany

Fanokanana ny Tempolin'i Salt Lake

14. "Nanokana ny ampahany betsaka tamin'ny fiainany ho an'ny asan'ny tempoly ny Filoha Wilford Woodruff. Izy no Filoha voalohan'ny tempolin'i St. George, ary izy no nanokana ny tempoly tao Manti. Ankehitriny, 40 taona taorian'ny nametrahana ny vato fehizoro ny Tempolin'i Salt Lake, dia niandry tamin'ny fanantenana tanteraka ny fanokanana izany tempoly izany ny Filoha Woodruff. Natao ny 6 Aprily ka hatramin'ny 18 Mey 1893 ny fanompoam-pivavahana fanokanana, ary tokony teo ho eo amin'ny 75.000 teo no nanatrika izany. [Jereo Roberts, *Comprehensive History of the Church,* 6:236.]

15. "Taorian'ny fanompoam-pivavahana fanombohana ny fanokanana natao ny 6 Aprily, dia nanoratra tao anatin'ny diariny ny Filoha Woodruff hoe: 'Nitoetra teo aminay ny fanahy sy ny herin'Andriamanitra. Ny fanahin'ny faminaniana sy ny fanambarana dia teo aminay ary nisokatra ny fon'olona ary maro ny zavatra nambara taminay' ["Wilford Woodruff Journals" (1833–98), 6 Apr. 1893; tao amin'ny LDS Church Archives; fanononana sy marintsoratra nohavaozina]. Nahita anjely ny Olomasin'ny Andro Farany sasany, raha ny hafa kosa nahita ireo Filohan'ny Fiangonana teo aloha ary ny sasany nahita ireo mpitariky ny Fiangonana efa nodimandry [jereo Richard Neitzel Holzapfel, *Every Stone a Sermon* (1992), 71, 75, 80].

16. "Rehefa nankalaza ny faha-sivifolo taonany ny Filoha Woodruff, dia ankizy an'arivony avy ao amin'ny Sekoly Alahady no nameno ny Taberinakely tao Temple Square mba hanome voninahitra azy. Tena nanohina azy tokoa izany, ary feno ny fony raha niresaka tamin'ireo ankizy nanatrika teo izy ka nilaza fa fony izy folo taona dia nanatrika Sekoly Alahady tany amin'ny Fiangonana Prôtestanta izy ary namaky andalana momba ny apôstôly sy ny mpaminany. Rehefa nody tany an-trano izy, dia nivavaka mba ho ela velona ka hahita apôstôly sy mpaminany indray ety ambonin'ny tany. Ankehitriny izy dia mitsangana eo anatrehan'ireo lehilahy izay sady apôstôly no mpaminany; nivaly ny vavaka nataony fotoana maro taty aoriana. [Jereo Matthias F. Cowley, *Wilford Woodruff* (1909), 602.]

17. "Herintaona taty aoriana, ny 2 Septambra 1898, dia nodimandry ny Filoha Woodruff nandritry ny fitsidihany tany San Francisco" (*Ny Lovantsika,* 126).

Fahatakarana ny Famakiana

Fanokanana ny Tempolin'i Salt Lake

Fanombohana (and. 15)—Voalohany

Ny Fampianarana sy ny Tenivavolombelon'i Wilford Woodruff

18. "Tianay ny Olomasin'ny Andro Farany amin'ity fotoana ity mba hanao ny tetiarany ka hihoatra hatrany amin'izay azony atao, mba hamehezana azy ireo amin'ny ray aman-dreniny. Aoka ny zanaka ho fehezina amin'ny ray aman-dreniny ary hotohizana araka izay tratra izany rojon'ny fifamatorana izany" (*The Discourses of Wilford Woodruff,* ed. G. Homer Durham [1990], 157).

19. "Mankahery sy manoro hevitra anareo aho ry tanora namako, mba hihaino ny feon'Andriamanitra sy hankatò izany dieny mbola tanora, tahaka ny nataon'i Samoela, mba ho lehibe, tsara ary mavitrika ianareo, ary ho tian'ny Tompo sy ny ray aman-dreninao ary ny olona tsara rehetra. Ankatoavy ny ray aman-dreninao ary hajao izy ireo, fa amin'ny fanaovana izany no hahazoanao ireo fitahiana lehibe izay ampanantenain'Andriamanitra ho anao. . . .

20. ". . . Ankehitriny ianao dia mametraka ny fototra eo amin'ny famirapiratana sy ny hakanton'ny hatanorana ary eo amin'ny fanombohan'ny andronao mba handroso eo amin'ny dingan'ny fiainana mba hanatanteraka ireo andraikitra manan-danja eto an'ivon'ity fotoanandro tena manan-danja sy taranaka izay tsy manam-paharoa ity. Ary azoko lazaina am-pahamarinana sy tsy am-pihambahambana fa ny vokatry ny ho avinao, ny fitaomampanahy izay azonao ampiharina eo anivon'ny olona, ary farany ny tanjonao eto amin'ity fotoana ity sy ho mandrakizay, dia hiankina tanteraka amin'ny fototra izay napetrakao tamin'ny andron'ny fahatanoranao" (*Discourses of Wilford Woodruff,* 265–66).

21. "Misy hery roa eto an-tany sy eo anivon'ny mponin'ny tany—ny herin'Andriamanitra sy ny herin'ny devoly. Eo amin'ny tantarantsika dia manana traikefa miavaka tokoa isika. Rehefa nanana ny olony teto an-tany Andriamanitra, dia tsy misy dikany ny taona, izay niantsian'i Losifera, ilay zanaky ny maraina, sy ireo fanahy an-tapitrisany izay nazera izay voaroaka tany andanitra ady tamin'Andriamanitra, tamin'i Kristy, tamin'ny asan'Andriamanitra, ary tamin'ny olon'Andriamanitra. Ary izy ireo dia tsy nihemotra tamin'ny fanatanterahana izany amin'izao andro sy taranantsika izao. Na oviana na oviana ny Tompo no maninjitra ny tanany mba hanatanteraka asa, dia miasa ireo hery ireo mba handrodanana izany" ("Fanamarihana natao nandritra ny Fivoriana Alatsinainy atoandron'ny 5 Ôktôbra 1896 tamin'ny Fihaonamben'ny Fiangonana tao amin'ny Tabernakelin'i Salt Lake City," *Deseret Evening News,* 17 Ôkt. 1896, 9).

22. "Miaina ao anatin'ny iray amin'ireo taranaka tena manandanja izay mbola tsy niainan'ny olona teto an-tany mihitsy isika ary ary mila manoratra ny firaketana amin'ireo fisehoan-javatra manan-danja izay niseho teo alohan'ny masontsika amin'ny fahatontosan'ireo faminaniana sy fanambaran'Andriamanitra" (*Wilford Woodruff's Journal, 1833–1898 Typescript,* ed. Scott G. Kenney, 9 vols. [1983–85], 4:444; fanononana nohavaozina).

23. "Apetrao eo amin'Andriamanitra ny fahatokianao ary ankino aminy ny fampanantenanao, miainà amin'ny fahazavana sy fahalalana izay anananao, ary dia ho tsara daholo ny rehetra eo aminao na amin'ny fahavelomana na amin'ny fahafatesana" (*Discourses of Wilford Woodruff,* 260).

24. "Nijery hatrany ny fiainan'ny Mpamonjintsika aho—izay nidina ho eo ambanin'ny zavatra rehetra mba hahafahany mitsangana eo ambonin'ny zavatra rehetra—tahaka ny ohatra ho an'ireo mpanara-dia Azy. . . . Misy zavatra momba izany rehetra izany izay tena mampalahelo be tokoa; kanefa toa tena nilaina izany ho an'ny Mpamonjy izay nidina ho eo ambanin'ny zavatra rehetra mba hiakarany eo ambonin'ny zavatra rehetra" (*Discourses of Wilford Woodruff,* 4).

25. "Notahiana aho tamin'ny fotoana niaraka tamin'ireo fanomezana sy fahasoavana, ny sasany fanambarana sy fanompoana; fa tamin'izy rehetra ireo dia tsy nahita na iray aza aho azo hiankinana kokoa mihoatra ilay feo tony sy malefaky ny Fanahy Masina" (*Discourses of Wilford Woodruff,* 45).

Fahatakarana ny Famakiana

Ny Fampianarana sy ny Tenivavolombelon'i Wilford Woodruff

Fahasoavana (and. 25)—Fitahiana avy amin'Andriamanitra, fahafahana

Hiankinana (and. 25)—Finoana na fahatokiana

Ireo Tranga Manan-danja nandritra ny Fiainan'i Wilford Woodruff

Tamin'ny taona 1838 ny Tompo dia niantso an'i Wilford Woodruff ho mpikambana ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ary niantso azy ihany koa sy ireo mpikambana hafa tao amin'ny Kôlejin'ny Roambinifololahy mba handeha hitory ny filazantsara any Angletera (jereo sasin-tenin'ny F&F 118, 3–4, 6). Ny Loholona Woodruff dia nandeha ny "rano lehibe" ho any Angletera, ary nanampy nitondra olona an'arivony ho an'ny Fiangonana. Tamin'ny taona 1840, nandritra ny dimy volana, dia efa nihoatra ny 1.800 ireo olona natao batisa tao amin'ny faritr'i Herefordshire tao Angletera tamin'ny alalan'ny ezaka nataon'ny Loholona Woodruff sy ny mpiara-dia taminy. Anisan'izany ny vondrona iray izay efa misy olona miisa 600 izay nivory niaraka sy nivavaka mba hahafahan'izy ireo mahita ny fahamarinana. Nanoratra ny Loholona Woodruff hoe: "Ny tantara rehetra teo amin'ity Misiônan'i Herefordshire ity dia nampiseho ny maha-zava-dehibe ny fihainoana ilay feo tony sy malefakan'ny Fanahin'Andriamanitra, sy ny fanambaran'ny Fanahy Masina. Ny olona dia nivavaka hahazo hazavana sy fahamarinana, ary ny Tompo dia nandefa ahy ho azy ireo" (tao amin'ny Matthias F. Cowley, *Wilford Woodruff, Fourth President of The Church of Jesus Christ of Latter-day Saints: History of His Life and Labors As Recorded in His Daily Journals* [1964], 120).

Tamin'ny taona 1856 ny Loholona Woodruff dia nantsoina ho mpahaitantaran'ny Fiangonana, ary ny Fiangonana dia nanana pejy efa ho 7.000 tamin'ny diary manokany, izay mirakitra ny ankamaroan'ny fampianarana sy ny tranga teo amin'ny fiainan'i Joseph Smith. Nahatsapa izy fa ny fanoratana ny tantaran'ny Fiangonana dia iray amin'ny antsony: "Ny devoly dia nikatsaka hatrany ny hanala ny aiko hatramin'ny fotoana nahaterahako mandrak'ankehitriny, ary ihany koa ny fiainan'ny olona hafa. Toa kendren'ny fahavalo hatrany aho. Iray ihany no antony hitako tena hanaovany izany: ny devoly dia nahafantatra fa raha tafiditra ao amin'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany aho, dia hanoratra tantara an'izany Fiangonana izany ary hamela firaketan' ny asa sy ny fampianaran'ny mpaminany, ny apôstôly ary ny loholona" (tao amin'ny Cowley, *Wilford Woodruff,* 477).

Nandritra ny naha-filohan'ny Tempolin'i St. George ny Filoha Woodruff, dia notsidihan'ny fanahin'ireo olona izay nanampy tamin'ny fanombohan'ny fitondram-panjakana Amerikana izy. Nangataka izy ireo mba ho tanterahina ny asa any amin'ny tempoly ho azy ireo. Ny Loholona Woodruff dia nanampy nanao ny asa any amin'ny tempoly ho an'ireo olona ireo ary ny olona hafa voarakitra ara-tantara, toy i Christophe Colomb sy ireo mpitarika ara-pinoana nanana ny maha-izy azy maty talohan'ny namerenana tamin'ny laoniny ny filazantsara. (Jereo *Journal of Discourses,* 19:229.)

Raha nanao jery todika ny fiainany ny Filoha Wilford Woodruff dia nanoratra hoe: "Ny fiainako izay nahitako trangan-javatra maro dia nahazoako antoka fa nisy fanoherana mivantana tamin'Andriamanitra izay ninoako fa Izy no nitarika ny diako rehetra. Tamin'ireo tranga 27 niavaka tsara dia avotra hatrany tamin'ireo loza izay nampatahotra teo amin'ny fiainako aho" (tao amin'ny Cowley, *Wilford Woodruff,* vi).

Fandalinana ny Famakiana

Ataovy ny roa amin'ireto asa manaraka ireo (A–D) rehefa mandalina ny "Filoha Wilford Woodruff" ianao.

A Hazavao amin'ny Namana izany

Ny Fiangonana dia nanatsahatra ny fanambadiana maro efa mihoatra ny zato taona lasa izay. Na izany aza, dia mbola misy ireo olona izay tsy mahatakatra ny fotopampianarana ary mbola mametraka fanontaniana momba izany ankehitriny. Halalino ny andininy 8–10 ary manorata ny zavatra tokony holazainao amin'ny namanao izay mangataka anao mba hanazava ny fanambadiana maro. Ampidiro ao anatin'izany ny antsipiriany momba ny tantaran'ny Fiangonana sy ny fahatsapanao momba ny fananana mpaminany maoderina.

B Halalino ny Fiainan'ny Filoha Woodruff

1. Halalino ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 118:1, 6; 124:127–29; 136:13; 138:53; ny Filazana Ôfisialy 1. Tanisao ireo zavatra nianaranao momba an'i Wilford Woodruff avy amin'ireo soratra masina tsirairay avy ireo.
2. Halalino ny andininy 1–7, 11–17 ary ireo fahalalana ao amin'ny tabilao momba ny fiainany sy ny fiadidiany (p. 178). Tanisao araka ny hevitrao ny tokony hotsaroany ary hazavao fohy ny antony hahatsiarovantsika ny tsirairay amin'izy ireny.

D Fampianaran'ny Filoha Woodruff

Ny Filoha Wilford Woodruff dia nampianatra hoe: "Raha manao ny adidinao ianao, ary manao ny adidiko aho, dia hanana fiarovana isika, ary dia hamakivaky ny fitsapana ao anatin'ny fandriampahalemana sy amim-piarovana" (tao amin'ny "A Remarkable Statement," *Improvement Era,* Ôkt. 1914, 1165). Halalino ny andininy 18–25 ary ataovy ireto manaraka ireto:

1. Tanisao ny zavatra nolazain'ny Filoha Woodruff fa adidy izay ho ataon'ny mpikamban'ny Fiangonana.
2. Mifidiana adidy telo avy amin'ny lisitrao ary soraty ny azonao hatao tsaratsara kokoa amin'ny tsirairay avy amin'izy ireo.

Ny Filazana Ôfisialy 1 sy ny "Ampahany tamin'ireo Lahateny Telo …"

Natsahatry ny Tompo ny Fampiharana ny Fanambadiana Maro

Nanomboka nampihatra ny fanambadiana maro ny Fiangonana taorian'ny nanambaran'ny Tompo izany tamin'ny Mpaminany Joseph Smith (jereo F&F 132:1–6). Noho ny fanenjehana goavana sy ny lalàna izay navoakan'ny fitondram-panjakana Amerikana mandrara ny fanambadiana maro, dia nanontany ny Tompo ny Filoha Wilford Woodruff ny amin'izay tokony ho atao. Nilaza izy taty aoriana fa:



"Nasehon' ny Tompo ahy, tamin' ny fahitana sy ny fanambarana, izay ho nitranga marina tokoa raha tsy natsahatsika ity fomba ity.. . . .

". . . [Ho] navelako nesorina teo an-tanantsika avokoa ireo tempoly; [ho] naiditra amponja ny tenako ary ho navelako naiditra tany ny olona hafa rehetra, raha tsy nodidian' ilay Andriamanitry ny lanitra aho hanao izay nataoko. . . . Niseho teo anoloan' ny Tompo aho ary nanoratra izay notenenin' ny Tompo ahy hosoratana" ("Ampahany tamin'ireo Lahateny Telo nataon'ny Filoha Wilford Woodruff mikasika ny Manifesto" [natao taorian'ny Filazana Ôfisialy 1], Andininy 6–7). Ny fanambarana izay azony dia naseho sy notohanan'ny mpikamban'ny Fiangonana. Nantsoina hoe "Manifesto" izany, ary ankehitriny izany dia nantsoina hoe "Filazana Ôfisialy 1." Izay manaraka ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 138.

Fahatakarana ny Soratra Masina

Filazana Ôfisialy 1

Vaovao an-gazety (and. 1)—Tatitra vaovao

Manambara (and. 1)—Nilaza, nitaky

Hentitra (and. 2)—Matotra

Mampianatra (and. 2)—Manao

Faritany (and. 2)—Ny faritr'i Utah talohan'ny nahafanjakana azy

Tranon'ny fanafiana masina (and. 3)—Trano teo amin'ny Temple Square izay nampiasaina ho an'ny ôrdônansin'ny tempoly talohan'ny nahavitan'ny Tempolin'i Salt Lake

Lalàm-panorenana (and. 4)—Ara-dalàna, mifanaraka amin' ny lalàmpanorenan'i Etazonia

Hanoa (and. 4)—Hankato

Mampiditra fampianarana (and. 5)—Mahatakatra mampianatra na manome lalana

"Natolotry ny Filoha Lorenzo Snow izao fehin-kevitra manaraka izao:"

Manolotra (and. 1)—Mandroso

Maningotra (and. 1)—Ilaina

Fehin-kevitra (and. 2)—Vinavina teo aloha

"Ampahany tamin'ireo Lahateny Telo . . ."

Haniasia (and. 1)—Amin'ny lalan-diso

Saina (and. 1)—Fanambarana

Fambaboana sy fahaverezana (and. 5)—Ho lasa fananan'ny fitondram-panjakana

Fanarahana (and. 5)—Fankatoavana

Voatery (and. 6)—Noterena

Naseho (and. 6)—Naseho

Hodinihinareo (and. 8)—Eritreretina, saintsainina

Vonona (and. 9)—Manana fahavononana

Nanapaka (and. 9)—Nandidy

Hahasakana (and. 9)—Hanakana, manajanona

Filazana Ôfisialy 1—Moa ve Mbola Nisy ny Fampiharana ny Fanambadiana Maro taorian'ny Nanomezana ny Manifesto?

Mbola nisy ireo mpikamban'ny Fiangonana nanohy nampihatra ny fanambadiana maro tany ivelan'i Etazonia. Nieritreritra izy ireo fa ny fanambadiana maro vaovao dia mbola azo tohizana tanterahina hatrany rehefa any ivelan'i Etazonia. Tamin'ny 8 Janoary 1900, ny Filoha Lorenzo Snow dia nanambara hoe "ny manifesto dia natao ho an'ny toerana rehetra, ary 'ny Fiangonana dia efa nandao ny fampiharana ny fanambadiana maro, na ny fankalazana ny fanambadiana maro eto [Utah] sy ny faritany rehetra, ary tsy misy mpikambana na mpiandraikitra manana fahefana hanatanteraka ny fanambadiana maro na miditra amin'izany fiaraisana izany' " ("Slanders Are Refuted by First Presidency," *Millennial Star,* 4 Mey 1911, 275).

Ny sasany dia nandà ny hanaraka ny didin'ny Tompo. Tamin'ny volana Aprily 1904 ny Filoha Joseph F. Smith dia namoaka ny fanambarana ôfisialy nandritra ny fihaonamben'ny fiangonana: "Manao izao fanambarana izao aho fa ny [fanambadiana] maro dia voarara, ary raha misy mpiandraikitra na mpikamban'ny Fiangonana izay manatanteraka na miditra amin'izany fanambadiana izany dia ho tafalatsaka ao anatin'ny fandikan-dalàna manohitra ny Fiangonana izy ary dia ho tompon'andraikitra amin'izany, araka ny fitsipika sy ny fandaharana manaraka, dia ny fanesorana tsy ho mpikamban'ny Fiangonana azy intsony" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Apr. 1904, 75). Nanomboka tamin'izay, ny Filoha rehetran'ny Fiangonana dia namerina izany torolalana mifanohitra amin'ny fanambadiana maro izany.

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny asa A na B rehefa mandalina ny Filazana Ôfisialy 1 ianao.

A Mampianara Lesona

Alaivo sary an-tsaina hoe manome lesona momba ny Filazana Ôfisialy 1 sy ny ampahan'ny lahateny voatonta tamin'ity filazana ao amin'ny soratra masina ity ianao. Soraty ny mety hampianarinao momba ny filazan'ny Filoha Wilford Woodruff ary ampidiro ao ireto valin'ny fanontaniana manaraka ireto:

1. Inona no nambaran'ny Tompo tamin'ny Filoha Woodruff momba ny fanambadiana maro?
2. Ahoana no hahafahan'ilay hafatry ny Filoha Lorenzo Snow, Mpanolotsaina ao amin'ny Fiadidiana Voalohany, manampy ny Olomasina hanaiky ny fanambarana?
3. Nahoana no zava-dehibe ho an'ny mpikamban'ny Fiangonana no manaraka ny mpaminany velona?
4. Ahoana no fahatsapanao momba ny fampanantenana nomen'ny Filoha Woodruff ao amin'ny andininy misy "Ampahany amin'ireo Lahateny telo . . ."?

B Manomeza Fanazavana

Halalino ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 124:49–50 ary hazavao fohifohy ny fampiharana ity soratra masina ity amin'ny fampiharana ny fanambadiana maro tamin'ny fotoanan'ny Filoha Wilford Woodruff.

Fotoan'ny Fanitarana

Nanomboka ny 1898 hatramin'ny 1951, dia mpaminany efatra no niahy nandritry ny fihitaran'ny Fiangonana—Lorenzo Snow, Joseph F. Smith, Heber J. Grant, ary i George Albert Smith. "Ireo Filoha ireo dia vavolombelona nanatri-maso ny fiovan'ny fitaovam-pitaterana tarihin-tsoavaly nankany amin'ny sidina [an'habakabaka]. Ireo ady lehibe roa sy ny fahasahiranana ara-toe-karena naneran-tany dia dia fanamby lehibe ho an'ny Olomasina. Nandritra izany fotoana izany, dia tempoly sivy no natsangana. Tamin'ny taona 1901, dia nisy teo amin'ny 300.000 ny mpikambana tao anatin'ny tsatòka 50" (*Ny Lovantsika,* 129). Tamin'ny 1951 dia efa nihoatra ny 1.111.000 ireo mpikambana nivory tao amin'ny tsatòka 180 manerana izao tontolo izao.

Maty tamin'ny taona 1898 ny Filoha Wilford Woodruff ary ilay kapaotim-paminaniana dia nipetraka teo an-tsoroky ny Filoha Lorenzo Snow, izay dimy ambin'ny valopolo taona. Tsy mbola nisy Filohan'ny Fiangonana teo aloha ka niditra tamin'izao anjara fanompoana izao tamin'ny taona efa somary lehibe tahaka izany. Nijery ny taon-jato vaovao tamim-panantenana lehibe tokoa ny Olomasina. Nitohy niroborobo ny asa ho an'ny tempoly sy ny asa fitoriana, ary ireo trosa ara-bolan'ny Fiangonana dia voalamina sy voavaha.

Ny FIAINANY (1814–1901)

1814	Teraka tamin'ny 3 Aprily ary zanak'i Oliver sy Rosetta Leonora Pettibone Snow tao Mantua, Ohio
1836	22 taona, natao batisa tamin'ny 19 Jiona tao amin'ny reniranon'i Chagrin, izay mikoriana avy any Kirtland, Ohio
1837	23 taona, nitory ny filazantsara tany Ohio
1838–39	24–25 taona, nitory ny filazantsara tao Missouri, Illinois, Kentucky, ary Ohio
1840–43	26–29 taona, nitory ny filazantsara tany Angletera
1845	31 taona, nanambady an'i Charlotte Merrill Squires, Mary Adelaine Goddard, Sarah Ann Prichard, ary i Harriet Amelia Squires tamin'ny 17 Janoary
1849	34 taona, notokanana ho Apôstôly nataon'i Heber C. Kimball tamin'ny 12 Febroary

1849–52	35–38 taona, nanompo tao amin'ny misiônan'i Italie, Angletera, Suisse, ary Malte
1864	50 taona, nitory ny filazantsara tao anatin'ny fotoana fohy tao amin'ny nosy Sandwich (Hawai)
1873–77	59–63 taona, nanompo ho Mpanolotsainan'ny Filoha Brigham Young
1885	71 taona, nitory ny filazantsara tany amin'ny Indiana tany avaratra andrefan'i Etazonia
1898	84 taona, notohanana ho Filohan'ny Fiangonana tamin'ny 13 Septambra, taorian'ny nahafatesan'ny Filoha Wilford Woodruff tamin'ny 2 Septambra; nitazona ny Filoha George Q. Cannon sy Joseph F. Smith ho mpanolotsaina
1901	87 taona, nodimandry tamin'ny 10 Ôktôbra tao Salt Lake City taorian'ny naha-Filohan'ny Fiangonana azy nandritra ny telo taona

NY FIADIDIANY (1898–1901)

1898	Niseho taminy tao amin'ny Tempolin'i Salt Lake i Jesoa Kristy ary nilaza ny tsy hiandrasany amin'ny fanavaozana ny Fiadidiana Voalohany. Nantsoina voalohany hitory ny filazantsara amin'ny fotoana feno ny rahavavy
1899	Nandray fanambarana mikasika ny tokony ampianarana ny maha-zava-dehibe ny lalàn'ny fahafolonkarena izy
1901	Nisokatra ny Misiôna tany Méxique, Japana, Nouvelle-Zélande sy Alema

Ny Filoha Lorenzo Snow sy ny Fahafolonkarena

1. "Taorian'ny fahafatesan'ny Filoha Woodruff, dia i Lorenzo Snow, izay Filohan'ny Kôlejin'ny Roambinifololahy, no lasa Filohan'ny Fiangonana. Mpitarika hendry sy be fitiavana izay sady efa voaomana tsara amin'ny andraikiny izy. Izy dia nahafantatra ireo mpaminany Olomasin'ny Andro Farany rehetra ary nampianarin'izy ireo hatreo amin'io fotoana io. Ny volana Nôvambra 1900, dia nilaza tamin'ireo Olomasina nivory tao amin'ny Tabernakely izy fa nifanerasera matetika tamin'ny Mpaminany Joseph Smith sy ny fianakaviany, niara-nisakafo taminy, ary nitafa sy nidinika taminy manokana. Fantany tsara fa mpaminanin'Andriamanitra i Joseph satria nasehon'ny Tompo azy tamin'ny fomba mazava tsara sy feno izany fahamarinana izany' ["The Redemption of Zion," *Millennial Star,* 29 Nôv. 1900, 754].

2. "Nandritra ny fotoana niasan'ny Filoha Snow, dia niatrika olana ara-bola ny Fiangonana vokatry ny lalàna navoakan'ny fitondram-panjakana federaly izay nanohitra ny fanambadiana maro. Nandinika sy nivavaka mba handray fitarihana ny amin'izay fomba hanafahana ny Fiangonana amin'ity trosa mahasaozanina ity ny Filoha Snow. Taorian'ny fihaonambe ny volana Aprily 1899, dia tsapany fa tokony hitsidika an'i St. George, any Utah izy. Rehefa niteny nandritra ny fivoriana tany izy, dia somary niato kely, ary rehefa nanohy ny fitenenany, dia nilaza fa nahazo fanambarana. Nanao tsirambina ny lalàn'ny fahafolonkarena ny mpikamban'ny Fiangonana, ary nilaza taminy ny Tompo fa raha mitoetra ho mahatoky ny mpikamban'ny Fiangonana amin'ny fandoavana feno ny fahafolonkarena, dia haseho azy ireo ny fahasoavana.



3. "Nitory ny maha-zava-dehibe ny fahafolonkarena ny mpaminany tamin'ny fivoriana rehetra tany Utah. Nankatò ny toroheviny ny Olomasina, ary tamin'izay taona izay dia avo roa heny noho ny fahafolonkarena naloany tamin'ny taona lasa no naloan'izy ireo. Tamin'ny taona 1907, dia nanana tahirimbola ampy mba handoavana ny trosany rehetra ny Fiangonana ary nanjary afa-trosa.

4. "Tamin'ny taona 1898, nandritra ny lanonana nataon'ny filankevim-pitantanan'ny Fikambanana Fifampivoaran'ny Zatovovavy, dia nanambara ny Filoha George Q. Cannon fa ny Fiadidiana Voalohany dia nanapa-kevitra fa hiantso ny 'sasantsasany amin'ireo vehivavy hendry sady malina ho ao amin'ny sahan'ny misiona' ["Biographical Sketches: Jennie Brimhall and Inez Knight," *Young Women's Journal,* Jiona 1898, 245]. Talohan'izay fotoana izay, dia nisy ireo vehivavy vitsivitsy no nanaraka ny vadiny tany amin'ny sahan'ny misiôna, fa izany no fotoana voalohany niantsoan'ny Fiangonana ny vehivavy ary nanokanany azy ho iraka sy ho solotenan'i Jesoa Kristy Tompo. Tsy manana adidy handeha hitory ny filazantsara ny vehivavy, saingy tao anatin'ny folo taona, dia betsaka tamin'izy ireo no nanao izany ka nanompo ny Tompo tamim-pahazotoana.

5. "Ny Filoha Lorenzo Snow no nampiditra ny Fiangonana ho ao amin'ny taon-jato faharoapolo. Raha vao niandoha ny taon-jato, dia niisa 43 ny tsatòka, 20 ny misiôna, ary 967 ny paroasy sy ny sampana. Nahatratra 283.765 ny mpikambana, ka ny ankamaroan'izy ireo dia nonina tany amin'ny Rocky Mountains tany Etazonia. Efatra ny tempoly niasa, ary ny *Juvenile Instructor, Improvement Era,* sy ny *Young Women's Journal* dia namoaka lahatsoratra momba ny Fiangonana ho an'ny mpikambana ao aminy. Niely ny tsaho fa farafahakeliny misiôna iray vaovao no hatsangana, ary azon'ny Olomasin'ny Andro Farany vinaniana sahady izay hitranga ao anatin'ny zato taona manaraka. Na izany aza dia nahatoky izy ireo fa ny faminaniana mikasika ny ho avin'ny Fiangonana dia ho tanteraka" (*Ny Lovantsika,* 126–128).

Fahatakarana ny Famakiana

Ny Filoha Lorenzo Snow sy ny Fahafolonkarena

Mahasaozanina (and. 2)—Mavesatra, Mahavaky fo

Filan-kevim-pitantanan'ny Fikambanana Fifampivoaran'ny Zatovovavy (and. 4)—Ny anarana voalohany niantsoana ny Zatovovavin'ny Fiangonana

Solontena (and. 4)—Mpisolo tena ôfisialy

Ny Fampianarana sy ny Tenivavolombelon'i Lorenzo Snow

6. Ny Filoha Lorenzo Snow dia nanoratra momba ny "tranganjavatra izay hiseho ao anatin'ny fotoana fohy [talohan'ny fitoriana ny filazantsara tany Angletera tamin'ny taona 1840]—iray amin'ireo voarakitra tao an-tsaiko, izay tsy ho voafafa mihitsy, ary tena mahavalalanina tokoa ny fisehoana. Tamin'izany fotoana izany, dia tao amin'ny tokantranon'ny Loholona H. G. Sherwood aho. Niezaka nanazava ny fanoharana nataon'ny Mpamonjy izy, izay miresaka momba ilay tompon-tany izay nanakarama mpanompo ary nandefa azy ireo tamin'ny ora samihafa nandritra ny andro tany amin'ny tanimboalobony.

7. "Rehefa nihaino tsara ny fanazavany aho, dia nitoetra mafy tato amiko ny Fanahin'ny Tompo—nisokatra ny mason'ny fahatakarako, ary dia hitako mazava tsara tahaka ny masoandro be lohataona, niaraka tamin'ny fahatalanjonana sy hagagana, ny lalan'Andriamanitra sy ny olona. Namorona ny andalana roa aho izay maneho ny fanambarana, izay naseho tamiko. . . .

8. Izay misy ny olona ankehitriny, dia efa nandalovan'ny Ray: Izay misy an'Andriamanitra ankehitriny, no ho avin'ny olona rahatrizay

9. "Tsapako fa toy ny fifandraisana masina izany" (tao amin'ny Eliza R. Snow, *Biography and Family Record of Lorenzo Snow* [1884], 46).

10. "Ianareo ry rahavavy, dia inoako fa efa namaky ilay tononkalo nosoratan'ny anabaviko, Eliza R. Snow Smith, izay nohiraina matetika ao amin'ny fivoriantsika [jereo "Ô! Ry Ray," *Fihirana sy Hiran'ny Ankizy,* lah. 84]. Izany dia milaza amintsika fa tsy Ray ihany no hananantsika any 'amin'izany toerana avo sy be voninahitra izany,' fa manan-dreny ihany koa isika any; ary ianareo ry rahavavy dia ho lasa lehibe tahaka ny reninareo, raha toa ka mahatoky ianareo" (tao amin'ny LeRoi C. Snow, "Devotion to a Divine Inspiration," *Improvement Era,* Jiona 1919, 658).

11. Talohan'ny nandraisan'i Wilford Woodruff ny fanambarana hampitsaharana ny fanambadiana maro (jereo Filazana Ôfisialy 1), dia maro tamin'ireo mpikamban'ny Fiangonana no nijanona tsy nandoa ny fahafolonkarenany noho ny lalàna izay nivoaka momba ny fanagejana ny vola sy ny fananan'ny Fiangonana. Noho izany toe-javatra izany, dia tafalatsaka tao anatin'ny trosa ny Fiangonana. Tamin'ny 8 Mey 1899, fotoana fohy taorian'ny naha-Filohan'ny Fiangonana azy, dia niteny nandritra ny fihaonamben'ny tsatòka tao St. George, Utah ny Filoha Lorenzo Snow. Nandritra ny lahateniny dia niato kely izy raha nandray fanambarana avy amin'ny Tompo. Nilaza izy avy eo fa nahita fahitana, izay tsy mbola novinavinainy mihitsy hatrizay, dia ny tsy firaharahiana ny lalàn'ny fahafolonkarena. Hoy izy hoe: "Ny tenin'ny Tompo aminareo dia tsy zava-baovao mihitsy; dia tsotra fotsiny: Tonga ny fotoana ankehitriny ho an'ny olomasin'ny andro farany rehetra, izay mikajy ny hanomana ny ho avy hijoro tsara amin'ny fototra mafy orina, hanao ny sitrapon'Andriamanitra ary handoa ny fahafolonkarena feno. Izay ny tenin'Andriamanitra ho anareo, ary ho tenin'ny Tompo amin' ny fialofana tsirairay manerana ny tanin'i Ziona" ("Discourse by President Lorenzo Snow," *Millennial Star,* 24 Aog. 1899, 533).

12. Roa herinandro taorian'ny batisany, dia nandeha tany amin'ny ala kely iray i Lorenzo Snow mba hivavaka ho an'ny fijoroana ho vavolombelona lehibe. Nanoratra izy hoe: "Teo am-panokafana ny molotro hiezaka hivavaka aho, dia nahare feo, teo ambonin'ny lohako, tahaka ny fikasokasoky ny lamba landy, ary nidina teo amiko avy hatrany ny fanahin'Andriamanitra, nandrakotra ny vatako iray manontolo, nameno ahy, teo amin'ny tampon-dohako ka hatrany am-paladihako, ary endrey, ny hafaliana sy hasambarana tsapako! . . . Avy eo aho dia nandray fahalalana tanteraka fa velona Andriamanitra, ary i Jesoa Kristy no zanak'Andriamanitra ary ny famerenana amin' ny laoniny ny fisoronana masina, sy ny fahafenoan'ny Filazantsara" (tao amin'ny Snow, *Biography and Family Record of Lorenzo Snow,* 8).

13. Ny zafikelivavin'ny Filoha Snow, Allie Young Pond, dia nizara izao tantara manaraka izao:

14. "Indray hariva raha namangy an'i dadabe Snow tao amin'ny efitranony tao amin'ny tempolin'i Salt Lake aho, nijanona tao aho mandrapaha-lasa ny mpiandry vavahady ary ny mpiandry amin'ny alina dia mbola tsy tonga, ka dia nilaza tamiko i dadabe fa ateriny eny amin'ny varavarana anoloana mba hahafahako mivoaka. Manana ireo fanalahidiny maro tao amin'ny fitoeran'akanjony izy. Rehefa niala tao amin'ny efitranony izahay ary raha mbola namakivaky ny lalantsara mitondra mankany amin'ny efitrano selestialy, dia nandeha teo alohan'i dadabe aho rehefa nanajanona ahy izy sady niteny hoe: 'Allie, andraso kely aloha, misy zavatra tiako holazaina aminao. Teto amin'ity toerana ity no nisehoan'ny Tompo Jesoa Kristy ahy tamin'ny fotoana nahafatesan'ny Filoha Woodruff. Nanome torolalana ahy avy hatrany izy handrafitra ny Fiadidiana Voalohan'ny Fiangonana indray mandeha fa tsy hiandry tahaka ny natao teo aloha tamin'ny fahafatesan'ireo Filoha, ary izany dia ny handimbiasako ny Filoha Woodruff.'

15. "Avy eo dia nanatona i dadabe ary nitazona tamin'ny tanany ankavia ary niteny hoe: 'Teto mihitsy izy no nitsangana, teo amin'ny iray metatra miala ny tany. Toa ireny nitsangana teo ambonin'ny vongam-bolamena fisaka izy.'

16. "Nilaza tamiko i dadabe fa olona be voninahitra ny Mpamonjy ary dia nofaritany tamiko ny endriky ny tanany, ny tongony, ny tarehiny, ary ny akanjo fotsy mahafinaritra, izany rehetra izany dia miaraka amin'ny voninahitra sy ny fahafotsiana izay nibanjinako maharitra Azy.

17. "Ary avy eo dia nandroso indray izy ary nametraka ny tanany Havanana teo ambony lohako ary niteny hoe: 'Ankehitriny ry zafikeliko, tiako ho tsaroanao fa izany no fijoroana ho vavolombelon'ny dadabenao, fa efa nolazainy teo imolony fa efa nahita ny Mpamonjy izy, teto amin'ny Tempoly, ary niresaka taminy nifanatri-tava' " (tao amin'ny LeRoi C. Snow, "An Experience of My Father's," *Improvement Era*, Sept. 1933, 677).

Tsy azo adika mihitsy

Ny lalatsaran'ny Tempolin'i Salt Lake

Fahatakarana ny Famakiana

Ny Fampianarana sy ny Tenivavolombelon'i Lorenzo Snow

Andalana roa (and. 7)—Andalana roa miady rima ao amin'ny andininy

Nosoratana (and. 10)—Nanoratra

Feo (and. 12-—Feo nalefaka nazava tsara

Nandrakotra (and. 12-—Nameno, nanodidina

Lalantsara (and. 14)—Lalantsara

Fandalinana ny Famakiana

Ataovy ny asa A sy B rehefa mandalina ny "Filoha Lorenzo Snow" ianao.

A Miomana amin'ny Asa Fitoriana ny Filazantsara

1. Vakio Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 4:1–7 ary tanisao ireo toetra dimy voalaza ao izay eritreretinao fa manandanja ho an'ny misiônera mahomby.
2. Misafidiana tranga, na tantara, na fampianarana teo amin'ny fiainan'ny Filoha Lorenzo Snow izay hinoanao fa nampiseho fa manana ireo toetra ireo izy.
3. Misafidiana iray amin'ireo toetra ireo izay tianao hampitomboana betsaka kokoa eo amin'ny fiainanao ary hazavao ny antony mahazava-dehibe izany aminao ary inona no azonao hatsaraina

4. bebe kokoa hiomanana amin'izany toetra izany.

B Manomeza Fanazavana Fohy

Ny Loholona Dallin H. Oaks, izay mpikambana ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, dia niteny hoe: "Misy ireo olona sasany milaza hoe: 'tsy manana handoavana fahafolonkarena aho.' Ireo izay mametraka ny finoany amin'ny fampanantenan'ny Tompo dia miteny hoe: 'Tsy afaka ny tsy handoa ny fahafolonkarena aho' " (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Apr. 1994, 44; na *Ensign*, Mey 1994, 34).

1. Halalino ny Malakia 3:8–12 ary tanisao ireo fitahiana izay nampanantenaina ao ho an'ireo izay mandoa ny fahafolonkarena marina.
2. Avy amin'ny famakianao "Ny Fampianarana sy ny Tenivavolombelon'i Lorenzo Snow" (andalan-tsoratra 6–17), dia farito ireo fitahiana hitanao izay avy amin'ny Fiangonana noho ireo Olomasina mahatoky izay niaina ny lalàn'ny fahafolonkarena.
3. Inona ireo fitahiana azonao sy ho azonao amin'ny fandoavana ny fahafolonkarena marina?

Filoha Joseph F. Smith

Mpampianatra ny Fotopampianaran'ny Filazantsara

"Ny Filoha Joseph F. Smith dia nanompo ho Manampahefana Ambonin'ny Fiangonana nandritra ny 52 taona—tamin'ny naha-mpikambana azy tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, Mpanolotsainan'ny Filohan'ny Fiangonana efatra, ary tamin'ny naha-Filohan'ny Fiangonana nandritra ny 17 taona. Nampianatra ny filazantsaran'i Jesoa Kristy naverina amin'ny laoniny tamin'ny fahaiza-mandaha-teny, tamim-pahalemem-panahy, tamim-pandresen-dahatra izy, niantso ny olona mba 'hiaina am-pirindrana miaraka amin'ny rafitra napetraky ny Ray any an-danitra.' Ny fotoana nanompoany dia nanamarika ny fijoroany ho vavolombelona mahery vaika an'i Jesoa Kristy: 'Efa nahazo ny fijoroana ho vavolombelona avy amin'ny Fanahy tao anatin'ny foko iray manontolo aho, ary mijoro ho vavolombelona eo anatrehan'Andriamanitra, sy ireo anjely ary ny olona. . . fa fantatro fa velona ny Mpanavotra ahy' " (Teachings of Presidents of the Church: Joseph F. Smith *[1998], v).*

NY FIAINANY (1838–1918)



1838 Teraka tamin'ny 13 Nôvambra tao Far West, Missouri, zanak'i Hyrum (ny rahalahin'ny Mpaminany Joseph Smith) sy i Mary Fielding Smith

1844 5 taona, maty maritiora tao amin'ny Fonjan'i Carthage, Carthage, Illinois ny rainy

1848 9 taona, nandroaka ombin-tsarety avy any Winter Quarters, Iowa, ho any amin'ny lemak'i Salt Lake izy (teo amin'ny 1.600 kilaometatra)

1852 13 taona, natao batisa tamin'ny 21 Mey tao City Creek, Salt Lake City; maty ny reniny tamin'ny 21 Septambra

1854–57	15–19 taona, nanao asa fitoriana tany Hawai
1860–63	21–24 taona, nanao asa fitoriana tany Angletera
1866	27 taona, nanambady an'i Julina Lambson tamin'ny 5 Mey. Notokanana ho Apôstôly ary notendrena ho Mpanolotsainan'ny Fiadidiana Voalohany tamin'ny 1 Jolay izay nataon'ny Filoha Brigham Young. Nanompo ho Mpnolotsainan'ny Filoha Brigham Young, John Taylor (1880), Wilford Woodruff (1889), ary Lorenzo Snow (1898)
1874–75	35–36 taona, nanompo ho Filohan'ny Misiônan'ny Eoropa
1877	38 taona, nanompo indray ho Filohan'ny Misiônan'ny Eoropa
1901	62 taona, notohanana ho Filohan'ny Fiangonana
1918	80 Taona, maty tamin'ny 19 November tao Salt Lake City

NY FIADIDIANY (1901–18)

1902	Nanomboka nanatonta voalohany ny Gazetibokin'ny Fiangonana ho an'ny ankizy ny Fiangonana. (*The Children's Friend*)
1907	Afa-trosa ny Fiangonana
1911	Nanomboka nampiasa ny fandaharan'asan'ny Tily eto Amerika ny Fiangonana
1912	Nanomboka ny fandaharam-pampianaran'ny Seminera
1914	Nanomboka nanatonta gazetiboky ho an'ny vehivavin'ny Fiangonana ny Fiangonana
1915	Nanomboka ny takarivan'ny mpianakavy
1918	Nandray ny "Fahitana amin'ny Fanavotana ny Maty" izy (jereo F&F 138).

Ny Fiainan'ny Filoha Joseph F. Smith

1. "Tamin'ny taona nampahery vaika indrindra ny fanenjehana tao Missouri no teraka tao anatin'ny tranokely teo akaikin'ny toerana hananganana tempoly tao Far West i Joseph F. Smith tamin'ny taona 1838. Tamin'ny fotoana nahaterahan'i Joseph, ny rainy atao hoe, Hyrum Smith, dia nogadraina tao Richmond, tao Missouri, ary ny reniny atao hoe Mary Fielding Smith, dia niavotra irery mba hikarakara ny zanany.

2. "Niara-nifindra tamin'ny fianakaviany niala tao Missouri nankany Nauvoo, Illinois, i Joseph raha nitranga ny toe-javatra izay tsaroany nandritra ny androm-piainany—ny namonoana andrainy sy ny dadatoany tao amin'ny Fonjan'i Carthage. Tsy nohadinoin'i Joseph mihitsy ny fotoana farany nahitany an-drainy fony izy teny an-dalana ho any Carthage nitaingina soavaly, nobatainy ny zanany, norohany, ary navelany hidina. Tsy hainy nohadinoina koa ny fotoana nampihorohoro, izay nandrenesany ireo mpifanolobodirindrina taminy nandondona teo amin'ny varavarankely ny alina, mba hilaza amin'ny reniny fa maty novonoina i Hyrum. Ny fahitany ny rainy sy ny dadatoany nitsotra tao anaty vata-paty tao amin'ny trano Mansion tao Nauvoo dia tsy maty tao amin'ny fahatsiarovany mihitsy.

3. "Toy nihalehibe tao anatin'ny alina iray ilay zazalahikely atao hoe Joseph. Tamin'ny fotoana nanarahan'i Mary Fielding Smith sy ny fianakaviany ny fifindra-monina tany Nauvoo, dia ilay zazalahy kely 7 taona atao hoe, Joseph no mpitarika ny iray tamin'ireo kalesiny. Telo ambin'ny folo taona i Joseph raha maty ny reniny, ka namela azy ho kamboty, ary talohan'ny naha-feno 16 taona azy, dia nanao asa fitoriana ny filazantsara tany amin'ny nosy Sandwich (nantsoina hoe nosy Hawai taty aoriana) izy. Tao anatin' ny telo volana taorian'ny nahatongavany tao Honolulu, dia efa nahay tsara ny fitenin'ny mponina tao izy, fanomezam-pahasoavan'ny fanahy izay natolotry ny Loholona Parley P. Pratt sy Orson Hyde avy amin'ny Roambinifolo izay nanokana azy. Rehefa 21 taona izy, dia nandeha nitory ny filazantsara tany amin'ny toerankafa indray, tamin'izay fotoana izay dia, tany amin'ny Nosy Britanika izy nandritra ny telo taona.

4. "Vao 28 taona monja i Joseph raha dondona ny hanendry azy ho Apôstôly ny Filoha Brigham Young. Nandritra ny taona manaraka dia Mpanolotsainan'ny Filoha efatra teo amin'ny Fiangonana izy. Rehefa nodimandry i Lorenzo Snow tamin'ny volana Oktobra 1901, dia lasa Filoha fahenin'ny Fiangonana i Joseph F. Smith. Nalaza teo amin'ny fahaizany naneho sy niaro ny fahamarinan'ny filazantsara izy. Ny toriteniny sy ny soratra nataony dia nangonina tao amin'ny boky mitondra ny lohateny hoe *Gospel Doctrine (Fotopampianaran'ny Filazantsara),* izay lasa anisan'ny fotopampianarana manan-danjan'ny Fiangonana.



5. “Tamin’ny folo taona fiantombohan’ny taonjato faharoapolo, dia nandroso tamin’ny lafiny rehetra ny Fiangonana. Noho ny fanantitraterana momba ny fahafolonkarena sy ny fanohanan’ny Olomasina izany antso izany, dia afaka nandoa ny trosany rehetra ny Fiangonana. Nanaraka izany ny fotoan’ny firoboroboana, izay nahafahan’ny Fiangonana nanangana tempoly, trano fiangonana, sy toerana foibe ho an’ny mpitsidika ary nividianana toerana manan-tantara ho an’ny Fiangonana. Nanangana ny Biraon’ny Foibe tao amin’ny tanànan’i Salt Lake ihany koa ny Fiangonana izay mbola ampiasainy ho toy ny foiben-toerana hiasany hatramin’izao.

6. “Tsapan’ny Filoha Smith fa ilaina ny fisian’ny tempoly manerana izao tontolo izao. Tamin’ny fihaonambe tamin’ny taona 1906 tao Bern, Suisse, dia naninjitra ny tanany izy sady nanao hoe: ‘Ho avy ny fotoana izay hahafeno tempoly ity tany ity, izay azonareo aleha hanavotana ireo havanareo efa nodimandry’ [teny nindramina tao amin’ny Serge F. Ballif, tao amin’ny Tatitry ny Fihaonambe, Ôkt. 1920, 90]. Ny tempolin’ny Olomasin’ny Andro Farany voalohany indrindra tany Eoropa dia ny tempoly tao Suisse, izay notokanana efa ho antsasaky ny taonjato iray taorian’ny nanaovan’ny Filoha Smith ny faminaniany tany amin’ny toerana ambanivohitra iray. Ny Filoha Smith dia nanokana ny tany hanaovana tempoly tao Cardston, Alberta, Kanada, tamin’ny taona 1913 sy ny tany hananganana tempoly tany Hawai tamin’ny taona 1915.



7. “Nanomboka ny voalohandohan’ny taona 1900, dia nandrisika ny Olomasina ny mpitarika ny Fiangonana mba samy hitoetra any amin’ny taniny avy toy izay handeha hiangona any Utah. Tamin’ny taona 1911 i Joseph F. Smith sy ny Mpanolotsainany tao amin’ny Fiadidiana Voalohany dia nilaza izao fehezanteny izao: ‘Tsara ho an’ny olontsika ny hitoerany any amin’ny taniny fiaviany avy ka hanorina antokon’olona mba hanampy mandritra ny fotoana maharitra amin’ny asa fitoriana’ [tao amin’ny Clark, comp., *Messages of the First Presidency*, 4:222].

8. “Enina herinandro talohan’ny nahafatesan’ny Filoha Smith, dia nahazo fanambarana lehibe momba ny fanavotana ny maty izy. Hitany tamin’ny fahitana ny asa fanompoan’ny Mpamonjy tany amin’ny tontolon’ny fanahy ary fantany fa ny Olomasina mahatoky dia manana fahafahana hanohy ny fampianarana ny filazantsara any amin’ny tontolon’ny fanahy. Izany fanambarana izany dia nampidirina tao amin’ny Voahangy Lafo Vidy tamin’ny taona 1976 ary tamin’ny taona 1979 dia nafindra tao amin’ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana ho fizarana 138” (*Ny Lovantsika*, 105–7).

Fahatakarana ny Famakiana

Ny Fiainan’ny Filoha Joseph F. Smith

Nandondona (and. 2)—Nandondona

Fifindra-monina (and. 3)—Fiaingana lehibe tokoa

Mpitarika sarety (and. 3)—Mpitaingin-tsoavaly na omby

Fiteny (and. 3)—Fiteny

Nahay tsara (and. 3)—Tena nahay, mora foana

Naneho (and. 4)—Nampianatra

Antokon’olona mba hanampy mandritra ny fotoana maharitra (and. 7)—Sampana sy paroasy amin’ny fotoana maharitra

Fanavotana (and. 8)—Famonjena

Ny Fampianarana sy Tenivavolombelon’i Joseph F. Smith

9. “Nandritra ny naha-Filohan’ny Fiangonana an’ny [Filoha Joseph F. Smith], dia nikatsaka hatrany izy ny hanazava ny toetoetra sy ny andraikitry ny Ray sy ny Zanaka, indrindra mikasika



ireo andalan-tsoratra masina sasany izay maneho an’i Jesoa Kristy ho toy ny Ray. Mba hanampiana ireo Olomasina hahatakatra bebe kokoa ny soratra masina mahakasika ny Ray sy ny Zanaka, ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin’ny Apôstôly Roambinifolo dia namoaka fanehoana fotopampianarana tamin’ny 30 Jiona 1916 izay mitondra ny lohateny hoe ‘Ny Ray sy ny Zanaka.’ Izany filazana izany dia manamafy ny firaisankina eo amin’Andriamanitra Ray sy ny Zanany, Jesoa Kristy, ary nanazava ny andraikitry ny tsirairay ao amin’ny drafitry ny famonjena. Manazava ihany koa izany ny fomba nampiasaina ny teny hoe *Ray* izay hita ao amin’ny soratra masina izay sady manondro ny Raintsika any an-danitra sy i Jesoa Kristy ” (*Teachings of Presidents of the Church: Joseph F. Smith,* 353). Izany fanehoana fotopampianarana izany dia manazava ny fomba telo izay hilazana fa ny *Ray* dia i Jesoa Kristy: Izy no Rain’ny lanitra sy ny tany, Izy no Rain’ireo izay mihazona ny filazantsarany, ary Izy no Ray noho ny fanolorana ny fahefana masina taminy.

10. “Dikany [Iray] ara-tsoratra masina ho an’ny teny hoe ‘Ray’ dia Mpamorona. . . .

11. “. . . I Jesoa Kristy, izay fantatra ihany koa amin’ny hoe Jehovah, no mpanatanteraky ny Ray, Elohima, tamin’ny asa fahariana. . . . I Jesoa Kristy, izay Mpahary dia nantsoina hatrany hoe Rain’ny lanitra sy ny tany . . . ; ary noho ny famoronany izay manana toetra mandrakizay dia nantsoina manokana Izy ho Ray mandrakizain’ny lanitra sy ny tany. . . .

12. “Dikany [iray hafa] hanehoana fa i Jesoa Kristy dia ‘Ray’ dia ny fifandraisana misy Aminy sy ireo izay manaiky ny filazantsarany ary lasa mpandova ny fiainana mandrakizay. . . .

13. “. . . Tamin’ny fankatoavana ny Filazantsara dia tonga zanak’Andriamanitra sy zanak’i Jesoa Kristy ihany koa ny olona, ary amin’ny alalany amin’ny maha-zanaky ny Rainy Azy, dia nampahafantarina tamin’ny alalan’ny fanambarana maro nomena tamin’ity fotoampitantanana ity izany [jereo F&F 11:28–30; 34:1–3; 35:1–2; 39:1–4; 45:7–8]. . . .

14. “Amin’ny alalan’ny fahaterahana vaovao—amin’ny rano sy ny Fanahy—ny olombelona rehetra dia ho tonga zanak’i Jesoa Kristy. . . .

15. “Antony [iray hafa] hanehoana fa i Jesoa Kristy dia ‘Ray’ dia hita porofo eo amin’ny fifandraisany amin’ny fianakavian’olombelona, fa i Jesoa ilay zanaka dia misolo tena an’i Elohima Ray

amin'ny hery sy ny fahefana. Izay no tena Kristy tamin'ny fiainany talohan'ny nahaterahany, na tamin'ny toetra mbola tsy nisy vatana, izay nahafantarana azy hoe Jehovah; ary koa nandritra ny fiainany ara-nofo; ary nandritra ny fialan'ny vatany tamin'ny fanahiny tany amin'ny toeran'ny maty; ary hatramin'izay fotoana izay nitsangananany tamin'ny maty [jereo Jaona 5:43; 10:25, 30; 14:28; 17:11, 22; 3 Nefia 20:35; 28:10; F&F 50:43]. Ary ny Ray dia nametraka ny anarany teo amin'ny Zanaka; ary i Jesoa Kristy dia niteny sy nanompo tamin'ny anaran'ny Ray; ary raha ny hery, fahefana sy ny maha-Andriamanitra no resahina dia nanao ny ho nataon'ny Ray Izy teo amin'ny teniny sy ny asany" ("The Father and the Son: A Doctrinal Exposition by the First Presidency and the Twelve," *Improvement Era,* Aog. 1916, 935–37, 939–40).

16. Tamin'ny taona 1909 ny Filoha Joseph F. Smith sy ny Mpanolotsainan'ny Fiadidiana Voalohany dia namoaka filazana ho valiny zavatra nangatahiny "momba ny fijerin'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany. . . mikasika ny lohahevitra amin'ny fiandohan'ny olona. . . .

17. ". . . Ndeha isika hangataka ankehitriny: Ahoana no endriky ny olona, amin'ny fanahy sy amin'ny vatana, tahaka ny namoronana azy tany am-boalohany? Amin'ny ankapobeny ny valiny dia nomena tamin'ny teny nofidiana tao amin'ny lahatsoratra ao amin'ity fanambarana ity. 'Andriamanitra dia namorona ny olona araka ny endriny.' . . . Raha, toa isika ka mahazo antoka ny endriky ny 'Rain'ny fanahy,' 'Ilay Andriamanitry ny fanahy sy ny nofo rehetra,' dia ho afaka ny hahafantatra ny endrik'olombelona tany am-piandohana isika.

18. "I Jesoa Kristy, ilay Zanakalahin'Andriamanitra, dia ilay 'endriky ny tenan'ny' Rainy (Hebreo 1:3). Nandia ny tany tahaka ny olombelona Izy, ilay lehilahy tsy nisy pentina, ary nilaza ny valin'ny fanontaniana napetraka Taminy: 'Izay nahita Ahy dia nahita ny Ray' (Jaona 14:9). Izany filazana tokana izany dia mamaha ny olana amin'ny fanomezana fahafaham-po ireo eritreritra feno fandalinana sy fanajana rehetra. Tsy hay toherina ny tsoan-kevitra avy amin'izany, raha toa ka ny Zanakalahin'Andriamanitra no manana ny endriky ny (izany hoe mitovy) Rainy, noho izany ny Rainy dia manana endrik'olombelona; satria izany no endriky ny Zanakalahin'Andriamanitra, tsy nandritra ny fiainana an-tany ihany, fa talohan'ny nahaterany ihany koa, ary taorian'ny nitsangananany tamin'ny maty. . . . Ary raha nanao ny olona Andriamanitra—ny olona voalohany indrindra—dia nataony araka ny endriny sy mitovy azy, dia tsy maintsy nataony nitovy tamin'i Kristy koa izany, ary vokatr'izany dia mitovy amin'ny olona tamin'ny andron'i Kristy sy amin'izao fotoana izao. . . .

19. "I Adama, ilay raibentsika tokoa, 'ilay lehilahy voalohany,' dia, mitovy amin'i Kristy, fanahy talohan'ny nahaterahana, ary tahaka an'i Kristy dia naka vatana mifanaraka aminy izy, vatan'olombelona, ary dia lasa 'fanahy velona.' Ny fotopampianaran'ny fiainana talohan'ny nahaterahana,—dia nambara feno, indrindra amin'izao andro farany izao, izay nandrotsaka tondradranom-pahazavana teo amin'ny olan'ny mifono misitery momba ny niandohan'olombelona. Izany dia maneho fa ny olona, amin' ny maha-fanahy azy, dia novolavolaina sy nateraky ny ray amandreny any an-danitra, ary notezaina ho amin'ny fahamatorana tao amin'ny trano mandrakizain'ilay Ray, talohan'ny nahatongavana teto an-tany sy hiatrika ny traikefa amin'ny fiainana an-tany. Izany dia mampianatra fa ny olona rehetra dia efa nisy ara-panahy talohan'ny nisian'ny olona ara-nofo, ary ireo rehetra izay nonina teto an-tany hatramin'i Adama dia nandray vatana mitovy ary tonga olona.

20. "Misy ireo sasany izay mbola mihazona fa tsy i Adama no lehilahy voalohany teto an-tany, ary ny fiandohan'ny olona dia avy amin'ny fivoarana avy tamin'ny lamina ambanin'ny famoronana ny biby. Na izany aza dia hevitr'olombelona fotsiny ihany izany. Ny tenin'ny Tompo dia manambara fa i Adama no 'olona voalohany tamin'ny olona rehetra' (Mosesy 1:34), ary noho izany isika dia manana andraikitra ny mandray azy ireo ho ray amandrenintsika voalohany amin'ny karazan-tsika. . . .

21. "Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany, izay mifototra ny finoany amin'ny fanambarana avy andanitra, taloha sy maoderina, dia manambara fa ny olona dia taranaka mivantana sy zanaka mivantana avy any an-danitra. Andriamanitra tenany aza moa dia olona nisandratra, tanteraka, miavaka, ary ambony indrindra. . . . Namorona ny tsiboboka sy ny rajako Izy, ny liona sy ny elefanta, fa tsy nataony araka ny endriny izany, na nanome azy ireo toetran'Andriamanitra sy faharanitan-tsaina Izy" ("The Origin of Man," *Improvement Era,* Nôv. 1909, 75, 77–78, 80–81).

22. "[Ny Mpaminany] Joseph Smith dia nampianatra ny fotopampianarana fa ny zazakely izay mandalo ny fahafatesana dia hitsangana amin'ny maty amin'ny maha-zaza azy; ary, nanondro ny renin'izany zaza tsy misy ainy izany izy dia hoy izy taminy: 'Hanana hafaliana ianao, fahafinaretana sy fahafaham-po amin'ny fikarakarana indray izany zaza izany, aorian'ny fitsanganany amin'ny maty, mandrapaha-tongan'ny vatan'izany hifanaraka amin'ny haben'ny fanahiny.' Misy ny famerenana, misy ny fitomboana, misy ny fivelarana aorian'ny fitsanganana amin'ny maty. Tiako ity fahamarinana ity. Miteraka fahasambarana, ny hafaliana sy ny fankasitrahana ao amin'ny fanahiko izany. Misaotra ny Tompo izay nanambara ireo fitsipika ireo tamintsika " ("Status of Children in the Resurrection," *Improvement Era,* Mey 1918, 571).

23. Tamin'ny taona 1915 ny Filoha Joseph F. Smith sy ny Mpanolotsainan'ny Fiadidiana Voalohany dia namoaka taratasy "ho an'ny Filohan'ny Tsatòka, Eveka ary ny ray aman-drenin'i Ziona"

24. "Manoro hevitra sy manentana ny Fiangonana iray manontolo izahay mba hanomboka ny 'Takarivan'ny Mpianakavy,' manerana ny Fiangonana izay fotoana hanangonan'ny ray sy ny reny ireo zanakalahiny sy zanakavaviny hiaraka aminy ao an-tokantranony sy hampianatra azy ireo ny tenin'ny Tompo. . . .

25. “Raha mankatò izany fampanantenana izany ireo Olomasina dia mampanantena izahay fa fitahiana lehibe no ho azo. Hitombo ny fitiavana eo an-tokantrano sy ny fankatoavana ireo ray amandreny. Hiroborobo ao am-pon’ny tanoran’i Isiraely ny finoana, ary hanomboka hahazo hery hiatrehana ny fitarihan’ny devoly sy ireo fakam-panahy manoloana azy izy ireo” (“Home Evening,” *Improvement Era,* Jiona 1915, 733–34).

26. “Misy foana ireo zavatra tsy ampy eo amin’ny fiainan’ny olona izay mandany ny hatanorany amin’ny faharatsiana sy fahotana, izay avy eo miova hanaraka ny fahamarinana taona maro aty aoriana. Mazava ho azy, fa mankasitraka ny fibebahany ny Tompo, ary tsaratsara kokoa ary izany mihoatra ny olona iray izay miharatsy any aoriana any, ary manohy manota mandritra ny andrompiainany, kanefa ny tena marina dia mazava tsara fa ny ampahany tsara indrindra amin’ny fiainany sy ny tanjany dia lanilany foana, ary tsy misy afa-tsy ampaham-panompoana kely sisa tavela no atolotra ny Tompo. Hisy ny fanenenana sy ny fahavakisan’ny fo amin’ny fibebahana tara amin’ny fiainana noho ireo hadalana sy fahotana tamin’ny fahatanorana, fa misy foana ny fampiononana sy ny valisoa lehibe ho an’ireo manompo ny Tompo amin’ny andron’ny fahatanorany” (“A Lesson for the Boys,” *Improvement Era,* Feb. 1906, 338).

27. Ny Filoha Joseph F. Smith dia nirakitra ny nofiny tamin’izy zatovolahy mbola nanao asa fitoriana:

28. “Nanonofy aho hoe nanao dia iray, ary toa mila mandeha hainganka ingana. . . . Farany dia tonga teo amin’ny trano mahafinaritra iray aho. . . . Rehefa nanatona izany faran’izay haingana aho dia nahita marika fampahafantarana iray hoe: ‘Trano fandroana.’ Nivily haingana tao amin’izany aho ary nandeha nandro sy nidio. Nosokafako ilay kitapo kely nentiko ary nisy akanjo fotsy madio tao . . . izay nanaovako. Avy eo aho dia nanatona faingana ilay faritra lehibe fidirana na varavarana. Nandondona aho ary dia nisokatra ilay varavarana. Ny Mpaminany Joseph Smith no nijoro teo. Nijery ahy tamin’ny endrika somary hentitra izy ary ny teny voalohany nolazainy dia hoe: ‘Ry Joseph, tara ianao.’ Kanefa tamim-pahatokian-tena no nilazako hoe:

29. “ ‘Eny, saingy madio aho—Madio aho!’

30. “Noraisiny ny tanako ary nentiny niditra aho, ary avy eo dia nakatony ilay varavarambe (*Gospel Doctrine,* 542).

31. Indray andro, rehefa niverina avy tany amin’ny asa fitoriany voalohany i Joseph F. Smith, “taorian’ny nanatontosan’ireo vondrona mpitarika sarety dia somary lavidavitra ary nananganan’izy ireo ny tobim-pilasiany, dia nisy vondrona lehilahy mamo mpitaingin-tsoavaly nandalo ny toby, nanozona sy nianiana izy ireo ary nandrahona fa hamono izay rehetra ‘Môrmôna’ mifanena amin’ny lalan’izy ireo. I Joseph F. Smith no nifanehatra tamin’ireto mpangalatra ireto voalohany. . . . Joseph F. dia tsy dia lavitra ny toby teo am-panangonana kitay ho an’ny afo rehefa nandalo teo akaikiny ireto lehilahy ireto. Rehefa nahita azy ireo izy, hoy ny fitantarany, ny tao an-tsainy voalohany dia ny hanao tahaka ireo rahalahy hafa, ary mitady fiafenana any anaty hazo sy lobolobo. Dia nisy eritreritra tonga taminy, ‘Fa nahoana aho no tokony hitsoaka an’ireto olona ireto?’ Niaraka tamin’izany eritreritra tao an-tsainy izany izy dia nandeha tamim-pasahiana niaraka tamin’ireo kitay izay mameno ny tanany handretana afo ao an-toby. Raha iny izy handeha hametraka ny kitay iny, dia tamy ny iray tamin’ireo jiolahy, niaraka ny basiny teny am-pelatanany ary nanambana ity Loholona tanora ity, ary nanozona tahaka ireny mamo tsy misy fotony ireny, nanambara fa adidiny no mandripaka izay rehetra ‘Môrmôna’ mifanena aminy, nanontany tamin’ny feo mafy sady tezitra, ‘Ianao angaha ”Môrmôna“?’

32. “Tsy nisy fotoana nihanahanahana akory sady nibanjina ny mason’ilay jiolahy, no namalian’i Joseph F. Smith tamim-pahasahiana hoe: ‘Eny tompoko; hatrany anaty tsinay mainty mihitsy.’

33. “Tamim-pasahiana sy tsy nisy endrika fahatahorana tokoa ny valinteny nomena, hany ka nanala tanteraka ny fiadian’ity lehilahy tia sotasota ity, ary tamin’ny fomba fijeriny, dia noraisiny tamin’ny tanany ity misiônera ary dia hoy izy hoe:

34. “ ‘Eny ary, ianao izao . . . no lehilahy faran’izay mahafinaritra nihaona tamiko! Peho ny dimy ry zandrikely, mahafaly ahy ny mahita lehilahy mijoro amin’ny faharesen-dahany tahaka izao.’

35. “Nilaza i Joseph F. taona maro taty aoriana fa efa niandry ny hahazo ny anjarany tamin’ilay poletan’ilay lehilahy izy, kanefa dia tsy nandray lalana hafa izy na dia hitany aza fa ny fahafatesany no mety ho vokatr’izany. Ity lehilahy ity, izay mazava ho azy fa filohan’ireto jiolahy ireto, dia lasa nandeha, ary dia nanaraka azy ireo hafa, ka tsy nanana fanahiana intsony ireo vondrona Môrmôna” (Joseph Fielding Smith, comp., *Life of Joseph F. Smith,* 2nd ed. [1969], 188–89.)

36. “Mino ny fahamarinana isika. Mino ny fahamarinana rehetra isika, na inona na inona lohahevitra hampitahain’izany. Tsy misy antokom-pivavahana na antokom-pinoana eto amin’izao tontolo izao manana fitsipiky ny fahamarinana tokana ka tsy ekentsika na holavintsika. Vonona isika handray ny fahamarinana rehetra, na avy aiza na avy aiza loharanon’izany; fa hijoro ny fahamarinana, haharitra ny fahamarinana. Tsy misy finoan’olona iray, na fivavahan’olona iray, na fikambanam-pivavahana iray eto amin’izao tontolo izao ka mitsangana ambonin’ny fahamarinana. Ny fahamarinana dia tsy maintsy fototry ny fivavahana, raha tsy izany dia ho zava-poana ary dia hirodana ny tanjon’izany. Lazaiko fa ny fahamarinana no fototr’izany, any ambany sy eny an-tampony—ary mameno tanteraka ity asa lehiben’ny Tompo ity izay naorina tamin’ny alalan’ny fampiasana ny Mpaminany Joseph Smith. Miaraka amin’izany Andriamanitra. Asany izany, fa tsy an’olombelona; ary hahomby izany na inona na inona fifanoherana misy” (tao amin’ny Tatitry ny Fihaonambe, Apr. 1909, 7).

37. “Fantatro fa velona ilay Mpanavotra ahy. Tsapako ao anatin’ny tenako manontolo izany. Tena afa-po fotsiny amin’izany aho tahaka ny fahafaham-poko amin’ny fiainako manokana. Tsy misy zavatra hafa azoko antoka mihoatra ny fahafantarako fa velona ny Mpanavotra ahy, ary velona ny Andriamanitro, Rain’ny Mpamonjy ahy. Tsapako ao amin’ny fanahiko izany; ary resy lahatra tanteraka ny amin’izany ny fiainako iray manontolo” (*Gospel Doctrine,* 69).

Fahatakarana ny Famakiana

Ny Fampianarana sy Tenivavolombelon'i Joseph F. Smith

Hanondroana (and. 9)—Anarana

Fanehoana (and. 9)—Fanazavana

Manazava (and. 9)—Mampianatra mazava tsara

Talohan'ny nahaterahana (and. 15)—Talohan'ny fiainana

Hangataka (and. 17)—Hamantatra

Raibe (and. 19)—Razambe

Notezaina tamin'ny fahamatorana (and. 19)—Nobeazina tamin'ny maha-olona

Nonina (and. 19)—Niaina

Mitovy (and. 19)—Mitovy amin'izany

Voalohany (and. 20)—Voalohany

Zanaka mivantana avy any an-danitra (and. 21)—Taranak-'Andriamanitra mivantana

Nanome (and. 21)—Nitahy, nanendry

Mikarakara (and. 22)—Mikolokolo sy manabe

Habe (and. 22)—Hadiry

Fanokanana (and. 24)—Fanombohana

Mandringana (and. 25)—Mambabo, pesta

Hadalana (and. 26)—Hadisoana, fahadalana

Fampiononana (and. 26)—Fankaherezana

Akanjo (and. 28)—Fitafiana

Nanivingivin-doha (and. 28)—Tamin'ny fomba fanitsiana ampitiavana

Mameno (and. 36)—Mameno

Fampiasana (and. 36)—Ezaka sy asa

Tenako iray manontolo (and. 37)—Ampahan'ny fanahiko

Fandalinana ny Famakiana

Ataovy ny roa amin'ireto asa manaraka ireto (A–E) rehefa mandalina ny "Filoha Joseph F. Smith" ianao.

A Famerenana ny Fiainan'ny Filoha Smith

Halalino ny fiainana sy ny fiadidian'i Joseph F. Smith ary tanisao ny taonany tamin'ireto zava-nitranga manaraka ireto:

1. Ny rainy, Hyrum Smith, dia tao amin'ny Fonjan'i Liberty (jereo koa ny sasin-tenin'ny F&F 121).
2. Ny rainy sy ny dadatoany, ny Mpaminany Joseph Smith, dia novonoina (jereo koa F&F 135:1).
3. Nitarika sarety ho any amin'ny Lemak'i Salt Lake izy.
4. Nataon'ny Filoha Heber C. Kimball batisa izy.
5. Maty ny reniny.
6. Nandeha nitory filazantsara voalohany izy.
7. Natokana ho Apôstôly izy.
8. Nanambady ny vadiny voalohany izy.
9. Neken'ny Fiangonana ny Filazana Ôfisialy 1.
10. Nandray ny fahitana voarakitra ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 138 izy.
11. Nodimandry izy.

B Mitadiava Ohatra

Ny Filoha Joseph F. Smith dia nanoratra hoe: "Ny maha-Olomasin'ny Andro Farany dia mitaky ny fahafoizana ny tanjona sy fahafinaretana eo amin'izao tontolo izao; mitaky fahatokiana izany, toetra matanjaka, fitiavana ny fahamarinana, fahamarinan'ny fitsipika, ary faniriana mihoam-pampana hahita ny fandresana, sy fandrosoan'ny fahamarinana hatrany" ("Principle, Not Popularity," *Improvement Era,* Jolay 1906, 733). Manomeza ohatra telo avy amin'ny fiainany izay mampiseho fa tena Olomasin'ny Andro Farany marina izy.

D Manaova Lisitra

Avy amin'ny tabilao misy ny fiainana sy ny fiadidian'ny Filoha Joseph F. Smith (p. 219), dia lazao ny fotoana nananganana voalohany ny seminera, ny fotoana nanarahan'ny Fiangonana voalohany ny fandaharan'asan'ny Tily, ary oviana no nanombohan'ny takarivan'ny mpianakavy. Soraty ny fomba hanampian'ireo zavatra tsirairay ireo avy ny fianakaviana sy ny olona tsirairay hanohitra sy hiala amin'ny fakam-panahin'izao tontolo izao ankehitriny.

Ny kilasin'ny seminera voalohany indrindra dia notanterahina tao amin'ny Grantite Seminary tao Salt Lake City.

E Saintsaino ny Fampianarany

Avereno vakiana ny fampianaran'ny Filoha Joseph F. Smith ao amin'ny andininy 9–37, ary valio ireto fanontaniana manaraka ireto:

1. Iza no niresaka tammin'i Emma Smith tao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 25:1—ny Ray any andanitra ve sa i Jesoa Kristy?
2. Inona no fanomezan'Andriamanitra izay mampiavaka ny olona amin'ny fiainan'ny biby rehetra?
3. Moa ve ny zazakely nodimandry dia hitsangana amin'ny maty tamin'ny naha-ankizy kely azy sa ho lasa olon-dehibe?
4. Inona ny sasany amin'ireo fitahiana nampanantenaina amin'ny fanaovana takarivan'ny mpianakavy?
5. Fa nahoana ny taonan'ny fahatanorana no ampahany manandanja eo amin'ny fiainana, ary ahoana no maha-lanilany foana izany?

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 138

Fahitana ny amin'ny Fanavotana ny Maty

"Fanambarana feno voninahitra no nomena ny Filoha Joseph F. Smith momba ny asan'ny olo-marina any amin'ny tontolon'ny fanahy. Tamin'ny 3 Ôktôbra 1918, raha mbola nisaintsaina momba ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy ny Filoha Smith, dia nanokatra ny Baiboliny izy ary namaky ny 1 Petera 3:18-20 sy ny 4:6 momba ny fitorian'ny Mpamonjy ireo fanahy tany an-tranomaizina. Rehefa nandinika izany andalana izany izy, dia tonga teo aminy ny Fanahin'ny Tompo, ary dia nahita fahitana ireo 'vahoakan'ny maty' izy izay niangona tao amin'ny tontolon'ny fanahy. Hitany ny Mpamonjy niseho tamin'izy ireo ary nitory ny filazantsara tamin'ny olo-marina. Naseho azy fa ny Tompo dia manendry olon-kafa hanohy izany asa fitoriana izany, ary ireo loholona mahatoky eto amin'ity fotoampitantanana ity dia hitory ihany koa amin'ireo efa maty aorian'ny hialany eto amin'ity fiainana an-tany ity. Mba hahafahan'ireo rehetra efa maty ho voavonjy.

*"Ity 'Fahitana ny amin'ny Fanavotana ny Maty' ity dia nampahalalain'ny Filoha Smith tamin'ny Fiadidiana Voalohany sy ny Roambinifololahy, izay niraisan'izy ireo feo ny fanekena izany ho fanambarana. Tamin'ny taona 1976 ity fanambarana ity dia nampidirina tamin'ny fomba ôfisialy ho ao anatin'ny soratra masina ankatoavin'ny Fiangonana ary fotoana fohy taorian'izay dia natao tao amin'ny fizarana faha-138 ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana" (*Church History in the Fulness of Times, *493).*

Fahatakarana ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 138

Nieritreritra (and. 2)—Nandinika, nisaintsaina

Fanavotana (and. 2)—Famonjena

Naseho (and. 3)—Naseho

Niverina (and. 5)—Namerina

Voalohany (and. 5)—Taloha, tany am-piandohana, tany amboalohany

Novelomina (and. 7)—Natao velona

Nitovy (and. 13)—Fitoviana na fampitahana

Fiaviana (and. 16)—Fahatongavana

Ny vovoka matoriny (and. 17)—Faty

Nitafa (and. 18)—Niresaka

Nandoto ny tenan'izy ireo (and. 20)—Misafidy ny fiainana feno fahotana

Famirapiratana (and. 24)—Voninahitra, hazavana

Niezaka (and. 25)—Nanandrana

Nandidy (and. 30)—Nanome lalana

Batisa isoloana tena (and. 33)—Batisa ataon'ny velona ho an'ireo izay efa maty

Fipetrahany (and. 36)—Diany

Tandindona (and. 48)—Ohatra

Mijoro ho vavolombelona (and. 60)—Mijoro ho vavolombelona

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny roa amin'ireto asa manaraka ireto (A–D) rehefa mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 138 ianao.

A Manorata Taratasy

Ndeha atao hoe volana Ôktôbra 1918 izao ary ianao dia nanoratra tamin'ny namanao iray, nanazava ny zava-nitranga nanodidina ny fahitan'ny Filoha Joseph F. Smith. Ampidiro ao anatin'izany ny andininy milaza ny nataon'ny Filoha Smith taloha sy taorian'ny fahitana, famintinana fohy mikasika ny fahitana, ary ny ampianarin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 138:1–6, 11, 28–29 momba ny fiomanana sy fandraisana ny fanambarana avy amin'Andriamanitra.

B Inona no Nianaran'ny Filoha Smith?

Avy amin'ny zavatra nianaranao tao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 138, dia valio ireto fanontaniana manaraka ireto:

1. Taiza araka ny fampianaran'ny 1 Petera 3:18–20 sy 4:6 (jereo F&F 138:7–10) no toerana nalehan'i Jesoa Kristy teo anelanelan'ny fotoana nahafatesany sy nitsanganany tamin'ny maty?
2. Inona no fanazavana fanampiny ampianarin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 138:11–22 momba ireo izay notsidihan'ny Mpamonjy sy ireo tsy mba notsidihany?
3. Inona no fanontaniana napetraky ny Filoha Smith momba ny fitsidihan'i Jesoa ny tontolon'ny fanahy? Dia inona no valiny azony? (Jereo and. 25–37.)
4. Inona no zavatra nianaran'ny Filoha Smith momba ny mahazava-dehibe ny tempoly? (jereo and. 50–60).

C Fivorian-dehiben'ny Olo-marina

1. Avy amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 138:38–52, dia tanisao ny anaran'ireo olona efa maty izay hitan'ny Filoha Smith tany amin'ny tontolon'ny fanahy. Hazavao ny nitranga tamin'izy ireo.

2. Avy amin'ny andininy 53–56, dia tanisao ireo anaran'olona avy amin'ny tantaran'ny Fiangonana izay hitan'ny Filoha Smith tao amin'ny tontolon'ny fanahy ary soraty ny "fanamarihan'ny" Filoha Smith momba azy ireo.
3. Tanisao ny anaran'ireo olona dimy fanampiny izay eritreretinao fa tao amin'ny "fivorian-dehibe" (jereo and. 39, 49).
4. Tanisao ireo teny sy andian-teny izay mamaritra ny olona voalaza ao amin'ny andininy 38–56, ary tanisao ny fomba hahafahanao mitovy bebe kokoa amin'izy ireo.

Filoha Heber J. Grant

Vonona Hanompo ny Tompo

Ny Filoha James E. Faust, Mpanolotsaina tao amin'ny Fiadidiana Voalohany, dia niteny hoe: "I Heber J. Grant no Filohan'ny Fiangonana voalohany indrindra nananako fahafahana hihaona. Tena lehilahy manan-kaja marina izy. Mankasitraka azy izahay noho ny iray amin'ireo tanjany dia ny fananany fifehezan-tena lehibe izay tsy voahozongozona." Dia nanazava hatrany ny Filoha Faust fa tamin'ny mbola zatovolahy, i Heber J. Grant dia votsa teo amin'ny fanipazana baolina fanaovana baseball, ratsy soratra, ary mamalan-kira rehefa mihira. "Fa tamin'ny alalan'ny fanazarany ny tenany nandritry ny fiainany iray manontolo, dia nisy fivoarana teo amin'ny fihirany fa mety tsy tsara loatra mihoatra ny fivoarany teo amin'ny fanipazana baolina sy ny fanoratana izany, izay voafehiny tanteraka. Nisy fomba fiten'ny Filoha Grant izay, avy amin'i Ralph Waldo Emerson izay tiany indrindra ka niainany manao hoe: 'Izay rehetra ezahina atao dia lasa mora ho antsika ny manao izany; tsy hoe ny toetran'ilay zavatra no miova, fa ny herintsika manao izany no mitombo' " (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Apr. 2000, 56–57; na Ensign, *Mey 2000, 44–45). Ny fikasany hivoatra hatrany dia nitahy ny Filoha Grant nandritra ny fiainany.*

Ny Loholona John Longden, izay Mpanampy tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia, nizara traikefa izay nolazain'ny Loholona Clifford E. Young taminy, izay Mpanampy tao amin'ny Kôlejin'ny Roambinifololahy ihany koa: "Telo na efatra herinandro tao alohan'ny nahafatesan'ny [Filoha Grant], dia namangy azy tany an-tranony ny Rahalahy Young. Nanao izao vavaka izao ny Filoha Grant: 'Andriamanitra Ô, tahio aho mba tsy ho very ny fijoroako ho vavolombelona ary [mba hahafahako] mijanona mahatoky hatramin'ny farany!' " (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Ôkt. 1958, 70).

NY FIAINANY (1856–1945)

1856	Teraka tao Salt Lake City tamin'ny 22 Nôvambra ary zanak'i Jedediah Morgan Grant sy Rachel Ridgeway Ivans Grant. Ny rainy, izay mpanolotsainan'ny Filoha Brigham Young, dia nodimandry sivy taona taty aoriana.
1872	16 taona, nahavita ny fianarana tao amin'ny ambaratonga farany ary nanomboka niasa tamin'ny sehatry ny banky sy ny fandraharahana
1877	20 taona, nanambady an'i Lucy Stringham tamin'ny 1 Novambra; maty tamin'ny taona 1893 i Lucy Stringham
1880	23 taona, nantsoina ho filohan'ny tsatòka
1882	25 taona, notokanan'ny Filoha George Q. Cannon, Mpanolotsaina tao amin'ny Fiadidiana Voalohany ho Apôstôly
1883–84	26–27 taona, nitory ny filazantsara tany amin'ny tany Amerikana Indiana
1901–1906	43–48 taona, nanompo ho filohan'ny misiôna voalohany tany Japana, avy eo filohan'ny misiôna Britanika sy Eoropa
1916	60 taona, lasa Filohan'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo
1918	62 taona, notohanana ho Filohan'ny Fiangonana taorian'ny nahafatesan'ny Filoha Joseph F. Smith
1945	88, nodimandry tamin'ny 14 Mey tao Salt Lake City

NY FIADIDIANY (1918–45)

1919, 1923, 1927	Nanokana ny tempolin'i Hawai, Alberta, ary Arizona izy
1924	Nalefa tamin'ny alalan'ny fampitana tamin'ny onjam-peo ny fihaonamben'ny Fiangonana.
1925	Naorina ny misiôna voalohany tany Amerika Atsimo

1926	Nanomboka ny fandaharam-pampianaran'ny Institiota fianarana ny filazantsara
1930	Nankalaza ny faha-zato taonany ny Fiangonana (nisy mpikambana teo amin'ny 670.000 tamin'izany
1936	Nanorina ny fandaharan'asa ho fifanampiana ao amin'ny Fiangonana
1941–44	Nanomboka ny fandaharan'asa hanampiana ny mpikamban'ny Fiangonana manompo ara-miaramila nandritry ny Ady Lehibe faha-II izy

Ny Fiainan'ny Filoha Heber J. Grant

1. "Fotoana fohy talohan'ny nahafatesany tamin'ny volana Nôvambra taona 1918, ny Filoha Joseph F. Smith dia nandray ny tanan'i Heber J. Grant izay Filohan'ny Roambinifololahy, niarahaba azy, ka nanao hoe: 'Hitahy anao anie ny Tompo, anaka, hitahy anao anie ny Tompo, lehibe tokoa ny andraikitrao. Tsarovy mandrakariva fa asan'ny Tompo izy ity, fa tsy an'olombelona. Lehibe noho ny olombelona rehetra ny Tompo. Fantany izay olona tokony hitarika ny Fiangonany ary tsy diso mihitsy izy amin'izany' ["Editorial," *Improvement Era,* Noand. 1936, 692]. Lasa Filoha fahafiton'ny Fiangonana i Heber J. Grant tamin'ny faha-62 taonany, rehefa nanompo tamin'ny naha-apôstôly nanomboka tamin'ny taona 1882.

2. "Tamin'ny fahatanorany ary nandritra ny androm-piainany manontolo, dia nampiseho finiavana tsy mahazatra i Heber tamin'ny fanatrarana ny tanjona. Tamin'ny naha-lahitokana notezain'ny reny mananontena azy dia mazana izy no tsy dia mpanao ireo karazan'ny fiaraha-mientana nataon'ny ankizy lahy mitovy taona aminy. Raha nirotsaka ho anisan'ny mpilalao baseball izy, dia nohadrohadroin'ny ankizy noho ny tsy fahaizany sy ny fikaviaviany ary tsy navela hiditra ho anisan'ny mpilalao. Na dia izany aza anefa, dia tsy kivy izy fa nandany ora maro nanao fanazaran-tena tamin'ny fanipazana baolina ary dia lasa mpilalao tamin'ny tarika hafa izay nandresy tamin'ny fifaninana ho tompon-daka tao antoerana.

3. "Tamin'ny fahazazany dia naniry ny ho tonga mpitam-boky izy noho ny fahafantarany fa izany dia hitondra vola bebe kokoa noho ny asa fanadiovan-kiraro nataony. Tamin'izany fotoana izany dia nilaina ny fahaizana manoratra tsara vao tonga ho mpitam-boky, izy anefa dia ratsy soratra tokoa ka lazain'ny namany fa rangotr'akoho ny sorany. Mbola tsy kivy ihany koa izy tamin'ity indray mitoraka ity fa nianatra nanoratra nandritra ny fotoana naharitra. Nanjary nalaza tamin'ny fahaizana manoratra izy, ary lasa nampianatra nanoratra tany amin'ny oniversite ary nantsoina matetika hanoratra tahirin-kevitra. Ohatra lehibe ho an'ny olona maro izay nahita ny fanapahan-keviny izy mba hiezaka hanao izay tratry ny heriny amin'ny fanompoana ny Tompo sy ny namany.

4. "Ny Filoha Grant dia mpandraharaha hendry sady nahomby ary nanampy azy ny fahaizany teo amin'ny fitarihana ny Fiangonana teo amin'ny lafiny olana ara-bola naneran-tany sy ny olana nianjady taminy manokana izay nitranga avy amin'izany. Nanam-pinoana lalim-paka izy fa tokony hahaleo-tena ary hiankina amin'ny Tompo sy ny asa toy izay miankina amin'ny governemanta. Nitondra fahasoavana ho an'olona maro nila fanampiana taminy izy tamin'ny alalan'ny vola niditra taminy.

5. "Tamin'ny taona 1930, ny Olomasina toy ny olona maro teto amin'izao tontolo izao, dia niady tamin'ny tsy fananan'asa sy ny fahantrana nandritra ny fotoan-tsarotra ara-toekarena. Tamin'ny taona 1936, ho valin'ny fanambarana avy amin'ny Tompo, dia nanao fandaharan'asa fanampiana ho an'ny Fiangonana mba hanampiana ireo mila izany sy hanampiana ireo mpikambana mba hahaleo-tena ny Filoha Grant. Izao no nambaran'ny Fiadidiana Voalohany mikasika izany fandaharan'asa izany: 'Ny tanjontsika voalohany, dia ny hametraka, arak'izay tratra, tetik'asa iray izay hanaisotra ny ozon'ny hakamoana, haningotra ny toetra ratsin'ny fahazoan-javatra maimaim-poana [fandraisana zavatra tsy nisasarana] ary hapetraka eo anivon'ny olontsika indray ny tsy fiankinan-doha, ny fiasana mafy, ny fitsisiana ary ny fanajana ny tena manokana. Ny tanjon'ny Fiangonana dia ny hanampy ny olona mba hanampy ny tenany. Haverina indray ho fitsipika mitantana ny fiainan'ny mpikamban'ny Fiangonantsika ny asa' [First Presidency, tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Ôkt. 1936, 3].

6. "[Ny Loholona Albert E. Bowen, izay mpikambana ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo,] dia nanantitrantitra fa, 'Ny tena tanjona lavitra ezaka izay an'ny fandaharan'asan'ny fanampiana dia ny hanatanjaka ny mpikamban'ny Fiangonana, ny mpanome sy ny omena amin'ny famoahana ny tsara indrindra ao amin'izy ireo mba hivelatra sy hamoa ny harem-panahy miafina' [*The Church Welfare Plan* (Gospel Doctrine course of study, 1946), 44].

7. "Naorina tamin'ny taona 1936 ny Kaomitin'ny Fandaharan'Asa fifanampiana Maneran-tany mba hanara-maso ny fizotran'ny fifanampiana ao amin'ny Fiangonana. Nanangana ny kaomity mpitantana i Harold B. Lee, filohan'ny Tsatòkan'ny Pioneer. Taty aoriana, dia natsangana ny tranom-barotra Deseret Industries mba hanampiana ireo tsy an'asa, sy ireo sembana ary natsangana ireo orin'asam-pambolena sy indostria mba hanampiana ireo mahantra. Ny fandaharan'asa fanampiana dia mitohy mandrak'ankehitriny mba hanasoavana ny olona an'arivony eran-tany izay sahirana na mpikambana ao amin'ny Fiangonana na ireo hafa izay sahirana manerana an'izao tontolo izao. [For further information, jereo Glen L. Rudd, *Pure Religion: The Story of Church Welfare Since 1930* (1995).]

8. "Raha nitohy tamin'ny hafainganana niroborobo fatratra tokoa ny asa fitoriana ny filazantsara dia isan'ny nandray anjara tamin'ny fomba tsy dia mahazatra loatra tamin'ny fanovana ny fon'ny olona izany ny Filoha Grant. I Vincenzo di Francesca, dia mpitondra fivavahana Italiana iray, izay nahita boky tsy nisy fonony intsony teny amin'ny fanariam-pako feno lavenona, raha iny izy nandeha teny an-dalamben'ny Tanànan'i New York ho any am-piangonany iny. Noraisiny ilay boky, ary rehefa navadibadiny dia tao no nahitany voalohany ny anaran'i Nefia, Môsià, Almà, sy Môrônia. Nahatsiaro te-hamaky izany boky izany izy na dia teo aza ny tsy fahafantarany na ny fiavian'ilay boky na ireo anarana voalaza ao anatiny, ary dia nivavaka izy mba hamantarany na marina ilay boky na tsia. Nambarany fa rehefa nanao izany izy, dia 'nahatsiaro fifaliana, toy ny nahita zava-tsarobidy, nitondra fiononana ho an'ny fanahiko ary namela fifaliana izay tsy hay lazaina amin'ny teny rehetra misy.' Nanomboka nampianatra ny fotopampianarana tao anatin'ilay boky tao amin'ny Fiangonana nisy azy izy. Tezitra taminy ireo lehibeny noho izany ary nanome baiko azy handoro ilay boky, kanefa nandà tsy hanao izany izy.

9. "Taty aoriana, dia niverina tany Italie izy, ary tao no nahafantarany, tamin'ny taona 1930, fa ilay boky dia navoakan'Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany. Nanoratra ho an'ny Fiangonana tao Utah izy, izay nalefa tany amin'ny Filoha Grant. Ny Filoha Grant dia nandefa Bokin'i Môrmôna amin'ny teny Italiana ho azy ary nanome ny anarany ny filohan'ny misiôna tany Eoropa. Noho ny fahasahiranana vokatry ny ady, dia voasakantsakana ny fanaovana batisa an'i Vincenzo ary naharitra an-taonany maro izany, kanefa tamin'ny farany dia lasa mpikamban'ny Fiangonana ihany izy tamin'ny 18 Janoary 1951, izy no olona voalohany natao batisa tany amin'ny nosin'ny Sicile. Dimy taona taty aoriana, dia nandray ny fanafiana masina tao amin'ny tempolin'i Suisse izy. [Jereo Vincenzo di Francesca, "I Will Not Burn the Book!" *Ensign,* Jan. 1988, 18.]

10. "Tamin'ny 6 Mey 1922 ny Filoha Grant no nanokana ny foiben'ny fampielezampeo voalohany an'ny Fiangonana. Roa taona taty aoriana, dia nanomboka nandefa ny fandaharan'ny fihaonambe ny fampielezampeo, ary izany no nahafahan'ny mpikambana marobe nanaraka ny tenin'ny Manampahefana Ambony. Fotoana fohy taorian'izay, ny volana Jolay taona 1929, dia nanokana ilay fandaharana atao hoe *Music and the Spoken Word (Ny Mozika sy ny Teny)* ny amboarapeon'ny Tabernakely, fandaharan-kira iray izay elanelanin'ny famakiana hafatra ao amin'ny onjam-peo isankerinandro. Izany fandaharana izany dia mbola mandeha isankerinandro mandrak'androany.

11. "Nodimandry ny Filoha Grant ny 14 Mey 1945. Ny faharetan'ny asa fanompoan'i Brigham Young irery ihany no maharesy ny 27 taona niasany amin'ny naha-filohan'ny Fiangonana azy" (*Ny Lovantsika,* 107–10).

Fahatakarana ny Famakiana

Ny Fiainan'ny Filoha Heber J. Grant

Notezaina (and. 2)—Nobeazina

Fotoan-tsarotra ara-toe-karena (and. 5)—Fotoana izay nandalovan'ny fotan-tsarotra

Hahaleon-tena (and. 5)—Fahafahana mizaka-tena

Fidonanaham-poana (and. 5)—Hakamoana

Volan'ny tsy fananan'asa (and. 5)—Vola sy asa azo maimaim-poana azo avy amin'ny fitondram-panjakana

Foana (and. 5)—Tapitra, vita hatreo

Eo amin'ny toerana tokony hisy azy (and. 5)—Miverina amin'ny heriny

Miafina (and. 6)—Manana ny maha izy azy

Sahirana (and. 7)—Mahantra, tsy ampy fivelomana

Nitondra fiononana (and. 8)—Nitondra fampiononana

Ny Fampianarana sy ny Tenivavolombelon'i Heber J. Grant

12. Tamin'ny 1925, ny Filoha Heber J. Grant sy ireo Mpanolotsainy tao amin'ny Fiadidiana Voalohany dia nilaza hoe: "Tsy mankasitraka ny filokana amin'ny endriny rehetra ny Fiangonana hatramin'izay ka hatramin'izao. Manohitra ny kilalaombitana, ny karazan'asa toy izany, na ireo antsoina hoe afera, izay hahazoana vola aman'olona ka tsy misy takalony mitovy lanja amin'izany vola izany. Manohitra ireo fahazarana rehetra izay ahitana fironana mamporisika ny fanahin'ny fandanindaniampoana amin'ny tsy misy dikany, ary indrindra indrindra izay miteraka fironana hampidina na hahaosa ny fomba fitondrantena avo lenta izay tazonin'ny mpikamban'ny Fiangonana sy ny fiaraha-monintsika" (nalaina tamin'ny "Gambling," *Improvement Era,* Sep. 1926, 1100).

13. Nandritra ny Ady lehibe Faha-II dia maro tamin'ireo mpikamban'ny Fiangonana avy tamin'ny firenena maro no notakiana handeha an'ady ary indraindray mifanandrina mihitsy. Tamin'ny fanambarana novakiana nandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana tamin'ny volana Aprily 1942, ny Filoha Heber J. Grant sy ireo Mpanolontsainy tao amin'ny Fiadidiana Voalohany dia nilaza hoe:

14. "Ny filazantsaran'i Kristy dia filazantsaran'ny fitiavana sy filaminana, filazantsaran'ny faharetana sy fahononam-po, ny filazantsaran'ny fandeferana sy famelana, filazantsaran'ny hatsaran-toetra sy fanaovana ny tsara, filazantsaran'ny fiantrana sy fifankatiavan'ny mpirahalahy. . . .

15. "Tsy misy toerana ho an'ny fankahalana eo amin'ny fanahin'ny olomarina. . . .

16. ". . . Ny fankahalana dia avy amin'i Satana; ny fitiavana dia avy amin'Andriamanitra. Tsy maintsy esorintsika ao am-pontsika ny fankahalana, isika tsirairay avy, ary tsy hamela izany indray hiditra ao anatintsika isika. . . .

17. "Fa nandritra ny zato taona, dia notarihin'izao fitsipika manaraka izao ny Fiangonana: [Novakian'izy ireo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 134:1–6, 8.]

18. "Amin'ny fankatoavana ireo fitsipika ireo, ny mpikamban'ny Fiangonana dia nahatsapa hatrany fa adidy tsy maintsy atao ny mamaly ny antso sy miaro ny firenen'izy ireo rehefa misy fiantsoana avy any amin'ny tafika. . . .

19. ". . . Amin'ny ady ankehitriny, ireo lehilahy marin'ny Fiangonana avy amin'ny andaniny roa dia maty, ny sasany mahery fo amin'ny fiarovana ny fireneny. Izany rehetra izany no mahatonga ny olontsika manompo am-pahitsiana ny firenena izay ananan'izy ireo zo amin'ny maha-olom-pirenena azy na miaina eo ambanin'ireo fitsipika izay efa nolazaintsika teo. . . .

20. ". . . Rehefa . . . ny laläm-panorenana, izay mankato ny . . . fitsipika [nampianarina tao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 98:4–7], no miantso ny lehilahin'ny Fiangonana ho any amin'ny fanompoam-pirenena izay hananan'izy ireo zo, dia ny adidy ambony indrindra amin'ny maha-olom-pirenena dia ny manaiky izany antso izany. Raha hamono hahafaty ireo izay mifanandrina aminy izy ireo, noho ny fanarahana sy fankatoavana ny mpibaiko, dia tsy azo heverina fa ho mpamono olona izy ireo. . . .

21. "Izao tontolo izao dia toa eo anivon'ny ady izay toa hita fa miharatsy andro aman'alina. Ity Fiangonana ity dia Fiangonana maneran-tany. Ahitana ireo mpikambana mahatoky ny andaniny sy ankilany. Izy ireo no fitaovana tsy manan-tsiny enti-miady hitandroana ny fiandrianam-pirenena. Samy manana finoana ny andaniny roa fa miaro ny tokantranony, ny fireneny ary ny fahafahany. Samy mivavaka amin'ny Andriamanitra iray, amin'ny alalan'ny anarana iray ary ho an'ny fandresena. Samy tsy misy tena marina ary samy misy fahadisoana ny andaniny anankiroa. Andriamanitra dia haneho ny rariny sy ny hitsiny eo amin'izany fifandirana izany araky ny fotoany sy ny fomba fanapahany. . . .

22. "Ho an'ireo zatovolahintsika mandeha manompo, na iza na iza tompoin'izy ireo na aiza na aiza toerana hanompoan'izy ireo, dia milaza amin'izy ireo izahay hoe, aoka ho madio, tandrovy ny didin'ny Tompo ary mivavaha aminy tsy tapaka mba hiarovana anareo amin'ny fahamarinana, miainà araky ny vavaka ataonareo ary na inona na inona mitranga aminareo dia ho eo akaikinareo hatrany ny Tompo ary tsy hisy zavatra hitranga aminareo ka tsy ho fanomezam-boninahitra an'Andriamanitra sy ho an'ny famonjena anareo ary ho an'ny fisandratanareo" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Apr. 1942, 90–91, 93–96).

23. "Ny fijoroako ho vavolombelona apetrako aminareo dia hoe velona Andriamanitra, i Jesoa no Kristy ary i Joseph Smith dia mpaminanin'Andriamanitra. . . . Ahoana no ahafantarako izany? Fantatro izany tahaka ny fahafantarako fa mijoro eto anoloanareo aho izao hariva izao. Haiko ny hafanana, ny hatsiaka, ny fifaliana ary ny alahelo ary tiako ny milaza aminareo fa tao anatin'ny fotoan'ny alahelo sy ny fotoan'ny fahoriana ary ny fotoan'ny fahafatesana, dia ren'Andriamanitra sy novaliany ny vavaka nataoko ary fantatro fa velona izy. Izany no fijoroako ho vavolombelona ho anareo." ("Farewell Address of Apostle Heber J. Grant," *Improvement Era,* Jolay 1901, 691).

Fahatakarana ny Famakiana

Ny Fampianarana sy Tenivavolombelon'i Heber J. Grant

Tsy mankasitraka (and. 12)—Mandà hatrany

Fandeferana (and. 14)—Faharetana

Tena (and. 21)—Daholo

Fiandrianam-pirenena (and. 21)—Firenena

Fanapahany (and. 21)—Ambony indrindra

Mitranga (and. 22)—Miseho na tonga aminao

Fandalinana ny Famakiana

Ataovy ny asa A sy B rehefa mandalina ny "Filoha Heber J. Grant" ianao.

A Mametraha Tanjona Roa

1. Halalino ny andalan-tsoratra 1–11 ary tanisao ireo zavabita dimy nataon'ny Filoha Heber J. Grant izay eritreretinao fa manan-danja.
2. Manorata andalan-tsoratra fohifohy mikasika ny fomba izay eritreretinao fa nanatontosany ireo andraikitra ireo ary ny fanamby tena sarotra natrehiny mba hanatanterahiny izany.
3. Manorata tanjona roa izay tianao ho tratra ary farito ireo fahasarotana eritreretinao fa misakana amin'ny lalana hahatratraranao izany. Hazavao ny drafitra ataonao mba hanatraranao ny tanjona ary hafiriana no eritreretanao fa hahatratraranao izany.

B Fitarihana amin'ny Fangalana Fanapahan-kevitra Manan-danja

Vakio ireto trangan-javatra manaraka ireto, ary fantaro ny fampianarana na fijoroana ho vavolombelon'ny Filoha Heber J. Grant izay tena mety hampiharina eo amin'ny tranga tsirairay avy. Hazavao fohifohy koa avy eo ny zavatra eritreretinao fa tokony ho ataon'ny olona tsirairay ary ny anton'izany.

1. Ny namana akaikin'i Olivia dia nodimandry tamin'ny lozampiarakodia iray. Tena tezitra tokoa izy ary manontany tena raha tena misy tokoa Andriamanitra.
2. Nieritreritra ny hividy tapakila filokana izay misy loka mitentina an-tapitrisany maro i James. Tena azony ampiasaina tsara izany vola izany.

3. I Stephen dia miaramila tao amin'ny tafika nandritra ny ady. Manahy izy fa mety hamono ireo miaramila fahavalony.

4. I Maria dia tena sahirana amin'ny fitadiavan'asa. Nanapakevitra izy fa ho mora kokoa ny manao fangataham-bola any amin'ny fitondram-panjakana isam-bolana dia tsy mila miasa izy amin'izay.

Filoha George Albert Smith

Ilay Mpanompo Ambony

Ny Filoha Thomas S. Monson, Mpanolontsaina iray tao amin'ny Fiadidiana Voalohany, dia nizara izao tantara manaraka izao momba ny Filoha George Albert Smith: "I Junius Burt tao Salt Lake City, izay mpiasa efa tranainy tao amin'ny Departemanta misahana ny Lalana, dia nilaza traikefa nanohina ny fo sy tena mitaona fanahy tokoa. Nanambara izy fa indray maraina nandritry ny andro ririnina, dia nanadio ny arabe ny vondrona mpanadio izany izay isan'izany izy, tamin'ny fanalana ireo ranomandry misasavovona eo amin'ny sisin'ny arabe izy ireo. Nampian'ireo mpiasa amin'ny fotoana voafetra izay tena mila izany asa izany ireo vondrona mpanao izany mahazatra. Ny iray tamin'izy ireo dia nitafy akanjo manify ary jihitry ny hatsiaka tokoa. Nisy lehilahy manifinify be volom-bava iray nijanona teo anoloan'ny vondrona ary nanontany ilay mpiasa hoe: 'Mila manao akanjo mafana kokoa noho io hanaovanao io ianao raha miasa maraimbe toy izao. Aiza ny akanjo mafananao?' Namaly ilay lehilahy fa tsy manana hanaovana izy. Nalan'ilay lehilahy ny akanjo mafana teny an-kodiny, natolony ilay lehilahy sady hoy izy hoe: 'Anao ity akanjo mafana ity. Akanjo volonondry matevina ity ary hanafana anao. Etsy ampitan'ny lalana etsy aho no miasa.' Ilay lalana dia mitondra ny anarana Atsimon'ny Tempoly. Ny Filoha George Albert Smith an'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany izany Samaritana tsara fanahy izany izay lasa nandeha nanao ny asany andavanandro tao amin'ny Tranobe Fitantanandraharahan'ny Fiangonana ary tsy nanao ilay akanjo mafanany intsony. Ny fihetsiny tsy tia tena sy ny fahalalantanany dia nampiseho ny fony malefaka. Azo antoka fa mpiandry ny rahalahiny izy" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Mar.–Apr. 1990, 62; na Ensign*, Mey 1990, 47).*

NY FIAINANY (1870–1951)

1870	Teraka tamin'ny 4 Aprily ary zanak'i John Henry Smith sy Sarah Farr Smith tao Salt Lake City
1891	21 taona, nanao asa fitoriana tany amin'ny misiôna atsimon'i Utah
1892	22 taona, nanambady an'i Lucy Emily Woodruff; izay nodimandry tamin'ny taona 1937
1892–94	22–24 taona, nanao asa fitoriana tany atsimo atsinanan'i Etazonia, nanampy azy tamin'izany Lucy vadiny
1903	33 taona, notokanan'ny Filoha Joseph F. Smith ho Apôstôly izy
1919–21	49–51 taona, nanompo ho Filohan'ny Misiônan'i Eoropa
1921	51 taona, tonga mpitarika ny fandaharan'asan' ny zatovolahin'ny Fiangonana
1943	73 taona, tonga Filohan'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo
1945	75 taona, notohanana ho Filohan'ny Fiangonana taorian'ny nahafatesan'ny Filoha Heber J. Grant
1951	81 taona, maty tamin'ny tsingerin-taona nahaterahany, 4 Aprily, tao Salt Lake City

NY FIADIDIANY (1945–51)

1945	Nanomboka nandefa ireo mpitory ny filazantsara tany amin'ny faritra maro maneran-tany izy izay toerana tsy afaka naleha talohan'ny Ady Lehibe Faha-II. Nanokana ny tempolin'i Idaho Falls, Idaho izy
1946	Nizara sakafo sy fitaovana samihafa ho an'ireo Olomasina izay nijaly taorian'ny Ady lehibe Faha-II tany Eoropa izy
1950	Nanomboka ny fanaovana ny seminera maraimbe

Ny Fiainan'ny Filoha George Albert Smith

1. "I George Albert Smith no Filohan'ny Fiangonana nandimby an'i Heber J. Grant. Ny Filoha Smith, izay nanana fiainana fakantahaka teo amin'ny fifaliana azo avy amin'ny fiainana ny filazantsara, dia nanambara toy izao: 'Ny fahasambarana rehetra sy ny fifaliana rehetra izay mendrika ho antsoina toy izany dia vokatry ny fitandremana ny didin'Andriamanitra sy ny fankatoavana ny sosokeviny sy ny toroheviny' [tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Apr. 1948, 162].

2. "Ny fankatoavana ny didin'Andriamanitra sy ny torohevitry ny mpitariky ny Fiangonana dia santionany amin'ny fahamarinantoetra teo amin'ny fianakavian'ny Filoha Smith nandritra ny taranaka maro. Nitondra ny anaran'ny dadabeny avy amin'ny rainy izy, George A. Smith, izay zanak'olo-mpiray tampo tamin'ny Mpaminany Joseph ary Mpanolotsain'ny Filoha Brigham Young.

Ny rain'i George Albert, atao hoe John Henry Smith, dia nanompo tao amin'ny Fiadidiana Voalohany teo ambany fiahian'i Joseph F. Smith. Tamin'ny faha 33 taonany, dia nantsoina ho ao amin'ny Kôlejin'ny Roambinifolo i George Albert Smith. Nanomboka tamin'ny taona 1903 ka hatramin'ny taona 1910, i John Henry sy George Albert dia niara-nanompo tao amin'ny Kôlejin'ny Roambinifolo, io no hany fotoana tokana amin'izao fotoanandro izao niarahan'ny ray sy ny zanaka nanompo tao amin'ny Kôlejy.



3. "Ny 42 taona nandalovan'i George Albert Smith tao amin'ny Kôlejin'ny Roambinifolo dia feno fanompoana mendri-kaja, na dia teo aza ny fotoana tsy dia nahasalama azy loatra. Main'ny masoandro ny masony nandritra ny fotoana nanarahany maso ny fananganana ny lalamby tany atsimon'i Utah, ary ny fandidiana natao taminy dia tsy nanampy tamin'ny saika ho fahajambany. Nampihena ny herin'ny tenany efa osa ny fitakian'ny asa mafy, ary tamin'ny taona 1909, dia nianjera noho ny harerahany izy. Ny faneren'ny mpitsabo azy hiala sasatra tanteraka dia nisy fiantraikany ratsy teo amin'ny fahatokian-tenany ary nanjary nahatsiaro tena ho tsinotsinona izy ka vao maika nanamafy ny adin-tsainy izany.

4. "Nandritra izany fotoan-tsarotra izany, dia nanonofy nahita ala tsara tarehy teny akaikin'ny ony lehibe iray i George. Rehefa avy nandeha kelikely tao anaty ala izy, dia nahita ny dadabe malalany, i George A. Smith, nandroso nanatona azy. Niolomay nanatona azy i George, kanefa rehefa nanakaiky azy ny dadabeny, dia nijanona ka nanao taminy hoe: 'Mba tiako ho fantatra izay nanaovanao ny anarako.' Niverina tao an-tsain'i George avokoa ny fiainany manontolo, ary hoy izy namaly tamim-panetren-tena hoe: 'Tsy nanao zavatra mety hitondra henatra ho anao tamin'ny anaranao aho.' Nanome herim-po sy herim-batana ho azy indray io nofy io, ary nahazo hery ho entina miasa indray i George. Taty aoriana dia mitantara matetika izany traikefa izany ho toy ny kihon-dalana teo amin'ny fiainany izy [George Albert Smith, *Sharing the Gospel with Others,* sel. Preston Nibley (1948), 110–12].

5. "Nandritra ny fotoana niasan'ny Filoha George Albert Smith, izay naharitra nanomboka tamin'ny taona 1945 ka hatramin'ny taona 1951, dia nahatratra iray tapitrisa ny isan'ny mpikambana tao amin'ny Fiangonana; ny tempoly tany Idaho Falls, Idaho dia notokanana; ary ny asa fitoriana ny filazantsara dia nitohy indray taorian'ny Ady Lehibe faha-II.

6. "Ankoatr'izany, nisy koa ny ezaka natao mba hanalefahana ny fahorian'ny Olomasina Eoropeana izay rava fananana noho ny ady. Ireo mpikambana tao amin'ny Fiangonana tany Etazonia dia namporisihana mba hamatsy fitafiana sy izay zavatra hafa ilaina.

Ny Filoha Smith dia nihaona tamin'i Harry S. Truman, filohan'i Etazonia, mba hahazo fankatoavana handefa sakafo, fitafiana, firakotra voangona, hankany Eoropa. Toy izao no fitantaran'ny Filoha Smith ny fihaonana:

Ny Filoha George Albert Smith, ny Filoham-pirenen'i Etazonia Harry S. Truman, ary Herbert Maw, governoran'i Utah

7. "Hoy ny Filoha Truman: ' "Inona no antony hanondranareo ireny any? Tsy misy vidiny anie ny volan-dry zareo!"

8. " 'Hoy aho, "Tsy mila ny volany izahay." Sady nijery ahy izy no nanao hoe: "Dia omenareo azy maimaimpoana izany ireny?"

9. " 'Hoy aho: "Izay indrindra, omena azy ireto. Rahalahy sy anabavinay izy ireo ary ao anatin'ny fahoriana. Notahian'Andriamanitra izahay ka nanana ambim-bava, ary amin-kafaliana no handefasanay izany raha azonay atao ny miara-miasa amin'ny fitondram-panjakana."

10. " 'Hoy izy: "Tsara izao lalana izoranareo izao," sady nampiany hoe, "faly tokoa izahay ny nanampy anareo araka izay azonay atao" ' [tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Ôkt. 1947, 5–6].

11. "Nandritra ny fotoana nifantenana sy namonosana ireo fanomezana tao Utah mba halefa hiampita ranomasina, dia tonga nijery ny fanomanana ny Filoha Smith. Niraraka teo amin'ny tavany ny ranomaso raha nahita ireo entana marobe izay nomena tamim-pahalalahan-tanana tokoa. Rehefa afaka minitra vitsivitsy avy teo, dia nesoriny ny akanjo mafanany vaovao teny aminy ary hoy izy, 'Alefaso any ity azafady.' Na dia maro tamin'ireo nijoro teo aza no nilaza taminy fa ririnina mangatsiaka be ny andro ka ilainy izany, dia mbola nasesiny ihany ny fandefasana izany. [Jereo Rudd, *Pure Religion,* 248.]

12. "Ny Loholona Ezra Taft Benson tao amin'ny Kôlejin'ny Roambinifololahy dia nasaina nanokatra indray ny Misiôna tany Eoropa, sy hanara-maso ny fizarana ny fanampiana ary hikarakarana ny filàna ara-panahin'ny Olomasina. Ny iray tamin'ireo fitsidihana voalohany nataon'ny Loholona Benson dia ny fihaonamben'ny Olomasina tao Karlsruhe, tanàna Alemà teo amin'ny reniranon'i Rhine. Hoy ny Loholona Benson mahakasika izany:

13. " 'Hitanay ihany ny lalana nankany amin'ny toeram-pivoriana tamin'ny farany, trano voazeran'ny baomba ny ilany ao anatin'ny tangoron-tranobe iray. Efa ho adiny roa no nanombohan'ny fivorian'ireo Olomasina, teo am-piandrasana tamim-panantenana feno ny mety ho fiavianay satria ren'izy ireo fa mety ho avy hanatrika ny

fihaonambe izahay. Ary dia voalohany teo amin'ny fiainako no nahitako vahoaka iray manontolo izay latsa-dranomaso rehefa namakivaky ho eny amin'ny fitoerana aloha izahay, noho ny fahalalany fa hay tonga ihany izahay tamin'ny farany, enina na fito taona taty aoriana, solontena avy any Ziona araka ny fiantson'ny olona anay, dia tafaverina eto amin'izy ireo indray. . . . Rehefa nibanjina ny endrik'izy ireo aho izay mitraka mijery, hatratra, mahia, ary ny ankamaroany dia mitafy voronkitsay, ny sasany tsy mikiraro, dia hitako teny amin'ny endriny ny hazavan'ny finoana rehefa nijoro ho vavolombelona ny amin'ny fahamasinan'ny asa lehibe amin'izao andro farany izao izy ireo, ka naneho ny fankasitrahany ny fitahian'ny Tompo' [tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Apr. 1947, 154].

14. "Anisan'ny andraikitra maron'ny Loholona Benson dia ny nanara-maso ny fizarana ny sakafo, fitafiana, firakotra sy ny fanafody tao anatin'ny sarety miisa 127 nalefa manerana Eoropa. Taona maro taty aoriana rehefa nitokana ny trano Fiangonana vaovao tao Zwickau, Alemana ny Filoha Thomas S. Monson, dia nisy rahalahy antitra nanatona azy tamin-dranomaso ary nangataka taminy hahatsiaro ny Filoha Ezra Taft Benson. Hoy izy 'lazao azy fa nanavotra ny aiko sy ny an'ireo rahalahy sy anabaviko mpiray tanindrazana tamiko maro tokoa izy, noho ireo sakafo sy fitafiana nentiny ho anay avy any amin'ny mpikamban'ny Fiangonana tany Amerika' [teny nindramina tany amin'i Gerry Avant, "War Divides, but the Gospel Unites," *Church News,* 19 Aog. 1995, 5].

15. "Ireo Olomasina Holande dia nanana fahafahana hanolotra asa fanompoan'ny Kristiana marina ho an'ireo Olomasina izay matin'ny hanoanana tany Alemana. Ny Mpikambana Holande dia nijaly tokoa nandritra ny ady, ary avy eo nahazo fanampiana avy tamin'ny mpikamban'ny Fiangonana tany Etazonia. Tamin'ny lohataonan' ny taona 1947, dia nasaina nanomboka ny fandaharan'asa fifanampiana izy ireo, izay nataony tamin-kafanam-po tokoa. Namboly ovy izy ireo ary nanantena ny fijinjana lehibe tokoa.

16. "Nandritra izany fotoana izany, ny Filoha Walter Stover avy amin'ny Misiôna atsinanan'i Alemana dia tonga tany Hollande, vonton-dranomaso, teo am-pilazana ny hanoanana sy ny fahorian'ny mpikamban'ny Fiangonana tao Alemana. Ny Filoha Cornelius Zappey, Filohan'ny Misiônan'i Hollande, dia nangataka tamin'ny mpikambana raha tian'izy ireo ny hamatsy ovy nambolen'izy ireo ho an'ireo Alemana, izay fahavalony nandritra ny ady. Nanaiky nanao izany an-tsitrapo izy ireo ary nanomboka nikarakara ny oviny. Ny fijinjana dia namokatra be nihoatra ny nanampoizana azy, ary ireo Olomasina Holandey dia afaka nandefa ovy 75 taonina ho an'ireo rahalahiny sy rahavaviny tany Alemana. Herintaona taty aoriana, dia nandefa ovy 9 taonina sy hazan-dranomasina 9 taonina ho an' ny Olomasina tany Alemana ireo Olomasina Holandey. [ho an'ny fanazavana fanampiny dia, jereo Rudd, *Pure Religion,* 254–61.]

17. "Ny fitobahan'ny fitiavana tahaka ny an'i Kristy nasehon'ireo Olomasina dia tena tsy nisy hafa tamin'ny an'ny Filoha George Albert Smith, izay nampiseho ny taram-pitiavan'i Kristy amin'ny fomba tena miavaka. Hoy izy hoe: 'Afaka milaza aminareo aho ry rahalahy sy anabavy, fa ny olona sambatra indrindra eto amin'ity tany ity, dia ireo izay tia ny namany tahaka ny tenany ka mampiseho ny fankasitrahany ny fitahian'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fitondrantenany eo amin'ny fiainany' [tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Apr. 1949, 10]" (*Ny Lovantsika,* 136–40).

Fahatakarana ny Famakiana

Ny Fiainan'ny Filoha George Albert Smith

Nandimby (and. 1)—Nanaraka

Dadabeny avy amin'ny rainy (and. 2)—Rain'ny dadany

Fotoana (and. 3)—Fotoana, fahafahana

Fiantraikany (and. 3)—Nanala

Nanamafy ny adin-tsainy (and. 3)—Nampitombo ny fahasorenany

Niverina tao an-tsainy (and. 4)—Fahitana tanteraka

Hery (and. 4)—Tanjaka

Ambim-bava (and. 9)—Fanampiny

Entana (and. 11)—Sakafo sy fitafiana

Fahoriana (and. 16)—Fijaliana, alahelo, fangirifiriana

Hazan-dranomasina (and. 16)—Trondro kely

Ny Fampianarana sy Tenivavolombelon'i George Albert Smith

18. "Tamin'ny fahazazako dia nahatsapa aho, na nieritreritra aho hoe nahatsapa fa ny didin'ny Tompo no lalàny sy fitarihana ho ahy. Nahatsapa aho fa ny tsy fankatoavana ireo lalàna ireo dia arahin'ny famaizana, ary fony mbola zaza aho dia nieritreritra fa ny Tompo dia efa nametraka ny lamina rehetra sy nanendry ireo zava-mitranga eto amin'ity fiainana ity ka tsy maintsy mankatò lalàna voarindra aho raha tsy izany dia hisy ny sazy hanarak'izany. Kanefa rehefa nihalehibe aho dia nianatra lesona avy tamin'ny fomba fijery hafa, ary ankehitriny amiko ny lalàn'ny Tompo. . . toy ny mozika kanton'ny feon'ny Raintsika any an-danitra ho fanehoany famindram-po antsika. Tsy inona izy ireny fa toy ny torohevitra avy amin'ny ray aman-dreny be fitiavana, . . . ary vokatr'izany, ny ny anaran'ilay lalàna izay nisy fotoana toa hentitra ho ahy, dia lasa torolalana tsara sy feno fitiavana avy amin'ny Ray any an-danitra feno fahendrena ankehitriny." (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Ôkt. 1911, 43–44; jereo koa Môsià 2:41).

19. "Iray amin'ireo zavatra mahafinaritra ho ahy ao amin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy dia ny fitondran'izany antsika rehetra amin'ny dingana mitovy. Tsy tena ilaina ho an'ny lehilahy ny ho tonga filohan'nny tsatòka, na mpikambana ao amin'ny Kôlejin'ny Roambinifololahy, mba hahafahana mahazo ny toerana ambony indrindra ao amin'ny fanjakana selestialy. Ny mpikamban'ny Fiangonana manetry tena indrindra, raha toa ka mitandrina ny didin'Andriamanitra izy, dia hahazo ny fisandratana tahaka ny olona hafa rehetra any amin'ny fanjakana selestialy. Ny hakanton'ny Filazantsaran'ny Jesoa Kristy dia ny mampitovy atsika rehetra rehefa mitandrina ny didin'ny Tompo isika. Rehefa mitandrina ny lalàn'ny Fiangonana isika dia manana fahafahana mitovy ho amin'ny fisandratana" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Ôkt. 1933, 25).

20. “Matetika ny raibeko [ny Apôstôly George A. Smith] no milaza amin’ny fianakaviany hoe: ‘Misy tsipika manasaraka tsara ny faritra misy ny Tompo sy ny an’ny devoly. Raha toa ka mijanona ao amin’ny faritra misy ny Tompo ianao dia ho eo ambanin’ny fitarihany ary tsy hanana faniriana hanao ratsy; fa raha toa kosa miampita mankany amin’ilay faritra misy ny devoly eo amin’ilay tsipika ianao na dia iray santimetatra fotsiny aza dia eo ambanin’ny fahefan’ilay mpaka fanahy ianao, ary raha mandresy amin’izany izy dia tsy afaka ny hieritreritra na hisaintsaina araky ny tokony izy ianao satria tsy hanana ny fanahin’ny Tompo.’

21. “Rehefa azon’ny fakam-panahy aho indraindray hanao zavatra iray, dia manontany tena hoe: ‘Any amin’ny faritr’iza aho izao?’ Raha toa ka vonona ny ho any amin’ny faritra azo antoka aho, ny faritra misy ny Tompo izany, dia ny tsara no tsy maintsy ataoko amin’ny fotoana rehetra. Ka rehefa tonga ny fakam-panahy, dia saintsaino amim-bavaka ny olanao, ary ny fitaoman’ny Fanahin’ny Tompo no hahafahanao manapa-kevitra amim-pahendrena. Tsy misy faritra azo antoka ankoatry ny any faritra misy ny ny Tompo eo amin’ilay tsipika.

22. “Tsarovy fa raha te-ho faly ianao, sy hahazo ny fahasambarana rehetra izay tafiditra any amin’ny faritra misy ny Tompo eo amin’ilay tsipika ihany fa ny alahelo sy ny fahadisoampanantenana rehetra dia any amin’ny faritra misy ny devoly eo amin’ilay tsipika” (*Sharing the Gospel with Others,* comp. Preston Nibley (1948), 42–43).

23. “Tsy afaka ny hanery ny olona hanao ireo zavatra ireo isika, fa afaka ny hotiavintsika izy ireo amin’ny fanaovana ny tsara, ary amin’ny fahamarinana” (nolazain’ny Loholona Arwell L. Pierce, filohan’ny Misiônan’i Mexique teo aloha, tao amin’ny Tatitry ny Fihaonambe, Apr. 1951, 114).



24. “Tsaroako tamin’ny fotoana iray nisy lehilahy niteny tamiko, rehefa niresaka nandritra ny fotoana maharitra izahay, nanao hoe: ‘Raha izany zavatra nianarako momba ny fiangonanao izany dia tsy misy mahasamihafa azy amin’ny fiangonana rehetra hafa ihany izany.’ Hoy aho tany an-tsaiko hoe mety mieritreritra izao izy fa manome fandokafana lehibe ho anay, kanefa dia nilaza tamin’ny aho hoe: ‘Raha toa ny fiangonana isoloako tena eto no tsy manan-danja ho an’ny zanak’olombelona mihoatra ny fiangonana hafa, dia ho diso amin’izao adidiko izao aho. Tonga izahay tsy hanala ny fahamarinana sy ny hasina hanananao. Tonga izahay tsy hijery ny fahadisoana na hitsikera anao. Tonga izahay tsy hivazavaza anao noho ny zavatra tsy nataonao; fa tonga eto izahay amin’ny maha-rahalahinao anay. Nomenay maimaim-poana ny fotoana sy ny fananana y, ary tonga eto amin’ny taninareo ampitiavana ato am-ponay izahay, miaraka amin’ny faniriana hanao tsara ho anao, hamporisika anao hibebaka amin’ny fahotanao, satria mpanota ianao, ary hamporisika anao hihazona ny hasinao, satria masina ianao, ary hilaza aminao: ‘Tazony hatrany ireo rehetra tsara nanananao, ary indreto izahay mitondra zavatra tsara fanampiny ho anao, mba ho faly kokoa ianao, mba hahafahanao ho faly be sy hahafahanao miomana hiditra eo anatrehan’ny Raintsika any an-danitra’ ” (*Sharing the Gospel with Others,* 12–13).

25. “Ity andro izay hihaonantsika ity dia hiderana, . . . ny andro Sabata, dia lasa andro filalaovana ho an’ny firenen-dehibe—andro izay natokan’ny olona an’arivony tsy hanarahana ny didy izay efa nomen’Andriamanitra rahatrizay, taloha be tany, ary izaho dia mihevitra fa ny fahoriana sy ny fanaintainana izay mianjady ny olombelona dia vokatry ny fanaovan’izy ireo tsinontsinona amin’ ny fitandremana ny andro Sabata ho masina” (tao amin’ny Tatitry ny Fihaonambe, Ôkt. 1935, 120).

26. “Taorian’ny valopolo taona niainana teto an-tany, nivezivezena tamin’ny toerana maro maneran-tany, nifaneraserana tamin’ny lehilahy sy vehivavy manana ny maha izy azy sy tsara dia mijoro ho vavolombelona aminareo aho, fa fantatro tsara ankehitriny mihoatra noho ny hatramin’izay fa velona Andriamanitra; ary i Jesoa no Kristy; ary i Joseph Smith dia mpaminanin’ilay Andriamanitra Velona; ary ny Fiangonana izay naoriny teo ambanin’ny fiahian’ny Raintsika any an-danitra dia ny Fiangonan’i Jesoa Kristy ho an’ny Olomasin’ny Andro Farany—ilay Fiangonana izay noroahina ho any an-tany efitra—izay miasa eo ambanin’ny hery sy ny fahefan’ny fisoronana mitovy amin’ilay nomen’i Petera, Jakoba ary Jaona an’i Joseph Smith sy Oliver Cowdery. Fantatro izany tahaka ny ahafantarako fa velona aho, ary tsapako fa ny fizarana ity fijoroana ho vavolombelona ity aminareo dia zava-dehibe tokoa ary hotazonina ho tompon’andraikitra eo anatrehan’ny Ray any an-danitra aho amin’izany sy amin’ny zavatra rehetra nampianariko tamin’ny anarany. Tsapako sy fantatro noho izany fa raha toa ka mitarika anareo amin’ny lalana ratsy aho dia ho tompon’andraikitra amin’izany. Amin’ny alalan’ny fitiavako sy ny hatsaram-panahy ato am-poko ho an’ny rehetra no izarako izany fijoroana ho vavolombelona izany, amin’ny anaran’i Jesoa Kristy Tompontsika” (“After Eighty Years,” *Improvement Era,* Apr 1950, 263–64).

Fahatakarana ny Famakiana

Ny Fampianarana sy Tenivavolombelon’i George Albert Smith

Sazy (and. 18)—Famaizana
Tsipika manasaraka (and. 20)—Fanasarahana na sisin-tany
Hivazavaza (and. 24)—Mananatra

Fandalinana ny Famakiana

Ataovy ny asa A sy B rehefa mandalina ny “Filoha George Albert Smith” ianao.

A Ahoana no Mety Hamaliany izany?

Alaivo sary an-tsaina hoe nanana fahafahana ianao nanao tafa sy dinika tamin’ny Filoha George Albert Smith. Taorian’ny fandalinana ny andininy 1–17, dia soraty araka ny eritreritrao ny valinteniny amin’ireto fanontaniana manaraka ireto:

1. Ahoana no fahatsapanao amin'ireo zava-bitanao lehibe indrindra ireo?
2. Iza tamin'ny mpikambana tao amin'ny fianakavianao no tena nampisy fiantraikany lehibe taminao? Nahoana?
3. Inona no fanompoana nataonao tamin'ny mpiara-belona aminao izay tena tsaroanao?
4. Nahoana ianao no mihevitra fa tena zava-dehibe ny mampiseho fitiavana sy fiantrana amin'ny hafa?

B Ampiharo ny Fampianarana

Avy tamin'ny famakianao ny "Fampianarana sy Tenivavolombelon'i George Albert Smith," dia misafidiana fampianarany dimy izay tena misy dikany sy miavaka taminao. Isaky ny fampianarana tsirairay, dia mamarita tranga amin'izao androntsika izao izay afaka ho hampiana na ho vahana amin'ny alalan'ny fampianaran'ny Filoha Smith. Aorian'ny tranga tsirairay, dia hazavao fa ny fahamarinana nampianarin'ny Filoha Smith dia manampy ny olona hanao ny tsara.

Ilay Fiangonana Maneran-tany

Dimapolo taona lasa izay tato anatin'ny taonjato faha-roapolo dia niaina firoboroboana tsy manan-tsahala tamin'ny teo aloha ny Fiangonana. Teo ambany fitarihana mitaona fanahy nanomboka tamin'i David O. McKay ka hatramin'i Gordon B. Hinckley, ny asa fitoriana dia nihitatra ary ny mpikamban'ny Fiangonana dia efa nihoatra ny 11.000.000. Manomboka hita taratra eto an-tany ny Tempoly ankehitriny, hahafahan'ireo Olomasina maro sy ireo razambeny amin'ny tany maro handray ny ôrdônansy ambony indrindran'ny filazantsara. Tena marina, amin'ny fanatanterahana ny drafitry ny Tompo, ny Fiangonana dia efa nentina "hivoaka amin'ny haizina sy ny haizim-pito" (F&F 1:30). Raha niresaka izao androntsika izao, ny Filoha Gordon B. Hinckley dia nilaza hoe:

"Ny asan'ny Tsitoha amin'ny andro farany, izay efa nolazain'ireo olona taloha, izay efa naminanian'ny mpaminany sy ny apôstôly, dia tonga. Efa to izao. Noho ny antony izay tsy fantantsika, fa noho ny fahendren'Andriamanitra, dia nanana fahafahana isika ho tonga eto an-tany amin'izao taonam-boninahitra izao. Misy fivelaran'ny siansa lehibe tokoa. Misy fiparitahan'ny fianarana. Ity no lehibe indrindra amin'ny taona rehetra izay niasan'olombelona sy amin'ny zava-bitan'ny olombelona. . . .

"Mijoro eo an-tampon'ny fotoan'andro rehetra isika, nirotsahan' ny fahatsapana ara-tantara lehibe sy miavaka. Ity no fotoampitantanana farany sy mamarana izay tondroin'ireo lasa rehetra. . . .

"Rehefa tonga amin'ny dingana iray amin'izao fandrosoana rehetra izao, dia hiseho i Jesoa Kristy ary hanjaka amin'ny famirapiratan'ny tany. Tsy misy na dia iray aza mahafantatra izany. Na ny anjelin'ny lanitra aza tsy hahafantatra ny fiverenany. Fa ho andro fandraisana lehibe izany" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Ôkt. 1999, 94–95; na *Ensign*, Nov. 1999, 74).

Filoha David O. McKay

"Tsy misy Fahombiazana Afaka Manonitra ny Tsy Fahombiazana ao An-tokantrano"

Raha mbola misiônera tany Hollande i David O. McKay tamin'ny taona 1898, dia nahatsapa izy indray mandeha fa manina te-hody. Nilaza izy fa nandritra ny fandehandehanana



teny an-tanan-dehibe dia "nahita tranobe iray tsy mety tapitra aho mijoalajoala tery ampitan'ny lalana ho an'ny mpandeha tongotra izay lavidavitra niala teo. Teo amin'ny varavarana anoloana dia nahita andohalambo vita tamin' ny vato aho, izay zavatra tsy dia mahazatra loatra amin'ny trano toy izao, ary ny tena vao maika tsy nahazatra dia, afaka hitako teny amin'ny lalana ho an'ny mpandeha antongotra fa nisy soratra voasokitra teo amin'ilay andohalambo.

"Niteny tamin'ny mpiara-dia amiko aho: 'Tena tsy mahazatra izany! Ndeha hojereko ny voasoratra eo.' Rehefa nanatona akaiky izany aho, dia hitako ilay hafatra, izay tsy toy ireny avy tamin'ilay vato ireny fotsiny, fa toy ireny avy tamin'ilay Iray izay nanolorako tena ho tompoina: 'Na aiza na aiza misy Anao, dia Ataovy tsara ny Andraikitrao.'

"Niverina aho ary nandeha tamim-pisaintsainana, ary rehefa tonga teo amin'ny namako aho dia nilaza taminy ilay hafatra.

"Izany hafatra tamin'izay maraina izay dia natao ho ahy mba hanaovako ny andraikitro amin'ny maha-misiôneran'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany" (Cherished Experiences from the Writings of President David O. McKay, *comp. Clare Middlemiss [1955], 174–75).

NY FIAINANY (1873–1970)

1873	Teraka tamin'ny 8 Septambra tao Huntsville, Utah, zanak'i David sy i Jennette Evans McKay
1881	8 taona, natao batisa tamin'ny tsingerintaona nahaterahany; nitory ny filazantsara tany Angletera ny rainy
1897–99	24–26 taona, nitory ny filazantsara tany Ecosse

1901	27 taona, nanambady an'i Emma Ray Riggs, ilay mpiara-mianatra malalany, tamin'ny 2 Janoary; nodimandry tamin'ny taona 1970 i Emma Ray Riggs
1906	32 taona, notokanan'ny Filoha Joseph F. Smith ho Apôstôly
1918–34	45–61 taona, filohan'ny Sekoly Alahady
1920–21	47–48 taona, nanao fitsidihana ireo misiônan'ny Fiangonana manerana an'izao tontolo izao; nanokana firenena maro ho an'ny fitoriana ny filazantsara
1922–24	49–51 taona, filohan'ny misiônan'i Eoropa
1934–51	61–77 taona, Mpanolotsain'ny Filoha Heber J. Grant sy George Albert Smith
1950	77 taona, lasa Filohan'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo
1951	77 taona, notohanana ho Filohan'ny Fiangonana taorian'ny nahafatesan'ny Filoha George Albert Smith
1970	96 taona, nodimandry tamin'ny 18 Janoary tao Salt Lake City

NY FIADIDIANY (1951–70)

1955–56	Nanokana ny tempolin'i Suisse sy Los Angeles, Californie izy
1958	Nanokatra ireo toeram-pianaran'ny Fiangonana tany Nouvelle-Zélande sy Hawai izy ary nanokana ny tempolin'i Nouvelle-Zélande sy Londres, Angletera; Naorina ny tsatòka voalohany tany ivelan'ny Amerika Avaratra (tany Brésil)
1961	Nanomboka ny Fivoriana fandinihana ny fandrosoan'ny Fiangonana.
1964	Nanokana ny tempolin'i Oakland, Californie izy
1966	Naorina ny tsatòka voalohany tany Amerika Atsimo (tany Brésil).

Ny Fiainan'ny Filoha David O. McKay

1. "I David O. McKay dia Mpanolotsain'ny Filoha George Albert Smith tao amin'ny Fiadidiana Voalohany. Tamin'ny lohataonan'ny 1951, rehefa hita fa nihatsara ny toe-pahasalaman'ny Filoha Smith, dia nanapa-kevitra ny handao an'i Salt Lake ny Filoha McKay sy ny vadiny atao hoe Emma Rae, nankany Californie mba hanao fialan-tsasatra izay efa nokasainy ho hatao teo aloha saingy nahemotra. Nijanona tao St. George, tao Utah, indray alina izy ireo. Rehefa nifoha ny Filoha McKay ny ampitso maraina, dia nahatsapa tanteraka izy fa tokony hiverina any amin'ny foiben'ny Fiangonana. Andro vitsivitsy taorian'ny nahatongavany tao an-tanànan'i Salt Lake City, dia maty tapaka lalan-dra ny 4 Aprily 1951 ny Filoha Smith, ary i David O. McKay no lasa Filoha fahasivin'ny Fiangonana.

2. "Efa voaomana tsara hitarika ny Fiangonana ny Filoha McKay. Raha vao 8 taona monja izy, dia efa nanana ny andraikitry ny lehilahy lehibe tao an-trano tamin'ny fotoana niantsoana ny rainy ho iraka tany amin'ireo Nosy Britanika. Vao maty vao haingana ny zokiny vavy anankiroa ary bevohoka indray ny reniny, ary tsapan'ny rainy fa lehibe loatra ny andraikitra eo amin'ny fambolena sy ny fiompiana ka tsy azo avela amin'ny renin'i David irery. Teo anatrehan'izany toe-javatra izany no nilazan'ny rahalahy McKay tamin'ny vadiny nanao hoe, 'Mazava loatra fa ho tsy afaka handeha aho.' Nijery azy ny rahavavy McKay ka nanao hoe, 'Mazava loatra fa tsy maintsy mandeha ianao; aza manana ahiahy ny amiko. Hainay sy David O. ny mikarakara tsara ny zavatra rehetra ato!' [teny voalaza tao amin'ny Llewelyn R. McKay, *Home Memories of President David O. McKay* (1956), 5–6]. Ny finoana sy ny fahafoizan-tenan'ny ray aman-dreniny no nahatonga an'i David haniry ny hanompo ny Tompo nandritra ny fiainany. Nantsoina ho any amin'ny Filan-kevitry ny Roambinifololahy izy tamin'ny 1906 teo amin'ny faha-32 taonany. Ary nanompo tao amin'izany Filan-kevitra izany sy tao amin'ny Fiadidiana Voalohany izy (tamin'ny naha-mpanolotsain'ny Filoha Heber J. Grant sy ny Filoha George Albert Smith azy) nandritra ny 45 taona talohan'ny nahatongavany ho Filohan'ny Fiangonana.

3. "Nanomboka nandeha lavitra tokoa ny Filoha McKay ary nitsidika mpikambana maro tao amin'ny Fiangonana izay nanomboka nihanaka nanerana an'izao tontolo izao. Namangy ireo Olomasina tany Angletera sy Eoropa, Afrika Atsimo, Amerika Latina, sy Pasifika Atsimo, ary tany amin'ny toerana hafa koa izy. Rehefa tonga tany Eoropa izy, dia nanomboka mialoha ny fandaminana rehetra mba hananganana ny tempoly any Londres sy Suisse. Talohan'ny nifaranan'ny fotoana niasany, dia nitsidika saika ny toerana rehetra teo amin'izao tontolo izao izy, nitsodrano sy nanentana ny mpikamban'ny Fiangonana.

4. "Ny Filoha McKay dia nanome lanjany vaovao ny asa fitoriana ny filazantsara tamin'ny famporisihana mafy ny mpikambana tsirairay mba hanao fanekena fa hitondra mpikambana iray vaovao isan-taona ao am-piangonana farafahakeliny. Nalaza tamin'ny famerimberenany ity fehezanteny ity izy: 'Ny mpikambana tsirairay dia misiônera avokoa.'

5. "Tamin'ny taona 1952, nandritry ny ezaka mba hampitomboana ny fahombiazan'ny misiônera amin'ny fotoana maharitra dia nalefa tany amin'ireo misiônera manerana an'izao tontolo izao, ny drafitry ny fitoriana ny filazantsara ôfisialy voalohany. Nitondra ny lohateny hoe *"A Systematic Program for Teaching the Gospel" (Ilay Fandaharan'asa Fampianarana ny Filazantsara)* izany. Misy lesona misiônera fito izany izay nampisongadina ny fampianarana avy amin'ny Fanahy ary mampianatra mazava tsara momba Ny Andriamanitra, ny drafitry ny famonjena, ny Apostazia sy ny Famerenana amin'ny laoniny ary ny maha-zava-dehibe ny Bokin'i Môrmôna. Ny isan'ireo olona niova fo ho ao amin'ny Fiangonana manerana an'izao tontolo izao dia nitombo be tokoa. Tamin'ny taona 1961, dia nanapa-kevitra hanao ny seminera voalohany ho an'ny filohan'ny misiôna rehetra ny mpitariky ny Fiangonana, izay nampianarana azy ireo mba hamporisika ny fianakaviana haneho fitiavana amin'ny namany sy ny mpiray monina aminy ary avy eo dia hitondra ireo olona ireo mba hampianarin'ny misiônera any an-tokantranony. Nisy ny fanorenana ny fandaharam-pampianarana ny tenim-pirenena ho an'ireo misiônera vaovao izay voantso izay nivoaka tamin'ny taona 1961, ary taty aoriana dia natsangana ny toerana foibe fanofanana ny misiônera.

6. “Nandritra ny fotoana nitantanan’ny Filoha McKay, dia nambolen’ny mpikamban’ny Fiangonana izay niasa tao amin’ny tafika ny voa nampitombo ny Fiangonana tany Azia. Miaramila tsotra iray avy tany amin’ny American Fork, tany Utah, nanompo tany Korea Atsimo, no nahamarika fa ny mponina any Korea dia mivily lalana raha vao mifanena amin’ireo miaramila Amerikana. Ity tanora mpikambana tao amin’ny Fiangonana ity kosa, dia nihataka ka namela ny Koreana hanohy ny lalany. Niezaka mafy koa mba hitadidy ny anaran’izy ireo izy ka niarahaba azy tamim-pifaliana rehefa mandalo azy ireo. Indray andro dia niditra tao amin’ny toerana fiarahan’ny miaramila misakafo izy niaraka tamin’ny namany dimy. Lava be ny filaharana mba hahazoana sakafo, noho izany dia niandry kelikely teo amin’ny latabatra iray aloha izy. Tsy tapitapitr’izay dia nisy mpiasa Koreana tonga niaraka tamin’ny sakafo. Sady nanondro ny galona iray teo amin’ny tanan’akanjony izy no nanao hoe, ‘Tsy afaka mandroso sakafo ho ahy ianao. Mbola miaramila tsotra aho.’ Namaly ilay Koreana nanao hoe, ‘handroso sakafo ho anao aho. Kristiana lohalaharana ianao’ [George Durrant, ”No. 1 Christian,“ *Improvement Era,* Nôv. 1968, 82–84].

7. “Tamin’ny taona 1967, ny misiônera sy ny miaramila dia nahomby tokoa tamin’ny fampianarana ny filazantsara tany Korea hany ka dia nadika tamin’ny teny Koreana ny Bokin’i Môrmôna ary tsy dia natsangana ny tsatòka sy ny paroasy tany.

8. “Nahomby be koa ny misiônera tany Japana. Taorian’ny Ady Lehibe faha-II, tsy dia nifanerasera firy tamin’ny solon-tenan’ny Fiangonana an-taonany maro ny mpikambana tao amin’ny Fiangonana tany Japana. Ireo miaramila Olomasin’ny Andro Farany nitoetra tany Japana taorian’ny ady anefa dia nanampy tamin’ny fitomboan’ny Fiangonana. Tamin’ny taona 1945, dia voasariky ny miaramilan’ny Olomasin’ny Andro Farany izay nandà tsy hisotro dite i Tatsui Sato, ary nanadihady azy ireo izy ary izany dia nitarika hatrany amin’ny fanaovana batisa azy sy ny fianakaviany ny taona manaraka. I Elliot Richards no nanao batisa an’i Tatsui, ary i Boyd K. Packer izay miaramila nanjary mpikambana tao amin’ny Kôlejin’ny Roambinifolo no nanao batisa an-dranabavy Sato. Ny tranon’i Sato no natao toeram-pivoriana ho an’ireo Japone izay sambany vao nandre ny hafatry ny filazantsara nampodiana amin’ny laoniny. Tsy ela ireo misiôneran’ny Fiangonana, izay niady tamin’ny Japone nandritra ny Ady Lehibe faha-II, dia nanokatra tanàna Japone maro ho an’ny asa fitoriana ny filazantsara.

9. “Raha niankina tamin’ny ezaka nataon’ny miaramila Amerikana koa ny fisian’ny Fiangonana tao Filipina taorian’ny Ady Lehibe faha-II, ny fitomboana lehibe teo amin’ny Fiangonana kosa dia nanomboka tamin’ny taona 1961. Tanora zazavavy Filipiana iray, izay tsy mpikambana tao amin’ny Fiangonana, no nandre ny momba ny Bokin’i Môrmôna ary nifanerasera tamin’ny Olomasin’ny Andro Farany maro. Ho vokatr’izany dia nangataka tamin’ireo manam-pahefana tao amin’ny fitondrampanjakana izay fantany izy mba hanaiky ny hanomezana lalana ny misiôneran’ny Fiangonana ho any Filipiana. Nomena izany fanomezan-dalana izany, ary volana vitsivitsy taty aoriana dia nanokana indray ny firenena ho an’ny asa fitoriana ny filazantsara ny Loholona Gordon B. Hinckley, avy tao amin’ny Kôlejin’ny Roambinifolo.

10. “Vokatry ny fitomboan’ny Fiangonana nandritra ny taona 1950 no nambaran’ny Filoha McKay ny fandrindrana ny fandaharan’asan’ny fisoronana. Nampandraiketina ny kaomity iray, notarihan’ny Loholona Harold B. Lee tao amin’ny Kôlejin’ny Roambinifolo ny andraikitra handinika lalina amim-bavaka ny fandaharam-pampianarana manontolo ao amin’ny Fiangonana, hijery raha mifanojo tsara amin’ireo tanjon’ny Fiangonana izany. Tamin’ny taona 1961, niaraka tamin’ny fankatoavan’ny Fiadidiana Voalohany, no nanambaran’ny Loholona Lee fa hohatsaraina ny lalàna izay hitantanana ny drafitra, ny soratra, ny fampiasana ireo fitaovana hoenti-mampianatra ao amin’ny Fiangonana. Maro tamin’ireo fitaovana ireo no nokarakarain’ny vondrona fanampin’ny Fiangonana. Ity torolalana vaovao ity, dia natao mba hialana amin’ny fanaovana tahadika ny fandaharam-pianarana sy ny fitaovana ary ny lesona ao amin’ny Fiangonana izay tsy ilaina akory, mba hahomby kokoa ny fampianarana ny filazantsara ho an’ny mpikambana rehetra na firy taona na firy taona izy sy ho amin’ny fiteny rehetra manerana an’izao tontolo izao ao amin’ny Fiangonana.





11. “Nanao fanovana hafa koa ny Fiangonana mba hampahomby ny fandrindrana ny fandaharan’asa sy ny fiaraha-mientana hafa, anisan’izany ny fandaharan’asa fanampiana, ny asa fitoriana ny filazantsara, ny asa fanaovana ny tetiarana—mba hahafahana manatontosa tsara ny asa hanirahana ny Fiangonana. Ny fampianarana isan-tokantrano, izay anisan’ny asa nataon’ny Fiangonana nanomboka tamin’ny andron’i Joseph Smith, dia nohamafisina indray tamin’ny taona 1960 mba ho fomba entina hanomezana izay ilain’ny fanahy sy ny vatan’ny mpikambana rehetra ao amin’ny Fiangonana. Natsangana ny trano famakiamboky mba hanatsarana ny fampianarana ary natao koa ny fandaharan’asa fanofanana ho an’ny mpampianatra. Tamin’ny taona 1971 no nanomboka namoaka ny gazetiboky anankitelo ny Fiangonana izay teo ambany fiahian’ny Manam-pahefana Ambony, ireto avy ireo boky ireo: *Friend* ho an’ny ankizy, *New Era* ho an’ny tanora, ary *Ensign* ho an’ny olon-dehibe. Tokony ho tamin’izay fotoana izay ihany koa no namoahana ny gazetiboky tamin’ny tenim-pirenena samihafa, ka samy namoaka ny azy ny misiôna. Gazetiboky iray ankehitriny no efa mivoaka amin’ny tenim-pirenena isan-karazany ary alefa manerana ny mpikamban’ny Fiangonana maneran-tany.

12. “Nanatitrantitra foana ny maha-zava-dehibe ny tokantrano sy ny fiainampianakaviana izay ho loharanom-pahasambarana ary fiarovana tsara indrindra hiadiana amin’ny fisedrana sy ny fakampanahy misy eo amin’ny fiainana ankehitriny ny Filoha David O. McKay. Matetika izy no miresaka ny fitiavany ny fianakaviany ary ny fanohanana azony avy tamin’ny vadiny, Emma Rae. Nandritra ny fotoana nitondran’ny Filoha McKay, ny

fanaovana ny takarivam-pianakaviana dia naverina nohamafisiny kokoa fa lalana iray hifanakaikezan'ny ray aman-dreny sy ny zanaka sy hampianarana ny fitsipiky ny filazantsara.

13. "Nanohana ny mpaminany ny Fikambanana Ifanampiana tamin'ny nanomezany lanja lehibe ny fanamafisana ny tokantrano sy ny fianakaviana. Hatramin'ny fiandohany tany Nauvoo, dia nandroso ny Fikambanana Ifanampiana ary an'arivony ny vehivavy mpikambana ao manerana an'izao tontolo izao, izay nahazo fahasoavana manokana ho an'ny fianakaviany tamin'ny fampianarana sy ny fiaraha-miasa voarainy tao amin'ny Fikambanana Ifanampiana. Nanomboka tamin'ny taona 1945 ka hatramin'ny taona 1974, ny fiadidian'ny Fikambanana Ifanampiana maneran-tany dia ny Filoha Belle S. Spafford, mpitarika mahay izay nahazo ny mari-pankasitrahana nasionaly tamin'ny fotoana naha-filohan'ny Filan-kevitra Nasionalin'ny Vehivavy tany Etazonia azy nanomboka tamin'ny taona 1968 ka hatramin'ny taona 1970.

14. "Nodimandry tamin'ny volana Janoary 1970 ny Filoha McKay teo amin'ny faha-96 taonany. Tokony ho 20 taona no nitarihany ny Fiangonana, nandritra izany dia nitombo avo telo heny ny mpikambana tao amin'ny Fiangonana ary fandrosoana lehibe no vita tamin'ny fanapariahana, manerana ny tany, ny hafatry ny filazantsara" (*Ny Lovantsika,* 114–19).

Fahatakarana ny Famakiana

Ny Fiainan'ny Filoha David O. McKay

Nanomboka mialoha (and. 3)—Tamin'ny voalohany

Famporisihana (and. 4)—Mamporisika

Famerimberenana (and. 4)—Mampahatsiahy, manoro hevitra

Nanao (and. 5)—Nanao

Zazavao (and. 6)—Miaramila ambany grady indrindra amin'ny tafika Amerikana

Galona iray tamin'ny tanan'akanjony (and. 6)—Fandravahana ny fitafin'ny zazavao tao amin'ny tafika

Fampiasana (and. 10)—Fampiasana

Ny Fampianarana sy ny Tenivavolombelon'i David O. McKay

15. "Ny tokantrano no toerana voalohany sy tsara indrindra hianaran'ny zanaka ny leson'ny fiainana: fahamarinana, haja, hatsaran-toetra, fifehezan-tena; ny lanjan'ny fianarana, asa mahitsy, ary ny tanjona sy ny tombontsoan'ny fiainana. Tsy misy mahasolo ny toeran'ny tokantrano amin'ny fitaizana sy fampianarana ny zanaka, ary tsy misy fahombiazana hafa mahasolo ny tsy fahombiazana ao an-tokantrano" (*Family Home Evening Manual* [1968], iii).

16. "Ny voatsinapin'ny fiainana feno fahasambaran'ny fanambadiana dia afafy [ambolena] mandritry ny fahatanorana. Ny hasambarana dia tsy manomboka eny amin'ny alitaran'ny [fanambadiana]; manomboka amin'ny vanim-potoanan'ny fahatanorana sy ny fifampikasokasoana izany" (*Pathways to Happiness,* comp. Llewelyn R. McKay [1957], 49).

17. "Ny fakan-tahaka fatratra indrindra dia ny fampianarana sy ny fiainana manokan'i Jesoa avy any Nazareta, ary ny lehilahy izay manana izany toetra tahaka ny an'i Kristy izany dia azo antsoina hoe goavana marina tokoa.

18. "Izay fahatsapana ao am-ponao mikasika an'i Kristy dia hamaritra ny maha-ianao anao, ary hamaritra ihany koa ny fihetsika ho ataonao" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Apr. 1951, 93).

19. "Ny tena tokantrano Môrmôna dia ny tokantrano izay raha hidiran'i Kristy, dia hankafy ny hijanojanona sy hiala sasatra ao Izy" (*Gospel Ideals* [1953], 169).

20. "Raha toa ka mametraka ny asany na ny fahafinaretany, na ny fahazoany fidiram-bola fanampiny ho zavatra ambony kokoa noho ny tokantranony ny olona iray dia efa manomboka mihen-danja izy ho amin'ny fahalemen'ny fanahiny. Rehefa manomboka mahasarika kokoa noho ny tokantranony ny trano fandihizana, dia fotoana ho azy amin'izay ny mibaboka amin'ny alahelo mangidiny izay nahalavo azy tamin'ny fahafahana faratampony teo amin'ny fiainany, ary nampihemotra tamin'ny fitsapana farany amin'ny maha-olo-marina ny tena.

21. "Ny trano bongo mahantra kely izay hanjakan'ny fitiavana iraisan'ny fianakaviana dia manan-danja lehibe lavitra eo amin'Andriamanitra sy ny fiainan'olombelona amin'ny ho avy mihoatra ny harena hafa rehetra. Afaka manao fahagagana ao amin'izany tokantrano izany Andriamanitra, ary hiasa am-pahagagana. Ny fo madio ao amin'ny tokantrano madio dia bitsika hifandraisan'ny lanitra hatrany" (ao amin'ny "A Prophet's Counsel," *Church News,* 7 Sept. 1968, 4).

22. "Tena azo atao ny manao ny tokantrano ho lanitra kely; mazava ho azy, alaiko sary an-tsaina ny lanitra izay tahakan'ny fitohizan'ny tokantrano idealy" (*Gospel Ideals,* 490).

23. Ny Loholona Gordon B. Hinckley, izay mpikambana tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, dia nindrana izao torolalan'ny Filoha McKay manaraka izao: "Ny ray dia tsy afaka manao zavatra lehibe ho an'ny zanany mihoatra ny fiezahan'izy ireo hanao izay hahatsapan'izy ireo fa tia azy ny reniny" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Apr. 1971, 82; na *Ensign,* Jiona 1971, 72).

24. "Tsy misy ray aman-dreny maniratsira an'Andriamanitra ka afaka mampianatra ny finoana an'i Kristy. Ny faniratsirana dia tsy tokony ho re ao amin'ny trano feno filaminana. Ny fianianana dia faharatsiana izay mijoro ho vavolombelona ny toetra ambanin'ny fitaizana. Ny fitenenan-dratsy dia mandroaka ny fanahin'ny vavaka" (*Gospel Ideals,* 420).

25. "Andriamanitra dia manampy antsika ho marina amin'ny andraikitsika, amin'ny antsontsika ary indrindra indrindra ny andraikitra hananantsika hitondra ny filazantsara ho an'ireo namantsika sy mpifanolobodirindrina amintsika. Hanova ny fiainan'ireo lehilahy izany ary hanatsara bebe kokoa ireo vehivavy sy ankizy izany izay tsy tahaka ny teo aloha. Izany no iraky ny Filazantsaran'i Jesoa Kristy, mba hanova ireo maivan-doha ho olona tsara ary hanova ireo olona tsara ho tsara indrindra" ("Every Member a Missionary," *Millennial Star,* Ôkt. 1961, 469).

26. Ny Loholona Robert L. Simpson, Mpanampy iray tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, dia niresaka momba ny fialana amin'ny fidonanam-poana, dia nanolotra izao teny nindramina avy amin'ny Filoha McKay: "Ny tena handrefesana ny olona iray dia ny handaniany ny fotoanany rehefa tsy manana zavatra atao izy" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Ôkt. 1972, 146; na *Ensign,* Jan. 1973, 113).

27. Ny Filoha Marion G. Romney, izay mpanolotsain'ny Fiadidiana Voalohany, dia niresaka momba ny fisalasalana ny hanaraka ny Fanahy nandritra ny fotoana teny amin'ny sahan'ny fitoriana ny filazantsara nandritra ny hatanorana ary namery ny fahafahana hoentin'izany: "Ny hany zavatra nahatsapako fa namela ahy tamin'ny fahotako ny Tompo dia ny faharenesako ny Filoha McKay niteny hoe: 'Notaomin'ny fanahy tamin'ny zavatra iray aho indray andro izay teny amin'ny sahan'ny misiôna, ary tsy nataoko izany.' Hoy izy: 'Tena nalahelo foana aho nanomboka hatramin'izay.' Hoy izy, 'Aza mitsahatra amin'ny fanarahana ny bitsiky ny Fanahy Masina. Iaino izany rehefa mahazo izany ianao, ary manàna herim-po ny hanao araka izay notoroina' " (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Apr. 1975, 110; na *Ensign,* Mey 1975, 74).

28. "Ny fijoroako ho vavolombelona ny amin'ilay Tompo nitsangana tamin'ny maty dia toy ny an'i Tomasy [mpianatr'i Jesoa]', izay niteny tamin'i Kristy nitsangana tamin'ny maty hoe rehefa niseho tamin'ny mpianany izy: 'Tompoko sy Andriamanitro' (Jaona 20:28.) Fantatro fa velona izy. . . .

29. "Fantatro fa hiresaka amin'ireo mpanompony mikatsaka azy amim-panetren-tena sy amim-pahamarinana izy. Fantatro satria naheno ny feony aho ary nandray ny fitarihany teo amin'ny zavatra izay mahakasika ny fanjakany eto an-tany.

30. "Fantatro fa ny Rainy, ny Mpahary antsika dia velona. Fantatro fa niseho tamin'ny Mpaminany Joseph Smith izy ireo. . . . Izany fahalalana izany dia tena marina toy ireo zavatra mitranga amin'ny fiainako andavanandro. Rehefa mandry isika amin'ny alina dia fantatsika—ary mahazo antoka isika—fa ny masoandro dia hiposaka indray amin'ny maraina ary hampamirapiratra ny tenany manerana ny tany manontolo. Koa dia ao amiko ny fahalalana ny fisian'i Kristy sy ny fahamasinan'ity Fiangonana naverina tamin'ny laoniny ity" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Apr. 1968, 9–10).

Fahatakarana ny Famakiana

Ny Fampianarana sy ny Tenivavolombelon'i David O. McKay

Mahasolo (and. 15)—Manolo, maka ny toeran'ny

Hijanonjanona (and. 19)—Hitoetra

Trano fandihizana (and. 20)—Toerana hialana voly

Faniratsirana (and. 24)—Ampiasaina tsy araka ny tokony ho izy, tsisy fanajana

Mijoro ho vavolombelona (and. 24)—Mampiseho, maneho

Fitaizana (and. 24)—Maha-ray aman-dreny, manabe

Fitenenan-dratsy (and. 24)—Teny tsy masina

Hiresaka (and. 29)—Hiteny amin'ny

Fandalinana ny Famakiana

Ataovy ny roa amin'ireto asa manaraka ireto (A–D) rehefa mandalina ny "Filoha David O. McKay" ianao.

A Manorata Famakafakan-kevitra

Halalino ny andalan-tsoratra 1–14. Manorata famakafakan-kevitra fohy momba ny zavatra ankasitrahanao amin'ny fiainan'ny Filoha McKay ary ny hahafahan'ny ohatra nataony manampy anao hanatona an'i Jesoa Kristy.

B Manaova Sarin-tany

1. Manaova sarin-tanin'izao tontolo izao tsotsotra, amin'ny fampiasana ny sarin-tany ao amin'ny soratra masinao ho fitarihana.
2. Lokoy ny faritra izay notsidihan'ny Filoha McKay ary ireo toeran'ny Fiangonana izay nisehoan'ny fitomboana mahavariana nandritra ny fiadidiany.
3. Asio kintana eo amin'ny faritra izay nananganany tsatòka.
4. asio *X* eo amin'ireo faritr'izao tontolo izao izay nanombohan'ny sekolin'ny Fiangonana nandritra ny fiadidiany.
5. Asio *T* eo amin'ny faritra izay nisian'ny tempoly notokanana nandritra ny fiadidiany.

D Haingoy ny Tokantranonao

Alaivo sary an-tsaina fa vao avy nanambady tany amin'ny tempoly ianao ary mifanakaloza hevitra amin'ny vadinao momba ny fomba hampihaingoana ny tokantranonareo.

1. Manaova sarin'ny efitrano tsirairay avy ao anaty kahienao.
2. Avy amin'ny famakianao ny "Ny Fampianarana sy ny Tenivavolombelon'i David O. McKay," dia soraty ny laharan'ny andalan-tsoratra an'ireo fanambarana tsirairay ao amin'ny efitranonao izay heverinao fa mifanaraka amin'izy ireo. (Ny fanambarana sasany dia mety hihoatra ny andalan-tsoratra iray. Afaka manao fanambarana mihoatra ny iray isaky ny efitrano ianao.)
3. Hazavao eo ambanin'ity ny sary nataonao ity ireo safidinao. Ohatra, ny Filoha McKay dia nampianatra ao amin'ny andalan-tsoratra 19 ny zavatra tokony hahantona eo amin'ny varavarana anoloana izay mampahatsiahy anao fa ny tokantranonao dia tokony toerana mahasarika ny Tompo ny hiditra ao.

Filoha Joseph Fielding Smith

Mpampianatra Filazantsara sy Mpanoratra

Ny Filoha Joseph Fielding Smith "dia notokanana ho Apôstôly tamin'ny 7 Aprily 1910, izay nataon'ny rainy, ny Filoha Joseph F. Smith, Filohan'ny Fiangonana faha-enina. . . .

"Filoha Smith, izay zafikelin'i Hyrum Smith, . . . [no] olona fahatelo mitondra ny anarana Joseph Smith ka Filohan'ny Fiangonana. . . .

"Nanao fandraisana anjara tsy tapaka teo amin'ny sehatra ara-literatioran'ny Fiangonana [izy] tamin'ny alalan'ny soratanana maro mikasika ny fotopampianaran'ny Fiangonana sy ny tantaran'ny Fiangonana.

"Mpitarika be fitiavana izy izay, nandritra ny fiainana be fanoloran-tena nataony ho an'ny fitsipiky ny filazantsara, dia nofaritan'ny mpikambana tao amin'ny Filankevitry ny Roambinifololahy ho tena lehilahy marina sy tia fahamarinana" ("President Joseph Fielding Smith Becomes Tenth President of the Church," Improvement Era, Feb. 1970, 3). Rehefa mamaky momba ny fiainan'ny Filoha Smith sy ny fampianarany ianao, dia jereo ireo porofo mivaingana teo amin'ny fiainany taloha izay mety hanazava ny antony sy ny fomba nahatonga azy ho toy izany.

NY FIAINANY (1876–1972)



1876	Teraka tamin'ny 19 Jolay, zanak'i Joseph F. sy Julina Lambson Smith tao Salt Lake City
1884	8 taona, nataon'ny rainy batisa tao Salt Lake City tamin'ny fitsingerenan'ny taonany
1893	16 taona, nanatrika ny fanokanana ny Tempolin'i Salt Lake
1898	21 taona, nanambady an'i Louie Emily Shurtliff
1899–1901	22–24 taona, nitory filazantsara tany Angletera
1901	24 taona, nanomboka niasa tao amin'ny biraon'ny Mpahaitantaran'ny Fiangonana
1908	32 taona, nanambady an'i Ethel Reynolds, taorian'ny nahafatesan'ny vadiny voalohany
1910	33 taona, notokanan'ny Filoha Joseph F. Smith ho Apôstôly
1921–70	44–93 taona, nanompo ho Mpahaitantaran'ny Fiangonana
1938	61 taona, nanambady an'i Jesse Evans, taorian'ny nahafatesan'ny vadiny faharoa
1945–49	68–72 taona, Filohan'ny Tempolin'i Salt Lake
1951	74 taona, Filohan'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo
1970	93 taona, notohanana ho Filohan'ny Fiangonana taorian'ny nahafatesan'ny Filoha David O. McKay
1971	94 taona, maty ny vadiny fahatelo
1972	95 taona, nodimandry tamin'ny 2 Jolay tao Salt Lake City

NY FIADIDIANY (1970–72)

1970	Naorina ny tsatòka voalohany tany Afrika (tao Afrika Atsimo)
1970	Naorina ny tsatòka voalohany tany Azia (tao Japana)
1971	Ny fihaonambem-paritra voalohan'ny Fiangonana (tany Angletera)
1972	Notokanana ny tempoly tao Ogden sy Provo, Utah
1972	Nahatratra 3.218.908 ny mpikamban'ny Fiangonana

Ny Fiainan'ny Filoha Joseph Fielding Smith

1. "Rehefa nodimandry i David O. McKay, dia ny Filoha Joseph Fielding Smith, izay efa ho 93 taona, no lasa Filohan'ny Fiangonana. Zanaky ny Filohan'ny Fiangonana teo aloha izy dia i Joseph F. Smith.

2. "Naniry ny hianatra ny sitrapon'ny Tompo i Joseph Fielding Smith tamin'ny fahazazany ka izany no nanosika azy hamaky ny Bokin'i Môrmôna in-droa, talohan'ny fahafolo taonany ka nitondrany ny bokin'ny soratra masina miaraka aminy rehefa mandeha izy. Rehefa tsy hitan'ny namany any ekipa filalaovany baolina izy, dia any amin'ny fahitra no ahitana azy mamaky ny soratra masina. Hoy izy tamin'ny farany, 'Araka ny fitadidiako, raha vao nahay namaky teny aho, dia nahazo fahafinaretana sy fahafahampo kokoa tamin'ny fianarana ny soratra masina, sy ny famakiana ny momba an'i Jesoa Kristy Tompo, sy ny momba ny Mpaminany Joseph Smith, ary ny momba ireo rehetra vita ho famonjena ny olombelona, noho ny zavatra hafa rehetra azo atao eto amin'izao tontolo izao' [tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Apr. 1930, 91].

3. "Izany fianarana tamin'ny andro taloha izany no fototry ny fahalalana lalina ny soratra masina sy ny tantaran'ny Fiangonana, izay nampiasainy tamin'ny toriteniny sy ny lahatsoratra nataony tanatin'ny boky miisa tokony ho 20 sy ny lahatsoratra manan-danja am-polony navoaka an-gazety momba ny fotopampianarana.

4. "Nandritra ny fotoana niasany, no nanorenana ny tsatòka voalohany tany Azia (Tokyo, Japana) ary tany Afrika (Johannesburg, Afrika Atsimo). Niaraka tamin'ny fitomboan'ny mpikambana tao amin'ny Fiangonana dia nanomboka nanao ny fihaonambe isamparitra manerana an'izao tontolo izao mba hanofanana ny mpitarika teo an-toerana sy hamela ny mpikambana hihaona amin'ny

Manam-pahefana Ambony ny Filoha Smith sy ny Mpanolotsainy. Ny fihaonambe voalohany tahaka izany dia natao voalohany tao Manchester, Angletera. Mba hahafahana manompo tsara ny vahoaka manerana ny tany, dia niantso misiônera misahana momba ny fahasalamana mba hampianatra ny fitsipika fototra ara-pahasalamana sy ny fahadiovana. Tsy ela, dia nihoatra ny 200 ny misiônera nikarakara ny ara-pahasalamana tany amin'ny tany maro.

5. "Efa nitarika ny kilasin'ny seminera tao amin'ireo trano teo am-pitan'ny sekoly ambaratonga farany tany andrefan'i Etazonia ny Fiangonana hatramin'ny taona 1912. Nanomboka ny institiota fianarana ny filazantsara tany amin'ny sekoly ambaratonga ambony sy ny oniversite tamin'ny taona 1920 ary ny ankamaroan'ny mpianatra dia Olomasin'ny Andro Farany. Tamin'ny fiantombohan'ny taona 1950, ny seminera vao maraina dia nanomboka tany Los Angeles, tany Californie, ary tsy ela dia nihoatra ny 1.800 ny mpianatra. Nitolagaga ireo tsy mpikambana nijery izany fa ny tanora Olomasin'ny Andro Farany 15 ka hatramin'ny 18 taona dia mifoha amin'ny 5 ora sy sasany maraina, dimy andro ao anatin'ny herinandro mba hianatra soratra masina. Nanomboka tamin'ny fiandohan'ny taona 1970 ny fianarana seminera tany an-trano mba hahafahan'ny mpianatra Olomasin'ny Andro Farany manerana an'izao tontolo izao mahazo ny fampianarana ny soratra masina. Nandritra ny fitondran'ny Filoha Smith dia nitombo tsy nisy toa azy ny fandehan'ny seminera sy ny institiota fianarana ny filazantsara.

6. "Tamin'ny toriteny ampahibemaso farany nataon'ny Filoha Smith tamin'ny fihaonambe tamin'ny volana Aprily taona 1972, no nilazany hoe: 'Tsy misy fanasitranana ho an'ny aretin'izao tontolo izao afa-tsy ny filazantsaran'i Jesoa Kristy Tompo. Ny fanantenantsika hahazo fandriampahalemana, firoboroboana ara-nofo sy ara-panahy ary farany dia ny handova ny fanjakan'Andriamanitra dia tsy ho azo afa-tsy ao amin'ny alalan'ny filazantsara naverina amin'ny laoniny. Tsy misy asa azontsika idirana ka manan-danja lehibe noho ny fitoriana ny filazantsara sy ny fananganana ny fanjakan'Andriamanitra ety an-tany' [tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Apr. 1972, 13; na *Ensign,* Jolay 1972, 27].

7. "Nodimandry tamim-piadanana tao an-tranon'ny zanany vavy i Joseph Fielding Smith rehefa avy nanompo tamin'ny nahafilohan'ny Fiangonana azy nandritra ny roa taona sy tapany. 95 taona izy izay nodimandry izay ary nanompo ny Tompo tamim-pahazotoana nandritra ny fiainany manontolo" (*Ny Lovantsika,* 121–23).

Ny fihaonambem-paritra voalohan'ny Fiangonana dia natao tany Angletera tamin'ny Aogositra 1971 teo ambany fitarihan'ny Filoha Joseph Fielding Smith. Ny Loholona Howard W. Hunter no eo ambonin'ny lampihazo.

Fahatakarana ny Famakiana

Ny Fiainan'ny Filoha Joseph Fielding Smith

Fitadidiana (and. 2)—Fahatsiarovana

Lalina (and. 3)—Mivelatra, lehibe

Fotoana niasany (and. 4)—Fiadidiany

Fahadiovana (and. 4)—Fahadiovana

Ampitan'ny (and. 5)—Akaikin'ny

Lova (and. 6)—Toerana Fitsaharana, valisoa

Idirana (and. 6)—Mahasahirana antsika

Ny Fampianarana sy ny Tenivavolombelon'i Joseph Fielding Smith

8. "Ny fangatahan'andro, raha ampiharina amin'ny fitsipiky ny filazantsara, dia mpangalatra ny fiainana mandrakizay, izay fiainana eo anatrehan'ny Ray sy ny Zanany. Maro ireo eo anivontsika, na dia ireo mpikamban'ny Fiangonana aza, no mieritreritra fa tsy misy mahamaika amin'ny fanarahana ny fitsipiky ny filazantsara sy ny fitandremana ny didy" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Aprily 1969, 121).

9. "Raha te-hahazo ny famonjena amin'ny endriny feno ianao, dia ny fisandratana ao amin'ny fanjakan'Andriamanitra, mba hahatonga anao ho zanakalahiny sy zanakavaviny, dia tsy maintsy mandeha any amin'ny tempolin'ny Tompo ary mandray ireo ôrdônansy masina izay tanterahina ao amin'izany trano izany, izay tsy azo tanterahina na aiza na aiza. Tsy misy lehilahy mahazo ny fahafenoan'ny mandrakizay samirery, ny fisandratana; tsy misy vehivavy mandray izany fitahiana izany samirery; fa ny mpivady, rehefa mandray ny herin'ny famehezana ao amin'ny tempolin'ny Tompo izy ireo, ary raha mitandrina ny didy rehetra izy ireo aorian'izany, dia afaka ny ho any amin'ny fisandratana, ary hitohy sy ho tonga tahaka ny Tompo. Ary izany no tanjon'olombelona; izany no fanirian'ny Tompo amin'ny zanany" (*Doctrines of Salvation,* 2:44).

10. "Tsy misy fahasamihafana ny voasoratra sy ny voalazan'ny olona iray, raha toa ka mifanohitra amin'ny nambaran'ny Tompo ny voalaza, dia azontsika avela any izany. Ny teniko, ary ny fampianaran'ny mpikambana hafan'ny Fiangonana, ambony na ambany, raha toa izany tsy mifanaraka amin'ny fanambarana, dia tsy tokony hanaiky izany isika. Aleo hazava tsara ity resaka ity. Efa nekentsika ny soratra masina efatra ankatoavin'ny Fiangonana ho toy ny metatra na mizàna, izay handrefesantsika ny fotopampianaran'ny olon-drehetra" (*Doctrines of Salvation,* 3:203).

11. "Amiko dia tsy tokony ho afa-po mihitsy ny mpikamban'ity Fiangonana ity raha tsy mahavita vaky ny Bokin'i Môrmôna imbetsaka, ary hanome lanja izany mba hahafahany mijoro ho vavolombelona fa tena firaketana mitaona fanahy avy tamin'ilay Tsitoha tokoa izany, ary marina ny tantara raiketiny. . . .

12. ". . . Tsy misy mpikamban'ity Fiangonana ity afaka hijoro eo anatrehan'Andriamanitra raha tsy efa namaky tamim-pahamatorana sy tamim-pitandremana ny Bokin'i Môrmôna" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Ôkt. 1961, 18).

13. "Te-hijoro ho vavolombelona ny amin'ny famerenana amin'ny laoniny ny filazantsara aho, sy ny amin'ny iraka nampanaovina ny Mpanavotra antsika, ny amin'ny antson'ny Mpaminany Joseph Smith ary ny amin'ity asa mandritr'ity fotoampitantanana izay iainantsika ity, izay fantatra fa Fotoampitantanan'ny Fahafenoan'ny fahasoavana. Fantatro tanteraka fa i Jesoa Kristy no Zanakalahitokan'Andriamanitra, ilay Mpanavotra an'izao tontolo izao, ilay Mpamonjy ny olombelona raha toa ka mibebaka amin'ny fahotany sy manaiky ny filazantsara izy ireo. Tamin'ny alalan'ny fahafatesany dia nanavotra ny olombelona rehetra izy ary nanao ilay sorona mba hanesorana ny fahotantsika ka tsy hotakiana amintsika izany raha toa ka manaiky azy sy mitoetra ho marina ary ho mahatoky amin'ny fampianarany isika" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Apr. 1956, 58).

Fahatakarana ny Famakiana

Ny Fampianarana sy ny Tenivavolombelon'i Joseph Fielding Smith

Fangatahan'andro (and. 8)—Manao fanahy iniana miandry ny zavatra tokony atao

Mahamaika (and. 8)—Haingana, vonjy taitra

Fisandratana (and. 9)—Ny Fiainan'Andriamanitra

Mifanena (and. 10)—Manaiky

Andalan-tsoratra 13—Inona no antsoina hoe "Fotoampitantanan'ny Fahafenoan'ny Fotoana"?

Ny Filoha Spencer W. Kimball dia nampianatra hoe: "Nandritra ny fotoana nifandimby rehetra dia nisy hatrany vanim-potoana izay nanangonan'ny Tompo miaraka ny olony sy nanorenany ny filazantsara sy ireo ôrdônansin'ny famonjena sasany tamin'izy ireo. Izany no antsointsika hoe fotoampitantanan'ny filazantsara" ("The Things of Eternity—Stand We in Jeopardy?" *Ensign,* Jan. 1977, 3). Miaina ao amin'ny "fotoampitantanan'ny fahafenoan'ny fotoana" isika (Efesiana 1:10), na fotoampitantanana farany alohan'ny Fiaviana Fanindroan'i Jesoa Kristy.

Fandalinana ny Famakiana

Ataovy ny asa A sy ny asa B na D rehefa mandalina ny "Filoha Joseph Fielding Smith" ianao.

A Mitadiava Fanafana

1. Inona no areti-mandringana izay eritreretinao fa sarotra sitranina tokoa raha toa ka mpitsabo ianao? Nahoana?
2. Avereno vakiana ny andalan-tsoratra 2–3 sy 5–6 ary ataovy ireto manaraka ireto:
   a. Tanisao ireo "areti-mandringana" ara-panahy sasany eto amin'izao tontolo izao.
   b. Inona no "fanafody" atolotry ny Filoha Joseph Fielding Smith hanampiana hanasitranana izany aretina izany?
   d. Ahoana no fomba nialan'ny Filoha Smith ny aretina arapanahy fony fahatanorany?
   e. Ahoana no ahafahan'ny seminera manome fahafahana "fanasitranana" eo amin'ny fiainanao?

B Sakano ireo Mpandromba

Moa ve efa nanana zavatra manan-danja nisy nangalatra ianao? Ahoana no fahatsapanao tamin'izany?

1. Avereno vakiana ny andalan-tsoratra faha-8 ary valio ireto fanontaniana manaraka ireto:
   a. Inona no fananana manan-danja afaka angalarina aty amintsika?
   b. Ahoana no fomba hangalarana izany?
   d. Iza no mpandromba?
2. Avereno vakiana ny andalan-tsoratra faha 11–12 ary ataovy ireto manaraka ireto:
   a. karohy ny soratra masina ao amin'ny Bokin'i Môrmôna izay mampitrandrina momba ny fangatahan'andro ary ny iray izay miresaka momba ny fiainana mandrakizay.
   b. Manorata ny zavatra azonao hatao mba "hijoro hahazo lalana eo anatrehan'Andriamanitra."

D Manorata ny Zavatra Nitranga

Avereno dinihina ny andalan-tsoratra faha-9 ary manorata zavatra nitranga toy ireny hoe vao avy natao fanambadiana tany amin'ny tempoly ireny ianao. Ao amin'izany zavatra nitranga soratanao izany dia eritrereto sy tsarovy ny mampiditra valinteny amin'ireto fanontaniana manaraka ireto:

1. Aiza no tempoly tianao hamehezana anao?
2. Araky ny fampianaran'ny Filoha Smith, dia nahoana no manan-danja aminao ny ho fehezina any amin'ny tempoly?
3. Iza no tianao ho eo? Nahoana?
4. Nahoana mety manampy anao ho tonga tahaka ny Tompo bebe kokoa ny fandehanana any amin'ny tempoly matetika.



Tamin'ny lahateny fandevenana ny Filoha Harold B. Lee, ny Filoha Spencer W. Kimball dia namariparitra ny Filoha Lee ho "iray amin'ny olona ambonin'Andriamanitra, mahery, manolo-tena, ary efa voatendry talohan'izao fiainana izao ho lehilahy hahavita be tokoa" (tao amin'ny L. Brent

Goates, Harold B. Lee: Prophet and Seer *[1985], 595). Tamin'ny tranga iray hafa, ny Filoha Kimball dia naneho ny Filoha Lee ho "miezaka sy marina, mahay ny fandaharan'asan'ny [Fiangonana], manana lanja ara-panahy, ary ambonin'izany rehetra izany, dia, nantsoin'ny Tompo. . . . Efa hitanay ity lehilahy ity, efa niofana sy nanana lanjany ara-panahy, nivoatra sy nilofo tamin'ny antsony. Rehefa nahita azy niresaka sy nandray fanapahan-kevitra izahay, dia fantatray tamin'izany rehetra izany ny feon'ny mpiandry ondry, ny mpitarika ny olona, mpaminanin'ny Tompo, ilay mpitondra ny kapaotin'ny mpaminany" (*Teachings of Spencer W. Kimball, *467). Rehefa mandalina ny fiainana sy ny fampianaran'ny Filoha Lee ianao, dia mariho ny finoana tsotra manokana izay namaritra ny fiainany sy ny zavatra ninoany izay nitahy an'izao tontolo izao.*

NY FIAINANY (1899–1973)

1899 Teraka tamin'ny 28 Martsa ary zanak'i Samuel sy Louisa Bingham Lee tao Clifton, Idaho

1907 8 taona, natao batisa tamin'ny Alahady 9 Jiona, tao amin'ny Dobo Bybee

1916 17 taona, nanomboka niasa ho mpampianatra tao Idaho

1920–22 21–23 taona, nitory ny filazantsara tany andrefan'i Etazonia

1923 24 taona, nanambady an'i Fern Tanner

1932 33 taona, lasa mpitarika tao amin'ny fitondrampanjakana tao Salt Lake City

1935 36 taona, nantsoina hanorina ny fandaharan'asa fifanampian'ny Fiangonana

1941 42 taona, notokanan'ny Filoha Heber J. Grant ho Apôstôly

1961 62 taona, natao ho filoham-boninahitry ny Fivoriana fandinihana ny fandrosoan'ny Fiangonana izay naorin'ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo.

1963 64 taona, nanambady an'i Freda Jensen, taorian'ny nahafatezan'ny vadiny voalohany

1970 70 taona, notohanana ho Filohan'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

1970–72 71–73 taona, Mpanolotsaina voalohan'ny Filoha Joseph Fielding Smith

1972 73 taona, notohanana ho Filohan'ny Fiangonana

1973 74 taona, nodimandry tamin'ny 26 Desambra tao Salt Lake City

NY FIADIDIANY (1972–73)

1972 Nanomboka nampiasa fandaharam-pampianarana vaovao ho an'ny tanora mpitovo ny Fiangonana

1973 Naorina ny fandaharan'asa misahana ny fahasalamana, ny asa sosialy ary ny fitsinjovana ny sahirana teto am-piangonana ary nakambana ho iray. Nanomboka nandefa misiônera misahana ny fambolena manerana ny faritra maro eto amin'izao tontolo izao ny Fiangonana mba hanampy ny olona hanatsara ny fomba famboleny sy fiompiany, nahatratra 3.306.658 ny isan'ny mpikamban'ny Fiangonana

Ny Fiainan'ny Filoha Harold B. Lee

1. "Ny ampitson'ny nahafatesan'ny Filoha Joseph Fielding Smith no nivory nanao takarivam-pianakaviana ny fianakavian'ny Filoha Harold B. Lee, ilay zokiny indrindra amin'ny mpikambana ao amin'ny Kôlejin'ny Roambinifololahy. Nisy fianakaviana iray nanontany izay azony atao mba hanampiany ny Filoha Lee araka izay tratrany. 'Aoka ho marina ao amin'ny finoana; hihaino fotsiny ny filazantsara araka izay nampianariko anareo,' hoy ny navaliny. Azo ampiharina amin'ny mpikamban'ny Fiangonana rehetra izany hafatra izany. Tao amin'ny valan-dresaka voalohany ho an'ny mpanao gazety nataon'ny Filoha Harold B. Lee tamin'ny naha-filohan'ny Fiangonana azy, dia hoy izy: 'Tandremo ny didin'Andriamanitra. Ao amin'izany no ahitana ny famonjena isam-batan'olona sy ho an'ny firenena amin'izao fotoana isian'ny savorovoro izao' [tao amin'ny Francis M. Gibbons, *Harold B. Lee: Man of Vision, Prophet of God* [1993], 459].

2. "Efa 73 taona i Harold B. Lee raha lasa Filohan'ny Fiangonana tamin'ny 7 Jolay 1972, ary izy no tanora indrindra tamin'ny Apôstôly lasa Filohan'ny Fiangonana hatramin'ny andron'i Heber J. Grant. Nanana anjara asa lehibe izy tamin'ny fitantanana ny Fiangonana hatramin'ny taona 1935, rehefa nantsoina hitarika ny fandaharan'asa fanampiana tao amin'ny Fiangonana. Nanana anjara asa lehibe koa izy teo amin'ny fandinihana ny fandaharam-pianarana sy ny Fiangonana izay nitarika ny fandaminana ara-pitaovana ho fanamorana sy ho fandrindrana ny fandaharam-pianarana ao ampiangonana. Lehilahy feno ny fanahy izy, izay kinga teo amin'ny fanarahana ireo aingam-panahy azony avy any an-danitra.

3. "Ny Filoha Lee sy ny Mpanolotsainy no niahy ny fihaonambemparitra faharoa, izay natao tao amin'ny tananan'i Meksika. Ny mpikamban'ny Fiangonana niara-nivory tamin'izany no mpikambana voalohany nanohana ny Fiadidiana Voalohany vaovao. Nanazava ny Filoha Lee fa ny fivoriana dia natao tao amin'ny tananan'i Meksika mba 'hanomezam-boninahitra sy hiderana ny ezaka nampitolagaga vitan'ireo rehetra . . . izay nandray anjara tamin'ny fanatanterahana ny fitombon'ny Fiangonana.'

4. "Rehefa fantatry ny Olomasina tao Meksika sy tany Amerika afovoany fa any amin'ny tananan'i Meksika no hanaovana ny fihaonambem-paritra, dia maro no efa niomana hanatrika izany. Nisy rahavavy anankiray nitety isam-baravarana nangataka mba hanasa lamba. Tao anatin'ny dimy volana dia nitahiry ireo vola pesos azony avy tamin'ny fanasana ny lamban'ny mpiray monina taminy izy ary afaka nandeha nankany amin'ny fihaonambe ka nanatrika ny fandaharam-potoana rehetra. Maro ny Olomasina nifady hanina an-tsitrapo nandritra ny andron'ny fihaonambe satria tsy nanam-bola hamidy sakafo rehefa avy niasa sy nitahiry mba hahafahana manatrika ny fivoriana. Ireo izay nihafy dia nahazo valisoa tamin'ny fahatanjahana ara-panahy azony. Nisy mpikambana iray nanambara fa ny fihaonambe no 'traikefa tsara indrindra teo amin'ny fiainako!' Nisy hafa koa nilaza fa "Taona maro vao afaka na hanadino ny fitiavana tsapanay nandritra izany andro izany izahay.' [Jereo Jay M. Todd, "The Remarkable Mexico City Area Conference," *Ensign,* Nôv. 1972, 89, 93, 95.]

5. "Nandritra ny fotoana niasany dia nitsidika ny Tany Masina ny Filoha Lee ary izy no Filohan'ny Fiangonana voalohany tamin'izao fotoampitantanana izao nanao izany. Nilaza koa izy fa hatsangana izao ireo tempoly kelikely ary ho hita manerana ny tany.

6. "Maty ny Filoha Lee ny andro manaraka ny krismasy tamin'ny taona 1973, rehefa avy nanompo amin'ny naha-filohan'ny Fiangonana azy nandritra ny 18 volana monja. Niverina tany amin' ny tranony mandrakizay ilay olona feno ny fanahy" (*Ny Lovantsika,* 123–24).

Fahatakarana ny Famakiana

Ny Fiainan'ny Filoha Harold B. Lee

Fandaharam-pampianarana (and. 2)—Fampianarana, taranja torolalana

Fandrindrana (and. 2)—Firaisan-kina mampiray

Nandray anjara (and. 3)—Tena nanampy

Pesos (and. 4)—Vola meksikana mitovy lanja amin'ny 100 centavos, ny mari-bola ampiasaina any Mexique

Izao fotoampitantanana izao (and. 5)—Vanim-potoana farany alohan'ny Fiaviana Fanindroan'i Jesoa Kristy

Ny Fampianarana sy ny Tenivavolombelon'i Harold B. Lee

7. Fony mbola zazalahy kely i Harold B. Lee, dia nisy trano rava izay teo an-tokontanin'ny mpifanolobodirindrina amin'izy ireo ary nalainy sary antsaina ho toy ny lapabe iray tokony hotsidihina izany. Teo am-panatonana ilay trano izy no naheno feo nilaza taminy hoe: "Ry Harold, aza mandeha mankao ianao." Raha niresaka izany zavatra nitranga taminy izany ny Filoha Lee, tamin'izy mpanolotsaina iray tao amin'ny Fiadidiana Voalohany dia nilaza hoe: "Nojereko ny manodidina hahitako ilay olona niteny izany. Nieritreritra aho hoe sao dia ny raiko izany kanefa tsy afaka mahita ahy izy. Tsy nisy olona teo amin'ny manodidina. Teo vao tsapako fa nisy nampitandrina aho amin'ny loza mety hitranga. . . . Ka nanomboka tamin'izay fotoana izay dia nanaiky tsy ampihambahambana intsony fa misy fomba tsy takatry ny olombelona izay ahafahantsika mandre feo avy any amin'ny tontolo tsy hita maso, izay afaka mampiseho amintsika ny fahitana ny mandrakizay" ("The Way to Eternal Life," *Ensign*, Nôv. 1971, 17).

8. "Nianatra zavatra izay nampianarin'ny Fanahy aho, ary fantatro ankehitriny fa ny toerana misy ny fiarovana eto amin'izao tontolo ity dia tsy ny toerana nomena rehetra; tsy dia misy dikany be loatra ny toerana hiainantsika; fa ny tena manan-danja dia ny fomba hiainantsika, ary nahita ny fiarovana aho izay afaka ho azon'i Isiraely [ny mpikamban'ny Fiangonana] rehefa mitandrina ny didy ihany izy ireo, rehefa miaina izany izy ireo dia afaka ny higoka ny fiarahana, ny fitarihana, ny fampiononana, ary ny fitantanan'ny Fanahy Masin'ny Tompo, rehefa vonona ny hiaino ireo olona napetrak'Andriamanitra mba hiahy sy ho solotenany, ary rehefa mankato ny torohevitry ny Fiangonana izy ireo" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Apr. 1943, 129).

9. "Ny enta-mavesatra indrindra izay lanjain'ny olona iray eo amin'ny fiainany dia ny vesatry ny ota" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Apr. 1973, 177; na *Ensign,* Jolay 1973, 122).

10. "Rehefa mahita ny fiainana aho dia vao mainka resy lahatra fa tokony hisarika ny sainareo tanora amin'ny haratsian'ny ota fa tsy faly mionona fotsiny amin'ny fampianaran'ny lalan'ny fibebahana. Enga anie ka hisy olona hampitandrina anareo amin'ny haizin'ny helo izay vokatry ny fahotana noho ny fandikana ny fahadiovam-pitondrantena" (*Youth and the Church* [1945], 90).

11. Ny Loholona Henry D. Taylor, izay mpikambana tao amin'ny Fitopololahy, dia nindrana ny tenin'ny Filoha Lee mikasika ny maha-zava-dehibe ny fandalinana ny soratra masina: " Raha toa ka tsy mamaky ny soratra masina isika isan'andro, dia mihena hatrany ny fijoroantsika ho vavolombelona, ary tsy miorim-paka ny fiainantsika ara-panahy" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Ôkt. 1976, 89; na *Ensign,* Nôv. 1976, 62).

12. "Ny fijoroana ho vavolombelona dia tsy zavatra anananao androany, ka hanana izany foana ianao. Mora rava ny fijoroana ho vavolombelona. Sarotra toy ny mihazona taratry ny volana ny fihazonana izany. Zavatra tsy maintsy raisina isan'andro isan'andro eo amin'ny fiainanao izany" (tao amin'ny "President Harold B. Lee Directs Church; Led by the Spirit," *Church News,* 15 Jolay 1972, 4).

13. "Izay rehetra ampianarintsika amin'ity Fiangonana ity dia tokony ho hita hatrany ao amin'ny soratra masina. Ary tsy maintsy hita ao amin'ny soratra masina izany. Tsy maintsy mifidy ny lahatsoratra avy ao amin'ny soratra masina isika. Raha toa ka tehandrefy ny fahamarinana isika, dia tokony refesintsika amin'ny soratra masina efatra ankatoavin'ny Fiangonana izany, na inona na inona voasoratra ao. Raha toa ka tsy ao anatin'ny soratra masina ankatoavin'ny Fiangonana izany, dia mety hieritreritra isika fa fandemen-tsaina fotsiny izany, na hevitr'olombelona; ary raha toa ka mifanohitra amin'ny soratra masina, dia tsy marina izany. Izany no fototra izay handrefesantsika ny fahamarinana rehetra" ("Using the Scriptures in Our Church Assignments," *Improvement Era,* Jan. 1969, 13).

14. "Ho fanampin'ny voalazan'ny soratra masina amintsika, dia manana ny mpaminany isika amin'izao fotoana izao izay miteny amintsika eto sy ankehitriny" (*Teachings of Harold B. Lee,* 471).

15. “Raha toa ianao ka te-hahafantatra ny tian’ny Tompo ho fantatry ny Olomasina sy hahazo ny fitarihany sy ny fitantanany ho an’ny enimbolana manaraka, dia makà tahadikan’ny [Fihaonamben’ny Fiangonana], ary dia hanananao ny teny farany notenenin’ ny Tompo ho an’ny Olomasina. Ary [koa] ny zava-drehetra izay tsy antsika, kanefa inoana fa izay rehetra voalaza dia ho ny ‘sain’ ny Tompo, ho tenin’ ny Tompo, ho feon’ ny Tompo, dia ny herin’ Andriamanitra ho famonjena.’ (Jereo F&F 68:4.)” (tao amin’ny Tatitry ny Fihaonambe, Ôkt. 1973, 168; na *Ensign,* Jan. 1974, 128).

16. “Te-hizara ny fijoroako ho vavolombelona masina aho fa satria fantatro ny fahamasinan’ity asa ity, dia fantatro fa handresy izany; ary na dia misy aza ny fahavalo any ivelany sy ao anatin’ny Fiangonana izay mikatsaka ny handrava sy hanakiana ary miezaka ny handrava ny fiparitahan’ny Fiangonana manerana an’izao tontolo izao dia hivoaka ho mpandresy hatrany ny Fiangonana ary hijoro eo anatrehan’ny fotoam-pitsapana ka ny ezaka ataon’ny olona sy ireo fiadiana hanoherana ny tenin’ny Tompo dia ho very maina. Fantatro fa ny Tompontsika Jesoa Kristy no lohan’ity Fiangonana ity; ary mifandray isan’andro amin’ny alalan’ireo fomba napetrany izy, tsy amin’ireo mpitariky ny Fiangonana manana toerana manandanja ihany fa na amin’ireo mpikamban’ny Fiangonana tsirairay izay mitandrina ny didin’Andriamanitra koa” (tao amin’ny Tatitry ny Fihaonambe, Apr. 1973, 10; na *Ensign*, Jolay 1973, 6).

Fahatakarana ny Famakiana

Ny Fampianarana sy ny Tenivavolombelon’i Harold B. Lee

Fomba (and. 7)—Lalana, fomba

Vavany (and. 8)—Mpitondrateniny

Mifaly (and. 10)—Afapo

Mora rava (and. 12)—Mora potika, mora potika na very

Hita hatrany (and. 13)—Ampianarina amin’ny alalan’ny fampiasana, voarakitra ao amin’ny

Mifanohitra (and. 13)—Manohitra, mandà

Hanome tsiny (and. 16)—Weaken, destroy

Hijoro (and. 16)—Hahazo fandresena

Manery (and. 16)—Manao

Mifandray (and. 16)—Fifandraisana

Fomba (and. 16)—Fomba

Fandalinana ny Famakiana

Ataovy ny asa A sy ny asa B na D rehefa mandalina ny “Filoha Harold B. Lee” ianao.

A Mitadiava Porofo Mivaingana

1. Avereno vakiana ny andalan-tsoratra 1 ary tadiavo ny torohevitry ny Filoha Harold B. Lee izay nomeny ny fianakaviany sy ny mpikamban’ny Fiangonana izay hanampy azy ireo mandritra ny fotoanan’ny fikorontanana.
2. Avereno vakiana ny andalan-tsoratra 4 ary tanisao ireo porofo mivaingana fa ireo Olomasina tao Meksika sy Amerika Afovoany dia ny hiaina araka ny fampianarana tsirairain’ny Lee:

   a. “Aoka ho marina amin’ny finoana.”

   b. “Tandrovy ny didin’Andriamanitra.”

3. Ndeha atao hoe mpisolovava ianao. Manorata andalan-tsoratra fohifohy izay maneho fa miaro ny fahatokian’ny Olomasina tao Meksika sy Amerika Afovoany ianao.

B Ampio ny Namana iray

Ndeha atao hoe sahiran-tsaina ianao momba ny namana iray izay vao avy nandray fanapahan-kevitra izay toa hitarika azy any amin’ny loza tsy hita maso. Avereno vakiana ny andalan-tsoratra 7–10 ary tanisao izay azonao lazaina mba hanampiana ny namanao. Anisan’izany ny valiny amin’ireto fanontaniana ireto:

1. Inona ireo loza tsy hita maso izay afaka hitondra entamavesatra ho antsika? (jereo and. 9–10).
2. Inona no nanampy an’i Harold B. Lee kely hiala lavitra amin’ireo loza tsy hita maso? (jereo and. 7).
3. Inona no azontsika atao mba hananana fandriampahalemana sy fiarovana izay omen’ny Fanahy Masina? (jereo and. 8).

D Manaova Peta-drindrina

Alaivo sary an-tsaina hoe anisan’ny ao amin’ny kaomity mikarakara momba ny fihaonamben’ny tanoran’ny tsatòka na distrika ianao. Ny andraikitrao dia ny manao dokam-barotra ny lohahevitry ny fihaonambe. Avereno vakiana ny andalan-tsoratra 11–15 ary manaova peta-drindrina izay ahitana ireto manaraka ireto:

1. Lohahevitra iray mifototra amin’ny fampianaran’ny Filoha Lee ao amin’ireo andalan-tsoratra ireo.
2. Andian-teny na fehezanteny iray nolazain’ny Filoha Lee izay mamintina ny lohahevitra.
3. Sary iray na roa maneho ny fampianaran’ny Filoha Lee ary manampy haneho an-tsary ny lohahevitra.
4. Ny fomba hanampian’ity lohahevitra ity ny tanora hahita tanjaka amin’ny fiainan’izy ireo.

Filoha Spencer W. Kimball

“Refeso ny Fivoaranao”

Raha niresaka momba ny Filoha Spencer W. Kimball, ny Filoha Gordon B. Hinckley, Mpanolotsaina tao amin’ny Fiadidiana Voalohany, dia niteny hoe: “Tena ohatra lehibe tokoa ho antsika rehetra izy. Nanome tombony ho antsika izy amin’ny [famporisihina hivoatra] amin’ity asa ity amin’ny fomba tena miavaka. Nampitombo ny hafainganam-pandehany ny Fiangonana iray manontolo ary nampitombo kokoa ny famindrany tamin’ny fanarahana ireo antso [mazava]. Tena mpaminanintsika izy, mpaminany izay nanana fahitana sy fanambarana izay niantefa tamin’ny olona manerana ny tany, na aiza na aiza fiaviany, na volon-kodiny, na toetry ny fiainana, dia manome maimaim-poana ilay fitahiana tsy manam-paharoan’ny filazantsaran’i Jesoa Kristy ho an’izay rehetra manaiky izany” (tao amin’ny Tatitry ny

Fihaonambe, Apr. 1983, 3–4; na Ensign, *Mey 1983, 5). Rehefa mifantoka amin'ny fiainan'ny Filoha Kimball ianao, dia jereo ny porofo mivaingana amin'ny "fahitana sy fanambarana" izay mbola mitaona ny Fiangonana ankehitriny.*

NY FIAINANY (1895–1985)

1895 Teraka tamin'ny 28 Martsa tao Salt Lake City ary zanak'i Andrew sy i Olive Woolley Kimball

1903 8 taona, nataon'ny rainy batisa tamin'ny fitsingerenan'ny taona nahaterahany izy

1916 11 taona, maty ny reniny

1914–16 19–21 taona, nitory ny filazantsara tao Etazonia Afovoany

1917 22 taona, nanambady an'i Camilla Eyring tamin'ny 16 Nôvambra

1943 48 taona, natokan'ny Filoha Heber J. Grant ho Apôstôly

1946 51 taona, nomena andraikitra hiara-hiasa amin'ny Amerikana Indiana

1964–67 69–72 taona, niahy ny asa fitoriana tany Amerika Atsimo

1972 77 taona, notohanana ho filohan'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

1973 78 taona, notohanana ho Filohan'ny Fiangonana taorian'ny nahafatesan'ny Filoha Harold B. Lee

1985 90 taona, nodimandry tamin'ny 5 Nôvambra tao Salt Lake City

NY FIADIDIANY (1973–85)

1974–85 Tempoly iraika ambin'ny roapolo no notokanana manerana an'izao tontolo izao

1976 Nampiana ho soratra masina fanampiny ny fanambarana voarain'i Joseph Smith sy Joseph F. Smith (jereo F&F 137–38). Naorina ny Kôlejy Voalohan'ny Fitopololahy

1978 Nandray ny fanambarana mikasika ny fisoronana izy (jereo Filazana Ôfisialy 2)

1979 Nanorina ny Orson Hyde Memorial Gardens (Zaridainam-pahatsiarovana an'i Orson Hyde) tany Jerosalema, Israely ny Fiangonana. Naorina ny tsatòka faha-arivony teto amin'ny Fiangonana; natonta ny Baiboly dikatenin'ny King James miaraka amin'ireo fanampiana amin'ny fandalinana ny soratra masina fanampiny

1982 Nampiana teo amin'ny Bokin'i Môrmôna ilay lohateny fanampiny hoe "Testamenta Iray hafa momba an'i Jesoa Kristy"

1984 Fotoana voalohany niantsoana ny Fiadidian'ny Vondrom-paritra; 5.641.054 no isan'ny mpikamban'ny Fiangonana

Ny Fiainan'ny Filoha Spencer W. Kimball

1."I Spencer W. Kimball, ilay lehilahy tena nahalala ny fanaintainana sy fahoriana tokoa, ary zokiny indrindra tao amin'ny mpikambana tao amin'ny Roambinifololahy, no notohanana ho Filohan'ny Fiangonana taorian'ny nahafatesan'ny Filoha Lee. Ny ankamaroan'ny tadim-peo ao amin'ny tendany dia saika efa nesorina hiala avokoa noho ny homamiadana nahazo azy, hany ka niresaka tamin'ny feo malefaka izy, feo farina izay nanjary tian'ny Olomasin'ny Andro Farany. Fantatra tamin'ny fanetren-tenany, ny fahafoizan-tenany, ny fahaizany miasa izy, ary ny teny fanevany dia ny hoe, 'Miasa,' Nandroso ny fanahiny rehetra tamin'ny antsimbilony ny Filoha Kimball. . . .

2. "Nasehon'ny Filoha Kimball ireo mpitarika 'fa tsy miaina tanteraka amin'ny fahatokiana araka izay andrasan'ny Tompo amin'ny olony ary amin'ny lafiny sasany dia nitoetra tao amin'ny fanahin'ny finoana sy fahafaham-po amin'ny toe-javatra misy ny Fiangonana. Tamin'izany fotoana izany indrindra no nilazana ilay teny faneva malaza manao hoe: "Tsy maintsy halavaintsika ny famindrantsika." ' Nananatra ny mpihaino azy izy mba hifototra kokoa amin'ny fitoriana ny filazantsara amin'ny firenena eto ambonin'ny tany. Nanao antso koa izy amin'ny hampitomboana ny isan'ny misiônera izay afaka manompo any amin'ny firenena niaviany. Hoy ny Filoha Ezra Taft Benson ho famaranana ny toriteniny, 'Tena misy mpaminany marina eto Isiraely.' [Jereo W. Grant Bangerter, tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Ôkt. 1977, 38–39; na *Ensign*, Noand. 1977, 26–27.]

3. "Teo ambany fiahiana mavitriky ny Filoha Kimball, izay filoha nahay nanentana, dia maro ny mpikambana no nitory ny filazantsara izay niasa tamin'ny fotoana feno, ary nihitatra nanerana an'izao tontolo izao ny Fiangonana. Tamin'ny volana Aogositra 1977, dia nankany Varsovie ny Filoha Kimball, izay nanokanany ny tanin'ny Pologne sy nitsofany rano ny mponina mba handrosoan'ny asan'ny Tompo. Natsangana ireo foibe fanofanana misiônera tany Brésil, Chilie, Mexique, Nouvelle Zelande, sy Japana. Tamin'ny volana Jiona 1978, no nilazany ny fanambarana avy amin'Andriamanitra izay tokony hisy akony lehibe eo amin'ny asa fitoriana ny filazantsara manerana ny tany. Tsy navela ho an'ny taranaka Afrikana ny fisoronana nandritra ny taona maro, fa ankehitriny kosa, ny fitahian'ny fisoronana sy ny tempoly dia omena ny lehilahy mpikambana mendrika rehetra. . . .

4. "Volana maro talohan'ny fanambarana ny volana Jiona 1978, dia niara-nanadihady tamin'ny Mpanolotsainy sy ny Apôstôly Roambinifololahy ny momba ny fandavana ny fahefan'ny fisoronana tsy ho an'ny Afrikana ny Filoha Kimball. Nisalasala ny mpitariky ny Fiangonana ny hanokatra misiôna an'ny amin'ny faritra izay tsy ahafahana manome ho an'ny mpikambana mendrika ao amin'ny Fiangonana ny fitahian'ny filazantsara. Tamin'ny fihaonambemparitra tao Afrika Atsimo, dia hoy ny nambaran'ny Filoha Kimball: 'Nivavaka tamin-kafanam-po tokoa aho. Fantatro fa misy zavatra miandry antsika izay tena lehibe tokoa ho an'ny zanak'Andriamanitra rehetra. Fantatro fa tsy afaka hahazo fanambarana avy any amin'ny Tompo isika raha tsy mendrika, vonona ny handray izany, ary vonona ny hanaiky izany sy hametraka izany amin'ny toerany. Nankany amin'ny toerana ambony amin'ny tempoly isan'andro aho, amim-pahazotoana sy amim-panajana, ary natolotry tao ny

fanahiko, ary natolotro mba hifanaraka amin'ny fandaharana arahina ny ezaka nataoko. Te-hanao izay tiany aho. Nolazaiko azy izany ary hoy aho taminy, "Tompo ô, ny tsara ihany no tiako" ' [*Teachings of Spencer W. Kimball,* 451].

5. "Nasain'ny Filoha Kimball nilaza ny heviny an-kalalahana momba ny fanomezana fisoronana ho an'ny lehilahy mainty hoditra nandritry ny fivoriana manokana tao amin'ny tempoly ireo Mpanolotsainy sy ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo. Rehefa izany, dia nivavaka nanodidina ny alitara niaraka tamin'ny Filoha Kimball izay nanonona ny vavaka izy ireo. Ny Loholona Bruce R. McConkie, izay teo dia nilaza taty aoriana nanao hoe, 'Amin'izao fotoana izao, noho ny fikirizana sy ny finoana, ary noho ny fahatongavan'ny ora sy ny fotoana koa, ny Tompo tamin'ny hatsarany dia nandrotsaka ny Fanahy Masina tamin'ny Fiadidiana Voalohany sy ny Roambinifololahy, tamin'ny fomba mahagaga sy mahafinaritra, mihoatra noho ny zavatra rehetra izay izay efa hitan'ireo izay nanatrika teo' ["All Are Alike unto God," *Charge to Religious Educators,* 2nd ed. (1981), 153]. Natao mazava tamin'ny mpitariky ny Fiangonana fa tonga ny fotoana hahazoan'ny lehilahy mendrika rehetra ny fitahian'ny fisoronana.

6. "Nandefa taratasy ho an'ny mpitariky ny fisoronana ny Fiadidiana Voalohany tamin'ny 8 Jiona 1978, izay nanazava fa ny Tompo dia nanambara fa 'ny lehilahy rehetra mendrika ao amin'ny Fiangonana dia omena ny fisoronana na inona na inona fiaviany sy ny volon-kodiny.' Tamin'ny 30 Septambra 1978, no nifidianan' ny Olomasina rehetra tonga tamin'ny fihaonambe ny hevitra naroson'ny mpitarika azy. Izany taratasy izany dia hita ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana ho toy ny Fanambarana Ôfisialy 2. . . .

7. "Nandritry ny fotoana niasan'ny Filoha Kimball no narindra indray ny Kôlejy Voalohan'ny Fitopololahy, nanomboka koa ny fivoriana niraisana misy fandaharana adiny telo isaky ny Alahady, ary nihahaingana tokoa ny fananganana ny tempoly. Tamin'ny taona 1982, dia tempoly 22 no hita nanerana an'izao tontolo izao, ny sasany teo am-pamolavolana ny hanaovana azy, ary ny sasany efa nanomboka ny asa fanamboarana azy, ary izany no isa betsaka indrindra teo amin'ny tantaran'ny Fiangonana hatramin'izany fotoana izany. Nametraka fandaharam-potoana maro ihany koa ny Filoha Kimball mba hahafahany mandeha any amin'ny firenena maro mba hanao fihaonambem-paritra. Nandritra ireny fivoriana ireny, dia tsy nahatsiaro izay zavatra ilain'ny tenany izy fa nataony izay hanomezana fahafaham-po sy fanatanjahana ary hanasoavana ny Olomasina teo an-toerana.

8. "Naniry mafy hahazo ny ôrdônansy masin'ny famonjena nomena tany amin'ny tempoly ny mpikambana tao amin'ny Fiangonana tany amin'ny firenena maro. Anisan'ireny ny Olomasin'ny Andro Farany iray avy any Suède izay nanompo tamin'ny misiôna maro ary niasa tao amin'ny fiadidian'ny misiôna. Rehefa nodimandry izy dia navelany ho tahirim-bola ho an'ny tempoly tany Suède ny ampahany betsaka tamin'ny fananany, fotoana ela talohan'ny nanambaran'ny Fiangonana ny hananganana tempoly amin'io firenena io izany no nitranga. Rehefa nanambara ny Filoha Kimball, fa haorina ny tempoly, ny fanomezana avy tamin'io lehilahy io dia nanjary nitombo ka lasa vola be. Fotoana fohy taorian'ny nanokanana ny tempoly, ity lehilahy mahatoky ity, izay nahazo fanafiana masina fony fahavelony dia nofehezina tamin' ny ray aman-dreniny tao amin'ilay tempoly izay ny volany no nanampiana tamin'ny fananganana izany.

Nandritra ny fitantanan'ny Filoha Kimball, dia natsangana ny tempoly tsy hita isa nanerana an'izao tontolo izao. Ny Tempolin'i Frankfurt Germany dia iray amin'ireo tempoly maro izay mitahy ny fiainan'ireo mpikamban'ny Fiangonana sy ny razamben'izy ireo ankehitriny.

9. "Nisy ray aman-dreny tany Singapore izay nanapa-kevitra fa hitondra ny zanany ho any amin'ny tempoly mba ho fehezina ka hahazo ny tsodranon'ny tempoly. Nihafy tamin'ny zavatra maro izy ireo mba hanangonany vola ary dia afaka nanao ilay dia nankany amin'ny tempoly ihany izy ireo ny farany. Tao amin'ny tranon'ny misiônera izay nampianatra azy ireo, taona maro lasa izay no nipetraka izy ireo. Rehefa nitsidika toeram-pivarotana iray izy ireo, dia tafasaraka tamin'ny vadiny sy ilay misiônera ity rahavavy ity. Rehefa nifankahita izy ireo, dia io ilay rahavavy sady mitana savony fanasana loha no mitomany. Nambarany fa anisan'ny fihafiana nataony mba hahafahany mandeha any amin'ny tempoly ny tsy fampiasana ny savony fanasana loha nandritra ny fito taona. Ny fihafiana nataony, na dia sarotra tanteraka aza, dia toa zava-maivana, satria fantany fa hiara-hitoetra mandrakizay ny fianakaviany amin'ny alalan'ny ôrdônansin'ny tranon'ny Tompo.

10. "Ny fivoarana lehibe iray hafa nitranga tamin'ny andron'ny Filoha Kimball koa, dia ilay tamin'ny taona 1979, izay namoahan'ny Fiangonana ny Baiboly King James tamin'ny teny Anglisy. Tsy niova ny soratra masina fa ny fanovozan-kevitra ery ambanin'ny pejy no nampiana ny soratra masina mifandray avy ao amin'ny Baiboly sy ny Bokin'i Môrmôna, Fotopampianarana sy Fanekempihavanana, ary ny Voahangy Lafo Vidy. Nisy koa ny Taridalana Isan-doha-kevitra sy ny Torolalana ho an'ny Soratra Masina izay manome fanazavana sahaza ny soratra masina ankehitriny. Misy ny sasin-teny isaky ny toko izany boky navoaka izany ary misy koa ny dikan-tenin'i Joseph Smith, nalaina tao amin'ny Baiboly King James nohavaozina.

11. "Tamin'ny taona 1981 no navoaka ny fanontana vaovao ny Bokin'i Môrmôna, sy ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana ary ny Voahangy Lafo Vidy koa dia navoaka tamin'io fotoana io.

Nahitana fomba fanovozan-kevitra ery ambanin'ny pejy vaovao, toko vaovao, sasin-tenin'ny fizarana, sarin-tany ary fizahan-takila izany. Tamin'io fotoana io ihany koa no nanombohan'ny Fiangonana nanome lanja ny fandikana ny soratra masina ampiasain'ny Olomasin'ny Andro Farany amin'ny tenim-pirenena hafa. . . .

12. "Nisy zava-nitranga iray izay toa fahita mahazatra amin'ny olona rehetra teo amin'ny seranam-piaramanidina tototra tanteraka izay nahitana reny tanora iray izay tafahitsoka noho ny andro ratsy, nilahatra teo niaraka tamin'ny zanany vavy roa taona, raha niezaka ny hahazo fiaramanidina mba handehany amin'ny toerana alehany. Bevohoka roa volana izy ary efa noraran'ny dokotera tsy hitondra ny zanany izay efa sady vizaka no noana. Tsy nisy olona nanampy azy na iray aza fa maro kosa no nitsikera azy ny amin'ny zanany nitomany. Avy eo, hoy ilay reny nitantara taty aoriana:

13. " 'Nisy olona tamy nanatona anay sady nitsiky tamin'ny hatsaram-panahy no niteny hoe: "Misy zavatra azoko hanampiana anareo ve?" Tamin'ny sentom-pankasitrahana no nanekeko ny fanampiany. Nobatainy avy teo amin'ny tany mangatsiaka ny zanako ary nofihininy tamim-pitiavana. Nanontaniany aho raha afaka hitsako siligaoma ilay zaza. Rehefa nitony ilay zaza, dia nentiny niaraka taminy ary noresahany tamim-pitiavana ilay olona nilahatra teo anoloany fa mila fanampiana aho. Nanaiky izy ireo, taorian'izany dia nanaraka ny filaharana hatreny amin'ny toerana fanombohana ny tapakila izy ary nifanaraka tamin'izy ireo mba handefa anay amin'izay fiaramanidina voalohany eo. Nateriny hatreny amin'ny toerana fiandrasana izahay ary mbola niresaka kely teo mandra-pahazoany toky fa tsy misy olana intsony. Lasa nanohy ny diany amin'izay izy. Tokony ho herinandro taorian'izay dia nahita ny sarin'ny Apôstôly Spencer W. Kimball aho ary fantatro fa izy ilay lehilahy tsy fantatra nanampy ahy teny amin' ny seranam-piaramanidina' [tao amin'ny *Spencer W. Kimball,* ed. Edward L. Kimball and Andrew Kimball Jr. (1977), 334].

14. "Nijaly noho ny aretina nandritra ny volana maromaro ny Filoha Kimball talohan'ny nahafatesany, kanefa nanome ohatra tsara ny amin'ny faharetana izy, ny fahalemem-panahy ary ny fahazotoana ao anatin'ny fisedrana. Nodimandry tamin'ny 5 Nôvambra 1985 izy, rehefa nanompo amin'ny maha-filohan'ny Fiangonana azy nandritra ny 12 taona" (*Ny Lovantsika,* 124–29, 131).

Fahatakarana ny Famakiana

Ny Fiainan'ny Filoha Spencer W. Kimball

Mandroso amin'ny antsimbilona (and. 1)—Manao ny asan'ny tompo, niasa mafy

Finoana (and. 2)—Hafaliana, fahatsapana voaaro

Mavitrika (and. 3)—Mahery

Manome (and. 4)—Manolotra

Tamin-kafanam-po (and. 4)—Tamin-kery sy faniriana

Fanajana (and. 4)—Fahanginana

Fikirizana (and. 5)—Fitalahoana

Fotoana niasana (and. 7)—Fiadidiana

Hatsarany (and. 5)—Hatsaram-panahy lehibe

Niraisana (and. 7)—Mampiray

Naniry mafy (and. 8)—Tena naniry fatratra

Nanjary nitombo (and. 8)—Nitombo vokatry ny

Ny Fampianarana sy ny Tenivavolombelon'i Spencer W. Kimball

15. "Mipetraka ny fanontaniana hoe: Tokony hanao asa fitoriana ve ny zatovolahy rehetra? Ny valiny omen'ny Fiangonana dia hoe eny, ary ny valintenin'ny Tompo dia hoe eny. Raha hitarina ity valinteny ity dia hoe: ny lehilahy rehetra mpikamban'ny Fiangonana dia *tokony* hanao asa fitoriana, toy ny *tokony* handoavany ny fahafolonkarena, sy *tokony* hanatrehany ny fotoam-pivoriany rehetra, ary *tokony* hiarovany ny fiainany mba hadio sy tsy ho voagejan'ny faharatsian'izao tontolo izao, sy ny tokony hanaovany drafitra hanao ny fanambadiana selestialy any amin'ny tempolin'ny Tompo" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Apr. 1974, 125; na *Ensign,* Mey 1974, 87).

16. "Resy lahatra aho fa isika tsirairay, ao anatin'ny fotoana iray eo amin'ny fiainantsika, dia tokony handinika manokana ho an'ny tenantsika ny ao anaty soratra masina—ary tsy handinika izany indray mandeha fotsiny fa hamerimberina handinika izany matetika" ("How Rare a Possession—the Scriptures!" *Ensign*, Sept. 1976, 4).

17. "Tsapako fa rehefa tsy mitandrina ny fifandraisako amin'Andriamanitra aho sy rehefa tsy misy sofina masina mihaino sy feo masina miteny dia lavitra aho, tena lavitra azy. Rehefa miroboka ao anatin'ny fandalinana ny soratra masina aho dia mihena ny halavirana ary miverina amin'ny laoniny ny fiainam-panahy" (*Teachings of Spencer W. Kimball,* 135).

18. "Amin'ny maha-olombelona antsika dia miezaka isika manala ny fangirifiriana ara-batana sy ny alahelo ara-pihetsehampo eo amin'ny fiainantsika ary maka antoka ny hitohizan'ny fahamorana sy ny fahafinaretana, kanefa raha toa ka manakatona ny varavaran'ny alahelo sy ny fahoriana isika, dia mety manilika ireo namantsika sy ny mpanao soa antsika. Ny fijaliana dia afaka manamasina ireo izay mianatra faharetana, halemem-panahy, ary fifehezan-tena" (*Faith Precedes the Miracle,* 98).

19. "Mijery antsika Andriamanitra ary miahy antsika izy. Kanefa amin'ny alalan'ny olona iray hafa no anomezany antsika ny zavatra ilaintsika. Noho izany dia tena ilaina ny hifanompoantsika eto amin'ny fanjakana" ("Small Acts of Service," *Ensign,* Des. 1974, 5).

20. Ny Loholona Gordon B. Hinckley, mpikambana tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, dia niresaka mikasika ny fotoana iray izay niezahany nampandehanana moramora ny Filoha Kimball. Niteny taminy ny Filoha Kimball hoe: "Ny fiainako dia tahaka ny kiraroko—ho potehina amin'ny asa fanompoana" ("He Is at Peace," *Ensign,* Des. 1985, 41).

21. "Ny Andro Sabata dia andro masina izay hanaovantsika zavatra mahasoa sy masina. Ny tsy fiasana sy tsy fanaovana fialamboly dia zava-dehibe kanefa tsy ampy. Ny Sabata dia manosika mba hananana eritreritra sy fihetsika mampivoatra ary raha toa

ka misy mieritreritra ny tsy hanao na inona na inona amin'ny Sabata dia mandika izany izy. Mba hitandrovana izany dia mila mandohalika mivavaka ny olona iray, manomana lesona, mandalina ny filazantsara, misaintsaina, mamangy ny marary sy ireo ory, matory, mamaky boky mampivoatra, ary manatrika ireo fivoriana rehetra amin'izany andro izany izay andrasana aminy. Ny tsy fahavitana ireo zavatra ireo araky ny tokony ho izy dia toy ny fandikan-dalàna" (*Miracle of Forgiveness,* 96–97).

22. "Ampiako amin'ny alalan'ny fijoroana ho vavolombeloko manokana ny fijoroana ho vavolombelon'ireo lehilahy manan-kaja sy apôstôlin'ny andro fahiny—ireo rahalahintsika nanompo Tompo iray ihany. Fantatro fa i Jesoa Kristy no Zanakalahin'Andriamanitra velona ary izy ilay nohomboana noho ny otan'izao tontolo izao.

23. " Izy ilay namako, ny Mpamonjiko, ny Tompoko, ny Andriamanitro.

24. "Mivavaka amin'ny foko rehetra aho mba hitandreman'ny Olomasina ny didiny, sy hananan'izy ireo ny Fanahiny, ary hahazoany lova mandrakizay miaraka Aminy any amin'ny voninahitra selestialy" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Ôkt. 1978, 110; na *Ensign,* Nôv. 1978, 73).

25. " 'Fantatro fa velona Andriamanitra. Fantatro fa velona Jesoa Kristy,' hoy i John Taylor, ilay nodimbiasako, 'satria efa nahita azy aho.' Mizara izany fijoroana ho vavolombelona izany aminareo aho ry rahalahy amin'ny anaran'i Jesoa Kristy. Amena" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Apr. 1978, 72; na *Ensign*, Mey 1978, 48).

Fahatakarana ny Famakiana

Ny Fampianarana sy ny Tenivavolombelon'i Spencer W. Kimball

Amin'Andriamanitra (and. 17)—Andriamanitra

Manala (and. 18)—Manipy

Alahelo (and. 18)—Fahoriana, fijaliana

Mpanao soa (and. 18)—Ireo izay manampy antsika

Tsy fanaovana (and. 21)—Tsy fanatanterahana, fialana

Tsy ampy (and. 21)—Tsy ampy

Lova (and. 24)—Toerana fitsaharana, valisoa

Fandalinana ny Famakiana

Ataovy ny asa A ary ny roa amin'ireo asa hafa (B–E) rehefa mandalina ny "Filoha Spencer W. Kimball" ianao.

A Manaova Lisitra

1. Vakio ny andininy 1–2 ary fantaro ny teny faneva roa izay nampiasain'ny Filoha Kimball.
2. Avereno vakiana ny andalan-tsoratra 7–9 ary tanisao ireo ohatra nanatontosan'ny Filoha Kimball sy ireo Olomasina hafa izany tarigetra izany.
3. Vakio ny andalan-tsoratra 15 sy 21 ary tanisao ny fomba nampianaran'ny Filoha Kimball ny Olomasina hanatontosa izany tarigetra izany.
4. Tanisao ireo zavatra azonao hatao mba hanananao izany teny tarigetra izany eo amin'ny fiainanao.

B Manorata Lahatsoratra an-gazety

Alaivo sary an-tsaina hoe mpanoratra amin'ny gazety iray eo an-toerana ianao. Avereno vakiana ny andalan-tsoratra 10–11, 16–17 tahaka ny hoe manao tafa sy dinika tamin'ny Filoha Kimball ianao ary manoratra lahatsoratra momba ny fanontana vaovao ny soratra masin'ny Olomasin'ny Andro Farany. Valio ireto fanontaniana manaraka ireto izay anisan'ny tafa sy dinika:

1. "Nahoana ny soratra masina no manan-danja aminao?"
2. "Inona no fanampiny tsy mana-paharoa entin'ny fanontana vaovaon'ny soratra masin'ny Olomasin'ny Andro Farany ho an'ny mpikamban'ny fiangonanao?"
3. "Amin'ny fomba ahoana no hanampiana sy hitahian'ny soratra masin'ny Olomasin'ny Andro Farany ny Olomasin'ny Andro Farany?"

D Manaova Sary

1. Vakio ny andalan-tsoratra 20. Inona no noharin'ny Filoha Kimball tamin'ny fiainany?
2. Manaova sary izay maneho ny filazan'ny Filoha Kimball momba ny fiainany sy ny fanompoany.
3. Avereno vakiana ny andalan-tsoratra 12–14 ary manorata andalan-tsoratra fohifohy izay maneho ny fampianarana sy ny fanompoan'ny Filoha Kimball.

E Manomeza Fanazavana

1. Avereno vakiana ny andalan-tsoratra 22–24 ary soraty ao anaty kahienao ny fehezanteny izay maneho ny tian'i Jesoa Kristy lazaina amin'ny Filoha Kimball.
2. Manomeza ohatra avy amin'ny fiainanao ary tanisao ny soratra masina mifandray izay manazava fa i Jesoa Kristy dia ireto manaraka ireto aminao:

   a. Namana

b. Mpamonjy

d. Tompo

e. Andriamanitra

Filazana Ôfisialy 2

Ny Lehilahy Mendrika Rehetra dia Afaka Mihazona ny Fisoronana



Fitsipika iray izay mampiavaka ny Olomasin'ny Andro Farany amin'ny finoana hafa rehetra dia ny finoantsika ny fanambarana maoderina. Raha tsy misy izany dia: inona no fantatsika momba Ny Andriamanitra? Ahoana no hahafantarantsika izay ho tokony ho Filohan'ny Fiangonana na ny evekan'ny paroasy? Tahaka ny nampianarin'ny mpaminanin'ny Bokin'i Môrmôna hoe: " Tsy misy olona mahafantatra ny lalany nomanin'[Andriamanitra] raha tsy ambara aminy izany; noho izany, . . . aza manao tsinontsinona ny fanambaran' Andriamanitra" (Jakoba 4:8). Rehefa mandalina ny Filazana Ôfisialy 2, dia saintsaino ny fitahiana lehibe izay entin'ity fanambarana manan-danja ity ho an'ny mpikamban'ny Fiangonana manerana an'izao tontolo izao.

Fahatakarana ny Soratra Masina

Filazana Ôfisialy 2

Hampahafantatra (and. 2)—Milaza, mampandre

Fisaintsainana maharitra (and. 2)—Fisaintsainana matotra maharitra

Lanin'ny daholobe (and. 2)—Manaiky daholo ny rehetra

Fihitarana (and. 4)—Fitomboana sy fivelararana

Omen'ny (and. 4)—Atolotry ny

Nialoha (and. 5)—Nanompo teo aloha

Niangavy (and. 5)—Nitalaho

Fijerena (and. 6)—Firarahiana

Hahazo toky (and. 6)—Mba ho tanteraka

Ihaino (and. 7)—Mihaino sy mankato

Fivoriambe mahefa (and. 8)—Fivorian'ny Olomasina nandritra ny Fihaonamben'ny Fiangonana

Fananganany (and. 8)—Maneho

Filazana Ôfisialy 2 (and. 8)—"Ny Teny sy ny Sitrapon'ny Tompo"

Ny Tompo dia nanambara tamin'ny alalan'ny Mpaminany Joseph Smith fa ny teny izay nolazain'ireo notohanana ho

mpaminany, mpahita ary mpanambara, "noho ny fanentanan' ny Fanahy Masina dia ho soratra masina, ho sitrapon'ny Tompo, ho sain' ny Tompo, ho tenin' ny Tompo " (F&F 68:4). Tamin'ny fotoana iray hafa, ny Tompo dia nampanantena ny mpikamban'ny Fiangonana fa rehefa mankato ny torolalana mitaona fanahy ny mpaminany izy ireo dia " tsy haharesy [azy ireo] ny vavahadin' ny helo; eny, ary ny Tompo Andriamanitra dia hampihahaka ny herin' ny haizina eo anoloan'[izy ireo]" (F&F 21:6).

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny asa A rehefa mandalina ny Filazana Ôfisialy 2 ianao.

A Manorata Taratasy ho an'ny Mpamoaka gazety

Ny Loholona David B. Haight, mpikambana tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, dia nilaza fa fotoana fohy taorian'ny nilazana momba ny fisoronana tamin'ny mpanao gazety, dia teo amin'ny seranam-piaramanidin'i Chicago, Illinois izy: "Tsikaritro ilay lahatsoratra nivoaka tao amin'ny *Chicago Tribune* teo amin'ny fivarotana. Ny lohateny teo amin'ny gazety dia hoe: 'Manome ny Fisoronana ho an'ny Mainty Hoditra ny Môrmôna.' Ary ny lohateny kely dia hoe, 'Nilaza ho Nandray Fanambarana ny Filoha Kimball.' Nividy tahadikan'izany gazety izany aho. Nibanjina ilay teny iray teo amin'ny lohateny kely aho, ilay hoe—*nilaza.* Niavaka tamiko izany toy ireny jiro mena midorehitra ireny. Raha namakivaky ny lalantsara aho izay nampifandray ahy tamin'ny fiaramanidina horaisiko, dia nieritreritra aho, *indro aho mamakivaky ity seranam-piaramanidina feno mpivezivezy ity, kanefa izaho dia vavolombelon'izany fanambarana izany. Nanatrika teo aho. Nahita izany aho. Nahatsapa ny fahatsapana avy any an-danitra aho. Tao anatin'izany aho.* . . . Moa ve ny mpanoratra tao amin'izany gazety izany dia nahafantatra na dia kely fotsiny aza ny fahamarinan'izany fanambarana izany. . . . Moa ve fantany, na ny mpanatonta, na ny mpanisy ranomainty, na ny mpanatitra ny gazety na dia kely fotsiny aza—Moa ve nisy nahafantatra na dia kely fotsiny aza ny iray amin'izy ireo fa tena fanambarana avy tamin'Andriamanitra marina izany. Moa ve fantatr'izy ireo na dia kely fotsiny aza fa fantatro izany satria vavolombelon'izany aho" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Apr. 1996, 31; na *Ensign,* Mey 1996, 23).

Ndeha atao hoe nipetraka tany Chicago, Illinois ianao, tamin'ny Jiona 1978, ary namaky ny matoatenin-dahatsoratra izay hitan'ny Loholona Haight. Avereno vakiana ny andalan-tsoratra 3–6 ao amin'ny "Ny Filoha Spencer W. Kimball" (p. 208—9) sy ny andalan-tsoratra 3–8 ao amin'ny Filazana Ôfisialy 2. Manorata taratasy avy eo ho an'ny mpamoaka gazety ny *Chicago Tribune,* izay manome porofo mivaingana sy antony hinoanao fa ny fanambarana dia mihoatra lavitra noho ny "*filazana*."

Filoha Ezra Taft Benson

Mandrakotra ny Tany amin'ny Alalan'ny Bokin'i Môrmôna

Nanadihady ny fiainan'ny Filoha Ezra Taft Benson i Sheri L. Dew talohan'ny hanoratana ny mombamomba azy. Taorian'izany asa fanadihadiana izany dia toy izao no tsoan-keviny: "Tena traikefa nitondra fanetren-tena ny fijerena tamimpitandremana, nanadihady mihitsy aza, ny fiainan'ny mpaminany. Ny mpandinika iray mombamomba ny olona dia mahita tokoa—ny tsara sy ny ratsy; ny fitsapana sy ny fandresena; ny hafaliana sy ny fijalian'izany olona izany Manana andraikitra tena ilaina tandremana tokoa ny mpandinika ny mombamomba ny olona mikasika ny fanadihadihana, ny fametrahana ny tanjon'ny fiainan'olona, ny tsoan-kevitra alaina avy amin' ny fandraisan'anjaran'ny olona, ny nofiny sy ny faniriany sesehena, ny hery manentana azy, sy ny zavatra hafa rehetra. Hatrany am-boalohany dia nanaja ny Filoha Benson ho lehilahy nandray antso avy any an-danitra aho. Kanefa arakaraka ny nikarohako sy namakiako ary nisaintsainako, dia vao maika aho nahafantatra hoe iza marina moa ity Ezra Taft Benson ity." Ny Rahavavy Dew dia nijoro ho vavolombelona ihany koa fa iray amin'ireo zavatra maro izay nampianarin'izany asa fanadihadiana nataony ny hoe i "Ezra Taft Benson, tahaka ny teo alohany, dia tena mpaminanin'Andriamanitra marina" (Ezra Taft Benson: A Biography *[1987], xi).*

NY FIAINANY (1899–1994)

1899 Teraka tamin'ny 4 Aogositra tao Whitney, Idaho, zanaky George T. sy i Sarah Dunkley Benson

1907 8 taona, natao batisa tamin'ny fitsingerenan'ny taona nahaterahany tao amin'ny reniranon'i Logan tao Whitney, Idaho

1921–23 21–24 taona, nanao asa fitoriana tany Angletera

1926 27 taona, nanambady an'i Flora Smith Amussen tamin'ny 10 Septambra; maty tamin'ny taona 1992 izany vadiny izany

1943 44 taona, notokanan'ny Filoha Heber J. Grant ho Apôstôly

1946 46 taona, nanomboka nanompo ho Filohan'ny Misiônan'i Eoropa. Taorian'ny Ady Lehibe II dia nanampy ireo mpikamban'ny Fiangonana sahirana noho ny faharavana nateraky ny ady tao Eoropa.

1952–60 53–61 taona, Sekreteram-panjakana misahana ny Fambolena tao amin'ny fitondram-panjakana Amerikana

1964–65 64–66 taona, Filohan'ny Misiônan'i Eoropa

1973 74 taona, notohanana ho Filohan'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

1985 86 taona, notohanana ho Filohan'ny Fiangonana, taorian'ny nahafatesan'ny Filoha Spencer W. Kimball

1994 94 taona, nodimandry tamin'ny 30 Mey tao Salt Lake City

NY FIADIDIANY (1985–94)

1985–93 Tempoly sivy no notokanana manerana an'izao tontolo izao

1990–92 Natsangana ny misiônan'i Tsekôslôvakia, Hongria, Pôlônay, Bolgaria, Rosia, Okraina, ary Berlin Atsinanana, Alemà. Ny firenena maro toy ny Armenia, Oganda, Kenya, Zimbaboay, Okraine, Honduras, Panama, Guatemala, Zambia, Botswana, Namibia, ary Kongo no natokana ho an'ny asa fitoriana ny filazantsara

1992 Natsangana ny tsatòkan'ny Fiangonana faha 1.900

1994 9.024.368 ny isan'ny Mpikamban'ny Fiangonana

Ny Fiainan'ny Filoha Ezra Taft Benson

1. "Tonga Filohan'ny Fiangonana i Ezra Taft Benson taorian'ny nahafatesan'i Spencer W. Kimball. Nandritra ny fotoana tany amin'ny fiatombohan'ny fitantanany dia nohamafisiny ny mahazava-dehibe ny famakiana sy ny fandalinana ny Bokin'i Môrmôna. Nambarany fa 'ny Bokin'i Môrmôna dia mitondra ny olona ho amin'i Kristy,' ary nanamafy indray ny fanambaran'i Joseph Smith izay milaza fa io boky io no 'vato ifaharan'ny fivavahantsika, ary ny olona dia hanatona an'Andriamanitra akaikikaiky kokoa amin'ny fiorenana amin'ny fampianarany, noho ny an'ny boky hafa rehetra' [*A Witness and a Warning* (1988), 3, 21; jereo koa *History of the Church,* 4:461].

2. "Tamin'ny fihaonambe ny volana Aprily taona 1986, dia hoy ny Filoha Benson: 'Nanainga ny fanahin'ny mpanompony atao hoe Lorenzo Snow ny Tompo mba hanasongadina indray ny fitsipiky ny fahafolonkarena hanavotana ny Fiangonana amin'ny fahasahiranana ara-bola. . . . Ankehitriny, amin'izao androntsika izao, dia manambara ny fanasongadinana indray ny Bokin'i Môrmôna ny Tompo . . . . Mampanantena anareo aho fa manomboka amin'izay fotoana izay no mankaty, raha miala hetaheta amin'ny takila iray amin'izany boky izany isan'andro isika ka mitoetra amin'ny fampianarany, dia hanaiky handraraka ho an'ny zanak'i Ziona sy ny Fiangonana ny fitahiana izay tsy mbola fantany hatramin'izay Andriamanitra' [tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Apr. 1986, 100; na *Ensign,* Mey 1986, 78]. An'arivony manerana ny tany no nanaiky ny fanamby ary nandray ny fitahiana nampanantenaina.

3. “Ny lohahevitra lehibe iray manaraka koa dia ny fialana amin’ny fieboeboana. Tamin’ny fihaonambe ny volana Aprily 1989, dia niantso ny mpikambana tao amin’ny Fiangonana izy mba ‘hamotsy ny atin’ny tavy mba handresena ny fieboeboana,’ izay nampitandremany fa izany no fototry ny faharavana teo amin’ny firenena Nefita. Nanoro hevitra izy fa ‘ny fanefitry ny fieboeboana dia ny fanetrentena—ny halemem-panahy, ary ny fankatoavana’ [tao amin’ny Tatitry ny Fihaonambe, Apr. 1989, 6–7; na *Ensign,* Mey 1989, 6–7].

4. “Raha nanompo tamin’ny naha-mpikambana azy tao amin’ny Kôlejin’ny Roambinifolo i Ezra Taft Benson, dia nanana fahafahana tsy dia mahazatra nanehoany ohatra amin’ny fampiharana ny filazantsara eo amin’ny fiainana izy. Tamin’ny taona 1952, niaraka tamin’ny fandrisihan’ny Filoha David O. McKay, dia nekeny ny ho Sekreteram-panjakana misahana ny Fambolena teo ambany fiahian’i Dwight D. Eisenhower, filohan’i Etazonia. Izay ihany no fotoana teo amin’ny tantaran’ny Fiangonana nahitana ny mpikambana tao amin’ny Kôlejin’ny Roambinifolo niasa tao amin’ny kabinetran’ny filohan’i Etazonia. Nandritra ny valo taona niasany, dia nohajain’ny olona rehetra izy na tao Etazonia, na tany ivelany noho ny fahamarinany sy noho ny fahaizany nitondra ny politikam-pambolena teo amin’ny fitondram-panjakana tany Etazonia. Nanjary nifandray tamin’ireo mpitondra firenena hafa izy ary namoha ny varavarana ho an’ny solontenan’ny Fiangonana manerana an’izao tontolo izao.

5. “Teo ambany fitarihan’ny Filoha Benson, dia nisy fandrosoana lehibe teo amin’ny Fiangonana maneran-tany. Tamin’ny faha-28 Aogositra 1987, dia nitokana ny tempoly tany Frankfurt Alemana, tao amin’ny Repoblika Federalin’i Alemana izy. Fahasoavana lehibe ho azy tokoa izany satria raha nanompo tamin’ny nahafilohan’ny misiôna Eoropeana tamin’ny taona 1964 ka hatramin’ny taona 1965 izy dia tao Frankfurt no toerana nisy ny misiôna.

6. “Ny tempolin’i Freiberg Alemana, tao amin’ny Repoblika Demokratikan’i Alemana dia notokanana tamin’ny 29 Jiona 1985. Izany fanokanana izany dia natao taorian’ny fahagagana marobe izay nitranga ka nahatonga ny fanorenana azy. Tamin’ny fitsidihana voalohany nataony tany amin’ny Repoblika Demokratikan’i Alemana, tamin’ny taona 1968, dia nampanantena ny Olomasina ny Loholona Thomas S. Monson tao amin’ny Kôlejin’ny Roambinifolo fa: ‘Raha mitoetra ho marina sy mahatoky amin’ny didin’Andriamanitra ianareo, dia ho azonareo ny fitahiana rehetra izay natao ho an’ny mpikambana ao amin’ny Fiangonana izay azon’ireo hafa manerana ny tany.’ Tamin’ny taona 1975, raha nitory ny filazantsara tao amin’io firenena io ihany ny Loholona Monson, dia nahatsapa ho natosikin’ny Fanahy mba hanokana ny tany ho an’ny Tompo izy, ka nanao hoe: ‘Ray ô, avelao ity mba ho fiandohan’ny andro vaovao ho an’ny mpikamban’ny Fiangonanao eto amin’ity tany ity.’ Nangataka izy mba ho tanteraka ny faniriana lehibe izay nananan’ny Olomasina dia ny ‘hahazo ny fitahian’ny tempoly’. Ny fampanantenana feno aingam-panahy sy ny vavaka faminaniana nataony ho an’ny fanokanana dia tanteraka [tao amin’ny Tatitry ny Fihaonambe, Apr. 1989, 66; na *Ensign,* May 1989, 51; jereo koa Tatitry ny Fihaonambe, Ôkt. 1985, 44; na *Ensign,* Nôv. 1985, 34].

7. “Navela niditra ny tanin’ny Repoblika Demokratikan’i Alemana ny mpitory ny filazantsaran’ny Olomasin’ny Andro Farany tamin’ny faran’ny volana Martsa 1989. Tamin’ny 9 Nôvambra 1989, dia novaliana ny finoana sy ny vavaka nataon’ny Olomasina maro rehefa nianjera ny fefy nanelanelana an’i Eoropa atsinanana sy andrefana, izay nitarika ny fitomboan’ny isan’ny niova fo natao batisa ary ny fananganana trano Fiangonana. Nisy olona niova fo iray dia nahafantatra voalohany ny Fiangonana tamin’ny fotoana nitsidihany ny varavarana misokatra tao amin’ny Fiangonana vaovao tany Dresden, Alemana, tamin’ny 1 Mey 1990. Tsy ampy herinandro akory dia vita batisa izy rehefa nanaraka ny lesona misiônera, namaky ny Bokin’i Môrmôna in-droa, ary nahazo fijoroana ho vavolombelona matanjaka ny amin’ny fahamarinan’ny filazantsara. [Jereo Garold and Norma Davis, “The Wall Comes Down,“ *Ensign,* Jiona 1991, 33.]

8. “Tamin’ny 24 Jiona 1991, nandritra ny fanasana lehibe natao taorian’ny kaonsera nataon’ny amboaram-peon’ny Mormon Tabernacle tao Moscou, ny filoha lefitry ny Repoblika Federaly Sosialista Sovietika Rosiana dia nilaza fa ny Fiangonana dia ara-dalana eo anatrehan’ny fanjakana. Namela ny Fiangonana hanangana kongregasiona nanerana io repoblika midadasika be io izany. Nandritra ny taona 1990, dia nisy tamin’ireo Repoblika Sovietika tranainy sy ireo firenena tany Eoropa afovoany sy atsinanana no notokanana tamin’ny asa fitoriana ny filazantsara, anisan’izany i Albanie, Armenie, Belarus, Bulgarie, Estonie, Hungary, Latvia, Lithuania, Roumanie, Russie, sy Ukraine. Sady nanofa no nividy trano hanaovana Fiangonana isak’ireo firenena tsirairay ireo ny Fiangonana, ary maro ny olona nahazo fijoroana ho vavolombelona momba ny fahamarinan’ny filazantsara. Tamin’ny fanokanana voalohany ny Fiangonan’ny Olomasin’ny Andro Farany tany Pologne teo anelanelan’ny Ady Lehibe faha-II, dia nivavaka ny Loholona Russell M. Nelson tao amin’ny Kôlejin’ny Roambinifolo mba ho toerana ‘fialofana ho an’ny fandriampahaleman’ny fanahy mangitakitaka sy fitodian-tsambon’ny fanantenana ho an’izay noana sy mangetaheta ny fahamarinana’ ny trano Fiangonana [*Church News,* 29 Jiona 1991, 12]. Izany fahasoavana izany dia tanteraka teo amin’ny fiainan’ny Olomasina tany amin’ny firenena maro izay nahita fandriampahalemana sy fifalian’ny filazantsara.

Nandritra ny fitantanan’ny Filoha Benson, ny mpitariky ny Fiangonana dia nanokana firenena maro amin’ny asa fitoriana ny filazantsara.

9. “Vokatry ny fitomboan’ny mpikambana ao amin’ny Fiangonana sy ny fanasongadinan’ny Filoha Benson ny asa fitoriana ny filazantsara, dia efa ho 48.000 teo ho eo ny isan’ireo mpitory ny

filazantsara izay nanompo tamin'ny sahan'ny misiôna 295 teo amin'ny Fiangonana tamin'ny famaranana ny asany.

10. "Etsy andanin'izany, tamin'ny fotoana niasany dia nanomboka nanolotra fanampiana bebe kokoa ho an'ireo hafa finoana manerana ny tany ny fandaharan'asa fanampiana tao amin'ny Fiangonana. Izany fanampiana izany dia nomena mba hanamaivanana ny fangirifiriany sy handrisihana ny olona hanana fahaleovantena maharitra. Betsaka ny sakafo, ny akanjo, ny fitaovana ilaina amin'ny fahasalamana, bodofotsy, vola, sy zavatra hafa nozaraina tamin'ireo mahantra, ary nisy koa ny fandaharan'asa maharitra hikarakarana ny fahasalamana, ny fampianarana mamaky teny sy manoratra, ary zavatra hafa koa. Izany asa fiantrana izany dia mahakasika olona an'arivony maro amin'izao fotoana izao any amin'ny faritra maro eto amin'izao tontolo izao.

11. "Noho ny harerahana teo amin'ny fahanterana ary ny fahafatesan'ny vadiny atao hoe Flora, dia nodimandry tamin'ny 30 Mey 1994 ny Filoha Benson teo amin'ny faha-94 taonany, rehefa avy namita ny asa nanirahana azy tamim-pahazotoana tamin'ny nahampaminanin'Andriamanitra azy. I Howard W. Hunter, izay filohan'ny Kôlejin'ny Roambinifololahy no nandimby azy" (*Ny Lovantsika,* 133–36).

Fahatakarana ny Famakiana

Ny Fiainan'ny Filoha Ezra Taft Benson

Manamafy (and. 1)—Manampy ny Fijoroany ho vavolombelona

Fiorenana (and. 1)—Fampianarana, didy

Fahasahiranana ara-bola (and. 2)—Trosa

Miala heteheta (and. 2)—Mizara (fomba entina milaza ny fitantanana antsika handalina ny Bokin'i Môrmôna isan'andro)

Atin'ny tavy (and. 3)—Ny Fiainan'izy ireo, ny eritreritr'izy ireo, ny fihetsika, ary faniriana

Fanefitra (and. 3)—Fanafody, fanafana

Fefy (and. 7)—Rindrina, manasaraka

Nanofa (and. 8)—Nanofa

Fitodian-tsambo (and. 8)—Toeram-piarovaa fialana sasatra

Fanampiana (and. 10)—Fanampiana

Fanofanana Mamaky teny sy manoratra (and. 10)—Fampianarana mamaky teny sy manoratra

Ny Fampianarana sy ny Tenivavolombelon'i Ezra Taft Benson

12. "Raha toa ka tsy mamaky sy mitandrina ny fampianarana voarakitra ao anatin'ny Bokin'i Môrmôna isika, araky ny fanambarana nataon'ny Tompo tao amin'ny fizarana 84 an'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana izay milaza fa ho eo ambany fanamelohana ny Fiangonana manontolo: 'Ary izany fanamelohana izany dia mitoetra eo amin' ny zanak' i Ziona, izy rehetra' (F&F 84:56). Ary dia mbola nanohy ny Tompo nanao hoe: 'Ary hitoetra eo ambanin' izany fanamelohana izany izy ireo ambara-pibebany sy ahatsiarovany ny fanekempihavanana vaovao, dia ny Bokin' i Môrmôna sy ireo didy teo aloha izay efa nomeko azy ireo, tsy ny hiteny fotsiny fa ny hanao araka izay efa nosoratako' (F&F 84:57).

13. " Ankehitriny dia tsy vitan'ny hoe mila *miresaka* bebe kokoa mikasika ny Bokin'i Môrmôna isika fa mila koa *manao* zavatra bebe kokoa avy amin'izany. Nahoana? Namaly ny Tompo nanao hoe: ' Mba hahazoany mamokatra voa mendrika ny fanjakan' ny Rainy; fa raha tsy izany dia misy antambo sy famaliana hararaka eo amin' ny zanak' i Ziona' (F&F 84:58). Tsapantsika izany antambo sy fitsarana izany!" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe Apr. 1986, 4; na *Ensign,* Mey 1986, 5).

14. "Tsy mampianatra antsika ny fahamarinana fotsiny ihany ny Bokin'i Môrmôna, na dia marina aza izany. Tsy mijoro ho vavolombelona ho an'i Kristy fotsiny ihany ny Bokin'i Môrmôna, na dia marina aza izany. Fa misy zavatra hafa mihitsy. Misy hery ao amin'ny boky izay hanomboka hanenika ny fiainanao amin'ny fotoana izay hanombohanao handalina lalindalina kokoa ny boky. Hanana hery matanjaka kokoa hanoherana ny fakam-panahy ianao. Hahazo hery hialana amin'ny fitaka. Hahazo hery mba hijanonana amin'ny lalana ety sy tery. Antsoina hoe 'tenin'ny fiainana' ny soratra masina (jereo F&F 84:85), ary marina tokoa izany teny izany raha ny mahakasika ny Bokin'i Môrmôna manokana. Rehefa noana sy mangetaheta ireo teny avy aminy ianao, dia hiroborobo hatrany hatrany ny fiainanao. . . .

15. " Rahalahy sy rahavavy, miangavy aminareo amin'ny foko manontolo aho mba hanome lanja ny Bokin'i Môrmôna eo amin'ny fiainanareo manokana ary eo amin'ny fiainam-piangonana manontolo" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Ôkt. 1986, 6; na *Ensign,* Nôv. 1986, 7).

16. "Ny Bokin'i Môrmôna dia vato hifaharan'ny vavolombelontsika amin'i Jesoa Kristy, izay Izy mihitsy no vato fehizoron'ny ataontsika rehetra. Mijoro ho vavolombelona amin-kery sy mazava tsara ny fisiany izany. Tsy mitovy amin'ny Baiboly, izay nandalo tamin'ireo taranaka marobe nanao tahadika, nandika teny, ary ireo mpitondra fivavahana mpametaveta izay nanimba ny voasoratra izany, fa ny Bokin'i Môrmôna kosa dia niainga avy amin'ny mpanoratra nankany amin'ny mpamaky tao anatin'ny dingan'ny fandikan-teny iray monja. Noho izany, ny fijoroany ho vavolombelona ny amin'ilay Mpampianatra dia mazava tsara, tsy mifangaro, ary feno hery. Kanefa dia mbola manao betsaka mihoatra izany izy. Ny ankamaroan'ny Kristiana ankehitriny eto amin'izao tontolo izao dia mandà ny maha-Andriamanitra an'i Mpamonjy. Mametra-panontaniana ny fahaterahany mahagaga izy ireo, ny fiainany tsy nisy pentina, ary ny maha-marina ny fitsangananany amin'ny maty tamim-boninahitra. Ny Bokin'i Môrmôna dia mampianatra feno ary tsy misy diso momba ny fahamarinan'izany rehetra izany. Manome ihany koa ny fanazavana feno amin'ny fotopampianarana sy ny Sorompanavontana. Tena marina, fa ity boky mitaona fanahy avy any an-danitra ity dia vato hifaharan'ny fijoroana ho vavolombelona amin'izao tontolo izao fa i Jesoa no Kristy (jereo ny pejin-dohatenin'ny Bokin'i Môrmôna)" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Ôkt. 1986, 4; na *Ensign,* Nôv. 1986, 5).

17. "Matetika isika no manao ezaka lehibe amin'ny fampitomboana ireo fiaraha-mientana eo ao amin'ny tsatòkantsika. Miasa am-pahazotoana isika mampitompo ny isan-jaton'ny mpanatrika ny fivorian'ny Fanasan'ny Tompo. Miasa mafy isika mba hampiakarana ny isan-jaton'ny zatovolahy mitory ny filazantsara. Miezaka isika ny hanatsara ny isan'ireo izay mivady any amin'ny tempoly. Ireo rehetra ireo dia ezaka famporisihana sy manandanja hampiroboroboana ny fanjakana. Kanefa raha toa ka miroboka amin'ny famakiana soratra masina tsy tapaka sy tsy miova ny mpikambana tsirairay sy ny fianakaviana, dia hanaraka ho azy ireo asa amin'ny sehatra hafa. Hitombo ny fijoroana ho vavolombelona. Hatanjaka ny fanoloran-tena. Hahazo fampaherezana

ny fianakaviana. Hirotsaka ny fanambarana ho an'ny tena manokana" ("The Power of the Word," *Ensign,* Mey 1986, 81).

18. " Tsy afaka ny manao ratsy ianao dia hanana fahatsapana tsara. Tsy miaraka izany!" ("To the Rising Generation," *New Era,* Jiona 1986, 5; jereo koa *Jeunes Soyez Fort,* 4).

19. "Tsy misy teny masina na amin'ny soratra tsotra na amin'ny soratra masina mihoatra ny teny hoe *reny*. Tsy misy asa ambony mihoatra ny reny tsara sy matahotra an'Andriamanitra. . . .

20. "Ao amin'ny fianakaviana mandrakizay, Andriamanitra dia nametraka ny ray hiahy ny tokantrano. Ny ray no mamelona, mitia, mampianatra, ary mitarika.

21. "Kanefa ny andraikitry ny reny koa dia efa tendrin'Andriamanitra. Ny reny no mihazona am-bohoka, miteraka, mamelona, mitia, ary manabe. Izany no lazain'ny fanambarana" (*To the Mothers in Zion* [pamphlet, 1987], 1–3).



22. "Ny Avonavona no fahotana iraisan'izao tontolo izao, ilay faharatsiana lehibe. . . .

23. "Ny fanefitry ny avonavona dia fanetren-tena—fahalemem-panahy, fahononam-po (jereo Almà 7:23). . . .

24. " Hanana vahoaka manetry tena Andriamanitra. Na isika hisafidy ny hanetry tena na isika terena tsy maintsy hanetry tena. Hoy i Almà hoe: 'Hotahiana izay manetry ny tenany, rehefa tsy terena hanetry tena' (Almà 32:16).

25. " Andeha isika hisafidy ny hanetry tena.

26. " Afaka ny misafidy ny hanetry ny tenantsika isika amin'ny fandavana ny fankahalana ireo rahalahy sy anabavintsika, handray azy ireo ho toy ny tenantsika, ary hanainga azy ireo avo na avoavo kokoa noho ny misy antsika (jereo F&F 38:24; 81:5; 84:106).

27. " Afaka ny misafidy ny hanetry ny tenantsika isika amin'ny alalan'ny fandraisana torohevitra na famaizana (Jereo Jakôba 4:10; Helamàna 15:3; F&F 63:55; 101:4–5; 108:1; 124:61, 84; 136:31; Ohabolana 9:8).

28. " Afaka ny misafidy ny hanetry ny tenantsika isika amin'ny alalan'ny famelana ireo izay nanao meloka tamintsika (Jereo 3 Nefia 13:11, 14; F&F 64:10).

29. "Afaka ny misafidy ny hanetry ny tenantsika isika amin'ny alalan'ny fanaovana asa fanompoana tsy misy tambiny (Jereo Môsià 2:16–17).

30. "Afaka ny misafidy ny hanetry ny tenantsika isika amin'ny alalan'ny fandehanana hitory ny filazantsara sy ny teny mba hampanetry ny hafa tena koa (Jereo Almà 4:19; 31:5; 48:20).

31. " Afaka ny misafidy ny hanetry ny tenantsika isika amin'ny alalan'ny fandehanana any amin'ny tempoly matetika.

32. " Afaka ny misafidy ny hanetry ny tenantsika isika amin'ny alalan'ny fibaboana sy fialana amin'ny ota ary ateraka arak'Andriamanitra indray (jereo F&F 58:43; Môsià 27:25–26; Almà 5:7–14, 49).

33. " Afaka ny misafidy ny hanetry ny tenantsika isika amin'ny alalan'ny fitiavana an'Andriamanitra, fanaovana ny sitrapony ary fametrahana azy ho lohalaharana eo amin'ny fiainantsika (Jereo 3 Nefia 11:11; 13:33; Môrônia 10:32).

34. " Andeha hanetry tena isika. Afaka manao izany isika. Fantatro fa afaka isika" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Apr. 1989, 6; na *Ensign,* Mey 1989, 6–7).

35. "Amin'ity asa ity dia ny Fanahy ihany no tena zava-dehibe—na aiza na aiza toerana hanompoantsika. Fantatro fa tsy maintsy miankina amin'ny fanahy aho. Ndeha isika handray izany Fanahy izany ary ho mpikambana mahatokin'ny Fiangonana" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Apr. 1986, 98; na *Ensign,* Mey 1986, 77).

36. "Tsy misy na inona na inona manan-danja amin'ity asa ity mihoatra ny Fanahy" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Ôkt. 1986, 60; na *Ensign,* Nôv. 1986, 46).

37. "Mijoro ho vavolombelona aho fa tsy ho maro ny taona dia hodiovina ny tany (jereo F&F 76:41). Ho avy indray i Jesoa ilay Kristy, amin-kery sy am-boninahitra lehibe amin'ity fotoana ity mba handresy ny fahavalony sy hanapaka ary hanjaka eto antany (jereo F&F 43:26–33). Amin'ny fotoanany dia hitsangana amin'ny maty daholo ny olona ary hiatrika ilay Tompo amin'ny fitsarana farany (jereo 2 Nefia 9:15, 41). Andriamanitra dia hanome valisoa ny tsirairay arakaraka ny asa nataony tety an-tany (jereo Almà 5:15)" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Ôkt. 1988, 104; na *Ensign,* Nôv. 1988, 87).

Fahatakarana ny Famakiana

Ny Fampianarana sy ny Tenivavolombelon'i Ezra Taft Benson

Fanamelohana (and. 12)—Mandatsa, tsy mankasitraka

Miangavy (and. 15)—Manontany, mitalaho

Hiahy (and. 20)—Hitarika

Fankahalana (and. 26)—manaratsy

Handreseny ny fahavalony (and. 37)—Mambabo ny fahavanony

Fandalinana ny Famakiana

Ataovy ny asa A na B rehefa mandalina ny "Filoha Ezra Taft Benson" ianao

A Manaova Sary Napetapetaka

Avy amin'ny famakianao ny andalan-tsoratra 1–10, dia manaova sary na mitadiava sary any amin'ny gazetiboky na gazety izay eritreretinao fa maneho ireo karazana tranga izay nitranga nandritra ny fiainan' ny Filoha Benson. Mariho ny sary tsirairay ary apetaho ao anaty kahienao izany na eo amin'ny petadrindrina amin'ny endriny misaratsaraka.

B Mampitovy ny Fampiharana

1. Soraty ireto soratra masina manaraka ireto amin'ny tsanganana ao anaty kahienao:
   a. Almà 31:5
   b. Almà 41:10
   d. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 42:13–14
   e. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:54–57
   f. 3 Nefia 27:5–8
   g. Isaia 64:1–3
   h. Almà 5:22–23
   i. Almà 56:47–48
2. Eo akaikin'ny soratra masina tsirairay, dia soraty ny laharan'ny andalan-tsoratra, avy amin'ny andalan-tsoratra 12–37, izay eritreretinao fa tena mitovy ny soratra masina tsirairay. Afaka atao mihoatra ny andalan-tsoratra iray.
3. Misafidiana iray amin'ny fampianaran'ny Filoha izay manaitra anao ary hazavao ny dikan'izany aminao.

Filoha Howard W. Hunter

Lehilahy Manana ny Fitiavana Tahaka ny an'i Kristy

Ny Filoha Howard W. Hunter dia nampianatra hoe: "Azafady mba tadidio ity zavatra iray ity. Raha toa ka mifantoka amin'i Jesoa Kristy sy ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny ny fiainanareo sy ny finoantsika, dia tsy hisy mihitsy handeha maharitra any amin'ny fahadisoana" (" 'Fear Not, Little Flock,' " Brigham Young University 1988–89 Devotional and Fireside Speeches [1989], 112). Ny Filoha Hunter dia tsy nampianatra fotsiny izany fitsipika manan-danja izany, fa niainany izany ihany koa. Ny Loholona James E. Faust, mpikambana ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, dia niteny hoe: "Angamba ny zava-nitranga tena nampitolagaga nandritra ny fotoana fohy naha-Filohan'ny Fiangonana azy dia ny fifamatoran'ny mpikamban'ny Fiangonana manerana an'izao tontolo izao taminy tamin'ny fomba manokana tamin'ny nahampaminany, mpahita, ary mpanambaran'izy ireo azy. Hitan'izy ireo taminy ny toetrany izay nanana ny toeran'ny Mpamonjy mihitsy. Nanatanteraka tamin'ny fomba miavaka ny hafatra feno famananiana nentiny izy ireo ny mba hahatonga ny fiainantsika ho tahaka ny an'i Kristy kokoa ary ny hanaovantsika ny tempoly ho ivon'ny fiderantsika" ("Howard W. Hunter: Man of God," Ensign, Apr. 1995, 26).

Iray amin'ny toetra tahaka ny an'i Kristy nananany dia nasehon'ny Loholona Neal A. Maxwell, mpikambana tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo. Nilaza izy fa ny Filoha Hunter "dia lehilahy malemy fanahy. Indray andro izy dia nandà asa izay tena nilainy fony mbola zatovolahy satria hahatonga ny olona iray ho very asa. Mbola ity lehilahy be fanetren-tena ity ihany, rehefa nifoha aho taorian'ny harerahana sy ny andro mamovoka niaraka taminy namita andraikitra tany Egypta, no nikosoka ny kiraroko, andraikitra izay nantenainy hovitaina ary tsy hisy mpahita" (" 'Meek and Lowly,' " Brigham Young University 1986–87 Devotional and Fireside Speeches [1987], 61).

NY FIAINANY (1907–95)

1907	Teraka tamin'ny 14 Novambra tao Boise, Idaho, zanak'i John William sy i Nellie Marie Rasmussen Hunter
1919	12 taona, natao batisa tamin'ny 4 Aprily (niandry ny fanomezan-dalana avy amin'ny rainy); notokanan'ny evekany ho diakona tamin'ny 21 Jiona
1931	23 taona, nanambady an'i Clara (Claire) May Jeffs tamin'ny 10 Jiona
1950	42 taona, filoham-boninahitry ny kaomity misahana ny fampianarana seminera vao maraina tao Californie
1959	51 taona, natokan'ny Filoha David O. McKay ho Apôstôly
1964–72	56–64 taona, Filohan'ny Asa tetiaran'ny Fiangonana
1970–72	62–64 taona, Mpahaitantaran'ny Fiangonana
1975–93	67–85 taona, nandeha im-betsaka tany Isiraely; nanokana ny BYU Jerusalem Center
1983	75 taona, maty ny vadiny voalohany
1988	80 taona, notohanana ho Filohan'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

1989	81 taona, nanambady an'i Inis Bernice Egan tamin'ny 10 Aprily
1994	86 taona, notohanana ho Filohan'ny Fiangonana
1995	87 taona, nodimandry tamin'ny 3 Martsa tao Salt Lake City; nanompo nandritra ny sivy volana tamin'ny naha-Filohan'ny Fiangonana

NY FIADIDIANY (1994–95)

1994	Nanokana ny Tempolin'i Orlando Florida izy ary nanangana ny tsatòkan'ny Fiangonana faha 2.000
1995	Nanokana ny Tempolin'i Bountiful Utah; nahatratra 9.338.859 ny isan'ny mpikambana

Ny Fiainan'ny Filoha Howard W. Hunter

1. "Tamin'ny fihaonambe voalohany nataony tamin'ny 6 Jiona 1994, ny Filoha Howard W. Hunter dia namariparitra ny lohahevitra lehibe entina ho tanterahina eo ambany fitantanany. Hoy izy: 'Asaiko ny mpikambana rehetra ato amin'ny Fiangonana mba hifantoka bebe kokoa amin'ny fiainana sy ny ohatra nomen'i Jesoa Kristy Tompo, indrindra eo amin'ny lafiny fitiavana, fanantenana sy amin'ny fangorahana.

2. " 'Mivavaka aho mba hifampitondra amin'ny hatsaram-panahy isika, amin'ny fahaizana mandray olona amim-panetrentena, amin'ny faharetana ary hifamela heloka hatrany.'

3. "Nangataka tamin'ny mpikamban'ny Fiangonana izy mba 'hametraka ny tempolin'ny Tompo ho marika lehiben'ny maha-mpikamban'ny Fiangonana azy ireo ary koa ho toerana masin'ny fanekempihavanana izay nataony. Ny faniriana lalina indrindra tao am-poko dia ny hahatongavan'ny mpikambana rehetra ao amin'ny Fiangonana any amin'ny tempoly' [*Church News,* 11 Jiona 1994, 14]. Mpikamban'ny Fiangonana an'arivony no nandray izany hafatra izany ho ao amin'ny fiainan'izy ireo ary notahiana tamin'ny fandrosoan'ny ara-panahiny lalina kokoa.

4. "Nanana faharanitan-tsaina izay sarobidy tokoa ho an'ny Fiangonana ny Filoha Hunter. Tamin'ny faraparan'ny taona manodidina ny 1970, dia nahazo andraikitra izay nitakiana ny talentany rehetra izy. Nanana anjara asa lehibe tamin'ny fividianana tany sy tamin'ny fanaraha-maso ny fananganana ny trano Fiangonana tany amin'ny Tany Masina izy—dia ny foiben-toerana misy ny oniversiten'i Brigham Young tany Jerosalema ho an'ny olona any Proche-Orient. Izany Oniversite izany dia miorina eny amin'ny Tendrombohitra Scopus, izay fihitaran'ny Tendrombohitra Oliva. Misy trano sy efitrano fianarana ho an'ny olona mandalina tanteraka ny momba ity tany voafidy ity, ny mponina ao aminy (Arabo sy Jiosy), ary ny toerana izay nipetrahan'i Jesoa sy ny mpaminany fahiny izany. Izany foiben-toerana izany dia fahasoavana ho an'izay nianatra tao, ary ny hatsarany dia nahasarika ny olona maro izay nitsidika azy. . . .

BYU Jerusalem Center

5. "Niatrika fisedrana be dia be ny Filoha Hunter nandritra ny androm-piainany. Tamin'ny finoana sy ny herin'ny fanahy no niatrehany ny olana ara-pahasalamana nanjo azy izay sady mafy no nanaintaina, ny aretina izay nikiky azy nandritra ny fotoana maharitra, ny fahafatesan'ny vadiny voalohany, ary ireo olana maro hafa. Na dia teo aza izany sakantsakana izany, dia nanompo ny Tompo tamim-pahazotoana izy, nandeha nitsidika toerana maro ary niasa mafy tamin'ny fitantanana ny raharaham-piangonana. Ny ohatra nomeny dia nifanaraka tamin'ny hafatra nataony: 'Raha manana olana ianao ao an-tokantrano, raha mivily lalana ny zanakao, raha manana fahasahirana ara-bola ianao na manana olana ara-pihetseham-po izay manambana ny tokantranonao sy ny fahasambaranao, dia aoka hiadana ny fanahinao. Tsy halaina fanahy mihoatra noho izay zakantsika isika. Ny fahasahiranantsika sy ny famoizam-pontsika no lalana mahitsy sy tery mitarika antsika ho any Aminy' [tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Ôkt 1987, 71; na *Ensign,* Nôv. 1987, 60].

6. "Nitarika ny fivoriana tamin'ny 11 Desambra 1994 tany Mexico City, Meksika ny Filoha Hunter rehefa natsangana ny tsatòka faha-2.000, izay dingana lehibe tokoa teo amin'ny tantaran'ny Fiangonana. Hoy izy tamin'ny mpivory: 'Ny Tompo, tamin'ny alalan'ny mpanompony, no nanao izao fahagagana izao. Izany asa izany dia hitohy hatrany amin-kery sy amim-pahavitrihana. Ny fampanantenana natao tamin'i Lehia sy ny zanany mikasika ny taranany dia natao ary mbola mitohy ihany tany Meksika' [*Church News,* 17 Des. 1994, 3]. Nandritra ny fotoana naha-Manampahefana Ambony azy, dia nitombo be tokoa ny Fiangonana tany Amerika Latina. Rehefa lasa Filohan'ny Fiangonana izy, dia nihoatra ny iray tapitrisa ny isan'ny Olomasin'ny Andro Farany tao Meksika, Brezila ary tany Silia fotsiny, izany hoe nisy mpikambana betsaka lavitra noho ny mpikambana tany Utah tamin'izany fotoana izany.

7. "Sivy volana monja no naha-Filohan'ny Fiangonana ny Filoha Hunter, kanefa nitondra fitaom-panahy ho an'ny Olomasina maro izy, izay nahatsapa ny fiantrany, sy ny faharetany ary ny ohatra tsara nomeny tamin'ny nananany fiainana Kristiana" (*Ny Lovantsika,* 136, 138–39).

8. Ny Loholona James E. Faust, tamin'izy mpikambana tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, dia nizara izao tantara manaraka izao momba ny Filoha Hunter tamin'ny fahatanorany: "Ny anabaviny Dorothy Hunter Rasmussen, . . . dia nahatsiaro ity zava-nitranga tsy nampoizina iray ity fony izy ireo mbola zazakely niaraka. 'I Howard dia te-hanao tsara sy te-ho tsara foana. Anadahy tena mahafinaritra izy sady niaro ahy foana. Tena ohatra ny re-

ny sy rainay mihitsy izy. Tia biby i Howard ary matetika dia mitondra izay ao an-trano izy.' Nisy lakandrano izay teo amin'ny tranon'izy ireo, ary indray andro izay nisy andian'ny zazalahy avy eo an-tanàna. . . izay nanipy ilay sakakely teo amin'ny lakandrano. Nivoaka hatrany ilay sakakely ary dia atsipin'izy ireo indray. Naverimberin'izy ireo izany mandrapaha-reraka azy ireo. 'Nanatona i Howard ary dia nibata ity [sakakely]; toy ny efa maty ireny ilay izy ary nentiny tao an-trano. Natahotra i Neny sao dia efa maty ilay izy, kanefa dia nofonosin'izy ireo bodofotsy ilay izy ary napetrany teo akaikin'ny fatana ary dia nomen'izy ireo sakafo.' Velona ilay izy, ary dia nanana saka nandritra ny taona maro izahay. 'Tena tsara fanahy izy,' hoy i Dorothy. 'Tsy mbola nahita ny anadahiko nanao zavatra ratsy aho teo amin'ny fiainako' " ("The Way of an Eagle," *Ensign,* Aog. 1994, 4, 6).

9. Ny Loholona Rulon G. Craven, izay mpikambana tao amin'ny Fitopololahy, dia nizara izao tantara manaraka izao: "Maro ireo hahatsiaro ilay taona maro lasa izay nilazana tamin'ny Filoha Hunter fa tsy afaka ny hamindra intsony izy. Na izany aza, ny finoany sy ny tsy fikelezany aina dia lehibe mihoatra izany hafatra izany. Isan'andro, tsy natao filazana na nampahafantarina ny hafa, fa dia nanaraka fitsaboana mafy ara-batana tamin'ny tsy fikelezany aina, finoana ary fahitana lalina izy fa hitsangana mbola handeha indray. Nandritra izany volana sarotra izany, ireo Rahalahiny tao amin'ny Roambinifololahy dia nivavaka ho azy isan'andro nandritra ny fivorian'ny kôlejin'izy ireo ary nandritra ny vavaka manokan'izy ireo.

10. "Volana maro taty aoriana, Alakamisy maraina, dia nandeha tany amin'ny biraon'ny Filoha Hunter aho. . . Hitako fa niala ny biraony vao maraina izy ary nolazaina tamiko fa lasa nandeha any amin'ny tempoly izy. Nanontany tena aho momba izany vaovao izany ary dia nandeha nalaky mba hanatratra azy. Rehefa tratrako izy, dia hitako fa nandeha niaraka tamin'ny fanampian'ny tehina mikambana misy kodiarana. . . . Rehefa namakivaky ny efitrano [fivoriana] ny Filohan'izy ireo, dia nitsangana ny Roambinifololahy ary nanomboka nitehaka izy ireo. . . . Ny Filoha Hunter dia nisaotra azy ireo ary nilaza hoe: 'Tsy tokony handeha intsony aho, kanefa noho ny fanampian'ny Tompo sy ny tsy fikelezan'aina nananako, ary indrindra indrindra ny finoanareo Rahalahiko ato amin'ny Roambinifololahy, dia nandeha indray aho' " (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Apr 1991, 35–36; na *Ensign,* Mey 1991, 28–29).

Fahatakarana ny Famakiana

Ny Fiainan'ny Filoha Howard W. Hunter

Masina (and. 3)—Avy any andanitra

Faharanitana (and. 4)—Maranitra, tena mazava

Fividianana (and. 4)—Fividianana

Herin'ny fanahy (and. 5)—Tsy fikelezan'aina, herimpo

Nikiky (and. 5)—Nihareraka, nihalefy

Filazana (and. 9)—Fanehoana an-kalamanjana

Ny Fampianarana sy ny Tenivavolombelon'i Howard W. Hunter

11. " Tsy mbola nisy fotoana izay nanomezan'ny Mpamonjy zavatra ka niandrasany tambiny. Nanome tamim-palalahana sy tampitiavana izy, ary ny fanomezany dia tsy voavidy vola. Nanome fahitana ho an'ny jamba izy, faharenesana ho an'ny marenina ary tongotra ho an'ny malemy; fahadiovana ho an'ny tsy madio, fahafenoana ho an'ireo kilemaina ary fiainana ho an'ireo efa maty.

12. "Ny fanomezany dia manome fahafahana ho an'ireo nitsakitsahina, fahafahana ho an'ny nampahoriana, famelan-keloka ho an'ny mpibebaka, fanantenana ho an'ireo diso fanantenana ary hazavana ho an'ireo anatin'ny haizina. Nanome antsika ny fitiavany Izy, ny fanompoany sy ny fiainany. Ary ny tena zava-dehibe indrindra, dia nanome antsika rehetra ny fitsanganana amin'ny maty, famonjena ary ny fiainana mandrakizay Izy.

13. "Tokony hiezaka hanome tahaka ny nanomezany isika. . . . Ny fanolorana ny tena dia fanomezana masina. Dia manome isika ho fahatsiarovana izay rehetra nomen'ny Mpamonjy. . . .

14. ". . . Amin'ity Krismasy ity dia aoka hanatsara ny fifandraisanao ianao. Tadiavo ireo namana tsy tsaroana. Aza mametraka fiahiahiana fa soloy fahatokiana izany. Manorata taratasy. Manolora valinteny malefaka. Amporisiho ireo tanora. Manehoa ny fametraham-pitokisana amin'ny teny sy fihetsika. Hazony ireo fampanantenana nataonao. Adinoy ny fankahalana. Mamela ireo fahavalo. Miala tsiny. Miezaha hahatakatra ny hafa. Lanjalanjao ireo fangatahana nataonao tamin'ny hafa. Mieritrereta ny hafa alohan'ny tenanao. Aoka ho tsara fanahy. Tsara toetra. Mihomeheza bebe kokoa. Manehoa fisaorana. Mampiantranoa olon-tsy fantatra. Mampifalia ny fon'ny zaza. Mahazoa fy amin'ny hatsarana sy hakanton'ny tany. Ambarao ny fitiavana ary ataovy foana izany. [Namboarimboarina avy tamin'ny mpanoratra tsy nitonona anarana.]" (tao amin'ny " 'To Give of Oneself Is a Holy Gift,' Prophet Tells Christmas Gathering," *Church News,* 10 Des. 1994, 4).

15. "Tena inoako tanteraka fa raha amin'ny maha-olona tsirairay antsika, amin'ny maha-fianakaviana, amin'ny maha-fiarahamonina, ary amin'ny maha-firenena antsika, dia ho afaka isika, tahaka an'i Petera, hampifantoka ny masontsika amin'i Jesoa, ary ho afaka ihany ihany koa isika handeha amim-pahombiazana eo amin'ny onjan'ny mandifotry ny tsy finoana sy mijanona tsy matahotra eo afovoan'ny rivotra mifofofofon'ny fisalasalana. Kanefa rehefa manodina ny masontsika amin'ilay tokony hinoantsika isika, izay toa mora ny manao izany ary izao tontolo izao dia halaim-panahy hanao izany, raha toa isika ka mijery ny hery sy ny hatezerana amin'ireo singa mahatsiravina sy mpandrava manodidina antsika mihoatra Azy izay afaka manampy sy

manavotra antsika, dia tsy hisy fanafany fa ho difotra any andranomasin'ny fifandirana, alahelo ary fahadisoam-panantenana isika.

16. "Amin'izany fotoana izany isika rehefa mahatsapa ny tondradrano izay mampatahotra fa handifotra antsika ary hitelina any amin'ny lalina ilay sambo mihozongozon'ny finoantsika, dia mivavaka aho mba ho rentsika hatrany eo am-povoan'ny orambaratra sy ny haizina ilay feo mamin'ny Mpamonjy an'izao tontolo izao manao hoe: 'Matokia, fa Izaho ihany, aza matahotra' (Matio 14:27)" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Ôkt. 1992, 24; na *Ensign,* Nôv. 1992, 19; adapted from Frederic W. Farrar, *The Life of Christ* [1964], 313).

17. "Nisy hatrany ny sakana nialana sy ny olana novahana teo amin'ireo taranaka rehetra nifandimby hatramin'ny nanombohan'izao rehetra izao. Noho izany, ny olona tsirairay rehetra dia samy manana ny fanamby izay toa voatokana ho azy. Takatsika izany tamin'ny fiainana talohan'ny nahaterahana.

18. "Rehefa mampanetry tena, manadio ary mampianatra antsika izany traikefa izany, dia mahatonga antsika ho olona tsaratsara kokoa, mankasitraka kokoa, be fitiavana, ary mijery ny olon-kafa amin'ny fotoan-tsarotra hiainan'izy ireo.

19. "Eny fa na dia ao anatin'ny fotoana tena sarotra indrindra aza, ny olana sy ny faminaniana dia tsy nataotao foana fa kosa hitahy ny olo-marina ary hanampy ireo izay tsy mbola marina tsara handroso amin'ny fibebahana" ("Why Try?" *New Era,* Jan. 1994, 6).

20. "Izay rehetra hametrahan'i Jesoa ny tanany dia velona. Raha toa ka mametra-tanana ny fanambadiana i Jesoa, dia velona izany. Raha toa ka afaka ny mametraka ny tanany eo amin'ny fianakaviana izy, dia ho velona izany" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Ôkt. 1979, 93; na *Ensign,* Nôv. 1979, 65).

21. "Mijoro ho vavolombelona aho fa i Jesoa no hany loharano marina amin'ny hafaliana maharitra, ary ny hany fiadanana maharitra ho antsika dia ao Aminy. Manantena aho fa Izy no 'voninahitra ho antsika ankehitriny,' ny voninahitra ho antsika tsirairay avy dia mampaniry fatratra ny tsirairay avy ary ny hany fanomezana ho an'ny olona sy ny firenena izay hazonin'izy ireo maharitra. Izy no valisoantsika amin'izao fotoana izao sy mandrakizay. Ireo valisoa hafa dia tsy misy vokany amin'ny farany. Ny zava-dehibe hafa rehetra dia hihintsana miaraka amin'ny fotoana ary ho levona hiaraka amin'ny singa. Amin'ny farany, . . . dia hahafantatra isika fa tsy misy hafaliana marina mihoatra ny ao amin'i Kristy" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Apr. 1993, 80–81; na *Ensign,* Mey 1993, 65).

22. "Amin'ny maha-olona voantso sy notendrena ahy mba hijoro ho vavolombelona amin'ny anaran'i Jesoa Kristy eo amin'izao tontolo izao, dia mijoro ho vavolombelona aho amin'ity andro Paska ity fa velona izy. Manana vatana nofo sy taolana be voninahitra, tsy mety maty izy. Izy ilay Zanakalahitokan'ny Ray araky ny nofo. Izy ilay Mpamonjy, Fahazavana sy Fiainan'izao tontolo izao. Taorian'ny nanombohana azy sy ny fahafatesany dia niseho tamin'ny maha-olona efa nitsangana tamin'ny maty azy tamin'i Maria, Petera, Paoly, ary ireo maro hafa izy. Niseho tamin'i Nefita Izy. Niseho tamin'i Joseph Smith, ilay tovolahikely mpaminany Izy, ary tamin'ireo maro hafa tamin'ity fotoam-pitantanana misy antsika ity. Ity no Fiangonany ary mitarika izany izy ankehitriny" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Apr. 1988, 19; na *Ensign,* May 1988, 17).

Fahatakarana ny Famakiana

Ny Fampianarana sy ny Tenivavolombelon'i Howard W. Hunter

Tsy voavidy vola (and. 11)—Tsy voarefy

Diso fanantenana (and. 12)—Kivy

Mamelà ireo fahavalo (and. 14)—Mamelà ireo fahatsapana nandratra

Mampaniry fatratra (and. 21)—Faniriana koavana

Zava-dehibe (and. 21)—Hatsarana, voninahitra

Fandalinana ny Famakiana

Ataovy ny asa A na B sy ny asa D na E rehefa mandalina ny "Filoha Howard W. Hunter" ianao.

A Manao Izay Hahafantarana bebe kokoa ny Filoha Hunter

Halalino ny tabilao misy ny fiainana sy ny fiadidian'ny Filoha Howard W. Hunter (p. 216), miaraka amin'ny andalan-tsoratra 1–10 amin'ny famakiana, ary karohy ireo valiny amin'ireto fanontaniana manaraka ireto:



1. Firy taona ny Filoha Hunter rehefa natao batisa ho mpikamban'ny Fiangonana?
2. Firy taona izy no natokana ho Apôstôly?
3. Firy taona izy no nanambady fanindroany?
4. Taiza ireo tempoly no notokanany?
5. Inona avy ny fitsapana roa farafahakeliny izay natrehiny?
6. Taiza no firenena nanorenana ny tsatòka faha-roa arivo?
7. Tamin'ny taona 1994, firenena Amerika Latina taiza no betsaka mpikambana mihoatra an'i Utah?
8. Hafiriana no nanompoan'ny Filoha Hunter ho Filohan'ny Fiangonana?

B Mikaroka ireo Zava-bita

1. Tanisao ireo zava-bita dimy teo amin'ny fiainan'ny Filoha Hunter izay nanaitra anao. Isaky ny zava-bita, dia manorata toetra miavaka izay eritreretinao fa ilain'ny olona iray mba hahafahany manatanteraka ny andraikiny.
2. Hazavao fohifohy ny toetra ao amin'ny lisitrao izay tianao ho velabelarina bebe kokoa ary ny fomba hanatontosanao izany.

D Manaova Fanitsiana

1. Ireto fanambarana manaraka ireto dia filazana tsy araka ny fampianarana nolazain'ny Filoha Hunter. Avereno soratana ny fanambarana mba ho marina.
   a. "Manasa ny olona rehetra mba hiaina am-pitandremana bebe kokoa amin'ny fiainana sy ny ohatr'ireo namany" (jereo and. 1).
   b. "Mivavaka aho ny mba hifampiraharahianareo amin'ny hatsaram-panahy bebe kokoa, am-panajana bebe kokoa, am-pifaliana bebe kokoa sy faharetana ary famelan-keloka" (jereo and. 2).
   d. "Tena fanirian'ny foko lalina tokoa ho an'ny mpikambana rehetra ny ho misiônera" (jereo and. 3).
   e. "Ny fihodinana sy ny fahadisoam-panantenantsika dia toy ny dongona eo amin'ny lalantsika mankany amin'ny Mpamonjy" (jereo and. 5).
   f. "An-kavitsiana ihany no nanomezan'ny Mpamonjy ny fandraisana. Nanome am-pahalalahana izy ary tsy nisy fitsarana, ary ny fanomezany dia misy lanjany kely ara-nofo ihany" (jereo and. 11).
2. Misafidiana iray amin'ireo fanambarana ireo ary hazavao ny antony mahatsaratsara kokoa ny filazana tena marina mihoatra ny filazana tsy marina.

E Fanadihadihana momba ny Mpamonjy

1. Firy amin'ireo fanambarana ao amin'ny "Fampianarana sy Tenivavolombelon'i Howard W. Hunter" (jereo and. 11–22) no miresaka momba ny Mpamonjy?
2. Tanisao ireo fampianaran'ny Filoha Hunter momba an'i Jesoa Kristy. Ataovy anaty faribolana ireo hevitra ao anaty lisitrao izay tena nanaitra anao.
3. Hazavao fohifohy araka ny eritreritrao ny tian'ny Filoha Hunter ho fantantsika sy ho tsapantsika momba ny Mpamonjy.



Nandritra ny dimy taona voalohany naha-Filohan'ny Fiangonana azy, ny Filoha Gordon B. Hinckley dia nitsidika ny mpikamban'ny Fiangonana amin'ny kaontinanta rehetra eran'izao tontolo izao afa-tsy tany Antartique. " 'Tsy dia tiako ny mandeha, . . .' hoy [izy] nandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana tamin'ny volana ôktôbra 1996. 'Kanefa dia mahafinaritra ahy ny mahita ireo endrika sy fifandraisantanan'ireo Olomasin'ny Andro Farany mahatoky.' . . .

". . . [Taona maro taty aoriana dia hoy izy:] 'Vonona aho hanohy izany arakaraka ny hery hananako hanatanterahana izany. Efa antitra aho. Ho 90 taona aho amin'ny volana Jiona. Tena efa lehibe aho. Tsapako any amin'ny tongotro izany indraindray. [Kanefa] izany no faniriako [dia ny ho eo anivon'ireo mpikambana]. Mino aho fa ny vahoakan'ny Fiangonana dia natao hanana ny fahafahana hihaona amin'ny Filohan'ny Fiangonana" (" 'Looking into the Faces of Faithful Latter-day Saints,' " Church News, *4 Mar. 2000, 8, 13).*

NY FIAINANY (1910–)

1910	Teraka tamin'ny 23 Jiona tao Salt Lake City ary zanak'i Bryant S. sy i Ada Bitner Hinckley
1919	8 taona, nataon'ny rainy batisa tamin'ny 28 Aprily tao Salt Lake City
1930	20 taona, maty ny reniny
1933–35	23–25 taona, nitory ny filazantsara tany Angletera
1935–58	25–47 taona, niasa tamin'ny fotoana feno tao amin'ny kaomity misahana ny misiôneran'ny Fiangonana, niaraka tamin'ireo toerana hafa tao amin'ny departemantan'ny Fiangonana
1937	26 tana, nanambady an'i Marjorie Pay tamin'ny 29 Aprily; nantsoina hanompo tao amin'ny Filankevitry ny Sekoly Alahady Maneran-tany
1958	47 taona, natokana ho mpanampy ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo
1961	51 taona, Notokanana ho Apôstôly
1981–95	71–84 taona, Mpanolotsaina tao amin'ny Fiadidiana Voalohany tamin'ny Filoha Spencer W. Kimball (1981), Ezra Taft Benson (1985), ary Howard W. Hunter (1994)
1995	84 taona, notohanana ho Filohan'ny Fiangonana

NY FIADIDIANY (1995–)

1995	Nanambara ny fisaorana ireo solon-tenan'ny Roambinifololahy amin'ny vondrom-paritra rehetra izy ary nanangana antso vaovao ho an'ny mpitariky ny Fiangonana, izay antsoina hoe Manampahefan'ny Vondrom-paritra; naseho ny "Ny fianakaviana: Fanambarana ho an'Izao Tontolo Izao"
1996	Nanomboka ny fandaharan'asa hananganana tempoly kelikely manerana an'izao tontolo izao mba hahafahan'ny mpikambana rehetra mahazo tsy tapaka ny fitahian'ny tempoly

1997	Nanangana ny kôlejin'ny Fitopololahy fanampiny ho an'ireo mpitarika nantsoina hoe Manampahefan'ny Vondrom-paritra; ny Kôlejin'ny Fitopololahy maneran-tany dia miisa dimy
1998	Nandeha nanerana an'izao tontolo izao nihaona tamin'ny Olomasin'ny Afrika, Eoropa, Azia, Amerika Atsimo sy Avaratra, ary ny Pasifika Atsimo izy
1999	Nisolo tena ny Fiangonana tamin'ny fandaharan'ny fahitalavitra maro; nanambara ny fanorenana indray ny Tempolin'i Nauvoo
2000	Nanokana ny Foiben'ny Fihaonamben'ny Fiangonana tao Salt Lake City; ny isan'ny mpikambana dia nahatratra 10.752.986 tamin'ny fanombohan'ny taona—nahatratra 11 tapitrisa nandritra ny fahavaratra

Nandritra ny dimy taona voalohany tamin'ny naha-Filohan'ny Fiangonana azy, dia nandeha efa ho 4.023 kilaometra izy, nitsidika firenena 58, niteny tamin'ny Mpikamban'ny Fiangonana sy ny hafa miisa 2.2 tapitrisa, ary nanokana tempoly miisa 24.

Ny Fiainan'ny Filoha Gordon B. Hinckley

1. "Rehefa tonga Filohan'ny Fiangonana i Gordon B. Hinckley taorian'ny nahafatesan'ny Filoha Hunter, dia nanontaniana azy izay tena hifantohan'ny Fiadidiany. Hoy izy namaly izany: 'Hanohy hatrany. Eny, ny fotokevintsika dia ny hanohy ny asa lehibe izay efa natomboky ny teo aloha, izay nanompo tamin'ny fomba tena mampitolagaga, tena mahatoky ary tena tsara. Hanamafy ny lanjan'ny fianakaviana, Eny. Hampiroborobo ny fianarana. Hanorina fanahy feno fandeferana sy faharetana eo amin'ny samy olona, na aiza na aiza misy azy, Eny. Ary hitory ny filazantsaran'i Jesoa Kristy' [*Church News,* 18 Mar. 1995, 10].

2. "Ny traikefa lehibe nananan'ny Filoha Hinckley tamin'ny fitarihana ny Fiangonana dia nanomana azy tsara ho amin'ny Fiadidiana. Notohanana tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo izy tamin'ny 1961. Nanomboka tamin'ny taona 1981, no nanompoany tamin'ny naha-mpanolotsain'ireto Filohan'ny Fiangonana anankitelo azy tao amin'ny Fiadidiana Voalohany —Spencer W. Kimball, Ezra Taft Benson, sy Howard W. Hunter. Nandritra ny taona maromaro, dia nitondra andraikitra mavesatra tokoa izy tamin'ny fotoana nijalian'ireo Filohan'ny Fiangonana ireo noho ny fahanterana.

3. "Tamin'ny fahatanorana, dia nandeha nitory ny filazantsara tany Angletera i Gordon B. Hinckley, ary nandray torohevitra izay

tena nilainy tokoa nandritra ny taona izay nitambesaran'ny andraikitra taminy. Nanoratra ho an-drainy izy raha nahatsiaro ho kivy ary hoy izy, 'Nandany ny fotoanako sy ny volanao aho. Tsy hitako izay antony hijanonako eto.' Fotoana fohy taty aoriana, dia naharay taratasy fohy avy tamin'ny rainy izy: Ry Gordon malala, Voaraiko ny taratasinao. . . . Torohevitra iray ihany no azoko omena anao: adinoy ny tenananao ary mandehana miasa. Amim-pitiavana, ny Rainao.'

4. "Tamin'izay fotoana izay dia hoy ny Filoha Hinckley hoe: 'Nandinika ny valinteninao aho, ary nony ny ampitso maraina, nandritra ny fianaranay ny soratra masina, dia namaky ny fanambarana tsara nataon'ny Tompo izahay: "Fa na iza na iza no ta-hamonjy ny ainy, dia hahavery azy; ary na iza na iza no hahavery ny ainy noho ny Amiko sy ny filazantsara, dia hamonjy izany" (Marka 8:35). Nanohina ahy izany. Izany fanambarana izany, izany fampanantenana izany, izay mifandray amin'ny taratasin'ny raiko, dia nanosika ahy hiakatra any ambony rihana, . . . handohalika ka hanao fanekempihavanana amin'ny Tompo fa hiezaka sy hanadino ny tenako ka hiasa. Mihevitra aho fa izany no fanapahan-kevitra lehibe teo amin'ny fiainako. Izay zavatra tsara rehetra nitranga tamiko hatramin'izay dia nampifandraisiko tamin'ny fanapahan-kevitro tamin'io fotoana io' [*Gordon B. Hinckley: Man of Integrity, 15th President of the Church,* videocassette (1994)].

5. "Nalaza tamin'ny fanantenany ny zava-miseho ho tsara mandrakariva ny Filoha Hinckley, feno fahatokiana an'Andriamanitra sy ny ho avy lalandava izy. ' "Tsy maintsy milamina foana izany amin'ny farany." Izany no fahatokian'ny Filoha Hinckley izany naverimberiny mandrakariva tamin' ny fianakaviany, tamin'ny namany sy tamin'izay olona nifaneraserany. "Miezaha hatrany,". "Minoa. Mifalia. Aza kivy. Tsy maintsy mbola hilamina izany, izany no fiteny mahazatra azy" ' [in Jeffrey R. Holland, "President Gordon B. Hinckley," *Ensign*, Jiona 1995, 5].

6. "Rehefa nanontanian'ny mpiasan'ny fahampahalalam-baovao ny fanamby lehibe indrindra atrehin'ny Fiangonana izy dia hoy ny navaliny, 'Ny fanamby lehibe indrindra izay atrehinay sy ny fanamby tsara indrindra dia ny fanamby vokatry ny fitomboana.' Nohazavainy fa ny fandrosoana fatratra dia mitaky fanorenana trano, isan'izany ny fananganana tempoly betsaka kokoa: 'Izao no fotoana lehibe indrindra eo amin'ny tantaran'ny Fiangonana raha ny fananganana ny tempoly no resahina. Tsy mbola nisy fotoana nitomboan'ny tempoly tamin-kery lehibe toy izao ary izany no hatao ankehitriny. 47 izao no isan'ny tempoly miasa. Mbola misy 13 eo andalam-panorenana. Mitohy foana ny fananganananay tempoly' [tao amin'ny *Church News,* 18 Mar. 1995, 10]. Ny fitomboan'ny Fiangonana, dia nahatonga koa ny fandikana ny Bokin'i Môrmôna amin'ny tenim-pirenena maro.

7. “Nanana traikefa manokana tamin’ny fitomboan’ny Fiangonana tamin’ny fomba mahery vaika ny Filoha Hinckley. Raha nanatrika ny fihaonambe tany Osaka, tany Japana izy, tamin’ny taona 1967, dia nijery ny mpanatrika teo izay nisy tanora marobe, dia hoy izy: ‘Aminareo no itarafako ny ho avin’ny Fiangonana eto Japana. Ary mahita ho avy mamirapiratra aho. Mbola vao eo ampanombohana isika. Misy manosika ahy hilaza izay efa tsapako hatramin’izay anefa fa tsy ho ela dia ho avy ireo tsatòkan’i Ziona eto amin’ity firenena lehibe ity’ [”Addresses,“ AV 1801; in LDS Church Archives]. Tao anatin’ny 25 taona teo ho eo dia Olomasin’ny Andro Farany 100.000, tsatòka maro, misiona maro sy distrika maro ary tempoly maro no hita tao Japana.

8. “Nahaliana ny Filoha Hinckley tokoa ny fitombon’ny Fiangonana tany Filipina, fa tamin’ny taona 1973 no natsangana ny tsatòka voalohany tany Manila. Roapolo taona taty aoriana, tamin’ny fotoana naha-filohan’ny Fiangonana azy, dia 300.000 mahery ny mpikambana Filipiana izay nahazo ny fahasoavan’ny filazantsara, ao anatin’izany ny fananana tempoly ao amin’ny fireneny. Nijery akaiky ny fitombon’ny Fiangonana amin’ny faritra hafa tany Azia ny Filoha Hinckley, tao anatin’izany i Korea, Chine, ary Azia atsimo atsinanana.

9. “Ny fahamboniana ara-panahy nananan’ny mpikambana tany Azia dia nahazoana nanamarina ny traikefan’ny Manampahefana Ambony iray izay nanome andraikitra hiantso filohan’ny tsatòka vaovao ho an’ny tsatòkan’i Filipina. Rehefa avy nitafa sy nidinika tamin’ny rahalahy maromaro tao amin’ny fisoronana izy, dia nahatsapa hery nanosika azy hiantso lehilahy iray tokony ho 25 taona ho filohan’ny tsatòka. Nasainy nankao amin’ny efitrano ilany ilay tovolahy mba hieritreritra izay hataony ho mpanolotsaina. Afaka 30 segondra dia niverina izy. Noheverin’ny Manampahefana Ambony fa tsy azony izay nasainy nataony, kanefa hoy ilay filoha vaovaon’ny tsatòka, ‘Tsia. Fantatro avy amin’ny Fanahin’ny Tompo fa ho lasa filohan’ny tsatòka aho iray volana lasa izay. Ary efa voafidiko izay ho ataoko mpanolotsaina.’

10. “Rariny loatra raha ny Filoha Hinckley, izay nanao zavatra betsaka mba hanampiana amin’ny fananganana ny Fiangonana manerana ny tany no afaka nanambara, nandritra ny fotoana niasany hoe: ‘Nilaza tamiko ny mpahairehana fa raha toy izay hatrany ny fivoarana, dia amin’ny volana Febroary 1996, afaka volana vitsivitsy fotsiny, dia ho betsaka kokoa ny mpikamban’ny Fiangonana any ivelany noho ny ao Etazonia. Ny fihoarana izany tarehimarika izany dia zava-dehibe mampitolagaga. Izany dia mampiseho ny vokatry ny ezaka lehibe mba hitodihana amin’ny hafa’ [tao amin’ny Tatitry ny Fihaonambe, Ôkt 1995, 92–93; na *Ensign,* Nôv. 1995, 70]. . . .

11. “Nisy Manampahefana Ambony iray nanazava ny fomba hahafahan’ny Olomasina tsirairay manohana ny Filoha Hinckley: ‘Amin’ny fotoana izay nandraisany ny antso niantsoana azy—ho mpaminany, mpahita ary mpanambara, Mpisorona Avo Mpiahy ary Filohan’ny Fiangonan’i Jesoa Kristy ho an’ny Olomasin’ny Andro Farany, . . . ny zavatra tsara azontsika atao mba hanohanantsika azy amin’ny asany dia ny ”manohy, manohy, manohy hatrany!“ ’ [Jeffrey R. Holland, ”President Gordon B. Hinckley,“ 13]” (*Ny Lovantsika,* 139–43).

Fahatakarana ny Famakiana

Ny Fiainan’ny Filoha Gordon B. Hinckley

Teo alohantsika (and. 1)—Ireo izay lasa teo alohantsika

Fandeferana (and. 1)—Faharetana

Fahanterana (and. 2)—Fahosana, marofy

Mifandray (and. 4)—Mifanaraka

Mandrakariva (and. 5)—Tsy voasakana

Fanantenany ny zava-miseho ho tsara (and. 5)—Toetra feno fanantenana

Ilany (and. 9)—Mifanila

Ny Fampianarana sy ny Tenivavolombelon’i Gordon B. Hinckley

12. “Rehefa nanontaniana momba ny taona ho avy, ny Filoha Hinckley dia niteny hoe, ‘Hitako ireo tanoran’ny Fiangonana. Hitako ny ankamaroan’izy ireo. Hitako daholo izy ireo. Tena mampientanentana ahy ny hatsaran’ny fiainan’izy ireo, ny tanjak’izy ireo, ny hakanton’izy ireo, ny fahatokian’izy ireo. Tsy manana ahiahy aho na dia kely aza momba ny ho avin’ity Fiangonana ity, rehefa mahita ny tanoran’ny Fiangonana aho. Mandalina ny soratra masina izy ireo. Mandeha any amin’ny seminera sy ny Institiota fianarana ny filazantsara izy ireo. Mivavaka amin’ny fanapahan-kevitra ho raisiny izy ireo. Mifanerasera izy ireo, eo amin’ny tontolo mahafinaritry ny fahatokiana. Eo an-dalana ho tonga matanjaka izy ireo, Olomasin’ny Andro Farany mahatoky sy mahavita azy izy ireo rehefa antsoina hanatanteraka asa’ ” (“ ‘We Must Look After the Individual,’ ” *Church News,* 4 Mar. 2000, 13).

13. “Ny fiainan’ireo vahoakantsika no tsy maintsy fanehoana manan-danja ny finoantsika. . . .

14. “. . . Satria velona ny Mpamonjy antsika, dia tsy mampiasa ny mariky ny fahafatesany isika [ny hazofijaliana] ho mariky ny finoantsika. Ka inona ary no ampiasaintsika? Tsy misy famantarana, tsy misy asa-tanana, tsy misy fisoloana tena amin’ny alalan’ny

endrika azo ekena amin'ny fanehoana ny voninahitra sy ny hatsaran'ilay Kristy velona. Nilaza izy fa izany famantarana izany dia rehefa milaza izy hoe: 'Raha tia ahy ianareo, dia tandremo ny didiko' (Jaona 14:15).

15. "Ho antsika mpanaraka Azy, tsy afaka manao zavatra amin'ny antonony na ratsy na tsy mendrika isika ka tsy handratsy ny endriny. Na tsy afaka ny hanao ny tsara sy mendrika ary halala-tanana isika ka tsy miborosy hanao izay hampangirana ny tandindony maneho Azy izay ny anarany entintsika amin'ny tenantsika.

16. "Ny fiainantsika dia tsy maintsy ho tandindon'ny zavatra misy dikany, tandindon'ny fanambarantsika ny fijoroantsika ho vavolombelona an'ilay Kristy velona, ilay Zanakalahy Mandrakizain'ny Andriamanitra velona" ("Our One Bright Hope," *Ensign,* Apr. 1994, 2, 5).

17. "Ny tsirairay avy aminareo dia notafian'ny Ray any andanitra fahafahana goavana hanao ny tsara eto amin'izao tontolo izao. Hofano ny sainao sy ny tananao mba hahafahanao manana fitaovana hanompo tsara eo amin'ny fiaraha-monina izay misy anao. Hampitomboy ny talenta mba ho tsara fanahy, mieritreritra tsara, ary mahay manampy. Midiova amin'ny toetry ny famindram-po izay tonga aminao satria anisan'ny toetra masina izay nolovainao izany. . . .

18. "Tsy mila mahatsapa ho ambany ianao. Tsy tokony hahatsapa mihitsy ianao fa teraka tsy nanan-talenta na tsy nanana fahafahana hamoaka azy ireo. Kolokoloy izay rehetra talenta hanananao, ary dia hiroborobo sy hadio ary ho tonga fanehoana ny tena maha-ianao anao izy ireo izay ho lasa ankasitrahan'ny hafa anao" ("The Light within You," *Ensign,* Mey 1995, 99; lahateny natao nandritry ny Fivoriamben'ny Zatovovavy Maneran-tany).

19. "Manoro hevitra anareo aho fa tonga ny fotoana mba handaminantsika ny tranontsika.

20. "Maro amin'ireo olona ao amintsika no mivelona ampasahiranana amin'ny fidiram-bolan'izy ireo. Raha ny tena marina, dia mivelona amin'ny findramana izy ireo. . . .

21. "Mitondra hafatry ny fizakan-tena isika manerana ny Fiangonana. Ny fizakan-tena dia tsy [ho azo] rehefa hidiran-trosa be ny tokantrano iray. Ny olona iray dia tsy maintsy miankina na tsy manana fahafahana mihitsy amin'ny famatorana raha toa ka mbola manana zavatar efaina amin'ny hafa izy" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Ôkt. 1998, 70–71; na *Ensign,* Nôv. 1998, 53).

22. "Tsy zavatra moramora ny miditra ho mpikamban'ny Fiangonana. Amin'ny ankamaroan'ny tranga dia mitaky ny fialana amin'ny fahazaran-dratsy izany, fanalavirana ireo namana taloha sy fikambanana, ary fanaovana dingana mankany amin'ny fiarahamonina vaovao izay toa miavaka ary indraindray dia be zavatra takiana mihitsy.

23. "Noho ny fiakarana tsy mitsaha-mitombon'ireo olona niova fo, dia tsy maintsy manao ezaka hatrany isika hanampiana azy ireo hahita ny lala-kombany. Ny tsirairay avy amin'izy ireo dia mila zavatra telo: namana, andraikitra, ary fivokisana amin'ny 'teny soan'Andriamanitra' (Môrônia 6:4). Adidy sy fahafaha-manao ho antsika no manome ireo zavatra ireo. . . .

24. "Ny fanamby ankehitriny dia lehibe mihoatra ny efa nisy rehetra satria ny isan'ireo niova fo dia betsaka mihoatra ny fantatra teo aloha. . . . Ny olona niova fo rehetra dia zanakalahy na zanakavavin'Andriamanitra daholo. Ny olona niova fo rehetra dia andraikitra lehibe sy hentitra" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Apr. 1997, 66–67; na *Ensign,* Mey 1997, 47–48).

25. "Rehefa nijery ireo rehetra ireo [ny tany], [Andriamanitra] dia nanambara fa tsara izany. Avy eo izy dia namorona lehilahy mitovy Aminy sy araka ny endriny. Ary amin'ny maha-famoronana farany izany, ny satroboninahitry ny asa feno voninahiny, dia namorona ny vehivavy Izy. Tiako ny mandray an'i Eva ho sangan'asany taorian'ny zava-bitany rehetra tany aloha, ilay asa farany talohan'ny nitsaharany tamin'ny asany" ("Daughters of God," *Ensign,* Nôv. 1991, 99).

26. "Misaotra ny Tompo aho tamin'ny fahalalana nomeny ahy fa i Joseph Smith dia Mpaminanin'Andriamanitra. Efa noresahiko tany aloha ny traikefa izay nananako fony aho zazalahy roa ambin'ny folo taona, vao avy notokanana ho diakona. Nandeha niaraka tamindraiko aho nanatrika fivoriamben'ny fisoronana teo amin'ny tsatòka. Nipetraka teny amin'ny lampihazo izy tamin'ny naha-mpikambana azy ao amin'ny fiadidian'ny tsatòka fa izaho kosa nipetraka tery amin'ny seza farany tao amin'ny trano fiangonana. Nitsangana ary nihira ny ["Dera ho an'ilay nandre an'i Jehovah"] ireo lehilahy tao amin'izany fivoriana goavana izany

27. "Teo am-pandrenesana azy ireo nihira izany fihirana izany tamin-kery sy tamim-paharesen-dahatra aho, no tonga tato ampoko ny vavolombelona tamin'ny antso masin'ilay tovolahy kely Joseph, ary feno fankasitrahana aho tamin'ny fanohanan'ny Tompo izany vavolombelona izany nandritr'izay ny fitopolo taona izay" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Ôkt. 1993, 70; na *Ensign,* Nôv. 1993, 51).

28. "Amin'izany zavatra rehetra tsapako izay maha-be fankasitrahana ahy izao maraina izao, dia misy iray izay tena miavaka. Izany dia ny fijoroana ho vavolombelona velona momba an'i Jesoa Kristy, Zanakalahin'ilay Andriamanitra Tsitoha, ilay Mpanjakan'ny Fiadanana, Ilay Masina indrindra. . . .

29. ". . . Lasa Apôstôliny aho, voatendry hanao ny sitrapony ary hampianatra ny Teniny. Lasa vavolombelony eran'izao tontolo izao aho. Averiko indray eto aminareo sy amin'ireo rehetra izay mandre ny feoko izany vavolombelon'ny finoako izany. . . .

30. "*Namako i Jesoa.* Tsy nisy olon-kafa nanome ahy mihoatra Azy. . . .

31. "*Izy no ohatro.* . . .

32. "*Izy no Mpampianatra ahy.* . . .

33. "*Izy no Mpanasitrana ahy.* . . .

34. "*Izy no Mpitarika ahy.* . . .

35. "*Izy no Mpamonjy sy Mpanavotro.* Tamin'ny alalan'ny nanomezany ny fiainany tao anaty fangirifiriana sy fijaliana tsy notenenina, dia tontosany ny nampiakatra ahy sy ny tsirairay amintsika ary ny zanakalahy sy zanakavavin'Andriamanitra avy amin'ny

lalin'ny fahamaizinana mandrakizay manaraka ny fahafatesana. . . .

36. "Izy no Andriamanitro sy Mpanjakako. . . . Tsy hisy alina ny voninahiny. . . .

37. ". . . Izy no Zanakondrin'Andriamanitra, izay hiankohofako ary amin'ny alalany no hanatonako ny Raiko any an-danitra" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Apr. 2000, 86–88; na *Ensign,* Mey 2000, 69–71).

Fahatakarana ny Famakiana

Ny Fampianarana sy ny Tenivavolombelon'i Gordon B. Hinckley

Mikolokolo (and. 17–18)—Mampivelatra

Tsara (and. 28)—Ambonin'ny rehetra

Lalina (and. 35)—Lavaka

Fandalinana ny Famakiana

Ataovy ny asa A sy B ary ny iray amin'ny asa D na E rehefa mandalina ny "Filoha Gordon B. Hinckley" ianao.

A Manao Izay Hahafantarana bebe kokoa ny Filoha Hinckley

Valio ireto fanontaniana manaraka ireto avy amin'ny fahalalana momba ny fiainana sy ny fiadidian'ny Filoha Gordon B. Hinckley:

1. Taiza no nitory ny filazantsara izy?
2. Inona no soratra masina izay nanampy azy hanao fanekempihavanana amin'ny Tompo tamin'ny misiônany?
3. Firy ny isan'ny Filohan'ny Fiangonana niara-niasa taminy hatramin'izay niasany raikitra tao amin'ny Fiangonana sy naha-Manampahefana Ambony azy?
4. Firy taona no nanompoany ho Mpanolontsaina tao amin'ny Fiadidiana Voalohany?
5. Inona no nolazain'ny Loholona Holland momba ny fomba tsara indrindra afaka hanohanantsika ny mpaminany?

B Ho Be Fanantenana Hatrany

1. Inona ireo antony telo izay mahatonga ny olona alahelo amin' ny fepetra misy na trangan-javatra eo amin'ny fireneny na izao tontolo izao?
2. Ny Filoha Hinckley dia namaritra ny tenany ho be fanantenana. Hazavao fohifohy ny dikan'ny hoe be fanantenana. Avereno vakiana ny andalan-tsoratra 5, ary hazavao ny antony hieritreretanao fa be fanantenana ny Filoha Hinckley.
3. Halalino ny andalan-tsoratra 6–11 ary tanisao ny antony telo izay tokony haha-be fanantenana ny mpikamban'ny Fiangonana.
4. Afaka mamaritra ny tenanao ho be fanantenana ve ianao? Hazavao raha eny na tsia?

D Mamorona Lohateny Valo

Manorata lohateny isaky ny fanambarana valo ao amin'ny "Ny Fampianarana sy Tenivavolombelon'i Gordon B. Hinckley" (and. 12, 13–16, 17–18, 19–21, 22–24, 25, 26–27, 28–37). Isaky ny lohateny, dia mampiasà andian-teny avy amin'ny nolazain'ny Filoha Hinckley momba ireo loha-hevitra lehibe ao amin'ny fanambarana. Ohatra, ny lohatenin'ny andalan-tsoratra 13–16 dia tokony hoe "Ny Tandindon'ny Finoantsika."

E Mifidy ny Hanao ny Tsaratsara Kokoa

Ny Filoha Hinckley dia matetika no manao fanamby amin'ny mpikamban'ny Fiangonana hanao ny tsaratsara kokoa. Avy amin'ny andalan-tsoratra 12–37, dia tanisao ireo fomba folo izay nanoroany hevitra antsika mba hivoarana. Avy amin'ny lisitrao, dia misafidiana fomba iray izay tianao hivoatra mandritra ny herinandro manaraka. Hazavao fohifohy ny ataonao hanarahana ny toroheviny.

Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'Izao Tontolo Izao

Talohan'ny namakian'ny Filoha Gordon B. Hinckley ny "Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an' Izao Tontolo Izao" tao amin'ny fivoriamben'ny Fikambanana Ifanampiana tamin'ny Septambra 1995, dia hoy izy: "Miaraka amin'ny lainga tsara lahatra maro izay miseho ho fahamarinana, izay misy fahadisoam-panantenana lehibe momba ny habe sy ny lanja, miaraka amin'ny fandokafana maro sy ny fitenenana hanaraka ny pentina miadan'izao tontolo izao, dia efa nahatsapa isika fa nampitandremana sy nolazaina mialoha. Ankehitriny, ho fanatanterahana izany, izahay ao amin'ny Fiadidiana Voalohany sy ny Filankevitry ny Apôstôly Roambinifolo dia namoaka fanambarana ho an'ny Fiangonana sy ho an'izao tontolo izao ho fanambarana sy fanamafisana indray ny fitsipika iainana, ny fotopampianarana, ary ny fomba fiainana izay mifanaraka amin'ny fianakaviana izay naverimberin'ireo mpaminany, mpahita, ary mpanambaran'ity Fiangonana ity nandritra ny tantarany" ("Stand Strong against the Wiles of the World," Ensign, *Nôv. 1995, 100).*

NY FIANAKAVIANA

FANAMBARANA HO AN'IZAO TONTOLO IZAO

Ny Fiadidiana Voalohany sy ny Filankevitry ny Apôstôly Roambinifolo ao amin'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany

JZAHAY, FIADIDIANA VOALOHANY sy ny Filankevitry ny Apôstôly Roambinifolo ao amin'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany, dia manambara amim-boninahitra fa ny fanambadiana eo amin'ny lehilahy iray sy ny vehivavy iray dia tendrin'Andriamanitra ary ny fianakaviana dia fototry ny drafitry ny Mpahary ho an'ny anjara mandrakizain'ny zanany.

NY OLOMBELONA REHETRA—ny lahy sy ny vavy—dia nohariana araka ny endrik'Andriamanitra. Ny tsirairay dia fanahy izay zanakalahy sy zanakavavy malalan'ny ray aman-dreny any an-danitra, ary araka izany, ny tsirairay dia samy manana toe-panahy araka an'Andriamanitra sy ny anjarany. Ny maha-lahy na maha-vavy dia toetra fototra iray mamaritra ny maha-izy azy ny olona tsirairay sy ny tanjony tany amin'ny fiainana talohan'ny nahaterahana, sy amin'izao fiainana an-tany izao, ary amin'ny mandrakizay.

TANY AMIN'NY FANJAKANA TALOHAN'NY NAHATERAHANA, ireo fanahy izay zanakalahy sy zanakavavy dia nahafantatra sy nanompo an'Andriamanitra tahaka ny Rainy mandrakizay ary nanaiky ny drafiny izay ahafahan'ireo zanany hahazo vatana sy hahazo traikefa etỳ ambonin'ny tany mba handrosoany mankany amin'ny fahatanterahana ary hahatratrarany amy amin'ny farany ny anjarany tahakan'Andriamanitra amin'ny maha mpandova ny fiainana mandrakizay azy. Ny drafitra masin'ny fahasambarana no ahafahan'ny fifandraisana eo amin'ny fianakaviana haharitra mandrakizay any ankoatry ny fasana. Ireo ôrdônansy sy fanekempihavanana masina misy any amin'ny tempoly masina no ahafahan'ny tsirairay hiverina eo anatrehan'Andriamanitra sy ahafahan'ny fianakaviana ho iray mandrakizay.

NY DIDY VOALOHANY izay nomen'Andriamanitra an'i Adama sy i Eva dia momba izay mety haha-ray aman-dreny azy amin'ny mahampivady azy. Ambaranay fa ny didin'Andriamanitra ho an'ny zanany mba hitombo ka hameno ny tany dia mbola manan-kery. Ambaranay ihany koa fa Andriamanitra dia nandidy fa ny vehivavy nivady ara-dalàna ihany no tokony hampiasa ny fahefana masin'ny fananahana.

AMBARANAY FA ny fomba namoronana ny fiainana an-tany dia tendrin'Andriamanitra. Hizingizininay ny fahamasinan'ny fiainana sy ny maha-zava-dehibe izany eo amin'ny drafitra mandrakizay an'Andriamanitra.

NY MPIVADY dia manana andraikitra feno voninahitra mba hifankatia sy hifampikarakara ary hanao toy izany koa amin'ny zanany.

"Lova avy amin'i Jehovah ny zanaka maro" (Salamo 127:3). Manana andraikitra masina ny ray aman-dreny ny hitaiza ireo zanany amim-pitiavana sy amim-pahamarinana, ny hanome izay filàna ara-batana sy ara-panahin'izy ireo, ary ny hampianatra azy mba hifankatia sy hifanompo, sy hitandrina ny didin'Andriamanitra ary ho olom-pirenena vanona na aiza na aiza hitoerany. Ny mpivady—ireo reny sy ireo ray—dia raisina ho tompon' andraikitra eo anatrehan'Andriamanitra amin'ny fanatanterahana izany adidy izany.

NY FIANAKAVIANA dia tendrin'Andriamanitra. Ny fanambadiana eo amin'ny lehilahy sy ny vehivavy dia tena ilaina eo amin'ny drafitra mandrakizainy. Natao ho teraka ao anatin'ny fanambadiana ny ankizy, ary hotezain'ny ray sy ny reny izay manaja ny voady nataony tamin'ny fanambadiana amim-pahatokiana tanteraka. Ny fahasambarana ao amin'ny fiainam-pianakaviana dia azo tratrarina kokoa raha miorina amin'ny fampianaran'i Jesoa Kristy Tompo. Ny fanambadiana sy ny fianakaviana mahomby dia aorina sy voatahiry araka ny fitsipiky ny finoana, ny vavaka, ny fibebahana, ny famelan-keloka, ny fanajana, ny fitiavana, ny fiantrana, ny asa, ary ny fialam-boly mahasoa ny tena sy ny fanahy. Araka ny drafitr'Andriamanitra, ny ray no tokony hitarika ny fianakaviana amim-pitiavana sy amim-pahamarinana ary tompon'andraikitra amin'ny fanomezana izay ilaina eo amin'ny fiainana sy ny fiarovana ny fianakaviany. Ny reny dia tompon'andraikitra voalohany eo amin'ny fitaizana ny zanany. Manoloana izany andraikitra masina izany, ny ray sy ny reny dia tsy maintsy mifanampy amin'ny mahampiara-miasa mitovy lenta azy ireo. Ny kilema, ny fahatesana, na ny toe-javatra hafa dia mety ilàna fifandaminana hafa. Ireo havana dia tokony hanome fanampiana raha ilaina.

MAMPITANDRINA IZAHAY fa ireo izay mandika ny fanekempihavanan'ny fahadiovam-pitondrantena, ireo izay mamono ny vadiny sy ny taranany, na ireo izay tsy mahanteraka ny andraikiny ao amin' ny fianakaviana dia hijoro ho tompon'andraikitra eo anatrehan'Andriamanitra indray andro any. Ankoatr'izany, dia mampitandrina koa izahay fa ny faharavan'ny fianakaviana dia hitondra eo amin'ny tsirairay, eo amin'ny fiaraha-monina, ary eo amin'ny firenena ireo loza izay efa nambaran'ireo mpaminany teo aloha sy ankehitriny.

MANAINGA ireo olom-pirenena rehetra mahatsiaro ny adidiny sy ireo olona ao amin'ny fitondram-panjakana na aiza na aiza misy azy izahay mba hampandroso ireo fepetra natao hiarovana sy hanamafisana orina ny fianakaviana amin'ny maha-rafitra fototra azy eo amin'ny fiaraha-monina.

Ity fanambarana ity dia novakian'ny Filoha Gordon B. Hinckley ho anisan'ny hafatra tamin'ny fivoriamben'ny Fikambanana Ifanampiana izay natao tamin'ny 23 Septambra 1995, tany Salt Lake City, Utah.

Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'Izao Tontolo Izao

1. "Izahay, Fiadidiana Voalohany sy ny Filankevitry ny Apôstôly Roambinifolo ao amin'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany, dia manambara amim-boninahitra fa ny fanambadiana eo amin'ny lehilahy sy ny vehivavy dia didin'Andriamanitra ary ny fianakaviana dia fototry ny drafitry ny Mpahary ho an'ny anjara mandrakizain'ny zanany.

2. "Ny olombelona rehetra—lahy sy vavy—dia nohariana araka ny endrik'Andriamanitra. Ny tsirairay dia fanahy izay zanakalahy sy zanakavavy malalan'ny Ray aman-dreny any an-danitra, ary araka izany, ny tsirairay dia samy manana toe-panahy araka an'Andriamanitra sy ny anjarany. Ny maha-lahy na maha-vavy dia toetra iray mampiavaka tena ilain'ny olona iray tany amin'ny fiainana talohan'ny nahaterahana, amin'izao fiainana an-tany izao, ary amin' ny famantarana manokana sy ny tanjona mandrakizay.

3. "Tany amin'ny fanjakana talohan'ny nahaterahana, ireo fanahy izay zanakalahy sy zanakavavy dia nahafantatra sy nanompo an'Andriamanitra tahaka ny Rainy mandrakizay ary nanaiky ny drafiny izay hanome ny zanany fahafahana hahazo vatana ka hahazoany traikefa etỳ ambonin'ny tany mba handrosoany mankany amin'ny fahatanterahana ary amin'ny farany dia hahatontosa ny anjara masiny dia ny handova ny fiainana mandrakizay. Ny drafitra masin'ny fahasambarana no ahafahan'ny fifandraisana eo amin'ny fianakaviana haharitra mandrakizay any ankoatry ny fasana. Ireo ôrdônansy sy fanekempihavanana masina misy any amin'ny tempoly masina no mahatonga izany ho azo tanterahina ho an'ny tsirairay mba hiverenany eo anatrehan'Andriamanitra sy ahafahan'ny fianakaviana ho iray mandrakizay.

4. " Ny didy voalohany izay nomen'Andriamanitra an'i Adama sy i Eva dia momba izay mety haha-ray aman-dreny azy amin'ny maha-mpivady azy. Ambaranay fa ny didin'Andriamanitra ho an'ny zanany mba hitombo ka hameno ny tany dia mbola manan-kery. Ambaranay ihany koa fa Andriamanitra dia nandidy fa ny lehilahy sy ny vehivavy nivady ara-dalàna ihany no tokony hampiasa ny fahefana masin'ny fananahana.

5. "Ambaranay fa ny fomba namoronana ny fiainana an-tany dia tendrin'Andriamanitra. Hizingizininay ny fahamasinan'ny fiainana sy ny maha-zava-dehibe izany eo amin'ny drafitra mandrakizay an'Andriamanitra.



6. "Ny mpivady dia manana andraikitra feno voninahitra mba hifankatia sy hifampikarakara ary hanao toy izany koa amin'ny zanany. 'Lova avy amin'i Jehovah ny zanaka maro' (Salamo 127:3). Manana andraikitra masina ny ray aman-dreny mba hitaiza ireo zanany amim-pitiavana sy amim-pahamarinana, hanome izay filàna ara-batana sy ara-panahin'izy ireo, hampianatra azy mba hifankatia sy hifanompo, hitandrina ny didin'Andriamanitra ary ho olom-pirenena vanona na aiza na aiza hitoerany. Ny mpivady—ireo reny sy ireo ray—dia ho tompon'andraikitra eo anatrehan'Andriamanitra amin'ny fanatanterahana izany didy izany.

7. Ny fianakaviana dia tendrin'Andriamanitra. Ny fanambadiana eo amin'ny lehilahy sy ny vehivavy dia tena ilaina eo amin'ny drafitra mandrakizainy. Natao ho teraka ao anatin'ny fanambadiana ny ankizy, ary hotezain'ny ray sy ny reny izay manaja ny fanekena nataony tamin'ny fanambadiana amim-pahatokiana tanteraka. Ny fahasambarana ao amin'ny fiainam-pianakaviana dia ho tratra rehefa miorina amin'ny fampianaran'i Jesoa Kristy Tompo. Ny fanambadiana sy ny fianakaviana mahomby dia naorina sy nokolokoloina tamin'ny fitsipiky ny finoana, ny vavaka, ny fibebahana, ny famelan-keloka, ny fanajana, ny fitiavana, ny fiantrana, ny asa, ary ny fialam-boly mahasoa ny tena sy ny fanahy. Araka ny drafitr'Andriamanitra, ny ray no tokony hitarika ny fianakaviana amim-pitiavana sy amim-pahamarinana ary tompon'andraikitra amin'ny fanomezana izay ilaina eo amin'ny fiainana sy ny fiarovana ny fianakaviany. Ny reny dia tompon'andraikitra voalohany eo amin'ny fitaizana ny zanany. Manoloana izany andraikitra masina izany, ny ray sy ny reny dia voatery hifanampy amin'ny maha-mpiara-miasa mitovy azy ireo. Ny kilema, ny fahafatesana, na ny anton-javatra hafa dia mety ilàna fifandaminana hafa. Ireo havana dia tokony hanome fanampiana raha ilaina.

8. "Mampitandrina izahay fa ireo izay mandika ny fanekempihavanan'ny fahadiovam-pitondrantena, ireo izay mamono ny vadiny sy ny taranany, na ireo izay tsy manao ny andraikiny ao amin'ny fianakaviana dia hijoro ho tompon'andraikitra eo anatrehan'Andriamanitra indray andro any. Ankoatr'izany, dia mampitandrina koa izahay fa ny faharavan'ny fianakaviana dia hitondra eo amin'ny tsirairay, eo amin'ny fiaraha-monina, ary eo amin'ny firenena loza izay efa nambaran'ireo mpaminany teo aloha sy ankehitriny.

9. "Manainga ireo olom-pirenena rehetra mahatsiaro ny adidiny sy ireo olona ao amin'ny fitondram-panjakana na aiza na aiza misy azy izahay mba hampandroso izany fepetra natao hikoloina sy hanatanjahana ny fianakaviana izany ho singa iorenan'ny fiarahamonina" (*Ensign,* Nôv. 1995, 102).

Fahatakarana ny Famakiana

Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'Izao Tontolo Izao

Amim-boninahitra (and. 1)—Am-pahamatorana sy am-panajana

Handova (and. 3)—Olona iray izay mandova na mandray

Ankoatry ny (and. 3)—Mitohy

hitombo ka hameno ny tany (and. 4)—Manan-janaka, mameno ny tany

Fananahana (and. 4)—Fahafahana hanan-janaka

Fahamasinana (and. 5)—Masina

Fanatanterahana (and. 6)—Fanatontosana

Ilàna (and. 7)—Takiana

Fifandaminana (and. 7)—Fiavana entina mahatratra toe-javatra iray

Fandalinana ny Famakiana

Ataovy ny roa amin'ireto asa manaraka ireto (A–D) rehefa mandalina ny "Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'Izao Tontolo Izao" ianao.

A Ataovy Tsianjery ny Andalan-tsoratra iray

Mifidiana iray amin'ireo andalan-tsoratra sivy ao amin'ny fanambarana ary ataovy tsianjery izany. Afaka manao izany ianao amin'ny alalan'ny fanoratana izany in-telo, amin'ny fijerena izany tahadikan'ny fanambarana izany ho fanampiana raha ilaina. Avy eo dia soraty izany eo ambany fanarahamason'ny olona ao amin'ny fianakaviana. Na azonao averimberina mafy im-betsaka izany, amin'ny fijerena izany tahadikan'ny fanambarana izany ho fanampiana raha ilaina. Avy eo dia avereno eo amin'ny olona ao amin'ny fianakaviana izany.

B Mampitovy ny Fampiharana

Soraty midina manaraka ny tsanganana ao amin'ny kahienao ny isa 1–9 ary ampitovio amin'ny tsirairay ao amin'ny andalan-tsoratra sivy ao amin'ny " Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'Izao Tontolo Izao." Ny andalan-tsoratra sasany dia misy fampianarana mihoatra ny lohahevitra iray.

a. Fanalan-jaza

b. Takarivan'ny mpianakavy

d. Fifehezana ny Ankizy

e. Ny fianakaviambe

f. Ny maha-ray

g. Fanambadian'ny mitovy fananahana

h. Fanambadiana any amin' ny tempoly

i. Ny andraikitry ny fananahana ao amin'ny fanambadiana

j. Mandray ny fanapahan-kevitry ny fianakaviana

k. Fijangajangana

l. Ny fitsaran'Andriamanitra

m. Asa any amin'ny tempoly ho an'ny maty

n. Firaisan'ny mpivady avy amin'Andriamanitra

o. Famonoana ny famindram-po

p. Fifehezana ny fahaterahana

r. Ny drafitry ny famonjena

s. Famonoan-tena

t. Lalàn'ny fanjakana

v. Fanararaotana ny ankizy

y. Fisaraham-panambadiana

D Tanisao ireo hevitra Hananganana ny Fanambadiana Matanjaka

1. Avy amin'ny andalan-tsoratra 7 ao amin'ny fanambarana ho an'ny fianakaviana, dia mitanisà hevitra folo izay eritreretinao fa manan-danja amin'ny fanambadiana mahomby sy ny fianakaviana.
2. Farito fohifohy ny zavatra ataonao na antenainao fa hatao hanarahana ireo hevitra tsirairay ireo. ohatra: Vavaka—Mivavaka manokana aho ary miaraka amin'ny fianakaviako.

Ilay Kristy Velona: Tenivavolombelon'ny Apôstôly

Ny Loholona Russell M. Nelson, mpikambana iray ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo sady mpandidy fo dia nanoratra hoe:

"Nisy fiovana tsy nampoizina teo amin'ny fiainako izay niompana tamin'ny fahalinana tamin' ny fon'olombelona tamin'ny volana Aprily 1984, rehefa nantsoina aho hiala ny trano fandidiana tao amin'ny hôpitaly ary nandeha tany amin'ny efitrano ambony tao amin'ny tempoly. Tao no nanokanana ahy ho Apôstôlin'ny Tompo Jesoa Kristy. Tsy nikatsaka izany antso izany aho fa niezaka kosa tamim-panetre-tena mba ho mendrika an'izany fahatokiana sy fahafahana mba ho solontenany izany, amim-panantena ankehitriny fa hitsabo ny fo ara-panahy araka ny fandidiana nataoko teo aloha.

"Amin'ny maha-olona voantso, notohanana, ary natokana ahy—iray amin'ireo vavolombelona manokana miisa 15 an'ny Tompontsika sy Mpampianatra antsika—dia mampihatra ity lohahevitra matanjaka ao amin'ny Bokin'i Môrmôna ity aho: 'Miresaka an' i Kristy isika, mifaly amin' i Kristy, mitory an' i Kristy, [ary] maminany ny amin'i Kristy' (2 Ne. 25:26)" ("Jesus the Christ: Our Master and More," Ensign, Apr. 2000, 4).

Ilay Kristy Velona: Tenivavolombelon'ny Apôstôly

Ity fijoroana vavolombelona manaraka ity dia natao tamin'ny 1 Janoary 2000 ary nosoniavin'ireo mpikambana tao amin'ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo:

1. "Ho fankalazantsika ny nahatsiarovana ny nahaterahan'i Jesoa Kristy roa arivo taona lasa izay, dia manolotra ny tenivavolombelonay izahay ny amin'ny fisian'ny fiainany tsy manam-paharoa sy ny zava-tsoa tsy misy fetran'ny sorompanavotany lehibe. Tsy nisy olona hafa nanana akony lalina teo amin'ireo rehetra efa niaina sy ireo mbola hiaina eto an-tany.

2. "Izy ilay Jehovah ao amin'ny Testamenta Taloha, ilay Mesia ao amin'ny Testamenta Vaovao. Izy no mpahary ny tany teo ambany fitarihan'ny Rainy. 'Izy no nahariana ny zavatra rehetra, ary raha tsy Izy, dia tsy nisy nahariana izao zavatra rehetra izao, na dia iray aza' (Jaona 1:3). Na dia tsy nanam-pahotana aza Izy dia natao batisa mba hahatanteraka ny fahamarinana rehetra. 'Nandehandeha nanao soa' Izy (Asan'ny Apôstôly 10:38), nefa dia natao tsinotsinona noho izany. Ny filazantsarany dia hafatra mitory fiadanana sy hatsaram-panahy. Niantso ny olon-drehetra Izy mba hanaraka ny ohatra nomeny. Nandeha tamin'ny lalamben'i Palestina Izy, nanasitrana ny marary, nampahiratra ny jamba, ary nampitsangana ny maty. Nampianatra ny fahamarinan'ny mandrakizay Izy, ny fisian'ny fiainantsika talohan'izao fiainana izao, ny tanjon'ny fiainantsika eto an-tany, ary ny zavatra hafa tanterahin'ireo zanaka lahy sy zanaka vavin'Andriamanitra amin'ny fiainana ho avy.

3. "Nanao ny fandraisana ny Fanasan'ny Tompo Izy ho fahatsiarovana ny sorompanavotany lehibe. Nosamborina Izy ary nohelohina tamin'ny fiampangana tsy marina, nohelohina mba hahafaly ireo fokonolona, ary nohelohina ho faty teo ambony hazo fijaliana tany Kalvary. Natolony ny ainy mba ho sorona noho ny fahotan'ny zanak'olombelona rehetra. Fanomezana lehibe no nataony ho an'izay rehetra niaina na mbola hiaina eto an-tany.

4. "Mijoro ho vavolombelona amim-panajana izahay, fa ny fiainany, izay ivon'ny tantaran'ny olombelona rehetra, dia sady tsy nanomboka teo Betlehema no tsy nifarana tao Kalvary. Izy no voalohan-teraky ny Ray, ialy Zanakalahy tokana tao amin'ny nofo, ilay Mpanavotra izao tontolo izao.

5. "Nitsangana tamin'ny maty Izy mba 'ho santatr'izay efa nodimandry' (1 Korintiana 15:20). Amin'ny maha-Tompo efa nitsangana tamin'ny maty Azy, dia namangy ireo olon-tiany teo amin'ny fiainany Izy. Nanompo sy niasa tany amin'ireo 'ondry very' (Jaona 10:16) tany Amerika taloha koa Izy. Tao amin'izao tontolo iainantsika izao, dia niseho tamin'ilay zazalahy atao hoe Joseph Smith Izy sy ny Rainy, mba hampiditra amin'ilay 'andro voatendry hanangonana ny zavatra rehetra' (Efesiana 1:10) efa nampanantenaina hatramin'ny ela.

6. "Toy izao no nanoratan'ny mpaminany Joseph mikasika ilay Kristy Velona: 'Ny masony tahaka ny lelafo, ny volon-dohany fotsy tahaka ny oram-panala, ny tarehiny mamirapiratra mihoatra noho ny famiratry ny masoandro; ary ny feony dia tahaka ny firohondrohon'ny rano be, dia ny feon'i Jehovah milaza hoe:

7. " 'Izaho no Voalohany sy Farany; Izaho no ilay Velona, Izaho ilay novonoina; Izaho no mpisolo vava anareo eo anatrehan'ny Ray' (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 110:3–4).

8. "Toy izao ihany koa no nambaran'ny mpaminany momba Azy: 'Ary ankehitriny, ankoatr'ireo fijoroana ho vavolombelona marobe momba Azy, izay efa nomena, dia izao no fijoroana ho vavolombelona farany indrindra, momba Azy, izay atolotray: Fa velona Izy!

9. " 'Satria hitanay teo an-tanan-kavanan'Andriamanitra; ary henonay ilay feo mijoro ho vavolombelona fa Izy ilay Zanaka Lahitokan'ny Ray—

10. " 'Ary amin'ny alalany sy avy aminy ary ao aminy no nahariana izao tontolo izao, ary ny mponina ao dia zanakalahy sy zanakavavy ara-panahin'Andriamanitra' (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 76:22–24).

11. "Ambaranay amim-panajana fa ny Fisoronany sy ny Fiangonany dia naorina indray eto ambonin'ny tany—'natsangana teo amin'ny fanorenan'ny . . . apôstôly sy ny mpaminany, Jesoa Kristy no fehizoro indrindra' (Efesiana 2:20).

12. "Mijoro ho vavolombelona izahay fa mbola hiverina eto antany Izy indray andro any. 'Dia hiseho ny voninahitr'i Jehovah ary ny nofo rehetra hiara-mahita izany' (Isaia 40:5). Hanapaka amin'ny maha-Mpanjakan'ny mpanjaka sy hanjaka amin'ny maha-Tompo ny tompo Azy Izy, ary handohalika ny lohalika rehetra ary ny lela rehetra hitsaoka Azy. Isika tsirairay dia mbola hijoro hotsaraina eo anatrehany araka ny asa sy ny fanirian'ny fontsika.



13. "Mijoro ho vavolombelona izahay, amin'ny maha-apôstôly ara-dalàna voatendriny anay—Fa Jesoa no ilay Kristy Velona, ilay Zanakalahin'Andriamanitra tsy mety maty intsony. Izy ilay Mpanjaka lehibe Emanoela izay mijoro eo an-tanan-kavanan'Andriamanitra Rainy ankehitriny. Izy no fahazavana, fiainana ary fanantenan'izao tontolo izao. Ny fampianarany no làlana mitondra mankany amin'ny fiadanana amin'izao fiainana izao sy mankany amin'ny fiainana mandrakizay amin'ny fiainana ho avy. Isaorana anie Andriamanitra noho ny fanomezany tsy manam-paharoa ny Zanany" (*Ensign*, Apr. 2000, 2–3).

ILAY KRISTY VELONA

TENIVAVOLOMBELON' NY APÔSTÔLY

NY FIANGONAN' I JESOA KRISTY HO AN' NY OLOMASIN' NY ANDRO FARANY

Ho fankalazantsika ny fahatsiarovana ny nahaterahan' i Jesoa Kristy roa arivo taona lasa izay, dia manolotra ny tenivavolombelonay izahay ny amin' ny fisian' ny fiainany tsy manam-paharoa sy ny zava-tsoa tsy misy fetran' ny sorompanavotany lehibe. Tsy nisy olona hafa nanana akony teo amin' ireo rehetra efa niaina sy ireo mbola hiaina eto an-tany.

Izy ilay Jehovah lehibe ao amin' ny Testamenta Taloha, ilay Mesia ao amin' ny Testementa Vaovao. Izy no Mpamorona ny tany teo ambany fitarihan' ny Rainy, "Izy no nahariana ny zavatra rehetra, ary raha tsy Izy, dia tsy nisy nahariana izao zavatra ary izao, na dia iray aza" (Jaona 1:3). Na dia tsy nanam-pahotana aza Izy dia natao batisa mba hahatanteraka ny fahamarinana rehetra. "Nandehandeha nanao soa" Izy (Asan' ny apôstôly 10:38) nefa dia natao tsinontsinona noho izany. Ny filazantsarany dia hafatra mitory fiadanana sy hatsaran-panahy. Niantso ny olon-drehetra Izy mba hanaraka ny ohatra nomeny. Nandeha tamin' ny lalamben' i Palestina Izy, nanasitrana ny marary, nampahiratra ny jamba, ary nampitsangana ny maty. Nampianatra ny fahamarinan' ny mandrakizay Izy, ny fisian' ny fiainantsika talohan' izao fiainana izao, ny tanjon' ny fiainantsika eto an-tany, ary ny zavatra afaka tanterahinan' ireo zanaka lahy sy zanaka vavin' Andriamanitra amin' ny fiainana ho avy.

Nanao ny fandraisana ny Fanasan' ny Tompo Izy ho fahatsiarovana ny sorompanavotany lehibe. Nosamborina Izy ary nohelohina tamin' ny fiampangana tsy marina, nohelohina mba hahafaly ireo fokonolona, ary nohelohina ho faty teo ambony hazo fijaliana tany Kalvary. Natolony ny ainy mba ho sorona noho ny fahotan' ny zanak' olombelona rehetra. Fanomezana lehibe no nataony ho an' izay rehetra niaina na mbola hiaina eto an-tany.

Mijoro ho vavolombelona amim-panajana izahay, fa ny fiainany, izay ivon' ny tantaran' ny olombelona rehetra, dia sady tsy nanomboka tao Betlehema no tsy nifarana tao Kalvary. Izy no Voalohan-teraky ny Ray, ilay Zanakalahy tokana tao amin' ny nofo, ilay Mpamonjy izao tontolo izao.

Nitsangana tamin' ny maty Izy mba "ho santatr' izay efa nodimandry" (1Korintianina 15:20). Amin' ny maha-Tompo efa nintsangana tamin' ny maty Azy, dia namangy ireo olon-tiany teo amin' ny fiainany Izy. Nanompo sy niasa tany amin' ireo "ondriny very" (Jaona 10:16) tany Amerika taloha koa Izy. Tao amin' izao tontolo iainantsika izao, dia niseho tamin' ilay zazalahy atao hoe Joseph Smith Izy sy ny Rainy, mba hampiditra amin' ilay "andro voatendry hanangonana ny zavatra rehetra" (Efesiana 1:10) efa nampanantenaina hatramin' ny ela.

Toy izao no nanoratan' ny mpaminany Joseph mikasika ilay Kristy Velona: "Ny masony tahaka ny lelafo, ny volon-dohany fotsy tahaka ny oram-panala, ny tarehiny mamirapiratra mihoatra noho ny famiratry ny masoandro; ary ny feony dia tahaka ny firohondrohon' ny rano be, dia ny feon' i Jehovah milaza hoe:

"Izaho no Voalohany sy Farany; Izaho no ilay velona, Izaho ilay novonoina; Izaho no solo vava anareo eo anatrehan' ny Ray" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 110:3-4).

Toy izao ihany koa no nambaran' ny mpaminany momba Azy: "Ary ankehitriny, ankoatr' ireo fijoroana ho vavolombelona marobe momba Azy, izay efa nomena, dia izao no fijoroana ho vavolombelona farany indrindra, momba Azy, izay atolotray: Fa velona Izy! "Satria hitanay teo an-tanan-kavanan' Andriamanitra Izy; ary henonay ilay feo mijoro ho vavolombelona fa Izy ilay Zanakalahy tokan' ny Ray". "Ary amin' ny alalany sy avy Aminy ary ao Aminy no nahariana izao tontolo izao, ary ny mponina ao dia zanaka lahy sy vavin' Andriamanitra" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 76:22–24).

Ambaranay amim-panajana fa ny Fisoronany sy ny Fiangonany dia naorina indray eto ambonin' ny tany– "natsangana teo amin' ny fanorenan' ny apôstôly sy ny mpaminany, Jesoa Kristy no fehizoro indrindra" (Efesianina 2:20).

Mijoro ho vavolombelona izahay fa mbola hiverina eto an-tany Izy indray andro any. "Dia hiseho ny voninahitr' i Jehovah ary ny nofo rehetra hiara-mahita izany" (Isaia 40:5). Hanapaka amin' ny maha-Mpanjakan' ny mpanjaka sy hanjaka amin' ny maha-Tompon' ny tompo Azy Izy, ary handohalika ny lohalika rehetra ary ny lela rehetra hidera Azy. Isika tsirairay dia mbola hijoro hotsaraina eo anatrehany araka ny asa sy ny fanirian' ny fontsika.

Mijoro ho vavolombelona izahay, amin' ny maha-apôstôly voatedriny anay–Fa Jesoa no ilay Kristy Velona, ilay Zanakalahin' Andriamanitra tsy mety maty intsony. Izy ilay Mpanjaka lehibe Emanoela izay mijoro eo an-tanan-kavanan' Andriamanitra Rainy ankehitriny, Izy no fahazavana, fiainana ary fanantenan' izao tontolo izao. Ny fampianarany no lalana mitondra mankany amin' ny fiadanana eo amin' izao fiainana izao sy mankany amin' ny fiainana mandrakizay amin' ny fiainana ho avy. Isaorana anie Andriamanitra noho ny fanomezany tsy manam-paharoa ny Zanany.

NY FIADIDINA VOALOHANY

NY KÔLEJIN' NY ROAMBINIFOLOLAHY

1 Janoary 2000

Fahatakarana ny Famakiana

Ilay Kristy Velona: Tenivavolombelon'ny Apôstôly

Fankalazana (and. 1)—Fahatsiarovana, fankalazana

Arivo taona (and. 1)—Arivo taona

Lalina (and. 1)—Lalina

Tsinotsinona (and. 2)—Nankahalaina

Niantso (and. 2)—Nanasa, nangataka

Nandraisana (and. 3)—Nanangana, nanomboka

Tsy marina (and. 3)—Diso

Fanomezana lehibe no natolony (and. 3)—ny sarany izay naloan'i Jesoa Kristy tamin'ny fijaliana noho ny ota mba tsy hampijaly antsika

Amim-panajana (and. 4)—Am-pahamatorana sy am-pahatsorana

Ho santatr'izay efa nodimandry (and. 5)—Nitsangana tamin'ny maty voalohany

Hampiditra (and. 5)—Fanombohana, Fampidirana

Tarehiny (and. 6)—Endriny (indrindra ny tarehiny)

Mpisolo vava anareo (and. 7)—Olona iray miteny misolo tena anao

Mijoro ho vavolombelona (and. 9)—Mijoro ho vavolombbelona

Ara-panahy (and. 10)—Teraka ara-panahy indray

Nofo (and. 12)—Olona

Ara-dalàna (and. 13)—Araka ny tokony ho izy, ôfisialy

Andalan-tsoratra 4, 9—Ilay "Hany Zanaka Lahitokana"

Ny Loholona Joseph B. Wirthlin, mpikambana tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, dia nampianatra hoe: "Rehefa teraka teto an-tany i Jesoa Kristy, ny ray aman-dreniny dia Andriamanitra ilay Ray mandrakizay (jereo 1 Nefia 11:21) sy i Maria, izay hitan'i Nefia tamin'ny fahitana avy any an-danitra. . . . Izy no Zanaka Lahitokan'Andriamanitra teraka teto an-tany tamin'ny ray aman-dreny toy izany. Noho ny toetrany mety maty, izay nolovainy avy tamin'ny reniny, dia nanana 'hery teto amin' ny mety maty izy, izay tsy inona fa ny hery hahafahana ho faty, . . . izay manasaraka ny vatana sy ny fanahy' [Bruce R. McConkie, *The Promised Messiah,* 471]. Noho ny toetrany avy any an-danitra, nolovainy avy tamin'ny Rainy, dia nanana 'hery amin'ny tsy fahafatesana izy, izay hery hahafahana ho velona mandrakizay; na, tamin'ny nifidianana ny ho faty, . . . dia hitsangana indray amin' ny tsy fahafatesana' [*Promised Messiah,* 471]" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Ôkt. 1993, 5; na *Ensign,* Nôv. 1993, 6).

Andalan-tsoratra 5—Inona no antsoina hoe "Fotoampitantanan'ny Fahafenoan'ny Fotoana"?

Jereo ny fizarana "Fahatakarana ny Famakiana" ao amin'ny andalan-tsoratra 13 ao amin'ny "Ny Fampianarana sy Tenivavolombelon'i Joseph Fielding Smith" (p. 235).

Fandalinana ny Famakiana

Ataovy ny roa amin'ireto asa manaraka ireto (A–D) rehefa mandalina ny "Ilay Kristy Velona: Tenivavolombelon'ny Apôstôly" ianao.

A Anarana sy Fiantsoana

1. Avereno vakiana ny "Ilay Kristy Velona: Tenivavolombelon'ny Apôstôly" ary mitanisà farafahakeliny anarana folo na fiantsoana nampiasain'ireo Apôstôly ho an'i Jesoa Kristy.
2. Aorian'ny anarana sy ny fiantsoana ao amin'ny lisitrao, dia manorata fanazavana fohy ny amin'ny zavatra ampianaran'ny tsirairay avy amin'ireo anarana ireo momba ny Mpamonjy.
3. Misafidiana fiantsoana iray ary hazavao ny maha-zava-dehibe izany aminao.

B Inona no Iraka nampandraiketina ireo Apôstôly?

1. Vakio ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 107:23 ary fenoy ity fehezanteny manaraka ity ao amin'ny kahienao: "Ny Apôstôly dia . . ."
2. Avereno vakiana ny andalan-tsoratra 1, 4, 11–13 ao amin'ny "Ilay Kristy Velona." Tanisao ireo andian-teny nampiasain'ny Apôstôly izay maneho fa tena nanatontosa ny andraikiny voalaza ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 107:23 izy ireo.

D Ilay Kristy Velona

1. Manorata ny fijoroanao ho vavolombelona momba ilay Kristy Velona.
2. Manorata andalan-tsoratra fohifohy manazava ny antony nahafantaranao fa i Jesoa ilay Kristy Velona.

Ny Fanekempinoana

Ireo zavatra Inoantsika

Tamin'ny taona 1842 dia nisy mpanoratra an-gazety iray antsoina hoe John Wentworth izay nanontany ny Mpaminany Joseph Smith mikasika ny tantara sy ny finoan'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany. Nanoratra taratasy ho azy ny Mpaminany, nanazava ny "fitsanganana, fandrosoana, fanenjehana, ary ny finoan'ny Olomasin'ny Andro Farany" (History of the Church, *4:535). Nasiany filazana fohy telo ambin'ny folo izany momba ny fotopampianarana sy finoan'ny Fiangonana. Ireo filazana ireo dia lasa Fanekem-pinoana nekena ho isan'ny soratra masina nandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana tamin'ny Ôktôbra 1880 (jereo ny "Teny Fampidirana" ao amin'ny Voahangy Lafo Vidy).*

Nilaza toy izao ny Loholona L. Tom Perry, mpikambana ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, raha niresaka momba ny Fanekempinoana:

"Mirakitra filazana mivantana sy tsotra momba ny fitsipiky ny fivavahanay izany, ary mirakitra porofo matanjaka momba ny fitaomam-panahy avy any an-danitra izay napetraka teo amin'ny Mpaminany Joseph Smith.

"Manentana anareo aho handalina ny Fanekem-pinoana sy ny fotopampianarana ampianarin'izany. . . . Raha mampiasa izany ianao ho fitarihana hitarika anao amin'ny fotopampianaran'ny Mpamonjy, dia ho voaomana hanambara ny fijoroanao ho vavolombelona ny amin'ny Fiangonan'ny Tompo marina sy naverina tamin'ny laoniny ny tenanao. Ho afaka ny hanambara izany amim-pandresen-dahatra ianao: 'Mino ny zava-drehetra isika' " (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Apr. 1998, 30; na Ensign, *Mey 1998, 24).*

Fahatakarana ny Soratra Masina

Ny Fanekempinoana

Fandikan-dalana (and. 2)—Mandika ny didy

Famelana ny fahotana (and. 4)—Famelan-keloka

Faminaniana (and. 5)—Fanambarana

Manatanteraka (and. 5)—Manao

Fiangonana voalohany (and. 6)—Fiangonana naorina nandritra ny fotoanan'ny Testamenta Vaovao

Mikasika (and. 9)—Momba ny

Ara-bakiteny (and. 10)—Tena izy

Voninahitry ny paradisa (and. 10)—Toetra tahaka ny tao amin'ny zaridainan'i Edena, paradisa

Baiko (and. 11)—Lalàna, didy

Fieritreretana (and. 11)—Fiasan'ny saina amin'ny tsara na ratsy

Fanoavana (and. 12)—Fankatoavana, fanekena

Mpitsara (and. 12)—Mpitsara

Madio fitondrantena (and. 13)—Fahadiovana ara-pananahana

Hanao soa (and. 13)— Tsara fanahy sy be fiantrana

Fananarana (and. 13)—Torohevitra, torolalana

Fanekempinoana 1:1—Ny Andriamanitra

Ny Loholona Dallin H. Oaks, mpikambana ao amin'ny Kôlejin' ny Apôstôly Roambinifolo, dia niteny hoe: "Mitovy amin'ireo Kristiana rehetra, dia mino Ny Andriamanitra izay hisian'ny Ray, ny Zanaka ary ny Fanahy Masina isika. Na izany aza, dia mijoro ho vavolombelona isika fa ireo mpikambana telo ao amin'Ny Andriamanitra ireo dia olona telo misaraka sy miavaka tsara. Mijoro ho vavolombelona ihany koa isika fa Andriamanitra Ray dia tsy fanahy fotsiny ihany fa olona nahazo voninahitra manana vatana azo tsapain-tanana, tahaka ny Zanany izay nitsangana tamin'ny maty, Jesoa Kristy " (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Apr. 1995, 112; na *Ensign,* Mey 1995, 84; jereo koa F&F 130:22).

Fanekempinoana 1:2—Ny Fahalavoan'i Adama sy Eva

Ny Loholona James E. Faust, mpikambana tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, dia nampianatra hoe:

"Noroahina [nalana] tsy ho eo anatrehan'Andriamanitra i Adama sy Eva, taorian'ny nisafidianany ny hiala amin'ny toetry ny tsy fananan-tsiny (Jereo 2 Nefia 2:23–25). Izany no antsoin'ny Kristiana hoe ny Fahalavoana, na ny fandikan-dalàn'i Adama. Izany no fahafatesana ara-panahy satria i Adama sy Eva dia tafasaraka teo anatrehan'Andriamanitra. . . .

"Nianjadian'izany fandrarana tsy ho eo anatrehan'Andriamanitra izany ny taranak'izy ireo rehetra (Jereo 2 Nefia 2:22–26). Kanefa tsy manan-tsiny tamin'ny fandikan-dalàna voalohany nataon'i Adama sy Eva ny taranany satria tsy misy idirany izany. Tsy rariny raha toa ka ny zanak'olombelona rehetra no hiharan'ny vokatra mandrakizain'ny fandikan-dalàn'ny ray aman-denintsika voalohany, dia i Adama sy Eva. Ilaina ny fandravonana izany tsy rariny izany ka izay no nilana ny Sorompanavotan'i Jesoa amin'ny anjara andraikiny amin'ny maha-Mpamonjy sy Mpanavotra azy" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Ôkt. 1988, 13–14; na *Ensign,* Nôv. 1988, 12; jereo koa Deoteronomia 24:16).

Fanekempinoana 1:3—Ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy

Ny Loholona Dallin H. Oaks dia nampianatra hoe:

"Ny Mpamonjy antsika dia nanavotra antsika avy amin'ny fahotan'i Adama, kanefa inona no fiantraikan'ny fahotantsika? Noho 'isika rehetra efa samy nanota' (Romana 3:23), dia maty ara-panahy daholo isika rehetra. Ary ny hany fanantenantsika amin'ny fiainana dia ny Mpamonjy antsika, izay, araka ny nampianarin'ny mpaminany Lehia hoe: 'manolotra ny tenany Izy ho sorona noho ny fahotana mba hanefana ny fitakian' ny lalàna' (2 Nefia 2:7).

"Mba hahafahana mitaky eo amin'ny Mpamonjy ny fandresena hahazo fiainana noho ny fahafatesana ara-panahy izay ijaliantsika noho ny fahotantsika, dia tsy maintsy manaraka ny fepetra izay apetrany isika. . . .

"Ny Fanekempinoana fahatelo dia maneho ny fepetran'ny Mpamonjy" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Ôkt. 1987, 77; na *Ensign,* Nôv. 1987, 65; jereo koa F&F 19:16–19).

Fanekempinoana 1:4—"Ny Fitsipika Voalohany sy ny Ôrdônansin'ny Filazantsara"

Ny Loholona Howard W. Hunter, mpikambana tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo tamin'izany, dia nampianatra hoe:

"Ireo [fitsipika sy ôrdônansin'ny Fanekempinoana 1:4] efatra ireo no hany voalohany amin'ireo fitsipika sy ôrdônansy rehetran'ny filazantsara. Raha mijery ny tenin'ny Mpamonjy tamin'ireo Nefita isika dia mianatra fa aorian'ny fanatanterahana ireo efatra ireo, dia tsy maintsy misy fanatanterahana ireo lalàna sy ny didin'ny Tompo mandritra androm-piainana, satria hoy izy, '. . . ary raha maharitra hatramin' ny farany izy, dia indro, izy no hotanako tsisy tsiny eo anoloan' ny Raiko amin' io andro io rehefa hitsangana Aho hitsara izao tontolo izao.' (3 Ne. 27:16.)

"Ireo fitsipika voalohany ireo dia tsy ampy; noho izany ny olona dia ho tompon'andraikitra amin'ny fitsarana mandrakizay amin'ny zavatra nataony teo amin'ny fiainan'izy ireo, na tsara na ratsy izany" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Apr. 1973, 175; na *Ensign,* Jolay 1973, 120; jereo koa 2 Nefia 31:10–15).

Fanekempinoana 1:5—Ahoana no Hiantsoan'Andriamanitra antsika?

Ny Filoha Gordon B. Hinckley dia niteny hoe: "Ny zo hiantsoana [mpikambana antsoina amin'ny antso ao am-piangonana] dia mijanona amin'ireo mpiandraikitra ambony na ireo mpiandraikitra araka ny ambaratonga misy azy avy. Kanefa izany fiantsoana izany dia tsy maintsy tohanana—izany hoe, ekena sy hamafisina—amin'ny alalan'ny mpikamban'ny Fiangonana. Izany dingana izany dia hafa kely ao amin'ny Fiangonan'ny Tompo. Tsy misy fikatsahana birao, na fanindrahindrana toerana, na fampielezan-kevitra mikasika ny fahamarinan-toetran'ny olona iray. Mampiavaka ny fomban'ny Tompo amin'ny fomban'izao tontolo izao. Ny fomban'ny Tompo dia milamina; fomba feno fandriampahalemana izany; tsy misy fankalazana an-kalamanjana na vola miala izany. Tsy misy fitiavan-tena na fanaovana tsinotsinona na fitiavana laza. Eo amin'ny drafitry ny Tompo, ireo izay manana andraikitra ny hanendry ny mpiandraikitra dia manapaka amin'ny alalan'ity fanontaniana manana ny lanjany ity: 'Iza ireo hananan'ny Tompo?' Misy ireo fanapahan-kevitra mangina sy feno fieritreretana. Ary maro ny vavaka atao mba handraisana ny fanamafisana avy amin'ny Fanahy Masina fa tena marina ny safidy" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Apr. 1994, 73; na *Ensign,* Mey 1994, 53; jereo koa Hebreo 5:4).

Fanekempinoana 1:6—Ny Rafitry ny Fiangonana Marina

Ny Loholona David B. Haight, mpikambana tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, dia nijoro ho vavolombelona hoe: "Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany dia nilaza tamin'izao tontolo izao fa ity Fiangonana ity dia famerenana amin'ny laoniny ny fiangonan'i Kristy. Ny famerenana amin'ny laoniny dia tena ilaina satria ny mpaminany sy ny Apôstôly, izay fototry ny fiangonan'ny Tompo tany am-boalohany, dia novonoina ho faty na nalana teto an-tany. Ny Fiangonana ankehitriny dia naorina amin'ny fototry ny mpaminany sy ny Apôstôly, izay i Jesoa Kristy mihitsy no vato fehizoro. Noho izany dia tsy fanovana, na fanamboarana, na fandrafetana indray, na sekta izany. Fiangonan'i Jesoa Kristy naverina tamin'ny laoniny tamin'ity andro farany ity izany" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Apr. 1986, 7; na *Ensign,* Mey 1986, 7; jereo koa Efesiana 4:11–14).

Fanekempinoana 1:7—Fanomezan'ny Fanahy

Nampianatra ny Loholona Dallin H. Oaks hoe:

"Eo am-panomezana tso-dranon'ny fisoronana ny mpanompo irain'ny Tompo dia mampiasa ny fisoronana, araka ny fanentanan'ny Fanahy Masina, ary miantso ireo herin'ny lanitra ho fitahiana ny olona izay tolorana tso-drano. Ny fitahiana toy izany dia ataon'ny mpihazona ny Fisoronana Melkizedeka, izay mihazona ny fanalahidy rehetran'ny fitahiana ara-panahy ato ampiangonana (F&F 107:18, 67).

"Maro ireo karazan'ny tso-dranon'ny fisoronana ireo. Raha hanome ohatra isan-karazany aho, dia mba tadidio fa ny tso-dranon'ny fisoronana dia natao ho an'ireo rehetra mila izany, kanefa dia amin'ny alalan'ny fangatahana ihany no hanomezana izany. . . .

"Ny olona maniry fitarihana amin'ny fanapahan-kevitra manandanja dia afaka mandray ny tso-dranon'ny fisoronana. Ny olona mila hery ara-panahy fanampiny mba handresena ny fanamby ho an'ny tena manokana dia afaka mahazo tso-dranon'ny fisoronana. Ny reny hiteraka dia afaka hametrahan-tanana alohan'ny hiterahany. Maro ireo fianakaviana Olomasin'ny Andro farany no mahatsiaro ireo fotoana masina izay hanomezan'ny ray mendrika fitahiana ho an'ny zanakalahy na zanakavavy izay handeha ho amin'ny fanambadiana. Ny tso-dranon'ny fisoronana dia matetika angatahina any amin'ny ray alohan'ny handaozan'ny zanaka ny tokantrano noho ny antony isan-karazany, toy ny fianarana, asa fanompoam-pirenena, na dia lavitra be. . . .

"Ny fitahiana izay omena amin'ireo tranga voalazako ireo dia matetika antsoina hoe tso-drano fampaherezana na torolalana. Matetika izy ireny no omen'ny ray na ny vady na ireo loholona ao amin'ny fianakaviana. Azo raiketina sy atao anatin'ny diarin'ny fianakaviana izy ireny ho fitarihana ara-panahin'ny tena manokana ho an'ny olona nomena tso-drano" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Apr. 1987, 44; na *Ensign,* Mey 1987, 36; Jereo koa F&F 46:11–26).

Fanekempinoana 1:8—Ahoana no Hahafahantsika Mahazo Hery Lehibe avy amin'ny Soratra Masina?

Ny Filoha Gordon B. Hinckley dia nilaza hoe: "Misaotra ny Tsitoha aho amin'ny fijoroana ho vavolombeloko momba ny Bokin'i Môrmôna, ity mpiara-dia amin'ny Baiboly Masina mahafinaritra ity. . . . Ny fahafantarana izany boky izany dia miankina amin'ny famakiana azy. Miteny izany aho amin'ny famakiako izany foana foana ary efa nigoka ny hatsarany sy ny halaliny ary ny heriny. Moa ve i Joseph Smith, manontany anareo aho, ilay zatovolahy avy any ambanivohitr'i New York izay tsy dia nahita fianarana, dia afaka ny nandika tamin'ny fotoana fohy boky iray goavana sy sarotra amin'ny endriny ary mirindra tsara amin'ny fitambarany? Moa ve izy na ny heriny no namorona ny fiteny, ny fisainana, ny fitaomam-panahy manainga izay nahatonga ny olona an-tapitrisany maneran-tany hamaky ary hiteny hoe, 'Marina izany'?" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Ôkt. 1993, 71; na *Ensign,* Nôv. 1993, 51–52; jereo koa Ezekiela 37:15–17).

Fanekempinoana 1:9—Mino ny Fitohizan'ny Fanambarana Isika

Ny Loholona David B. Haight dia niteny hoe:

"Tena zavatra mampiavaka ny Fiangonana dia ny filazana mikasika ny fitohizan'ny fanambarana avy amin'ny Tompo. . . . Ankehitriny, ny Fiangonan'ny Tompo dia tarihina amin'ny alalan'izany fifandraisana avy amin'Andriamanitra izany izay efa nisy tamin' ny fotoampitantanana teo aloha.

"Izany filazana izany dia tsy natao am-pamaivanana. Fantatro fa misy ny fanambarana, tahaka ny nijoroako ho vavolombelona ireo zavatra masina ireo ihany koa izay niainan'ny hafa nanatanteraka ny asany.

"Ny fitsipiky ny fanambarana avy amin'ny Fanahy Masina dia fitsipika fototra ao amin'ny Fiangonan'ny Tompo. Ny mpaminanin'Andriamanitra dia nandray ny fanambarana amin'ny alalan'izany fomba izany. Ny mpikambana tsirairain' ny Fiangonana koa dia afaka mandray izany fanambarana izany mba hanamafisana ny fahamarinana" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Apr. 1986, 7; na *Ensign,* Mey 1986, 7–8; jereo koa Amosa 3:7).

Fanekempinoana 1:10—I Kristy dia Hanjaka amin'ny Isiraely Voangona

Ny Filoha Spencer W. Kimball dia nampianatra hoe: "Ankehitriny, ny fanangonana an'i Isiraely dia ny fidirana amin'ny Fiangonana marina ary ny fanatonan'izy ireo amin'ny fahalalana ny Andriamanitra marina. . . . Izay olona, manaiky ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny, ary mikatsaka ny hitsaoka ny Tompo amin'ny fomba fiteniny sy miaraka amin'ny Olomasina ao amin'ny firenena hitoerany, dia mifanaraka amin'ny fanangonana an'Isiraely ary dia handova ny fitahiana rehetra nampanantenaina ho an'ny Olomasina amin'ity andro farany ity" (*Teachings of Spencer W. Kimball,* 439).

Ny Loholona George Albert Smith, fony izy mpikambana tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, dia niteny hoe: "Andriamanitra dia niteny fa raha toa ka manaja Azy isika sy mitandrina ny didiny—raha toa ka mitandrina ny lalàny isika dia hiady ho antsika izy ary handrava ny olon-dratsy, . . . ary ity tany izay hitoerantsika ity, dia ho fanjakana selestialy" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Ôkt. 1942, 49; jereo koa F&F 45:64–71).

Fanekempinoana 1:11—Fahafahana ara-pivavahana

Ny Loholona Bruce R. McConkie, mpikambana iray tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, dia nanoratra hoe: "Mino ny fanohanana, ny fiarovana, ny fanampiana, ary ny fisoloana vava ny fahafahan'ny olon-drehetra midera isika. Ary hentitra izahay manambara fa ny fitondram-panjakana, na rafitra pôlitika, fiangonana, sekta, fivavahana, na vondrom-piderana izay mandà ny fahafahan'ny olona midera araka ny safidiny na mametraka aminkery amin'izy ireo ny fomba fiderana dia tsy avy amin'Andriamanitra izany" (*A New Witness for the Articles of Faith,* 657; jereo koa Almà 21:22).

Fanekempinoana 1:12—Fankatoavana ny Lalàn'ny Tany

Ny Loholona L. Tom Perry dia niteny hoe: "Tokony hanolo-tena feno hankatò sy hanaja ny lalàn'ny tany eo amin'ny toerana izay hiainany ny mpikamban'ny Fiangonana tsirairay avy. Tokony ho ohatra amin'ny fankatoavana ny governemanta izay mitantanana antsika isika. Ny Fiangonana dia tokony ho fitaomana tsara eo amin'ny fiainan'ny tsirairay izay mandray izany eo amin'ny lafiny ara-nofo sy ara-panahy, eo am-panompoana ny firenena eran'izao tontolo izao" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Ôkt. 1987, 86; na *Ensign,* Nôv. 1987, 71; jereo koa F&F 134:1, 5).

Fanekempinoana 1:13—Ahoana no Hahafahako mba ho Masina?

Ny Filoha Gordon B. Hinckley dia nanoro hevitra hoe:

"Miaina ao anatin'ny fotoana izay hanamaivanan'izao tontolo izao ny fahamasinana isika. . . .

"Mba madio. Mitandrema amin'ny zavatra vakianao. Tsy misy hatsarana fa kosa ratra no ateraky ny famakiana boky pôrnôgrafia sy ireo boky mamoafady hafa. Manaitaitra ny fisainanao fotsiny izy ireny ary mampahalemy ny fifehezanao ny tenanao. Tsy misy hatsarana azo avy amin'ny fandehanana mijery sarimihetsika izay mandany ny volanao ary manome anao ho setrin'izany sitrapo malemy sy faniriana ambany" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Ôkt. 1981, 58–59; na *Ensign,* Nôv. 1981, 41; jereo koa Filipiana 4:8).

Fandalinana ny Soratra Masina

Ataovy ny dimy amin'ireto asa manaraka ireto (A–H) rehefa mandalina ny Fanekempinoana ianao.

A Famaliana Fanontaniana Momba ny amin'izay Inoantsika

Manorata fanontaniana dimy izay efa nanontanian'ny namanao izay tsy mpikambana momba ny Fiangonana na eritreretinao fa anontanian'ny tsy mpikambana. Isaky ny fanontaniana tsirairay, dia tanisao ireo Fanekempinoana izay azo ampiasaina hamaliana izany. Ohatra, ny tsy mpikambana dia mety hanontany hoe: "Moa ve ny Olomasin'ny Andro Farany mino an'i Jesoa Kristy?" izany fanontaniana izany dia azo valiana ao amin'ny Fanekempinoana 1:1, 3, 4, 6, 8, ary 10.

B Manao Tsianjery ireo Fanekempinoana

Ny Loholona L. Tom Perry dia niteny hoe: "Tena fitahiana lehibe raha toa ka ny mpikamban'ny Fiangonana rehetra no mahavita manao tsianjery ny Fanekempinoana ary lasa manam-pahalalana momba ny fitsipika voarakitra ao anatin'izany" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Apr. 1998, 28; na *Ensign,* Mey 1998, 23).

1. Manorata andalan-tsoratra fohifohy manazava ny fanampian' ny Fanekempinoana eo amin'ny fiainanao rehefa atao tsianjery izany.
2. Ataovy tsianjery ny efatra amin'ireo Fanekempinoana telo ambin'ny folo ary soraty na avereno izany amin'ny olona ao amin'ny fianakavianao.

D Mampianatra ny Fanekempinoana

Manomana lesona maharitra dimy ambin'ny folo minitra ny halavany izay azonao ampianarina amin'ny fianakavianao na vondrona hafa momba ny dikan'ny tsirairay amin'ireo Fanekempinoana ireo. Mampiasà tantara ao amin'ny soratra masina, soratra masina mifandray, fanontaniana, zavatra niainan'ny tena manokana, sary, zavatra, na ny fijoroanao ho vavolombelona hanampy amin'ny fampianarana izany lesona izany.

E Fihirana sy ny Fanekempinoana

Amin'ny fampiasana ny fihirana sy ny hiran'ny ankizy, ho an' ny Fanekempinoana tsirairay avy, dia mitanisa farafahakeliny hira iray izay samy mampianatra izany fahamarinana na fotopampianarana izany. Mety azonao soratana ihany koa ny laharan'izany fihirana izany na ny lohatenin'ny hira eo akaikin'ny Fanekempinoana mifanaraka amin'izany ao amin'ny soratra masinao. (Ampiasao ny "Soratra masina" sy ny "Lohahevitra" voalaza ao amin'ny fihirana sy hiran'ny ankizy ho fanampiana raha ilaina).

F Ampahany amin'ny Drafitry ny Famonjena

Vakio ny Fanekempinoana 1:1–4 ary tanisao ny ampahany amin'ny drafitry ny famonjena voalaza ao. Manaova sary na manaova tabilao izay hisian'ireo singa ireo ary izay azonao ampianarina momba ny drafitry ny famonjena amin'ny fianakavianao sy ny hafa.

G Inona no Hinoan'ny Hafa?

Avereno vakiana ny Fanekempinoana 1:5–10 ary tanisao ireo teny sy andian-teny izay maneho ny Fiangonan'ny Tompo. Mangataha tsy mpikambana iray hizara ny finoany amin'ireo zavatra izay notanisainao. (Aoka ho tsara fanahy sy feno fanajana amin'ny finoan'ny namanao ianao. Manontany zavabaovao ianao, fa tsy miady hevitra momba ny fahasamihafana misy eo amin'ny finoanareo.) Manorata andininy momba ny zavatra nianaranao.

H Ireo Zo sy Andraikitrin'ny Olomasin'ny Andro Farany

1. Tanisao ao anaty kahienao ireto trangan-javatra manaraka ireto:
   a. Mandeha mihoatra ny fetran'ny hafainganam-pandeha azo atao
   b. Mandrabiraby olona noho ny fomba fiakanjon'izy ireo arapivavahana
   d. Manery ny olona hihaino ny fampianaran'ny misiônera
   e. Mandà ny hanaraka ny torolalan'ny mpitondra ao amin'ny firenena misy anao
   f. Lavo amin'ny fanampiana olona izay mila izany
   g. Tsy te-hinamana amin'ny olona iray satria tsy iray finoana aminao izy
   h. Mijery sarimihetsika na fandaharana mamoafady amin'ny fahitalavitra
   i. Manohitra ny fanorenana trano fivavahana eo amin'ny fiaraha-monina misy anao
   j. Mampiasa fihetsika sy fiteny tsy maontina
   k. Mahatsapa fa ny olona amin'ny fivavahana rehetra afa-tsy ny anao dia olon-dratsy avokoa
2. Avereno vakiana ny Fanekempinoana 1:11–13, ary aorian'ny toe-javatra tsirairay dia tanisao ny Fanekempinoana mifanaraka akaiky amin'izany ary hazavao ny hampiharana izany.
3. Manorata fomba fitondrantena izay farafahakeliny misy filazana telo amin'ny hataonao mba hiaina araka ny fampianarana ao amin'ny Fanekempinoana 1:11–13. Atomboy ny filazanao amin'ny teny hoe "Hanao izany aho (hanao zavatra)" na "Tsy hanao izany (tsy hanao zavatra)."



Ny Toerantsika eo amin'ny Tantaran'ny Fiangonana

Ny Lovan'ny Finoana

Ny fandalinana ny tantaran'ny Fiangonana naverina tamin'ny laoniny dia afaka maneho tokoa amintsika momba ny finoana sy ny fanoloran-tenan'ireo izay niaina teo alohantsika. Hatramin'ny fotoanan'ny Mpaminany Joseph Smith, mpikamban'ny Fiangonana maro no ohatra mitaona fanahy amin'ny maha-Olomasin'ny Andro Farany marina an'izy ireo. Kanefa ny andro tsara indrindra sy be voninahitry ny fanjakan'Andriamanitra eto an-tany dia eo anoloantsika. Tahaka ireo Olomasina niaina teo alohantsika, ianao ihany koa dia afaka mametraka ny toeranao eo amin'ny tantaran'ny Fiangonana noho ny fahatokianao, fahazotoana, fahafoizan-tena, ary ny fanompoana an'Andriamanitra sy ny Mpaminaniny. Aorian'izany rehetra izany, ny tantaran'ny Fiangonana amin'ny faritra maro eran'izao tontolo izao dia mbola tsy voasoratra.

Ny Toerantsika eo amin'ny Tantaran'ny Fiangonana

1. "Ny tsirairay avy amintsika dia manana ny anjara toerany eo amin'ny tantaran'ny Fiangonana. Ny mpikambana sasany dia teraka tao amin'ny fianakaviana izay nandray ny filazantsara nandritra ny taranaka nifandimby sy namahana ny zanany tao amin'ny lalan'ny Tompo. Ny sasany kosa dia sambany vao nandre ny filazantsara ary niditra tao amin'ny ranon'ny batisa, ary tamin'izany no nanaovany ny fanekempihavanana masina mba hitondra ny anjara birikiny amin'ny fananganana ny fanjakan'Andriamanitra. Maro amin'ireo mpikambana no mipetraka amin'ny faritra izay izy irery no manomboka ny tantaran'ny Fiangonana ary namorona lovam-pinoana ho an'ny zanany. Na inona na inona toe-javatra misy antsika, isika tsirairay avy dia anisan'ny manan-danja amin'ny fananganana an'i Ziona sy ny fanomanana ny fiavian'ny Mpamonjy fanindroany. 'Koa tsy mba vahiny sy mpivahiny intsony ianareo, fa tompon-tany, mpiray fanjakana amin'ny olona masina sady ankohonan'Andriamanitra' (Efesiana 2:19).

2. “Na mpikambana vaovao isika na efa tranainy, dia mpandova ny finoana sy ny fahafoizan-tena avy amin’ireo izay nandeha teo alohantsika. Isika koa dia mpamaky lay amin’izao andro izao ho an’ny zanatsika sy ireo zanaky ny Raintsika ara-panahy an-tapitrisany izay tokony mbola handre sy hanaiky ny filazantsaran’i Jesoa Kristy. Mandray anjara amin’ny fomba samihafa manerana an’izao tontolo izao amin’ny fanohizana amim-pahatokiana ny asan’ny Tompo isika.

3. “Ny ray sy ny reny dia mitondra amim-bavaka ny fitaizana ny zanany mba hanaraka ny fitsipiky ny fahamarinan-toetra. Ny famangiana sy ny fampianarana isan-tokantrano dia hikarakarana ireo izay mila izany. Maro ireo fianakaviana manao veloma ireo mpitory ny filazantsara izay nanapa-kevitra hanokana taona maro teo amin’ny fiainany mba hitondra ny hafatry ny filazantsara amin’ny hafa. Ireo mpitarika ny fisoronana sy ny mpitarika ny vondrona fanampiny dia manaiky ny antso hanompo tsy misy tambiny. Atolotra ireo velona sy ireo maty ny fahasoavana avy amin’ny asa nandritra ny ora tsy tambo nisaina natokana hitadiavana ny anaran’ireo razana sy fanatanterahana ny ôrdônansy masina ao amin’ny tempoly.

4. “Manampy eo amin’ny fanatanterahana ny anjaran’ny Fiangonan’i Jesoa Kristy ho an’ny Olomasin’ny Andro Farany izay nambara tamin’ny Mpaminany Joseph Smith isika. Tamin’ny taona 1842 dia izao no faminaniany:

5. “ ‘Ny fanevan’ny fahamarinana dia efa natsangana, tsy misy tanana ratsy fanahy afaka manakana ny asa handroso; ny fanenjehana dia mety hiharomotra, ny mpihetraketraka mety hikambana, ny tafika mety hitambatra, ny fanaratsiana mety hanalabaraka, kanefa ny fahamarinan’Andriamanitra dia handroso hatrany amin-kasahiana, amim-pahamendrehana ary mahaleotena, mandrapahatafiditr’izany any amin’ny kaontinanta rehetra, hitsidika ny vazan-tany rehetra ary handrakotra ny firenena rehetra, mandrapaha-tanteraka ny fikasan’Andriamanitra ary i Jehovah lehibe dia hilaza fa tanteraka ny asa’ [*History of the Church,* 4:540].

6. “Na dia farany izay kely aza ny Fiangonana tamin’ny fotoan’andro nahaveloman’ny mpaminany Joseph Smith, dia fantany fa izany no hoavin'ny fanjakan’Andriamanitra ety an-tany, ary ny anjarany dia hameno ny tany amin’ny fahamarinan’ny filazantsaran’i Jesoa Kristy. Nahita ny fitombon’ny Fiangonana tamin’izao taona maro lasa vao haingankaingana izao isika. Manana tombony isika miaina amin’ny fotoana izay hahafahana manolotra ny finoantsika sy ny sorona ataontsika ho fanampiana amin’ny fananganana ny fanjakan’Andriamanitra, fanjakana izay hijoro mandrakizay” (*Ny Lovantsika,* 145–46).

Fahatakarana ny Famakiana

Ny Toerantsika eo amin’ny Tantaran’ny Fiangonana

Namahana (and. 1)—Nanabe

Lova (and. 2)—Fomba amanpanao

Maloto (and. 5)—Tsy masina

Fanaratsiana (and. 5)—Filazana diso sy ratsy

Hanalam-baraka (and. 5)—Zavatra entina handisoana

Toetr’andro (and. 5)—Toetr’andro

Fandalinana ny Famakiana

Ataovy ny asa A na B rehefa mandalina ny “Ny Toerantsika eo amin’ny Tantaran’ny Fiangonana” ianao.

A Ny Toerantsika eo amin’ny Fanjakan’Andriamanitra

Tanisao ireo teny sy andian-teny ao amin’ny andalan-tsoratra 1–6 izay maneho anao, ny traikefanao, ary ny andraikitrao ao amin’ny Fiangonana. Ary valio ireto fanontaniana manaraka ireto:

1. Mety nisy firy teo ho eo ny isan’ny mpikamban’ny Fiangonana teo amin’ny tanàna nisy anao folo taona lasa izay? Firy izy ireo amin’izao? (Anontanio ny ray aman-dreninao na ny mpitarika ny Fiangonana eo an-toerana amin’ny fanampiana izany fanontaniana izany, raha ilaina.)
2. Mety ho firy eo ho eo ny isan’ny mpikambana afaka roa taona araka ny eritreritrao? Afaka dimy taona? Afaka folo taona?
3. Inona ireo zavatra dimy azonao atao hanampy ny Fiangonana hiroborobo ao amin’ny faritra misy anao?
4. Amin’ny fomba ahoana no tianao hahatsiarovan’ny olona anao amin’ny taranaka ho avy?

B Manorata Tantara Fohifohy

Manaova tafa sy dinika farafahakeliny amin’ny olona roa mahafantatra momba ny tantaran’ny Fiangonana eo amin’ny faritra misy anao. Ary miezaha mikaroka sary, tantara, diary, na tantara vaovao momba ny tantaran’ny Fiangonanao eo an-toerana. Manorata tantara fohifohy mikasika ny Fiangonana eo amin’ny faritra misy anao, ary hazavao ny fomba hitaoman’ny fanahy anao amin’ireo zavatra nianaranao mba handraisanao anjara amin’ny fananganana ny fanjakan’Andriamanitra eo amin’ny faritra misy anao.

Ireo Olona sy Teny hilazana ny Zava-mitranga ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana

Ny Filoha Ezra Taft Benson dia nilaza hoe: "Ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana dia marina, ary ny mpanoratra izany dia i Jesoa Kristy ary ny hafany dia ho an'ny olona rehetra" (*Teachings of Ezra Taft Benson*, 46).

Ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana dia mirakitra fanambaran'ny Tompo izay nomena tamin'izao androntsika izao ary milaza ireo olona maro, toerana, ary trangan-javatra ao amin' ny Fiangonan'i Jesoa Kristy hoan'ny Olomasin'ny Andro Farany. Alohany hanombohanao miomana handalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana, dia vakio aloha ireto fampahafantarana ireto. Hanampy anao hahatakatra ny sasany amin'ny tantara sy ny zava-nitranga manodidina ny fanambarana izany.

Olona ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana

Ireto tantara manaraka ireto dia filazalazana fohy ny amin'ireo olona manan-danja vitsivitsy izay voalaza ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana:

Joseph Smith Jr., ny Mpaminany, dia "efa nahavita mihoatra noho ny olona rehetra niaina teto, afa-tsy i Jesoa irery ihany, ho famonjena ny olona eo amin' ity izao tontolo izao ity" (F&F 135:3). Teraka tamin'ny 23 Desambra 1805 izy. Jereo Joseph Smith—Tantara 1:5–54 mba hahalalana ireo tantara fohy mikasika ny fahazazany, ny fahitany an' Andriamanitra Ray sy Jesoa Kristy, ary ny fitsidihan'ny anjely Môrônia azy. Nomena ny fisoronana tamin'ny alalan'ny iraky ny lanitra i Joseph Smith ary nandray fanambarana maro. Nandika sy namoaka ny Bokin'i Môrmôna izy ary tamin'ny alalany no namerenan'ny Tompo Jesoa Kristy ny Fiangonany marina. Toy ireo mpaminany rehetra dia nenjehin'ny fahavalony izy, nogadraina imbetsaka tany am-ponja ary niaritra fijaliana maro (jereo F&F 121–1 23). Novonoin'ny mpihetraketraka mitampiadiana i Joseph sy ny rahalahiny Hyrum tamin'ny 1844 noho ny fijoroana ho vavolombelona nananan'izy ireo mikasika an'i Jesoa Kristy (jereo F&F 135).

Emma Hale Smith dia nanambady ny Mpaminany Joseph Smith tamin'ny Janoary 1827 ary nanao mpitantsorany tamin'izy nanomboka nandika ny Bokin'i Môrmôna. Izy no filoha voalohan'ny Fikambanana Ifanampiana ary nisafidy ireo hira tao amin'ny Fihirana voalohan'ny Fiangonana (jereo F&F 25:1–15; jereo koa 132:51–56). Nandalo fanenjehana sy fijaliana maro i Emma. Maro tamin'ireo zanany no maty vao kely ary ny vadiny Joseph dia novonoin'ny fahavalo. Nijanona tao Illinois izy rehefa nifindra nankany Utah ny Fiangonana. Nodimandry tao Nauvoo, Illinois, tamin'ny 1879 izy.

Hyrum Smith dia zokin'ny Mpaminany Joseph Smith. Hatrany am-boalohany, dia nahafantatra i Hyrum Smith fa nantsoin'Andriamanitra ho mpaminany ny zandriny lahy Joseph, ary nihazona hatrany izany fijoroana ho vavolombelona nananany izany izy (jereo ny sasin-tenin'ny F&F 11 sy ny andininy 6–26; 23:3; 52:8; 124:15, 124).

Nanompo tamin'ny naha-Filoha Mpiara-miombon'antoka azy i Hyrum ary tamin'ny naha-mpikamban'ny Fiadidiana Voalohany ary naha-Patriariky ny Fiangonana azy (jereo F&F 124:91–95). Novonoina niaraka tamin'ny rahalahiny Joseph izy ho vavolombelona fa voaverina tamin'ny laoniny teto an-tany ny Fiangonana marina (jereo F&F 135:1–7). Lasa Filohan'ny Fiangonana ny iray tamin'ny zanakalahin'i Hyrum, dia i Joseph F. Smith, ary ny zafikeliny iray koa, dia i Joseph Fielding Smith.

Joseph Smith Rainy (jereo Joseph Smith—Tantara 1:48–50; sasin-tenin'ny F&F 4; sasin-tenin'ny 23, 5; 90:20, 25–26; 102:3; 124:19; 137:5) dia teraka tamin' ny 12 Jolay 1771 tao Topsfield, Massachusetts. Tamin'ny faha-efatra ambin'ny roapolo taonany dia nanambady an'i **Lucy Mack Smith** izy (jereo F&F 137:5) ary nonina tao Vermont. Ny tsy fahombiazan'ny fambolena sy ny tsy fahampiana ara-bola no nanery an'i Joseph Rainy hamindra ny fianakaviany tany amin'ny faritra akaikin'i Palmyra, New York, eo akaikin'ny Tendrombohitra Cumorah. I Joseph Smith Rainy dia nanohana be hatrany ny antson'ny zanany amin'ny maha-Mpaminani'ny Tompo azy (jereo Joseph Smith—Tantara 1:50). I Joseph Smith, Rainy, Hyrum, ary Samuel dia anisan'ireo vavolombelona valo nahita ny takela-bolamena nirakitra ny Bokin'i Môrmôna (jereo "Ny Tenivavolombelon'ireo Vavolombelona Valo" any amin'ny voalohandohan'ny pejin'ny Bokin'i Môrmôna). I Joseph Smith, Rainy, no Patriariky ny Fiangonana voalohany ary mpanolotsaina tao amin'ny Fiadidiana Voalohany. Nodimandry tao Nauvoo, Illinois, tamin'ny 1840 izy.

Joseph Smith Rainy sy i Lucy Smith dia ray aman-drenin'ny zaza iraika ambin'ny folo. Ny zanak'izy ireo voalohany dia zazalahy izay tsy azo teo am-piterahana. Ireo zanakalahiny hafa dia **Alvin** (jereo Joseph Smith—Tantara 1:56; F&F 137:5–6), **Hyrum** (jereo "Hyrum Smith" voalaza etsy ambony), **Joseph** (jereo "Joseph Smith Zanany" voalaza etsy ambony), **Samuel** (jereo sasin-tenin'ny F&F 23, 4; 61:35; 66:8; 75:13; 102:3, 34; 124:141), **Ephraim** (izay niaina iraika ambin'ny folo andro monja), **William** (jereo ny "Tenivavolombelon'ny Apôstôly Roambinifolo momba ny fahamarinan'ny bokin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana" eo amin'ny pejin'ny voalohan'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana; F&F 124:129), ary i **Don Carlos**. Ny zanakavavin'izy ireo dia **Sophronia, Catherine,** ary i **Lucy.** I Samuel Smith no misiônera voalohan'ny Fiangonana ary nanompo tao amin'ny episkôpan'i Nauvoo. Nijaly noho ny fanenjehana maro izy ary maty tamin'ny faha-enina ambin'ny telopolo taona, iray volana taorian'ny nahafatesan'ireo rahalahiny Joseph sy i Hyrum izay novonoina.

Martin Harris dia mpiompy sy mpamboly nanankarena tao Palmyra, New York. Nanao mpitantsoratr'i Joseph Smith izy nandritra ny fotoana fohy, tamin'i Joseph nandika ny Bokin'i Môrmôna. Namidiny ny ampahan'ny toeram-pamboleny sy fiompiany mba handoavana ny saram-pamoahana ny tahadika dimy arivon'ny Bokin'i Môrmôna (jereo

ny sasin-tenin'ny F&F 3 sy ny andininy 12–13; 5:1–15, 24–32; 10 (sasin-teny); 19:25–41). Iray amin'ireo vavolombelona manokana telo nahita ny takela-bolamena ary nahatoky tamin'izany vavolombelona nananany izany nandritry ny fiainany manontolo (jereo "Ny Tenivavolombelon'ireo Vavolombelona Telo" any amin'ny voalohandohan'ny pejin'ny Bokin'i Môrmôna; sasin-tenin'ny F&F 17, sy ny andininy 1–9; 58:35–39; 104:24–26; Joseph Smith—Tantara 1:61–65). Niala ny Fiangonana i Martin tamin'ny 1838, kanefa tonga tao Utah tamin'ny 1870 mba hiaraka amin'ny Fiangonana ary naverina natao batisa. Nodimandry tamin'ny 1875 izy.

Oliver Cowdery dia mpampianatra izay nahafantatra mikasika ny Mpaminany Joseph Smith fony izy niara-niaina tamin'ny ray aman-drenin'i Joseph tao Palmyra, New York (jereo ny sasin-tenin'ny F&F 6 sy ny andininy 14–17, 22–24). Tamin'ny Aprily 1829, dia nankany Harmony, Pennsylvanie, i Oliver mba hihaona amin'ny Mpaminany. Lasa mpitantsoratr'i Joseph izy tamin'i Joseph nandika ny Bokin'i Môrmôna avy tamin'ny takela-bolamena (jereo ny sasin-tenin'ny F&F 8 sy ny andininy 1–12; sasin-tenin'ny 9 sy ny andininy 1–14). Iray tamin'ireo vavolombelona telo manokana nahita ny takela-bolamena i Oliver (jereo "Ny Tenivavolombelon'ireo Vavolombelona Telo" ao amin'ny pejy voalohandohan'ny Bokin'i Môrmôna; sasin-tenin'ny F&F 17 sy ny andininy 1–9). Niaraka tamin'ny Mpaminany Joseph Smith izy rehefa naverina tamin'ny laoniny ny fahefan'ny fisoronana ary tamin'ny fotoana nandraisana fanambarana maro hafa (jereo sasin-tenin'ny F&F 13; 18:37; 20:3–4; sasin-tenin'ny 21; 27:8, 12; sasin-tenin'ny 28 sy ny andininy 1–8; sasin-tenin'ny 47 ; 69 (sasin-teny) ; 104:28–30; sasin-tenin'ny 110, sy ny andininy 1–16; 111 (sasin-teny); jereo koa Joseph Smith—Tantara 1:66–72). Nanompo ihany koa izy ho Filoha Mpanampin'ny Fiangonana (jereo Smith, *Doctrines of Salvation,* 1:211). Niala ny Fiangonana i Oliver tamin'ny 1838, kanefa niverina izy ary natao batisa indray tamin'ny 1848 (jereo F&F 124:95). Nodimandry ny 3 Martsa 1850, tany Missouri izy talohan'ny fikasany hifindra tany Utah.

Peter Whitmer Rainy , sy ny vadiny **Mary** dia nanan-janaka roa vavy sy dimy lahy. Ny zanakavaviny iray, Elizabeth Ann, dia nanambady an'i Oliver Cowdery (jereo "Oliver Cowdery" etsy ambony) ary ny zanakavaviny iray hafa, Catherine, dia nanambady an'i Hiram Page (jereo F&F 28 (sasin-teny)). Ireo zanakalahiny dimy dia vavolombelona nahita ny takela-bolamena nirakitra ny Bokin'i Môrmôna (jereo "Ny Tenivavolombelon'ireo Vavolombelona Telo" sy "Ny Tenivavolombelon'ireo Vavolombelona Valo" any amin'ny voalohandohan'ny pejin'ny Bokin'i Môrmôna). Iray amin'ireo mpikambana enina voalohany tato am-piangonana i **David Whitmer** ary mpitariky ny Fiangonana mandrapialany tao amin'ny Fiangonana tamin'ny 1838 (jereo ny sain-tenin'ny F&F 14, sy ny andininy 11; sasin-tenin'ny 17, sy ny andininy 1–8; sasin-tenin'ny 18 sy ny andininy 9, 37–39; 30:1–4; 52:25). Nanome vola, sakafo ary toerana hipetrahan'i Joseph sy Emma Smith ary Oliver Cowdery ny fianakaviana Whitmer nandritry ny fandikana ny Bokin'i Môrmôna tamin'ny 1829. Naorina tao an-tokantranon-dry Whitmer tao Fayette, New York ny Fiangonana tamin'ny 1830 (jereo F&F 21 (sasin-teny)).

Sidney Rigdon dia mpitondra fivavahana tao Kirtland, Ohio, izay lasa mpikamban'ny Fiangonana tamin'ny 1830 taorian'ny famakiany ombambavaka ny Bokin'i Môrmôna. Mpanolotsaina tao amin'ny Fiadidiana Voalohany izy ny taona 1833 hatramin'ny 1844 ary nanompo tamin'ny toerana maro tao amin'ny Fiangonana (jereo sasin-tenin'ny F&F 35 sy ny andininy 3–6; 58:50, 57–58; 63:65–66; 71:1; sasin-tenin'ny 76 sy ny andininy 11–24; 90:6, 21; 93:44, 51; 102:3; 124:125–26). Taorian'ny nahafatesan'i Joseph Smith, dia nanandrana naka ny fahefana mba hitarihana ny Fiangonana teo amin' ny Apôstôly Roambonifolo i Sidney kanefa tsy nahomby izany ary dia niala ny Fiangonana izy tamin'ny 1844.

Edward Partridge dia lasa mpikamban'ny Fiangonana tamin'ny 1830 ary eveka voalohan'ny Fiangonana (jereo F&F 35 (sasin-teny); sasin-tenin'ny 36 sy ny andininy , 1–7; 41:9–11; 42:10; 50:39; 51:1–4, 18; 52:24; 57:7; 58:14–16, 24–25, 61–62; 60:10; 64:17; 124:19). Niaritra fanenjehana maro ny eveka Partridge tao Missouri ary nodimandry tamin'ny 1840 tao Nauvoo, Illinois, teo amin'ny fahafito ambin'ny efapolo taonany.

Joseph Knight Rainy dia nahafantatra ny Mpaminany Joseph Smith tamin'ny 1826 ary voasarika hanampy amin'ny asan'ny Famerenana amin'ny laoniny. Efa telopolo taona mahery mihoatra ny an'ny Mpaminany Joseph izy ary matetika no manome izay ilaina mba hahafahan'ny fandikana ny Bokin'i Môrmôna mitohy hatrany—anisan'izany ny sarety amin'ny alina hitondran'ny Mpaminany sy ny vadiny ny takela-bolamena avy amin'ny Tendrombohitra Kômôrà tamin'ny 1827. Ny rahalahy Knight dia maty tao Mt. Pisgah, Faritanin'i Iowa, tamin'ny 1847 nandritra ny diabe nataon'ny Olomasina nankany Nauvoo.

Newel K. Whitney dia nanana fivarotana tany Kirtland, Ohio. Lasa mpikamban'ny Fiangonana izy tamin'ny 1830 ary lasa namana akaikin'ny Mpaminany Joseph Smith. Nipetraka nandritry ny fotoana vitsivitsy tao an-tokantranon-dry Whitney i Joseph Smith sy ny fianakaviany, ary maro ireo fanambarana voarakitra ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana izay voaray tao. Nantsoina ho eveka faharoan'ny Fiangonana i Newel K. Whitney ary lasa Eveka Mpiahy an'ny Fiangonana tamin'ny 1847 (jereo F&F 63:42–48; sasin-tenin'ny 72 sy ny andininy 1–8; 78:8–10; 82:11–12; 84:112; 93:50; sasin-tenin'ny 96 sy ny andininy 2; 104:39–42; 117:1–2, 11). Nodimandry tao Utah izy tamin'ny 1850. Ny vadiny, **Elizabeth Ann Whitney,** dia mpanolotsain'i Emma Smith tao amin'ny fiadidian'ny Fikambanana Ifanampiana voalohany.

Thomas B. Marsh dia lasa mpikamban'ny Fiangonana tamin'ny 1830 taorian'ny famakiana ny Bokin'i Môrmôna. Lasa Filoha voalohan'ny Kôlejin'ny Apôstôly izy (jereo ny sasin-tenin'ny F&F 31 sy ny andininy 1–1 3; 52:22; 56:5; sasin-tenin'ny 112 sy ny andininy 1–19; 118:2). Tezitra tamin'ny Mpaminany Joseph Smith izy ary nanomboka nanenjika ny Fiangonana tao Missouri. Niala ny Fiangonana izy tamin'ny 1839 kanefa naverina natao batisa tamin'ny 1857.

Parley P. Pratt sy ny rahalahiny, **Orson Pratt** dia lasa mpikamban'ny Fiangonana tamin'ny 1830 ary isan' ny mpikambana voalohany tao amin'ny Apôstôly Roambinifolo. Nandeha nanao asa fitoriana maro ho an'ny Fiangonana i Parley (jereo ny sasin-tenin'ny F&F 32 sy ny andininy 1–2; 34 (sasin-teny); 49:1–3; 50:37; 52:26; 97:3–5; sasin-tenin'ny 103 sy ny andininy 30, 37; 124:127–29). Nanoratra toriteny sy fihirana maro

izy izay navoakan'ny Fiangonana ary isan'ny iray amin'ireo mpamaky lay voalohany tonga tao Utah. Novonoina izy tamin'ny 1857 nandritry ny fanaovany asa fitoriana tany amin'ny ampahany atsimon'i Etazonia. Nanao asa fitoriana maro ho an'ny Fiangonana koa i Orson Pratt (jereo ny sasin-tenin'ny F&F 34 sy ny andininy 1–10; 52:26; 75:14; 103:40; 124:127–29; 136:13). Teo ambany fitarihan'ny Filohan'ny Fiangonana dia nampiditra fanambarana miisa enina ambin'ny roapolo tao amin'ny Fotopampianarana sy fanekempihavanana izy, nanova ireo fehezan-teny sy andian-teny ho andinin-tsoratra, ary nanao ny soratra masina fanovozan-kevitra voalohany ery ambanin'ny pejy tao amin'ny Bokin'i Môrmôna, ny Fotopampianarana sy fanekempihavanana ary ny Voahangy lafo Vidy. Nanoratra boky miompana amin'ny lohahevitra ara-pivavahana sy ara-tsiantifika maro izy ary iray tamin'ireo mpamaky lay voalohany tonga tany Utah. Nandritry ny dimy amby efapolo taona izy dia Apôstôly mandrapahafatiny tamin'ny taona 1881.

Ireo Teny hilazana ny Zava-mitranga ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana

NY Apôstazia

Tamin'ny vanimpotoan'ny Testamenta Vaovao dia nampianatra ny filazantsara i Jesoa Kristy, niantso Apôstôly, ary nanorina ny Fiangonany. Taorian'ny Sorompanavotany, fahafatesany, ary Fitsangananany tamin'ny maty dia nandà ireo Apôstôliny ny vahoaka sy nanova ny fotopampianaran'ny filazantsara, ary dia noesorina hiala teto an-tany ny Fiangonana marin'i Jesoa Kristy. Izany "fihemorana" (2 Tesaloniana 2:3) amin'ny Fiangonana marina izany no antsoina hoe Apôstazia.

Ny Famerenana amin'ny Laoniny

Nisafidy ny Mpaminany Joseph Smith ny Tompo mba hamerina (hitondra hiverina) amin'ny laoniny ny filazantsara sy ny Fiangonana marin'i Jesoa Kristy, izay noesorina teto an-tany noho ny apôstazia. Nandika ny Bokin'i Môrmôna, izay mitahiry ny filazantsaran'i Jesoa Kristy i Joseph Smith tamin'ny alalan'ny fanomezam-pahasoavan'Andriamanitra sy ny heriny. Naverin'ny Tompo tamin'ny laoniny koa ny fahefan'ny fisoronana, ny fanekempihavanana, ny ôrdônansy, ny fanomezam-pahasoavana arapanahy, ary ny lamin'ny Fiangonana sy ireo maro hafa koa izay zavatra nisy teto an-tany tamin'ny fotoan'ny Testamenta Vaovao (jereo Fanekempinoana 1:4–7, 9).

Ny Fanangonana an'i Isiraely

Mitantara ny nanovan'ny Tompo ny anaran'ny zafikelin'i Abrahama dia i "Jakoba" ho "Isiraely" ny Testamenta Taloha (jereo Genesisy 35:10). Ireo taranaky ny zanakalahin'i Isiraely roa ambin'ny folo nantsoina hoe ny "foko roa ambin'ny folon'i Isiraely," na ny "zanak' Isiraely." Indraindray izy ireo ao anatin'ny soratra masina, nantsoina hoe "zanak'i Jakoba" (jereo Salamo 105:6; F&F 109:61), ary indraindray nantsoina hoe "Isiraely" tsotra fotsiny. Ny mpikamban'ny Fiangonana ankehitriny dia antsoina koa hoe "Isiraely" na ny "zanak' Isiraely" (jereo 2 Nefia 29:14; F&F 103:17).

Noho ny haratsian-toetran'izy ireo dia foko folo tamin'ireo foko roa ambin'ny folo amin'i Isiraely no resy an'ady ary nobaboina (jereo 2 Mpanjaka 17:18–23; 1 Nefia 22:3–4). Ireo foko ireo dia antsoina hoe "ireo foko folo very." Ny Ambin'ny fokon'i Isiraely antsoina hoe "Joda" na ny "Jiosy," koa taty aoriana dia resy an'ady sy niparitaka (jereo 2 Nefia 6:8–11).

Nampanantena ny Tompo fa hanangona ny vahoakan'i Isiraely amin'ny andro farany (jereo Jeremia 16:14–15; 1 Nefia 22:24–25; 2 Nefia 9:1–2). Nanomboka tamin'ny Famerenana amin'ny laoniny ny filazantsaran'i Jesoa Kristy sy ny Fiangonana marina tamin'ny alalan'ny Mpaminany Joseph Smith izany fanangonana izany. Nivondrona tany Etazonia, tao amin'ny faritanin'i New York ireo mpikamban'ny Fiangonana tany am-boalohany. Taty aoriana dia nolazain'ny Tompo ny mpikambana mba hivondrona ao Kirtland, Ohio (jereo F&F 37:1–4). Tamin'ny taona 1831 dia nodidian'ny Tompo ny mpikambana sasany mba hanomana toerampivondronana ho an'ny Fiangonana ao amin'ny faritanin'i Missouri (jereo F&F 57:1–2), ary tamin'ny taona 1838 dia efa tafavondrona tany daholo ny mpikambana ambiny rehetra. Noho ireo mpikamban'ny Fiangonana tsy nitandrina ny didin'ny Tompo anefa sy noho ny fanenjehana nataon'ny fahavalon'ny Fiangonana dia nifindra tany Nauvoo, Illinois ny Fiangonana tamin'ny 1839. Taorian'ny nahafatesan'i Joseph Smith dia voatery niala tao amin'ny faritanin'i Illinois ireo mpikambana noho ny fanenjehana, ary dia notarihin'ny Tompo tany amin'ny toerampivondronana iray tany amin'ny faritra andrefan'i Etazonia ny Fiangonana (jereo "Sarintany" ao amin'ny faran'ny Triptika).

Manohy manatanteraka ny fampanantenany hanangona ny vahoakany ny Tompo, saingy ankehitriny isika dia didiana hanorina ny Fiangonana na aiza na aiza toerana iainantsika. Nilaza ny Loholona Bruce R. McConkie, mpikambana iray tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo hoe: "Hangonina tsirairay sy isam-pianakaviana ao amin'ny tsatòkan'i Ziona voaorina manerana ny tany i Isiraely mba hahafahan'izao tontolo izao hihinana amin'ny voan'ny filazantsara" ("Come: Let Israel Build Zion," *Ensign*, Mey 1977, 118).

Ny Tantaran'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana

Ny Bokin'ny Didy "tsy mety vita", navoaka tao Missouri tamin'ny 1833, dia mitahiry fanambarana miisa dimy amby enim-polo voarain'i Joseph Smith avy tamin'ny Tompo (jereo F&F 1:6 ary ny sasin-teny ao amin'ny F&F 1; 67; 69–70). Tamin'ny 1835 dia navoaka ho boky nantsoina hoe Fotopampianarana sy Fanekempihavanana, ireo fanambarana vaovao voarain'ny Mpaminany Joseph avy tamin'ny Tompo, niaraka tamin'ireo izay voarakitra tao amin'ny Bokin'ny Didy, izay navoaka ho Fotopampianarana sy Fanekempihavanana . Izany boky Fotopampianarana sy Fanekempihavanana izany dia ahitana fizarana 103 (nisy fizarana roa izay samy 66). Nanomboka teo dia maro ireo fanambarana voarain'ireo Filohan'ny Fiangonana ary nisy tamin'izy ireo no natsofoka tao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana. Ny Loholona Howard W. Hunter, fony izy mpikamban'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia nilaza fa Andriamanitra dia "manohy manome fitarihana ho an'ny zanany rehetra amin'ny alalan'ny mpaminany velona ankehitriny. Manambara izahay fa Izy, araky ny fampanantenana, miaraka amin'ny mpanompony dia hitantanana hatrany ny raharahan'ny Fiangonany manerana an'izao tontolo izao" (tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Apr. 1981, 88; na *Ensign,* Mey 1981, 65).

DJS (Ny Dikan-tenin'ny Baiboly nataon'i joseph smith)

Maro ireo zava-manan-danja tao amin'ny Baiboly no very na novaina (jereo 1 Nefia 13:24–29). Nodidian'ny Tompo ny Mpaminany Joseph Smith mba hanao fanitsiana maro amin'ny Baiboly (jereo F&F 35:20; 41:7; 45:60–61; 73:3–4; 93:53). Izany fanitsiana nataony izany dia nantsoina hoe Baiboly, Dikantenin'i Joseph Smith, na DJS. Maromaro amin'ireo fiovana nentin'ny DJS ireo no

hita ao amin'ny fanovozan-kevitra eny amin'ny farany ambanin'ny pejy ao amin'ny soratra masina sy ao amin'ireo pejy farampa-ran'ny Baiboly Dikantenin'i King James izay ao anatin'ny boky navoakan'ny OAF. Tamin'ny fotoana nanaovan'i Joseph izany fandikana ny Baiboly izany dia nomen'ny Tompo fanambarana maro izy izay manazava ny ampahany maro ao amin'ny Baiboly (jereo F&F 76; 77; 86; 91; 93; 113; 132; jereo koa Mosesy; Joseph Smith—Matio).

Ny Lalàn'ny Fanokanana

Ny lalàn'ny fanokanana dia mampianatra fa ny zavatra rehetra dia an'ny Tompo ary ireo zavatra rehetra nomeny antsika dia tokony hampiasaina mba hananganana ny fanjakany eto an-tany (jereo F&F 104:11–18). Tany am-piandohan'ny Fiangonana dia nanome ireo volany sy fananany amin'ny eveka ireo mpikambana nisafidy ny hiaina izany lalàna izany ary ho valin'izany dia mandray andraikitra amin'ny fitantanana izy ireo (vola, fananana, ary andraikitra hafa). Ireo zavatra voarainy avy amin'ny eveka dia lasa fananany manokana ary nampiasainy mba hikarakarany izay ilain'ny tenany manokana. Raha toa ka mamokatra mihoatra ny zavatra ilainy izy ireo dia averiny any amin'ny eveka izany mba hoentina hanampiana ny mahantra sy ny sahirana (jereo F&F 42:30–39). Ny lalàn'ny fanokanana dia natao mba hanampiana ny mpikambana hahatohitra ny fieboeboana sy ny fitiavan-tena ary hanomanana azy ireo hiaina any amin'ny fanjakana selestialy (jereo Mosesy 7:16–20). Nisy fotoana izay nanandraman'ireo mpikambana sasany niaina ny lalàn'ny fanokanana tao anatin'ny fiaraha-monina iray nantsoina hoe "lamina miray," kanefa tsy nahavita niaina antsakany sy andavany izany lalàna izany izy ireo (jereo F&F 105:1–5, 9–13). Ankehitriny, ny fahafolon-karena, ny fanomezana amin'ny fifandian-kanina, ary ny fandaharam-pifanampiana olona ato amin'ny Fiangonana dia manampy antsika hiaina ny lalàn'ny fanokanana (jereo sasin-tenin'ny F&F 119).

Ziona

Manazava ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana fa ny Ziona dia iantsoana:

- Vondron'olona izay "madio am-po" (F&F 97:21), mifankatia, mitandrina ny didin'ny Tompo, ary miahy ireo mahantra (jereo koa Mosesy 7:18).
- Anarana hafa omena ny tany manodidina ny tanànan'i Independence, Missouri (jereo F&F 57:1–3). Ilay teny hoe: "tanin'i Ziona" ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana dia miresaka izany amphan'i Missouri izany.
- Tanàna iray haorina ao Missouri amin'ny hoavy (jereo F&F 45:64–71; 84:2–4; jereo koa Ny Fanekempinoana 1:10). Tao anatin'ireo taona nanarakaraka ny taona 1830 dia tsy afaka nanorina (niaina ny lalàn'i) an'i Ziona ny mpikamban'ny Fiangonana, kanefa nampanantena ny Tompo fa ny tanànan'i Ziona dia haorina amin'ny fotoana ho avy (jereo F&F 58:3–7; 101:16–21; 105:1–5).
- Ny tanànan'ny mpaminany Enoka (jereo F&F 38:4; 45:11–14; jereo koa Mosesy 7:16–21).
- Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany (jereo F&F 21:7–8; 68:25–30).

Ny Tobin'ny Ziona

Ny Tobin'i Ziona dia anarana nomena ireo vondron'olona ahitana vatan-dehilahy miisa roanjato sy vehivavy maromaro ary ankizy izay nankato ny didin'ny Tompo tamin'ny taona 1834 ka nandeha tany amin'ny "tanin'i Ziona" (F&F 103:22; jereo ny sasin-teny sy ny and. 22–35). Nandeha 1.450 kilaometatra izy ireo niala avy tany Ohio ho any Missouri mba hanorina an'i Ziona (jereo "Ziona" etsy ambony) ary hanampy ireo mpikamban'ny Fiangonana izay noteren'ireo mpihetraketraka hiala ny tranony. Rehefa tonga tany Missouri ny Tobin'i Ziona dia nilaza tamin'izy ireo ny Tompo mba "hiandry mandritry ny fotoana fohy" alohan'ny hanorenana an'i Ziona (F&F 105:9; jereo ny sasin-teny sy ny and. 1–19). Maro tamin'ireo lehilahy izay nankato sy nahatoky nandritry ny Tobin'i Ziona no lasa mpitarika ny Fiangonana taty aoriana.

Sasin-tenin'ny Fizarana

Ireo fizarana ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana dia hialohavan'ny sasin-teny isaky ny fizarana. Ireo sasin-teny dia milazalaza ny fotoana nanomezana ny fanambarana, sy ny olona resahin'ny Tompo amin'izany, ary ny zava-nitranga nisy teo amin'ny Fiangonana tamin'ny fotoana nanomezan'ny Tompo izany fanambarana izany. Tokony hamaky hatrany ireo sasin-teny isaky ny fizarana ianao rehefa mandalina ny fizarana tsirairay.

NY FIANGONAN' I

JESOA KRISTY

HO AN' NY OLOMASIN' NY

ANDRO FARANY

MALAGASY
4 02341 90654 4
34190 654